NY BOKY MASINA

# KOR'ÂNY

AMIN'NY TENY MALAGASY

www.islamic-invitation.com

mæləˈgæsi ( Malagasy )

Toko faha-1
SORATRA AL-FATIHAH
(FANOKAFANA)

NIDINA TAO MAKKAH

Amin'ny anaran'i  Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Ny  Dera sy voninahitra rehetra  dia ho an'i Allah, Ilay Tompon'izao tontolo izao.
2- Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo
3- Mpanjakan'ny Andron'ny fitsinjarana.
4- Ianao irery ihany no tompoinay, ary Ianao irery ihany koa no hangatahanay famonjena.
5- Tariho mandrakariva amin'ny làlana mahitsy izahay,
6- Dia ny lálan'ireo izay nohasoavinao, fa tsy ny an'ireo niharan'ny hatezeranao na ireo very làlana.

FIZARANA VOALOHANY
TOKO FAHA 2:
SORATRA AL-BAKARAH
(NY OMBY VAVY)
ANDININY:286
NIDINA TAO MADINAH

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be Fiantrana, Ilay be Indrafo

1- Alif, Lãm, Mìm.

2- Ity ilay boky, tsy misy fisalasalana ny ao anatiny, tari-dàlana ho an'ireo vontom-pinoana.

3- Ireo izay Mino ny tsy hitamaso sy manatanteraka ny Soalat (vavaka), ary manao famoahana amin'izay fanomezana nomenay azy ireo.

4- Sy ireo Mino izay nampidinina taminao, sy izay nampidinina talohanao, ary izy ireo dia miaiky fatratra ny fisian'ny Andro Farany.

5- Izy ireo dia ao anatin'ny tari-dàlana avy amin'ny Tompony, ary izy ireo no hahazo ny fahombiazana.

6- Ireo izay tsy nino, dia mitovy ihany amin'izy ireo, na nampitandremanao izy ireo na tsy nampitandremanao; tsy hino velively izy ireo.

7- Notampenan'i Allah ny fon'izy ireo sy ny fandrenesan'izy ireo; ary misy rakotra eo amin'ny fahitan'izy ireo; ka famaizana goavana no hanjo azy ireo.

8- Ary misy amin'ny olona ny miteny manao hoe: "Mino an'i Allah sy ny Andro farany izahay!". Kanefa tsy mpino akory izy ireo.

9- Mihevitra ny hamitaka an'i Allah sy ireo mpino izy ireo; kanefa tsy mamitaka afa-tsy ny tenany ihany izy ireo, saingy tsy tsapany akory izany.

10- Misy aretina ao am-pon'izy ireo, ka nampitomboin'i Allah aretina izy ireo. Ary ho azy ireo ny famaizana mamirifiry noho izy ireo nandainga.

11- Ary rehefa notenenina izy ireo hoe: "Aza manao fanimbana eto an-tany ianareo", dia niteny izy ireo hoe: "Izahay dia tsy maninona,fa mpanamboatra ny simba fotsiny".

12- Moa ve tsy izy ireo no mpanimba, saingy tsy tsapan'izy ireo izany.

13- Ary rehefa notenenina izy ireo hoe: "Minoa ianareo tahaka ny finoan'olona", dia hoy izy ireo hoe: "Moa ve hino izahay tahaka ny ninoan'ireo kely saina!" Moa ve ka tsy izy ireo no kely saina indrindra, fa saingy tsy fantatr'izy ireo izany.

14- Ary rehefa mihaona amin'ireo mpino izy ireo dia miteny hoe: "Mino izahay", nefa, rehefa tafaraka samirery izy ireo amin'ireny satana namany ireny, dia hoy izy ireo hoe: "Izahay dia tena miaraka aminareo, izahay dia tsy manao afa-tsy ny mamazivazy azy ireo fotsiny".

15- Allah no mamazivazy azy ireo sy mampifikitra azy ireo amin'ny fihoaram-pefiny (ho very saina), mampitoetra azy ireo ao anatin'ny fahajambana.

16- Izy ireo no nividy ny fahaverezana tamin'ny fahitsiana, ka tsy nahazoany tombontsoa izany varotr'izy ireo izany. Ary tsy nahazo ny tari-dàlana ihany koa izy ireo.

17- Ny mitovy amin'izy ireo dia toy ny olona namelona afo, ka rehefa mazava ny manodidina azy, dia nesorin'i Allah ny hazavan'izy ireo, ary navelany tao anatin'ny haizim-pito ka tsy mahita na inona na inona izy ireo.

18- Marenina, moana, jamba ka tsy afaka hiverin-dàlana intsony izy ireo.

19- Na tahaka ny ora-mikija avy eny an-danitra, izay arahin' ny haizina mikitroka sy kotro-baratra ary tselatra, manampin-tsofina amin'ny fanondrony izy ireo, noho ny tahotra amin'ny fahafatesana; Ary Allah dia mamehy (ny manodidina) ireo tsy mpino.

20- Saika ny tselatra mihitsy no mipaoka ny fahitan'izy ireo, isaka ny manome fahazavana azy ireo (ny tselatra) dia mandroso izy ireo, fa rehefa maizina kosa dia mijanona izy ireo, ary raha sitrak'i Allah dia tena nesoriny tamin'izy ireo mihitsy ny fandrenesany sy ny fahitany. Tena marina fa Allah dia mahefa ny zavatra rehetra.

21- Ô ry olombelona! Tompoy ny Tomponareo izay nahary anareo, sy ireo izay talohanareo, angamba hanam-patahorana ianareo.

22- Izy Ilay nanao ny tany ho fandriana ho anareo, sy ny lanitra ho tafo; ary nampirotsaka ranon'orana avy any an-danitra, ka namoaka avy amin'izany ireo karazam-boankazo ho anjara fivelomana ho anareo; koa aza ampitovianareo amin'ny zavatra hafa Allah, ary fantatrareo izany.

23- Ary raha misalasala ianareo amin'izay nampidininay tamin'ny mpanomponay (irak'i Allah) dia manomeza ianareo "Soraty" (andian-teny masina) izay mitovy aminy, ary antsoinareo ny vavolombelonareo ankoatra an'i Allah, raha marina tokoa ianareo.

24- Fa raha tsy mahavita kosa ianareo, ary tsy hahavita izany mihitsy ianareo, dia matahora ny afobe, izay ny olombelona sy ny vato no fandrehitr'izany, voahomana ho an'ireo tsy mpino izany.

25- Ambarao vaovao mahafaly ireo izay nino sy nanao ny asa soa fa tena ho azy ireo ny zaridaina maro, izay mikoriana eo ambaniny ireo renirano; isaka ny omena voankazo izy ireo avy aminy, dia miteny izy ireo hoe: "Ity ilay nomena anay tany aloha". Saingy nomena azy ireo mitovy fotsiny (amin'ny endriny ivelany ihany) izany, ary ho azy ireo amin'izany ny vady madio, ary izy ireo dia ho ao mandrakizay.

26- Tena marina, fa Allah dia tsy menatra manome ohatra, na dia moka aza na zavatra ambonin'izany, ka ireo izay nino dia mahalala fa izany dia tena fahamarinana avy amin'ny Tompon'izy ireo; fa ireo izay tsy nino kosa dia miteny hoe: "Inona no tian'i Allah hambara amin'izany ohatra izany?". Maro no vereziny làlana amin'izany, ary maro no ahitsiny amin'izany; saingy tsy vereziny làlana amin'izany afa-tsy ireo mpanao ratsy.

27- Ireo izay manapaka ny fifanekena tamin'i Allah, taorian'ny fanamafisana izany, sy nanapaka izay nodidian'i Allah hatambatra, ary manao fanimbana eto an-tany, izy ireny no tena matiantoka.

28- Ahoana ianareo no tsy mino an'i Allah, kanefa fony mbola tsy nisy ianareo, dia Izy no namelona anareo? Avy eo dia hovonoiny ianareo; rehefa avy eo dia hovelominy indray ianareo; avy eo dia any Aminy no hiverenanareo.

29- Izy Ilay nahary ho anareo izay rehetra eto an-tany, ary dia natodiny any an-danitra ny fikasàny, ka nataony ho lanitra fito izany. Ary Izy dia mahalala ny zava-drehetra.

30- Ary raha niteny ny Tomponao tamin'ireo Anjely hoe:" Tena marina fa Izaho dia hametraka Khalifa (solontena) any ambonin'ny tany", dia niteny izy ireo hoe: "Hametraka eo ambonin'ny tany, izay hanao asa fanimbana sy hampisy rà mandriaka ve ianao,

kanefa izahay dia manome anao voninahitra sy midera anao, ary mankalaza ny fahamasinanao? Dia niteny Izy hoe: "Tena marina fa Izaho dia mahafantatra ny zavatra tsy fantatrareo".

31- Ary nampianatra an'i Adama ny anaran-javatra rehetra Izy, avy eo dia nasehony an'ireo Anjely izany, ka niteny Izy nanao hoe: "Ambarao Ahy ny anaran'izy ireo raha toa ka marina ny anareo!".

32- Niteny izy ireo (Anjely), ka nanao hoe: "Dera sy voninahitra ho Anao, tsy manam-pahalalàna izahay afa-tsy izay nampianarinao anay, Ianao no be Fahalalàna sy Hendry indrindra".

33- Niteny Izy hoe: "Ô ry Adama! Ambarao azy ireo ny anaran'izy ireo[1]", rehefa nambarany (Adama) azy ireo (Anjely) ny anaran'izy ireo, dia niteny Izy hoe: "Tsy efa noteneniko taminareo, fa Izaho dia mahalala ny zava-miafin'ireo lanitra sy ny tany, ary mahalala izay abaribarinareo sy izay afeninareo."

34- Ary rehefa niteny tamin'ireo Anjely Izy hoe: "Miankohofa eo anatrehan'i Adama ianareo", dia niankohoka avy hatrany izy ireo, afa-tsy Iblisy (devoly), nandà sy nanambony tena ka lasa anisan'ireo mpikomy.

35- Ary niteny Izahay hoe: "Ô ry Adama! Mipetraha ianao sy ny vadinao ao amin'ny Paradisa, ary mihinàna izay ao aminy an-kalalahana amin'izay tianareo roa, ary aza manatona an'io hazo io, fa ho lasa anisan'ireo mpanao ny tsy rariny ianareo roa".

36- Nony avy eo, nabolisatry ny satana (devoly) avy tao izy roa, ka navoakany avy tao amin'ny toerana nisy azy roa. Ka niteny Izahay hoe: "Midìna ianareo, mpifahavalo ianareo samy anareo, ary misy toerana ho anareo eny an-tany, hipetrahana sy hiadanana manditra ny fotoana voafetra".

37- Ary nandray teny avy tamin'ny Tompony i Adama ka nekeny ny fibebahany. Tena marina fa Izy Ilay Mpamela heloka, Ilay be Indrafo.

38- Niteny izahay hoe: "Midìna avy ao daholo ianareo rehetra! Koa rehefa tonga aminareo ny tari-dàlana avy aty Amiko, izay manaraka ny tari-dàlana avy Amiko, dia tsy hisy tahotra amin'izy ireo, ary tsy hanana alahelo koa izy ireo".

39- Ary ireo izay tsy mino sy milaza ny fanambaranay ho lainga, ireo no olon'ny afobe, hitoetra ao mandrakizay izy ireo.

40- Ô ry zanak'Israely! Tsarovinareo ny fahasoavako izay natobako taminareo. Ary tanterahonareo ny fifanekena nataonareo tamiko, dia hanatanteraka ny fifanekena nataoko taminareo koa Aho. Ary aoka Izaho (Irery) ihany no atahorinareo.

41- Ary minoa ianareo an'izay nampidiniko, izay manamarina ny efa eo aminareo; ary aoka ianareo tsy ho voalohany mpandà an'izany. Ary aza amidinareo amin'ny vidiny ambany dia ambany ny fanambaràko, ary aoka Izaho (irery) ihany no atahorinareo.

42- Ary aoka ianareo tsy hanarona ny fahamarinana amin'ny fahadisoana. Ary aza afeninareo ny marina, ary mahafantatra tsara ianareo.

43- Ary tanterahonareo ny Soalat (vavaka), ary avoahinareo ny Zakat (famoahana ampahan-karena), ary miondreha ianareo miaraka amin'ireo mpiondrika.

[1]-anaran'izy ireo: misy ny milaza fa anaran'ireo anjely; na koa anaran'ny zanak'i Adama

44- Mandidy ny olona hanao ny tsara “Al Bir”[2] ve ianareo, kanefa adinonareo ny tenanareo, nefa ianareo dia mamaky ny boky, moa ve tsy mba misaina ianareo?

45- Ary mangataha vonjy amin’ny faharetana sy amin’ny Soalat (vavaka) ianareo, ary tena adidy mavesatra tokoa izany (Soalat) afa-tsy ho an’ireo mpanetritena.

46- Ireo izay mieritreritra fa mbola hihaona amin’ny Tompony izy ireo, ary dia tena any Aminy no hiverenan’izy ireo.

47- Ô ry zanak’Israely! Tsarovinareo ny fahasoavako izay natobako taminareo, ary (tsarovinareo fa) notiaviko ianareo mihoatra izao Tontolo izao.

48- Ary matahora ianareo ny andro izay tsy hahafahan’ny tsirairay hifanavotra na dia kely aza, ary tsy hanekena ny fanelanelanana avy aminy (tsirairay), sy tsy handraisana ny fanonerany, ary tsy ho avotra izy ireo.

49- Ary rehefa navotanay ianareo tamin’ny olon’i Faraona, izay nampitondra faisana sy fampijaliana ratsy anareo, nanapa-tendan’ireo zanakareo lahy[3] sy namela ireo vehivavinareo, ary izany rehetra izany dia fitsapana goavana avy amin’ny Tomponareo.

50- Ary rehefa nosarahinay, noho ianareo, ny ranomasina ka navotanay ianareo, fa narendrikay kosa ireo olon’ny Faraona, ary hitanareo tsara izany.

51- Ary rehefa nomenay fotoana i Mosa nandritra ny efapolo alina, avy eo noraisinareo ho sampy tompoina ny omby lahy kely taoriany, ary tena mpanao ny tsy rariny tokoa ianareo.

52- Ary avy eo, dia navelanay ny helokareo taorian’izany, angamba hisaotra ianareo.

53- Ary rehefa nomenay an’i Mosa ny boky sy ny fanavahana (lalàna), angamba hahitsy ianareo.

54- Ary rehefa niteny i Mosa tamin’ny vahoakany hoe: “Ô ry vahoakako! Tena marina fa ianareo dia nanao ny tsy rariny tamin’ny tenanareo, noho ny fandraisanareo ny omby lahy kely ho sampy tompoina, mibebaha amin’ny Mpaharinareo àry ianareo ka vonoy ny tenanareo, fa izany no tsara ho anareo, eo anatrehan’ny Mpaharinareo, noho izany dia havelany ny helokareo. Tena marina fa Izy Ilay Mpamela heloka, sy be Indrafo”.

55- Ary rehefa niteny ianareo hoe: “Ô ry Mosa! Tsy hino anao velively izahay, raha tsy efa mahita mibaribary an’i Allah”, ka dia nilatsahan’ny varatra ianareo, ary hitanareo tsara izany.

56- Rehefa avy eo dia novelominay ianareo taorian’ny fahafatesanareo, angamba hisaotra ianareo.

57- Ary norakofanay tamin’ny aloky ny rahona ianareo, ary nampidininay taminareo ny mana sy ny saloà (voron-kely), mihinàna ianareo ny tsara amin’ireo anjara fivelomana nomenay anareo. Ary tsy nanao ny tsy rariny taminay izy ireo, fa tamin’ny tenan’izy ireo ihany no nanaovan'izy ireo ny tsy rariny.

58- Ary rehefa niteny izahay hoe: "Midira ianareo amin’ity tanàna ity, ary mihinàna an-kalalahana amin’izay tianareo ao, ary midira am-piankohofana eo amin’ny varavarana

---

[2] - Al-bir: ny Fatahorana an’i Allah, ny finoana madio ary ny asa soa rehetra izay nodidian’i Allah.
[3]- Zanakareo lahy: ny antony hamonoana ireo zazalahy dia satria ireo mpimasin’i Faraona dia nilaza hoe:” hisy zazalahy avy amin’ny zanak’Israely ho teraka ka handrodana ny fanjakany”.

ianareo, sady mitenena hoe: “Mamelà anay”; dia havelanay ny fahadisoanareo, ary omenay tombony ireo mpanao tsara.

59- Saingy navadikin’ireo mpanao ny tsy rariny ho teny hafa ankoatra izay voalaza ny teny izay notenenina tamin’izy ireo. Ka nalatsakay tamin’ireo mpanao ny tsy rariny ny famaizana avy any an-danitra, noho ny zava-dratsy nataon’izy ireo.

60- Ary rehefa nangata-drano ho an’ny vahoakany i Mosa, ka niteny izahay hoe: "Kapohy amin’ny tehinao io vato io". Dia nipiritsika avy amin’izany, teo no ho eo, ny loharano roa ambin’ny folo. Efa samy nahafantatra ny loharano hisotroany avy ny foko tsirairay. “Mihinàna sy misotroa amin’ny fanomezan’i Allah ianareo, ary aza manao asa fanimbàna eto an-tany ianareo”.

61- Ary rehefa niteny ianareo hoe: “Ô ry Mosa, tsy afaka hiharitra amin’ny sakafo iray intsony izahay, ka mangataha ho anay amin’ny Tomponao, mba hamoaka ho anay izay vokatry ny tany, mbamin’ny legiomany, kokombrany, tongolo gasiny (lainy); ireo voamainany (varimbazaha), ireo lantiany, ireo tongolony”. Niteny izy hoe: “Hatakalonareo amin’izay tsinontsinona ve izay tsara? Midina mankany amin’ny tanàna n’aiza n’aiza ianareo; ka tena ho azonareo izay nangatahinareo”. Dia niantefa tamin’izy ireo ny fanambaniana sy ny fahantrana; niharan’ny hatezeran’i Allah izy ireo. Izany dia satria nandà ireo fanambaran’i Allah izy ireo, ary namono ireo Mpaminany tsy amin’ny rariny izy ireo. Izany dia satria tsy nankatò izy ireo, ary nandika didy aman-dalàna.

62- Tena marina, fa ireo izay nino, sy ireo izay Joda, sy Kristianina ary Sabeanina, na iza na iza nino an’i Allah sy ny Andro farany, ary nanao asa soa, dia samy hahazo ny valisoany avy eo anatrehan’ny Tompony izy ireo, ary tsy hisy tahotra amin’izy ireo, ary tsy hanana alahelo koa izy ireo.

63- Ary rehefa noraisinay ny fifanekena taminareo sy nampiakarinay teo amboninareo ny tendrombohitra: "Tazoninareo mafy izay nomenay anareo, ary tsarovinareo hatrany izay voarakitra ao aminy, angamba hatahotra ianareo!”.

64- Avy eo, niamboho ianareo taorian’izany. Raha tsy noho ny fahasoavan’i Allah taminareo sy ny fiantrany, dia tena efa anisan’ireo matiantoka ianareo.

65- Ary tena efa fantatrareo izay nandika ny fadin’ny andro sabata taminareo. Ka noteneninay tamin’izy ireo hoe:” Manjaria rajako mahatsiravina ianareo”.

66- Ka nataonay izany (sazy henjana izany), ho ohatra mivaingana ho an’ ireo mpiara-belona amin’izy ireo sy ny ao aoriany (taranaka faramandimby), ary koa ho fananarana ho an’ireo manam-patahorana.

67- Ary rehefa niteny i Mosa tamin’ny vahoakany hoe: “Tena marina fa Allah dia mandidy anareo mba hamono omby vavy iray!”. Niteny izy ireo hoe: “Manao vazivazy aminay ve ianao?”. Niteny izy hoe: “Enga anie hiaro ahy Allah mba tsy ho anisan’ireo bado aho!”.

68- Niteny izy ireo hoe: “Mangataha ho anay amin’ny Tomponao ianao, mba hanazava aminay, omby vavy toy inona izany “. Niteny izy hoe: “Allah dia niteny fa tsy maintsy omby vavy tsy antitra no tsy virijiny, fa eo anelanelan’ireo voalaza ireo. Ka tanteraho izay nandidiana anareo".

69- Niteny indray izy ireo: “Mangataha ho anay amin’ny Tomponao ianao, mba hanazava aminay, inona no lokony!”. Dia niteny izy hoe: "Allah dia tena miteny, fa izy io dia tsy maintsy omby vavy miloko mavo midorehitra maharavo ireo mpijery”.

70- Niteny indray izy ireo hoe: “Mangataha ho anay amin’ny Tomponao ianao, mba hanazava aminay kokoa momba izany, fa ny omby vavy dia tena mifamahofaho ao an-tsainay. Ary tena marina, raha sitrak’i Allah dia ho voahitsy izahay".

71- Niteny izy namaly hoe: “Allah dia tena miteny, fa izy io dia tsy maintsy omby vavy tsy mitrongy tany no tsy manondraka saha, tsy manan-kilema, ary miloko ranoray”. Niteny izy ireo hoe: “Izay vao nentinao ny marina”. Ka novonoin’izy ireo, ilay omby vavy, na dia saika tsy hanao izany aza izy ireo[4].

72- Ary rehefa namono olona ianareo, ka nifanilika tamin’izany ianareo! Allah no mpamoaka izay nafeninareo.

73- Ka niteny izahay hoe: “Kapohinareo amin’ny silan’ny omby vavy[5] ilay maty, toy izany no hameloman’i Allah ireo maty sy hanehoany aminareo ireo fahefany, angamba hisaina ianareo.

74- Avy eo dia lasa nihamafy ny fonareo taorian’izany, ka mitovy amin’ny vato izany na mafy kokoa. Ary tena marina fa misy amin’ireo vato no ipoiran’ireo renirano avy aminy, ary misy amin’izy ireo ihany koa ny mitriatra ka mivoaka avy aminy ny rano, ary misy amin’izy ireo ny mihotsaka noho ny fatahorana an’i Allah; ary Allah dia tsy manao tsirambina izay ataonareo.

75- Manantena ve ianareo, fa izy ireo dia ho lasa mpino noho ny aminareo? Nefa efa misy andiany tamin’izy ireo[6] no mihaino ny tenin’i Allah, avy eo manova izany izy ireo, taorian’ny nahazoan’izy ireo tsara ny dikan’izany, ary mahafantatra tsara izy ireo.

76- Ary raha mihaona amin‘ireo izay nino izy ireo[7], dia miteny hoe: “Mino izahay“. Ary rehefa samy izy ireo ihany no eo, dia miteny izy ireo hoe: “Horesahinareo amin’izy ireo ve izay nambaran’i Allah taminareo, mba hananan’izy ireo porofo entina hanoherana anareo eo anatrehan’ny Tomponareo! Tsy misaina ve ianareo?[8]

77- Moa ve tsy mahafantatra izy ireo, fa Allah dia tena mahalala izay afenin’izy ireo sy izay abaribarin'izy ireo?

78- Ary misy amin’izy ireo, no tsy mahay mamaky teny sy manoratra, tsy mahalala momba ny boky afa-tsy ny fieboeboana fotsiny, ary tsy manao afa-tsy maminavina[9] fotsiny.

79- Ka loza, ho an’ireo izay manoratra ny boky amin’ny tànany ka miteny hoe: “Ity dia avy amin’ i Allah”, mba hivarotra izany amin’ny vidiny ambany dia ambany. Ka loza ho azy ireo noho izay nosoratan’ny tànan'izy ireo, ary loza ho azy ireo ihany koa amin’izay tombontsoa azon'izy ireo.

80- Ary niteny izy ireo hoe: “Tsy hahakasika anay mihitsy ny afo[10], afa-tsy ao anatin’ny andro voaisa!”. Teneno hoe: “Nahazo fifanekena tamin’i Allah ve ianareo? Ka tsy hivadika amin’ny fifanekeny velively Allah; sa miteny mikasika an’i Allah ianareo amin’izay tsy fantatrareo?”.

---

1- Na dia saika tsy hanao izany aza izy ireo: noho ny tsy fahitana izany karazan’omby vavy izany, noho izany karazan’omby izany tena lafo vidy, noho ny fatahorana ny hivoahan’ny marina.

5 - Silan’ny omby vavy: ka nitsangana ilay maty nanoro izay namono azy.

6- Tamin’izy ireo: ireo jiosy.

7- izy ireo: ireo mpihatsaravelatsihy jiosy.

8- Tsy misaina ve ianareo?: tsy tonga saina ve ianareo amin’ny vokatry ny fihetsikareo?.

9- Maminavina: maminavina fa tsy izay tena ao anatin’ny boky.

10- Afo: afobe.

81- Tsy izany velively! Izay nanao ratsy sy voafehin’ ireo fahadisoany, izy ireny no olon’ny afobe, ka dia hitoetra ao mandrakizay izy ireo.

82- Ary ireo izay nino sy nanao ireo asa soa, izy ireny no olon’ny Paradisa, ka dia hitoetra ao mandrakizay izy ireo.

83- Ary rehefa noraisinay ny fifanekena tamin’ny zanak’Israely: “aza manompo afa-tsy Allah ianareo; ary aoka hanao tsara ny Ray aman-dreny, ireo havana akaiky, ireo kamboty sy ireo mahantra, ary mitenena tsara amin’olona ianareo, ary tanterahonareo ny Soalat (vavaka), ary mamoaha Zakat (famoahana ampahan-karena) ianareo!”. Avy teo dia nivadika tamin’ny fifanekena ianareo, afa-tsy ny vitsivitsy taminareo, ka niamboho ianareo.

84- Ary rehefa noraisinay ny fifanekena taminareo: “Aza mifandatsa-drà ianareo, ary aza mifandroaka amin’ny tanànanareo”, ka nanaiky izany ianareo sady nitsangana ho vavolombelona.

85- Avy eo ianareo dia mifamono ho faty, ary mandroaka andian’olona aminareo ianareo avy ao amin’ny tanànan’izy ireo, miandany amin’ny fanoherana azy ireo ianareo amin’ny alàlan’ny fahotana sy ny fitsanganam-pahavalo. Ary raha tonga aminareo babo an’ady izy ireo dia mandoa onitra ho (fanavotana) azy ireo ianareo; nefa fady aminareo ny mandroaka azy ireo (hiala ny tanànany). Moa ve mino ny sasan-tsasany amin’ny boky ianareo ary mitsipaka ny sasany? Tsy misy valisoa ho an’izay manao an’izany aminareo, afa-tsy ny fahafaham-baraka eto amin’ny fiainana ambonin’ny tany, ary amin’ny Andro Fitsanganana dia halefa any amin’ny famaizana tena henjana izy ireo, ary Allah dia tsy manao tsirambina amin’izay ataonareo.

86- zy ireo no nividy ny fiainana teto an-tany tamin’ny fiainana any an-koatra, ka tsy hamaivanina ny famaizana mianjady amin’izy ireo, ary tsy hahazo famonjena mihitsy izy ireo.

87- Ary tena efa nomenay an’i Mosa ny Boky sy nalefanay mifanesisesy ireo iraka tao aoriany, ary nomenay an’i Issa (Jesoa) zanak’i Maria ireo porofo mazava sy nohamafisinay tamin’ny “Fanahy masina”[11] izy. Ka Isaka ny misy Iraka tonga ve aminareo, mitondra izay tsy mifanaraka amin’ny sitraponareo, dia manambony tena ianareo? Ka ny sasany dia nolazainareo ho mpandainga, ary ny sasany kosa dia novonoinareo.

88- Ary niteny izy ireo hoe: “Voasarona ny fonay”, tsy izany velively fa efa nozonin’i Allah noho ny tsy finoany izy ireo, ka kely dia kely ny finoan’izy ireo.

89- Ary rehefa tonga tamin’izy ireo ny boky, manamarina izay eo am-pelatànan’izy ireo, nefa taloha izy ireo dia niandrandra fandresena teo anoloan'ireo tsy nino, ka rehefa tonga tamin’izy ireo izay fantatr’izy ireo, dia tsy nino izany izy ireo. Ny ozon’i Allah anie hianjady amin’ireo tsy mpino.

90- Zava-dratsy tokoa no natakalon’izy ireo ny fanahiny, amin'ny tsy ninoan' izy ireo izay nampidinin’i Allah, mba ho fialonana noho ny nampidinan' i Allah ny fahasoavany tamin’ireo izay sitrany amin’ireo mpanompony, ka nizaka fahatezerana ambonin’ny fahatezerana izy ireo. Ary ho an’ireo tsy mpino ny famaizana mahafabaraka.

91- Ary rehefa tenenina izy ireo hoe: “Minoa izay nampidinin’i Allah ianareo”, dia miteny izy ireo hoe: "Mino izay nampidinina taminayizahay”. Fa mitsipaka kosa izay tonga

[11]- Fanahy masina: Anjely Gabriely

taorian’izany izy ireo. Ary izany anefa no marina manamafy an’izay efa nisy tamin’izy ireo. Teneno hoe: " Nahoana ianareo no namono ireny Mpaminanin’i Allah taloha ireny, raha toa ka mpino ianareo?”.

92- Ary tena efa tonga taminareo i Mosa niaraka tamin’ireo porofo mazava. Avy eo noraisinareo ho sampy taoriany ny omby lahy kely, ary mpanao ratsy tokoa ianareo.

93- Ary rehefa noraisinay ny fifanekena taminareo; dia nampiakarinay teo amboninareo ny tendrombohitra (al-toor)[12]: “Raisonareo mafy izay natolotray anareo, ary mihainoa inareo!". Niteny izy ireo hoe: "Naheno izahay ary nitsipaka". Ary nifikitra tao ampon’izy ireo ny omby lahy kely sampiny, noho ny tsy finoany. Teneno hoe: "Tena zava-dratsy tokoa no nandidian’ny finoanareo anareo, raha toa ka mpino ianareo”.

94- Teneno hoe: "Raha toa ka voatokana ho anareo samirery ny fonenana any an-koatra, any amin’i Allah, fa tsy ho an’ny rehetra, dia aoka ianareo haniry ny fahafatesana raha tena marina ianareo".

95- Ary tsy haniry izany velively izy ireo noho ny zava-bitan’ny tanan’izy ireo. Ary Allah dia tena Mahalala ireo mpanao ny tsy rariny.

96- Ary ho hitanao tokoa fa izy ireo no tena mpiantehitra amin’ny fiainana eto an-tany, mihoatra ny olona rehetra, ary mihoatra ireo mpanompy sampy. Maniry ny tsirairay amin’izy ireo mba hiaina mandritra ny arivo taona. Nefa tsy hanavotra azy amin’ny famaizana izany na dia tanteraka aza. Ary Allah dia tena Mahita tsara izay ataon’izy ireo.

97- Teneno hoe: "Na iza na iza mitsangana ho fahavalon’i (Anjely) Gabriely, tena marina fa izy no nampidina izany (Kor’àny) tao am-ponao avy amin’ny alàlan’i Allah, manamarina izay teo alohany, ary tari-dalàna sy vaovao mahafaly ho an’ireo mpino".

98- Na iza na iza mitsangana ho fahavalon’i Allah, sy ireo Anjeliny, ireo Irany, (Anjely) Gabriely, ary (Anjely) Mikaely… Tena marina fa Allah dia fahavalon’ireo tsy mpino.

99- Ary tena efa nampidininay taminao ireo fanambarana mazava, ka tsy misy tsy mino izany afa-tsy ireo ratsy toetra.

100- Ary isaka ny manao fifanarahana izy ireo, dia mitsipaka izany hatrany ny andiany amin’izy ireo. Raha ny tena marina, ny ankamaroan’izy ireo dia tsy mino.

101- Ary rehefa tonga tamin’izy ireo ny Iraka avy amin’i Allah, manamarina izay efa nisy tamin’izy ireo, dia natsipin'ny andian’ireo izay notolorana ny boky any an-damosiny ny bokin’i Allah, toy ny hoe tsy mahalala na inona na inona izy ireo.

102- Ary nanaraka izay nolazain’ireo satana izy ireo, tamin’ny andro nanjakan’i Solaimana. Ary tsy nikomy i Solaimana, fa ireo satana kosa no nikomy, mampianatra majika ny olona izy ireo, sy izay nampidinina tao Babilona tamin’ireo Anjely anankiroa: Harota sy Marota. Ary tsy mampianatra olona velively izy roa raha tsy miteny hoe: “Tena marina fa izahay dia fakam-panahy, ka aoka tsy hikomy (amin’i Allah) ianao”. Ka mianatra amin’izy roa izy ireo, izay fomba fampisarahana ny lehilahy amin’ny vadiny. Ary tsy mahavoa ratsy olona amin’izany izy ireo, raha tsy nahazo alàlana avy amin’i Allah. Ary izy ireo dia mianatra izay manimba azy ireo ihany, fa tsy izay mahasoa. Ary tena fantatr’izy ireo fa izay misafidy izany dia tsy hisy anjarany intsony any an-koatra. Ary zava-dratsy tokoa no natakalon’izy ireo ny tenany. Raha mba nahafantra izy ireo!

---

[12] Al-toor: tendrombohitra Sinay.

103- Ary raha mba nino sy natahotra izy ireo, dia ny valisoa avy amin’i Allah no mendrika indrindra. Raha mba nahafantra izy ireo!

104- Ô ianareo mpino! Aza miteny ianareo hoe: “Ràina”[13] fa mitenena kosa hoe: “Onzorna”[14]; sy mihainoa ianareo! Ary ho an’ireo tsy mpino ny famaizana mangirifiry.

105- Tsy mahafaly an’ireo tsy nino, amin’ireo olon’ny boky[15], sy ireo mpanompo sampy ny handrotsahana fahasoavana aminareo, avy amin’ny Tomponareo. Ary Allah dia manokana ny indrafony amin’izay sitrany. Ary Allah no tompon’ny fahasoavana lehibe.

106- Raha manafoana amin’ny andian-teny izahay, na mampanadino izany tanteraka dia hitondranay tsaratsara noho izany na mitovy aminy. Moa ve tsy fantatrao fa Allah dia tena mahefa ny zava-drehetra?

107- Moa ve tsy fantatrao fa an’i Allah ny fanjakan’ny lanitra sy ny tany? Ary tsy manana mpiahy na mpamonjy ankoatra an'i Allah ianareo.

108- Sa mila hanontany ny Irakareo tahaka ny nanontaniana an’i Mosa taloha ianareo? Na iza na iza manakalo ny tsy finoana amin’ny finoana, dia tena very niala ny làlana mahitsy.

109- Irian’ireo maro amin’ny olon’ny Boky, ny mba hiverenanareo taorian’ny finoanareo ho tsy mpino, noho ny fialonana misy amin’izy ireo, taorian’ny nahafantaran’izy ireo ny fahamarinana. Ka mamelà ary manadinoa ianareo, mandra-pandefasan’i Allah ny didiny. Tena marina fa Allah dia Mahefa ny zavatra rehetra.

110- Ary atsanganonareo ny Soalat (vavaka); sy mamoaha Zakat (famoahana ampahan-karena) ianareo. Ary izay tsara atolotrareo ho an’ny tenanareo, dia hohitanareo izany any anatrehan’i Allah. Tena marina fa Allah dia Mahita izay ataonareo rehetra.

111- Ary niteny izy ireo hoe: "Tsy hisy hiditra velively ao am-paradisa, raha tsy Jiosy na Kristianina”. Izany no mba nofinofin’izy ireo. Teneno amin’izy ireo hoe: "Omeo ny porofonareo, raha marina ny anareo”.

112- Tsy izany velively, fa na iza na iza nanolo-tena tanteraka ho an’i Allah, sady mpanao ny tsara, dia ho azy ny valisoany eo anatrehan’ny Tompony, ary tsy hanana tahotra izy ireo sady tsy halahelo ihany koa.

113- Ary niteny ireo Jiosy hoe: “Tsy manana na inona na inona ijoroana ireo Kristianina”; miteny koa ireo Kristianina hoe: "Tsy manana na inona na inona ijoroana ireo Jiosy”, ary izy ireo dia samy mamaky ny boky. Mitovy toy izany ihany koa no notenenin’ireo tsy manam-pahalalana. Ka Allah no hitsara azy ireo, amin’ny Andro Fitsanganana, ny amin’izay mampifanolana azy ireo.

114- Ary iza no tena manao ny tsy rariny, mihoatra izay misakana amin’ireo tranon’i Allah, ny hiantsoana ny anarany, sy miezaka amin’ny fandravana izany? Ireo olona ireo dia tsy tokony hiditra ao raha tsy amim-patahorana. Ho azy ireo ny fahafaham-baraka eto an-tany, ary ho azy ireo ny famaizana goavana any an-koatra.

---

[13] Ràina: Topazo maso izahay
[14] Onzorna: jero izahay. Noraran’ny Allah mba tsy hiteny RAINA ny mpino ny Islam satria nanana dikany ratsy izany amin’ny fitenin’ny jiosy ary ampiasainy amin’ny hompa.
[15] Olon’ny boky: Ireo jiosy sy Kristianina izay manana boky avy tamin’i Allah taloha.

115- Ary an'i Allah irery ihany ny atsinanana sy ny andrefana. Na aiza na aiza itodihanareo dia eo hatrany ny tavan'i Allah. Tena marina fa Allah dia Manerana sy tena Mahay ny zava-drehetra.

116- Ary niteny izy ireo hoe:" Allah dia nanan-janaka!". Voninahitra anie ho Azy! Tsia, fa Azy izay rehetra any an-danitra sy eto an-tany, ny rehetra dia manaiky Azy avokoa.

117- Mpahary ireo lanitra sy ny tany Izy, ary raha mandidy zavatra Izy, dia miteny fotsiny hoe: "Misia!", dia misy izany.

118- Ary niteny ireo tsy mahalala hoe: "Nahoana no tsy miresaka mivantana aminay Allah, na tsy mba misy famantarana tonga aminay?". Mitovy toy izany ihany no notenenin'ireo izay talohan'izy ireo. Sahala ny fon'izy ireo. Efa nazavainay ireo famantarana ho an'ny vahoaka mino fatratra.

119- Tena marina fa nalefanay ianao miaraka amin'ny fahamarinana, mba ho mpilaza vaovao mahafaly sy mpampitandrina; Ary tsy ho anontaniana anao ny mikasika ireo olon'ny afobe.

120- Ary tsy ho afa-pò aminao mihitsy ireo Jiosy sy ireo Kristianina, raha tsy efa manaraka ny finoan'izy ireo ianao. Teneno hoe: "Tena marina fa ny tari-dàlan'i Allah no tena tari-dàlana". Ary raha manaraka ny sitrapon'izy ireo ianao, taorian'ny nahatongavan'ny fahalalàna taminao, dia tsy hanana mpiaro sy mpanavotra mihitsy ianao eo anatrehan'i Allah.

121- Ireo izay nomenay ny Boky, ka mamaky izany amin'ny famakiana mendrika, izy ireo no mino izany. Ary izay tsy mino izany kosa, dia izy ireny no tena matiantoka.

122- Ô ry zanak'Israely! Tsarovinareo ny fahasoavako izay natobako taminareo, ary nosoaviko (manokana) ianareo, mihoatra izao tontolo izao.

123- Ary matahora ianareo, ilay andro izay tsy ahafahan'ny tsirairay hifanavotra na dia kely aza, sy tsy handraisana ny fanonerana avy aminy, ary tsy hahasoa azy ny fanelanelanana, ary tsy ho avotra izy ireo.

124- Ary rehefa notsapain'ny Tompony i Ibrahimo (Abrahama) tamin'ireo teny, ka notanterahiny avokoa izany. Niteny taminy ny Tompony hoe: "Tena ataoko mpitarika ny olombelona ianao". Hoy izy hoe: "Ary ny amin'ireo taranako?". Niteny ny Tompo hoe: "Tsy hahazo anjara amin'ny fampanantenàko ireo mpanao ny tsy rariny".

125- Ary rehefa nataonay ny "Trano" ho toeram-pivahinianan'ny olona sy toeram-pilaminana. Ataovinareo ho toeram-pivavahana àry ny toerana nitsanganan'i Ibrahimo. Ary nampiandraiketanay an'i Ibrahimo sy i Ismaely izao: "Diovinareo roa ny tranoko ho an'ireo mpihodidina aminy sy ireo mpitoby mba hivavaka, ary ho an' ireo mpiondrika sy ireo mpiankohoka.

126- Ary rehefa niteny i Ibrahimo hoe: "Tompo ô! Ataovy ity tanàna ity ho toerana feno fandriampahalemana, ary omeo anjara amin'ireo voankazo ny mponina ao aminy, izaymino an'i Allah sy ny Andro Farany amin'izy ireo". Niteny ny Tompo hoe: "Ary na iza na iza tsy hino kosa, dia homeko fahafinaretana kely izy, avy eo, hotereko izy ho any amin'ny famaizan'ny afobe". Ary tena fiafarana ratsy tokoa izany!

127- Ary rehefa nampiakarin'i Ibrahimo sy i Ismaely ireo fototry ny trano: "Tomponay ô! Ekeo ny avy aty aminay! Tena marina fa Ianao no Maheno sy Mahalala ny zava-drehetra"

128- Tomponay ô! Ataovy ho mpanaiky anao izahay roa, sy ireo taranakay, ho vahoaka mpanaiky anao, ary asehoy anay ny fomba fivavahana ataonay, ary ekeo ny fibebahanay. Tena marina fa Ianao no Mpandray ny fibebahana sy be Indrafo.

129- Tomponay ô! Andefaso iraka avy ao aminy izy ireo, mba hamaky amin'izy ireo, ireo fanambarana avy Aminao, sy hampianatra azy ireo ny Boky sy ny fahendrena, ary hanadio azy ireo. Tena marina fa Ianao no Tsitoha sy be fahendrena.

130- Ary iza no tsy mankasitraka ny finoan'i Ibrahimo, afa-tsy izay nanambany ny fisainany. Ary nofidinay tokoa izy teto an-tany, ary anisan'ireo olona tena mendrika izy any an-koatra.

131- Rehefa niteny taminy ny Tompony hoe: "Maneke ianao", dia niteny izy hoe: "Efa nanaiky ny Tompon'izao tontolo izao aho".

132- Ary nanafatra izany tamin'ny zanany i Ibrahimo sy i Jakoba: "Ô ry zanako! Allah dia efa nisafidy ho anareo tokoa ny finoana, koa aoka ianareo tsy ho faty, raha tsy efa manaiky tanteraka an'i Allah".

133- Moa ve vavolombelona ianareo, rehefa teo ambavahaonan'ny fahafatesana i Jakoba, raha niteny tamin'ireo zanany izy hoe: "Inona no ho tompoinareo aoriako?". Niteny izy ireo hoe: "Hanompo ny Zanaharinao izahay, sady Zanaharin'ireo rainao: Ibrahimo, Ismaely sy Isaka, Zanahary tokana, ary izahay dia mpanaiky Azy tanteraka".

134- Izany vahoaka izany dia efa nandao, ho azy ny valin'ny asa nataony, ary ho anareo ny valin'ny asa nataonareo. Ary tsy ho anontaniana ianareo ny momba izay nataon'izy ireo.

135- Ary niteny izy ireo hoe: "Aoka ho Jiosy na Kristianina ianareo, dia hiroso amin'ny làlana mahitsy". Teneno hoe: "Tsia! Ny finoan'i Ibrahimo no madio sy marina, ary tsy mba anisan'ireo mpanompo sampy izy."

136- Mitenena ianareo hoe: "Nino izay nampidinina taminay izahay, sy izay nampidinina tamin'i Ibrahimo, Ismaely, Isaka, Jakoba sy ireo foko, ary izay nomena an'i Mosa (Mosesy) sy Issa (Mesia, Jesoa), ary izay nomena an'ireo mpaminany avy amin'ny Tompon'izy ireo! Tsy manavaka na dia iray amin'izy ireo izahay. Ary izahay dia mpanaiky an'i Allah.

137- Ary raha mino mitovy amin'izay ninoanareo izy ireo, dia efa manaraka ny làlana mahitsy. Ary raha miamboho kosa izy ireo, dia tena ao anatin'ny fizarazarana. Ka ampy ho anao Allah, hanohitra azy ireo. Ary Izy, Ilay Maheno, sy Mahalala ny zava-drehetra.

138- Izahay dia manaraka ny finoan'i Allah. Fa iza no manana ny finoana tsara kokoa, noho ny finoan'i Allah? Ary izahay dia tena mpanompo Azy tokoa.

139- Teneno hoe: "Hiady hevitra aminay momba an'i Allah ve ianareo, kanefa Izy dia Tomponay sy Tomponareo? Ary ho anay ny asanay, ary ho anareo ny asanareo! Ary izahay dia manompo Azy am-po madio".

140- "Sa miteny ianareo, fa i Ibrahimo, Ismaely, Isaka sy i Jakoba, ary ireo foko dia Jiosy na Kristianina?". Teneno hoe: "Ianareo ve no tena mahalala sa Allah?". Iza no tena manao tsy rariny mihoatra ny olona manafina ao aminy, ny fijoroana vavolombelona eo anatrehan'i Allah. Ary Allah dia tsy manao tsirambina izay ataonareo.

141- Izany vahoaka izany dia efa nandao. Ho azy ny valin'izay nataony, ary ho anareo ny valin'izay nataonareo. Ary tsy ho anontaniana anareo ny momba izay nataon'izy ireo.

142- Hiteny ireo kely saina amin'ireo olombelona hoe: "Iza no nampitodika azy ireo hiala tamin'ny Kibla[16]izay nisy azy ireo teo aloha? Teneno hoe: "An'i Allah ny atsinanana sy ny andrefana. Mitari-dàlana izay sitrany amin'ny làlana mahitsy Izy".

143- Ary torak'izany koa, nataonay ho vahoaka mendrika ianareo mba hahatonga anareo ho vavolombelona eo anatrehan'ny olombelona; ary ny Iraka ho vavolombelonaeo anatrehanareo. Ary tsy nataonay ny Kibla izay nisy anao teo aloha afa-tsy mba hahafantaranay izay manaraka ny Iraka amin'ireo izay miverin-dàlana. Ary na izany aza dia mavesatra tokoa izany, afa-tsy ho an'ireo izay nahitsin'i Allah. Ary tsy mba hanary ny finoanareo[17] i Allah. Tena marina fa i Allah dia be Fitsimbinana sy be Indrafo amin'ny olombelona.

144- Efa hitanay ny fiandrandran'ny tavanao eny amin'ny lanitra, ka atodikay tokoa ianao any amin'ny Kibla izay mahafaly anao. Ary atodiho ny tavanao any amin'ny Al-Masjid Al-Haram[18]. Ary n'aiza n'aiza misy anareo, dia atodihonareo any aminy ny tavanareo. Tena marina fa ireo izay notolorana ny boky, dia tena mahafantatra tsara fa izany tokoa no marina avy amin'ny Tompon'izy ireo. Ary i Allah dia tsy mba variana amin'izay rehetra ataon'izy ireo.

145- Ary na dia entinao amin'ireo izay notolorana ny boky aza ny fanambarana rehetra, dia tsy hanaraka ny Kibla-nao izy ireo, ary ianao dia tsy hanaraka ny Kibla-n'izy ireo; Ary ny sasany amin'izy ireo dia tsy hanaraka ny Kibla-n'ny sasany. Ary raha narahinao ny sitrapon'izy ireo taorian'ny nahatongavan'ny fahalalana taminao, dia tena anisan'ireo mpanao ny tsy rariny ianao.

146- Ireo izay notoloranay ny boky, dia mahalala an'izany tahaka ny fahalalan'izy ireo ny zanany. Ary tena marina fa, misy andiany amin'izy ireo no tena manafina ny marina, kanefa mahafantatra izany izy ireo!

147- Ny fahamarinanadia avy amin'ny Tomponao, ka aoka àry tsy ho anisan'ireo mpisalasala ianao.

148- Ny tsirairay dia samy manana ny zotra izay hitodihany. Mifaninàna àry ianareo amin'ireo asa soa. N'aiza n'aiza no misy anareo dia havorin'i Allah any Aminy ianareo rehetra. Tena marina fa i Allah dia Mahefa ny zava-drehetra.

149- Ary n'aiza n'aiza ivoahanao, dia atodiho any amin'ny Al-Masjid Al-Haram ny tavanao. Ary tena marina fa izany no fahamarinana avy amin'ny Tomponao. Ary i Allah dia tsy mba variana amin'izay rehetra ataonareo.

150- Ary n'aiza n'aiza ny toerana ivoahanao, dia atodiho any amin'ny Al-Masjid Al-Haram ny tavanao. Ary n'aiza n'aiza ny toerana misy anareo, dia atodiho any aminy ny tavanareo, mba tsy hananan'ny olona porofo entina hanoherana anareo, afa-tsy ireo izay nanao ny tsy rariny amin'izy ireo. Ka aza matahotra azy ireo ianareo, fa Izaho no atahory, mba hamenoako ny fahasoavako aminareo, ary angamba hahitsy tanteraka ianareo.

---

16- Kibla: Zotra fitodihana rehefa mivavaka.

17- Tsy mba hanary ny finoanareo i Allah: izany no navalin'i Allah ny fanontaniana izay napetrak'ireo mpino tamin'ilay Iraka rehefa nanontany Azy izy ireo hoe: "ahoana àry ny momba ireo Soalat nataon'ireo namanay izay efa maty talohan'izao fiovan'ny zotra fitodihana izao?"

18- Al-Masjid Al-Haram: trano fivavahana masina ao Makka antsoina hoe Ka'aba.

151- Tahaka ny nandefasanay Iraka taminareo avy aminareo ihany, hamaky aminareo ireo fanambaranay, sy hanadio anareo, ary hampianatra anareo ny Boky sy ny fahendrena, ary hampianatra anareo izay mbola tsy fantatrareo.

152- Ka tsarovinareo àry Aho, dia hahatsiaro anareo Aho. Ary isaoranareo Aho, ary aoka tsy hikomy Amiko ianareo.

153- Ô ianareo izay nino! Mangataha famonjena amin'ny alalan'ny faharetana sy ny Soalat (vavaka) ianareo. Tena marina fa Allah dia miaraka amin'ireo manam-paharetana lalandava.

154- Ary aza miteny ianareo fa izay novonoina tamin'ny làlan'i Allah dia maty (tahaka ny maty rehetra). Tsia! velona izy ireo, kanefa tsy tsapanareo izany.

155- Ary tsy maintsy hotsapainay tokoa ianareo amin'ny fatahorana kely, sy ny hanoanana, ary ny tsy fahampian'ny harena, sy ny olona ary ny voankazo (vokatra ara-tsakafo). Ary lazao vaovao mahafaly ireo manam-paharetana.

156- Ireo izay, raha misy fahoriana manjò azy ireo, dia miteny hoe: "Tena marina fa izahay dia an'i Allah, ary any Aminy tokoa no hiverenanay".

157- Izy ireny no hahazo ny tso-drano avy amin'ny Tompony sy ny indrafò. Ary izy ireny no tenavoatari-dàlana.

158- Tena marina fa Al-Safà sy Al-Maroà[19] dia anisan'ireo toerana manankasin'i Allah. Ka na iza na iza manao ny Hajy[20] amin'ny trano masin'i Allah[21] na manao Omra[22] dia tsy misy tsiny aminy raha mivezivezy eo anelanelan'izy roa (Al-Safà sy Al-Maroà). Ary na iza na iza manao soa an-tsitra-po, dia i Allah no tena Mpisaotra sy Mahalala ny zava-drehetra.

159- Tena marina fa ireo manafina izay nampidininay, amin'ny ireo porofo maro samihafa sy ny tari-dàlana, taorian'ny nanazavanay izany tamin'ny olombelona, tao anatin'ny Boky, izy ireny dia ozonin'i Allah, ary hanozona azy ireo koa ireo mpanozona.

160- Afa-tsy ireo izay nibebaka sy nanarina ny tenany, arynanambara ny marina, izy ireny diaekeko ny fibebahany. Fa Izaho Ilay Mpandray ny fibebahana, Ilay be Indrafo.

161- Tena marina fa ireo izay tsy nino ka maty tsy mpino, izy ireny no iharan'ny ozon'i Allah sy ny an'ireo Anjely, ary ny an'ny olombelona rehetra.

162- Hitoetra ao mandrakizay izy ireo. Tsy ho hamaivanina amin'izy ireo ny famaizana, ary tsy hisy fampitsaharana amin'izy ireo (izany).

163- Ary ny Zanaharinareo dia Zanahary tokana. Tsy misy Zanahary afa-tsy Izy (Allah), Ilay be Fiantrana, Ilay be Indrafò.

---

[19]- Al-Safà sy Al-Maroa: dia tendrombohitra roa akaikin' ny Ka'aba.
[20]- Hajy: Fivahinianana masina lehibe any Makka ataon' ny Mpino nyIslamo manankatao.
[21]- Trano masin'i Allah: Trano Masina itodihan'ny mpivavaka Mpino ny Islamo rehetra maneran-tany rehefa mivavaka, dia ny Ka'aba izany.
[22]- Omra: Fivahinianana masina kely atao any Makka.

164- Tena marina fa ao anatin'ny fanamboarana ireo lanitra sy ny tany, ny fifandimbiasan'ny alina sy ny andro, sy ny sambo izay misosa eny an-dranomasina, ka feno tombontsoa ilain'ny olombelona, sy ny amin'ny rano izay nampidinin'i Allah avy eny an-danitra, ka namelomany amin'ny alalany ny tany taorian'ny nahafatesany, sy ny nanaparitahany ao aminy (amin'ny tany) ireo karazam-biby maro samihafa, ary ny fiovaovan'ny rivotra, sy ny rahona voarindra eo anelanelan'ny lanitra sy ny tany, dia tena famantarana lehibe ho an'ny vahoaka misaina.

165- Ary misy amin'ny olombelona izay mandray zavatra hafa, ankoatra an'i Allah, ka ampitoviana Aminy, tiavin'izy ireo izany tahaka ny fitiavana an'i Allah. Fa ireo izay nino kosa, no manana fitiavana mafy kokoa an'i Allah. Ary raha hitan'ireo izay nanao ny tsy rariny, rehefa mahita ny famaizana izy ireo, dia ho tsapan'izy ireo fa ny hery rehetra dia an'i Allah, ary tena marina fa i Allah dia mahery vaika amin'ny famaizana.

166- Raha nialatsiny ireo izay narahina, tamin'ireo izay nanaraka azy ireo, ary samy nahita ny famaizana izy ireo, dia ho tapaka ny rohim-pifandraisana amin'izy ireo.

167- Ary hiteny ireo izay nanaraka hoe: "Raha nanana fomba niverenana izahay, dia mba nialatsiny amin'izy ireo koa, tahaka izy ireo nialatsiny taminay". Tahaka izany no anehoan'i Allah amin'izy ireo ny asan' izy ireo, mbaho fanenenana mafy mihatra amin'izy ireo. Ary tsy afaka hivoaka mihitsy ao amin'ny afobe izy ireo.

168- Ô ry olombelona! Mihinàna ianareo amin'izay misy eto ambonin'ny tany, ka tsy voarara sady tsara, ary aza manaraka ireo famindran'ny satana ianareo. Tena marina, fa izy dia fahavalonareo miharihary.

169- Izy tokoa no mandrisika anareo amin'ny fanaovan-dratsy sy ny fahavetavetana, ary mba hitenenanareo amin'i Allah izay tsy fantatrareo.

170- Ary raha tenenina izy ireo hoe: "Arahonareo izay nampidinin'i Allah". Miteny izy ireo hoe: "Tsia", efa manaraka izay mahazatra anay tamin'ny razambenay izahay. Na tsy misaina na dia kely aza ny razamben'izy ireo, no sady tsy manaraka ny làlana mahitsy?

171- Ary ny anoharana ireo izay tsy nino, dia tahaka izay mikiakiaka (amin'ny biby) ka tsy maheno afa-tsy antso sy feo mifangaro ihany. Marenina, moana, jamba, ka tsy misaina mihitsy izy ireo.

172- Ô ianareo izay nino! Mihinàna ianareo amin'ireo sakafo tsara, izay anjara nomenay anareo. Ary misaora an'i Allah ianareo, raha toa ka Izy irery ihany no Tompoinareo.

173- Izy tokoa no nandrara taminareo ny biby maty ho azy, ny rà, ny henan-kisoa, ary izay niantsoana anarana hafa ankoatra an'i Allah. Fa izay voatery kosa,raha tsy manararaotra na mandika lalàna, diatsy misy fahotana ho azy. Tena marina fa i Allah dia be Famelan-keloka, be Indrafo.

174- Tena marina fa ireo manafina izay nampidinin'i Allah ao amin'ny Boky, ary mivarotra izany amin'ny vidiny ambany, izy ireny dia tsy mihinana ao anaty kibon'izy ireo afa-tsy ny afo, ary tsy hiresaka amin'izy ireo i Allah amin'ny andro fitsanganana, sady tsy hanadio azy ireo, ary ho azy ireo ny famaizana mangirifiry.

175- Izy ireny no nividy ny fahaverezana tamin'ny tari-dàlana, ary ny famaizana tamin'ny famelan-keloka. Ka ahoana tokoa no haharetan'izy ireo ny afobe?

176- Izany dia noho i Allah nampidina tokoa ny Boky am-pahamarinana, ary tena marina fa ireo izay tsy mifanaraka momba ilay Boky dia ao anatin'ny fifanolanana lalina.

177- Tsy fitiavam-bavaka akory ny fampitodihanareo ny tavanareo any atsinanana sy any andrefana. Fa ny tena fitiavam-bavaka dia izay mino an'i Allah sy ny andro farany, sy ireo Anjely, sy ny Boky ary ireo Mpaminany, ny manome ny harena am-pitiavany ireo havana akaiky sy ireo kamboty sy ireo mahantra, sy ny mpandeha lany vatsy, sy ireo mpangataka, sy ireo andevo, ary nanatanteraka ny Soalat (vavaka) sy namoaka ny Zakat (famoahana ampahan-karena). Ary ireo izay manatanteraka ny fifanekeny rehefa nifanaiky, sy ireo manam-paharetana amin' ny fahoriana sy amin'ireo aretina, ary amin'ny ady mahery vaika, izy ireny no olo-marina, ary izy ireny no vontom-patahorana.

178- Ô ianareo izay nino! Voadidy ianareo hampihatra ny "Iàlanan'ny Taliona" amin'ny vono olona: ny olona afaka amin'ny olona afaka, ary ny andevo amin'ny andevo, ary ny vehivavy amin'ny vehivavy. Ka izay mba voavela heloka tamin'ny rahalahiny, dia tokony hanonitra izany am-pahamendrehana ary hanolotra izany an-katsarana. Izany dia fanamaivanana sy famindram-po avy amin'ny Tomponareo. Ka izay mandika lalàna aorian'izany dia iharan'ny famaizana mangirifiry.

179- Ary misy fiainana ho anareo ao anatin'ny "lalànan'ny Taliona", ô ianareo matsilo saina! Angamba hanam-patahorana ianareo.

180- Voadidy ianareo, rehefa tojon'ny fahafatesana ny iray aminareo ka namela harena izy, amin'ny fanaovana didim-pananana ho an'ny Ray aman-dreny sy ireo havana akaiky, am-pahamendrehana. Adidy ho an'ireo manam-patahorana izany.

181- N'iza n'iza manova izany taorian'ny nandrenesany azy, tena marina fa ny fahotana amin'izany dia baben'ireo izay manova azy. Tena marina fa i Allah dia Maheno indrindra sy Mahalala ny zava-drehetra.

182- Ka izay matahotra fiangarana na fahotana avy amin'ny mpanao didim-pananana, ka nandamina ny disadisa teo anivon'izy ireo, dia tsy misy fahotana ho azy. Tena marina fa i Allah dia be Famelan-keloka sy be Indrafo.

183- Ô ianareo izay nino! Voadidy ho anareo ny fifehezana toy ny nandidiana izany ireo izay talohanareo, angamba hanam-patahorana ianareo.

184- Mandritra ny andro voaisa, ary izay marary aminareo na mandeha lavitra, dia tokony hifehy mitovy amin'ny isa navelany, amin'ny andro hafa. Ary ho an'ireo tsy mahazaka an'izany dia mamoaka onitra: mampihinana mahantra iray. Fa izay manao soa mihoatra kosa, an-tsitra-po, dia tsara ho azy izany, ary ny manao fifehezana no tena tsara ho anareo raha toa ka fantatrareo izany.

185- (Ireo andro ireo dia) ny volana Ramadany izay tamin'izany no nampidinana ny Kor'any, ho tari-dàlana ho an'ny olombelona, ary ho fanazavana ny tari-dàlana sy ny fanavahana (lalàna). Ka izay eo an-toerana amin'io volana io, aminareo, dia aoka izy hanao fifehezana amin'izany. Ary izay marary na mandeha lavitra, dia tokony hifehy mitovy amin'ny isa navelany, amin'ny andro hafa. Mila fanamorana ho anareo Allah, fa tsy mila fahasarotana ho anareo Izy, ary aoka ho fenoinareo tanteraka ny fotoam-pifehezana, ary aoka ankalazainareo ny halehiben'i Allah amin'izay nanitsiany anareo, ary angamba hisaotra ianareo.

186- Ary raha manontany anao ny momba Ahy ireo mpanompoko, tena marina fa Izaho dia akaiky, mamaly ny fangatahan'ny mpangataka Aho rehefa mangataka Amiko izy. Ka aoka hamaly ny antsoko izy ireo sy hino Ahy, angamba hahitsy tsara izy ireo.

187- Azonareo atao amin'ny alin'ny fifehezana ny manao firaisana amin'ireo vadinareo. Izy ireo dia fitafiana ho anareo, ary ianareo dia fitafiana ho azy ireo. Fantatr'i Allah fa namitaka ny tenanareo ianareo (tamin'ny firaisana ara-nofo miafina nataonareo), ka nekeny ny fibebahanareo ary navelany ny helokareo, ka manomboka izao dia miraisa fandriana amin'izy ireo ianareo, ary tadiavonareo izay nosoratan'i Allah aminareo, ary mihinàna sy misotroa ianareo mandra-pahitanareo miavaka tsara ny kofehy fotsy amin'ny kofehy mainty[23] amin'ny maraina vao mangiran-dratsy. Avy eo dia tohizonareo ny fifehezana mandra-pahatongan'ny alina. Ary aza miray fandriana amin'izy ireo ianareo raha mbola manao I'tikàf[24] ao amin'ny Masjid ianareo. Izany dia lalànan'i Allah, ka aza manakaiky an'izany ianareo. Toy izany no anazavan'i Allah ireo fanambarany amin'ny olombelona, angamba hanam-patahorana izy ireo.

188- Ary aza mihinana ny harenanareo samy anareo amin'ny tsy marina ianareo, ary aza entinareo amin'ireo mpitsara izany mba hihinananareo ny sasany amin'ireo harenan'olona amin'ny tsy rariny. Kanefa ianareo dia mahafantatra tsara.

189- Hanontany anao ny momba ireo tsinam-bolana izy ireo. Teneno hoe: "izany dia fanisam-potoana ho an'ny olombelona sy ho an' ny Hajy (ihany koa). Ary tsy fitiavam-bavaka ny fidiranareo ao amin'ireo trano avy ao an-damosiny, fa ny tena fitiavam-bavaka dia izay matahotra (an'i Allah). Ary midira ao amin'ireo trano avy eo amin'ireo varavarany ianareo, ary matahora an'i Allah ianareo, angamba hahazo fahasambarana ianareo.

190- Ary miadia ianareo, amin'ny làlan'i Allah, amin'ireo izay miady aminareo, ary aza mandika lalàna ianareo. Tena marina fa Allah dia tsy tia ireo mpandika lalàna.

191- Ary vonoinareo izy ireo n'aiza n'aiza hahatraranareo azy ireo, ary avoahinareo izy ireo avy amin'izay namoahan'izy ireo anareo. Ary nyfampitambarana an'i Allah amin'ny hafa, dia ratsy kokoa noho ny famonoana. Ary aza miady amin'izy ireo ao amin'ny Al-Masdjid Al-Haram ianareo, raha tsy efa miady aminareo ao izy ireo, ka raha miady aminareo kosa izy ireo dia vonoinareo. Toy izany no valisoa mendrika an'ireo mpikomy.

192- Fa raha mijanona (amin'ny ady) kosa izy ireo, Allah dia tena be Famelan-keloka sy be Indrafo.

193- Ary vonoinareo izy ireo mba tsy hisian'ny fampitambarana an'i Allah amin'ny hafa, ary mba ho an'i Allah irery ny finoana, ka raha mijanona kosa izy ireo, dia tsy manam-pahavalo afa-tsy ireo mpanao ny tsy rariny (ianareo).

194- Ny volana masina an'ny volana masina, ary ampiharina amin'ny zava-pady rehetra ny lalànan'ny Taliona. Ka izay nanafika anareo dia tafihonareo tahaka ny nanafihany anareo. Ary matahora an'i Allah ianareo. Ary fantaronareo fa tena miaraka amin'ireo manam-patahorana Allah.

195- Ary mamoaha harena amin'ny làlan'i Allah ianareo, ary aza mandefa ny tenanareo amin'ny alàlan'ny tànanareo any amin'ny fahapotehana ianareo. Ary manaova ny tsara ianareo. Tena marina fa i Allah, dia tia ireo mpanao ny tsara.

---

[23]Kofehy fotsy amin'ny kofehy mainty amin'ny vao mangiran-dratsy: ny hazavana somambisamby vao maraina, manavaka ny alina amin'ny maraina.
[24]I'tikàf: fitokana-monina ao amin'ny Masjid indrindra fa amin'ny volana Ramadany, Amin'ny folo andro farany.

196- Ary tanterahonareo ny Hajy sy ny Omra ho an'i Allah. Ka raha voasakana ianareo dia manaova fanatitra izay mora, ary aza kakasana ny lohanareo raha tsy efa tonga any amin'ny toerany ny fanatitra. Ka izay marary aminareo, na marary an-doha dia manonitra amin'ny alalan'ny fifehezana na fanomezana ho an'ny mahantra na fanaovana sorona. Ary rehefa milamina ianareo, ka malalaka amin'ny fanaovana Omra mankany amin'ny Hajy dia manaova fanatitra izay mora. Fa izay tsy mahita kosa, dia manao fifehezana telo andro amin'ny fotoan'ny Hajy, ary fito (andro) rehefa miverina any aminareo ianareo, izany dia folo andro feno. Izany dia (natao)ho an'izay olona tsy manan-kavana monina ao amin'ny Al-Masjid Al-Haram. Ary matahora an'i Allah ianareo. Fantaro fa i Allah dia mafy sazy tokoa.

197- Ny Hajy dia hatao anatin'ny volana efa fantatra. Ka izay nanetritena hanao Hajy amin'izany dia tsy mahazo manao firaisana ara-nofo, tsy manao zava-dratsy, ary tsy mahazo mifamaly aman'olona amin'ny fotoan'ny Hajy. Ary izay tsara ataonareo dia fantatr'i Allah izany. Ary mitondrà vatsy ianareo, ka tena marina fa ny vatsy tsara indrindra dia ny fatahorana an'i Allah. Ary matahora Ahy ianareo, ô ry manan-tsaina!

198- Tsy anomezana anareo tsiny ny fitadiavanareo fahasoavana avy amin'ny Tomponareo. Ka rehefa mandeha manao rodobe avy amin'ny tany Arafaty[25] ianareo, dia mahatsiarova an'i Allah eo amin'ny Al-Mashar Al-Haram[26], ary tsarovinareo Izy tahaka ny nanitsiany anareo, raha anisan'ny tao anatin'ny fahaverezana ianareo teo aloha.

199- Avy eo mandehana manao rodobe miaraka ianareo mankany amin'izay izoran'ny olona, ary mangataha famelan-keloka amin'i Allah ianareo. Tena marina fa i Allah dia be Famelan-keloka sy be Indrafo.

200- Ka rehefa vitanareo ireo fombam-pivavahanareo dia tsarovinareo i Allah, tahaka ny fahatsiarovanareo ireo Ray aman-dreninareo, na koa mihoatra izany. Ka misy amin'ny olombelona no miteny hoe: "Ry Tomponay ô! Omeo anay ny fiainana tsara eto an-tany", ary tsy misy anjara ho azy ireo any an-koatra.

201- Ary misy amin'izy ireo ny miteny hoe: "Ry Tomponay ô! Omeo anay ny fiainana tsara eto an-tany sy ny fiainana tsara any an-koatra, ary arovy izahay amin'ny famaizana amin'ny afobe".

202- Izy ireo dia mahazo anjara amin'izay nataony, ary i Allah dia haingam-panisa.

203- Ary tsarovinareo i Allah mandritra ireo andro voaisa. Ka izay nanafaingana ao anatin'ny roa andro dia tsy manam-pahotana, ary izay nanemotra dia tsy manam-pahotana ihany koa, ho an'izay manam-patahorana. Ary matahora an'i Allah ianareo, ary fantaro fa tena any Aminy no hamoriana anareo.

204- Ary misy amin'ny olona izay mahaliana anao ny fiteniny mikasika ny fiainana eto an-tany, ary mandray an'i Allah ho vavolombelona amin'izay ao am-pony izy, kanefa izy io dia tena tia ady.

205- Ary rehefa nitodi-damosina izy, dia mitety ny tany mba hanao fanimbana ao aminy, sy hanapotika ny voly sy ny taranaka. Ary Allah dia tsy tia ny asa fanimbana.

---

[25]- Arafaty: Tanàna midadasika misy tendrombohitra Arafaty izay tsy maintsy ijanonan'ny mpivahiny masina amin'ny andro fahasivy mandra-pilentehan'ny masoandro.

[26]- Al-MasharAl-Haram: Toerana midadasika hatoriana atao hoe Mozdalifa rehefa avy mitoby tao Arafaty ny mpivahiny masina.

206- Ary raha tenenina izy hoe: “Matahora an’i Allah ianao”, dia entin’ny fanambonian-tena amin’ny fahotana izy, ka ampy azy ny afobe. Ary fandriana tena ratsy tokoa izany!

207- Ary misy amin’ny olombelona izay mahafoy ny tenany amin’ny fitadiavana ny fankasitrahan’i Allah. Ary i Allah dia be fitsimbinana amin'ireo mpanompo.

208- Ô ianareo izay nino! Midira ao anatin’ny Islam tanteraka ianareo, ary aza manaraka ireo famindran’ny satana ianareo. Tena marina fa izy dia fahavalo miharihary ho anareo.

209- Fa raha solafaka ianareo, taorian’ny nahatongavan‘ireo fanambarana (porofo mazava) taminareo, dia fantaro fa i Allah dia tena Tsitoha sy be fahendrena.

210- Inona no andrasan’izy ireo, afa-tsy ny hahatongavan’i Allah aminy ambonin’ny aloky ny rahona sy ireo Anjely. Ka efa tanteraka ny didy? Ary any amin’i Allah ihany no hiverenan’ny raharaha rehetra.

211- Anontanio ireo zanak’Israely, firifiry ireo fahagagana mibaribary nentinay tamin’izy ireo! Ary na iza na iza manova ny fahasoavan’i Allah taorian’ny fahatongavan’izany taminy… ka tena marina fa i Allah dia mafy sazy tokoa.

212- Nohatsaraina ho an’ireo izay tsy nino ny fiainana eto an-tany, ary maneso an’ireo izay nino izy ireo. Nefa ireo izay manam-patahorana dia ambonin’izy ireo amin’ny andro fitsanganana. Ary i Allah dia manome anjara tsy tambo isaina ho an’izay sitrany.

213- Vahoaka iray ny olombelona tany am-piandohana. Ka nalefan’i Allah ireo Mpaminany ho mpanambara vaovao mahafaly sy mpampitandrina; ary nampidininy niaraka tamin’Izy ireo ny Boky feno fahamarinana, mba hitsarany ny olombelona momba ny fifanolanana nisy tamin’izy ireo. Ary tsy nisy nifanolana tamin’izany afa-tsy ireo izay nomena izany (Boky) taorian’ny nahatongavan’ireo porofo mibaribary tamin’izy ireo noho ny fifankahalana nisy tamin’izy ireo. Dia notarihin’i Allah làlana ireo izay nino ho amin’ny fahamarinana izay nampifanolana azy ireo, noho ny Fahasoavany. Ary i Allah dia manoro làlana izay sitrany ho amin’ny làlana mahitsy.

214- Moa ve eritreretinareo fa hiditra ao anatin’ny paradisa ianareo, kanefa mbola tsy tonga aminareony toy izay nanjò an’ireo efa nandao talohanareo? Nihatra tamin’izy ireo ny fahoriana sy ny aretina, ary nohozongozonina izy ireo, ka nahatonga ny Iraka (Mpaminany) sy ireo izay nino niaraka taminy niteny hoe: “Oviana no ho tonga ny fanavotan’i Allah?”. Moa ve tsy tena akaiky ny fanavotan’i Allah!

215- Hanontany anao izy ireo hoe: “Inona no tokony havoakan’izy ireo?”. Teneno hoe: “Izay tsara avoakanareo dia ho an’ny Ray aman-dreny sy ireo fianakaviana akaiky sy ireo kamboty, sy ireo mahantra, ary ny mpandeha lany vatsy. Ary izay tsara mba vitanareo dia i Allah no tena mahafantatra azy.

216- Nodidiana ho anareo ny ady, nefa ianareo dia mankahala izany. Ary mety hankahala zavatra iray ianareo, nefa dia tsara ho anareo izany. Ary mety hitia zavatra iray ianareo, nefa dia ratsy ho anareo izany. Allah no mahalala fa ianareo kosa tsy mahalala.

217- Hanontany anao izy ireo momba ny volana masina sy ny ady ao anatin’izany. Teneno hoe: “Ny ady ao anatin’izany dia lehibe, ary ny fanakanana ny asa amin’ny làlan’i Allah sy ny fikomiana Aminy sy ny Al-Masjid Al-Haram, ary ny famoahana (fandroahana) ny vahoakany avy ao aminy dia zava-dehibe loatra (eo anatrehan’i Allah), ary ny fampitambarana an’i Allah amin’ny hafa dia lehibe lavitra noho ny ady. Ary tsy hitsahatra

hiady aminareo izy ireo, raha tsy tafavoakan'izy ireo amin'ny finoanareo ianareo, raha azon'izy ireonatao izany. Ary izay miverin-dàlana amin'ny finoany aminareo, ka maty tsy mpino, dia izy ireny no foana ny asany eto an-tany sy any an-koatra. Ary izy ireny no olon'ny afobe, ka hitoetra ao mandrakizay izy ireo.

218- Tena marina fa ireo izay nino sy ireo izay nifindra-monina ary niady amin'ny làlan'i Allah, izy ireny dia manantena ny tsodranon'i Allah. Ary i Allahdia tena be Famelan-keloka sy be Indrafo.

219- Hanontany anao izy ireo momba ny toaka sy ny loka. Teneno hoe: "Misy fahotana lehibe amin'izy roa, ary tombontsoa ho an'ny olombelona, saingy ny fahotana aterak'izy roa dia lehibe kokoa noho ny tombontsoa avy amin'izany. Ary hanontany anao koa izy ireo hoe: "Inona no famoahana tokony hatao?". Teneno hoe: "Ny mihoatra amin'ny fananananareo". Toy izany no hanazavan'i Allah aminareo ny fanambarany, angamba hieritreritra ianareo**.**

220- Ny eto amin'izao tontolo izaosy ny any an-koatra. Ary hanontany anao izy ireo momba an'ireo kamboty. Teneno hoe: "Ny fanaovana tsara azy ireo no mendrika. Ary raha mifangaro amin'izy ireo ianareo, izy ireo dia rahalahinareo. Ary i Allah dia mahalala ny mpanimba amin'ny mpanamboatra. Ary raha sitrak'i Allah dia nosahiraniny mafy ianareo. Tena marina fa i Allah dia Tsitoha sy be Fahendrena.

221- Ary aza manambady ireo vehivavy mpanompo sampy ianareo, raha tsy efa mino izy ireo, ary ny andevo vavy mpino no mendrika kokoa noho ny vehivavy mpanompo sampy, na dia mahaliana anareo aza. Ary aza manome vady ireo lehilahy mpanompo sampy ianareo raha tsy efa mino izy ireo, ary ny andevo lahy mpino no mendrika kokoa noho ny lehilahy mpanompo sampy, na dia mahaliana anareo aza. Ireny olona ireny dia miantso mankany amin'ny afobe. Fa i Allah kosa dia miantso mankany amin'ny Paradisa sy ny famelan-keloka noho ny fahasoavany. Ary Izy dia manazava ireo fanambarany ho an'ny zanak'olombelona, angamba hahatsapa tena izy ireo.

222- Ary hanontany anao izy ireo momba ny fadim-bolana. Teneno hoe: "Izy io dia loto, ka iatahonareo ireo vehivavy amin'ny fotoan'ny fadim-bolana. Ary aza manatona azy ireo ianareo raha tsy efa madio izy ireo. Ka rehefa madio dia antsoinareo amin'izay nandidian'i Allah anareo izy ireo. Tena marina fa i Allah dia tia ny olona mibebaka, sy tia ireo olona madio.

223- Ireovehivavy vadinareo dia tanimbolinareo, ka mankanesa any amin'ny tanimbolinareo arak'izay sitrakareo ianareo, ary manolora asa soa ho an'ny tenanareo. Ary matahora an'i Allah ianareo, ary tadidionareo tsara fa mbola hihaona Aminy tokoa ianareo, ary lazao vaovao mahafaly ireo mpino.

224- Ary aza ataonareo ho sakana ny fiananananareo amin'i Allah, amin'ny hanaovanareo ny tsara sy ny fatahoranareo, ary amin'ny fampihavananareo ny olona. Fa Allah dia Maheno sy Mahalala ny zava-drehetra.

225- Allah dia tsy handray anareo amin'ny fiananananareo tsy mari-pototra, fa handray anareokosa Izyamin'ny tena fikasana ao am-ponareo. Ary i Allah dia be famelan-keloka sy tsara Fanahy indrindra.

226- Ho an'ireo izay mianiana tsy hanao firaisana amin'ny vadiny, dia miandry mandritra ny efa-bolana, koa raha miverina amin'ny fanapahan-keviny izy ireo…Tena marina fa i Allah dia be Famelan-keloka sy be Indrafo.

227- Ary raha tapa-kevitra amin'ny fisarahanam-panambadiana izy ireo, tena marina fa i Allah dia Maheno sy Mahalala ny zava-drehetra.

228- Ary ireo vehivavy nisara-panambadiana dia tsy maintsy mipetraka tsy manambady mandritra ny fadim-bolana telo, ary tsy azon'izy ireo atao ny manafina izay noforonin' Allah ao anatin'ny tranon-janany, raha tena mino tokoa an'i Allah sy ny Andro farany izy ireo. Ary ny vadin'izy ireo dia manan-jò feno amin'ny hamerenana azy ireo, raha te-hifanaraka izy ireo. Ary manan-jò (atao tsara)araka ny fomba mety izy ireo (ireo vehivavy) mitovy amin'ny adidy takiana aminy. Fa ireo lehilahy kosa dia manana tombom-pahefana amin'izy ireo. Ary i Allah dia Tsitoha sy be Fahendrena.

229- Ny fisaraham-panambadiana dia in-droa ihany. Na ny fitazonana am-pahamendrehana, na ny fandefasana am-pahatsarana. Ary tsy azonareo atao ny mamerina izay efa nomenareo azy ireo na dia kely aza, afa-tsy hoe samy matahotra ny tsy ho afaka hampihatra ny lalànan'i Allah izy roa. Raha matahotra ianareo fa tsy afaka hampihatra ny lalànan'i Allah izy roa, dia tsy ananan'izy roa tsiny ny amin'izay atolotr'ilay vehivavy ho azy (lehilahy vadiny). Izany no didin'i Allah, ka aoka ianareo tsy handika izany. Fa izay mandika ny lalànan'i Allah dia izy ireny no mpanao ny tsy rariny.

230- Fa raha misara-panambadiana (fanin-telony) aminy izy (lehilahy), dia tsy azony atao vady intsony izy (vehivavy), raha tsy efa avy nanambady olon-kafa. Ary raha misaraka aminy (vehivavy) izy (vady faharoa) dia tsy ananan'izy roa tsiny ny hifamerina raha samy mieritreritra ny hampihatra ny lalànan'i Allah izy roa. Ary izany no lalànan'i Allah, ka hazavainy amin'ny vahoaka manam-pahalalana.

231- Ary raha nosarahanareo ireo vehivavy, ka fenon'izy ireo ny fe-potoana niandrasany, dia tazoninareo am-pahamendrehana izy ireo, na alefanareo am-pahamendrehana. Ary aza mitazona azy ireo amin'ny famaizana ianareo, fa handika ny didy aman-dalànan'i Allah ianareo. Ary izay manao izany dia tena nanao ny tsy rariny amin'ny tenany. Ary aza maneso ny fanambaran'i Allah ianareo. Ary tsarovinareo ny fahasoavan'i Allah aminareo sy izay nampidininy taminareo amin'ny Boky, ary ny fahendrena izay ananaranyanareo. Ary atahorinareo i Allah, ary fantaronareo fa i Allah dia tena mahalala ny zava-drehetra.

232- Ary raha nosarahanareo ireo vehivavy (vadinareo), ka fenon'izy ireo ny fe-potoana niandrasany, dia aza ràranareo izy ireo hanambady vady vao, raha samy afapò am-pahamendrehana izy ireo. Avy amin'ny alalan'izany no ananarana izay mino an'i Allah sy ny Andro farany aminareo. Izany dia tena mendrika sy madio ho anareo. Ka i Allah no mahalala, fa ianareo no tsy manam-pahalalana.

233- Ary ireo reny, dia hampinono ny zanak'izy ireo mandritra ny roa taona feno, ho an'izay tia hameno tsara ny fe-potoana fampinonoana. Ary adidy ho an'ireo rain-jaza ny fampisakafoana sy fampitafiana azy ireo am-pahamendrehana. Ka tsy misy azo terena afa-tsy amin'izay zakany. Tsy tokony hiharam-pahavoazana ny reny noho ny amin'ny zanany, na ny rainy koa noho ny amin'ny zanany. Ary ny adidin'ny mpandova dia mitovy amin'izany. Ary raha mikasa nyfampitsaharana ny fampinonoana izy roa, ka niarahany nanaiky sy nodinihina (izany), dia tsy omena tsiny izy roa. Ary raha mila haka izay hampinono ny zanakareo ianareo, dia tsy homen-tsiny, rehefa nomenareo izay tokony homena am-pahamendrehana. Ary matahora an'i Allah ianareo, ary fantaronareo fa i Allah dia tena mahita tsara izay rehetra ataonareo.

234- Ary izay tratry ny fahafatesana aminareo (lehilahy) ka namela vady (vavy), dia mijanona tsy manambady mandritra ny efa-bolana sy folo andro izy ireo (vehivavy vadiny). Ka rehefa feno ny fe-potoana niandrasany, dia tsy manan-tsiny ianareo ny amin'izay anaovany ny tenany am-pahamedrehana. Ary Allah dia tena Mahafantatra izay rehetra ataonareo.

235- Ary tsy hanananareo tsiny ny hanehoanareo an-kolaka ny fikasam-panambadiana amin'ireo vehivavy, na koa afeninareo ao am-ponareo ao. Fantatr'i Allah fa ianareo dia tena hahatsiaro azy ireo, kanefa aza mampanantena azy ireo an-kinafinafina ianareo afa-tsy ny fitenenana mendrika. Ary aza manapa-kevitra amin'ny fanatanterahana ny fehim-panambadiana ianareo raha tsy efa feno ny fe-potoana niandrasana. Ary fantaronareo fa i Allah dia Mahay tokoa ny ao amin'ny tenanareo, ka mitandrema Aminy ianareo. Ary fantaronareo fa i Allah dia tena be Famelan-keloka sy tsara Fanahy.

236- Tsy hanananareo tsiny raha misaraka amin'ireo vehivavy izay mbola tsy nokasihinareo ianareo, na mbola tsy noferanareo ny Mahr[27] (vody ondry). Ary omeo fahafaham-pò izy ireo, ka ho an'izay manan-katao izay zakany, ary ho an'izay sahirana izay zakany, fanomezana fahafaham-pò am-pahamendrehana, adidy mendrika ho an'ny mpanao tsara.

237- Ary raha nosarahanareo izy ireo talohan'ny nikasihanareo azy ireo, ka efa noferanareo ny Mahr (vody ondry), dia atolorinareo azy ireo ny antsasak'izay efa noferanareo, afa-tsy hoe nandefitra izy ireo (vehivavy), na koa namela izany izay miantsoroka ny fahavitan'ny fanambadiana (lehilahy). Ary ny famelàna dia manakaiky indridra ny fatahorana an'i Allah, ary aza manadino ny tsara izay nifanaovanareo ianareo. Tena marina fa Allah dia mahita izay rehetra ataonareo.

238- Hajaonareo an-tsakany sy an-davany ireo Soalat (vavaka) sy ny Soalat Al-Ostà (Soalat al-Asr), ary mijoroa ho an'i Allah am-panetrentena ianareo.

239- Fa raha matahotra ianareo[28], dia tanterahonareo am-pandehanana na am-pitaingenana ny Soalat (vavaka), fa rehefa milamina ianareo dia tsarovinareo i Allah, tahaka ny nampianarany anareo tamin'ny fotoana mbola tsy nahalalanareo.

240- Ary ireo izaytratry ny fahafatesana aminareo (lehilahy) ka namela vady, dia tokony hametraka hafatra ho an'ireo vadiny, mba hahazo vatsy ampy ho azy ireo, sy hipetraka ao an-tranony mandritra ny iray taona. Fa raha izy ireo kosa no mandeha an-tsitrapo, dia tsy omena tsiny ianareo amin'izay anaovany ny tenany, amin'izay mendrika. Ary i Allah dia Tsitoha sy be Fahendrena.

241- Ary ho an'ireo vehivavy misara-bady, dia zony ny hahazo vatsy am-pahamendrehana. Adidy ho an'ireo manam-patahorana izany.

242- Toy izany no hanazavan'i Allah ho anareo ireo fanambarany, angamba ho tonga saina ianareo.

243- Moa ve tsy hitanao ireo izay mivoaka avy ao amin'ny tranon'izy ireo, an'arivony maro izy ireo, matahotra ny ho faty? Ka niteny tamin'izy ireo i Allah hoe: "Matesa ianareo". Avy eo dia novelominy indray izy ireo. Tena marina fa i Allah dia Tompom-pahasoavana ho an'ny olombelona, nefa ny ankamaroan'ny olombelona dia tsy mankasitraka.

244- Ary miadia ianareo amin'ny làlan'i Allah, ary tadidionareo fa i Allah dia tena Maheno sy Mahalala ny zava-drehetra.

245- Na iza na iza mampindrana am-pahamandrehana an'i Allah, dia hampitomboiny ho avo heny maro ho azy[29] izany. Ary i Allah dia mampihena sy mampitombo (ny fahasoavana). Ary any Aminy no hamerenana anareo.

---

[27]Mahr: ny zavatra atolotra ny vehivavy alohan'ny hanaovana ny fanambadiana, amin'ny teny frantsay: "Dote", amin'ny teny Malagasy "vody Ondry".

[28]- Raha matahotra ianareo: raha matahotra zava-doza toy ny fahavalo, sns…

246- Moa ve tsy hitanao ireo loholona teo amin'ireo zanak'Israely, taorian'i Mosa rehefa niteny izy ireo tamin'ny Mpaminaniny hoe: "Andefaso Mpanjaka izahay hiara-miady aminay amin'ny làlan'i Allah". Niteny izy hoe: "Moa ve tsy handà ny hiady ianareo raha toa ka voadidy ny hiady?". Niteny izy ireo hoe: "Inona no mahazo anay tsy hiady amin'ny làlan'i Allah, kanefa efa navoaka niala ny tranonay izahay sady nesorina taminay ireo zanakay?". Rehefa voadidy ho azy ireo ny hiady, dia nitodi-damosina izy ireo, afa-tsy ny vitsivitsy ihany tamin'izy ireo. Ary i Allah no tena mahalala ireo mpanao ny tsy rariny.

247- Ary niteny tamin'izy ireo ny Mpaminaniny hoe: "Allah dia efa nandefa tokoa an'i Talota taminareo ho Mpanjaka". Niteny izy ireo hoe: "Nahoana no azony ny fanjakana, hitondra anay, kanefa izahay no mendrika kokoa noho izy amin'ny fanjakana, ary izy dia tsy ampy amin'ny fananan-karena". Niteny izy hoe: "Tena marina fa i Allah no nisafidy azy ho eo aminareo, ary nanome azy tombony tamin'ny fahalalana sy ny toe-batana". Ary i Allah dia manome ny fanjakany ho an'izay sitrany. Ary i Allah dia Manerana sy Mahay ny zava-drehetra.

248- Ary niteny tamin'izy ireo ny Mpaminany hoe: "Tena marina fa ny famantarana ny fanjakany dia ny fahatongavan'ny Tàboty[30] eo aminareo,izay hitondra filaminan-tsaina, avy amin'ny Tomponareo, sy izay navelan'ny fianakavian'i Mosa sy fianakavian'i Harona. Ireo Anjely no hitondra izany. Ary amin'izany dia tena misy famantarana ho anareo raha mpino marina ianareo.

249- Koa rehefa nivoaka ny tanàna, niaraka tamin'ireo miaramila i Talota (Mpanjaka) dia niteny izy hoe: "Tena marina fa i Allah dia mitsapa anareo amin'ny renirano[31], ka izaymisotro amin'izany dia tsy anisan'ny ho namako, ary izay tsy manandrana izany kosa dia tena anisan'ny ho namako, afa-tsy izay nanovo indray mandeha tamin'ny ati-tanany". Ka nisotro izany avokoa izy ireo afa-tsy ny vitsivitsy taminy. Ary rehefa nihoatra izany renirano izany izy sy ireo izay nino niaraka taminy, dia niteny izy ireo hoe: "Tsy manan-kery hanoherana an'i Jalota (Goliata) sy ny miaramilany izahay androany". Niteny kosa ireo izay resy lahatra fa tsy maintsy hifanena amin'i Allah, hoe: "Firifiry amin'ny andian'olona vitsy, no nandresy ireo andiany maro an'isa noho ny fahefan'i Allah!". Ary i Allah dia miaraka amin'ireo manam-paharetana.

250- Ary rehefa niatrika an'i Jalota (Goliata) sy ireo miaramilany izy ireo dia niteny hoe: "Ô ry Tomponay! Arotsahy aminay ny faharetana, ary hamafiso ny dianay, ka avoahy ho mpandresy eo anatrehan'ireo vahoaka tsy mpino izahay".

251- Nandresy noho ny herin'i Allah izy ireo, ary matin'i Daoda i Jalota (matin'i Davida i Goliata), ary nomen'i Allah azy ny fanjakana sy ny fahendrena, ary nampianariny izay rehetra sitrany izy. Ary raha tsy noho ny fiarovan'i Allah ny olombelona ankilany avy amin'ny alàlan'ny andaniny, dia tena efa simba tanteraka ny tany, nefa i Allah no tompom-pahasoavana eto amin'izao tontolo izao.

252- Ireny no fanambaran'i Allah izay vakianay aminao amim-pahamarinana, ary tena marina fa ianao dia anisan' ireo voairaka.

---

[29]- Ho azy: ho an'ilay mpampindrana.
[30]- Tàboty: Vata kely vita amin'ny hazo.
[31]- Renirano: renirano eo anelanelan'i Jordana sy Palestina, renirano"Asharia" malaza

253- Tamin'ireny Iraka ireny, nisy ny sasany nomenay tombony nihoatra ny hafa. Misy amin'izy ireo izay niresahan'i Allah mivantana, ary nampiakariny voninahitra ny sasany tamin'izy ireo. Ary nomenay an'i Issa zanak'i Mariamo[32] ireo porofo mazava sy nomenay hery tamin'ny alalan'i Fanahy Masina[33]izy. Raha sitrak'i Allah dia tsy mba nifamono ireo olona izay taorian'izy ireo, taorian'ny nahatongavan'ny porofo mazava taminy, fa nifanolana kosa izy ireo. Ka nisy ny nino tamin'izy ireo, ary nisy koa ny tsy nino. Raha sitrak'i Allah dia tsy mba nifamono izy ireo, kanefa Allah dia manao tokoa izay sitrany.

254- Ô ianareo izay nino! Manaovafandaniana ianareoamin'izay anjara nomenay anareo, alohan'ny hahatongavan'ny andro tsy hisy fifanakalozana ara-barotra, na fisakaizana, na fanelanelanana. Ary ireo tsy mpino no mpanao ny tsy rariny.

255- Allah! Tsy misy Zanahary afa-tsy Izy ihany, Ilay velona mandrakizay, Al-Kaiom[34]. Tsy mba azon-tory (rendremana) Izy, ary tsy mba matory. Azy irery ihany izay rehetra any amin'ireo lanitra sy izay rehetra eto an-tany. Iza no manana fahefana hanelanelana eo anatrehany, raha tsy mahazo alalana avy Aminy? Mahalala izay rehetra eo alohan'izy ireo sy izay aorian'izy ireo Izy. Ary tsy mahafehy na dia kely aza amin'ny fahalalàny izy ireo afa-tsy izay sitrany. Manerana ireo lanitra sy ny tany ny seza fiandrianany, ary tsy manahirana Azy na dia kely aza ny fiarovana azy roa ireo. Ary Izy Ilay Avo indrindra, Ilay Lehibe indrindra.

256- Tsy misy faneriterena amin'ny finoana. Efa mazava ny làlan'ny fahitsiana amin'ny fahaverezana. Ka na iza na iza tsy mankatò ireo Taghoty[35], ka mino an'i Allah dia efa nitazona ny tady mafy izy izay tsy hisy triatra aminy. Ary Allah dia tena Maheno indrindra sy Mahalala ny zava-drehetra.

257- Allah no Mpiahy ireo izay nino, manala azy ireo avy ao amin'ny haizina mankany amin'ny hazavana Izy. Ary ireo izay tsy nino kosa, ny mpiahy azy ireo dia Taghoty, manala azy ireo avy ao amin'ny hazavana mankany amin'ny haizina izy. Izy ireny no olon'ny afobe, ka hitoetra ao mandrakizay.

258- Tsy hitanao ve ilay niady hevitra momba ny Tompony tamin'i Ibrahimo, raha nomen'i Allah azy ny fanjakana? Raha niteny taminy Ibrahimo hoe: "Ny Tompoko dia Ilay Manome ny fiainana sy ny fahafatesana". Niteny izy hoe: "Izaho koa dia manome ny fiainana sy ny fahafatesana", dia niteny indray Ibrahimo hoe: "Tena marina fa Allah no mampiposaka ny masoandro avy any atsinanana, ka aposahy izany avy any andrefana". Dia tsy nahateny intsony ilay nikomy. Ary Allah dia tsy mitari-dàlana ny vahoaka mpanao ny tsy rariny.

259- Na tahaka izay nandalo tao amin'ny tanàna iray haolo potika sy rava tanteraka, ka niteny izy hoe: "Amin'ny fomba ahoana moa no hameloman'i Allah itony aorian'ny fahafatesany?". Ka novonoin'i Allah izy nandritra ny zato taona, rehefa avy eo dia novelominy indray izy, ka niteny Izy (Allah) hoe: "Firy taona no nipetrahanao tao?". Niteny izy hoe: "Andro iray na tapak'andro no nipetrahako teto". Niteny indray Izy (Allah) hoe: "Tsia, zato taona no nipetrahanao teo". Ka jereo ny sakafonao sy ny zava-

---

[32] Issa : Jesosy na Jesoa. Mariamo: Maria, Marie.

[33]Fanahy masina : Anjely Gabriely

[34]Al-Kaiom: Tsy misy teny azo andikana azy tanteraka. Nyazo azo andikana azytsotsotra dia hoe: Ilay Mahavita tena tanteraka, ary ny rehetra dia miankina Aminy.

[35]Taghoty: sampy, satana, sy izay rehetra tompoina ankoatra an'i Allah.

pisotronao, tsy nisy fiovana na dia kely aza. Ary jereo ny ampondranao…ary mba ataonay ho porofo ho an'ny olombelona ianao, ary jereo ny taolana, ahoana no hanambaranay azy, avy eo dia hofonosinay nofo izany". Rehefa nazava taminy izany dia niteny izy hoe: "Fantatro izao, fa tena marina Allah dia Mahefa ny zava-drehetra".

260- Ary raha niteny Ibrahimo hoe: "Tompo ô! Asehoy ahy, fomba ahoana no hamelomanao indray ireo maty?". Dia niteny Izy (Allah) hoe: "Moa ve tsy mbola mino ihany ianao?". Niteny izy (Ibrahimo) hoe: "Tsia! Tsy izany akory, fa mba hampitony ny foko". Niteny Izy (Allah) hoe: "Mandraisa àry ianao vorona efatra, ka tapatapaho daholo izy ireo, avy eo dia ametraho singany tsirairay isaka ny tendrombohitra. Rehefa avy eo dia antsoy izy ireo, fa hanatona anao am-pihazakazahana izy ireo. Ary fantaro fa Allah dia Tsitoha sy be Fahendrena.

261- Ireo izay mandany ny harenany amin'ny làlan'i Allah, dia mitovy amin'ny voa iray namoaka salohy fito, ka isaka ny solohy iray dia manome voa zato. Ary Allah dia mampitombo avo heny ho an'izay sitrany, ary Allah dia Manerana sy Mahalala ny zava-drehetra.

262- Ireo izay mandany ny harenany amin'ny làlan'i Allah, ka tsy mampanaraka fampahatsiahivana na fanafintohinana amin'izay nolaniany, dia ho azy ireo ny valin-kasasarany eo anatrehan'ny Tompony, ary tsy hisy hampatahotra azy ireo, ary tsy halahelo izy ireo.

263- Ny teny mendrika sy ny famelan-keloka dia tsara noho ny fanomezana arahina fanafintohinana. Ary Allah dia Manan-karena sy Malemy fanahy.

264- Ô ianareo izay nino! Aza potehinareo amin'ny alàlan'ny latsa sy ny fanafintohinana ny fanomezana atolotrareo, tahaka izay mamoaka ny harenany mba ho hitan'ny olona, ary tsy mino an'i Allah sy ny andro farany izy. Ny mitovy aminy dia tahaka ny vatolampy feno vovoka, ka rehefa tondra-driaka dia tsy misy na inona na inona tavela eo aminy. Tsy afaka hanao na inona na inona na dia kely aza tamin'izay azony izy ireo. Ary Allah dia tsy manoro làlana ny vahoaka tsy mpino.

265- Ary ireo izay mandany ny harenany mba ho fitadiavana ny fankasitrahan'i Allah, sy ny fankaherezana ho an'ny tenany, dia tahaka ny zaridaina an-tampon-kavoana, ka rehefa nirotsahan'ny orana izy, dia manome vokatra avo roa heny, ary rehefa tsy mahazo orana izy, dia hirotsaka aminy ny andon'ny maraina. Allah dia tena mahita izay ataonareo.

266- Moa ve ny iray aminareo te-hahazo zaridaina feno antrendry (datte) sy tanim-boaloboka maro, izay misy renirano mikoriana ao ambaniny, ka hahazoany karazam-bokatra maro samihafa, ary izy anefa dia efa tra-pahanterana, nefa mbola kely ireo zanany, ka novelesin'ny tadio arahin'afo ny zaridainany dia may kilan'ny afo tanteraka? Tahaka izany no hanazavan'i Allah aminareo ireo fanambarany, angamba hieritreritra ianareo.

267- Ô ianareo izay nino! Mandania ny ampahany amin'izay tsara azonareo ianareo, sy tamin'izay navoakanay ho anareo avy amin'ny tany. Ary aza ny ratsy aminy no kendrenareo havoaka; kanefa na dia ianareo aza tsy handray izany raha tsy mikipy maso. Ary fantaronareo fa Allah no Tompon'ny harena rehetra sy mendri-piderana.

268- Ny satana dia mampanantena anareo ny fahantrana, sy maniraka anareo amin'ny asa vetaveta; fa Allah kosa dia mampanantena anareo famelan-keloka avy Aminy sy fahasoavana. Ary Allah dia Manerana sy Mahay ny zava-drehetra.

269- Manome fahendrena an'izay sitrany Izy (Allah), ary izay nomena ny fahendrena dia tena efa nahazo fahasoavana maro. Ary tsy misy mahatsapa (izany) afa-tsy ireo matsilo saina.

270- Ary na inona na inona no avoakanareo amin'ny fandaniana, na ny voady izay nataonareo, tena marina fa Allah dia mahafantatra izany. Ary tsy hisy mpanavotra ireo mpanao ny tsy rariny!

271- Raha mamoaka an-karihary ireo fanomezana ianareo dia tsara izany, fa raha afeninareo izany sy atolotrareo ho an'ny mahantra dia tsara kokoa ho anareo. Ary Allah dia hamafa aminareo ny sasany amin'ireo asa ratsy vitanareo. Fa i Allah dia tena mahalala izay ataonareo.

272- Tsy anjaranao ny mitari-dàlana azy ireo, fa Allah kosa no mitari-dàlana izay sitrany. Ary izay tsara avoakanareo dia ho an'ny tenanareo ihany. Ary aoka ianareo tsy hanao fandaniana afa-tsy noho ny fitadiavana ny tavan'i Allah. Ary izay tsara avoakanareo dia hovaliana tanteraka aminareo. Ary ianareo dia tsy ho ambakaina mihitsy.

273- Ho an'ireo mahantra izay voasakana ka tsy afa-nivoaka amin'ny làlan' Allah, sady tsy afa-mandeha mitady fivelomana eran-tany; ny tsy mahalala dia mihevitra azy ireo ho mpanana noho ny tsy fangatahany. Dia ho fantatrao izy ireo amin'ny alàlan'ny endriny, tsy mangataka amin'olona amim-panelingelenana izy ireo. Ary izay tsara avoakanareo dia tena fantatr'i Allah izany.

274- Ireo izay mamoaka ny harenany amin'ny alina sy ny antoandro, miafina sy miharihary, ho azy ireo ny valin-kasasarany eo anatrehan'ny Tompon'izy ireo. Ary tsy misy hampatahotra azy ireo, ary tsy halahelo izy ireo.

275- Ireo izay mihinana ribà (zana-bola)[36] dia tsy hitsangana (amin'ny andro farany) raha tsy tahaka ny hitsanganan'izay narendriky ny satana noho ny fifampikasohana taminy. Izany dia noho izy ireo niteny hoe: "Tena mitovy tsy misy valaka ny varotra sy ny ribà (fanjanaham-bola). Nefa Allah dia nanome alàlana ny varotra fa nandrara kosa ny ribà (fanjanaham-bola). Fa izay tonga taminy ny anatra avy amin'ny Tompony ka nijanona izy, dia ho azy izay efa azony taloha, ary eo am-pelatànan'i Allah ny raharahany. Fa izay mbola namerina indray, dia izy ireny no olon'ny afobe, ka hitoetra ao mandrakizay izy ireo.

276- Hopotehin'i Allah ny tombontsoan'ny ribà (fanjanaham-bola), ary hampitomboiny kosa ny tombontsoan'ny fanomezana. Ary Allah dia tsy tia ireo tsy mpino, mpanota rehetra.

277- Tena marina fa ireo izay nino sy nanao asa soa, nanatanteraka ny Soalat (vavaka), ary namoaka ny Zakat (famoahana ampahan-karena), ho azy ireo ny valin-kasasarany eo anatrehan'ny Tompon'izy ireo. Ary tsy misy hampatahotra azy ireo, ary tsy halahelo izy ireo.

278- Ô ianareo izay nino! Matahora an'i Allah ianareo; ary avelao izay sisa tavela tamin'ny ribà (zana-bola) raha mpino ianareo.

279- Ary raha tsy manao izany ianareo, dia raisonareo ny fanambarana ady avy amin'i Allah sy ny Irany. Fa raha mibebaka kosa ianareo, dia ho anareo ny renim-bolanareo. Tsy hanambaka ny hafa ianareo, ary tsy ho ambakaina.

[36] Ribà: tombon-karena tsy marina, fanjanaham-bola, zana-bola.

280- Ary raha tena tra-pahasahiranana izay anananareo trosa, dia andrasonareo mandra-pahitany fahamorana, fa ny fanaovanareo fanomezana kosa dia tsara ho anareo raha fantatrareo izany.

281- Ary matahora ilay andro hamerenana anareo any amin'i Allah ianareo. Avy eo dia omena ny tsirairay feno tanteraka ny valin'asa nataony, ary izy ireo dia tsy ho ambakaina mihitsy.

282- Ô ianareo izay nino! Raha mifampisambo-bola ianareo ao anatin'ny fe-potoana voafetra, dia raiketonareo an-tsoratra izany. Ary aoka hanoratra izany am-pahamarinana ny mpitan-tsoratra eo aminareo; ary aoka tsy handà hanoratra araka izay nampianarin'i Allah azy ny mpitan-tsoratra. Aoka izy hanoratra ka hitonona izany ilay mpitrosa; ary aoka hatahotra an'i Allah Tompony izy, ary tsy handatsaka amin'izany na dia kely aza. Fa raha toa ka kely saina ilay mpitrosa, na osa, na tsy afa-manonona, dia aoka ny mpiahy azy hanonona izany am-pahamarinana eo amin'ny toerany. Ary makà vavolombelona anankiroa avy amin'ny lehilahinareo. Koa raha tsy misy lehilahy roa, dia lehilahy iray sy vehivavy anankiroa avy amin'ireo izay ekenareo ho vavolombelona. Raha manadino ny iray amin'izy roa, dia mampahatsiaro ny iray hafa. Ary aoka tsy handà ireo vavolombelona ireo raha antsoina. Ary aza malaina ny hanoratra izany, na kely na lehibe hatramin'ny fe-potoana farany. Izany no tena marina eo anatrehan'i Allah, sy tena mahitsy eo amin'ny fitsanganana vavolombelona, ary tena manakaiky anareo amin'ny tsy fisalasalana. Afa-tsy amin'ny varotra an-toerana iarahanareo mitantana, dia tsy misy tsiny aminareo na dia tsy soratanareo aza izany, nefa hakanareo vavolombelona kosa raha mifampiraharaha ara-barotra ianareo. Ary tsy tokony hanaovanareo herisetra na ny mpanoratra na ny vavolombelona. Fa raha manao izany ianareo, dia tena haratsiam-panahy avy aminareo ihany izany. Ary matahora an'i Allah ianareo, fa hampianatra anareo Izy, ary Allah dia tena Mahalala ny zava-drehetra.

283- Ary raha eny am-pandehanana lavitra ianareo, ka tsy mahita mpanoratra; mametraha antoka dia ampy. Raha mifampatoky ianareo, dia aoka hotanterahin'ilay natokisana ny fitokisana navela taminy. Ary aoka hatahotra an'i Allah Tompony izy. Ary aoka tsy hanafina ny fijoroana vavolombelona ianareo, fa izay manafina izany dia tena izany tokoa ny fahotan'ny fony. Ary Allah dia mahafantatra izay rehetra ataonareo.

284- An'i Allah izay rehetra any amin'ireo lanitra sy izay rehetra ety an-tany. Raha habaribarinareo izay amin'ny tenanareo na hafeninareo, dia hotsarain'i Allah amin'izany ianareo. Ka hamela heloka an'izay sitrany Izy, ary hanafay izay sitrany ihany koa. Ary Allah dia Mahefa ny zava-drehetra.

285- Nino izay nampidinina taminy avy tamin'ny Tompony ny Iraka, ary koa ireo mpino, samy nino an'i Allah izy rehetra, an'ireo Anjeliny sy an'ireo Bokiny, ary an'ireo Irany, ka hoy izy ireo: "Tsy manavaka na dia iray amin'ireo Irany izahay". Ary niteny izy ireo hoe: "Naheno sy nankatò izahay". Mangataka ny famelan-keloka avy Aminao izahay ry Tomponay ô! Ary any Aminao no fiverenana.

286- Tsy mampizaka ny olona zavatra Allah, afa-tsy izay zakany ihany. Ho azy ny voka-tsoa tamin'ny asa nataony, ary ho azy ihany koa ny voka-dratsin'ny asa ratsy vitany. Tomponay ô! Aza sazianao izahay, raha sendra nanadino na nahavita fahadisoana tsy nahy… Tomponay ô! Aza hampilanjaina vesatra izahay toy ny nampilanjànao izany tamin'ireo teo alohanay. Ry Tomponay ô! Aza ampitondraina anay, izay tsy anananay hery ny hitondra azy. Fa andefero izahay, ka avelao ny helokay, ary mamindrà fò aminay. Ianao no Mpiahy anay, ka omeo fandresena izahay amin'ireo vahoaka tsy mpino.

TOKO FAHA-3
SORATRA AL-IMRAN
(FIANAKAVIAN'I IMRAN)
NIDINA TAO MADINAH

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be Fiantrana, Ilay be Indrafo

1- Alif-Lãm-Mìm.

2- Allah! Tsy misy Zanahary hafa afa-tsy Izy ihany, Ilay Velona mandrakizay sy Ilay Mahavita tena tanteraka (al-kaiòm)[37].

3- Nampidina taminao ny boky tamim-pahamarinana Izy, manamarina izay efa nisy teo alohany. Ary nampidina ny Taoraty sy ny Evanjely Izy,

4- Tany aloha, tari-dàlana ho an'ny olombelona. Ary nampidina ny fanavahana[38]Izy. Tena marina, fa ireo izay nitsipaka ny fanambaran'i Allah, dia ho azy ireo ny famaizana mafy. Ary Allah dia Tsitoha sy Tompon'ny famalian-keloka.

5- Tena marina, fa tsy misy zavatra miafina amin'i Allah na dia kely aza, na eto an-tany na any an-danitra.

6- Izy no nanome anareo endrika tao am-bohoka araka izay sitrany. Tsy misy zanahary afa-tsy Izy, Ilay Tsitoha, Ilay be Fahendrena.

7- Izy no nampidina taminao ilay Boky, misy andininy mazava tsara ao; izy ireo no fototr'ilay boky; fa ny (andininy) sasany kosa dia mifono hevitra maro[39].Ireo izay manana fò mirona amin'ny fahaverezana dia manaraka ireo andininy mifono hevitra maro, ho fitadiavana ny fifanoheran-kevitra sy fitadiavana ny dikan-teny hafa momba izany, nefa tsy misy mahalala ny tena dikan'izany afa-tsy Allah. Fa ireo miorim-paka lalina amin'ny fahalalàna kosa dia miteny hoe: "Mino an'izany izahay! Avy amin'ny Tomponay avokoa izany rehetra izany". Nefa, tsy misy mahatsiaro an'izany, afa-tsy ireo matsilo saina.

8- Tomponay ô! Aza havily any amin'ny fahaverezana ny fonay, aorian'ny nitarihanao làlana anay, omeo indrafò avy Aminao izahay. Tena marina fa, Ianao Ilay Mpanome tsy manam-petra.

9- Tomponay ô! Tena marina fa, Ianao no hanangona ny olona rehetra, amin'ny andro iray tsy misy fisalasalana ny aminy. Tena marina fa, i Allah dia tsy mivadika amin'ny fampanantenàny.

---

[37]Al-Kaiòm: Izay mahavita tena tanteraka ary ny rehetra dia miankina Aminy.
[38]Fanavahana: Ny kor'any, ary koa milaza io teny io ireo boky masina teo aloha satria manavaka ny tsara amin'ny ratsy.
[39]Mifono hevitra maro: Teny azo raisina amin'ny dikany maro.

10- Tena marina fa, ireo izay tsy nino dia tsy hahavita na inona na inona amin'izy ireo, na ny harenan’izy ireo, na ny zanak’izy ireo, eo anatrehan’i Allah. Izy ireo no ho fandrehitry ny afobe.

11- Tahaka ny vahoakan’i Faraona sy ireo talohan’izy ireo, nilaza ho lainga ireo fanambaranay izy ireo, ka nosazian’i Allah noho ny fahotan'izy ireo. Ary mafy ny fanasazian'i Allah.

12- Teneno amin’ireo izay tsy nino hoe: “Ho resy tsy ho ela ianareo, ary ho angonina ao anatin’ny afobe. Ary tena toerana fandriana ratsy tokoa izany!

13- Efa nisy famantarana ho anareo tamin'ireo andian’olona roa nifanandrina: ny andiany iray dia niady amin’ny làlan’i Allah, ary ny andiany iray hafa kosa dia tsy mpino. Ireto farany dia nahita maso ireo mpino indroa amin’ny isan’izy ireo. Ary Allah dia manohana amin’ny alalan’ny fanampiany izay sitrany. Tena marina fa, ao anatin’izany dia misy lesona ho an’ireo manana fahiratan-tsaina.

14- Nohatsaraina ho an’ny olombelona ny fitiavana ny zavatra izay ankafiziny: amin'ireo vehivavy, ireo zanaka, ny harena betsaka amin’ireo volamena sy ny volafotsy, ireo soavaly voamarika, ireo biby fiompy sy ny tanimboly. Izany rehetra izany dia fahafinaretan’ny fiainana eto ambonin’ny tany. Ary eo anatrehan’i Allah no misy ny fiverenana tsara indrindra.

15- Teneno hoe: “Atoroko anareo ve ny tsara mihoatra izany? Ho an’ireo izay manam-patahorana, eo anatrehan’ny Tompon’izy ireo, dia zaridaina izay misy renirano mikoriana eo ambaniny, ka hitoetra ao mandrakizay izy ireo, sy vady maro izay voadio, ary koa ny fankatoavana avy amin’i Allah”. Ary Allah dia Mahita amin’ny antsipiriany ny momba ireo mpanompony.

16- Ireo izay miteny hoe: "Ry Tomponay ô! Tena marina fa mino izahay, avelao ny fahotanay, ary arovy amin’ny famaizan’ny afobe izahay”.

17- Ireo maharitra sy ireo marina, ireo mpankatò sy ireo mpamoaka ny harenany, ary ireo mpangataka ny famelan-keloka alohan’ny maraina vao mangiran-dratsy.

18- Nitsangana vavolombelona Allah, fa tena marina tsy misy Zanahary afa-tsy Izy irery ihany, miaiky an’izany koa ireo Anjely sy ireo manam-pahaizana, mijoro am-pahamarinana Izy. Tsy misy Zanahary afa-tsy Izy irery ihany, Ilay Tsitoha, Ilay be Fahendrena.

19- Tena marina fa ny finoana eo anatrehan’i Allah dia ny Islamo[40]. Ary tsy nifanipa-kevitra ireo izay nomena ny Boky, afa-tsy taorian’ny nahatongavan’ny fahalalàna tamin’izy ireo, noho ny disadisa nifanaovany. Ary izay tsy mino ireo fanambaran’i Allah... Tena marina fa Allah dia haingam-panisa!

20- Fa raha miady hevitra aminao izy ireo, dia teneno hoe: “Natolotroho an’i Allah ny tavako (tenako), sy izay manaraka ahy”. Ary teneno amin’ireo nomena ny Boky sy ireo tsy mahay mamaky teny sy manoratra hoe: “Moa efa niditra Islamo ve ianareo?”. Raha niditra Islamo izy ireo, dia efa nahazo ny tari-dàlana. Ary raha niamboho kosa izy ireo... dia tsy inona, afa-tsy mpampiely fotsiny ianao. Ary Allah dia mahita amin’ny antsipiriany izay rehetra ataon’ireo mpanompo.

[40] Islamo: Dia finoana farany tonga teto an-tany, izay nentin’ny Mpaminany Mohammad (tso-dranon’i Allah sy ny fandriampahalemana anie ho azy), sady Iraka farany nalefan'i Allah, izay mifototra amin’ny fototra dimy: Ny fitsanganana vavolombelona amin’ny finoana, ny Soalat, ny Zakat, ny Saom Ramadan, ny Haj.

21- Tena marina fa ireo izay tsy mino ireo fanambaran'i Allah, sy mamono tsy amin'ny rariny ireo Mpaminany, ary mamono ireo olombelona izay mandidy amin'ny fampiharana ny fahamarinana, dia lazao azy ireo ny famaizana mangirifiry.

22- Izy ireny no foanany asany eto an-tany sy any an-koatra, ary tsy hanana mpanavotra izy ireo.

23- Tsy hitanao ve ireo izay nomena anjara tamin'ny Boky[41]? Antsoina izy ireo mankany amin'ny Bokin'i Allah mba hitsara azy ireo; avy eo dia miamboho ny andiany amin'izy ireo ka mitodi-damosina.

24- Izany dia noho izy ireo niteny hoe: "Tsy hikasika anay ny afobe, afa-tsy ao anatin'ny andro vitsivitsy voafetra. Ka namitaka azy ireo ny lainga noforonin'izy ireo tamin'ny finoany.

25- Ary ahoana rehefa havorinay izy ireo ho amin'ny andro izay tsy isalasalana ny aminy, ary omena ny tsirairay tanteraka ny vokatry ny asa nataony, ary izy ireo dia tsy ho ambakaina.

26- Teneno hoe: "Ô Allah! Tompon'ny fanjakana. Manome ny fanjakana ho an'izay sitrakao Ianao, sy mandrava ny fanjakana amin'izay sitrakao, ary manome hery izay sitrakao, ary manala-baraka izay sitrakao, eo am-pelatànanao ny tsara rehetra. Tena marina fa Ianao dia Mahefa ny zava-drehetra.

27- Mampiditra ny alina ao anatin'ny andro Ianao, ary mampiditra ny andro ao anatin'ny alina, ary mamoaka ny velona avy amin'ny maty Ianao, ary mamoaka ny maty avy amin'ny velona. Ary manome izay sitrakao ny anjara tsy tambo isaina Ianao.

28- Aoka ireo mpino mba tsy handray ireo tsy mpino ho namana ankoatra ireo mpino. Fa izay manao izany dia tsy misy tokony hantenainy mihitsy avy amin'i Allah, afa-tsy hoe miaro ny tenanareo eo anatrehan'izy ireo ianareo. Ary mampitandrina anareo ny Aminy Allah. Fa any amin'i Allah no fiverenana.

29- Teneno hoe: "Na afeninareo izay ao an-tratranareo, na abaribarinareo, dia fantatr'i Allah izany. Ary mahafantatra izay any amin'ireo lanitra sy izay eto an-tany Izy. Fa i Allah dia Mahefa ny zava-drehetra.

30- Amin'ny andro hahitan'ny tsirairay izay tsara nataony eo anoloany, sy izay ratsy nataony, dia haniry izy mba hisy elanelana lavitra dia lavitra eo aminy sy ny asa ratsy izay vitany. Ary mampitandrina anareo ny Aminy Allah. Ary Allah dia be fitsimbinana amin'ireo mpanompo.

31- Teneno hoe: "Raha tia an'i Allah tokoa ianareo, dia manaraha ahy, mba ho tian'i Allah ianareo, ary hamela anareo Izy amin'ny fahotànareo. Ary Allah dia be Famelan-keloka, be Indrafo".

32- Teneno hoe: "Ankatoavinareo Allah sy ny Iraka. Fa raha mitodi-damosina izy ireo... tena marina fa Allah dia tsy mitia ireo tsy mpino".

---

41 Anjara tamin'ny boky: ny Taoraty sy ny Evanjely izay mbola nanankery tamin'izany fotoana izany.

33- Tena marina fa Allah dia nisafidy an'i Adama sy i Noa sy ny fianakavian'i Ibrahimo ary ny fianakavian'i Imrana teo amin'izao tontolo izao.

34- Taranaka mifandimby, ny andaniny nipoitra avy amin'ny ankilany. Ary Allah dia tena Maheno sy Mahalala ny zava-drehetra.

35- Raha niteny ny vadin'i Imrana hoe: "Tompo ô! Tena nataoko voady ho Anao tanteraka izay ato am-bohoko, ka mba ekeo amiko (izany). Tena marina fa Ianao Ilay Maheno sy Mahalala ny zava-drehetra".

36- Rehefa niteraka azy izy dia niteny hoe: "Tompo ô! Vavy ny zaza naterako", ary Allah dia mahafantatra tsara izay naterany (vadin'i Imrana)! "Ary ny lahy dia tsy mitovy amin'ny vavy. Ary nomeko anarana hoe Mariamo[42] izy, ary tena mangataka fiarovana ho azy sy ny taranany avy Aminao aho, mba tsy ho resin'ny satana Ilay voaozona.

37- Ka neken'ny Tompony izany tamin'ny fanekena mendrika, ary nampitomboiny tsara izy tamin'ny fitomboana mendrika, ary notendreny ho mpiahy azy i Zakaria. Isaka ny miditra ao aminy i Zakaria eo amin'ny Mihrab[43],dia mahita sakafo ao aminy. Niteny izy hoe: "Ô ry Mariamo! Avy aiza no nahazoanao io (sakafo io)?". Niteny izy hoe: "Avy amin'i Allah izy ireto". Tena marina fa, Allah dia manome anjara tsy tambo isaina ho an'izay sitrany.

38- Teo no eo, dia nangataka tamin'ny Tompony i Zakaria, ka niteny hoe: "Tompo ô! Omeo taranaka vanona avy Aminao aho, marina fa Ianao dia tena Maheno ny fangatahana".

39- Ka niantso azy, ireo Anjely; raha mbola nitsangana nivavaka teo amin'ny Mihrab izy**,** nanao hoe: "Tena marina fa Allah dia manambara vaovao aminao, dia ny fahaterahan'i Yahya[44], manamarina ny teny avy amin'i Allah (fahatongavan'i Issa), sy ho mpanapaka (tò teny), madio fitondràntena (lavitra ny firaisana ara-nofo), ary ho Mpaminany sy ho anisan'ireo olona mendrika".

40- Niteny izy hoe: "Tompo ô! Ahoana àry no hahazoako zazalahy, kanefa izaho dia efa tena antitra, ary ny vadiko dia momba?". Niteny Izy (Allah) hoe: "Izany no izy!". Allah dia manao izay sitrany.

41- Niteny izy (Zakaria) hoe: "Tompo ô! Omeo famantarana aho". Niteny Izy (Allah) hoe: "Ny famantarana ho anao dia tsy afaka hiresaka amin'olona ianao mandritra ny telo andro, afa-tsy amin'ny alàlan'ny fihetsika ihany. Ary tsarovy matetika ny Tomponao, ary derao ny voninahiny amin'ny hariva sy ny maraina".

42- Ary rehefa niteny ireo Anjely hoe: "Ô ry Mariamo! Tena marina fa Allah dia nisafidy anao sy nanadio anao; ary nisafidy anao koa tamin'ireo vehivavin'izao tontolo izao".

43- Ô ry Mariamo! Ankatoavy ny Tomponao, miankohofa ianao, ary miondreha miaraka amin'ireo mpiondrika".

44- Izany dia anisan'ireo fanambarana vaovao miafina izay ampitainay aminao. Ary tsy teo amin'izy ireo ianao raha nanipy ny peniny izy ireo: iza amin'izy ireo no hiahy an'i Mariamo! Ary tsy teo amin'izy ireo ianao raha nifamaly izy ireo.

---

[42]Mariamo: Maria
[43]Mihrab: Toerana avo fipetrahan'ny mpitoryteny ao amin'ny fiangonana.
[44]Yahya: Mpaminany zanaky ny Mpaminany Zakaria, zy no antsoina hoe **IANOA** na Jaona mpanao Batisa.

45- Rehefa niteny ireo Anjely hoe: “Ô ry Mariamo! Tena marina fa Allah dia manambara vaovao aminao, dia ny Teny avy Aminy: ny anarany dia «Mesia» «Issa», zanak’i Mariamo, hanam-boninahitra eto an-tany sy any an-koatra, ary ho anisan’ireo akaiky Azy”.

46- “Ary hiteny amin’olombelona izy raha vao teraka eo ambony fandriana, sy amin’ny fahalehibeny, ary ho anisan’ireo olona mendrika".

47- Niteny i Mariamo: “Tompo ô! Ahoana aho ho hanan-janaka lahy, kanefa tsy nisy lehilahy nikasika ahy?”. Niteny Izy (Allah) hoe: “Izany no izy! Allah dia mamorona izay sitrany. Raha mandidy zavatra Izy, dia miteny aminy fotsiny Izy hoe:”Misia!", dia misy tokoa izany.

48- Ary Izy (Allah) dia hampianatra azy (Issa) ny Boky, sy ny Fahendrena, ary ny Taoraty sy ny Evanjely.

49- Ary ho Iraka ho an’ny zanak’Israely izy (ka hiteny hoe): “Tena marina fa izaho dia tonga aty aminareo miaraka amin’ny fahagagana avy amin’ny Tomponareo. Tena hamboatra toy ny endrika vorona (sarim-borona) avy amin’ny tanimanga ho anareo aho, ka ho tsofiko izany, dia ho lasa vorona, avy amin’ny herin’i Allah. Ary hanasitrana ny jamba sy ny boka aho, ary hamelona ireo maty aho amin’ny herin’i Allah. Ary hambarako anareo izay hohaninareo. Tena marina fa, izany dia famantarana ho anareo raha mpino marina ianareo.

50- Ary hanamarina izay ao amin’ny Taoraty teo alohako, ary hanome alàlana anareo ny amin’ny sasany izay voarara taminareo aho. Ary tonga aminareo aho miaraka amin’ny famantarana avy amin’ny Tomponareo. Ka matahora an’i Allah àry ianareo, ary ankatoavinareo aho.

51- Tena marina fa Allah dia Tompoko sady Tomponareo. Tompoinareo àry Izy. Izany no làlana mahitsy.

52- Ary rehefa nahatsikaritra ny tsy finoana tamin’izy ireo i Issa (Jesoa), dia niteny hoe: “Iza no hanampy ahy amin’ny làlan’i Allah?". Niteny ireo Al-haoàriòna[45] (Apostoly) hoe: "Izahay dia mpanampin’i Allah, mino an’i Allah izahay, ary aoka ianao ho vavolombelona fa izahay dia manaiky Azy tokoa”.

53- “Tomponay ô! Nino izay nampidininao izahay, ary narahinay ny Iraka. Ka soraty ho anisan’ireo vavolombelona izahay".

54- Ary nanao tetik’ady izy ireo, ka nanao tetik’ady ihany koa Allah. Ary Allah no tsara tetik’ady indrindra.

55- Raha niteny Allah hoe: "Ô ry Issa! Tena marina fa ho taperiko ny fiainanao, ary hampiakatra anao aty Amiko Aho, sy hanadio anao amin’ireo izay tsy nino, ary hanao ireo izay nanara-dia anao ho ambonin’ireo izay tsy nino, mandra-pahatongan’ny Andro fitsanganana. Avy eo dia aty Amiko no hiverenanareo, ka hitsara anareo Aho amin’izay nampifanolana anareo”.

[45] Al-haoàriòna: Ireo mpiara-dia tamin'i jesoa, mpianany.

56- Fa ireo izay tsy nino kosa, dia hofaiziko amin'ny famaizana mafy izy ireo, eto an-tany sy any an-koatra, ary tsy hanana mpanavotra izy ireo.

57- Ary ireo izay nino sy nanao ireo asa soa, dia homeny azy ireo tanteraka ny valin-kasasaran'izy ireo. Ary Allah dia tsy tia ireo mpanao ny tsy rariny.

58- Izany, izay vakianay aminao, dia anisan'ireo fahagagana sy fahatsiarovana feno fahendrena.

59- Tena marina fa i Issa (Jesoa), eo anatrehan'i Allah, dia mitovy amin'i Adama, noforoniny avy tamin'ny fotaka izy, avy eo dia niteny taminy Izy hoe: "Misia!", dia nisy tokoa izany.

60- Ny marina dia avy amin'ny Tomponao. Ka aoka tsy ho anisan'ireo mpisalasala ianao.

61- Ka izay mifanditra aminao mikasika izany, taorian'ny nahatongavan'ny fahalalàna taminao, dia teneno hoe: "Avia ianareo, hiantso ireo zanakay sy ny zanakareo isika, ny vehivavinay sy ny vehivavinareo, ny tenanay sy ny tenanareo, avy eo hanozona miaraka isika, ka hataontsika ho an'ireo mpandainga ny ozon'i Allah.

62- Tena marina fa, izany no tantara tena marina. Ary tsy misy zanahary afa-tsy Allah. Ary marina fa Allah tokoa no Ilay Tsitoha, Ilay be Fahendrena.

63- Ka raha mitodi-damosina izy ireo... Tena marina fa, Allah dia mahalala indrindra an'ireo mpanao fanimbàna.

64- Teneno hoe: "O ry olon'ny Boky! Avia ianareo ho amin'ny teny iraisana eo aminay sy aminareo, mba tsy hanompo isika afa-tsy Allah, ary tsy hanambatra Azy amin'ny zavatra hafa isika, ary ny andaniny amintsika mba tsy handray ny ankilany ho tompo tompoina ankoatra an'i Allah. Ka raha mitodi-damosina izy ireo, dia tenenonareo hoe: "Aoka hijoro vavolombelona ianareo, fa tena mpanaiky an'i Allah izahay".

65- Ô ry olon'ny Boky! Nahoana no mifanditra ianareo momba an'i Ibrahimo, nefa tsy nampidinina ny Taoraty sy ny Evanjely raha tsy taty aorianany? Moa ve tsy mba misaina ianareo?

66- Indro ianareo mifanditra amin'ny zavatra izay anananareo fahalalàna, ka nahoana ianareo no mifanditra amin'ny zavatra izay tsy anananareo fahalalàna? Ary Allah dia Mahalala, fa ianareo kosa dia tsy mahalala.

67- Tsy Jiosy akory i Ibrahimo, ary tsy Kristianina, fa nanaiky tanteraka an'i Allah izy. Ary tsy mba anisan'ireo mpanompo sampy.

68- Tena marina fa, ny olona mendrika hitonon-tena hoe avy amin'i Ibrahimo, dia ireo izay nanaraka azy, sy ity Mpaminany ity[46], ary ireo izay nino. Ary Allah no Mpiahy ireo mpino.

69- Naniry ny mba hamery làlana anareo ny andiany amin'ireo olon'ny Boky. Kanefa tsy mamery làlana afa-tsy ny tenany ihany izy ireo; saingy tsy mahatsapa izany izy ireo.

[46]Ity Mpaminany ity: dia i Mohammad, ho aminy anie ny tso- dranon'i Allah sy ny fiadanany.

70- Ô ianareo olon'ny Boky! Nahoana ianareo no mitsipaka ireo fanambaran'i Allah, nefa ianareo dia vavolombelona tamin'izany?

71- Ô ianareo olon'ny Boky! Nahoana ianareo no mampifangaro ny marina amin'ny lainga sy manafina ny marina, kanefa mahafantatra tsara ianareo?

72- Ary niteny ny andiany iray tamin'ireo olon'ny Boky hoe:" Minoa ianareo an'izay nampidinina tamin'ireo nino, amin'ny fiandohan'ny maraina, fa tsipahonareo kosa izany amin'ny hariva, angamba hiverin-dàlana izy ireo.

73- Ary aza mino ianareo, afa-tsy izay nanaraka ny finoanareo. Teneno (ry Mohammad) hoe: «Ny tena tari-dàlana marina dia ny tari-dàlan'i Allah». (Hoy koa izy ireo hoe: sady tsy tokony hanaiky ianareo no tsy hanamarina) fa hisy olon-kafa omena mitovy amin'izay nomena anareo, na koa hahazo porofo entina hanoherana anareo eo anatrehan'ny Tomponareo izy ireo". Teneno (ry Mohammad) hoe: "Tena marina fa ny fahasoavana dia eo am-pelatànan'i Allah, ka omeny izay sitrany izany. Ary Allah dia Manerana sy Mahay ny zava-drehetra.

74- Manokana ny indrafòny amin'izay sitrany Izy. Ary Allah dia Tompon'ny fahasoavana lehibe.

75- Ary misy amin'ireo olon'ny Boky, raha ampitazoninao azy ny Kintar[47] dia mamerina izany aminao izy. Ary misy ihany koa amin'izy ireo, raha ampitazoninao Dinar[48] iray dia tsy mamerina izany izy, raha tsy efa mitsangana tsy mitsahatra manery azy ianao. Izany rehetra izany dia, satria izy ireo niteny hoe: "Tsy mahita làlana entina hanoherana anay mihitsy ireo tsy nahita fianarana". Ary izy ireo dia miteny lainga momba an'i Allah, kanefa mahafantatra (an'izany) izy ireo.

76- Tsy izany anefa, fa na iza na iza nanatanteraka ny fifanekeny sy matahotra an'i Allah…. Marina tokoa fa Allah dia tia ireo manam-patahorana.

77- Tena marina fa, ireo izay mivarotra ny fifanekena nataony tamin'i Allah sy ny fianianany, amin'ny vidiny mora kely, izy ireny dia tsy hanana anjara na dia kely aza amin'ny fiainana any an-koatra, ary tsy hiresaka amin'izy ireo mihitsy Allah, sady tsy hijery azy ireo amin'ny Andro farany, no tsy hanadio azy ireo Izy, ary ho azy ireo ny famaizana mangirifiry.

78- Ary tena misy andiany amin'izy ireo, no mamadika ny lelany amin'ny famakiana ilay boky mba hiheveranareo fa avy ao anatin'ny Boky izany, kanefa tsy avy ao anatin'ilay Boky akory izany. Ary miteny izy ireo hoe: "Avy amin'i Allah izany", nefa tsy avy amin'i Allah akory izany. Ka miteny lainga momba an'i Allah izy ireo, nefa mahafantatra (an'izany) izy ireo.

79- Tsy mendrika ny olombelona, izay nomen'i Allah azy ny Boky sy ny fahalalàna ary ny faminaniana, no hiteny amin'olona avy eo hoe: "Aoka ianareo ho mpanompoko ankoatra an'i Allah; fa izy kosa tokony hiteny hoe: "Aoka ianareo ho manam-pahaizana ara-pinoana, noho ianareo nampianatra ny Boky sy noho ianareo nianatra izany.

---

[47]Kintar : singam-bolamena arivo

[48]Dinar : volamena iray

80- Ary tsy haniraka anareo handray ireo Anjely sy ireo Mpaminany ho Tompo izy. Haniraka anareo amin’ny tsy finoana ve izy, aorianareo efa mpanaiky an’i Allah?

81- Ary rehefa noraisin’i Allah ny faneken’ireo Mpaminany hoe: “Isaka ny manome Boky sy fahendrena ho anareo Aho, ary avy eo, misy Iraka tonga aminareo, hanamarina izay efa teo aminareo, dia tsy maintsy hino azy ianareo, ary tsy maintsy hanampy azy. Ka niteny Izy hoe: “Ekenareo ve sy ankatoavinareo amin’izany ny fifanekena Amiko?” Niteny izy ireo hoe: “Ekenay izany”. Niteny Izy hoe: "Mitsangàna ho vavolombelona àry ianareo. Ary Izaho koa ho anisan’ny vavolombelona, miaraka aminareo".

82- Ka izay mitodi-damosina aorian’izany... dia izy ireny tokoa no tena mpanao ratsy.

83- Moa ve ankoatra ny finoana an’i Allah no irian’izy ireo, nefa manaiky Azy avokoa izay rehetra any amin’ireo lanitra sy ny eto an-tany, na an-tsitrapò na an-tery, ary any Aminy no hamerenana azy ireo.

84- Teneno hoe: “Mino an’ i Allah izahay, sy izay nampidinina taminay sy izay nampidinina koa tamin’i Ibrahimo, Ismaëly, Isaka, Jakoba, sy ireo Asbàta[49],sy izay natolotra an’i Mosa[50]sy Issa[51] ary ireo Mpaminany avy amin’ny Tompon’izy ireo; tsy manavaka na dia iray aza amin’izy ireo izahay, ary manaiky Azy (Allah) tanteraka izahay.

85- Ary izay mandray finoana hafa ankoatra ny finoana Islamo dia tsy ho ekena aminy izany, ary any an-koatra, dia ho anisan’ny matiantoka izy.

86- Ahoana no hitarihan’i Allah làlana ny vahoaka tsy mino, taorian’izy ireo efa nino sy nitsangana ho vavolombelona fa tena marina tokoa ny Iraka, ary taorian’ny nahatongavan’ireo porofo mazava tamin’izy ireo. Ary Allah dia tsy mitari-dàlana ny vahoaka mpanao ny tsy rariny.

87- Izy ireny, ny valin’asany dia ho azy ireo ny ozon’i Allah sy ny an’ireo Anjely, ary ny an’ny olombelona rehetra.

88- Hitoetra ao mandrakizay izy ireo. Tsy ho hamaivanina amin’izy ireo ny famaizana, ary tsy hisy fampitsaharana amin’izy ireo (izany).

89- Afa-tsy ireo izay nibebaka taorian’izany, sy nanarina ny tenany. Marina fa Allah dia be Famelan-keloka sy be Indrafo.

90- Hamafisina fa ireo izay tsy nino taorian’ny finoan’izy ireo, ka nampitombo hatrany ny tsy finoany, dia tsy horaisina intsony ny fibebahan’izy ireo. Ary izy ireny no very tanteraka.

91- Tena marina fa ireo izay tsy nino ary maty tsy mpino, dia tsy horaisina intsony ny avy amin’iray amin’izy ireo, na dia tany feno volamena aza no hataony takalo. Izy ireny, ho azy ireo ny famaizana mangirifiry, ary tsy hisy mpanavotra izy ireo.

---

49 Asbàta : Ireo foko (12) roa ambin’ny folo zanakin’i Jakoba.

50 Mosa: Mosesy

51 Issa: Jesosy- Jesoa.

92- Tsy tena ho tonga aminareo ny fitiavam-bavaka, raha mbola tsy mamoaka amin'izay tianareo ianareo. Ary izay zavatra avoakanareo, dia i Allah no tena Mahafantatra azy tsara.

93- Ny sakafo rehetra fahiny dia azo hohanina (Halal)[52] ho an'ny zanak'Israely, afa-tsy izay noraran'Israely (Haramo)[53] tamin'ny tenany talohan'ny nampidinana ny Taoraty. Teneno hoe: "Ento eto ny Taoraty ka vakionareo, raha marina izay lazainareo!"

94- Ka izay mamorona lainga mikasika an'i Allah taorian'izany, dia izy ireo no mpanao ny tsy rariny.

95-Teneno hoe: "Nilaza ny marina i Allah". Ka arahinareo ny finoan'i Ibrahimo izay fanompoana An'i Allah irery ihany, madio mangarahara. Ary tsy mba anisan'ireo mpanompo sampy izy.

96-Tena marina fa ny trano naorina voalohany indrindra ho an'ny olombelona, dia izay ao Bakka[54] (Makka) feno fahasoavana sy tari-dalana ho an'izao tontolo izao.

97-Misy famantarana mazava maro ao aminy, toerana izay nitsanganan'i Ibrahimo. Ary izay miditra ao dia mahita fandriampahalemana. Adidin'ny olombelona Amin'i Allah ho an'izay manan-katao no mankany, manatanteraka ny Hajy, amin'ilay trano masina. Ary ho an'izay tsy nino, dia hamafisina fa tsy miantehitra amin'izao tontolo izao i Allah.

98-Teneno hoe: "Ô ry olon'ny boky! Nahoana ianareo no tsy mino an'ireo fanambaran'i Allah, nefa i Allah dia vavolombelon'izay rehetra ataonareo"

99-Teneno hoe: "Ô ry olon'ny boky! Nahoana ianareo no manakana izay mino mankany amin'ny làlan'i Allah. Ilainareo avily izany, kanefa ianareo dia vavolombelona ny fahamarinana!". Ary i Allah dia tsy mba variana amin'izay rehetra ataonareo.

100- Ô ianareo izay nino! Raha mankato ny andiany amin'ireo izay nomena ny Boky ianareo, dia hamerina anareo ho lasa tsy mpino izy ireo, taorian'ny finoana izay efa nanananareo.

101-Ary ahoana ianareo no tsy mino, kanefa ianareo indrindra no amakiana ireo fanambaran'i Allah, ary eo aminareo lalandava ny Irany? Ary izay mifikitra mafy amin'i Allah dia efa voahitsy amin'ny làlana mahitsy.

102- Ô ianareo izay nino! Matahora an' i Allah ianareo, amin'ny tena fatahorana Azy marina, ary aoka mba tsy ho faty raha tsy efa manaiky tanteraka an'i Allah ianareo.

103- Ary mifikira mafy ianareo amin'ny tadin'i Allah, fa aza misaratsaraka. Ary tsarovinareo ny Fahasoavan'i Allah eo aminareo, raha mpifahavalo ianareo teo aloha dia natambany ny fonareo, ka lasa mpirahalahy noho ny fahasoavany ianareo. Ary ianareo dia efa tena teo amoron-kadin'ny afo, ka navotany tamin'izany ianareo. Tahaka izany no hanazavan'i Allah aminareo ny fanambarany; angamba hizotra amin'ny làlana mahitsy ianareo.

[52]Halal : sakafo azo hohanina ara-pinoana Islamo izay voalaza ao amin'ny sharia islamika

[53]Haramo : sakafo fady ara-pinoana

[54]Bakka: Makka: ilay trano masina fitodihan'ny mpino ny Islamo rehefa mivavaka

104- Ary aoka mba hisy aminareo vahoaka, hiantso ho amin'ny tsara sy handidy amin'ny mendrika, ary handrara amin'ny ratsy. Ary izy ireo no mahazo ny fahombiazana.

105- Ary aoka ianareo tsy hanao tahaka ireo nisaratsaraka, sy nifanipa-kevitra taorian'ny fahatongavan'ireo porofo mazava tamin'izy ireo. Ary ho azy ireo ny famaizana lehibe.

106- Amin'ny andro hampazava ireo tarehy sy hahamaizina ihany koa ireo tarehy hafa, ka ho an'ireo izay maizina ny tarehiny (dia holazaina izy ireo): "Tsy nino va ianareo taorian'ny fanananareo ny finoana? Ka andramonareo àry ny famaizana noho ianareo nitsipaka ny finoana".

107- Fa ireo izay mazava kosa ny tarehiny, dia ao anatin'ny Indrafon'i Allah, ary hitoetra ao mandrakizay izy ireo.

108- Ireny no Fanambaran'i Allah, vakianay aminao am-pahamarinana, ary tsy mila hanao ny tsy rariny eo amin'izao tontolo izao mihitsy i Allah.

109- Ary an'i Allah avokoa izay rehetra any amin'ireo lanitra sy ety an-tany. Ary any amin'i Allah no hiverenan'ny zava-drehetra.

110- Ianareo no vahoaka mendrika indrindra navoaka ho an'ny olombelona, handidy amin'ny mendrika sy handrara amin'ny ratsy ianareo, ary mino an'i Allah. Raha nino ireo olon'ny Boky, dia tsara tokoa ho azy ireo izany. Nisy tamin'izy ireo anefa no tena mpino, fa ny ankamaron'izy ireo kosa dia mpanao ratsy.

111- Tsy hahavita ratsy mihitsy aminareo izy ireo, afa-tsy ny fanelingelenana. Ary rehefa miady aminareo izy ireo dia hitodi-damosina, avy eo dia tsy hisy hanavotra izy ireo.

112- Mianjady amin'izy ireo ny fahafaham-baraka, n'aiza n'aiza misy azy ireo, raha tsy amin'ny alalan'ny famonjena avy Amin'i Allah sy fifanekena avy amin'olombelona. Nianjady tamin'izy ireo ny fahatezeran'i Allah, ary nianjady tamin'izy ireo ny fahantrana. Izany, noho izy ireo tsy nino ireo fanambaran'i Allah, ary namono tsy ara-drariny ireo Mpaminany, ary koa noho izy ireo tsy nankato, sy nandika ny didy aman-dalàna.

113- Tsy mitovy avokoa izy ireo. Misy amin'ireo olon'ny Boky, vahoaka mijoro, mamaky ny Fanambaran'i Allah mandritra ny alina, sady miankohoka izy ireo.

114- Mino An'i Allah sy ny andro farany izy ireo, mandidy amin'ny mendrika sy mandrara amin'ny ratsy, ary mifaninana amin'ny fanaovana ireo asa soa. Fa izy ireny dia anisan'ireo olona mpanao asa soa.

115- Ary izay tsara ataon'izy ireo, dia tsy misy handà azy ireo amin'izany mihitsy. Ary i Allah no tena Mahalala ireo manam-patahorana (tia vavaka).

116- Tena marina fa ireo izay tsy nino, dia tsy afaka hanao n'inona n'inona amin'izy ireo na dia kely aza, ireo harenany na ireo zanany, eo anatrehan'i Allah. Ary izy ireo dia olon'ny afo, hitoetra ao mandrakizay izy ireo

117- Tahaka izay lanin'izy ireo eto amin'ny fiainana ambonin'ny tany, dia mitovy amin'ny rivotra feno havandra, izay milatsaka eo amin'ny tanimbolin'ireo vahoaka namitaka ny tenany, ka mamotika izany. Ary tsy nanao ny tsy rariny tamin'izy ireo i Allah, fa izy ireo ihany no nanao ny tsy rariny tamin'ny tenany.

118- Ô ianareo izay nino! Aza mandray mpitana tsiambaratelo ivelanareo ianareo; tsy mitsahatra hanapotika anareo izy ireo. Mirary anareo ho ao anatin'ny fahasahiranana lalandava izy ireo; ny fankahalàna no mivoaka avy amin'ny vavan'izy ireo; ary izay afenin'ny tratran'izy ireo (fo) dia lehibe mihoatra izany. Efa nasehonay anareo ireo famantarana, raha mba misaina ianareo.

119- Ianareo, tia azy ireo, nefa izy ireo tsy mba tia anareo; ary mino ny Boky rehetra ianareo. Ary rehefa mihaona aminareo izy ireo, dia miteny hoe: "Mino izahay", fa rehefa samy irery kosa izy ireo, dia manaikitra tondro mafy izy ireo noho ny fahatezerany. Teneno hoe: "Matesa noho ny haromotanareo ianareo". Tena marina, fa Allah dia mahafantatra tanteraka izay rehetra ao am-po.

120- Raha misy fahasoavana azonareo, dia mampalahelo azy ireo izany. Raha misy loza kosa manjo anareo, dia mahafaly azy ireo. Raha manam-paharetana sy manam-patahorana ianareo, dia tsy hahazo anareo na dia kely aza ny teti-dratsin 'izy ireo. Tena marina, fa i Allah dia mahafehy tsara izay ataon 'izy ireo.

121- Ary raha niala ny fianakavianao indray maraina ianao, ka nametrapetraka ireo mpino teo amin'ny tobim-piadiana, dia maheno tokoa sy mahafantatra ny zava-drehetra i Allah.

122- Raha nanam-pikasana hilefitra ny andiany roa taminareo[55], dia Allah no Mpiahy azy roa tonta. Ka aoka hametra-pitokisana amin'i Allah ny mpino rehetra.

123- Ary nanome fandresena ho anareo i Allah, tamin'ny adin'i Badr, na dia mbola narefo aza ianareo; ka matahora an'i Allah àry ianareo, angamba hankasitraka ianareo.

124-Raha niteny tamin'ireo mpino ianao, ka nanao hoe: "Tsy ampy anareo ve ny nampidinan'ny tomponareo ireo Anjely telo arivo, nanampy anareo?"

125- Eny tokoa, raha mpino maharitra ianareo sy manam-patahorana, ka tonga hamely anareo tampoka izy ireo, dia handefa Anjely dimy arivo miavaka tsara hanatevin-daharana anareo ny Tomponareo.

126- Ary tsy nataon'i Allah izany, raha tsy vaoavao mahafaly ho anareo, sy hampitony ny fonareo. Ary tsy misy fandresena raha tsy avy amin'i Allah, Ilay Tsitoha sy Ilay be Fahendrena.

127- Mba hamotehana ny sasany amin'ireo izay tsy mino; na hanala baraka azy ireo, mba hiverina miaraka amin'ny fahadisoam-panantenana izy ireo.

128- Tsy misy hidiranao ny amin'ny resaka didy na dia kely aza, na hanaiky ny fibebahan'izy ireo Izy na hanasazy azy reo, izy ireo dia tena mpanao ny tsy rariny.

129- Ary an'i Allah ny any amin'ireo lanitra sy ny eto an-tany, mamela heloka ho an'izay sitrany Izy, ary manasazy izay sitrany koa Izy. Ary i Allah dia be Famelan-keloka sy be Indrafo.

[55] Ny andiany roa: ny andiany voalohany dia ireo taranak'i Salama avy ao amin'ny foko Khazraj, ary ireo taranak'i Harisa faharoa avy amin'ny foko Aos, foko roa lehibe nianteheran'ny mpino nyIslamo tamin'ny ady Ohod, ka saika hiverina tsy hiady izy ireo, fa noho ny fiarovan'i Allah dia tsy niverin-dalana izy ireo.

130- Ô ianareo izay nino! Aza mihinana ribà (zana-bola) izay mampitombo mihoa-pampana ny renim-bola ianareo, ary matahora an'i Allah, angamba hahazo fahombiazana ianareo.

131- Ary matahora ny afobe izay voahomana ho an'ireo tsy mpino ianareo.

132- Ary ankatoavinareo i Allah sy ny Iraka, angamba hahazo famindram-po ianareo.
133- Ary mifaninàna ianareo mankany amin'ny famelan-keloka avy amin'ny Tomponareo, ary ho any amin'ny Zaridaina (Paradisa) izay midadasika toy ireo lanitra sy ny tany, izay efa nomanina ho an'ireo manam-patahorana.

134- Ireo izay mamoaka ny harenany ao anatin'ny fahalalahana sy ankaterena, sy mahafehy ny hatezerany, ary mahalefitra amin'olombelona. Ary Allah dia tia ireo mpanao tsara.

135- Ary ireo izay, raha nahavita asa vetaveta na nanao ny tsy rariny tamin'ny tenany, dia nahatsiaro an'i Allah sady nifona noho ny fahotany; ary iza koa no mamela ireo fahotana afa-tsy Allah? Ary tsy miziriziry amin'ny ratsy nataony teo aloha izy ireo, ary mahafantatra izany izy ireo.

136- Izy ireny no mahazo valisoa, dia ny famelan-keloka avy amin'ny Tompon'izy ireo, ary koa ireo zaridaina (Paradisa) izay misy ireo renirano mikoriana ao ambaniny, ka hitoetra ao mandrakizay izy ireo. Tsara tokoa izany valisoan'ireo mpanao tsara izany!

137- Efa niseho talohanareo ny fisehoan-javatra isan-karazany, ka mandehana mivezivezy eny ambonin'ny tany ianareo, ary jereo ahoana no niafaran'ireny nilaza fa mpandainga ireo Mpaminany.

138- Ity dia fanazavana ho an'ny olombelona sy tari-dalàna, ary anatra ho an'ireo manam-patahorana.

139- Aza manaiky resy ianareo, ary aza malahelo, fa ianareo no tena ambony raha mpino tokoa ianareo.

140- Raha voan'ny ratra ianareo, dia efa voan'ny ratra mitovy amin'izany koa ireo vahoaka (fahavalo). Ary ireny andro ireny (na tsara na ratsy), izahay no mampifandimby azy eo amin'ny olombelona; ary mba hahalalan'i Allah ireo izay mino sy handraisany ireo maritiora avy aminareo. Ary Allah dia tsy tia ireo mpanao ny tsy rariny.

141-Ary mba hanadioavan'i Allah ireo izay nino, sy ny handringanany an'ireo izay tsy mpino.

142-Moa ve mihevitra hiditra ao anatin'ny Paradisa ianareo, ka tsy fantatr'i Allah akory izay niezaka tamin'ny ady sy izay nanam-paharetana taminareo?

143- Ary naniry fahafatesana tokoa ianareo, talohan'ny niatrehanareo izany. Ka tena hitanareo izany, sady ianareo mbola eo am-pijerena azy.

144-Tsy iza i Mohammad fa Iraka ihany, efa nandalo teo alohany ny Iraka maro, raha toa ka maty izy, na novonoina dia hiverina amin'ny voditongotrareo (1) ve ianareo? Ary na iza na iza miverina amin'ny voditongony, dia tsy hanao ratsy an'i Allah na dia kely aza, ary Allah dia hanome valisoa ireo mpankasitraka.

145-Ary tsy misy olona ho faty, raha tsy alalana avy Amin'i Allah, araka izay efa voasoratra tany am-piandohana. Ary izay mila valisoa eto an-tany dia omenay amin'izany izy, ary izay mila valisoa any an-koatra dia omenay amin'izany koa izy, ary omenay valisoa ireo mpankasitraka.

146-Ary firifiry tamin'ireo Mpaminany no nanana mpianatra maro, niara-niady taminy, ka tsy nilefitra izy ireo tamin'izay nanjo azy tamin'ny lalàn'i Allah. Tsy nalemy izy ireo, ary tsy nilavo lefona mihitsy, ary Allah dia tia ireo manam-paharetana.

147-Tsy nisy teny nivoaka avy tamin'izy ireo afa- tsy ny fitenenana hoe: "Tomponay ô! Avelao ny fahotanay sy ny fihoaram-pefy ataonay amin'ny fihetsika, ary hamafiso ny dianay, ary omeo fandresena izahay amin'ireo vahoaka tsy mpino."

148-Ka nomen'i Allah azy ireo ny valisoa eto an-tany sy ny valisoa mendrika indrindra any an-koatra. Ary i Allah dia tia ireo mpanao tsara.

149- Ô ianareo izay nino! Raha mankato ireo tsy mino ianareo, dia hamerina anareo amin'ny voditongotrareo[56] izy ireo. Ka dia hiverina ho matiantoka ianareo.

150-Kanefa i Allah no Mpiahy anareo, ary Izy no Mpanavotra mendrika indrindra.

151-Ho alatsakay ao am-pon'ireo izay tsy nino ny fatahorana, noho izy ireo manakambana an'i Allah amin'ireo izay tsy nampidinany porofo na dia kely aza. Ary ny afobe no fonenan'izy ireo, ary ratsy tokoa izany fonenan'ireo mpanao ny tsy rariny izany!

152- Ary efa notanterahin'i Allah ny fampanantenana nomeny anareo, rehefa nopotipotehanareo tanteraka izy ireo noho ny heriny, mandra-pileferanareo tsy hiady intsony, ka nifanolana ianareo momba ny baiko, ary tsy nankato ianareo taorian'ny nampahitany anareo izay tianareo[57]. Misy aminareo no maniry ny fiainana eto an-tany, ary misy aminareo koa no maniry ny fiainana any an-koatra. Rehefa avy eo dia nohalaviriny azy ireo ianareo, mba hitsapany anareo. Ary efa nandefitra taminareo tokoa Izy. Ary Allah dia tompom-pahasoavana ho an' ireo mpino.

153-Raha nandositra ianareo, ary samy nanavotra ny ainy, ka tsy nifampitodika mihitsy, kanefa ny Iraka (Mpaminany) dia niantso anareo avy aorianareo. Ka nosaziany ianareo amin'ny tebiteby miampy tebiteby, mba tsy halahelo ianareo amin'izay very taminareo sy amin'izay nanjo anareo. Ary i Allah dia tena mahalala izay ataonareo.

154-Avy eo dia nampidina ny fitoniana teo aminareo Izy, taorian'ny tebiteby, ny tori-maso izay nanarona tanteraka ny andiany iray taminareo[58]. Ary ny andiany iray hafa kosa dia ny tenan'izy ireo ihany no nanahirana azy ireo; sy mieritreritra momba an'i Allah izy ireo amin'ny fieritreretana tsy marina, fieritreretana tamin'ny andron'ny habadoana, ka niteny izy ireo hoe: "Moa ve mba manana anjara amin'io raharaha io izahay?". Teneno hoe: "Ny raharaha rehetra dia an'i Allah". Izy ireo dia manafina ny ao am-pony izay tsy asehony aminao. Miteny izy ireo hoe: "Raha mba nanana anjara tamin'io raharaha io izahay, dia tsy novonoina tety velively". Teneno hoe: "Na dia ao an-tranonareo aza ianareo, dia tsy maintsy mivoaka, izay efa voasoratra ho azy ny fahafatesana, mankany amin'ny toerana hahafatesany". Ary mba hitsapan'i Allah izay ao anatin'ny fonareo, sy hanadiovany ny fonareo. Ary i Allah dia mahafantatra izay tena ao am-po".

155-Tena marina, fa ireo izay niamboho (nitsoaka) taminareo tammin'ny andro niatrehan'ny andiany anankiroa ny ady, dia satana tokoa no nandrebireby azy ireo tamin'ny sasan-

---

[56]Hiverina amin'ny voditongotrareo: fomba filazana izay miverin-dàlana

[57]Nampahitanay anareo izay tianareo: ny fandresena, sy izay rehetra azo babo.

[58]Nandritra ny ady Ohod, taorianan'ny naharesy ny mpino ny Islamo izay notafihan'ny miaramilan'i Khalid bin Walid, dia azon-tory kely izy ireo ka nahazo tanjaka sy hery.

tsasany (fahadisoana) vitan'izy ireo. Efa nandeferan'i Allah tokoa izy ireo. Marina fa i Allah dia be famelan-keloka sy tsara fanahy.

156- Ô Ianareo izay nino, aza manao toy ireo tsy mino ianareo, ka niteny izy ireo momba ireo rahalahiny nandeha lavitra na am-piadiana hoe: "Raha teo aminay izy ireo, dia tsy maty na novonoina". Ka nataon'i Allah, ho fanenenana ao am'pon'izy ireo izany. Fa i Allah no Mamelona sy Mamono. Ary Allah dia tena mahita izay ataonareo rehetra.

157-Ary raha novonoina tamin'ny làlan'i Allah na maty ianareo, eny, ny famelan-keloka avy Amin'i Allah sy ny indrafony, dia tsara lavitra noho izay voahangon'izy ireo.

158- Ary raha maty na novonoina ianareo, dia tsy maintsy any amin'i Allah no hamoriana anareo.

159- Noho ny indrafo avy amin' Allah, dia nalemy fo tamin'izy ireo ianao. Ary raha ianao no henjana sy mafy fo, dia hiataka ny manodidina anao izy ireo. Ka andefero àry izy ireo, sy angataho famelan-keloka. Ary makà hevitra amin'izy ireo, momba ny raharaha izay atao ianao. Koa rehefa tapa-kevitra ianao, dia ankino amin'i Allah izany. Tena marina fa i Allah dia tia ireo mpiankina Aminy.

160- Raha manampy anareo Allah dia tsy hisy handresy anareo mihitsy, fa raha mandao anareo kosa Izy (Allah), dia iza indray no hanampy anareo aoriany? Ary aoka amin'i Allah no iankinan'ny mpino rehetra.

161- Tsy ny Mpaminany mihitsy no mibodo ny zavatra azo babo. Na iza na iza mibodo ny zavatra azo babo, dia mitondra miaraka aminy izay nobodoiny amin'ny Andro fitsanganana amin'ny maty. Avy eo dia omena tanteraka ny tsirairay ny valin'asany, ary izy ireo dia tsy ho ambakaina.

162- Moa ve izay manome fahafaham-po an'i Allah, dia mitovy amin'izay iharan'ny fahatezeran'i Allah? Ny fialofany dia ny afobe .Ary tena ratsy tokoa izany fiafarana izany!

163- Izy ireo dia samy amin'ny ambaratongan-daharany eo anatrehan'i Allah. Ary i Allah dia tena mahita izay rehetra ataon'izy ireo.

164- Efa nomen'i Allah tombontsoa ireo mpino, raha nandefa tamin'izy ireo Iraka avy amin'izy ireo, izay hamaky ireo fanambarany amin'izy ireo, sy hanadio ny fanahin'izy ireo, ary hampianatra azy ireo ny Boky sy ny fahendrena, raha tao anatin'ny fahaverezana miharihary izy ireo teo aloha.

165- Fa ahoana! Raha niharan'ny fahavoazana iray ianareo … dia efa voa tahaka izany avo roa heny ianareo fahiny, niteny ianareo hoe: "Avy aiza izao?". Teneno hoe: "Izy io dia avy amin'ny tenanareo ihany". Marina fa i Allah dia mahefa ny zavatra rehetra.

166- Ary izay nanjo anareo tamin'ny andro nifandonan'ny andian-tafika roa, dia noho ny alàlana avy amin'i Allah, ary mba hahafantarany ireo mpino.

167- Ary mba hahafantarany ireo izay mihatsaravelatsihy. Ary notenenina izy ireo hoe: "Tongava ianareo hiady amin'ny làlan'i Allah, na atoseho (ireo fahavalo)". Niteny izy ireo hoe: "Raha nahay niady izahay dia tena nanaraka anareo". Izy ireo, tamin'izany andro izany, dia ny tsy finoana no akaiky azy ireo bebe kokoa noho ny finoana. Izy ireo dia miteny amin'ny vavany izay tsy ao am-pony velively. Ary i Allah dia tena mahafantatra izay afenin'izy ireo.

168- Ireo izay niteny tamin'ireo ralahiny, sady nijanona tsy nandeha, hoe: “Raha nanaraka ny teninay izy ireo dia tsy mba maty novonoina”. Teneno hoe: “Dia arovy tsy iharan'ny fahafatesana àry ny tenanareo, raha marina ny anareo”.

169- Ary aza mieritreritra mihitsy ianao fa ireo izay novonoina, teo amin'ny lalàn'i Allah dia maty. Tsy izany! Tena velona izy ireo eo anatrehan'ny Tompony, mahazo ny anjarany izy ireo.

170- Faly izy ireo tamin'ireo tombontsoa natolotr'i Allah azy ireo, ary mampahafantatra ireo izay mbola tsy namonjy azy ireo, izay ho avy aoriany: “Tsy misy tokony hampatahotra azy ireo, ary tsy halahelo izy ireo”.

171- Faly izy ireo tamin'ny fahasoavana avy amin'i Allah sy ny tombontsoa, ary i Allah dia tsy manary mihitsy ny valin'asan'ireo mpino.

172- Ireo izay namaly ny antson'i Allah sy ilay Iraka, taorian'ny fahavoazana nanjò azy ireo, ho an'ireo izay nanao asa soa tamin'izy ireo, sy nanam-patahorana ny valisoa lehibe.

173- Ireo izay nitenenan'ny olona hoe: “Tena marina fa ny olona rehetra dia efa navory hanohitra anareo, ka matahora azy ireo ianareo”. Nampitombo ny finoan'izy ireo anefa izany, ary niteny izy ireo hoe: "Ampy anay Allah, ary Izy no mpiantoka mendrika indrindra”.

174- Niverina izy ireo mbamin'ny fahasoavana avy amin'i Allah sy ny tombontsoa. Tsy misy ratsy nanjò azy ireo, ary nanaraka izay nahafa-pò an'i Allah izy ireo. Ary i Allah dia Tompom-pahasoavana lehibe.

175- Tena marina fa ny satana no mampatahotra anareo amin'ireo sakaizany, ka aza matahotra azy ireo ianareo, fa Izaho no atahorinareo, raha tena mpino tokoa ianareo.

176- Ary aza atao mampalahelo anao, ireo izay mihazakazaka mankany amin'ny tsy finoana. Tena marina fa izy ireo dia tsy afaka hanao ratsy amin'i Allah na dia kely aza. Tian'i Allah ny tsy hahazoan'izy ireo anjara mihitsy amin'ny andro farany. Ary ho azy ireo ny famaizana lehibe indrindra.

177- Tena marina fa ireo izay nanakalo ny tsy finoana amin'ny finoana, dia tsy hahavita hanao ratsy amin'i Allah na dia kely aza. Ary ho azy ireo ny famaizana mangirifiry.

178- Ary aza mieritreritra ireo izay tsy nino, fa ny fe-potoana nomenay azy ireo dia tsara ho azy ireo. Tena marina fa nomenay fe-potoana izy ireo, mba hampitomboan'izy ireo ny fahotany. Ary ho azy ireo ny famaizana mahafa-baraka.

179- Allah dia tsy hamela ireo mpino, eo amin'ny toerana misy anareo amin'izao, mandra-panavahany ny ratsy amin'ny tsara. Ary i Allah dia tsy hampiseho aminareo izay miafina. Kanefa i Allah dia misady amin'ireo Irany izay sitrany. Minoa àry an'i Allah sy ireo Irany ianareo. Fa raha mino ianareo sy manam-patahorana, dia ho anareo ny valisoa lehibe.

180- Ary aza mieritreritra ireo izay mahihitra amin'izay nomen'i Allah azy ireo tamin'ny fahasoavany, fa tsara ho azy ireo izany. Tsia! Fa ratsy ho azy ireo izany, hofatorana amin'ny tendany[59] izy ireo amin'izay notazoniny noho ny fahihirany, aminy andron'ny

[59]Ho fatorana amin'ny tendan'izy ireo: Ny harena tsy namoahana ampahany (zakat) dia hiova biby lava, hamatotra ny tendan'ny olona, tsy namoaka zakat ary hanaikitra azy amin'ny andro fitsanganana.

fitsanganana. Ary an'i Allah ny fandovana ireo lanitra sy ny tany. Ary i Allah no tena mahafantatra izay ataonareo.

181- Efa henon'i Allah ny tenin'ireo izay niteny hoe: "Tena marina fa i Allah dia mahantra, ary izahay no manan-karena". Nosoratanay izay notenenin'izy ireo, sy ny famonoan'izy ireo, ireo Mpaminany tsy amin'ny rariny. Ary hoteneninay amin'izy ireo hoe: "Andramonareo ny famaizan'ny afobe mandoro".

182-Izany, dia noho izay nataon'ny tànanareo. Ary tena marina fa i Allah dia tsy manambaka ireo mpanompony.

183- Ireo izay niteny hoe: "Tena marina fa i Allah dia nanafatrafatra anay mba tsy hino Iraka (Mpaminany), raha tsy mitondra fanatitra ho anay izay hohanin'ny afo". Teneno hoe: "Efa nisy Iraka maro tonga teo aminareo talohako, niaraka tamin'ny porofo mazava sy tamin'ireo izay nolazainareo, ka nahoana no vonoinareo izy ireo, raha tena marina ianareo".

184- Raha nilaza anao ho mpandainga izy ireo, dia efa nolazaina ho mpandainga ireo iraka talohanao. Izy ireo dia tonga niaraka tamin'ireo porofo mazava, ireo salamo (Zabora) ary ny Boky feno fahazavana.

185- Ny manan'aina rehetra dia tsy maintsy manandrana ny fahafatesana. Omena anareo tanteraka ny valin-kasasaranareo amin'ny andro fitsanganana. Ka na iza na iza nahataka tamin'ny afobe sy nampidirina ao amin'ny Paradisa, dia tena tafita. Ary tsy inona ny fiainana eto an-tany afa-tsy fahafinaretana miserana feno fitaka.

186-Tsy maintsy hotsapaina ianareo amin'ny fanananareo sy ny tenanareo; ary tsy maintsy haheno teny ratsy maro avy amin'ireo nomena ny Boky talohanareo, sy avy amin'ireo mpanompo sampy ianareo. Ary manàna faharetana ianareo, sy manàna fatahorana… izany no fanapahan-kevitra mahomby indrindra amin'ny raharaha rehetra.

187- Ary raha nandray fanekena tamin'ireo izay nomena ny Boky Izy: "Aoka ianareo hanambara izany amin'ny olombelona rehetra, ary tsy hanafina izany velively". Kanefa nataon'izy ireo tao an-damosiny izany, sy namidiny tamin'ny vidiny ambany dia ambany. Ratsy dia ratsy izany varotra nataon'izy ireo izany!

188- Aza mieritreritra ianao, fa ireo izay faly amin'ny asa ratsy nataon'izy ireo, ary tian'izy ireo ny hoderaina amin'ny asa izay tsy nataony akory; aza mieritreritra mihitsy ianao, fa izy ireo no ho avotra amin'ny famaizana; fa ho azy ireo ny famaizana mangirifiry!

189- Ary an'i Allah ny fanjakan'ireo lanitra sy ny tany, ary i Allah dia mahefa ny zava-drehetra.

190-Tena marina fa, tamin'ny fanamboarana ireo lanitra sy ny tany, ary ny fifandimbiasan'ny alina sy ny antoandro, dia tena feno famantarana ho an'ireo matsilo saina.

191-Ireo izay mahatsiaro an'i Allah, am-pitsanganana, sy am-pipetrahana, ary am-patoriana amin'ny ilan'izy ireo, sy mandinika ny momba ny fanamboarana ireo lanitra sy ny tany ka niteny hoe: "Tomponay ô! Tsy noharianao tsy amin'ny antony izao (rehetra izao). Voninahitra anie ho anao irery! Ka arovy amin' ny famaizan'ny afobe izahay".

192- Tomponay ô! Tena marina fa, izay ampidirinao ao amin'ny afobe, dia nalainao baraka tokoa, ary tsy misy mpanavotra ireo mpanao ny tsy rariny.

193-Tomponay ô! Henonay tokoa ny mpiantso miantso ho amin'ny finoana nanao hoe: "Minoa an'ny Tomponareo ianareo". Dia nino tokoa izahay. Tomponay ô! Avelao ny helokay, fafao ny ratsy vitanay, ary ataovy ho faty miaraka amin'ireo olona mendrika izahay.

194-Tomponay ô! Omeo anay izay nampanantenanao anay, tamin'ny alalan'ireo irakao. Ary aza alaina baraka izahay amin'ny andro fitsanganana. Tena marina fa tsy mivadika amin'ny fampanantenana Ianao.

195-Ka namaly ny hatak'izy ireo ny Tompony, ary nanao hoe: "Tena marina fa tsy hanary ny asa nataon'ny tsirairay taminareo Aho, na lahy, na vavy, avy amin'ny andaniny sy avy amin'ny ankilany aminareo. Ka ireo izay nifindra-monina sy noroahina tamin'ny toeram-ponenany, sy nampijaliana tamin'ny Iàlako, ary ireo niady sy novonoina. Tena ho fafàko amin'izy ireo ny asa ratsy vitany, ary hampidiriko tokoa ao amin'ireo zaridaina (Paradisa) izy ireo, izay misy ireo renirano mikoriana ao ambaniny, valisoa avy amin'i Allah, ary Allah no manana ny mendrika indrindra amin'ny valisoa.

196-Aoka tsy hamitaka anao ny fihetsik'ireo izay tsy nino ao amin'ny tanàna.

197-Fahafinaretana kely fotsiny! Avy eo any amin'ny afobe no fialofan'izy ireo. Ary ratsy dia ratsy tokoa izany fandriana izany!

198-Kanefa ireo izay matahotra ny Tompony kosa, dia ho azy ireo ny zaridaina (Paradisa) maro, izay misy renirano maro mikoriana ao ambaniny. Hitoetra ao mandrakizay izy ireo, toeram-pitobiana avy amin'i Allah. Ary izay misy any amin'i Allah dia mendrika ho an'ireo mpanao asa soa.

199-Ary tena misy amin'ireo olon'ny Boky mino tokoa an'i Allah sy izay nampidinina taminareo, ary izay nampidininy tamin'izy ireo. Feno fanetrentena amin'i Allah izy ireo, ary tsy nivarotra mihitsy ireo fanambaran'i Allah amin'ny vidiny ambany dia ambany izy ireo. Ho azy ireo ny valisoa avy amin'ny Tompony.Tena marina fa i Allah dia haingam-panisa.

200- Ô ianareo izay nino! Miareta ianareo sy mahereza, ary hamafiso ny fiambenanareo (vahoaka), ary matahora an'i Allah ianareo, fa hahazo fahombiazana tokoa ianareo.

TOKO FAHA-4
SORATRA AN-NISA
(NY VEHIVAVY)
ANDININY 176
NIDINA TAO MADINAH

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be Fiantrana, Ilay be Indrafo.

1- Ô ry olombelona! Matahora an'ny Tomponareo, izay nahary anareo avy tamin'ny vatana iray, sy nahary avy aminy ny vadiny[60], ary nampiely avy tamin'izy roa, lehilahy maro sy vehivavy. Ary matahora an'i Allah izay amin'ny anarany no hifangatahanareo; ary matahora amin'ny fanapahana ny rohim-pihavanana ianareo. Tena marina fa Allah dia manara-maso anareo tokoa.

2- Ary omeo ireo kamboty ny fananan'izy ireo, ary aza ampifanakalozinareo ny ratsy ny tsara, ary aza mihinana ny fananan'izy ireo ianareo miaraka amin'ny fanananareo. Fa fahotana lehibe tokoa izany.

3- Ary raha matahotra ianareo fa tsy hahavita hanao ny rariny amin'ireo kamboty, dia manambadia an'izay mahafinaritra anareo amin'ireo vehivavy ianareo; roa, telo, na efatra. Ka raha matahotra ianareo, fa tsy hahavita hampifandanja azy ireo, dia iray ihany, na ireo andevo vavy eo am-pelatànanareo. Izany dia mba tsy hanaovanareo ny tsy ara-drariny, (na mba tsy hanavesatra anareo eo amin'ny andraiki-pianakaviana).

4- Ary omeo ny vehivavyam-pitiavana ny Mahr[61] ho azy ireo. Fa raha mahafoy an-tsitrapò ny ampahany amin'izany ho anareo izy ireo, dia aoka ianareo hihinana izany amim-piadanana sy amin'ny fo madio.

5- Ary aza omena ireo tsy ampy saina[62] ireo fanananareo, izay nataon'i Allah ho fivelomanareo. Ary omeo ampahany amin'izanyho anjara sakafonyizy ireo, sy ampitafianareo, ary mitenena amin'izy ireo amim-pahamendrehana ianareo.

6- Ary tsapaonareo ireo kamboty mandra-pahazoan'izy ireo taonam-panambadiana; ka raha tsikaritrareo amin'izy ireo ny fahamatoran-tsaina, dia atolory azy ireo ny fananan'izy ireo. Ary aza hohaninareo amin'ny fandanidaniam-poana sy fandrobanaizany, alohan'ny hahalehibe azy ireo.Ary izay manan-katao, aoka izy tsy handray amin'izany. Fa izay mahantra kosa, dia aoka izy hihinana araka izay tokony ho izy.Koa raha hamerina amin'izy ireo ny fananany inareo dia makà vavolombelona eo anatrehany. Ary ampy ho Mpitsara i Allah.

7- Ireo lehilahy dia manana anjara amin'izay navelan'ny Ray aman-dreny sy ny havany akaiky, ary ireo vehivavy koa dia manana anjara amin'izay navelan'ny Ray aman-dreny sy ny havany akaiky. Na be na kely izany; anjara voafaritra araka ny lalàna.

60 Namboatra avy aminy ny vadiny; avy tamin'i Adam no namboarana an'i Eva.
61 Mahr: vody ondry: zavatra omena ny vehivavy amin'ny fomba fanambadiana araka ny Islamo.
62 Tsy ampy saina: ankizy, olon-dehibe lahy na vavy tsy mahay mitantana fananana

8- Ary raha manatrika ny fizarana ireo havana akaiky, ireo kamboty sy ireo mahantra, dia omeo anjara amin'izany izy ireo, ary mitenena amin'izy ireo amim-pahamendrehana ianareo.

9- Aoka mba hanana fatahorana izy ireo, raha namela taranaka malemy[63] aty aoriana, ka hatahotra izy ireo momba ny hoaviny.Ary aoka izy ireo hatahotra an'i Allah,ary hiteny teny marina.

10- Tena marina, fa ireo izay mihinana ny fananan'ireo kamboty amin'ny tsy rariny, dia tena mihinana afo ao an-kibony. Hirehitra ao amin'ny afobe izy ireo.

11- Mandidy anareo i Allah momba an'ireo zanakareo: ny lahy dia mahazo anjara mitovy amin'ny anjara azon'ny vavy roa. Raha vehivavy daholo izy ireo, ka mihoatra ny roa, dia ho azy ireo ny roa ampahatelon'izay navelan'ny maty. Ary raha vavy tokana kosa izy, dia ho azy ny antsasany. Ary ho an'ny Ray aman-drenin'ilay maty, samy mahazo ny ampahaenina avy izy roa, amin'ny lova izay navelany raha manan-janaka iray izy (ilay maty). Raha tsy manan-janaka kosa izy, ka ny Ray aman-dreniny no mandova azy, dia ho an'ny reniny ny ampahatelony. Ary raha toa ka manan-drahalahy maro kosa izy,diaho an'ny reniny nyampahaenina,aorian'ny fanatanterahany ny didim-pananana na ny fanefana ny trosany.Na ireo Rayaman-dreninareo,na ireo zanakareo, dia tsy fantatrareo iza amin'izy ireo no tena ahazoanareo tombontsoa.Izany dia didy hentitra avy amin'i Allah. Tena marina, fa i Allah dia Mahalala ny zava-drehetra,ary be Fahendrena.

12- Ary ho anareo ny antsasany amin'ny lova navelan'ireo vadinareo vavy, raha tsy manan-janaka izy ireo. Fa raha manan-janaka kosa izy ireo, dia ho anareo ny ampahaefany amin'ny lova navelany, aorian'ny fanatanterahan'izy ireo ny didim-pananana na ny fanefana ny trosany. Ary ho an'ireo vadinareo vavy,ny ampahaefany amin'ny lova navelanareo, raha tsy manan-janaka ianareo. Fa raha mana-janaka ianareo, dia ny ampahavalony amin'ny lova navelanareo no ho azy, aorian'ny fanatanterahana ny didim-pananana na ny fandoavana ny trosany.Ary ireo lehilahy na vehivavy tsy manana mpandova mivantana, kanefa manan-drahalahy na anabavy, mahazo ny ampahaenina ny tsirairay amin'izy roa. Faraha maro mihoatra izany izy ireo, dia mitambatra ao anatin'ny ampahatelony izy ireo, aorian'ny fanatanterahana ny didim-pananana navelany na fandoavana ny trosany,tsy misy famelezana na amin'iza na amin'iza.Izany dia didy hentitra avy amin'i Allah. Ary i Allah dia mahalala ny zava-drehetra,ary tena tsara fanahy.

13- Izany ary no didin'i Allah. Ary izaymankato an'i Allah sy ny Irany, dia ampidiriny ao amin'ny Paradisa, izay misy ireo renirano mikoriana ao ambaniny. Hitoetra ao mandrakizay izy ireo. Ary izany no fahombiazana lehibe!

14- Ary izay tsy nankatò an'i Allah sy ny Irany kosa, ary nandika ny didiny, dia ampidiriny ao anatin'ny afobe, ka hitoetra ao mandrakizay. Ary ho azy ny famaizana manala-baraka.

15- Ho an'ireovehivavinareo izay manao asa vetaveta (nijanganjanga), dia manangàna vavolombelona efatra aminareo eo anatrehany. Koa raha nitsangana vavolombelona izy

[63] Taranaka malemy: ankizy mbola kely. Ity andian-teny masina ity dia mandidy ny mpiahy ny kamboty mba ho marina sy handray azy ireo toy ny zanany naterany.

ireo, dia tazoninareo ao an-trano izy ireo, mandra-pahatongan'ny fahafatesany, na koa i Allah hamoaka lalàna hafa ho azy ireo.

16- Ary ny olona roa izay nahavita izany asa vetaveta izany taminareo, dia ampijalionareo. Raha mibebaka izy roa ka manova ny toetrany, dia avelao hiaina amim-piadanana. Tena marina fa i Allah dia Mpandray ny fibebahana sy be Indrafo.

17- Tena marina fa ny fibebahana amin'i Allah, dia ho an'ireo manao asa ratsy noho ny habadoana, avy eo izy ireo mibebaka haingana. Izy ireny dia eken'i Allah ny fibebahany. Tena marina fa i Allah dia Mahalala sy be Fahendrena.

18- Fa tsy misy fibebahana akory ho an'ireo izay manao ireo asa ratsy mandra-pahatongan'ny fahafatesana eo amin'iray amin'izy ireo, ka hiteny manao hoe: "Tena mibebakaaho izao", ary koa tsy ho an'ireo izay maty nefa tsy nino. Izy ireny dia efa nomaninay ho azy ny famaizana mangirifiry.

19- Ô ianareo izay nino! Tsy azonareo atao ny mandova ireo vehivavy tsy an-tsitrapony, ary aza sakananareo tsy hanambady hafa izy ireo, mba hahazoanareo ny ampahany amin'izay efa nomenareo azy ireo, raha tsy hoe nanao asa vetaveta voaporofoizy ireo. Ary miaraha miaina amin'izy ireo am-pahamendrehana ianareo. Fa raha mankahala azy ireo ianareo, dia sao hankahala zavatra ianareo, nefa iAllah hanatobaka fahasoavana maro aminy.

20- Raha tianareo ny hanolo vady hafa eo amin'ny toeran'ny vady, ary efa nomenareo amin'iray amin'izy ireo ny kintar[64], dia aoka ianareo tsy handray amin'izany na dia kely aza. Moa ve haka an'izany tsy amin'ny rariny ianareo, sy amim-pahotana mibaribary?

21- Ary ahoana ianareo no haka izany, kanefa ianareo efa niaiky nanao firaisana ny andaniny sy ankilany, ary efa nandray fanekena matotra avy taminareo izy ireo.

22- Aryianareo aza manambady izay efa novadian'ny rainareo, amin'ireo vehivavy, afa-tsy izay efa vita tany aloha. Marinafa izany dia tena asa vetaveta sy maharikoriko, ary fitondrantena ratsy tokoa izany!

23- Nofadiana ho anareo ireo reninareo, ireo zanakareo vavy, ireo anabavinareo, ireo anabavin-drainareo, ireo rahavavin-dreninareo, ireo zanakavavin'ny rahalahinareo, ireo zanakavavin'ny anabavinareo, ireo reninareo izay nampinono anareo, ireo anabavinareo ara-pinonoana, ireo renin'ireo vehivavy vadinareo, ireo vehivavy zana-badinareo izay ao an-tranonareo, avy amin'ireo vehivavy izay efa niraisanareo ara-nofo, fa raha mbola tsy niraisanareo ara-nofo kosa izy ireo dia tsy anananareo tsiny, sy ireo vadin'ireo zanakareo (vinantovavinareo) izay avy amin'ny taolan-tehezanareo, ary ny fanakambananareo ho vady ny mpirahavavy anankiroa[65] afa-tsy izay efa vita tany aloha. Tena marina fa i Allah dia tena be famelan-keloka sy be Indrafo.

[64]kintar: arivo singan'ny volamena
[65] Fanakambanana ho vady ny mpirahavavy anankiroa: mpirahavavy iray tampo na ara-pinonoana.

24- Ary (nofadiana ho anareo koa) ireo efa manambady tamin'ireo vehivavy afa-tsy ireo andevo fanananareo. Izany no voadidin'i Allah aminareo! Ankoatra izany, dia nomena alàlana kosa ianareo mba hitadiavanareo azy ireo, amin'ny alalan'ny fanananareo, mba ho vady ara-dalàna ianareo fa tsy ho mpijangajanga. Ka izay nahazoanareo fahafinaretana tamin'izy ireo dia omeo azy ireo ny Mahr (vodiondriny). Izany dia voadidy aminareo. Ary tsy omena tsiny ianareo ny amin'izay hifanarahanareo aorian'ny mahr izay voadidy. Tena marina fa i Allah dia Mahalala ny zava-drehetra sy be Fahendrena.

25- Ary izay tsy manan-katao aminareo mba hanambady ireo mpino vavy afaka, dia makà amin'ireo andevo vavy mpino eo am-pelatananareo. Ary i Allah no tena mahafantatra ny momba ny finoanareo, satria ny sasany aminareo dia avy amin'ny sasany. Ka manambadia azy ireo ianareo araka ny fanomezan-dàlana avy amin'ny fianakaviany, ary atolory azy ireo am-pahamendrehana ny Mahr (vodiondry), mba ho vady ara-dalàna fa tsy ho mpijangajanga, na koa ho sakaiza fotsiny (tokantranomaso). Koa raha efa vady raikitra izy ireo (ireo vehivavy), ka nanao asa vetaveta, dia mihatra aminy ny antsasaky ny sazy izay mihatra amin'ireo vehivavy afaka. Izany dia ho an'izay matahotra ny fitondrantena vetaveta aminareo; fa ny tsara indrindra aminareo kosa dia ny maharitra. Ary i Allah dia Mpamela heloka sy be Indrafo.

26- Tian'i Allah ny hanazava sy hitari-dàlana anareo amin'ny làlan'ireo izay talohanareo, sy mba handraisany ny fibebahanareo. Ary i Allah dia Mahalala ny zava-drehetra sy be Fahendrena.

27- Ary i Allah dia mila handray ny fibebahanareo. Fa ireo izay manaraka ny hetahetam-pony kosa, dia mila anareo hirona tanteraka any amin'izany.

28- Allah dia mila hanamaivana anareo, satria ny olombelona dia nohariana ho manam-pahalemena.

29- Ô ianareo izay nino! Aza mihinana ny harenanareo samy anareo amin'ny tsy rariny ianareo, raha tsy misy fifampiraharahana ara-barotra iarahanareo mifanaiky. Ary aza mamono tena ianareo. Tena marina fa i Allah dia be Indrafo aminareo.

30- Ary n'iza n'iza manao izany, amim-pihoaram-pefy sy amin'ny tsy rariny, dia hatsipinay ao anatin'ny afobe izy. Ary izany dia mora amin'i Allah.

31- Raha manalavitra ireo fahotana lehibe izay norarana taminareo ianareo, dia ho fafanay ireo asa ratsy vitanareo, ary hampidirinay ao amin'ny toera-manan-kaja (Paradisa) ianareo.

32- Ary aza mitsiriritra ianareo amin'izay nomen' Allah tombony aminareo; ho an'ny lehilahy ny anjara amin'izay vokatry ny asany, ary ho an'ny vehivavy koa ny anjara amin'izay vokatry ny asany. Ary mangataha amin' Allah ny amin'ny fahasoavany ianareo. Tena marina fa Allah dia tena Mahalala ny zava-drehetra.

33- Ary ny tsirairay dia nataonay manana mpandova amin'izay navelan'ny Ray aman-dreny sy ireo havana akaiky. Ary izay nanaovanareo fanekena, dia omeo azy ireo ny anjarany. Tena marina fa i Allah dia vavolombelona amin'ny zava-drehetra.

34- Ireo lehilahy dia manam-pahefana eo amin'ireo vadiny, noho ny tombony izay nomen'i Allah ny sasany amin'izy ireo eo antrehan'ny sasany, sy noho ny fandaniana izay ataon'izy ireo amin'ny harenany. Ireo vehivavy mendrika dia mankatò (an'i Allah) sy ny vadiny, ary miaro mandritra ny fotoana tsy maha eo ny vadin'izy ireo, ny voninahiny sy ny harenany. Ary ireo izay atahoranareo tsy hankatò kosa, dia anaro izy ireo sy iataho amin'ny fandriana, ary kapohy. Fa raha mankatò anareo kosa izy ireo, dia aoka ianareo tsy hitady làlana hanoherana azy ireo (tsy itadiavana ady intsony). Tena marina fa i Allah dia Avo indrindra sy Lehibe.

35- Ary raha matahotra ny tsy fifanarahana eo amin'izy roa mivady ianareo, dia mandefasa mpitsara iray avy amin'ny fianakavian'ny lahy, sy mpitsara iray koa avy amin'ny fianakavian'ny vavy ianareo. Raha mila fifandaminana izy roa dia harenin'i Allah ny momba azy roa. Tena marina fa i Allah dia Mahalala sy Mahafantatra ny zava-drehetra.

36- Ary tompoinareo i Allah, ary aza atambatrareo amin'ny zavatra hafa Izy. Ary manaova ny tsara amin'ireo Ray aman-dreninareo, ireo havana akaiky, ireo kamboty, ireo mahantra, ny havana mpifanolo-bodirindrina, ny mpifanolo-bodirindrina tsy havana (na ny havana lavitra), ny namana akaiky, ny mpandeha lavitra (lany vatsy), ary ireo andevo eo ampelatananareo. Tena marina fa i Allah dia tsy tia ny mpanambony tena sy ny mpirehareha.

37- Ireo izay mahihitra, sy maniraka ny olona ho kahihitra, ary manafina ireo izay nomen'i Allah azy amin'ny fahasoavany. Ary nomaninay ho an'ireo tsy mpino ny famaizana manala-baraka.

38- Ary ireo izay mamoaka ny harenany mba ho hitan'olona, ary tsy mino an'i Allah sy ny andro farany. Ary na iza na iza maka ny satana ho namana raikitra, tena namana ratsy tokoa izany!

39- Ary inona moa no manjò azy ireo, raha mba nino an'i Allah sy ny andro farany izy ireo, ary namoaka (ho an'i Allah) amin'izay anjara nomeny azy ireo. Ary tena marina fa i Allah dia Mahalala tsara izay ataon'izy ireo.

40- Tena marina fa i Allah dia tsy manambaka na dia mitovy amin'ny lanjan'ny atôma aza. Ary na dia asa tsara iray monja aza dia ampitomboiny avo heny izany, ary omeny valisoa lehibe avy Aminy izany.

41- Ka manao ahoana raha itondranay vavolombelona avy amin'ny vahoaka tsirairay, Ary ianao no ataonay vavolombelona miatrika azy ireo (manohitra azy ireo)?

42- Amin'izany andro izany, dia maniry ireo izay tsy nino sy tsy nankatò ny Iraka mba handrakotra azy ireo ny tany, ary tsy afaka hanafina intsony ny resaka amin'i Allah izy ireo.

43- Ô ianareo izay nino! Aza manatona ny Soalat (vavaka) ianareo raha mbola mamo, mandra-pahalalànareo izay teneninareo, ary raha mbola ao anatin'ny fahalotoana lehibe (Janaba[66]), afa-tsy eny am-pandehanana, mandra-panaovanareo ny fidiovana lehibe[67]. Ary raha marary ianareo, na eny am-pandehanana lavitra, na avy nivoaka ny iray taminareo (avy nandefa maloto), na avy nikasika vehivavy (nanao firaisana ara-nofo) ianareo ka tsy mahita rano, dia midiova amin'ny tany madio, ka safoinareo amin'izany ny tavanareo sy ireo tananareo. Tena marina fa i Allah dia be Fandeferana sy be Famelan-keloka.

44- Tsy hitanao ve ireo izay nomena anjara tamin'ny Boky, mividy ny fahaverezana sy mila anareo ho very làlana izy ireo?

45- Ary i Allah no tena mahalala ireo fahavalonareo. Ary ampy ho Mpiahy i Allah. Ampy ho Mpanavotra i Allah.

46- Misy amin'ireo Jiosy izay manova ny teny hiala amin'ny heviny, ka miteny hoe: "Henonay izany nefa tsy ankatoavinay", "Henoy na dia tsy mihaino anao aza", "Omeo lanja izahay (Ràina)"; miteny ratsy ny lelan'izy ireo sady manenjika ny finoana. Ary raha mba miteny izy ireo hoe: "Henonay sy ankatoavinay", "Henoy sy jereo izahay (Onzornà)", dia tsara ho azy ireo izany sy tena mahitsy kokoa. Kanefa moa dia nozonin'i Allah izy ireo noho ny tsy finoany; ka tsy mino afa-tsy ny vitsy kely amin'izy ireo.

47- Ô ianareo izay nomena ny Boky!  Minoa ianareo an'izay efa nampidininay taminareo, izay manamarina ny eo am-pelatananareo, alohan'izahay hamafa ireo tarehy sy hanodinanay an'izany, ny aloha mankany afara (aoriana); na hanozonanay azy ireo tahaka ny nanozonanay ireo olon'ny Sabata. Ary ny didin'i Allah dia tsy maintsy tanteraka.

48- Tena marina fa i Allah dia tsy mamela heloka raha hakambana amin'ny zavatra hafa Izy. Fa mamela heloka kosa Izy amin'izay ankoatra izany, ho an'izay sitrany. Na iza na iza manakambana an'i Allah amin'ny zavatra hafa, dia efa nahavita fahotana lehibe.

49- Tsy hitanao ve ireo izay manadio ny tenany? Kanefa i Allah no manadio izay sitrany; ary tsy ho hambakaina izy ireo na dia kely tahaka ny voan'antrendry (datte) aza.

50- Mba jereo, ahoana ny fomba entin'izy ireo mamorona lainga momba an'i Allah? Ary ampy ho fahotana miharihary izany.

51- Tsy hitanao ve ireo izay nomena anjara tamin'ny ampahan'ny Boky, mino ny majika sy ny taghout (izay rehetra tompoina ankoatra an'i Allah), ary miteny an'ireo tsy nino hoe: "Izy ireny no voatari-dàlana kokoa noho ireo izay nino"?

52- Izy ireny no nozonin'i Allah; ary n'iza n'iza ozonin'i Allah, dia tsy hahita mpamonjy ho azy mihitsy ianao.

---

66 Janaba: loto vokatry ny firaisana ara-nofo na fivoahan'ny ranonaina.

67 Fidiovana lehibe: fidiovana vatana manontolo

53- Moa ve manana anjara amin'ny ampaham-pahefan'ny fanjakana izy ireo? Raha izany dia tsy hizara na inona na inona amin'olona izy ireo, na dia kely tahaka ny singan'ny voan'antrendry (datte) iray aza!

54- Moa ve izy ireo dia hialona ny olona amin'ny fahasoavana izay nomen'i Allah azy ireo? Efa nomenay an'ny fianakavian'i Ibrahimo ny Boky sy ny fahendrena; ary efa nomenay azy ireo koa ny fanjakana lehibe.

55- Nisy tamin'izy ireo izay nino azy, ary nisy tamin'izy ireo ihany koa izay nihataka taminy. Tena ampy ho azy ireo ny Jahannam (afobe) ho lelan'afo fandoro.

56- Tena marina fa ireo izay tsy nino ny fanambaranay dia hatsipinay mankany amin'ny afobe izy ireo. Isaka ny masaka ny hoditr'izy ireo, dia soloinay hoditra hafa izany, mba hanandraman'izy ireo ny famaizana. Tena marina fa i Allah dia Tsitoha sy be Fahendrena.

57- Ary ireo izay nino sy nanao asa soa, dia hampidirinay izy ireo ao anatin'ny ireo zaridaina izay misy renirano maro mikoriana ao ambaniny, ka hitoetra ao mandrakizay izy ireo.

58- Tena marina fa i Allah dia mandidy anareo, mba hamerina ireo zavatra napetraka taminareo amin'ny tompony; ary rehefa mitsara eo amin'ny samy olombelona ianareo, dia aoka hitsara ara-drariny. Tena marina fa i Allah dia mananatra anareo hatrany amin'ny tena tsara. Ary marina tokoa fa i Allah dia Maheno sy Mahita ny zava-drehetra.

59- Ô ianareo izay nino! Ankatoavinareo Allah, ary ankatoavinareo koa ny Iraka sy ireo mpitondra eo aminareo, koa raha misy zavatra hifandroritanareo (hifanolananareo), dia aoka hamerina izany any amin'i Allah sy ny Iraka ianareo, raha mino an'i Allah sy ny andro farany ianareo. Izany no tsara indrindra sy fanazavana mendrika indrindra.

60- Tsy hitanao ve ireo izay mihambo tena, fa izy ireo dia mino izay nampidinina taminao sy mino izay nampidinina talohanao? Mila handray ho mpitsara ny taghout (izay rehetra tompoina ankoatra an'i Allah) izy ireo. Nefa efa nodidiana izy ireo mba tsy hino azy (taghout). Ary ny satana mila hanary azy ireo any amin'ny fahaverezana lavitra dia lavitra.

61- Ary rehefa tenenina izy ireo hoe: "Tongava aty amin'izay nampidinin'i Allah sy aty amin'ny Iraka ianareo! Dia ho hitanao ireo mpihatsaravelatsihy hihataka anao.

62- Ka ahoana raha misy fahoriana manjo azy ireo noho izay nataon'ny tanan'izy ireo, avy eo ho tonga aminao izy ireo, hianiana amin'i Allah hoe: "Tsy mitady afa-tsy ny tsara sy ny hifanarahana izahay".

63- Izy ireny no efa fantatr'i Allah ny ao am-pony. Ka mihataha azy ireo, sy anaro izy ireo ary teneno izy ireo amin'ny teny mafonja.

64- Ary tsy nandefa Iraka izahay, raha tsy ho ankatoavina, amin'ny fahazoan-dàlana avy amin'i Allah. Ary izy ireo, rehefa avy nanao ny tsy rariny tamin'ny tenany, ka tonga

aminao mangataka famelan-keloka amin'i Allah, ary ny Iraka dia mangataka ho azy ireo ny famelan-keloka, dia ho hitan'izy ireo fa i Allah dia tena mpandray ny fibebahana sy be Indrafo.

65- Tsia! Mianiana amin'ny Tomponao! Fa tsy hino izy ireo mandra-pahatongan'izy ireo handray anao ho mpitsara amin'ny disadisa mitranga eo amin'izy ireo, avy eo, tsy mahita fanelingelenana ny tenan'izy ireo, amin'izay nitsaranao azy, ary manetry tena tanteraka izy ireo.

66- Ary raha nandidy tamin'izy ireo izahay hoe: "Vonoinareo ny tenanareo!" na "Mialà amin'ny tranonareo ianareo", dia tsy ho notanterahin'izy ireo izany, afa-tsy vitsy tamin'izy ireo. Ary raha mba nanatanteraka izay nananarana azy ireo izy ireo, dia ho tena tsara tamin'izy ireo izany, ary ho nanamafy orina azy ireo.

67- Ka noho izany, mba ho tena nomenay valisoa goavana avy taminay izy ireo.

68- Ary tena notarihinay tamin'ny làlana mahitsy izy ireo.

69- Ary na aiza na aiza mankatò an'i Allah sy ny Iraka… dia izy ireny no hiaraka amin'ireo izay nomen'i Allah fahasoavana: ireo Mpaminany, ireo olona tena marina, ireo maritiora ary ireo mpanao asa soa. Ary namana tsara tokoa izy ireny!

70- Izany no fahasoavana avy amin'i Allah. Ary ampy ho Mpahalala ny zava-drehetra i Allah.

71- Ô ianareo izay mino! Mahaiza mitandrina ianareo (amin'ny fiatrehana ny fahavalo); ka mivoaha tsikelikely, na mitambabe.

72- Eny, tena misy aminareo izay mitaraidraika (amin'ny fandehanana amin'ny ady). Ka raha misy voina manjò anareo, dia miteny izy hoe: "Tena nomen'i Allah fahasoavana aho, noho izaho tsy anisan'ny niaraka tamin'izy ireo".

73- Ary raha mahazo fahasoavana avy amin'i Allah kosa ianareo dia hiteny tokoa izy, toy ny tsy misy mihitsy ny fifankatiavana teo aminareo sy izy, manao hoe: "Indrisy! Raha mba niaraka tamin'izy ireo aho dia mba nahazo fahombiazana lehibe!"

74- Ka aoka hiady amin'ny làlan'i Allah ireo izay mivarotra ny fiainana eto an-tany amin'ny fiainana any an-koatra. Ary izay miady amin'ny lalan'i Allah, ka maty novonoina na nandresy, dia omenay valisoa lehibe izy.

75- Fa inona no mahazo anareo no tsy miady amin'ny làlan'i Allah, nefa misy ireo malemy amin'ireo lehilahy sy ireo vehivavy, ary ireo ankizy izay miteny hoe: "Tomponay ô! Avoahy hiala amin'ity tanàna ity izahay, izay mpanao ny tsy rariny ny mponiny, ary omeo mpiahy avy aminao izahay, ary koa omeo mpanavotra avy aminao.

76- Ireo izay nino dia miady amin'ny làlan'i Allah, fa ireo izay tsy nino kosa dia miady amin'ny làlan'ny Taghout (izay rehetra tompoina ankoatra an'i Allah), ka aoka ianareo hiady amin'ireo sakaizan'ny satana. Tena marina fa ny teti-dratsin'ny satana dia malemy tokoa.

77- Tsy hitanao ve ireo izay notenenina hoe: “Atsaharonareo ny ady, tanterahinareo ny Soalat (vavaka) ary avoahinareo ny Zakat (famoahana ampahan-karena)! Koa rehefa voadidy tamin’izy ireo ny ady, dia indro ny andiany tamin’izy ireo fa natahotra ny olombelona tahaka ny fatahorany an’i Allah, na fatahorana mihoatra an’izany. Ary niteny izy ireo hoe: “Tomponay ô! Nahoana no nodidianao taminay ny ady? Raha mba hahemotrao kely amin’ny fotoana manaraka!”. Teneno hoe: “Ny fahafinaretana eto an-tany dia kely (tsy maharitra), fa ny fiainana any an-koatra kosa dia tsara ho an’izay manam-patahorana; ary tsy ho ambakaina ianareo na dia kely mitovy amin’ny singan’ny antrendry aza!”

78- N’aiza n’aiza no misy anareo, dia manaraka anareo ny fahafatesana, na dia ao anaty trano mijoalajoala matanjaka aza ianareo. Ary rehefa mahazo zava-tsara izy ireo, dia miteny hoe: “Itony dia avy amin’i Allah”. Fa rehefa misy voina manjò azy ireo kosa, dia miteny izy ireo hoe: “Itony dia avy aminao!”. Teneno hoe: “Ny zava-drehetra dia avy amin’i Allah avokoa”. Fa inona no mahazo ireo vahoaka ireo; mila tsy hahazo resaka na dia kely aza?”

79- Izay tsara mahazo anao dia avy amin’i Allah; fa izay ratsy mahavoa anao kosa dia avy amin’ny tenanao ihany. Ary nalefanay ho Iraka ho an’ny olombelona ianao. Ary ampy ho vavolombelona i Allah.

80- N’iza n’iza mankatò ny Iraka dia efa mankatò an’i Allah. Ary n’iza n’iza mtodi-damosina, dia tsy nalefanay ho mpiaro azy ireo ianao.

81- Ary miteny izy ireo hoe: “Fankatoavana”. Fa rahefa miala eo aminao, ny ampahany amin’izy ireo dia manao tetika hafa ankoatra izay noteneninao. Ary i Allah dia manoratra izay ataon’izy ireo amin’ny alina. Ka iataho izy ireo, ary ankino amin’i Allah ny fitokisanao, ary ampy ho mpiaro i Allah.

82- Tsy mba mandinika ny Kor’any ve izy ireo? Koa raha avy amin’ny hafa ankoatra an’i Allah izany, dia tsy maintsy nahita fifanoheran-teny maro ao anatiny izy ireo.

83- Ary raha misy vaovao mampilamin-tsaina na mampatahotra tonga amin’izy ireo, dia efa aelin’izy ireo avy hatrany izany. Nefa raha nentin’izy ireo tamin’ilay Iraka izany sy tamin’ny manam-pahefana eo amin’izy ireo, dia ho nahafantatra izany ireo izay afaka manadihady amin’izy ireo. Ary raha tsy noho ny fahasoavan’i Allah eo aminareo sy ny indrafony, dia ho nanaraka ny satana avokoa ianareo, afa tsy ny vitsy an’isa.

84- Ka aoka hiady amin’ny lalan’i Allah ianao, aza manome andraikitra afa-tsy ny tenanao ihany. Ary amporisiho ireo mpino, angamba i Allah hampitsahatra ny herisetran’ireo izay tsy nino. Allah no tena mahery sy tena mafy famaizana.

85- Na iza na iza manao fanelanelanana tsara, dia hanana anjara amin’izany izy. Ary na iza na iza manao fanelanelanana ratsy kosa, dia tompon’antoka amin’izany izy. Ary i Allah dia manam-pahefana amin’ny zava-drehetra.

86- Ary rehefa arahabaina amin’ny fiarahabana ianareo, dia miarahabà tsaratsaran’izany ianareo; na koa valio mitovy aminy. Tena marina fa i Allah no mpanisa ny zava-drehetra.

87- Allah! Tsy misy Zanahary afa-tsy Izy! Havoriny tokoa ianareo amin'ny andro fitsanganana. Tsy misy fisalasalana ny amin'izany. Ary iza no marin-teny kokoa mihoatra an'i Allah?

88- Fa inona no nahazo anareo, ka nizara ho andiany roa, momba ireo mpihatsaravelatsihy? Kanefa i Allah dia namerina azy ireo amin'ny tsy finoana noho izay nataon'izy ireo ihany. Mila hitari-dàlana izay efa noverezin'i Allah ve ianareo? Ary izay verezin'i Allah dia tsy ahitanao làlana intsony.

89- Maniry izy ireo mba tsy hino ianareo, tahaka izy ireo tsy nino, dia ho lasa mitovy ianareo; ka aoka ianareo tsy handray sakaiza avy amin'izy ireo, mandra-pifindram-ponenan'izy ireo amin'ny làlan'i Allah. Koa raha mitodi-damosina amin'izany izy ireo dia raisonareo sy vonoinareo izy ireo, n'aiza n'aiza ahitanareo azy ireo. Ary aoka ianareo tsy handray sakaiza na mpanavotra avy amin'izy ireo.

90- Afa-tsy ireo izay manatona ny vahoaka izay nanaovanareo fifanarahana (fifanakena), na ireo tonga aminareo (nanatona anareo), noho ny fon'izy ireo tsy mankasitraka ny hiady aminareo, na koa hiady amin'ny foko niaviany. Raha sitrak'i Allah dia nomeny fahefana aminareo izy ireo, ka niady taminareo. Fa raha nihataka anareo izy ireo, ka tsy niady taminareo, ary nanolotra fandriampahalemana anareo, dia tsy nomen'i Allah alàlana hiady amin'izy ireo ianareo.

91- Ho hitanareo koa fa, misy ny sasany te-hahazo filaminan-tsaina aminareo sy hahazo filaminan-tsaina amin'ny foko niaviany. Nefa isaka ny izy ireo averina amin'ny fikorontanana, tonga dia mirotsaka avy hatrany amin'izany izy ireo. Fa raha tsy mihataka aminareo kosa izy ireo, sy tsy manolotra fandriampahalemana ho anareo, ary tsy mampijanona ny tànany hikasika anareo, dia raisonareo ka vonoinareo, n'aiza n'aiza hahatraranareo azy ireo. Amin'izy ireny dia efa nomenay fahefana mazava tanteraka ianareo.

92- Tsy tokony hisy mpino hamono ny mpino raha tsy hoe: "Noho ny tsy nahy". Ary n'iza n'iza nahafaty mpino iray tsy nahy, dia manafaka andevo mpino iray izy, sy manome onitra ny fianakavian'ny maty, raha tsy hoe manao asam-panasoavana (Soadakat) izy ireo. Fa raha avy amin'ny vahoaka fahavalonareo kosa ilay maty nefa mpino, dia manafaka (mamotsotra) andevo iray mpino izy. Ary raha avy amin'ny vahoaka misy fifanarahana (fifanakena) aminareo kosa (ilay maty), dia manome onitra ny fianakavian'ny maty izy, sy manafaka andevo mpino iray. Fa raha tsy afaka hanatanteraka izany kosa izy (ilay nahafaty), dia aoka hanatanteraka fifehezana mandritra ny roa volana mifanesy izy, mba ho fibebahana amin'i Allah. Ary i Allah dia Mahalala ny zava-drehetra sy be Fahendrena.

93- Fa n'iza n'iza kosa mamono mpino iray, am-piniavana (an-tsitrapò), ny valin'asany dia ny fidirana ao anaty afobe, hitoetra ao mandrakizay izy. Ary hihatra aminy ny hatezeran'i Allah sy ny ozony, ary hanomana famaizana lehibe ho azy Izy.

94- Ô ianareo izay nino! Raha mivoaka amin'ny làlan'i Allah ianareo, dia aoka hanadihady tsara, ary tsy hiteny ianareo amin'olona izay miarahaba anareo hoe: "Tsy mpino ianao". Mikatsaka ny tombontsoa eto an-tany ianareo. Kanefa eo anatrehan'i Allah no misy ny harena babo an'ady maro. Tahaka izany ianareo teo aloha, nefa nomen'i Allah tombony,

ka aoka mba hanadihady tsara. Ary tena marina, fa i Allah dia mahafantatra tsara izay ataonareo.

95- Tsy mitovy ireo mpino mipetraka ao an-trano, ankoatra ireo manan-takaitra (kilema), sy ireo Mojahidina[68] mivoaka amin'ny lalàn'i Allah, miaraka amin'ny harenan'izy ireo sy ny vatan'izy ireo. Nomen'i Allah tombony ireo Mojahidina mivoaka miaraka amin'ny harenan'izy ireo sy ny vatan'izy ireo, noho ireo izay mipetraka ao an-trano; eo amin'ny mari-boninahitra. Ary ny rehetra dia nampanantenain'i Allah valisoa mendrika; ary nomen'i Allah tombony amin'ny valisoa lehibe ireo Mojahidina noho ireo izay mipetraka ao an-trano.

96- Mari-boninahitra maro avy Aminy, sy ny famelan-keloka ary ny famindra-pò. Ary i Allah dia tena be Famelan-keloka sy be Indrafo.

97- Tena marina, fa ireo izay noraisin'ny Anjely ny fanahiny, ka nanao tsy rariny tamin'ny tenany, dia hiteny ireo Anjely hoe: "Taiza ianareo manoloana ny finoanareo?". Dia hamaly izy ireo hoe: "Fadiranovana izahay teny ambonin'ny tany", dia hiteny ireo Anjely hoe: "Moa ve tsy nalalaka ny tanin'i Allah, mba nahafahanareo nifindra-monina teo aminy?". Ka izy ireny dia ny afobe no toeran-kialofany, ary toeran-kaleha tena ratsy tokoa izany!

98- Afa-tsy ireo fadiranovana: lehilahy, sy vehivavy ary ankizy, ka tsy afaka manao na inona na inona, ary tsy mahita làlana ivoahana.

99- Angamba dia hamela heloka azy ireny i Allah. Ary i Allah dia tena be Indrafò sy be Faleman-keloka.

100- Ary izay mifindra-monina amin'ny làlan'i Allah, dia mahita fialokalofana maro sy toerana. Ary izay niala tao an-tranony, ka nifindra-monina amin'ny lalan'i Allah sy ny Irany, avy eo, tratran'ny fahafafatesana, dia efa azony ny valisoa eo anatrehan'i Allah. Ary i Allah dia be Famelan-keloka sy be Indrafo.

101- Ary raha mandeha maneran-tany ianareo, dia tsy misy tsiny raha manafohy ny Soalat (vavaka); raha matahotra ny fitsapan'ireo izay tsy nino ianareo, marina fa ireo tsy mpino dia tena fahavalonareo miharahary.

102- Ary raha miaraka amin'izy ireo ianao[69], ka mitarika azy ireo amin'ny Soalat (vavaka), dia aoka ny andiany iray amin'izy ireo hitsangana miaraka aminao sy handray ny fitaovam-piadiany. Ary rehefa avy niankohoka izy ireo dia aoka hivadika ao aorianareo, ary aoka hanatona ny andiany hafa izay mbola tsy nahavita ny Soalat, hanatanteraka izany miaraka aminao. Ary aoka izy ireo hahay hitandrina sy handray ny fitaovam-piadiany. Maniry ireo tsy mpino, raha manao tsirambina ny fitaovam-piadianareo sy ny entanareo ianareo, ny hidina indray miaraka, hanafika anareo izy ireo. Ary tsy misy tsiny ho anareo raha misy ny manahirana anareo; na orana, na marary ianareo ka

[68] Mojahidina: teny ilazana ireo miaramila miady noho fiarovana ny finoana Islamo.
[69] Ianao: Mpaminany Mohammad (eo aminy anie ny tso-dranon'i Allah)

mametraka ny fitaovam-piadiana, nefa aoka ho mailo tsara ianareo. Tena marina fa i Allah dia efa nanomana ho an'ireo tsy mpino ny famaizana manala baraka.

103- Ary rehefa nahavita ny Soalat (vavaka) ianareo, dia tsarovinareo Allah; am-pitsanganana sy am-pipetrahana ary am-patoriana. Ary rehefa tafaverina aminareo ny filaminana, dia tanteraho ny Soalat (araka izay tokony ho izy). Tena marina fa ny Soalat dia adidy ho an'ireo mpino ao anatin'ny fotoana voafetra.

104- Ary aza mihamalemy amin'ny fanenjehana an'ireo vahoaka (fahavalo) ianareo. Raha mahatsiaro mangirifiry ianareo, dia izy ireo koa tena mahatsiaro mangirifiry tahaka anareo mahatsiaro mangirifiry, fa ianareo kosa dia manantena amin'i Allah, izay tsy antenain'izy ireo. Ary i Allah dia Mahalala ny zava-drehetra sy be Fahendrena.

105- Tena marina fa Izahay dia nampidina ny Boky taminao am-pahamarinana, mba hitsaranao ny olona araka izay nasehon'i Allah taminao. Ary aza manao mpisolo vavan'ireo mpamadika ianao.

106- Ary mangataha famelan-keloka amin'i Allah ianao. Tena marina fa i Allah dia be Famelan-keloka sy be Indrafo.

107- Ary aza miady hevitra mba hanomezana rariny ireo izay mamadika ny tenan' izy ireo Ianao. Tena marina fa Allah dia tsy tia izay mpamadika sy izay be fahotana.

108- Miezaka miafina ny olombelona izy ireo, fa tsy miezaka kosa miafina an'i Allah. Kanefa Izy dia miaraka amin'izy ireo ihany amin'ny alina, rehefa miresaka ny teny tsy mahafaly Azy izy ireo. Ary i Allah dia Mahafehy tsara (amin'ny fahalalana) izay ataon'izy ireo.

109- Indro ireo olona izay niadinareo hevitra mba hanomezana azy ireo ny rariny teny ambonin'ny tany. Ka iza no hiady hevitra amin'i Allah, mba hanomezana azy ireo ny rariny amin'ny andro fitsanganana amin'ny maty? Na, iza no ho mpiantoka azy ireo?

110- Ary na iza na iza manao ny asa ratsy, na manao ny tsy rariny amin'ny tenany, avy eo mangataka famelan-keloka amin'i Allah, dia hahita izy fa i Allah dia be Famelan-keloka sy be Indrafo.

111- Ary na iza na iza manao fahotana, dia tsy manao izany afa-tsy ho an'ny tenany ihany. Ary i Allah dia Mahalala ny zava-drehetra sy be Fahendrena

112- Ary na iza na iza manao fahadisoana na koa fahotana, avy eo anefa dia miampanga ny olona tsy manan-tsiny izy amin'izany, dia tena efa mizaka lainga sy fahotana mibaribary.

113- Raha tsy ny fahasoavan'i Allah taminao sy ny famindram-pony, dia efa nihevitra ny hamery anao ny andiany iray tamin'izy ireo. Nefa izy ireo dia tsy hahavery afa-tsy ny tenany ihany. Ary tsy afaka hanao ratsy anao na dia kely aza izy ireo. Ary nampidina ny Boky sy ny fahendrena taminao i Allah, ary nampianatra anao koa izay tsy fantatrao tany aloha. Ary ny fahasoavan'i Allah aminao dia tena lehibe tokoa.

114- Tsy ahitana tombontsoa ny ankamaroan'ny resadresaka miafina ataon'izy ireo, afa-tsy izay mandidy amin'ny fanaovana Soadakat (fanomezana), na manao asa soa, na manao fampihavanana ny samy olombelona. Ary izay manao izany noho ny fitadiavana ny fankasitrahan'i Allah; dia homenay azy ny valisoa lehibe.

115- Ary izay misaraka amin'ilay Iraka, taorian'ny nisehoan'ny làla-marina taminy (nahatsapany ny tena fahitsiana), ka manaraka làlana hafa ankoatra ny làlan'ireo mpino, dia avelanay izy manaraka izany, ary havarinay any amin'ny afobe izy. Ary ratsy dia ratsy izany fiafarana izany!

116- Tena marina fa i Allah dia tsy mamela ny fanakambanana Azy amin'ny zavatra hafa. Ankoatra izany, dia mamela heloka kosa Izy amin'izay sitrany. Ary izay mampikambana an'i Allah amin'ny zavatra hafa, dia efa very amin'ny fahaverezana lavitra.

117- Tsy mangataka izy ireo, ankoatra an'i Allah, afa-tsy amin'ireo sampy vavy, ary tsy mangataka izy ireo, afa-tsy amin'ny satana mpikomy.

118- Aoka hanozona azy i Allah! Ary niteny izy (satana) hoe: "Tsy maintsy haka ampahany voafaritra amin'ireo mpanomponao aho".

119- Ary tsy maintsy ho vereziko làlana izy ireo, ary tena homeko fampanantenana diso. Ho didiako tokoa izy ireo, ka hanova ny zavaboaharin'i Allah. Ary na zovy na zovy no mandray ny satana ho mpiahy azy ankoatra an'i Allah, dia tena matiantoka, amin'ny fatiantoka miharihary.

120- Manome fitokisana azy ireo izy, sy mampanantena azy ireo amin'ny fampanantenana diso. Ary tsy manome fitokisana azy ireo ny satana afa-tsy ny fitaka.

121- Izy ireny dia ny afobe no toeram-pialofany, ary tsy hahita fomba handosirana amin'izany izy ireo.

122- Ary ireo izay nino sy nanao ireo asa soa kosa, dia hampidirinay amin'ny zaridaina izay misy renirano maro mikoriana ao ambaniny; hitoetra ao mandrakizay izy ireo; ary ny fampanantenan'i Allah dia marina. Ary iza no marina teny kokoa noho i Allah?

123- Tsy miankina amin'ny fanirianareo izany, na koa amin'ny fanirian'ireo olon'ny Boky. Fa n'iza n'iza manao asa ratsy, dia hovaliana aminy izany. Ary tsy hahita mpiahy sy mpanavotra azy ankoatra an'i Allah izy.

124- Ary na iza na iza manao ireo asa soa, na lahy na vavy, ka mpino izy, dia izy ireny no hiditra ao amin'ny Paradisa, ary tsy ho ambakaina na dia mitovy amin'ny singan'ny antrendry aza.

125- Ary iza no manana finoana mendrika indrindra noho izay manolotra ny tavany (tenany) ho an'i Allah, sy mpanao asa soa, ary manaraka ny finoan'i Ibrahimo, fanompoana Zanahary tokana. Ary i Allah dia nandray an'i Ibrahimo ho sakaiza mahatoky.

126- Ary an'i Allah irery ihany izay rehetra any amin'ireo lanitra sy izay ety an-tany. Ary i Allah dia Mahafehy ny zava-drehetra.

127- Ary hanontany anao izy ireo momba an'ireo vehivavy. Teneno hoe: "Allah no hanambara aminareo ny didy momba azy ireo, miampy izay efa novakiana taminareo ao anatin'ilay Boky; momba ny kamboty vavy, izay tsy omenareo azy ireo izay voadidy ho azy ireo. Nefa ianareo naniry hanambady azy ireo. Ary ny momba an'ireo ankizy lahy kanosa (tsy ampy taona)". Ary aoka mba hikarakara ara-drariny ireo kamboty ianareo. Ary izay tsara ataonareo dia i Allah no tena Mahalala izany.

128- Ary raha misy vehivavy matahotra ny fandaozan'ny vadiny (fanariana), na ny tsy firaharahana, dia tsy misy tsiny amin'izy roa ny mifandamina, ary ny fifandaminana no tsara indrindra, ary ny fanahy dia natao hirona amin'ny fahihirana. Ary raha manao ny tsara sy manana fatahorana ianareo, dia Allah no Mahafantatra izay rehetra ataonareo.

129- Ary tsy hahavita hampitovy tanteraka ireo vehivavy (vadinareo) ianareo, na dia mitandrina manao ahoana aza. Nefa, aza dia mitongilana loatra (amin'ny iray amin'izy ireo) ka havelanareo toy ny mihantona izy (ny iray faharoa). Ary raha mifanaraka ianareo sy matahotra an'i Allah, tena marina fa i Allah dia be Famelan-keloka sy be Indrafo.

130- Ary raha misaraka izy roa dia i Allah hanome ny tsirairay ny anjarany, noho ny Fahalalahany, ary i Allah dia feno Fahalalahana sy be Fahendrena.

131- Ary an'i Allah irery ihany izay rehetra any amin'ireo lanitra sy ety an-tany, ary efa nodidianay ireo nomena ny boky talohanareo sy ianareo koa hoe: "Matahora an'i Allah ianareo". Ary raha tsy mino ianareo, tena marina fa an'i Allah irery ihany izay rehetra any amin'ireo lanitra sy ety an-tany. Ary i Allah dia Mahavita tena sy Mendri-piderana tokoa.

132- Ary an'i Allah irery ihany izay rehetra any amin'ireo lanitra sy ety an-tany. Ary tena ampy ho Mpiantoka i Allah.

133- Raha sitrak'i Allah dia hofoanany ianareo ry olombelona, ary soloiny olon-kafa. Ary Mahavita izany tokoa i Allah.

134- N'iza n'iza maniry ny valisoa eto an-tany, dia any amin'i Allah no misy ny valisoa eto an-tany sy ny any an-koatra. Ary i Allah dia Maheno sy Mahita ny zava-drehetra!

135- Ô ianareo izay nino! Mitsangana amim-pahamarinana hatrany ianareo, ho vavolombelon'i Allah na dia manohitra ny tenanareo aza, na ny Ray aman-dreny sy ireo havana akaiky. Na dia manan-karena aza izy, na mahantra dia i Allah no mendrika kokoa amin'izy roa. Ka aza manaraka ny sitra-po ianareo, mba tsy hialanareo amin'ny rariny. Raha mitsangana ho vavolombelona mandainga ianareo, na koa mandà izany, tena marina fa i Allah dia Mahafantatra tanteraka izay ataonareo.

136- Ô ianareo izay nino! Minoa fatratra an'i Allah sy ny Irany ianareo, ary ny Boky izay nampidininy tamin'ny Irany, ary ny Boky izay nampidininy tany aloha. Ka izay tsy nino an'i Allah sy ireo Anjeliny, ireo Bokiny, ireo Irany ary ny Andro farany, dia tena very làlana lavitra tokoa.

137- Tena marina fa ireo izay nino, avy eo tsy nino, avy eo nino indray, avy eo niverina tsy nino izy ireo, ary vao mainka nampitombo ny tsy finoany; tsy hamela heloka azy ireo i Allah ary tsy hitari-dàlana azy ireo amin'ny làlana (mahitsy).

138- Lazao amin'ireo mpitsaravelatsihy, fa ho azy ireo ny famaizana mangirifiry.

139- Ireo izay mandray ireo tsy mpino ho sakaiza ankoatra ireo mpino, mitady hery amin'izy ireny ve izy ireo? Kanefa tena marina fa an'i Allah ny hery rehetra.

140- Ary efa nampidina taminareo ao anatin'ny Boky (Kor'any) toy izao izy: "Raha maheno ny fanambaran'i Allah toherina sy tsiratsiraina ianareo, dia aoka tsy hipetraka amin'izy ireo ianareo mandra-panovan'izy ireo resaka hafa ankoatra izany". Raha tsy izany, dia mitovy amin'izy ireo ianareo. Tena marina fa i Allah dia hanangona ireo mpihatsaravelatsihy sy ireo tsy mpino ao anatin'ny afobe.

141- Ireo izay miandry zava-mitranga aminareo, ka rehefa mahazo fandresena avy amin' Allah ianareo, dia miteny izy ireo hoe: "Moa ve tsy niaraka taminareo izahay?". Ary rehefa ho an'ireo tsy mpino indray ny anjara (tombontsoa), dia miteny izy ireo hoe: "Moa ve tsy nanome tànana anareo izahay, sy niaro anareo tamin'ireo mpino?". Ka i Allah no hitsara ny momba anareo amin'ny Andro fitsanganana. Ary tsy hanome Iàlana mihitsy ireo tsy mpino handresena ireo mpino i Allah

142- Tena marina fa ireo mpihatsaravelatsihy dia mitady hamitaka an'i Allah, ary Izy (Allah) dia mamerina ny fitak'izy ireo any aminy. Ary izy ireo rehefa mitsangana ao anaty Soalat (vavaka), dia mitsangana amin'ny hakamoana, misehoseho aman'olona, ary tsy mahatsiaro an'i Allah izy ireo afa-tsy indraindray ihany.

143- Misalasala eo anivon'izany izy ireo, sady tsy anisan'ny atsy no tsy anisan'ny eroa. Ary na iza na iza verezin'i Allah, dia tsy hahita Iàlana ho azy ianao.

144- Ô ianareo izay nino! Aza mandray ireo tsy mpino ho sakaiza ianareo ankoatra ireo mpino. Mitady hanome fahefana miharihary an'i Allah hanamelohana anareo ve ianareo?

145- Tena marina fa ireo mpihatsaravelatsihy ireo dia any amin'ny lafika ambany indrindra amin'ny afobe, ary tsy hahita mpanavotra ho azy ireo ianao.

146- Afa-tsy ireo izay mibebaka sy manova fihetsika, ary mifikitra amin'i Allah, sy nanadio ny finoan'izy ireo ho an'i Allah, izy ireny dia hiara-dia amin'ireo mpino. Ary Allah dia hanome fahasoavana lehibe an'ireo mpino.

147- Ataon'i Allah inona moa ny hanafay anareo, raha mahay misaotra sy mino ianareo? Ary i Allah dia Mpankasitraka sy Mahalala ny zava-drehetra.

148- Allah dia tsy tia ny fanaborahana ny teny ratsy, afa-tsy izay niharan'ny tsy rariny. Ary i Allah dia Maheno sy Mahalala ny zava-drehetra.

149- Na manao ny tsara ankarihary na ankinafinafina ianareo, na koa mamela heloka amin'ny ratsy …tena marina fa i Allah dia be famelan-keloka, mahavita ny zava-drehetra.

150- Ary tena marina fa ireo izay tsy mino an'i Allah sy ireo Irany, sy mila hanavaka an'i Allah sy ireo Irany, ka miteny hoe: "Izahay dia mino ny sasany amin'izy ireo, fa tsy mino ireo sasany hafa kosa», ary mitady handray làlana hafa anelanelan'izany izy ireo.

151- Izy ireo tokoa no tena tsy mpino marina!, ary efa nomaninay ho an'ireo tsy mpino ny sazy manala-baraka.

152- Ary ireo izay nino an'i Allah sy ireo Irany, ary tsy nanavaka na dia iray aza tamin'izy ireny, izy ireny no hotoloran'i Allah ny valin-kasasarany. Ary i Allah dia be famelan-keloka, be fiantra.

153- Ireo olon'ny Boky dia mangataka aminao mba hampidinanao amin'izy ireo boky iray avy any an-danitra. Efa nagataka zavatra lehibe noho izany tamin'i Mossa (Mosesy) izy ireo; ka niteny izy ireo hoe: "Asehoy anay ankarihary i Allah" (Jehovah), ka nianjera tamin'izy ireo ny varatra noho ny tsy rariny nataon'izy ireo. Avy eo dia noraisin'izy ireo ho sampy tompoina ny Ombilahy kely, taorian'ny nahatongavan'ireo porofo mazava tamin'ny izy ireo. Kanefa noleferinay tamin'izy ireo izany, ary notoloranay fahefana lehibe i Mosa (Mosesy).

154- Ary nampiakarinay teo ambonin'izy ireo ny tendrombohitra (toor)[70] mba hahazoana ny faneken'izy ireo. Ary niteny tamin'izy ireo Izahay hoe: "Midira amin'ny varavarana amim-piankohofana ianareo."Ary mbola niteny tamin'izy ireo Izahay hoe: "Aza mandika ny didy aman-dalànan'ny Sabata ianareo". Ary nandray fanekena tena hentitra avy tamin'izy ireo Izahay.

155- (Nanozona azy ireo izahay) noho ny fivadihan'izy ireo tamin'ny fanekena nataony sy ny tsy finoany ireo fanambaran'i Allah, sy ny famonoany ireo mpaminany tsy amin'ny rariny, ary ny fitenenan'izy ireo hoe: "Ny fonay dia voarakotra (ka tsy andairan-teny)". Ny tena marina dia i Allah mihitsy no nanidy ny fon'izy ireo noho ny tsy finoany; ka tsy nisy nino afa-tsy ny vitsy tamin'izy ireo.

156- Ary noho ny tsy finoan'izy ireo sy ny teny feno endrikendrika lehibe nataon'izy ireo tamin'i Mariamo (Marie)[71].

157- Ary noho ny tenin'izy ireo hoe: "Tena izahay tokoa no namono an'i Mesia (Jesoa) Issa zanak'i Mariamo, irak'i Allah (Jehovah). Nefa tsy nahafaty Azy izy ireo, ary tsy nahafantsika Azy, fa endrika mitovy[72] aminy fotsiny no naseho tamin'izy ireo. Ary tena

---

[70]Toor:tendrombohitra Sinaï.

[71] Mariamo (Maria): renin'i Mesia na i Jesoa: Issa "Maria ao anatin'ny evanjely".

[72]Endrika mitovy: tsy tena i Jesoa no voafantsika, fa nataon'i Allah tahaka ny endriny sy araka ny tarehiny ilay olona nasolony azy.

marina fa ireo izay miady hevitra momba izany, dia tena ao anatin'ny fisalasalana mafy, tsy manam-pahalalana ny amin'izany izy ireo .Tsy misy afa-tsy ny fanarahana ny vinavinan'ny eritreritra fotsiny. Ary azo antoka fa tsy novonoin'izy ireo velively Izy.

158- Fa nampiakarin'i Allah any Aminy Izy. Ary tena marina fa i Allah dia Mahery, be Fahendrena.

159- Ary tena marina fa tsy misy na dia iray amin'ireo olon'ny boky, afa-tsy hoe tena hino Azy alohan'ny fahafatesany. Ary hitsangana vavolombelona manohitra azy ireo Izy amin'ny andro farany.

160- Ka noho ny tsy fanarahana ny rariny sy ny hitsiny nisy teo amin'ny Jiosy dia nampifadianay azy ireo, ireo zavatra tsara izay azon'izy ireo nohanina taloha, ary noho ny fanakanana maro samihafa nataon'izy ireo tamin'ny làlan'iAllah.

161- Ary noho ny fakàn'izy ireo ny ribà (fampanjanaham-bola tsy ara-dalàna), nefa voarara tamin'izany izy ireo, sy ny fihinanan'izy ireo ny fananan'olonaamin'ny tsy rariny. Efa nomaninay ho an'ireo tsy mpino ny sazy mangirifiry.

162- Kanefa ireo miorim-paka amin'ny fahalalàna amin'izy ireo, sy ireo mpino, dia mino izay nampidinina taminao sy izay nampidinina tany talohanao. Ary ireo mpanatanteraka ny Soalat, sy mpanatanteraka ny Zakat (antsitra-po), sy ireo mpino an'i Allah sy ny andro farany, dia izy ireny no omenay valin-kasasarana lehibe.

163- Tena marina fa izahay dia tena nandefa fanambarana taminao, tahaka ny nandefasanay fanambarana tamin'i Noa sy ireo Mpaminany taty aoriana. Ary nandefasanay fanambarana koa i Ibrahimo (Abrahama), Ismaely, Isaka, Yakoba (Jakoba), ireo foko, Issa(Jesoa), Joba, Anasy (Jonasy), i Arona, Salomona, ary nomenay an'i Daoda (Davida) ny Zabora[73].

164- Ary misy amin'ireo Iraka izay efa notantarainay taminao tany aloha, ary misy koa ireo Iraka izay tsy notantarainay taminao ny tantaran'izy ireo… Ary Allah dia niresaka nivantana tamin'i Moussa (Mosesy).

165- Ka izy ireny dia Iraka mpilaza ny vaovao mahafaly sy mpampitandrina, mba tsy hananan'olombelona porofo entina manohitra an'i Allah taorianan'ireo Iraka. Ary i Allah dia Mahery, be Fahendrena.

166- Kanefa i Allah dia vavolombelona amin'izay nampidininy taminao, nampidina izany tamin'ny fahalalany Izy. Ary ireo Anjely koa dia mijoro vavolombelona. Ary ampy ho vavolombelona i Allah.

167- Tena marina fa ireo izay tsy nino sy nanakana ny làlan'i Allah dia efa tena very ao anatin'ny fahaverezana lavitra.

[73] Zabora: boky Salamo amin'ny Evanjely.

168- Tena marina fa ireo izay tsy nino sy nanao ny tsy rariny, dia tsy hamela heloka azy ireo i Allah ary tsy hanoro làlana azy ireo velively.

169- Afa-tsy làlana mankany amin'ny Afobe, hitoetra ao mandrakizay izy ireo… Ary tena mora amin'i Allah ny manao izany

170- O! ianareo olombelona! Efa tonga aminareo ilay Iraka nitondra ny fahamarinana avy amin'ny Tomponareo, ka aoka hino ianareo, fa izany no tsara ho anareo. Ary raha tsy mino ianareo dia marina fa an'i Allah izay rehetra any amin'ireo lanitra sy ny eto an-tany, ary i Allah dia Mahalala ny zavatra rehetra sy be Fahendrena.

171- O! Ianareo olon'ny boky! Aza manitatra be loatra amin'ny finoanareo ianareo, ary aza miteny momba an'i Allah afa-tsy ny marina. Tena marina fa i Mesia Jesoa, zanak'i Mariamo, dia tsy iza fa irak'i Allah ihany, ary Teniny izay nalefany tamin'i Mariamo, sy Fanahy (fofon'aina) avy aminy; ka inoanareo i Allah sy ireo Irany, ary aza miteny hoe: "Telo" ianareo. Atsaharonareo! Fa izany no tsara ho anareo. Tena marina fa i Allah dia Zanahary tokana ihany. Dera ho azy, ary Azy ny fahamendrehana rehetra, ka tsy tokony manan-janaka velively Izy. Azy izay any amin'ireo lanitra sy ny eto an-tany, ary ampy ho Mpiahy i Allah.

172- Tsy hanambony tena velively ilay Mesia (Issa) ka hanao ny tenany ho tsy mpanompon'i Allah, na koa ireo Anjely akaiky. Ary izay manambony tena amin'ny fanompona Azy (Allah), sy miavonavona dia havoriny any Aminy daholo izy reo.

173- Fa ireo izay nino kosa sy nanao ireo asa soa, dia omeny azy ireo ny valin-kasasarany feno, ary mbola ampitomboiny koa izany avy amin'ny fahasoavany. Fa ireo izay nanambony tena sy niavonavona kosa dia hosaziany amin'ny sazy mangirifiryizy ireo, ary tsy hahita mpiahy sy mpanavotra ho an'ny tenany ankoatran'i Allah izy ireo.

174- O! Ianareo ry olombelona! efa tonga aminareo ny porofo mazava avy tamin'ny Tomponareo, ary nampidininay taminareo ny hazavana miharihary.

175- Fa ianareo izay nino an'i Allah kosa sy nifikitra Aminy, dia hampidiriny amin'ny indrafo avy Aminy sy ny fahasoavana izy ireo, ary hotarihiny ho amin'ny làlana mahitsy mankany Aminy izy ireo.

176- Hanontany anao momba ny didy aman-dalàna izy ireo, teneno hoe: "Allah dia mamoaka ny didy ho anareo momba ny lovan'ny olona iray maty ka tsy manan-dray aman-dreny sy tsy manan-janaka. Fa raha ny olona iray maty, tsy mana-janaka nefa manana anabavy, dia ho azy ny antsasan'izay navelany (lova), ary izy anadahiny no mandova azy (anabaviny), amin'ny fananany raha tsy manan-janaka izy (anabaviny). Fa raha anankiroa kosa ny anabaviny dia ho azy roa ny roa ampahatelon'izay navelany (lova), ary raha manana rahalahy sy anabavy maro, mpiray tampo aminy izy, dia ho an'ny lahy iray ny mitovy amin'ny anjaran'ny vavy roa. Manazava izany aminareo i Allah, mba tsy ho very ianareo, ary i Allah dia mahalala ny zavatra rehetra.

TOKO FAHA:5
SORATRA AL-MA-IDAH
(NY SAKAFO VOAHOMANA )
ANDININY :120
NIDINA TAO MADINAH

Amin'ny anaran'i Allah,Ilay be fiantrana, Ilay be Indrafo

1- O! ianareo izay nino! Tanterahinareo an-tsakany sy an-davany ny fifanekena. Nomena alalana ianareo, hihinana amin'ireo biby fiompy, afa-tsy izay hotanisaina aminareo (voarara).Tsy azonareo atao ny mihaza raha mbola ao anatin'ny Ihram[74] ianareo. Tena marina fa i Allah dia mandidy izay sitrany.

2- O! ianareo izay nino! aza maniratsira izay fomba fanompoana an'i Allah (mandritra ny fivahinianana masina ) ianareo, na ireo biby atao sorona , na ireo famantarana atao amin'ny biby atao sorona, na ireo mandeha am-pilaminana mankany amin'ny trano masina ka mitady avy amin'ny Tompony ny fahasoavana sy ny fahafaham-po. Ary rehefa afaka fady ianareo dia afaka mihaza, ary aoka ny hatezeranareo tamin'ny vahoaka izay nisakana anareo mankany amin'ny Masjid Al Haram tsy handrisika anareo amin'ny fandikana ny didy aman-dalàna, ary mifampianara ianareo amin'ny fanaovana asa soa sy ny fatahorana an'i Allah, ary aza mifanampy amin'ny fahotana sy ny fandikana ny didy aman-dalàna. Ary matahora an'i Allah ianareo, tena marina fa i Allah dia tena mafy (mahery) sazy.

3- Voarara aminareo ny biby maty ho azy,ny rà, ny henan-kisoa, ny biby voalenta ankoatran'ny anaran'i Allah, ny biby maty voakenda, na maty noho ny filatsahany mafy, na maty nohon'ny tombon-tandroka, na izay nohanin'ny biby masiaka, -afa-tsy izay tratranareo lenta-, na izay natao sorona ambonin'ny vato natao sampy, ary ny fanaovanareo ankitsapaka amin'ny alalan'ny zana-tsipika (flèche ). Izany rehetra izany dia faniratsirana mahatsiravina, androany dia kivy tanteraka ireo izay tsy mino (tsy afaka hamadika anareo) amin'ny finoanareo. Ka aza matahotra azy ianareo, fa Izaho irery no atahory. Androany dia nofenoiko tanteraka ho lavorary ny finoanareo, ary nataoko feno tanteraka aminareo ny fahasoavako, ary ankasitrahako ho anareo ny Islam ho finoana. Ary izay teren'ny hanoanana mafy ka tsy mirona ao anatin'ny fahotana… Tena marina fa i Allah dia be famelan-keloka, be fiantra.

4- Hanontany anao izy ireo amin'izay sakafo azon'izy ireo hohanina araka ny lalàna. Teneno hoe: "Azonareo hohanina avokoa ireo sakafo tsara sy madio, sy ireo azon'ny ireo biby mpihaza nomenareo fiofanana manokana amin'ny fihazana araka izay nampianarin'i Allah anareo. Ka mihinana ianareo amin'ireo biby voahazan'izy ireo ho anareo, ary tononinareo ny anaran'i Allah amin'izany, ary matahora an'i Allah ianareo. Tena marina fa i Allah dia haingam-panisana.

5- Androany dia azonareo hohanina daholo ireo sakafo tsara sy madio. Ary ny sakafon'ireo izay nomena ny boky dia azonareo hohanina koa, ary ny sakafonareo dia azon'izy ireo hohanina ihany koa. Ary azonareo atao ny manambady vehivavy madio fitondran-tena amin'ireo mpino silamo, sy ireo vehivavy madio fitondran-tena avy amin'ireo izay nomena ny boky talohanareo, raha nomenareo azy ireo ny mahariny (vodiondry), eo am-panatanterahana ny vadiana ara-dalàna fa tsy amin'ny fijanganjangana, na amin'ny

[74] ao anatin'ny Ihram: mbola ao anatin'ny fadin'ny Haj sy Omra

fisakaizana. Ary na iza na iza mitsipaka ny finoana dia efa foana daholo ny asany, ary izy dia anisan'ny maty antoka amin'ny fiainana any ankoatra.

6- O! ianareo izay nino!, raha mitsangana hanatanteraka ny Soalat ianareo, dia sasaonareo ny tarehinareo, sy ny tananareo hatreo amin'ny kiho, ary safoy amin'ny tananareo lena ny lohanareo, ary sasao ny tongotrareo hatreo amin'ny kitrokely. Raha manana Janaba[75] dia manaova fidiovana lehibe ianareo, fa raha marary kosa ianareo na anatin'ny dia lava, na miverina avy amin'ny toeram-pivoahana iray, na nikasika vehivavy (nanao firaisana), ka tsy nahita rano dia midiova amin'ny fotaka madio, ka safoinareo ny tarehinareo sy ny tananareo amin'izany. Tsy mitady ny hanahirana anareo i Allah, fa mila hanadio anareo kosa Izy sy hanatobaka ny fahasoavany aminareo, angamba hahay hankasitraka ianareo.

7- Ary tsarovinareo ny fahasoavan'i Allah aminareo sy ny fifanekeny izay nankatoavinareo, rehefa niteny ianareo hoe: "Henonay sy ankatoavinay izany"; ka matahora an'i Allah ianareo. Tena marina fa i Allah dia mahalala tanteraka ny ao am-po.

8- O! ianareo izay nino! Aoka ianareo hijoro am-pahamarinana ho an'i Allah, ary ho vavolombelona amin'ny rariny. Ary aoka ny hatezeranareo amin'ny vahoaka iray tsy hamporisika anareo amin'ny tsy fampiharana ny fahamarinana. Ampiharonareo ny fahamarinana, fa izany no tena akaiky indrindra amin'ny fatahorana an'i Allah. Ary matahora an'i Allah ianareo .Tena marina fa i Allah dia mahafantatra tokoa izay rehetra ataonareo.

9- Ary Allah dia nampanantena ireo izay mino sy manao ireo asa soa, fa ho azy ireo ny famelan-keloka sy ny valin-kasasarana lehibe.

10- Ary ireo izay tsy nino sy nampandainga ireo fanambaranay, izy ireny no olon'ny afobe.

11- O! Ianareo izay nino! Tsarovinareo ny fahasoavan'i Allah aminareo, rehefa niomana mafy ireo vahoaka hanenjana ny tanany aminareo, ka nosakanany ny tanan'izy ireo mba tsy hahakasika anareo. Ary matahora an'i Allah ianareo, ary amin' i Allah no tokony hanankinan'ireo mpino ny momba azy.

12- Ary tena marina fa noraisin'i Allah ny fanekena tamin'ireo zanak'Israely. Ary notendrenay ny tale roambinifolo avy tamin'izy ireo, ary niteny i Allah hoe: "Izaho dia miaraka aminareo hatrany, raha toa ka manangana ny Soalat ara-dalàna sy mamoaka ny Zakat ianareo, ary mino ireo Iraka sy manampy azy ireo, sy mampindrana an'i Allah fampindramana tsara, dia tena hofafako tokoa ireo asa ratsy vitanareo ary hampidiriko ianareo ao anatin'ireo zaridaina izay misy renirano maro mikoriana ao ambaniny. Ary izay tsy nino aorian'izany aminareo dia efa tena very niala amin'ny làlana mahitsy.

[75] Janaba: lotom-pinoana ateraky ny fanaovana firaisana ara-nofo, na fivoahan'ny tsirinaina lahy na vavy, ka tsy maintsy hanaovana fandroana.

TOKO FAHA:5
SORATRA AL-MA-IDAH
(NY SAKAFO VOAHOMANA )
ANDININY :120
NIDINA TAO MADINAH

13- Ary noho ny fitsipahan'izy ireo ny fanekena nataony, dia nozoninay izy ireo ary nataonay ho mafy fo tokoa: mamadibadika ireo teny miala amin'ny dikany izy ireo, sy manadino ny ampahany amin'izay nampatsiahivana azy ireo. Ary tsy mitsahatra mahita ny famadihana ataon'izy ireo ianao, afa-tsy ny vitsy amin'izy ireo. Ka mandefera amin'izy ireo Ianao ary mamelà .Tena marina fa i Allah dia tia ireo mpanao ny asa tsara.

14- Ary ireo izay miteny hoe: "Marina tokoa fa izahay dia Kristianina,"nekenay ny fanekena nataon'izy ireo. Kanefa nanadino ny ampahany amin'izay nampatsiahivana azy izy ireo. Ary napoitranay teo amin'izy ireo ny fifampifahavaloana sy ny fifankahalana mandra-pahatongan'ny andro fitsanganana. Ary i Allah dia hanambara azy ireo izay rehetra nataony.

15- O! ianareo ry olon'ny boky! Efa tonga taminareo ny Irakay, nanazava taminareo ny maro tamin'izay nafeninareo, tamin'ny boky, ary koa nandefitra zavatra maro. Efa tonga aminareo ny hazavana avy tamin'i Allah sy ny boky mazava.

16- Allah dia mitari-dalana, avy amin'ny alalan'izany (korany), izay manaraka ny sitrapony, mankany amin'ireo lalan'ny fiadanana, ary mamaoaka azy ireo avy amin'ny haizina mankany amin'ny fahazavana noho ny fahasoavany. Ary mitari-dàlana azy ireo mankany amin'ny làlana mahitsy.

17- Ary tena tsy nino tokoa ireo izay niteny hoe: "Marina fa i Allah, izy no ilay Mesia (Jesoa) zanak'i Mariamo. Teneno hoe: "Ka iza no afaka hanakana an'i Allah, na dia kely aza, raha te-handrendrika an'i Mesia zanak'i Mariamo sy ny reniny, ary izay rehetra eto ambonin'ny tany Izy?... Ary an'i Allah ny fanjakana amin'ireo lanitra sy ny tany sy amin'izay rehetra anelanelan'izy roa". Manamboatra izay sitrany Izy. Ary i Allah dia mahefa ny zava-drehetra.

18- Ary niteny ireo jiosy sy ny kristiana hoe: "Izahay dia zanak'i Allah sy izay tiany indrindra". Teneno hoe: "Nahoana ary Izy no manasazy anareo amin'ny fahotana ataonareo? Tena marina fa ianareo dia olombelona anisan'ireo izay noharieny. Mamela izay sitrany Izy, ary manasazy izay sitrany. Ary an'i Allah ny fanjakana amin'ireo lanitra sy ny eto an-tany ary amin'izay rehetra anelanelan'izy roa. Ary any Aminy ny fiverenana.

19- O! Ianareo olon'ny Boky! Efa tonga aminareo izao ny Irakay, manazava aminareo, taorian'ny nitsaharan'ireo Iraka, mba tsy hilazanareo hoe: "Tsy nisy tonga taminay, na ny mpilaza vaovao mahafaly, na ny mpampitandrina". Koa efa tonga aminareo izao ny mpilaza vaovao mahafaly sy ny mpampitandrina (mpananatra). Ary Allah dia mahefa ny zava-drehetra.

20- Ary raha niteny i Mosa (Mosesy) tamin'ny vahoakany hoe: "Ry vahoakako! Tsarovinareo ny fahasoavan'i Allah aminareo, rehefa nanendry teo aminareo, Mpaminany maro, ary nanandratra anareo ho mpanjaka Izy. Ary nanome anareo izay mbola tsy nomeny na iza na iza tamin'izao tontolo izao Izy.

TOKO FAHA:5
SORATRA AL-MA-IDAH
(NY SAKAFO VOAHOMANA )
ANDININY :120
NIDINA TAO MADINAH

21- O! Ianareo vahoakako! Midira amin'ilay tany masina, izay efa nosoratan'i Allah ho anareo ianareo,ary aza miverin-dàlana manome lamosina ianareo, ka hivadika ho maty antoka ianareo.

22- Niteny izy ireo hoe: "O! Ry Mosa! Tena misy vahoaka matanjaka be monina ao. Ka izahay dia tsy hiditra ao velively mandra-pivoahan'izy ireo ao. Raha mivoaka avy ao kosa izy ireo, tonga dia hiditra ao tokoa izahay.

23- Niteny ny lehilahy roa tamin'ireo izay matahotra an'i Allah, izay nosoavin'i Allah, hoe: "Midira ao amin'izy ireo ianareo avy amin'ny varavarana, fa rehefa tafiditra ao ianareo dia tsy maintsy ho mpandresy ianareo. Ary amin'i Allah no tokony hanankinanareo ny fahatokisanareo, raha tena mpino tokoa ianareo".

24- Niteny izy ireo hoe: "O! Ry Mosa, izahay dia tsy hiditra ao mihitsy raha mbola ao izy ireo. Ka mandehana ianao sy ny Tomponao, ka miadia ianareo roa, izahay kosa dia hijanona eto amin'ny toerana misy anay eto".

25- Niteny Izy (Mosa) hoe: "Tompo o! Tsy manana fahefana ahoafa-tsy amin'ny tenako sy amin'ny rahalahiko ihany. Ka saraho izahay amin'ireo vahoaka mpanao ratsy."

26- Niteny Izy (Allah) hoe: "Tena marina fa izany (tany masina izany) dia voarara amin'izy ireo, mandritry ny efa-polo taona. Hirenirenyeran-tany izy ireo, ka aoka tsy hampalaheloanao ny momba ireo vahoaka mpanao ratsy".

27- Ary resaho azy ireony vaovaon'ny zanak'i Adama roalahy, am-pahamarinana, rehefa samy nanolotra fanatitra izy roalahy; ka voaray ny iray avy tamin'izy roalahy,ary tsy noraisina kosa ny avy amin'ny namany. Dia niteny izy hoe:"Tena hovonoiko ianao!" Ka namaly azy ny namany hoe: "Tena marina fa Allah dia (tsy) mandray (afa-tsy) izay avy amin'olona manam-patahorana ihany.

28- Raha hanenjana ny tànanao amiko ianao, mba hamono ahy, izaho kosa dia tsy hanenjana ny tanako aminao, mba hamono anao: satria izaho dia matahotra an'i Allah, Tompon'izao Tontolo izao.

29- Tena marina fa tiako ianao mba hibaby ny fahotàko sy ny fahotànao, ka amin'izay ho lasa anisan'ireo olon'ny Afobe ianao".Ary izany no valin'asan'ireo mpanao ny tsy rariny.

30- Ka nandrisika azy ny fanahy ratsiny amin'ny hamonoana ny rahalahiny, ka namono nahafaty azy izy.Ka dia lasa anisan'ireo maty antoka izy.

31- Nandefa goaika i Allah nangady amin'ny tany, mba hampisehoany aminy ahoana nohataonyhandevina ny fatin-drahalahiny? Niteny izy hoe: "Loza ho ahy ity! Moa ve tsy afaka hanao toy ny ataon'ity goaika ity aho; ka handevina ny fatin-drahalahiko?" Dia lasa anisan'ny olona nanenina izy.

TOKO FAHA:5
SORATRA AL-MA-IDAH
(NY SAKAFO VOAHOMANA )
ANDININY :120
NIDINA TAO MADINAH

32- Noho izany antony izany, dia nodidianay tamin'ireo zanak'Israely fa; na iza na iza namono olona tsy meloka tamin'ny famonoan'olona, na koa tsy nanao fanimbàna teto an-tany, dia toy ny namononyolombelona rehetra. Ary na iza na iza manavotra azy ho velona, dia toy ny nanavotra ny olombelona rehetra. Ary efa tonga teo amin'izy ireo,ireo Irakay niaraka tamin'ireo porofo mazava. Avy eo dia maro tamin'izy ireo taorian'izany no mbola nanao fihoaram-pefy teto an-tany.

33- Ny tena valin'asan'ireo izay miady amin'i Allah sy amin'ny Irany, ary manaparitaka eto an-tany ny asa fanimbàna, dia ny hamonoana azy ireo; na ny hamantsihana azy ireo ambony hazo, na ny hanapahana ny tanan' izy ireo sy ny tongotr'izy ireo mifanohitra amin'ny andaniny, na koa ny hanaovana azy ireo sesitany. Izany no fahafaham-barakan'izy ireo eto an-tany. Ary any ankoatra, izy ireo dia hahazo famaizana lehibe.

34- Afa-tsy ireo izay nibebaka alohan'ny hahatongavany eo ambany fahefànareo. Fantaronareo àry fa Allah dia be Famelan-keloka sy be Fiantrana.

35- O! ianareo izay nino,matahora an'i Allah ianareo,ary tadiavonareo ny fomba hanatonanareo Azy akaiky. Ary manaova Jihady76 amin'ny làlany ianareo. Angamba hahazo fahombiazana ianareo.

36- Tena marina fa ireo izay tsy nino, raha ananan'izy ireo izay rehetra eto an-tany sy ny mitovy amin'izany koa mbola miampy aminy, ka omen'izy ireo hatao onitra ho amin'ny famaizana amin'ny andron'ny fitsanganana, dia tsy horaisina avy amin'izy ireo izany. Ary ho azy ireo famaizana mangirifiry.

37- Mila hivoaka avy ao amin'ny Afobe izy ireo, kanefadia tsy hivoaka ao mihitsy izy ireo. Ary ho azy ireonyfamaizana maharitra.

38- Ary ny mpangalatra lahysy ny mpangalatra vavy; ho azy roa ireo, diatapahonareo ny tànany, mba ho valin'asa nataon'izy roa sy famaizana avy amin'i Allah. Ary i Allah dia Mahery sy be Fahendrena.

39- Fa na iza na iza mibebaka taorian'ny fanaovany ny tsy rariny, sy nanarina ny tenany, tena marina fa i Allah dia mandraynyfibebahan'izy ireo. Ary tena marina fa i Allah dia be Famelan-keloka sy be Fiantrana.

40- Moa ve tsy fantatrao fa an'i Allah ny fanjakana amin'ireo lanitra sy ny tany, manasazy izay sitrany Izy, ary mamela izay sitrany. Ary i Allah dia Mahefa ny zava-drehetra.

[76]Jihad: ady masina, ezaka

TOKO FAHA:5
SORATRA AL-MA-IDAH
(NY SAKAFO VOAHOMANA )
ANDININY :120
NIDINA TAO MADINAH

41- O! ry Iraka! Aoka tsy hampalahelo anao ireo izay mihazakazaka any amin'ny tsy finoana, amin'ireo izay miteny hoe: "Mino izahay", amin'ny vavany fotsiny izany, kanefa tsy mino ny fon'izy ireo, ary amin'ireo jiosy izay zatra mihaino lainga tafahoatra, sy mihaino ny tenin'ny vahoaka hafa mbola tsy tonga taminao, mamadibadika ny teny hiala amin'ny dikany taorian'ny nandreketana azy, miteny izy ireo hoe:"Raha nomena anareo ity dia raisinareo, fa raha tsy omena anareo kosa dia mitandrema ianareo". Ary izay tian'i Allah handalo amin'ny fitsapany, dia tsy afaka hiaro azy amin'ny sazin'i Allah Ianao na dia kely aza. Izy ireny no tsy tian'i Allah ho diovina ny fony. Ho azy ireo ny fahafaham-baraka eto an-tany, ary ho azy ireo koa ny famaizana lehibe any ankoatra.

42- Fatra-pihaino lainga izy ireo ary fatra-pihinana ny fananana tsy ara-dalàna. Ka raha tonga aminao izy ireo dia tsarao izy ireo, na koa ialao. Ka raha miala azy ireo dia tsy hahavita na inona na inona aminao izy ireo. Ary raha hitsara kosa ianao dia tsarao am-pahamarinana izy ireo. Tena marina fa i Allah dia tia ireo izay mitsara araka ny rariny sy ny hitsiny.

43- Ary nahoana ianao no hatsangan'izy ireo ho mpitsara, kanefa eo ampelan-tanan'izy ireo ny Torah izay feno ao anatiny ny lalànan'i Allah. Avy eo, dia mitodi-damosina izy ireo (amin'ny fitsaranao) aorian'izany. Ary tsy mpino velively izy ireny.

44- Tena marina fa nampidina ny Torah Izahay, feno tari-dalana sy fahazavana ao anatiny. Mitsara amin'ny alalan'izany ireo Mpaminany nanolon-tena ho an'i Allah, momba ny raharahan'ny jiosy. Nitsara tamin'ny alalan'izany koa ireo mpitondra fivavahana jiosy sy ireo manam-pahaizana amim-pahalalana jiosy, noho izy ireo miandraikitra ny fitehirizana ny bokin'i Allah, ary vavolombelon'izany izy ireo. Ka aza matahotra ireo olombelona ianareo, fa matahora Ahy, ary aza mivarotra ireo fanambarako amin'ny vidiny mora kely ianareo. Ary izay tsy mitsara araka izay nampidinin'i Allah, dia ireny no tena tsy mpino.

45- Ary nodidianay tamin'izy ireo ao anatin'izany (Torah), fa ny aina solon'ny aina, ny maso solon'ny maso, ny orona solon'ny orona, ny sofina solon'ny sofina, ny nify solon'ny nify. Ny ratra dia manaraka ny lalànan'ny taliona (mitaky famaliana sahala). Ka izay namela izany ampahatsorana dia efa fanonerana ho azy. Ary izay tsy mitsara araka izay nampidinin'i Allah, dia ireny no tena mpanao ny tsy rariny.

46- Ary nalefanay taorian'izy ireo i Issa (Jesoa) zanak'i Mariamo, hanamafy izay teo alohany ao amin'ny Torah. Ary nomenay Azy ny Evanjily feno tari-dalana sy fahazavana, hanamafisana izay teo alohany ao amin'ny torah, ary tari-dalana sy fananarana ho an'ireo manam-patahorana.

47- Ary aoka ireo olon'ny Evanjily hitsara arak'izay nampidinin'i Allah ao aminy. Ary izay tsy mitsara arak'izay nampidinin'i Allah, dia ireny no tena mpanao asa ratsy.

48- Ary nampidininay aminao ny boky feno fahamarinana, manamafy ny boky izay teo alohany, ary manan-kery eo anatrehany, ka tsarao izy ireo araka izay nampidinin'i Allah. Ary aza manaraka sitrapon'izy ireo, izay manalavitra ny fahamarinana tonga taminao, nanaovanay lalàna sy drafitr'asa ny tsirairay aminareo. Ary raha sitrak'i Allah, dia

nataony ho vahoaka iray ianareo. Kanefa mba ho fitsapana anareo amin'izay nomeny anareo. Ka mifaninàna ianareo amin'ny fanaovana ireo asa tsara. Any amin'i Allah no tsy maintsy hiverenanareo rehetra; ka holazainy aminareo izay rehetra nampifanolana anareo momba Azy.

49- Ary tsarao ny amin'izy ireo, arak'izay nampidinin'i Allah. Ary aza manaraka sitrapon'izy ireo ianao, ary mitandrema amin'izy ireo ianao mba tsy hampanalavitra anao amin'ny ampahan'ny fanambarana izay nampidinin'i Allah taminao. Fa raha mitodi-damosina izy ireo, fantaro fa tena tian'i Allah ny hanasazy azy ireo noho ny sasan-tsasany amin'ny fahotan'izy ireo. Ary tena marina fa maro amin'ny olombelona no tena mpanao ratsy.

50- Moa ve ny fitsarana tamin'ny andron'ny habadoana no tadiavin'izy ireo? Ary iza no manao fitsarana mendrika noho Allah, ho an'ireo vahoaka feno fitokisana?

51- O! ianareo izay nino! Aza mandray ireo jiosy sy kristianina ho mpiahy ianareo, izy ireo dia samy mifampiahy, ary izay maka azy ireo ho mpiahy aminareo dia efa namany. Tena marina fa Allah dia tsy mitari-dàlana ny vahoaka mpanao ny tsy rariny.

52- Ka ho hitanao ireo izay manana aretina ao am-pony mihazakazaka mankany amin'izy ireo sy miteny hoe:"Matahotra izahay sao hivadika aty aminay ny ratsy".Ka angamba i Allah hanome fandresena, na hanome baiko avy aminy, ka hahatonga azy ireo hanenina tamin'izay nafeniny tao amin'ny tenany.

53- Ary hiteny ireo izay nino hoe:"Moa ve izy ireo no nianiana tamin'i Allah nihizingizina amin'ny heriny rehetra, fa miaraka aminareo tokoa izy ireo?". Ho foana tanteraka ny asan'izy ireo, ka ho lasa maty antoka izy ireo.

54- O! ianareo izay nino! Izay miverin-dàlana amin'ny finoany aminareo… dia hitondran'i Allah vahoaka izay tiany sady tia Azy, manetri-tena eo anatrehan'ireo mpino, ary maneho ny heriny eo anatrehan'ireo tsy mpino, manao jihad (ady masina, ezaka) amin'ny làlan'i Allah izy ireo, ary tsy matahotra ny tsiny avy amin'ny mpanome tsiny. Izany dia fahasoavan'i Allah, omeny izay sitrany. Ary Allah dia manerana izao rehetra izao sy mahalala ny zava-drehetra.

55- Tena marina fa ny tena mpiahy anareo dia Allah, sy ny Irany, ary ireo nino izay manatanteraka ny Soalat, sy mamoaka ny Zakat, ary ireo izay mpanao ny fiondrehana (amin'i Allah).

56- N'iza n'iza mandray an'i Allah ho mpiahy, sy ny Irany, ary ireo izay mino, marina fa ny antokon'i Allah no ho mpandresy.

57- O! Ianareo izay nino! Aza mandray ireo izay mandray ny finoanareo amin'ny kivazivazy sy kilalao, amin'ireo izay nomena ny boky talohanareo, sy ireo tsy mpino ho mpiahy ianareo. Ary matahora an'i Allah raha tena mpino marina ianareo.

TOKO FAHA:5
SORATRA AL-MA-IDAH
(NY SAKAFO VOAHOMANA )
ANDININY :120
NIDINA TAO MADINAH

58- Ary rehefa miantso ho amin'ny Soalat ianareo, dia raisin'izy ireo ho kivazivazy izany sy kilalao. Izany dia satria tena vahoaka tsy misaina izy ireo.

59- Teneno hoe:"O! ry olon'ny boky! Moa ve mankahala anay ianareo afa-tsy noho izahay mino an'i Allah sy izay nampidinina taminay, ary izay nampidinina tany aloha?". Tena marina fa ny ankamaroanareo dia mpanao asa ratsy.

60- Teneno hoe: "Moa ve hambarako anareo ny ratsy kokoa mihoatra an'izany, amin'ny valin'asa eo anatrehan'i Allah? Dia izay nozonin'i Allah, sy nampiharany ny hatezerany, ary ny sasany amin'izy ireo nataony lasa gidro sy kisoa, ary nanompo ny Tàghout[77]. Izy ireny no ratsy toerana indrindra sy tena very lavitra niala amin'ny làlana mahitsy.

61- Ary raha tonga aminareo izy ireo dia hiteny hoe:"Mino izahay", nefa niditra niaraka amin'ny tsy finoana izy ireo ary nivoaka koa niaraka aminy. Ary Allah no tena mahafantatra izay afenin'izy ireo.

62- Ary ho hitanao ny maro amin'izy ireo, hihazakazaka amin'ny fahotana sy ny fandikan-dalàna ary ny fihinanana harena tsy ara-dalàna. Ratsy tokoa izany asa ataon'izy ireo izany!

63- Nahoana moa ireo mpitondra fivavahana jiosy sy ireo manam-pahaizana amim-pahalalana ara-pinoana no tsy mba mandrara azy ireo amin'ny fanaovana ny teny feno fahotana, sy amin'ny fihinanana harena tsy ara-dalàna? Ratsy tokoa izany ataon'izy ireo izany!

64- Ary niteny ireo jiosy hoe: "Ny tànan'i Allah dia mikombona". Ny Tànan'izy ireo no mikombona, ary voahozona izy ireo noho ny teny nataony. Tsia! Ny tànany roa (Allah) dia mivelatra tsara, mizara araka izay sitrany Izy. Ary tena marina fa izay nampidinina taminao avy amin'ny Tomponao dia tena hampitombo betsaka amin'ny ankamaroan'izy ireo ny fihoaram-pefy sy ny tsy finoana. Ary norangitina tamin'izy ireo ny fifanoherana sy ny fifankahalana, mandra-pahatongan'ny andron'ny fitsanganana. Isaky izy ireo mandrehitra afo ho amin'ny ady, dia vonoin'i Allah izany. Ary miezaka izy ireo mampiely eto ambonin-tany ny asa fanimbana. Ary i Allah dia tsy tia ireo mpanao ny asa fanimbana.

65- Ary raha tena nino sy natahotra ireo olon'ny Boky, dia tena nofafanay amin'izy ireo ny asa ratsiny, ary tena ampidirinay ao anatin'ny zaridainan'ny fahasambarana (Paradisa) izy ireo.

66- Ary raha tena nampihatra ny Torah sy ny Evanjily izy ireo, sy izay nampidinina tamin'izy ireo avy tamin'ny Tompony, dia tena nihinana ny avy ao amboniny sy ny avy ao ambanin'ny tongony izy ireo. Misy amin'izy ireo novahoaka tsara tantana, ary maro amin'izy ireo no ratsy tokoa ny asa izay ataony.

---

[77] Tàghout: anarana iantsoana ny zava-drehetra izay tompoina na ianteherana ankoatran'I Allah; sampy, tromba, ombiasy,…

TOKO FAHA:5
SORATRA AL-MA-IDAH
(NY SAKAFO VOAHOMANA )
ANDININY :120
NIDINA TAO MADINAH

67- O! ry Iraka! Ampitao izay nampidinina taminao avy amin'ny tomponao. Fa raha tsy manao izany ianao dia tsy tafitanao ny hafatra nalefany, ary i Allah dia hiaro anao amin'ny olombelona. Tena marina fa i Allah dia tsy mitari-dàlana ireo vahoaka tsy mpino.

68- Teneno hoe: “O! ry olon'ny boky! Tsy inona na inona ianareo raha tsy mampihatra ny Torah sy ny Evanjily sy izay nampidinina taminareo avy tamin'ny Tomponareo”. Ary tena nampitombo ny fihoaram-pefy sy ny tsy finoana tamin'ny maro amin'izy ireo izay nampidinina taminao avy amin'ny Tomponao. Ka aza miferinaina amin'ireo vahoaka tsy mpino ianao.

69- Tena marina fa ireo izay nino, sy ireo jiosy, sy ireo sabeanina (olon'ny sabata), ary ireo kristianina, izay nino an'i Allah, sy ny andro farany amin'izy ireo, ary nanao ny asa soa dia tsy misy tahotra amin'izy ireo ary tsy halahelo izy ireo.

70- Efa noraisinay ny faneken'ny zanak'Israely, ary nandefa iraka maro tamin'izy ireo Izahay. Kanefa isaky ny misy Iraka tonga amin'izy ireo, mitondra izay tsy mifanaraka amin'ny sitrapony, dia noraisiny ho mpandainga ny sasany, ary ny sasany hafa dia novonoin'izy ireo.

71- Ary eritreretin'izy ireo fa tsy hisy ny famaizana ka lasa jamba sy marenina izy ireo. Avy eo dia noraisin'i Allah ny fibebahan'izy ireo. Avy eo dia lasa jamba sy marenina indray ny ankamaroan'izy ireo. Ary i Allah dia mahita tokoa izay ataon'izy ireo.

72- Efa tsy nino (tena nikomy tokoa) ireo izay niteny hoe: “Tena marina fa Allah dia i Mesia (Jesoa) zanak'i Mariamo (Maria)”. Ary niteny i Mesia (Jesoa) hoe: “O! ry zanak'Israely! Aoka hanompo an' Allah, Tompoko sy Tomponareo ianareo”. Tena marina fa n'iza n'iza mampikambana an'Allah amin'ny zavatra hafa, dia efa nonoràn' Allah aminy ny Paradisa; ary ny Afobe no ho fonenany. Ary tsy hanana mpanavotra mihitsy ireo mpanao ny tsy rariny.

73- Tena efa tsy nino ireo izay miteny hoe: “Allah dia tena Iray amin'ny Telo (Trinité)”. Nefa tsy misy Zanahary Tompo afa-tsy Zanahary tokana ihany (Allah). Ary raha tsy mijanona amin'izay teneniny izy ireo, dia tena hahazo ny famaizana mangirifiry ireo izay tsy nino amin'izy ireo.

74- Moa ve tsy hibebaka amin'i Allah izy ireo sy hangataka Aminy ny famelan-keloka? Ary Allah dia be famelan-keloka, be fiantrana.

75- Tsy iza akory i Mesia (Jesoa) zanak'i Mariamo, afa-tsy Iraka ihany. Efa maro ireo Iraka nandalo teo alohany. Ary ny reniny dia vehivavy marina. Samy nihinana sakafo izy roa. Jereo fa ahoana no anazavanay amin'izy ireo, ireo famantarana, avy eo jereo, manao ahoana ny fomba hivadihan'izy ireo!

# TOKO FAHA:5
# SORATRA AL-MA-IDAH
# (NY SAKAFO VOAHOMANA )
# ANDININY :120
# NIDINA TAO MADINAH

76- Teneno hoe: “Manompo zavatra hafa ankoatran’i Allah ve ianareo, izay tsy manana fahefana hanao na ny ratsy, na ny tsara aminareo?” Ary i Allah no Ilay tena Maheno, Ilay Mahalala ny zava-drehetra.

77- Tenenohoe: “O! ry olon’ny Boky! Aza manitatra be loatra amin’ny finoanareo ankoatry ny marina ianareo. Ary aza manaraka ny sitrapon’ny vahoaka izay efa very tany aloha ianareo, ary nanary olona betsaka ka niala tamin’ny làlana mahitsy.

78- Voahozona ireo izay tsy nino, tamin’ny zanak’Israely, tamin’ny alalan’ny vavan’i Daod sy i Issa (Jesoa) zanak’i Mariamo. Izany dia noho izy ireo tsy nankatò sy nandika ny didy aman-dalàna.

79- Tsy nifandràra tamin’ny fanaovan-dratsy izay nataony izy ireo. Tena ratsy tokoa izany ny asa izay nataon’izy ireo!

80- Ho hitanao ny maro amin’izy ireo maka ho mpiahy ireo izay tsy nino. Tena ratsy tokoa izay natolotr’izy ireo ho an’ny tenany, ka niharan’ny hatezeran’i Allah izy ireo, ary hitoetra ao anatin’ny sazy mandrakizay izy ireo.

81- Ary raha nino an’i Allah, sy ny Mpaminany ary izay nampidinina taminy izy ireo, dia tsy nandray ireo tsy mpino ho mpiahy velively izy ireo. Kanefa maro amin’izy ireo no mpanao asa ratsy.

82- Tena ho hitanao fa ny olona tena mandray indrindra ireo izay mino ho fahavalo dia ny jiosy sy ireo izay manompo sampy. Ary tena ho hitanao fa ireo izay tena akaiky ireo mpino amin’ny fifankatiavana dia ireo izay miteny hoe: “Izahay dia kristiana”. Izany dia satria, misy amin’izy ireo no pretra na pasitora, sy relijiozy, ary tsy manambony tena mihitsy izy ireo.

83- Ary rehefa maheno izay nampidinina tamin'ilay Iraka izy ireo, dia hitanao fa mirotsa-dranomaso ny mason'izy ireo noho nyfahafantaran'izy ireo ny fahamarinana. Miteny izy ireo hoe:"Ry Tomponay o! Mino ka soraty àryizahay miaraka amin'ireo mpijoro vavolombelona.

84- Ary ahoana izahay no tsy hino an'i Allah sy ny marina izay tonga aminay. Nefa izahay dia maniry ny mba hampidirin'ny Tomponay miaraka amin'ireo vahoaka mpanao soa.

85- Ka namaly azy ireo soa i Allah noho izay notenenin'izy ireo, dia zaridaina maro misy ireo renirano mikoriana ao ambaniny, hitoetra ao mandrakizay izy ireo. Ary izany no valisoan'ireo mpanao soa.

86- Ary reo izay tsy nino sy nilaza ho lainga ireo fanambaranay, izy ireny no olon'ny afobe.

87- O! ianareo izay nino, aza mandrara ireo tsara amin'izay tsy nampifadian'i Allah taminareo ianareo ary aza mandika lalàna. Tena marina fa Allah dia tsy tia ireo mpandika lalàna.

88- Ary mihinàna amin'izay anjara tsy voarara sady tsara nomen'i Allah anareo ianareo. Ary matahora an'i Allah, izay ianareo no mpino Azy tanteraka.

89- Allah dia tsy hanasazy anareo amin'ny teny tsy vokatry ny fò amin'ny fiananananareo, fa hanasazy anareo kosa Izy amin'ny tena fianianana ao am-ponareo. Ka ny fanonerana an'izany dia fampihinanana sakafo ny mahantra folo amin'ny antonony izay hampihinananareo ny fianakavianareo, na ny fampitafiana azy ireo, na koa ny famotsorana andevo iray. Ka ho an'izay tsy mahita an'izany dia manao fifehezana telo andro izy. Izany no fanonerana ny fiananananareo rehefa nianiana ianareo. Ka aoka hitandrina tsara amin'ny fiananananareo ianareo. Toy izany no hanazavan' Allah aminareo ireo fanambarany, angamba hankasitraka ianareo.

90- O! ianareo izay nino! Tena marina fa ny toaka sy ny loka, ireo vato natao sampy, ireo zana-tsipika (fanandroana) dia zava-mahatsiravina anisan'ny asan'ny satana ka halavironareo izany, angamba hahazo fahombiazana ianareo.

91- Tena marina fa, i Satana dia mila handatsaka anareo ao anatin'ny fifanoherana sy ny fifankahalana avy amin'ny toaka sy ny loka, ary hanakana anareo amin'ny fahatsiarovana an'i Allah sy amin'ny Soalat. Ka moa ve hitsahatra amin'izany ianareo?

92- Ary ankatoavinareo i Allah sy ankatoavinareo koa ny Iraka ary mitandrema ianareo! Ka raha mitodi-damosina ianareo… dia fantaronareo fa ny tena adidin'ny Irakay dia ny fampitana ny hafatra mazava.

93- Tsy hananan'ireo izay nino sy nanao asa soa tsiny ny amin'izay nohanin'izy ireo raha natahotra sy nanao asa soa izy ireo; avy eo natahotra sy nino izy ireo, avy eo koa natahotra sy nanao soa. Ary i Allah dia tia ireo mpanao soa.

94- ! ianareo izay nino! tena hotsapain' Allah ianareo amin'ny haza azon'ny tananareo sy ny lefonareo, mba hahafantaran' Allah izay matahotra Azy ankinafina. Ka na iza na iza mandika ny didy aman-dalàna aorian'izany dia ho azy ny sazy mangirifiry

95- O! ianareo izay nino! Aza mamono biby fihaza ianareo raha mbola ao anatin'ny Ihram[78]. Ary izay mamono izany aminareo antsitra-po dia manolo mitovy amin' izay biby novonoiny izy, ka hitsara izany ny olona roa azo antoka (mijoro amin'ny fahamarinana) avy aminareo, ho fanatitra amin'ny Ka'aba[79], na fanonerana dia ny fampihinanana sakafo ireo mahantra, na ny fifehezana mifandanja amin'izany, mba hanadramany ny voka-dratsin'ny asa izay nataony. Nandefitra Allah amin'ny izay efa lasa, ary izay mamerina dia hosazian' Allah. Ary Allah dia Mahery sy Tompon'ny fanasaziana

96- Tsy voarara ho anareo ireo hazan-dranomasina, ary ny sakafo ao aminy dia fahafinaretana ho anareo sy ho an'ny mpandeha. Ary tsy azonareo atao ny mihaza an-tanety raha mbola ao anatin'ny Ihram ianareo. Ary matahora an'i Allah ianareo, any aminy no hamoriana anareo.

97- Nataon'i Allah ny Ka'aba, ilay trano masina, ho fitsanganan'ny olona (mba hanaovana fanompoana), sy ny volana masina sy ireo atao fanatitra ary ny haingo famantarana (toy ny ravaka atao amin'ny biby fanatitra). Izany dia mba hahafantaranareo fa i Allah dia Mahalala izay rehetra any amin'ireo lanitra sy ny ety an-tany, ary Allah dia Mahafantatra ny zava-drehetra.

98- Fantaronareo fa Allah dia tena mafy sazy, ary koa i Allah dia be Famelan-keloka sy be Fiantrana.

99- Tsy manana adidy ny Iraka afa-tsy ny fampitana ny hafatra, ary Allah dia mafantatra izay abaribarinareo sy izay afeninareo.

100- Teneno hoe: "Tsy mitovy ny ratsy sy ny tsara na dia mahaliana (mahasarika) anao aza ny fahabetsahan'ny ratsy, ka mahatahora an'i Allah ianareo ry mahatsilo saina, angamba hahazo fahombiazana ianareo.

101- O! ianareo izay nino! Aoka ianareo tsy hanontany zavatra maro, raha aseho anareo izany dia hanahirana anareo (ho ratsy aminareo), ary raha manontany izany ianareo eo amin'ny fotoana ampidinana ny Korany, dia haseho aminareo izany. Efa nandeferan'i Allah ianareo amin'izany. Ary Allah dia be Famelan-keloka sy tsara Fanahy indrindra.

102- Efa nisy nanontany izany ny vahoaka talohanareo, avy eo nitarika azy ireo tsy hino izany.

103- Allah dia tsy nanao ny Bahîraty80, ny Sâibaty81, ny Oasîlaty82, Hâmy83, fa kosa ireo tsy nino no namorona lainga momba an'i Allah. Ary ny ankamaroan'izy ireo dia tsy misaina.

[78] Ihram: Fady tandremana mandritra ny fivahinianana masina (Haj sy Omra) izay manomboka amin'ny fikasana hatramin'ny farany.
[79] Ka'aba: trano masin'i Allah any Makka.
[80] Bahîraty: rameva vavy in-dimy niteraka nolavahana ny sofiny mba hanavahana azy sy natokana atao sorona ho an'ny sampy.
[81] Sâibaty: rameva navela nandeha malalaka sy natokana atao sorona amin'ny sampy.
[82] Oasîlaty: ondry vavy niteraka in-dimy nisesy.
[83] Hâmy: rameva lahy niray tamin'ny rameva vavy niteraka in-polo mifanesy , ka isaky ny miray dia manan-janaka.

104- Raha tenenina izy ireo hoe: “Avia ianareo ho amin’izay nampidinin’i Allah sy ho amin’ny Iraka”, dia miteny izy ireo hoe: “Ampy anay izay azonay tamin’ireo razam-benay tany aloha”. Na dia tsy mahalala na inona na inona aza ireo razam-ben’izy ireo, sy tsy manaraka làlana mihitsy.

105- O! ianareo izay nino, tandrovy ny tenanareo, tsy hisy fiantraikany aminareo ireo izay very làlana raha manaraka ny làlana mahitsy ianareo. Any amin’i Allah no hiverenanareo rehetra; ka hampahafantariny anareo izay nataonareo

106- O! ianareo izay nino, raha tojo ny iray aminareo ny fahafatesana dia aoka hamarinin’ny lehilahy roa azo antoka avy aminareo, na lehilahy roa hafa ivelanareo ny hafatry ny maty amin’ny didim-panànana raha any am-pandehanana lavitra ka tonga aminareo ny fahafatesana, tazominareo izy roa ireo aorian’ny Soalat, mianiana amin’i Allah izy roa, raha misalasala ianareo, hoe : “tsy mitady vidiny izahay amin’izany na dia amin’ny havana akaiky aza, ary izahay dia tsy manafina velively amin’ny fijoroana vavolombelona amin’i Allah. Raha tsy izany izahay dia anisan’ireo mpanota”.

107- Raha vao hita fa nahavita fahotana izy roa, dia aoka hisy roa hafa amin’ny fianakavian’ilay maty mitsangana hisolo toerana azy roa ka mianiana amin’i Allah izy roa hoe: “Tena marina fa ny fijoroanay vavolombelona dia tena marina kokoa noho ny fijoroan’izy roa vavolombelona, ary tsy mandika lalàna velively izahay, raha tsy izany dia anisan’ireo mpanao ny tsy rariny”.

108- Izany no fomba mahomby indrindra mba hijoroan’izy ireo vavolombelona amin’ny tena endriny; na koa hatahotra izy ireo mba tsy haverina ny fianianana aorian’ny fianianan’izy ireo. Ary matahora an’ Allah ianareo sy mihainoa, ary Allah dia tsy mitari-dàlana ny vahoaka mpanao ratsy.

109- Amin’ny andro izay hamorian’ Allah ireo Iraka ka hiteny Izy hoe: “Inona ny valin-teny navaly anareo?” Dia hiteny izy ireo hoe: “Tsy manam-pahalalana velively izahay, tena marina fa Ianao no tena Mahalala ny zava-miafina”.

110- Rehefa miteny i Allah hoe: “O! ry Issa zanak’i Mariamo! Tsarovy ny fahasoavako taminao sy tamin’ny reninao, raha nampahereziko ianao tamin’ny alàlan’ny Fanahy Masina. Niteny tamin’ny olombelona fony vao teraka teo ambony fandriana ianao, sy tamin’ny fahamatorana ihany koa. Ary nampianariko ny boky sy ny fahendrena, ary ny Thorà sy ny Evanjely ianao. Ary raha nanamboatra toy ny endrika vorona (sarim-borona) avy tamin’ny tanimanga noho ny heriko ka notsofinao izany, dia lasa tena vorona noho ny heriko. Ary nanasitrana ny jamba sy ny boka noho ny heriko ianao. Ary namelona ireo maty noho ny heriko ianao. Ary narovako tamin’ny zanak’Israely ianao raha nitondra tamin’izy ireo ny porofo mazava ianao”. Nefa niteny ireo tsy nino tamin’izy ireo hoe: “Tsy inona io afa-tsy majika miharihary”.

111- Ary tsarovy raha nanambara tamin'ireo Apostoly Aho hoe: "Minoa Ahy sy ny Irako (Issa) ianareo", dia niteny izy ireo hoe; "Mino izahay; ary aoka ianao ho vavolombelona fa izahay dia mpanaiky an'i Allah".

112- Raha niteny ireo Apostoly hoe: "O! ry Issa zanak'i Mariamo! Moa ve afaka mampidina aminay latabatra feno sakafo avy any an-danitra ve ny Tomponao?" Niteny Izy (Issa) hoe: "Matahora an'i Allah ianareo raha mpino marina".

113- Niteny izy ireo hoe: "Maniry ny mba hihinana amin'izany izahay sy ny mba hampitony ny fonay, ary ny mba hahalalànay fa tena milaza ny marina aminay tokoa ianao, ary mba ho anisan'ny vavolombelona amin'izany izahay.

114- Niteny i Issa zanak'i Mariamo hoe; "O! ry Allah, Tomponay! Ampidino aminay ny latabatra feno sakafo avy any an-danitra mba ho fety ho anay, ka ho an'ny voalohany aminay sy ho an'ny farany, ary ho fanambarana avy Aminao. Ary omeo anjara sakafo izahay: fa Ianao no mendrika indrindra amin'ireo mpanome anjara".

115- Niteny i Allah hoe: "Tena marina fa Izaho dia hampidina izany aminareo ,fa izay tsy mino aminareo aorian'izany, Izaho dia tena hanasazy azy amin'ny sazy izay tsy hanasaziako an'iza na iza amin'izao tontolo izao".

116- Ary raha niteny i Allah hoe "O! ry Issa zanak'i Mariamo, moa ve Ianao no niteny tamin'olona hoe raiso aho sy ny reniko, ho Zanahary roa ankoatran'i Allah?" . Niteny i Issa hoe: "Dera sy voninahitra ho Anao! Tsy afaka hiteny amin'izay tsy nananako zo aho! Raha tsy niteny an'izany aho dia efa fantatrao. Mahalala ny ato amiko Ianao fa izaho kosa tsy mahalala ny ao Aminao .Tena marina fa Ianao no tena Mahalala ny miafina rehetra.

117- Tsy niteny tamin'izy ireo aho afa-tsy izay nandidianao ahy (ho ataoko fa) hoe: "Tompoinareo Allah Tompoko sy Tomponareo". Ary izaho no vavolombelona tamin'izy ireo fony mbola teo amin'izy ireo aho. Fa rehefa nalainao kosa aho dia Ianao no Ilay Mpanara-maso azy ireo. Ary Ianao no Vavolombelona amin'ny zava-drehetra.

118- Raha hanasazy azy ireo Ianao, izy ireo dia mpanomponao, raha hamela azy ireo kosa Ianao, tena marina fa Ianao no Ilay Mahery, Ilay be Fahendrena.

119- Niteny Allah hoe: "Ity no andro izay hahazoan'ireo olona marina tombontsoa tamin'ny fahamarinan'izy ireo; ho azy ireo ny zaridaina maro misy renirano mikoriana ao ambaniny, hitoetra ao mandrakizay izy ireo. Nankasitraka azy ireo Allah, ary izy ireo koa dia nankasitraka Azy. Izany ilay fahombiazana lehibe.

120- An' Allah irery ihany ny fanjakana any amin'ireo lanitra sy ny tany sy izay rehetra ao aminy. Ary Izy no Mahefa ny zava-drehetra.

TOKO FAHA:6
SORATRA AL-AN’AM
(IREO BIBY FIOMPY)
ANDININY 165
NIDINA TAO MAKKAH

Amin’ny anaran’i Allah,Ilay be fiantrana, Ilay be Indrafo

1- Dera ho an’i Allah izay Nahary ireo lanitra sy ny tany; ary nanao ny haizina sy ny hazavana. Kanefa ireo izay tsy nino ny Tompony dia mampitovy Azy amin’ny zavatra hafa.

2- Izy no Nahary anareo avy tamin’ny tanimanga; avy eo nandahatra fe-potoana izy, ary ny fotoana voatondro farany dia any Aminy. Kanefa ianareo mbola misalasala ihany.

3- Ary Izy no Allah (Ilay Zanahary Tokana) any amin’ireo lanitra sy ety an-tany, Mahalala izay afeninareo sy ahariharinareo, ary Mahalala izay azonareo.

4- Ary tsy misy famantarana tonga teo amin’izy ireo, amin’ireo famantarana avy amin’ny Tompon’izy ireo, afa-tsy hoe: tsy noraharahain’izy ireo izany.

5- Ary tena nolazain’izy ireo ho lainga ny fahamarinana rehefa tonga tamin’izy ireo. Ka ho tonga amin’izy ireo ireo vaovaon’izay novazivazian’izy ireo.

6- Tsy hitan’izy ireo ve, firifiry no naringanay tamin’ireo taranaka talohan’izy ireo? Nomenay fahefana izy ireo teto an-tany, izay tsy nomenay anareo, ary nampidininay ho azy ireo ny ranon’orana avy any an-danitra, ary nampikorianinay eo ambanin’izy ireo ireo renirano. Ary naringanay izy ireo noho ny fahotany, ary nampisy taranaka hafa Izahay taorian’izy ireo.

7- Ary na dia nampidina taminao ny Boky vita amin’ny taratasy izahay ka nokasihin’izy ireo tamin’ny tànan’izy ireo izany, dia mbola ho niteny ihany ireo izay tsy nino hoe: “Tsy inona ity fa majika miharihary!”.

8- Ary niteny izy ireo hoe: “nahoana no tsy nampidinina taminy ny Anjely?” Nefa raha nampidina Anjely Izahay, dia tena tapitra teo ny raharaha, ary tsy nomena fe-potoana intsony izy ireo.

9- Ary raha nataonay Anjely izany (ny Mpaminany) dia tsy maintsy nataonay ho lehilahy, ka mbola nataonay tsy hazava amin’izy ireo ihany tahaka ny tsy mampahazava izany amin’izy ireo.

10- Ary tena efa novazivaziana ireo Iraka maro talohanao, ka niverina tamin’ireo izay namazivazy ny kivazivazy izay nataony.

11- Teneno hoe mandehana ianareo ka tetezo ny tany rehetra, avy eo jereonareo ahoana ny fiafaran’ireo mpilaza fa lainga (ny hafatra).

12- Teneno hoe: “An’iza izay rehetra any amin’ireo lanitra sy ny eto an-tany?” Teneno hoe: “Ho an’i Allah”, nandidy ny famindram-po ho an’ny Tenany Izy. Tsy maintsy hamory anareo Izy amin’ny andro fitsanganana (maty), tsy misy fisalasalana ny amin’izany. Ireo izay nahafantiantoka ny tenany dia tsy hino velively izy ireo.

13- Ary Azy izay mitoetra rehetra amin’ny alina sy ny atoandro, ary Izy Ilay Maheno, Ilay Mahalala ny zava-drehetra.

14- Teneno hoe: “Ankoatran’i Allah ve no ataoko Mpiahy, Ilay Mpahary ireo lanitra sy ny tany, ary Izy no mampihinana ary tsy ampihinanina?” Teneno hoe: “Tena marina fa

nodidiana aho mba voalohany ho manetry tena". Ary aoka ianao mba tsy ho anisan'ireo mpampitambatra (an'i Allah amin'ny zavatra hafa).

15- Teneno hoe: "Tena matahotra aho, raha tsy mankatò ny Tompoko aho, ny sazy amin'ny andro lehibe.

16- Amin'izany andro izany, izay ankalavirina (amin'ny sazy) dia tena namindra fo aminy Izy (Allah); ary izany no fahombiazana tena mazava.

17- Raha mandefa fahoriana aminao i Allah dia tsy misy afaka manala izany afa-tsy Izy ihany, ary raha mandefa fahasoavana aminao Izy... satria Izy dia tena Mahefa ny zava-drehetra.

18- Izy no Tompom-pahefana amin'ireo mpanompony. Ary Izy Ilay be Fahendrena sy tena Mahalala ny zava-drehetra.

19- Teneno hoe: "Inona no zavatra lehibe indrindra amin'ny fijoroana vavolombelona?" Teneno hoe: "Allah dia Vavolombelona manoloana ahy sy ianareo; Nalefa amiko ny ity Koro'any ity mba hampitandremako anareo amin'ny alàlany, sy izay rehetra ahatongavany". Moa ve tena mijoro vavolombelona ianareo fa misy zanahary hafa miaraka amin'i Allah? Teneno hoe: "Tsy mijoro vavolombelona kosa aho". Teneno hoe: "Tena marina fa Izy dia Zanahary Tokana, ary izaho dia mitsipaka tanteraka amin'izay akambanareo Aminy.

20- Ireo izay nomenay ny Boky dia mahafantatra azy (Iraka) tsara, tahaka izy ireo mahafantatra ireo zanany. Ireo izay namono antoka ny tenany dia izy ireo no tsy mino.

21- Iza àry no tena mpanao ny tsy rariny mihoatra izay nampandainga an'i Allah na nilaza fa lainga ireo famantarany? Tena marina fa tsy hahita fahombiazana mihitsy ireo mpanao ny tsy rariny.

22- Ary amin'ny andro izay hamorianay azy rehetra ireo, ka hitenenanay amin'ireo izay nampikambana an'i Allah amin'ny hafa hoe: "Aiza àry ireo izay nakambanareo taminy (Allah) izay ireharehanareo?

23- Ka tsy misy notenenin'izy ireo intsony, tamin'ny fitsapana nahazo azy ireo, afa-tsy ny hoe: "Mianiana amin'i Allah Tomponay izahay fa tsy nampikambana Azy velively!"

24- Jereo fa ahoana izy ireo no mandainga amin'ny tenany ihany, ary nandao azy ireo izay noforonony.

25- Ary misy amin'izy ireo izay mihaino anao, nefa nasianay sarona ny fòn'izy ireo; mba tsy ahazoan'izy ireo azy (ny Koro'any), ary voatampina ny sofin'izy ireo. Na dia mahita ireo porofo rehetra aza izy ireo dia tsy hino an'izany velively. Rehefa tonga hiady hevitra aminao izy ireo, dia hiteny ireo izay tsy nino hoe: "Tsy inona izany afa-tsy anganon'ireo olona taloha".

26- Izy ireo dia mandrara ny olona tsy hanatona azy sady manalavitra azy, ary izy ireo dia tsy mandringana afa-tsy ny tenany ihany, saingy tsy tsapan'izy ireo izany.

27- Ary raha hitanao, rehefa hatsangana izy ireo eo amoron'ny Afobe, dia hiteny izy ireo hoe: "Indrisy! Raha mba haverina (any ambonin'ny tany) izahay dia tsy hilaza fa lainga ireo fanambaran'ny Tomponay ary ho anisan'ireo olona mpino izahay.

TOKO FAHA:6
SORATRA AL-AN'AM
(IREO BIBY FIOMPY)
ANDININY 165
NIDINA TAO MAKKAH

28- Nefa tsy izany! Hiseho amin'izy ireo izay nafeniny teo aloha. Ary raha naverina (any ambonin'ny tany) izy ireo dia tsy maintsy mbola hiverina amin'izay nandraràna azy ireo ihany. Ary tena marina fa izy ireo dia mpandainga.

29- Ary miteny izy ireo hoe: "Tsy misy ho anay afa-tsy ny fiainana eto an-tany ihany, ary izahay dia tsy hatsangana amin'ny maty velively.

30- Ary raha hitanao, rehefa hatsangana izy ireo eo anatrehan'ny Tompony. Hiteny Izy (Allah) hoe: "Moa tsy marina ve izao?" Hiteny izy ireo hoe: "Eny! Ary miniana amin'ny Tomponay izahay". Hiteny Izy (Allah) hoe: "Ka andramonareo àry ny sazy noho ianareo tsy nino.

31- Tena maty antoka tokoa ireo izay nilaza fa lainga ny fihaonana amin'i Allah. Ary raha tonga tampoka amin'izy ireo ny ora, dia hiteny izy ireo hoe: "Loza ho anay amin'ny tsirambina izay nataonay momba izany! Ary izy ireo dia hitondra ny vesatra (ny fahotany) ao an-damosiny. Ary tena ratsy tokoa izany vesatra entiny izany!

32- Ary tsy inona akory ny fiainana eto an-tany raha tsy kilalao sy rendrarendra ihany. Ary ny fonenana any ankoatra kosa dia tsara indrindra ho an'izay matahotra. Moa ve tsy mba misaina ianareo?

33- Efa fantatray tena mampalahelo anao tokoa izay tenin'izy ireo; tena marina fa izy ireo dia tsy mampadainga anao akory, kanefa ireo mpanao ny tsy rariny kosa dia mitsipaka ireo fanambaran'i Allah.

34- Ary efa nolazaina ho mpandainga ireo iraka talohanao, ka niharitra izy ireo tamin'ny nilazana azy ireo ho mpandainga sy tamin'ny fampijaliana nanjò azy ireo, mandra-pahatonga tamin'izy ireo ny fanavotanay. Ary tsy misy afaka manova ireo tenin'i Allah, ary efa tonga taminao ny ampahan'ny tantaran'ireo Iraka.

35- Na dia mafy taminao aza ny fitsipahan'izy ireo, koa raha afaka hitady làlana any ambanin'ny tany ianao, na tohatra hiakarana any an-danitra mba hitondrànao amin'izy ireo ny fahagagana, (dia ataovy àry izany). Raha sitrak'i Allah dia navoriny tamin'ny làlana mahitsy izy ireo, aoka ianao tsy ho anisan'ireo olona bado!

36- Ireo izay maheno ihany no mamaly ny antso. Ary ny maty rehetra dia hatsangan'i Allah; avy eo any Aminy no hamerenana azy ireo.

37- Ary niteny izy ireo hoe: "Nahoana no tsy nisy fahagagana nampidinina taminy avy amin'ny Tompony?" Teneno hoe: "Tena marina fa i Allah dia afaka mampidina fahagagana. Kanefa ny ankamaroan'izy ireo dia tsy mahalala.

38- Ary tsy misy biby mandeha eto ambonin'ny tany, sy vorona manidina amin'ny elany roa, ka tsy manana fiaraha-monina tahaka anareo. Tsy misy zavatra nataonay tsirambina ao anatin'ny Boky na dia kely aza, avy eo any amin'ny Tompon'izy ireo no hamoriana azy ireo (amin'ny andro farany).

39- Ary ireo izay nilaza fa lainga ireo fanambaranay dia marenina sy moana ao anatin'ny haizim-pito. Izay sitrak'i Allah dia ho vereziny, ary koa izay sitrany dia tantaniny amin'ny làlana mahitsy.

TOKO FAHA:6
SORATRA AL-AN'AM
(IREO BIBY FIOMPY)
ANDININY 165
NIDINA TAO MAKKAH

40- Teneno hoe: "Lazaonareo aho: raha tonga aminareo ny famaizan'i Allah, na koa tonga aminareo ilay Ora (andro farany), moa ve ankoatran'i Allah no antsoinareo, raha toa ka marina ny anareo?".

41- Tsia! Izy irery ihany no antsoinareo ka hampisava izay antony niantsoanareo Azy, ary hanadino izay nakambanareo taminy (Allah) ianareo.

42- Ary efa nandefa (ireo Iraka) tamin'ny vahoaka maro talohanao Izahay, ka notsapainay izy ireo tamin'ny alàlan'ny fahoriana sy ny aretina, angamba hanetri-tena izy ireo.

43- Nahoana àry, rehefa tonga tamin'izy ireo ny fitsapanay, no tsy mba nanetri-tena izy ireo? Kanefa nihamafy ny fòn'izy ireo, ary nohaingohaingoin'ny Satana izay asa rehetra nataon'izy ireo.

44- Rehefa nanadino izay nampahatsiahivina azy izy ireo, dia nosokafanay ho azy ireo ny varavaran'ny zava-drehetra; ka rehefa faly tamin'izay nomena azy izy ireo dia noraisinay tampoka (amin'ny famaizana), indro izy ireo fa, tena diso fanantenana.

45- Ka notaperina ny sisa tavela tamin'ireo vahoaka mpanao ny tsy rariny, ary dera ho an'i Allah Tompon'izao Tontolo izao.

46- Teneno hoe: "Hitanareo ve, raha alain'i Allah ny fandrenesanareo sy ny fahitànareo ary hidiny ny fonareo, iza no Zanahary ankoatran'i Allah hamerina izany aminareo?" Jereo ahoana, no hanazavanay ireo famantarana, nefa mbola mivily làlana ihany izy ireo.

47- Teneno hoe: "Ahoana ny fahitanareo raha tonga aminareo ny famaizan'i Allah na tampoka na ankarihary? Iza moa no haringana raha tsy ireo vahoaka mpanao ny tsy rariny ihany

48- Ary tsy mandefa ireo Iraka Izahay raha tsy ho Mpilaza vaovao mahafaly sy ho Mpampitandrina; ka izay mino sy manarina ny tenany dia tsy hisy tahotra amin'izy ireo, ary tsy halahelo koa izy ireo.

49- Ary ireo izay milaza fa lainga ny fanambaranay, dia hihatra amin'izy ireo ny famaizana noho ny fanaovan'izy ireo asa ratsy.

50- Tenano hoe: "Izaho dia tsy miteny aminareo fa am-pelatanako ny harena sarobidin' Allah, na koa mahalala ny zava-miafina aho; ary tsy miteny aminareo koa fa Anjely aho; tsy manaraka aho afa-tsy ny fanambarana izay nalefa amiko". Teneno hoe: "moa ve mitovy ny Jamba sy ny mahiratra?. Tsy mba mandinika ve ianareo?".

51- Ary ampitandremo amin'ny alàlan'izany (Koro-àny) ireo izay matahotra ny havory eo anatrehan'ny Tompony, fa tsy manana mpiahy na mpanelanelana ankoatrany (Allah) izy ireo. Angamba hanana fatahorana izy ireo.

52- Aza mandroaka ireo izay mitalaho amin'ny Tompony maraina sy hariva, mitady ny tavany izy ireo. Tsy adidinao ny mitsara azy ireo, ary tsy adidin'izy ireo koa ny mitsara anao. Koa raha mandroaka azy ireo ianao, dia ho anisan'ireo mpanao ny tsy rariny.

53- Ary tahaka izany no nitsapànay ny sasany tamin'izy ireo teo anatrehahan'ny sasany hafa, mba hitenenan'izy ireo hoe: "Izy ireo ve no nomen'i Allah tombony teo aminay?" Moa ve tsy Allah no tena Mahalala ireo mpakasitraka (tamin'izy ireo)?

TOKO FAHA:6
SORATRA AL-AN'AM
(IREO BIBY FIOMPY)
ANDININY 165
NIDINA TAO MAKKAH

54- Raha tonga eo aminao ireo izay mino ireo fanambaranay, dia teneno hoe: "Fiadanana (fandriampahalemana) ho aminareo, nodidian'ny Tomponareo amin'ny Tenany ny famindram-pò. Marina tokoa fa na iza na iza aminareo no manao ny ratsy tsy amim-pahalalàna, ka mibebaka izy aorian'izany sy manarina ny tenany... Tena marina fa Izy (Allah) dia Mpamela heloka sy be Fiantrana.

55- Tahaka izany no hanazavanay amin'ny antsipiriany ireo fanambarana, mba hiseho mazava ny làlan'ireo mpanao ny heloka be vava.

56- Teneno hoe: "Tena noraràna aho mba tsy hanompo ireo izay italahoanareo ankoatran'i Allah". Teneno hoe: "Izaho dia tsy mba hanaraka ny hetahetam-pònareo; Tena very aho raha manaraka izany, ary tsy ho anisan'ireo mpanaraka ny làlana mahitsy aho".

57- Teneno hoe: "izaho dia miankina amin'ny porofo mazava avy amin'ny Tompoko, ianareo anefa nilaza an'izany ho lainga. Tsy ananako izay tadiavinareo ho hafangainina (sazy); tsy an'iza ny fitsarana afa-tsy an'i Allah, Izy no manapaka ny marina, ary Izy no Mpitsara mendrika indrindra.

58- Teneno hoe: "Raha toa ka ananako izay tadiavinareo ho hafainganina, dia tena tapitra teo ny raharaha eo amiko sy aminareo". Ary i Allah no Mahalala kokoa ireo mpanao ny tsy rariny.

59- Ary any Aminy ireo fanalahidin'ny zava-miafina. Tsy misy mahalala izany afa-tsy Izy irery ihany. Ary mahalala izay rehetra eto an-tanety sy ny any an-dranomasina Izy. Ary tsy misy ravin-kazo latsaka ka tsy fantany. Ary tsy misy voa na iray ao anatin'ny haizin'ny tany, ary tsy misy zavatra na mando izany na maina ka tsy efa voarakitra ao anatinn'y Boky mazava.

60- Ary Izy no maka ny fofon'ainareo amin'ny alina, ary mahalala izay ataonareo amin'ny atoandro, avy eo dia mamelona anareo indray izy amin'izany mba hatanteraka ny fotoana voafetra. Avy eo any Aminy no fiverenanareo, ary ho ambarany anareo izay rehetra nataonareo.

61- Ary Izy no Tompom-pahefana amin'ireo Mpanompony. Ary mandefa mpiaro Izy eo aminareo. Ary rehefa tonga amin'iray aminareo ny fahafatesana, dia mandray ny fofonainy ireo irakay, ary tsy manao tsirambina izy ireo.

62- Avy eo dia haverina izy ireo any amin'i Allah ilay Tompon'izy ireo marina. Moa ve tsy Azy ny fitsarana? Ary Izy no Haingam-panisa indrindra.

63- Teneno hoe: "Iza no manavotra anareo amin'ny haizin'ny tany sy ny ranomasina?" Mangataka Aminy am-panetren-tena sy ankinafina ianareo: "Raha havotany tokoa izahay amin'izao, dia tena ho anisan'ireo mpankasitraka izahay".

64- Teneno hoe: "Allah no hanavotra anareo amin'izany, sy amin'ny tebiteby rehetra. Nefa, mbola manankambana Azy amin'ny zavatra hafa ianareo.

65- Teneno hoe: "Izy no manam-pahefana handefa famaizana aminareo, na eo amboninareo na eo ambany tongotrareo, na koa hampisy fizarazarana eo aminareo sy hampanandrana ny sasany aminareo ny herisetran'ny sasany". Jereo ahoana ny famakafakanay ireo fanambarana, angamba ho azon'izy ireo izany.

TOKO FAHA:6
SORATRA AL-AN'AM
(IREO BIBY FIOMPY)
ANDININY 165
NIDINA TAO MAKKAH

66- Ary nilaza ny vahokanao fa lainga izany (Koro'any), nefa izany no marina. Teneno hoe: "Tsy mpiantoka anareo amin'izany aho".

67- Ny vaovao tsirairay dia tsy maintsy ho tonga amin'ny fotoanany sy amin'ny toerany avy, ary ho fantatrareo izany.

68- Ary raha mahita ireo izay mivazavaza amin'ny ady hevitra momba ireo fanambaranay ianao, dia aoka hanalavitra azy ireo Ianao, mandra-pirotsahany amin'ny resaka hafa ankoatr'izany. Ary raha mampanadino anao i Satana, dia aoka ianao tsy hipetraka miaraka amin'ireo vahoaka mpanao ny tsy rariny ianao aorian'ny fahatsiarovana.

69- Tsy anjaran'ireo izay manam-patahorana ny fitsarana azy ireo na dia kely aza. Fa ny fampahatsiahivana ihany. Angamba hanam-patahorana izy ireo.

70- Ary avelao ireo izay manao ny finoany ho kilalao sy rendrarendra, ary nofitahin'ny fiainana eto an-tany. Ary mampahatsahiva amin'ny alalany (Koro'any) Ianao mba tsy hisy olona matiantoka noho ny asa vitany, tsy hanana mpiahy na mpanelanelana izy ankoatran'i Allah. Ary na inona na inona ny onitra atolony dia tsy ho raisina avy aminy izany. Izy ireny no olona matiantoka amin'ny asa vitany. Ho azy ireo ny zava-pisotro mangotraka sy ny sazy mangirifiry, noho izy ireo tsy nino.

71- Teneno hoe: "Moa ve hitalaho ankoatran'i Allah izahay, izay tsy afaka hanasoa anay na hanaratsy anay? Ary haverina amin'ny vody tongotray (hiverin-dàlana) izahay taorian'ny notarihan'i Allah làlana anay, tahaka izay norebireben'ireo Satana eto an-tany, sanganehana, na dia misy namana miantso azy izy ho amin'ny tari-dàlana: "Tongava aty aminay ianao". Teneno hoe: "Ny tari-dalan'i Allah no tena tari-dàlana. Ary nodidiana izahay mba hanaiky tanteraka ny Tompon'izao Tontolo izao".

72- Ary aoka mba ho tanterahinareo ny Soalat, ary matahora Azy ianareo. Ary any Aminy no hamoriana anareo.

73- Ary Izy no nahary ireo lanitra sy ny tany amim-pahamarinana. Ary amin'ny andro hitenenany hoe: "Misia" dia misy izany, ny Teniny dia fahamarinana, ary Azy ny fanjakana amin'ny andro hitsofana ny Anjomara, ilay Mahalala ny miafina sy ny miharihary. Ary izy Ilay be Fahendrena, Ilay Mahafantatra ny zava-drehetra.

74- Ary rehefa niteny i Ibrahimo tamin'i Azara rainy hoe: "Raisinao ho zanahary ve ireo sampy? Izaho tena mahita anao sy ny vahoakanao ao anatin'ny fahaverezana miharihary".

75- Ary tahaka izany no nanehoanay tamin' i Ibrahim ny fanjakan'ireo lanitra sy ny tany, ary mba ho anisan'ireo mpino mahatoky tanteraka Izy.

76- Rehefa nanarona Azy ny alina dia nahita kintana izy ka niteny hoe: "Ity no Tompoko!" Rehefa nanjavona izany dia niteny izy hoe: "Tsy tia izay rehetra manjavona aho".

77- Rehefa nahita ny volana niseho Izy dia niteny hoe: "Ity no Tompoko!" Rehefa nanjavona izany dia niteny Izy hoe: "Raha tsy ahitsin'ny Tompoko aho dia tena ho anisan'ireo vahoaka very làlana".

78- Rehefa nahita ny masoandro niposaka Izy dia niteny hoe: "Ity no Tompoko! ity no lehibe indrindra!". Rehefa nilentika izany dia niteny Izy hoe: "O ry vahoakako! Izaho dia tena mitsipaka izay rehetra akambanareo (amin'i Allah).

TOKO FAHA:6
SORATRA AL-AN'AM
(IREO BIBY FIOMPY)
ANDININY 165
NIDINA TAO MAKKAH

79- Tena marina fa atodiko ny tavako ho amin'Ilay Nahary ireo lanitra sy ny tany amin'ny finoana madio; fa izaho dia tsy mba ho anisan'ireo mpanompo sampy.

80- Ary niady hevitra taminy ny vahoakany; niteny izy hoe: "Moa hiady hevitra amiko ve ianareo momba an'i Allah, nefa efa nitari-dàlana ahy Izy? Ary tsy matahotra ireo akambanareo Aminy aho, afa-tsy izay sitraky ny Tompoko. Manerana ny zava-drehetra ny Fahalalan'ny Tompoko. Ka tsy mba mahatsiaro tena ve ianareo?

81- Ary ahoana moa aho no hatahotra ireo izay akambanareo (amin'i Allah), nefa ianareo aza tsy mba matahotra manakambana an'i Allah amin'ny hafa izay tsy nampidinany porofo na dia kely aza taminareo? Fa iza amin'ny andiany roa ireo no mendrika hanana fitoniana raha mahalala ianareo?

82- Ireo izay nino ka tsy nampifangaro ny finoan'izy ireo tamin'ny tsy rariny (chirk, fanompoantsampy), izy ireny no hanana fitoniana ary izy ireo no voatari-dàlana.

83- Izany no porofonay nomenay an'i Ibrahim entiny hanohitra ny vahoakany. Mampiakatra ny voninahitra an'izay sitrakay izahay. Tena marina fa ny Tomponao dia be Fahendrena sy Mahalala ny zava-drehetra.

84- Ary nomenay Azy (Ibrahimo) i Isaka sy i Jakoba. Izy roa dia samy notarihinay làlana avy, ary talohan'izany dia efa nahitsinay i Noa, ary avy amin'ny taranany (Ibrahimo) i Daodo (Davida), i Salomona, i Ayoba (Joba), i Yosofa (Josefa), i Mosa (Mosesy) ary Harona(Arona). Ary tahaka izany no hamalinay ireo mpanao ny tsara.

85- Ary i Zakaria sy i Yahya (Jaona) ary i Issa (Jesoa) sy i Elias (Elia), izy ireo dia anisan'ny mpanao ny soa avokoa.

86- Ary i Ismaël sy i Al-Yassa' (Elisée) ary i Younosa (jonasy) sy Lota. Izy ireo dia nomenay tombony tamin'izao tontolo izao.

87- Ary ny amin'ny Razamben'izy ireo sy ny taranak'izy ireo ary ny rahalahin'izy ireo, dia nosafidinay sy notarihinay làlana izy ireo.

88- Izany no tari-dàlan' Allah, tarihiny amin'izany izay sitrany amin'ireo mpanompony. Nefa raha manakambana an' Allah amin'ny zavatra hafa izy ireo, dia tena foana tanteraka amin'izy ireo ny asa rehetra izay nataon'izy ireo.

89- Tamin'izy ireny tokoa no nanoloranay ny Boky sy ny fahendrena ary ny faminaniana. Koa raha tsy mino an'izany izy ireo dia efa nankininay izany amin'ny vahoaka izay tsy mitsipaka an'izany.

90- Izy ireny no olona izay notarihin'i Allah làlana, ka ny tari-dàlan'izy ireo no araho. Teneno hoe: "Tsy mangataka tambiny aminareo velively aho amin'izany, tsy inona izany raha tsy fampahatsahiavana ho an'izao Tontolo izao".

91- Tsy nomen'izy ireo lanja Allah araka ny tena maha-mendrika Azy rehefa niteny izy ireo hoe: "Tsy nampidina na inona na inona tamin'ny olombelona i Allah". Teneno hoe: "Iza no nampidina ny boky izay nentin'i Mossa ho fahazavana sy tari-dàlana ho an'ny olombelona? Nataonareo an-taratasy fotsiny izany mba hasehonareo, nefa afeninareo ny am-pahany betsaka. Ary ianareo dia nampianarina izay tsy hainareo, na ianareo na

ny Razambenareo". Teneno hoe: "Allah". Ary avelao izy ireo hiala-voly amin'ny adiheviny.

92- Ary ity dia Boky izay nampidininay, feno fahasoavana, manamarina izay efa nisy teo alohany, ary mba hampitandremanao ny Renivohitry ny tanàna (mponin'ny Makkah) sy izay manodidina azy. Ary ireo izay mino ny andro farany dia mino azy (Boky), ary izy ireo dia manatanteraka ny Soalat-n'izy ireo antsakany sy andavany.

93- Ary iza no tena manao ny tsy rariny mihoatra an'izay mamorona lainga momban'i Allah, na koa miteny hoe: "Nandefasana fanambarana aho" nefa tsy nandefasana fanambarana akory izy, na dia kely aza. Sy izay miteny hoe: "Hampidina mitovy amin'izay nampidinin'i Allah aho". Raha hitanao ireo mpanao tsy rariny rehefa eo ambavahaonan'ny fahafatesana, ka manolotra ny tanany ireo anjely (miteny hoe): "Avoahy ny fanahinareo! Fa androany dia omena anareo ny famaizan'ny fahafahambaraka noho ny tsy marina izay noteneninareo momban'i Allah, ary noho ianareo nanambony tena tamin'ireo famantarany.

94- Ary efa tena tonga irery aty Aminay ianareo tahaka ny namoronanay anareo tamin'ny voalohany, ary navelanareo any andamosinareo izay rehetra nomenay anareo. Ary tsy hitanay miaraka aminareo mihitsy ireo mpanelanelana izay noheverinareo ho mpikambana (amin'i Allah). Tena efa tapaka ny fifandraisana nisy taminareo, ary niala lavitra anareo izay noheverinareo (ho mpanelanelana).

95- Tena marina fa i Allah dia mamaky mason'ny voa sy ny vihy, Izy no mamoaka ny velona avy amin'ny maty ary mamoaka ny maty avy amin'ny velona. Toy izany i Allah. Ka ahoana àry ianareo no mbola mivily làlana?

96- Izy no mpamoaka ny maraina mangirandratsy, ary nataony ny alina ho fialan-tsasatra, ary ny masoandro sy ny volana ho fandrefesana ny fotoana; Izany no fandaharan'Ilay Mahery sy Ilay Mahalalany ny zava-drehetra.

97- Ary Izy ilay nanao ho anareo ireo kintana mba hitari-dàlana anareo ao anatin'ny haizin'ny tany sy ny ranomasina. Tena nohazavainay amin'ny antsipiriany ireo famantarana ho an'ireo vahoaka mahafantatra.

98- Ary Izy no nahary anareo avy amin'ny vatana iray (Adam). Ary nametraka toerana maharitra ho anareo Izy (etoan-tany na ambohoka) ary koa toerana (fitehirizana). Efa nasehonay amin'ny antsipiriany ireo famantarana ho an'ireo vahoaka mahatakatra.

99- Ary Izy no nampidina ny ranon'orana avy eny an-danitra. Avy amin'ny alàlan'izany no namoahanay ireo karazan-javamaniry rehetra, avy aminy no namoahanay ny zavamaitso, avy aminy koa no hamoanay ireo voa mifanindry sy mifampitaingina, ary avy amin'ny hazon'atrendry dia ireo sampan'antrendry mikiraviravy. Ary ireo zaridainan'ny voaloboka sy ny oliva ary ny ampongambendanitra, mitovitovy na samihafa; jereonareo ny voankazony rehefa mamoa, sy ny fahamasahany. Izany dia tena famantarana hoan'ireo vahoaka izay mino.

100- Ary nataon'izy ireo ny Djiny ho mpikambana amin'i Allah, nefa Izy no nahary azy ireo. Ary namorona zazalahy sy zazavavy ho Azy izy ireo, noho ny tsy fahalalana. Voninahitra sy Laza ho Azy! Ambony lavitra Izy noho ny toetra hamaritan'izy ireo Azy.

TOKO FAHA:6
SORATRA AL-AN'AM
(IREO BIBY FIOMPY)
ANDININY 165
NIDINA TAO MAKKAH

101- Mpamorona ireo lanitra sy ny tany, koa ahoana no ananany zanaka kanefa tsy manana namana vavy Izy? Ary izy no nahary ny zava-drehetra; ary Izy no Mahalala ny zava-drehetra.

102- Izany no Allah Tomponareo! Tsy misy Zanahary afa-tsy izy ihany. Mpahary ny zava-drehetra, ka tompoinareo àry Izy. Ary Izy no misahana ny zava-drehetra
.

103- Tsy takatry ny fahitan'ny maso Izy, ary Izy kosa dia mahatakatra izay hitan'ny maso. Ary Izy Ilay be Fangorahana sy Mahafantatra ny zava-drehetra.

104- Efa Tonga aminareo ireo porofo mazava avy amin'ny Tomponareo, ka izay mahita mazava, dia ho an'ny tenany izany, ary izay mijanona ho jamba kosa, dia fahavoazana ho azy izany, ary Izaho dia tsy ho Mpiambina anareo velively.

105- Ary tahaka izany no hamakafakanay ireo fanambarana mba hitenenan'izy ireo hoe: "nianatra Ianao". Ary mba hanazavanay an'izany amin'ny vahoaka mahalala.

106- Araho ny fanambarana izay nalefa Aminao avy amin'ny Tomponao, Tsy misy Zanahary afa-tsy Izy ihany. Atodiho ny lamosinao amin'ireo mpanompo sampy.

107- Ary raha sitrak'i Allah dia tsy nanakambana Azy amin'ny zavatra hafa izy ireo. Tsy nataonay ho Mpiambina Ianao amin'izy ireo, ary Ianao dia tsy Mpiantoka azy ireo.

108- Ary aoka ianareo tsy hanompa ireo izay antsoin'izy ireo ankoatran'i Allah, ka hanompa an'i Allah amim-pankahalana (amim-pietraketrahana) ao anatin'ny tsy fahalalàna izy ireo. Tahaka izany koa nohatsarainay tamin'ny vahoaka tsirairay ny asany, ary any amin'ny Tompon'izy ireo no fiverenan'izy ireo, ka ho ambarany azy ireo ny asa rehetra izay nataony.

109- ry mianiana amin'i Allah izy ireo eram-po tamin'ireo finianany, raha misy fahagagana tonga amin'izy ireo dia tena hino an'izany izy ireo. Teneno hoe: "Tena marina fa ireo fahagagana dia miankina amin'i Allah". Ary inona àry no ahatsapanareo (ry mpino) raha tonga tokoa izany, dia tsy hino ihany izy ireo?

110- Avadikay ny fon'izy ireo sy ny mason'izy ireo noho izy ireo tsy nino an'izany tamin'ny voalohany; ary avelanay handeha amin'ny hajambana izy ireo noho ny fihoaram-pefiny.

111- Ary raha nampidina ireo Anjely tamin'izy ireo izahay sy niresaka tamin'izy ireo ireo maty ary navorinay teo anatrehan'izy ireo ny zavatra rehetra dia tsy nino izy ireo raha tsy sitrak'i Allah. Kanefa ny ankamaroan'izy ireo dia tsy mahafantatra.

112- Ary tahaka izany no nanokananay fahavalo ho an'nyMpaminany tsirairay, dia ireo Satana amin'olombelona sy ny Djiny, mifampita hafatra izy ireo ny andaniny sy ny ankilany amin'ny fampihaingona ny teny feno fitaka. Raha sitraky ny Tomponao dia tsy nataon'izy ireo izany; avelao àry izy ireo sy ny lainga izay foronony.

113- Ary mba hirona amin'izany ny fon'ireo izay tsy mino nyfisian'ny any ankoatra, sy mba hahafapò azy ireo izany, ary mba hanantaterakan'izy ireo ny heloka izay efa mahazatra azy ireo ny manatanteraka izany.

114- Moa hitady Mpitsara ankoatran'i Allah ve aho, nefa izy no nampidina taminareo ny Boky izay voazava amin'ny antsipiriany? Ary ireo izay nomenay ny Boky dia mahalala tsara fa tena nampidinina avy amin'ny Tomponao miaraka amin'ny fahamarinana izany. Ka aoka àry ianareo tsy ho anisan'ireo mpiahiahy.

115- Ary Tanteraka amim-pahamarinana sy ara-drariny ny Tenin'ny Tomponao. Ary tsy misy afaka manova ireo Teniny. Ary Izy Ilay Maheno sy Mahalala ny zava-drehetra.

116- ary raha Mankatò ny ankamaroan'ireo olona eto an-tany ianao dia hamery anao amin'ny lalan'i Allah izy ireo. Tsy manaraka afa-tsy ny eritreritra (vinavina) izy ireo, ary tsy manao izy ireo afa tsy ny mamoron-dainga.

117- Marina fa ny Tomponao no Mahalala indrindra izay miala amin'ny làlany, ary Izy ihany koa no Mahalala indrindra ireo izay voatari-dàlana.

118- Aoka ianareo hihinana amin'izay nanononana ny anaran'i Allah raha toa ka mpino ireo fanambarany ianareo.

119- Ary nahoana ianareo no tsy mihinana izay nanononana ny anaran'i Allah teo aminy? Ary efa nohazavainy taminareo amin'ny antsipiriany izay nandraràny anareo, afa-tsy amin'izay tsy azo anoharana ka nahatery anareo. Ary tena maro ireo mamery olona, amin'ny alàlan'ny hetahetam-pòny, tsy amim-pahalalàna. Ary tena marina fa ny Tomponao, Izy no tena Mahalala ireo izay mpandika lalàna.

120- Ary ialaonareo ny fahotana miharihary sy ny miafina, tena marina fa ireo izay manao ny fahotana dia ho valiana araka izay nataony.

121- Ary aza mihinana ianareo amin'izay tsy nanononana ny anaran'i Allah teo aminy, izany dia tena ratsy, ary marina fa ireo Satana dia mampita hafatra amin'ireo sakaizany mba hiadian'izy ireo hevitra aminareo. Ary raha mankatò azy ireo ianareo dia tena mpanompo sampy tokoa.

122- Moa ve izay efa maty ka novelominay sy nomenay hazavana mba handehanany miaraka amin'ireo olona, dia hitovy amin'olona izay ao anatin'ny haizina ka tsy afaka hivoaka ao intsony? Tahaka izany no nampihaingoana amin'ireo tsy mpino ny asa izay nataon'izy ireo.

123- Ary Tahaka izany, nametrahanay ireo lehiben'ny mpanao heloka isaky ny tanàna mba hanao teti-dratsy ao izy ireo. Nefa tsy manao teti-dratsy izy ireo afa-tsy amin'ny tenany ihany, saingy tsy tsapan'izy ireo izany.

124- Ary raha misy famantarana tonga amin'izy ireo, dia miteny izy ireo hoe: "Tsy hino velively izahay raha tsy omena tahaka izay nomena ireo irakan'i Allah". Allah no tena Mahalala izay hametrahany ny hafatra alefany. Hihatra amin'ireo izay nanao ny heloka be vava ny fahafaham-baraka avy amin'i Allah sy ny famaizana mafy, noho ny tetidratsy izay nataon'izy ireo.

125- Ary izay tian'i Allah ny hitari-dàlana azy dia sokafany ny tratrany ho amin'i Islam, ary izay tiany hoverezina kosa dia ataony tery sy voaelingelina ny tratranytoy ny miezaka miakatra eny an-danitra. Tahaka izay no hanaovan'i Allah sazy ho an'ireo izay tsy mino.

126-Izanyno lalan'ny Tomponao izay mahitsy tokoa.Efa nohazavainay amin'ny antsipiriany ireo famatarana ho an'ny vahoaka izay mahatsiaro.

127- Ho azy ireo ny fonenan'ny fiadanana eo anatrehan'ny Tompon'izy ireo, Izy (Allah) no Mpiahy azy ireo nohon'ny asa izay nataony.

128- Ary amin'ny andro hamoriany azy rehetra ireo: "O Ry vondron'ny Djiny! Nanararaotra loatra tamin'ny olombelona ianareo!" Dia hiteny ireo sakaizan'izy ireo amin'ny olombelona hoe: "Tomponay O! Samy nahazo tombontsoa daholo izahay, ny andaniny sy ny ankilany. Ary tratranay ny fe-potoana izay noferanao ho anay". Hiteny Izy (Allah) hoe: "Ny Afobe no fonenanareo, hitoetra ao mandrakizay ianareo afa-tsy izay sitrak'i Allah". Marina fa ny Tomponao dia be Fahendrena sy Mahalala ny zava-drehetra.

129- Tahaka izany no hanomezanay fahefana ny sasany amin'ireo mpanao ny tsy rariny manoloana ny sasany, noho izay nataon'izy ireo.

130- O Ry vondron'ny Djiny sy ny olombelona! Moa ve tsy tonga teo aminareo ireo Iraka avy taminareo, nitantara taminareo ireo fanambarako, sy nampitandrina anareo momban'ny fihaonana amin'izao andronareo izao? Dia hiteny izy ireo hoe: "Mijoro vavolombelona amin'ny fiampangana ny tenanay izahay". Voafitaky ny fiainana eto an-tany izy ireo; ary nijoro vavolombelona amin'ny fiampangana ny tenan'izy ireo fa tena tsy nino izy ireo.

131- Koa satria, ny Tomponao dia tsy mamotika amin'ny tsy rariny ireo tanàna raha mbola tsy nahazo fampitandremana ny vahoaka ao aminy.

132- Ho an'ny tsirairay ireo ambaratonga (ny valisoa) amin'izay asa nataon'izy ireo. Ary ny Tomponao dia tsy mba variana amin'izay asa ataon'izy ireo.

133- Ary ny Tomponao Ilay mpanankarena sy Tompon'ny famindram-po. Raha sitrany dia ho nofoanany ianareo ary ho nosoloiny hafa aorianareo araka izay sitrany, tahaka ny nanamboarany anareo avy amin'ny taranakan'ny vahoaka hafa.

134- Marina fa izay nampanantenaina anareo dia tena ho tonga tokoa, ka tsy afaka hampihena ny heriny velively ianareo.

135- Teneno hoe: "O Ry vahoakako! Miasà ianareo araka ny fomba fiasanareo, ary izaho koa dia hiasa (araka ny fomba fiasako). Ka ho fantatrareo tsy ho ela iza no hahazo ny fiafaran-toerana tsara. Tena marina fa tsy hahita fahombiazana mihitsy ireo mpanao ny tsy rariny.

136- Ary natokan'izy ireo ho an'i Allah ny ampahany tamin'izay nohariany amin'ny vokatra sy ireo biby fiompy, ka niteny izy ireo hoe: Ity ho an'i Allah araka ny hambon'izy ireo-, ary ity kosa ho an'ny Sampinay". Ka izay natokana ho an'ny sampin'izy ireo dia tsy ho

tonga any amin'i Allah, fa izay natokana ho an'i Allah kosa dia ho tonga any amin'ny sampin'izy ireo, ratsy tokoa izany fitsaran'izy ireo izany!

137- Ary toy izany no nampihaingoan'ireo Sampin'izy ireo ho an'ny maro tamin'ireo mpanompo sampy ny famonoana ireo zanany, mba handringanany azy ireo sy hanovàny ny finoan'izy ireo. Raha sitrak'i Allah dia tsy nanao izany izy ireo, avelao izy ireo sy ny lainga izay noforoniny.

138- Ary niteny izy ireo hoe: "Ireto dia andiam-biby sy vokatra voarara, tsy misy mahazo mihinana amin'izany raha tsy sitrakay", - araka ny hambon'izy ireo-, ary andiam-biby izay voarara ny fitaingenana azy, ary koa andiam-biby tsy hanononan'izy ireo ny anaran'i Allah eo aminy, mba ho famoronan-dainga Aminy (Allah). Hamaly azy ireo Izy noho ny lainga izay noforonin'izy ireo.

139- Ary niteny izy ireo hoe: "Izay ao anaty kibon'ireto andiam-biby dia voatokana ho an'ny lehilahy aminay, fa voarara kosa amin'ireo vadinay". Raha maty kosa izany (ilay biby avy ao anaty kibon-dreniny) dia hikambanan'izy rehetra. Tsy ho ela dia hamaly azy ireo Izy noho ny filazalazana nataon'izy ireo izany. Tena marina fa Izy dia be Fahendrena sy Mahalala ny zava-drehetra.

140- Tena matiantoka ireo izay namono an-kadalàna sytsy amim-pahalalana ny zanak'izy ireo, sy nifady izay anjara fivelomananomen'i Allah azy ireo, mba ho famoronan-dainga amin'i Allah. Tena very tokoa izy ireo, ary tsy hahita ny tari-dàlana velively.

141- Ary Izy no Nahary ny zaridaina maro misy hazomandady sy tsy mandady, sy ireo hazon'antrendry sy ny fambolena manana vokatra samihafa, ary koa ny oliva sy ny ampongabendanitra, misy mitovitovy sy misy fahasamihafany, mihinàna amin'ireo voankazony ianareo rehefa mamokatra izy, ary mamoaha ny zony (Zakat) ianareo amin'ny andro fiotazana azy, ary aza manao fandaniam-poana ianareo, tena marina fa Izy (Allah) dia tsy tia ireo mpanao fandaniam-poana.

142- Ary misy amin'ireo biby koa no atao fitaovam-pitaterana, ary ao koa ny sasany amin'izy ireo hampiasaina amin'ny filàna maro samihafa[84]. Mihinàna ianareo amin'izay anjara fivelomana nomen'i Allah anareo, ary aza manaraka ireo famindran'i Satana ianareo, satria izy dia tena fahavalo miharihary ho anareo.

143- (Allah dia nahary ho anareo ireo biby), valo ka mandeha tsiroaroa (lahy sy vavy).Roa avy amin'ny karazan'ondry, ary roa avy amin'ny karazan'osy... Teneno hoe: "Moa ve ny lahy roa no noraràny sa ny vavy roa. Na koa izay ao anaty kibon'nyvavy roa? Ambaraonareo ahy amin'ny alalan'ny fahalalàna voaporofo izany, raha marina ny anareo.

144- ...Roa avy amin'ny karazan-drameva, ary roa koa avy amin'ny karazan'omby... Teneno hoe: "Moa ve ny lahy roa no noraràny sa ny vavy roa, na koa izay ao anaty kibon'nyvavy roa?Na koavavolombelona ve ianareo rehefa nandidy anareo amin'izany Allah?" Iza àry no manao ny tsy rariny mihoatra izay namorona lainga momban'i Allah mba hamerezany tsy amim-pahalalana ny olombelona? Tena marina fa Allah dia tsy mitari-dàlana ny vahoaka mpanao ny tsy rariny.

145- Teneno hoe: "Tsy mahita zava-boarara amin'izay fanambarana nalefa tamiko aho, hoan'ny mpihinana izay mihinana amin'izany afa-tsy ny biby maty ho azy, na ny rà izay raraka, na ny henan-kisoa. Tena marina fa izany dia maloto, na izay natao sorona

[84]Filàna maro samihafa: Volon'ondry, nofony sy henany, rononony sns…

tamin'ny hafa ankoatran'i Allah". Na iza na iza tratran'ny tsy azo anoharana, nefa tsy mihoa-pefy ary tsy mandika lalàna, marina fa ny Tomponao dia be Famelan-keloka sy be Fiantrana.

146- Hoan'ireo Jiosy, noraràna ny biby tsy mivaky kitro rehetra, ary avy amin'ny omby sy ny ondry kosa dia noraràna amin'izy ireo ny jaboran'izy roa, afa-tsy izay entin'ny lamosin'izy roa na ny taovany na izay mifangaro amin'ny taolany. Tahaka izany no nanasazianay azy ireo noho ny fihoaram-pefiny. Ary izahay dia tena marina (amin'izay voalazanay).

147- Ary raha nampandainga Anao izy ireo, dia teneno hoe: "Ny Tomponareo dia manana indrafò be dia be kanefa tsy ho voasakana ny hatezerany amin'ireo vahoaka mpanao heloka bevava.

148- Hiteny ireo izay nanakambana an'i Allah amin'ny zavatra hafa hoe: "Raha sitrak'i Allah dia tsy nanakambana Azy amin'ny zavatra hafa izahay sy ireo Raibenay teo aloha, ary tsy nampifady na inona inona izahay". Tahaka izany koa no nampandaingan'ireo izay talohan'izy ireo (ireo Iraka) mandra-panandraman'izy ireo ny hatezeranay. Teneno hoe: "Moa ve misy sombim-pahalalàna ianareo ka avokanareo ho anay izany? Tsy manaraka ianareo afa-tsy ny vinavina, ary tsy manao ianareo afa-tsy ny mamoron-dainga".

149- Teneno hoe: "An'i Allah ny porofo avo lenta, raha sitrany dia tena notarihiny làlana ianareo rehetra.

150- Teneno hoe: "Ento aty ireo vavolombelonareo izay hijoro ho vavolombelona fa i Allah tokoa no nandrara izany". Raha mijoro vavolombelona izy ireo, dia aza mijoro vavolombelona miaraka amin'izy ireo Ianao, ary Ianao aza manaraka ireo hetahetam-pòn'ireo izay milaza fa lainga ireo famataranay sy ireo izay tsy mino ny fiainana any ankoatra, ary izy ireo dia mampitovy (mampiray) ny Tompony amin'ny zavatra hafa.

151- Teneno hoe: "Tongava ianareo hilazako izay noraran'ny Tomponareo aminareo: aza manakambana zavatra Aminy (Allah) ianareo, ary manaova soa amin'ireo Ray aman-dreny, ary aza mamono ireo zanakareo ianareo noho ny fahantrana, izahay no manome anareo anjara sy izy ireo, ary aza manatona ny asa vetaveta ianareo, na ny miharihary amin'izany na ny miafina, ary aza mamono olona izay noraran'i Allah afa-tsy amin'ny rariny ianareo; izany no nanafarany anareo angamba hisaina ianareo.

152- Ary aza manakaiky ny harenan'ny kamboty ianareo afa-tsy amin'ny fomba mendrika indrindra, mandra-pahaleovan'ny tenany. Ary ataovy amim-pahamarinana ny famàrana sy ny fandanjàna.Tsy mampizaka ny olona zavatra Izahay afa-tsy izay zakany ihany. Ary rehefa miteny ianareo dia mitenena ny rariny sy ny hitsiny na dia amin'ireo havana akaiky aza. Ary tanterahonareo ny fifanekena tamin'i Allah, izany no nanafarany anareo angamba hatsapa tena ianareo.

153- "Ary indro ny làlako fa mahitsy tanteraka, ka arahonareo àry izany; ary aza manaraka ireo làlana izay hampiala anareoamin'ny làlany". Izany no anafarany anareo angamba hatahotra ianareo.

154- Avy eo dia nomenay an'i Mosa ny Boky, ho fahamenoana amin'ny fahasoavana izay nanao soa, sy ho fanazavana amin'ny antsipiriany ny zava-drehetra, ary ho tari-dàlana sy famindram-pò. Angamba hino ny fihaonanaamin'ny Tompony izy ireo.

155- ary ity ny Boky feno fahasoavana izay nampidinanay, ka arahonareo izany ary manàna fatahorana ianareo. Angamba hahazo famindram-pò ianareo.

156- Mba tsy hiteny ianareo hoe: “Tena marina fa ny Boky dia tsy nampidinina afa-tsy tamin’ny vondron’olona roa teo alohanay. Ary izahay dia tena variana ka tsy tafianatra azy ireny”.

157- Na koa hiteny ianareo hoe: “Raha tena taminay no nampidinina ny Boky dia tena voatari-dàlana mihoatra azy ireo izahay”? Ary efa tonga aminareo ny porofo avy amin’ny Tomponareo, sy ny tari-dàlana ary ny famindram-pò. Iza no tena manao ny tsy rariny mihoatra izay miteny fa lainga ireo fanambaran’i Allah no sady mitodi-damosina? Ho sazianay ireo izay nitodi-damosina amin’ireo fanambaranay, amin’ny famaizana tena ratsy, noho izy ireo nitodi-damosina.

158- Moa ve hiandry izy ireo afa-tsy ny hahatongavan’ireo Anjely na ny hahatongavan’ny Tomponao na ny hahatongavan’ny sasany amin’ireo famantarana avy amin’ny Tomponao? Amin’ny andro izay hahatongavan’ny sasany amin’ireo famantarana avy amin’ny Tomponao dia tsy hitera-bokatsoa ho an’ny tena ny finoan’izay mbola tsy nino teo aloha, na koa izay mbola tsy nahazo fahasoavana tamin’ny finoany. Teneno hoe: “Miandrasa ary ianareo, izahay koa dia miandry”.

159- Marina fa ireo izay nampizarazara ny finoan’izy ireo ka lasa nisy fizarazarana maro, tsy misy hidiranao ny amin’izy ireo na dia kely aza. Tena marina fa ny raharaha momba azy ireo dia any amin’i Allah. Avy eo dia hanambara azy ireo Izy, amin’izay asa nataon’izy ireo.

160- Na iza na iza tonga miaraka amin’ny asa soa, dia hahazo folo avo heny amin’izany izy; ary na iza na iza tonga miaraka amin’ny asa ratsy dia tsy ho valiana izy afa-tsy ny mitovy amin’izany ihany. Ary tsy hanaovana ny tsy rariny izy ireo.

161- Teneno hoe: “Tena marina fa izaho dia notarihin’ny Tompoko amin’ny làlana mahitsy, finoana izay mahitsy, finoan’i Ibrahim, izay madio fanompoana amin’i Allah tokana, ary tsy anisan’ireo mpanompo Sampy Izy.

162- Teneno hoe: “Tena marina fa ny fivavahako (Soalat) sy ny sorona izay ataoko, ny fahavelomako sy ny fahafatesako dia an’ Allah Tompon’izao Tontolo izao.

163- Tsy manana Mpikambana Aminy Izy! Ary izany no nandidiana ahy, ary izaho no voalohany amin’ireo nanaiky an’ Allah”.

164- Teneno hoe: “Ankoatran’i Allah ve no tadiaviko ho Tompo, nefa Izy no Tompon’ny zavatra rehetra? Ny tsirairay dia tsy hahazo afa-tsy amin’ny asa (ratsy) izay nataony ihany: ary tsy misy na dia iray aza hibaby ny enta-mavesatry ny hafa. Avy eo, any amin’ny Tomponareo no fiverenanareo, ka hambarany aminareo izay zavatra nampifanditra anareo.

165- Ary izy no nanao anareo ho taranaka nifandimby (na koa mpitantana) eto an-tany, nampiakatra ny mari-boninahitry ny sasany eo aminareo manoloana ny sasany hafa, mba hitsapany anareo amin’izay nomeny anareo. Marina fa ny Tomponao dia haingam-panasaziana. Ary tena marina fa Izy dia be Famelan-keloka sy be Fiantrana.

**TOKO FAHA:7**
**SORATRA AL-A'RAF**
**(NY TOERANA AMPOVOANY)**
**ANDININY:206**
**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin'ny anaran'i Allah,Ilay be fiantrana,Ilay be Indrafo

1- Alif,Lam, Mim, Swad,

2- Ity dia Boky iray nampidinina taminao, ary aoka tsy hisy fisalasalana ny momba izany ao am-ponao, mba hampitandremanao avy amin'ny alalany sy ho fampatsiahivana ho an'ireo mpino.

3- Arahonareo izay nampidinina teo aminareo avy amin'ny Tomponareo, ary aza manaraka Mpiahy hafa ankoatrany ianareo. Nefa kely dia kely ny ahatsiarovanareo.

4- Ary firifiry amin'ny tanàna no nopotehinay! Tonga taminy tampoka ny fahenjananay tamin'ny alina na koa tamin'ny atoandro rehefa teo am-pialantsasatra izy ireo.

5- Ary tsy nisy antso hafa vitan'izy ireo rehefa tonga taminy tokoa ny fahenjananay afa-tsy hoe: "Marina fa izahay dia mpanao ny tsy rariny".

6- Ka tena hanontanianay tokoa ireo izay nandefasana ny hafatra ary tena hanontanianay ihany koa ireo mpitondra hafatra.

7- Ho tantarainay amin'izy ireo amim-pahalalàna tokoa (ny asa nataony) fa izahay dia tsy nisy fotoana tsy nahateo anay.

8- Ary ny fandanjana amin'izany andro izany dia ho ara-dalàna tokoa, ka izay navesa-danja ny asa vitany... dia izy ireny no hahazo ny fahombiazana.

9- Ary izay maivan-daja kosa ny asa vitany... dia izy ireny no hiharan'ny fatiantoka amin'ny tenany noho izy ireo nanao ny tsy rariny teo anatrehan'ireo fanambaranay.

10- Ary tena nomenay fahefana ianareo teny ambonin-tany ary nomenay anjara fivelomana koa ianareo teny. Saingy kely dia kely no ankasitrahanareo!(Zara fa mankasitraka ianareo)

11- Ary tena nahary anareo Izahay, ary efa nomenay bika aman'endrika ianareo, avy eo niteny Izahay tamin'ireo Anjely hoe: "Miankohofa eo anatrehan'i Adama ianareo". Dia niankohoka daholo izy ireo afa-tsy Iblis[85], tsy mba anisan'ireo niankohoka izy.

12- Niteny Izy (Allah) hoe: "Inona no nanakana anao tsy niankohoka rehefa nodidiako ianao?" Niteny izy hoe: "Izao dia tsara kokoa noho izy, noharianao tamin'ny afo aho ary izy kosa noharianao avy tamin'ny tany manga".

13- Niteny Izy (Allah) hoe: "Midìna avy ao ianao. Tsy zonao ny manambony tena ao, ka mivoaha haingana ianao; fa ianao dia anisan'ireo haetry".

14- Niteny izy (Satana) hoe: "Omeo fe-potoana aho mandra-pahatongan'ny andro izay hananganana azy ireo amin'ny maty".

---

[85] Iblis: Satana.

# TOKO FAHA:7
# SORATRA AL-A'RAF
# (NY TOERANA AMPOVOANY)
# ANDININY:206
# NIDINA TAO MAKKAH

15- Niteny Izy (Allah) hoe: "Ianao dia anisan'ireo nomena fe-potoana".

16- Niteny izy (Satana) hoe: "Noho ny namerezanao ahy dia tena hipetraka amin'ny Iàlana mahitsinao aho mba hanakanako azy ireo.

17- Ary avy eo, dia tena ho tonga amin'izy ireo aho avy ao alohany, avy ao aoriany, avy eo ankavanany, avy eo ankaviany, ary tsy ho hitanao ho mpankasitraka ny ankamaroan'izy ireo".

18- Niteny Izy (Allah) hoe: "Mivoaha avy ao ianao, fa voasesi-tany sy voahozona! Na iza na iza manaraka anao amin'izy ireo... dia tena ho fenoiko anareo rehetra ny Afobe".

19- O! ry Adama! Mipetraha ao amin'ny Paradisa, ianao sy ny vadinao, ary mihinàna ianareo roa amin'izay sitrakareo, ary azamanakaiky io hazo io ianareo roa, fa ho anisan'ireo mpanao ny tsy rariny ianareo.

20- KA nibitsibitsika sy nanelingelina azy roa i Satana, mba hanehoany tamin'izy roa izay nafenina tamin'ny henatr'izy roa, ary niteny izy hoe: "Tsy nandrara anareo roa amin'io hazo io ny Tomponareo afa-tsy ny mba tsy hahatonga anareo roa ho lasa anjely na koa ho velona mandrakizay".

21- Ary nianiana izy teo anatrehan'izy roa hoe: "Tena marina fa izaho dia Anisan'ireo mpanolotsaina ho anareo roa".

22- Nalatsany tamin'ny alalan'ny fitaka izy roa. Rehefa nanandrana ilay hazo izy roa dia niharihary taminy ny fitanjahan'izy roa, ary teo dia nanomboka nanakona ny fitanjahany tamin'ny ravin-kazon'ny Paradisa izy roa. Avy eo dia niantso azy roa ny Tompony hoe: "Moa ve tsy nandrara anareo roa Aho tamin'io hazo io? Ary moa ve tsy niteny taminareo roa Aho fa marina tokoa fa i Satana dia fahavalo miharihary ho anareo roa?"

23- Niteny izy roa hoe: "Tomponay O! Nanao ny tsy rariny tamin'ny tenanay izahay, ka raha tsy mamela heloka sy mamindrafo aminay Ianao dia tena ho anisan'ireo matiantoka tokoa izahay".

24- Niteny Izy (Allah) hoe: "Midìna ianareo, ho mpifahavalo ianareo samy ianareo, hisyfonenana sy fahafinaretana ho anareo eny ambonin'ny tany mandritra ny fotoana voafetra".

25- Niteny Izy (Allah) hoe: "Eny (ambonin'ny tany) no hiainanareo sy eny koa no hahafatesanareo, ary avy ao (anaty tany) no hamoahana anareo indray".

26- O ry zanak'i Adama! Efa nampidina fitafiana taminareo izahay mba hanafenanareo ny fitanjahanareo sy mba ho haingo, ary ny fitafian'ny fatahorana no tsara indrindra. Izany dia anisan'ireo famantaran'i Allah, angamba hahatsiaro tena izy ireo.

27- O ry zanak'i Adama! Aoka tsy hampiditra fakam-panahy aminareo i Satana tahaka ny namoahany ny Ray aman-drenibenareo avy tao amin'ny paradise, sady nesoriny tamin'ny izy roa ny fitafiany mba hampihariharihariany amin'izy roa ny fitanjahany. Tena mahita anareo izy sy ireo mpiray tsikombakomba aminy, nefa ianareo tsy mahita azy ireo. Marina fa izay nanendry ireo Satana ho sakaizan'ireo izay tsy mino.

**TOKO FAHA:7**
**SORATRA AL-A'RAF**
**(NY TOERANA AMPOVOANY)**
**ANDININY:206**
**NIDINA TAO MAKKAH**

28- Ary raha manao asa vetaveta izy ireo dia miteny hoe: "Izahay dia nahita ireo Razambenay tamin'izany ary i Allah no nandidy izany taminay". Teneno hoe: "Allah dia tena tsy mandidy mihitsy ny fahavetavetana. Miteny momban'i Allah amin'izay tsy fantatrareo ve ianareo?"

29- Teneno hoe: "Ny Tompoko dia nandidy ny fanaovana ny rariny. Ary antsangano mitodika Aminy (Allah) ny tavanareo isaky ny toerana hanaovanareo ny Soalat. Ary mangataha Aminy ianareo, amim-pahadiovam-pò tanteraka ny fanompoanareo Azy. Tahaka ny nahariany anareo no hiverenanareo (any Aminy)".

30- Misy ny andiany izay notarihiny làlana, ary misy ny andiany hafa izay mendrika azy ireo ny fahaverezana, satria izy ireo dia naka ireo Satana ho mpiahy ankoatran'i Allah, ary mihevitra izy ireo fa voatari-dàlana tanteraka.

31- O ry zanak'i Adama! Anaovy ny haingonareo (fitafianareo) isaky ny toeram-pivavahana (Soalat), mihinàna sy misotroa ianareo, ary aza manao fandaniam-poana. Tena marina fa Izy (Allah) dia tsy tia ireo mpanao ny fandaniam-poana.

32- Teneno hoe: "Iza no nandrara ny haingo (fitafiana) avy amin'i Allah, izay navoakany ho an'ireo mpanompony, sy ireo tsara amin'ny anjara sakafo?" Teneno hoe: "Izy ireo dia ho an'ireo izay nino eto amin'ny fiainana ambonin'ny tany, ary ho azy ireo manokana amin'ny andro Fitsanganana amin'ny maty". Tahaka izany no hanazavanay amin'ny antsipiriany ireo fanambarana ho an'ireo vahoaka manam-pahalalàna.

33- Teneno hoe: "Tena marina fa noraran'ny Tompoko ireo asa vetaveta, na ny miharihary aminy izany na nymiafina, sy ny fahotana, ny fihetraketrahana tsy amim-pahahamarinana, sy ny hanakambananareo an'i Allah amin'ny zavatra izay tsy nampidinany porofo na dia kely aza, ary ny hitenenanareo momban'i Allah amin'izay tsy ananareo fahalalàna".

34- Ary ny vahoaka tsirairay dia manana fiafarany. Ka raha tonga ny fe-potoana farany ho azy ireo dia tsy vitan'izy ireo intsony ny hanemotraizany na dia ora iray monja aza, ary tsy vitan'izy ireo ihany koa ny hanafaingana izany.

35- O! ry Zanak'i Adama! Raha misy ireo iraka (voafidy) avy aminareo tonga mitantara aminareo ireo fanambarako, izay natahotra sy nanarina ny tenany, dia tsy hisy tahotra izy ireo ary tsy halahelo ihany koa.

36- Ary ireo izay nilaza fa lainga ny fanambaranay sy nanalavitra izany tamim-panambonian-tena, dia izy ireny no olon'ny Afobe, ka hitoetra ao mandrakizay izy ireo.

37- Ka iza koa no manao ny tsy rariny mihoatra izay namorona lainga momban'i Allah, na koa nilaza fa lainga ireo famantarany? Izy ireny dia hahazo ny anjarany amin'izay voasoratra; mandra-pahatongan'ireo Irakay amin'izy ireo hanala ny fofonain'izy ireo sady hiteny izy ireo hoe: "Aiza ireo izay nantsoinareo ankoatr'i Allah?" Hiteny izy ireo hoe: "Nandao anay izy ireo". Ary hijoro vavolombelona eo anatrehan'ny tenany izy ireo fa tsy mpino.

## TOKO FAHA:7
## SORATRA AL-A'RAF
## (NY TOERANA AMPOVOANY)
## ANDININY:206
## NIDINA TAO MAKKAH

38- Hiteny Izy (Allah) hoe: "Midira ianareo, miaraka amin'ireo vahoaka efa nandao teo alohanareo amin'ny Djiny sy ny olombelona, ao anaty Afobe". Isaky ny misy vahoaka iray miditra ao dia hanozona izay nialoha làlana azy. Rehefa tafahaona tao daholo izy rehetra dia hiteny amin'ireo voalohany ny farany hoe: "Tomponay o! Izy ireo no namery anay, ka omeo famaizana avo roa heny amin'ny Afobe izy ireo". Dia hiteny Izy (Allah) hoe: "Ho an'ny tsirairay avy ny avo roa heny (amin'ny sazy), nefa tsy mahafantatra ianareo".

39- Ary ireo voalohany amin'izy ireo dia hiteny amin'ireo farany hoe: "Tsy nanana tombony amboninay na dia kely aza ianareo, ka andramonareo àry ny famaizana noho (ny asa ratsy) izay nataonareo".

40- Marina fa ireo izay nilaza fa lainga ny fanambaranay ary nanalavitra azy amim-panambonian-tena, dia tsy ho sokafana ho azy ireo, ireo varavaran'ny lanitra ary tsy hiditra amin'ny Paradisa koa izy ireo mandra-pidiran'ny rameva amin'ny vody fanjaitra. Ary tahaka izany no hamalianay ireo mpanao heloka bevava.

41- Ho azy ireo ny fandriana avy amin'ny Afobe, ary misy firakotra eo ambonin'izy ireo. Ary tahaka izany no hamalinay ireo mpanao ny tsy rariny.

42- Ary ireo izay nino sy nanao asa soa- tsy mampizaka ny olona zavatra izahay afa-tsy izay zakany- izy ireny no olon'ny Paradisa, hitoetra ao mandrakizay izy ireo.

43- Ary hesorinay ny lolom-pò rehetra izay misy ao am-pòn'izy ireo, ary mikoriana eo ambanin'izy ireo, ireo renirano, ka hiteny izy ireo hoe: "Dera ho an'i Allah izay nitari-dàlana anay tamin'ity (toerana ity). Ary tsy mba nahatari-dàlana ny tenanay izahay, raha tsy i Allah no nitari-dàlana anay. Tena tonga tokoa ireo iraky ny Tomponay miaraka amin'ny fahamarinana". Ary hambara amin'izy ireo hoe: "Ity Paradisa ity dia nampandovaina anareo noho ny asa izay nataonareo".

44- Ary ireo olon'ny Paradisa dia hiantso ireo olon'ny Afobe hoe: "Tena hitanay marina izay nampanantenain'ny Tomponay anay. Ka moa ve tena hitanareo marina izay nampanantenain'ny Tomponareo?" Hiteny izy ireo hoe: "Eny". Ary hisy mpiantso hiantso mafy eo afovoan'izy ireo hoe: "Ny ozon'i Allah anie ho amin'ireo mpanao ny tsy rariny".

45- Dia ireo izay misakana ny lalan'i Allah ka mitady ny hampiolakolaka izany, ary izy ireo dia tsy mino ny any ankoatra.

46- Ary hisy takona manelanelana azy roa tonta, ary eo ambonin'ny Al-A'rãf[86] dia hisy olona maro izay hahafantatra ny olon-drehetra amin'ny sori-pamantarana izay misy amin'izy ireo. Ary hiantso ny olon'ny Paradisa izy ireo hoe: "Fiadanana anie ho aminareo!" Ary izy ireo dia tsy tafiditra tao na dia naniry izany fatratra aza.

[86]AL-A'rãf: toerana ambony eo anelanelan'ny Paradisa sy afo-be.

**TOKO FAHA:7**
**SORATRA AL-A'RAF**
**(NY TOERANA AMPOVOANY)**
**ANDININY:206**
**NIDINA TAO MAKKAH**

47- Ary rehefa hatodika mankany amin'ireo olon'ny Afobe ny fijerin'izy ireo, dia hiteny izy ireo hoe: "Tomponay o! Aza atao miaraka amin'ireo vahoaka mpanao ny tsy rariny izahay".

48- Ary ireo olon'ny Al-A'rãfdiahiantso olona maro fantatr'izy ireo amin'ny alalan'ny sori-pamantarana izay misy amin'izy ireo ka hiteny hoe: "Tsy nahazo tombony ianareo tamin'izay rehetra nangoninareo sy izay nampiavonavona anareo!

49- Moa ve tsy izy ireny no nianianareo fa tsy hahazo ny famindram-pòn'i Allah velively? Midira amin'ny paradisa ianareo! Tsy hisy tahotra ianareo ary tsy halahelo ihany koa.

50- Ary ireo olon'ny Afobe dia hiantso ireo olon'ny Paradisa hoe: "Mba anipazo rano kely izahay, na amin'izay anjara sakafo nomen'i Allah anareo". Hiteny izy ireo hoe: "Marina fa i Allah dia nandrara izany ho an'ireo tsy mpino".

51- Ireo izay nandray ny finoan'izy ireo ho fandanian'andro sy kilalao, ary namitaka azy ireo ny fiainana teny ambonin'ny tany. Androany, dia hanadino azy ireo izahay tahaka ny nanadinoan'izy ireo ny fihaonana amin'izao andron'izy ireo izao, ary noho izy ireo nitsipaka ireo fanambaranay.

52- Ary efa nitondra Boky ho azy ireo izahay, ka nohazavainay antsipiriany izany, amim-pahalalàna, ho tari-dàlana sy famindra-pò ho an'ireo vahoaka mino.

53- Ma ve hiandry izy ireo afa-tsy ny fahantanterahan'izany? Amin'ny andro hahatongavan'ny fahatanterahan'izany dia hiteny ireo izay nanadino an'izany teo aloha hoe: "Efa tonga ireo iraky ny Tomponay miaraka amin'ny fahamarinana, ka moa ve manana mpanelanelana izahay mba hanao fanelanelanana ho anay? Na koa haverina izahay ka hanao asa ankoatry ny asa nataonay teo aloha?" Efa namono antoka ny tenany izy ireo, ary nandao azy ireo izay noforoniny.

54- Marina fa ny Tomponareo, dia Allah izay nahary ireo lanitra sy ny tany tao anatin'ny eninandro, avy eo izy dia nitoetra (istawã) teo ambonin'ny seza fiandriana. Ary ny alina nataony handrakotra ny andro no sady manenjika azy tsy ankijanona. Ary (Izy no nahary) ny masoandro, ny volana, sy ireo kintana, izy ireo dia manaiky ny baikony avokoa. Moa ve tsy Azy irery ny famoronana sy ny fibaikoana? Voninahitra anie ho an'i Allah, Tompon'izao Tontolo izao.

55- Mangatàha amin'ny Tomponareo amim-panetrentena ary amim-pahanginana, tena marina fa Izy (Allah) dia tsy tia ireo mpandika lalàna.

56- Ary ianareo aza manao asa fanimbàna eto ambonin-tany aorian'ny fanatsarana azy, ary mangataha Aminy ianareo amim-patahorana sy amim-panantenana. Marina fa ny famindram-pòn'ny Tomponao dia akaiky ireo mpanao soa.

57- Ary Izy no mandefa ireo rivotra ho fanambarana mialoha ny famindra-pòny. Ka rehefa mitondra rahona mavesatra izany dia tarihinay any amin'ny tany maty (karakaina) izany, ary dia ampidininay amin'ny alalan'izany ny rano, ka hamoahanay amin'ny alàlany ny karazam-boankazo rehetra. Tahaka izany koa no hamoahanay ireo maty. Angamba hahatsiaro tena ianareo.

**TOKO FAHA:7**
**SORATRA AL-A'RAF**
**(NY TOERANA AMPOVOANY)**
**ANDININY:206**
**NIDINA TAO MAKKAH**

58- Ary ny tany tsara, dia hitsiry ny zava-maniriny avy amin'ny alàlan'ny Tompony, fa izay (tany) ratsy kosa, dia tsy hitsiry ny zava-maniriny afa-tsy amim-pahasarotana. Tahaka izany no hanazavanay antsipiriany ireo fanambarana ho an'ny vahoaka mankasitraka.

59- Tena marina fa efa nalefanay i Noa any amin'ny vahoakany. Ka niteny Izy hoe: "Ry vahoakako! Tompoinareo i Allah. Tsy manana Zanahary hafa ianareo ankoatra Azy. Izaho dia tena matahotra ho anareo ny famaizana amin'ny andro lehibe".

60- Ireo loholona tamin'ny vahoakany dia niteny hoe: "Izahay dia tena mahita Anao fa ao anatin'ny fahaverezana miharihary".

61- Niteny izy hoe: "Ry vahoakako! Tsy ao anatin'ny fahaverezana Aho, fa Izaho kosa dia Iraka avy amin'ny Tompon'izao Tontolo izao.

62- Mampita aminareo ireo hafatry ny Tompoko aho, sy mananatra anareo, ary mahafantatra avy amin'i Allah izay tsy fantatrareo Aho.

63- Moa ve gaga ianareo raha tonga aminareo ny fampatsiahivana avy amin'ny Tomponareo, izay nentin'ny olona iray taminareo, mba hampitandrina sy mba hahatonga anareo hatahotra, ary angamba ho aminareo ny famindram-pò".

64- Ka nataon'izy ireo ho mpandainga Izy. Ka navotanay Izy sy ireo izay niaraka taminy tao anatin'ny sambo fiara, ary narendrikay kosa ireo izay nilaza fa lainga ny famantaranay. Marina fa vahoaka jamba tokoa izy ireo.

65- Ary (nalefa) tamin'ny foko Aad ny ralahin'izy ireo Houd, dia niteny Izy hoe: "Ry vahoakako! Tompoinareo i Allah. Tsy manana Zanahary hafa ianareo ankoatra Azy. Moa ve tsy hanana fatahorana ianareo?"

66- Niteny ireo loholon'ireo izay tsy nino tamin'ny vahoakany hoe: "Tena marina fa izahay dia mahita anao fa kely saina, ary tena mihevitra anao ho anisan'ireo mpandainga Izahay".

67- Niteny Izy hoe: "Ry vahoakako! Tsy ao anatin'ny fahakelezan-tsaina velively aho, fa Izaho kosa dia Iraka avy amin'ny Tompon'izao Tontolo izao".

68- Mampita aminareo ireo hafatry ny Tompoko Aho, ary Izaho dia Mpanolotsaina Mahatoky ho anareo.

69- Moa ve gaga ianareo raha tonga aminareo ny fampatsahiavana avy amin'ny Tomponareo, izay nentin'ny olona iray avy aminareo mba hampitandrina anareo? Ary mahatsiarova ianareo raha nataony ho mpandimby toerana taorian'ny vahoakan'i Noa ianareo, ary nampitomboiny ianareo tamin'ny vatana (fahatanjahana). Ka tsarovinareo ireo fahasoavan'i Allah angamba hahazo fahombiazana ianareo".

70- Niteny izy ireo hoe: "Moa ve tonga aty aminay Ianao mba hanompoanay an'i Allah Irery ihany, ary mba hamelanay izay notompoin'ireo Razambenay? Ento aminay àry izay

nampitandremanao anay (amin'ny sazy) raha anisan'ireo mpilaza ny marina tokoa Ianao".

71- Niteny Izy (Hod) hoe: "Indro fa efa nihatra aminareo ny fampijaliana sy ny fahatezerana avy amin'ny Tomponareo. Moa ve hiady hevitra Amiko mikasika ireo anarana izay nomenareo azy ireo (ireo sampy), ianareo sy ireo Razambenareo, izay tsy nampidinan'i Allah porofo ny amin'izany na dia kely aza? Andrasonareo àry, fa izaho koa anisan'ny miandry miaraka aminareo".

72- Ka dia navotanay Izy sy ireo izay miaraka taminy, noho ny famindram-pò avy Aminay, sy naringanay ireo izay nilaza fa lainga ireo fanambaranay, ary tsy mpino izy ireo.

73- Ary nalefanay tamin'ny foko Thamoud ny rahalan'izy ireo Soãlihy, ka niteny Izy hoe: "O! Ry vahoakako! Tompoinareo i Allah, tsy manana Zanahary hafa ankoatra Azy ianareo. Efa tonga aminareo ny porofo avy amin'ny Tomponareo: Ity ny rameva vavin'i Allah, fahagagana ho anareo. Ka avelaonareo izy hihinana amin'ny tanin'i Allah, ary aza manao ratsy aminy ianareo sao iharan'ny sazy mangirifiry.

74- Ary mahatsiarova ianareo raha nataony ho mpandimby toerana taorian'ny fokon'ny Aad ianareo, ka napetrany teo ambonin'ny tany ianareo. Nanorina lapa maro ianareo tamin'ireo tany lemaka, ary nolavahinareo ireo tendrombohitra ho trano. Ka tsarovinareo ireo fahasoavan'i Allah, ary aza miely eto ambonin-tany ianareo amin'ny fanaovana ny asa fanimbana".

75- Ireo loholona izay nanambony tena tamin'ny vahoakany dia niteny tamin'ireo izay niharan'ny tsindrihazolena, amin'ireo izay nino tamin'izy ireo, hoe: "Moa ve fantatrareo fa i Soãlihy dia Iraka avy amin'i Tompony?" Niteny izy ireo hoe: "Marina fa izahay dia mino izay nalefa Aminy".

76- Niteny ireo izay nanambony tena hoe: "Izahay dia tsy nino mihitsy izay inoanareo".

77- Novonoin'izy ireo ilay rameva vavy no sady tsy nankatò ny didin'ny Tompony izy ireo; ary niteny izy ireo hoe: "O! Ry Soãlihy! Alefaso aminay izay nampitandremanao anay rahatoa ka isan'ireo Iraka (nalefan'i Allah) Ianao.

78- Dia namely azy ireo ny horohoron-tany, ka indro izy ireo fa nitsitra teo amin'ny toeram-ponenanay daholo izy ireo.

79- Ka nitodi-damosina tamin'izy ireo Izy ary niteny hoe: "Ry vahoahako! Tena efa nampita taminareo ny hafatry ny Tompoko aho, sy nanolotsaina anareo, kanefa tsy tia ireo mpanolotsaina ianareo".

80- Ary (tsarovy)i Lota "Rehefa niteny tamin'ny vahoakany Izy hoe: "Ianareo ve manao ny asa vetaveta izay mbola tsy nisy na dia iray aza tamin'izao Tontolo izao nanao izany talohanareo?.

81- Tena marina fa ianareo dia mankafý amin'ireo lehilahy ny filana ara-nofo ankoatran'ireo vehivavy! Fa tena vahoaka mpanao ratsy tafahoatra ianareo".

# TOKO FAHA:7
# SORATRA AL-A'RAF
# (NY TOERANA AMPOVOANY)
# ANDININY:206
# NIDINA TAO MAKKAH

82- Tsy inona ny valin-tenin'ny vahoakany raha tsy niteny izy ireo hoe: "Avoahy avy amin'ny tanànareo izy ireo. Izy ireo dia olona te-hitazona ny tenany ho madio (amin'ny fahotana)".

83- Dia navotanay Izy sy ny fianakaviany, afa-tsy ny vadiny izay anisan'ireo voaringana.

84- Ary nandrotsahanay orana[87] tamin'izy ireo. Ka jereo àry, ahoana no fiafaran'ireo mpanao eloka be vava!

85- Ary ho an'ny (vahoaka) Madiàna, (nalefanay) ny rahalahin'izy ireo Sho'aïb, ka niteny Izy hoe: "Ry vahoakako! Tompoinareo i Allah, tsy manana Zanahary hafa ankoatra Azy ianareo. Efa tonga taminareo ny porofo avy amin'ny Tomponareo. Ataovy marina ny famàrana sy fandanjana. Ary aza manome olona latsaky izay tokony ho azy. Ary aza manao ny asa fanimbana eto ambonin-tany ianareo aorian'ny fanatsarana azy. Izany dia tsara ho anareo raha mpino ianareo.

86- Ary aza mipetraka eny an-dàlana rehetra eny ianareo, mandrahona sy misakana ny lalan'i Allah amin'izay mino azy ka mitady hampiolakolaka izany (làlana izany). Ary tsarovinareo raha fony mbola vitsy ianareo ka nampitomboiny ho maro. Ary jereonareo ahoana no fiafaran'ireo mpanao ny asa fanimbana.

87- Ary raha ny andiany aminareo no nino tamin'izay nalefa tamiko, sy ny andiany iray hafa kosa tsy nino, dia mahareta ianareo mandra-pahatongan'i Allah hitsara antsika, Izy no Mpitsara mendrika indrindra".

---

[87]Orana: Vato latsaka mahamay avy eny an-danitra tahaka ny orana.

88- Niteny ireo loholona izay nanambony tena, avy amin'ny vahoakany (Sho'aïb), hoe: "Tena havoakanay Ianao ry Sho'aïb sy ireo izay nino miaraka aminao avy amin'ity tanànantsika ity, na koa ianareo tena hiverina amin'ny finoantsika". Niteny Izy hoe: "Na dia efa mankahala izany aza izahay?"

89- Namorona lainga tokoa momba an'i Allah izahay raha toa ka mbola miverina amin'ny finoanareo taorian'ny nanavotan'i Allah anay tamin'izany. Tsy izahay velively no hiverina amin'izany raha tsy hoe sitrak'i Allah izay Tomponay izany, mahenika ny zavatra rehetra ny fahalalàn'ny Tomponay, amin'i Allah irery no hiankinanay.Tomponay o! Tsarao amin'ny fahamarinana ny eo aminay sy ny vahoakanay, fa Ianao no mendrika indrindra amin'ireo mpitsara.

90- Ary niteny ireo loholona izay tsy nino avy amin'ny vahoakany hoe: "Raha manaraka an'i Sho'aïb ianareo dia tena maty antoka tokoa".

91- Dia namely azy ireo ny horohoron-tany, ka dia lasa ripaka daholo teo amin'ny toeram-ponenany izy ireo

92- Ireo izay nilaza fa mpandainga i Sho'aïb dia rava tahaka ny tsy niaina tao izy ireo. Ireo izay nilaza fa mpandainga i Sho'aïb dia izy ireo no tena maty antoka.

93- Ary nitodi-damosina tamin'izy ireo Izy (Sho'aïb) ary niteny hoe: "O! ry vahoakako! Efa nampitaiko taminareo ireo hafatry ny Tompoko, ary efa nananatra anareo aho. Ahoana àry no halahelo aho amin'ireo vahoaka tsy mpino?".

94- Ary mbola tsy nisy tanàna nandefasanay Mpaminany ka tsy noraisinay tamin'ny alàlan'ny fahoriana sy voina ireo mponina tao aminy. Angamba hanetry tena izy ireo.

95- Avy eo dia nosoloinay ny tsara ny toeran'ny ratsy; ka rehefa nitombo isa sy harena izy ireo dia niteny izy ireo hoe: "Efa nanjò ireo razambenay taloha ihany koa ny voina sy ny hasambarana". Ka dia noraisinay tampoka izy ireo ary tsy nisy nahatsapa izany izy ireo.

96- Ary raha mba nino ireo mponin'ireo tanàna ireo sy nanam-patahorana dia tena ho nosokafanay tamin'izy ireo, ireo fahasoavana avy any an-danitra sy ny eto an-tany. Nefa nampandainga (ireo Mpaminany) izy ireo, ka noraisinay izy ireo noho izay nataony ihany.

97- Moa ve mahatoky ireo mponin'ireo tanàna ireo fa tsy ho tonga any amin'izy ireo ny famaizanay tena henjana amin'ny alina, raha ao anatin'ny torimaso izy ireo?

98- Moa ve mahatoky ireo mponin'ireo tanàna ireo fa tsy ho tonga any amin'izy ireo ny famaizanay tena henjana amin'ny antoandro, raha mbola milalao izy ireo?

99- Moa ve mahatoky fa ho voa aro amin'ny tetik'i Allah izy ireo? Tsy misy mahatoky fa ho voa aro amin'ny tetik'i Allah afa-tsy ireo vahoaka maty antoka ihany.

100- Moa ve tsy natoro tamin'ireo izay nandova ny tany taorian'ny mponina tao aminy, fa raha sitrakay dia novelezinay izy ireo noho ny fahotany, ary nohidinay mafy ny fon'izy ireo ka tsy haheno mihitsy izy ireo.

101- Indro ireo tanàna izay tantaranay aminao ny vaovao sasan-tsasany momba azy ireo. Ary efa tonga tamin'izy ireo, ireo Iraka ho azy ireo, nitondra ireo porofo mazava. Saingy tsy vonona ny hino izay efa nolazainy fa lainga teo aloha izy ireo.

102- Ary tsy hitanay tamin'ny ankamaroan'izy ireo ny fanajana ny fanekena; fa ny hitanay tamin'ny ankamaroan'izy ireo kosa dia ny fitondran-tena ratsy.

103- Avy eo dia nalefanay taorian'izy ireo i Mosa miaraka tamin'ireo fahagagana avy taminay ho any amin'ny Faraona sy ireo loholony. Nefa nanao ny tsy rariny tamin'izany izy ireo. Ka jereo ahoana àry no niafaran'ireo mpanao asa fanimbana.

104- Ary niteny i Mosa hoe: "O! ry Faraona! Tena marina fa Izaho dia Iraka avy amin'ny Tompon'izao Tontolo izao.

105- Tsy mendrika ny hiteny momba an'i Allah Aho afa-tsy ny marina. Tonga aminareo tokoa aho miaraka amin'ny porofo mazava avy amin'ny Tomponareo. Koa alefaso miaraka Amiko àry ireo zanak'Israely.

106- Niteny izy (Faraona) hoe: "Raha tonga miaraka amin'ny fahagagana àry ianao, dia asehoy izany, raha isan'ireo marina Ianao".

107- Ka natorany ny tehiny, dia lasa bibilava lehibe miharihary izany.

108- Ary navoakany ny tànany, dia lasa fotsy mamirapiratra teo amin'ireo mpijery izany.

109- Niteny ireo loholona tamin'ny vahoakan'i Faraona hoe: "Tena mpanao majika mahay tokoa izy io.

110- Mila hamoaka anareo hiala amin'ny tanànanareo Izy". "Ka inona no hevitra omenareo?"

111- Niteny izy ireo hoe: "Ampiandraso Izy sy ny rahalahiny? ary andefaso iraka mankany amin'ireo tanàna mba hamory olona.

112- Ho tonga eo aminao izy ireo miaraka amin'ny mpanao majika rehetra tena mahay".

113- Ary tonga teo amin'i Faraona ireo mpanao majika ka niteny hoe: "Moa ve hisy valisoa ho anay raha izahay no mivoaka ho mpandresy?"

114- Niteny izy hoe; "Eny! Ary tena ho isan'ireo akaiky ahy ianareo".

115- Niteny izy ireo hoe: "O! ry Mosa! Na ianao no hanipy (ny tehinao), na izahay no hanipy voalohany".

116- Niteny Izy (Mosa) hoe: "Atsipazo ny anareo". Rehefa nanipy izy ireo, dia nanova ny mason'ireo olona izy ireo ary koa nampihorohoro azy ireo, ary tonga niaraka tamin'ny majika mahery vaika izy ireo.

117- Ary nandefasanay hafatra i Mosa hoe: “Atsipazo ny tehinao”. Dia indro izany fa nitsaingoka izay rehetra noforonin’izy ireo.

118- Ka dia tanteraka tokoa ny marina ary rava izay rehetra nataon’izy ireo.

119- Ka dia resy tamin’izany izy ireo ary lasa afa-baraka.

120- Dia niantoraka niankohoka ireo mpanao majika.

121- Niteny izy ireo hoe: “Mino an’ny Tompon’izao Tontolo izao izahay.

122- Tompon’ny Mosa sy Harona (Arona).

123- Niteny i Faraona hoe: “Mino Azy ve ianareo alohan’ny hanomezako alàlana anareo? Marina fa izany dia tena tetika efa nomaninareo tany amin’ny tanàna mba hamoahanareo ny mponina ao aminy, ka ho fantatrareo tsara izany.

124- Tena ho tapahako ny tànanareo sy ny tongotrareo mifanohitra amin’ny andaniny, avy eo tena ho fantsihiko tokoa amin’ny hazo ianareo rehetra.

125- Niteny izy ireo hoe: “Tena marina fa any amin’ny tomponay no hiverenanay.

126- Ary tsy hamaly faty anay ianao afa-tsy noho izahay nino ireo famantarana avy amin’ny Tomponay rehefa tonga taminay izany .Tomponay o! Arotsahy aminay ny faharetana ary ataovy ho maty am-panekena Anao tanteraka izahay”.

127- Ary niteny ireo loholona avy amin’ny vahoakan’ny Faraona hoe: “Moa ve havelanao i Mosa sy ny vahoakany hanao asa fanimbana eto an-tany, ary handao anao sy ireo zanaharinao izy?”. Niteny izy hoe: “Ho vonointsika ny zanaka lahin’izy ireo ary havelatsika ho velona ny vehivavin’izy ireo, ary marina fa isika dia ambonin’izy ireo sy manjaka.

128- Niteny i Mosa tamin’ny vahoakany hoe: “Mangataha vonjy amin’i Allah ianareo, ary mahareta, marina fa ny tany dia an’i Allah. Ampandovàny izay sitrany amin’ireo mpanompony. Ny fiafarana tsara dia ho an’ireo manam-patahorana”.

129- Niteny izy ireo hoe: “Nampijaliana izahay talohan’ny nahatongavanao taminay, ary taorian’ny nahatongavanao koa”. Niteny Izy hoe: “Angamba ny Tomponareo handringana ny fahavalonareo ary hanome anareo fitantanana eto an-tany, ary hijery manao ahoana ny ho fiasanareo”.

130- Ary efa notsapainay mandritry ny taona maro tamin’alalan’ny haintany sy ny fihenan’ny vokatra ireo vahoakan’i Faraona. Angamba hahatsiaro tena izy ireo.

131- Ary rehefa tonga tamin’izy ireo ny fahasoavana, dia niteny izy ireo hoe: “Ity dia anjara ho anay”; raha tojo haratsiana kosa izy ireo dia nitaony fa avy amin’i Mosa sy ireo mpiara dia aminy no mahatonga izao, raha ny marina dia miankina amin’i Allah irery ihany ny anjaran’izy ireo, nefa ny ankamaroan’izy ireo dia mahafantatra izany.

132- Ary niteny izy ireo hoe; “Na inona na inona ny fahagagana entinao sy hanangolenao anay, dia tsy hino anao velively izahay”.

133- Nalefanay tamin’izy ireo ny tondra-drano, ny valala, ny hao, sy ny sahona, ny rà, ho porofo mazava. Nefa nampitombo ny fiavonavonana izy ireo, ka nijanona ho vahoaka mpanao heloka.

134- Rehefa nihatra tamin'izy ireo ny sazy dia miteny izy ireo hoe: "O! ry Mosa! Mangataha Ianao ho anay amin'ny Tomponao amin'ny fifanekena izay nomeny anao. Raha esorinao aminay tokoa ny sazy dia tena hino Anao izahay, ary halefanay hiraka Aminao ireo zanak'Israely".

135- Ka rehefa nesorinay tamin'izy ireo ny sazy ho amin'ny fotoana farany izay tratran'izy ireo, dia indro fa nivadika tamin'ny fanekena izy ireo.

136- Noho izany dia namaly azy ireo izahay; ka narendrikay tao anaty ranomasina izy ireo, satria izy ireo dia nilaza fa lainga ireo famantarana avy taminay ary tsy niraharaha izany izy ireo.

137- Ary nampandovainay ireo vahoaka, izay niharan'ny tsindrihazo lena, ny atsinanan'ny tany sy ny andrefany, izay efa nosoavinay ny aminy. Ary tanteraka tamin'ireo zanak'Israely ny teny mahafinaritra indrindra avy amin'ny Tomponao noho izy ireo maharitra. Ary nopotehinay izay rehetra nataon'i Faraona sy ny vahoakany sy izay natsangan'izy ireo.

138- Ary nampitainay ny ranomasina ireo zanak'Israely, ka nandalo teo amin'ny vahoaka iray izay nifikitra amin'ny sampiny, dia niteny izy ireo hoe: "O! ry Mosa! Anaovy zanahary tahaka ireo zanahary ananan'ireto (olona ireto) izahay. Niteny Izy (Mosa) hoe: "Marina tokoa fa ianareo dia vahoaka tsy mahalala na inona na inona".

139- Ny fomba fivavahana izay ianteheran'izy ireo dia ho rava, ary ho zava-poana izay rehetra ataon'izy ireo.

140- Niteny Izy hoe: "Izaho ve no hitady zanahary hafa ho anareo ankoatran'i Allah nefa Izy no nanome anareo tombom-pahasoavana teo amin'izao Tontolo izao?"

141- Ary rehefa nanavotra anareo izahay tamin'ny olon'i Faraona izay nampitondra faisana anareo tamin'ny fampijaliana ratsy indrindra. Nanapaka ny tendan'ny zanakareo lahy, sy namela ho velona ireo vehivavinareo. Ary izany rehetra izany dia fitsapana goavana avy amin'ny Tomponareo.

142- Ary nampanantena an'i Mosa fihaonana telopolo alina izahay, ka nampianay folo izany. Feno efapolo alina ny fihaonana tamin'ny Tompony. Niteny i Mosa tamin'i Arona rahalahiny hoe: "Soloy aho eo anatrehan'ireo vahoakako, ary manaova ny tsara fa aza manaraka ny làlan'ireo mpanao ny fanimbàna".

143- Nony tonga tamin'ny toerana nanaovanay ny fihaonana i Mosa, dia niteny taminy ny Tompony. Niteny Izy (Mosa) hoe: "Tompoko, Misehoa amiko ianao mba hahitako Anao!" Dia niteny Izy (Allah) hoe: "Tsy hahita Ahy velively ianao; fa jereo kosa irý tendrombohitra irý: raha mbola miorina eo amin'ny toerany, dia hahita Ahy ianao". Rehefa niseho tamin'ny tendrombohitra ny Tompony dia nataony potipotika izany, ary nianjera i Mosa sady torana. Rehefa nahatsiaro tena izy dia niteny hoe: "Voninahitra anie ho Anao, mibebaka Aminao aho, ary izaho no voalohany amin'ireo olona mpino".

144- Ary niteny izy (Allah): "Ry Mosa! Tena nisafidy anao Aho tamin'ireo olombelona mba hitondra ny hafatro sy ny teniko. Koa raiso izay omeko anao, ary aoka ianao ho anisan'ireo mpankasitraka.

145- Ary nosoratanay ho Azy, tamin'ny takela-bato, ny fananarana mikasika ny zava-drehetra sy ny fanazavana amin'ny antsipiriany. Raiso izany ary tazony mafy, ka didio ny vahoakanao handray izany amin'ny tsara indrindra. Tsy ho ela dia hasehoko anareo ny fonenan'ireo mpanao asa ratsy.

146- Halaviriko amin'ireo famantarana avy amiko ireo izay miavonavona tsy amim-pahamarinana eto an-tany. Na dia mahita ny fahagagana rehetra aza izy ireo dia tsy hino an'izany. Ary na dia mahita ny làlana tsara aza izy ireo, dia tsy handray izany ho làlan-kaleha. Fa raha mahita ny làlan'ny fahaverezana izy ireo, dia raisin'izy ireo ho làlan-kaleha izany. Izany dia satria, milaza ireo famantarana avy aminay ho lainga izy ireo ka tsy miraharaha izany.

147- Ary ireo izay milaza fa lainga ny famantaranay sy ny fihaonana amin'ny fiainana any an-koatra, dia foana ny asan'izy ireo. Moa ve homena valiny izy ireo afa-tsy amin'ny izay asa nataon'izy ireo ihany?

148- Ary ireo vahoakan'i Mosa taorian'ny nandehanany dia nanamboatra vatana zanak'omby lahy mitrena avy tamin'ny firavak'izy ireo (volamena). Moa ve tsy hitan'izy ireo fa tsy afaka miresaka amin'izy ireo no sady tsy mitari-dàlana azy ireo amin'ny lalàna mihitsy izany? Noraisin'izy ireo (ho toy ny Zanahary) izany, ary izy ireo dia mpanao ny tsy rariny.

149- Ary rehefa nahatsapa fanenenana izy ireo, sy nahita fa tena very làlana tokoa, dia niteny izy ireo hoe: "Raha toa ka tsy mamindra fò aminay sy tsy mamela ny helokay ny Tomponay dia tena anisan'ireo maty antoka izahay".

150- Ary rehefa niverina tamin'ny vahoakany i Mosa, tezitra sady nalahelo, dia niteny hoe: "Tena ratsy tokoa izay nataonareo tamin'ny tsy naha-teo ahy! Moa ve te-hanafaingana ny didin'ny Tomponareo ianareo?" Natsipiny ny takela-bato, ary noraisiny tamin'ny lohany ny rahalahiny ka nosintoniny teo aminy, dia niteny Izy (Rahalahiny) hoe: "O! ry zanaky ny reniko! Marina fa ny vahoaka dia nandray ahy ho kanosa, ary saika namono ahy mihitsy izy ireo. Ka aza atao ny hampifaly ireo fahavaloko amin'izay manjò ahy, ary aza atao miaraka amin'ireo vahoaka mpanao ny tsy rariny aho".

151- Niteny Izy (Mosa) hoe: "Tompo o! Mamelà ahy sy ny rahalahiko Ianao, ary ampidiro amin'ny famindram-pònao izahay, fa Ianao Ilay be indrafò indrindra amin'ireo mpamindra-fò".

152- Marina fa ireo izay nandray ny zanak'omby lahy (ho Zanahariny) dia hianjera amin'izy ireo ny hatezeran'ny Tompony, sy ny fahambaniana amin'ny fiainana eto an-tany. Tahaka izany no hamalianay ny asan'ireo mpamoron-dainga (mpanompo sampy).

153- Ary ireo izay nanao asa ratsy, avy eo izy ireo dia nibebaka taorian'izany sy nino... Marina fa ny Tomponao, aorian'izany, dia tena be Famelan-keloka sy be Fiantrana.

154- Ary rehefa nitony ny fahatezeran'i Mosa dia noraisiny ilay takela-bato. Ary voaraikitra tao anatin'ny lahatsoratr'izany ny tari-dàlana sy ny famindram-pò ho an'ireo izay matahotra ny Tompon'izy ireo.

155- Ary nisafidy fitopolo lahy tamin'ireo vahoakany i Mosa hiatrika ny fihaonana Aminay. Ary rehefa namely azy ireo ny horohoron-tany, dia niteny Izy (Mosa) hoe: "Tompoko! Raha sitrakao dia naringanao izy ireo teo aloha sy ny tenako. Haringanao ve izahay noho izay nataon'ireo kely fisainana taminay? Tsy inona akory izany fa fitsapana avy Aminao ihany, ary amin'izany no hamerezanao izay sitrakao sy hitarihanao làlana izay sitrakao. Ianao no Mpiahy anay. Ka mamelà anay ary mamindra-fò aminay, fa Ianao no Mendrika indrindra amin'ireo mpamela heloka.

156- Ary soraty ho anay ny tsara, eto an-tany sy any an-koatra, indro izahay dia hiverina Aminao ampanetren-tena". Niteny Izy (Allah) hoe: "Ny famaizako dia ataoko mahazo izay sitrako, ary ny famindram-pòko dia mahenika ny zavatra rehetra, ho soratako izany ho an'ireo izay manam-patahorana sy mamoaka ny Zakat, ary ireo izay mino ny fanambaranay.

157- Ireo izay manaraka Ilay Iraka, Ilay Mpaminany tsy mahay manoratra sy mamaky, izay hitan'izy ireo voasoratra eo aminy ao anatin'ny Thora sy ny Evanjely, mandidy azy ireo amin'ny tsara sy mandrara azy ireo amin'ny ratsy Izy, ary manome alàlana azy ireo amin'ny tsara (sakafo…), sy mandrara azy ireo kosa amin'ny ratsy, ary manala azy ireo amin'ny enta-mavesatra sy ireo jioga izay tamin'izy ireo. Fa ireo izay mino sy manohana ary manampy azy, ary manaraka ny fahazavana izay nampidinina taminy; izy ireny no hahazo ny fahombiazana".

158- Teneno hoe: "O! ianareo olombelona! Marina fa izaho dia Irak'i Allah ho anareo rehetra, izay Azy ny fanjakan'ny lanitra sy ny tany, tsy misy zanahary afa-tsy Izy, Izy no mamelona sy mamono. Minoa an'i Allah àry ianareo sy ny Irany, Ilay Mpaminany tsy mahay manoratra sy mamaky, izay mino an'i Allah sy ireo teniny. Ary aoka ianareo hanaraka Azy angamba hahazo ny tari-dàlana ianareo.

159- Ary misy amin'ireo vahoakan'i Mosa mitarika amin'ny làlana marina, ary amin'izany no nanaovan'izy ireo ny rariny.

160- Ary nozarazarainay ho foko sy vahoaka roa ambin'ny folo izy ireo, ary nandefasanay fanambarana i Mosa raha nangataka rano taminy ny vahoakany: "Kapohy amin'ny tehinao ny vatolampy". Ary indro nisy loharano roa ambin'ny folo nifantsitsitra (nipiritsika) avy tao. Efa samy nahafantatra ny loharano hosotroiny avokoa ny foko tsirairay, ary nalokalofanay tamin'ny rahona izy ireo, ary nampidininay tamin'izy ireo ny mana sy ny papelika: "Mihinàna ianareo amin'ireo anjara tsara nomenay anareo". Ary tsy nanao ny tsy rariny taminay izy ireo, fa ny tenan'izy ireo ihany no nanaovany ny tsy rariny.

161- Raha nolazaina tamin'izy ireo hoe: "Mitoera amin'ity tanàna ity ianareo, ary mihinàna (ny vokatra) ao aminy araka izay tianareo sady mitenena hoe: mamelà ny fahotanay, ary midira am-baravarana am-piankohofana ianareo mba hamelànay ireo fahadisona nataonareo; omenay tombony ireo Mpanao soa".

162- Saingy navadik'ireo mpanao ny tsy rariny ho teny hafa ankoatr'izay voalaza ny teny izay notenenina tamin'ny izy ireo. Ka nalatsakay tamin'izy ireo ny famaizana avy an-danitra noho ny tsy rariny nataon'izy ireo.

163- Ary anontanio azy ireo momba ilay tanàna kely iray amoron-dranomasina, rehefa nandika lalànan'ny andro Sabata izy ireo! Ka tonga nitsingevaheva tamin'izy ireo ny trondro marobe tamin'ny andro Sabatany, fa amin'ny andro tsy anaovan'izy ireo Sabata kosa dia tsy tonga tamin'izy ireo izany (ireo trondro). Tahaka izany no nitsapanay azy ireo noho izy ireo nanao ny asa ratsy.

164- Ary raha niteny ny vahoaka iray tamin'izy ireo hoe: "Nahoana ianareo no mbola mananatra vahoaka izay haringan'i Allah, na ho faiziny amin'ny famaizana mafy?" Dia niteny izy ireo hoe: "Ho fialanay tsiny amin'ny Tomponareo, ary angamba hanam-patahorana izy ireo".

165- Ary rehefa nanadino tamin'izay nampahatsahivana azy izy ireo, dia navotanay ireo izay nandrara ny ratsy, ary noraisinay tamin'ny famaizana henjana kosa ireo mpanao ny tsy rariny noho izy ireo nanao ny asa ratsy.

166- Ary raha mbola nihizingizina nandà (tamin'ny avonavona) izay nandraràna azy ireo izy ireo, dia niteny Izahay tamin'izy ireo hoe: "Manjaria Rajako mahatsiravina ianareo".

167- Ary rehefa nilaza ny Tomponao fa tena handefa amin'izy ireo mandra-pahatongan'ny andro fitsanganana, izay hampihatra sazy ratsy amin'izy ireo Izy! Marina fa ny Tomponao dia haingam-panasaziana, ary Izy dia tena be Famelan-keloka sy be Fiantrana.

168- Ary nozarazarainay ho vahoaka maro izy ireo eto an-tany. Misy amin'izy ireo no olona mendrika, ary misy kosa amin'izy ireo no ambanin'izany. Ary notsapainay izy ireo amin'ny tsara sy ny ratsy, angamba izy ireo hahalala hiverina.

169- Ary nandimby azy ireo taoriany ireo Mpandova ny Boky, liana tamin'ny fakàna tombony eto amin'ny fiainana an-tany izy ireo ary miteny izy ireo hoe: "Ho voavela izahay". Ary raha tonga amin'izy ireo ny tombony mitovy amin'izay azon'izy ireo, dia raisin'izy ireo izany. Moa ve tsy efa noraisina tamin'izy ireo ny fanekena avy tamin'ilay boky, fa tsy hiteny izy ireo momban'i Allah afa-tsy ny marina? Nefa nianaran'izy ireo izay tao anatiny (boky). Ary ny fiainana any ankoatra no tsara ho an'ireo izay manam-patahorana, moa ve tsy misaina ianareo?

170- Ary ireo izay mitazona mafy ny boky sy manatanteraka ny Soalat, tena marina fa Izahay dia tsy manary ny valin-kasasaran'ireo mpanarina ny tenany.

171- Ary rehefa nasandratray teo ambonin'izy ireo ny tendrombohitra, toy ny aloka lehibe izany, ka mihevitra izy ireo fa hianjera eo amin'izy ireo izany. Tazomy mafy izay nomenay anareo, ary tsarovy izay ao anatiny, angamba hanam-patahorana ianareo.

172- Ary rehefa nalain'ny Tomponao avy tamin'ny taranak'i Adam tao amin'ny lamosin'izy ireo ny taranak'izy ireo, ka nampijoroiny ho vavolombelona izy ireo tamin'ny tenan' izy ireo hoe: "Moa ve tsy Izaho no Tomponareo?" Niteny izy ireo hoe: "Eny tokoa, mijoro vavolombelona amin'izany izahay". Mba tsy hiteny ianareo amin'ny andro fitsanganana hoe: "Tena variana tokoa izahay tamin'izany."

173- Na koa hiteny ianareo hoe: "Tena marina, nanakambana an'i Allah tamin'ny zavatra hafa ny razambenay tany aloha; ary izahay dia taranaka faramandimby taorian'izy ireo. Moa ve haringanao izahay noho izay nataon'ireo mpanao fahadisoana?"

174- Ary tahak'izany no hanazavanay amin'ny antsipiriany ireo famantarana, ary angamba hiverina izy ireo.

175- Ary tantarao amin'izy ireo ny vaovaon'ireo nomenay ireo famantaranay, ka nihataka tanteraka tamin'izany, ary dia nasain'ny Satana nanaraka azy izy, ka anisan'ireo very.

176- Ary raha sitrakay dia ho nasondrotray tamin'ny alàlan'izany izy, fa saingy nionona loatra teto an-tany izy sy nanaraka ny sitrapony. Ny mitovy azy dia tahaka ny alika; raha raisinao izy dia misefosefo, avelanao izy dia mbola misefosefo. Toy izany no ohatra mitovy amin'ny vahoaka izay milaza fa lainga ny famantaranay. Ka tantarao ny tantara, angamba handinika izy ireo.

177- Ratsy fanoharana tokoa ireo vahoaka izay milaza fa lainga ireo famantaranay, ka tamin'ny tenan'izy ireo ihany no nanaovan'izy ireo ny tsy rariny.

178- Izay notarihin'i Allah, izy no tena voatari-dàlana, izay novereziny kosa, dia izy ireny no tena maty antoka.

179- Efa nanokana Djiny sy olombelona maro izahay ho an'ny Afobe, manana fò izy ireo nefa tsy mahalala, manana maso nefa tsy mahita, manana sofina nefa tsy maheno. Izy ireo dia toy ireo biby, ary very mihoatra azy ireo aza. Izy ireny no tsy miraharaha.

180- Ary an'i Allah ireo anarana tsara indrindra. Ka antsoinareo amin'izany Izy, ary avelaonareo ireo izay maniratsira ny anarany, hahazo ny valin'asa izay nataony izy ireo.

181- Ary nisy tamin'ireo izay noharinay no vahoaka izay mitarika araka ny fahamarinana, ka amin'izany no anaovany ny rariny.

182- Ary ireo izay milaza fa lainga ireo fanambarany, dia ho tarihinay miandàlana mankany amin'ny làlana tsy fantany izy ireo.

183- Ary omeko fe-potoana izy ireo, fa ny tetiko dia tena mafonja!

184- Moa ve tsy nandinika izy ireo? Tsy misy adalàna akory amin'ny naman'izy ireo (Mohammad s.a.w), tsy inona akory Izy afa-tsy Mpampitandrina miharihary.

185- Moa ve tsy mba nandinika ny fanjakan'ireo lanitra sy ny tany izy ireo, sy ny zavatra rehetra noharian'i Allah, angamba efa akaiky ny fotoam-piafaran'izy ireo? Fa inona koa àry no teny hinoan'izy ireo aorian'izany?

186- Na iza na iza verezin'i Allah dia tsy mba hanana mpitarika mihitsy, ary Izy dia hamela azy ireo hirenireny amin'ny fihoaram-pefiny.

187- Hanontany anao izy ireo momba ilay Ora hoe: "Rahoviana no higadonan'izany?" Teneno hoe: "Ny Tompoko irery ihany no manana fahalalàna amin'izany. Tsy misy afaka hampiseho izany amin'ny fotoanany afa-tzy Izy irery ihany. Mavesatra ho an'ireo lanitra sy ny tany izany, ary tsy ho tonga aminareo izany raha tsy tampoka. Ary manontany Anao izy ireo tahaka ny nampahafantarina momba izany lanao. Teneno hoe: "Allah irery ihany no manana fahalalàna amin'izany". Nefa ny ankamaroan'ny olona dia tsy mahalala.

188- Teneno hoe: "Tsy manana ho an'ny tenako na ny soa na ny ratsy Aho, afa-tsy izay sitrak'i Allah. Raha nahafantatra ny miafina Aho dia ho nataoko maro an'isa ny soa ho azoko, ary tsy hisy ratsy hahazo Ahy akory. Tsy inona Aho afa-tsy mpampitandrina sy mpilaza vaovao mahafaly ho an'ny vahoaka mino.

189- Izy Ilay Nahary anareo avy tamin'ny vatana tokana, ary nataony avy amin'izany (vatana izany) ny vadiny, mba ho tony eo anilany izy; ary rehefa niray taminy izy, dia nitoe-jaza ankamoràna ravehivavy izay mbola maivana taminy. Avy eo rehefa navesatra taminy izany, dia niara-nangataka tamin'ny Tompony izy roa hoe: "Raha zaza Hendry no omenao anay, dia tena ho anisan'ireo mpankasitraka izahay.

190- Ary rehefa nomeny zaza hendry izy roa, dia indro fa nampitambatra an'i Allah tamin'ny hafa tamin'izay nomena azy izy roa. Nefa i Allah dia Ambony indrindra amin'izay atambatr'izy ireo.

191- Moa ve hanakambana (Azy) amin'izay tsy nahary zavatra na dia iray aza, ary izy ireo kosa dia nohariana,

192- ary izy ireo (ireo sampy) dia tsy afaka hamonjy azy ireo (olombelona), ary na ny tenan'izy ireo aza tsy ho voavonjiny?

193- ary raha antsoinareo ho amin'ny tari-dàlana izy ireo dia tsy hanaraka anareo velively izy ireo. Mitovy ihany ny vokany aminareo, na antsoinareo izy ireo na ianareo mangina.

194- Marina fa ireo izay antsoinareo ankoatran'i Allah dia mpanompo mitovy aminareo. Antsoinareo àry izy ireo, ary aoka izy ireo hamaly ny antsonareo raha toa ka marina ny anareo.

195- Moa ve manana tongotra hamindrana izy ireo? Sa manana tànana hikapohana? Na manana maso hijerena? Sa manana sofina hihainoana? Teneno hoe: "Antsoy daholo ireo mpikambana ao aminareo, avy eo homano ny tetika hamelezanareo Ahy; ary aza manome fe-potoana Ahy".

196- Marina fa ny mpiahy ahy dia Allah izay nampidina ny boky (Koro'any). ary Izy no miandraikitra ny fiarovana ireo olona mendrika.

197- Ary ireo izay antsoinareo ankoatrany dia tsy afaka hanavotra anareo, na koa hanavotra ny tenany.

198- Ary raha miantso azy ireo ianareo ho amin'ny tari-dàlana dia tsy maheno izy ireo, ary ho hitanao izy ireo mijery anao nefa tsy mahita akory.

199- Raiso izay azo leferina sy mandidia amin'ny tsara, ary halaviro ireo olona minia tsy mahafantatra.

200- Raha mitady hanelingelina Anao amin'ny ratsy ny Satana, dia mangataha fiarovana amin'i Allah Ianao. Marina fa Izy dia Maheno sy Mahalala ny zavatra rehetra.

201- Marina fa ireo manam-patahorana, raha misy fanapahan-kevitra avy amin'i Satana nahavoa azy ireo dia mahatsiaro (an'i Allah) izy ireo, ka indro izy ireo lasa nahiratra.

202- Fa ireo rahalahin'i Satana kosa (ireo tsy mpino) dia manosika azy ireo amin'ny fahaverezena, ary tsy mitsahatra amin'izany izy.

203- Ary raha tsy mitondra fahagagana amin'izy ireo ianao dia miteny izy ireo hoe: "Nahoana no tsy noforoninao izany?" Teneno hoe: "Tsy manaraka Aho afa-tsy ny fanambarana izay nalefa Amiko avy amin'ny Tompoko". Izany dia porofo mazava avy amin'ny Tomponareo sy tari-dàlana ary famindram-pò ho an'ny vahoaka mino.

204- Ary rehefa vakiana ny Koro'any dia mihainoa tsara ianareo ary hajao ny fahanginana, angamba hahazo ny famindram-pò ianareo.

205- Ary tsarovy ny Tomponao ao amin'ny tenanao, amim-panetren-tena sy amim-patahorana, ary tsy amin'ny feo avo, amin'ny maraina sy hariva, ary aoka ianao tsy anisan'ireo variana.

206- Marina fa ireo izay anatrehan'ny Tomponao (ireo Anjely) dia tsy manambony tena amin'ny fanompoana Azy. Ary midera ny voninahiny sy miankohoka Aminy izy ireo.

TOKO FAHA:8
SORATRA AL-ANFAL
(NY HARENA VOABABO TAMIN'NY ADY MASINA)
ANDININY: 75
NIDINA TAO MADINAH

Amin'ny anaran'I Allah, ilay be fiantrana,ilay be indrafo

1- Manontany anao izy ireo momba ireo fananana babo tamin'ny ady.Teneno hoe : "Ireo fananana babo tamin'ny ady dia an'I Allah sy ny Iraka". Ka matahora an'I Allah ianareo, hatsarao ny fifandraisana eo aminareo samy anareo ary ankatoavinareo I Allah sy ny Iraka nalefany , raha toa ka mpino marina ianareo.-

2- Ireo tena mpino marina, dia ireo izay mangovitra ampatahorana ny fon'izy ireo , raha ampatsiahivina ny anaran'I Allah . Ary rehefa vakiana amin'izy ireo , ireo fanambarany, mampitombo ny finoan'izy ireo izany . Ary mametraka ny fitokisany amin'ny Tompony izy ireo.

3- Ireo izay manatanteraka ny soala sy mamoaka amin'izay anjara nomeny azy ireo, (zakaty amin'ny alalan'I Allah ), izy ireny no tena mpino marina.

4- Izy ireny no tena mpino marina fa hanana ambaratongam-boninahitra ambony izy ireo, eo anatrehan'ny Tompony , ary koa ny famelan-keloka sy anjara omena ampahalalahana.

5- Toy izany dia navoakan'ny Tomponao ianao avy tao amin'ny tranonao ampahamarinana, na dia nisy tokoa ny ampahany tamin'ireo mpino, nankahala an'izany.

6- Mitady hevitra amin'izy ireo momba ny fahamarinana taorian'ny nampazava miharihary an'izany; tahaka notarihina ho any amin'ny fahafatesana, ary mahita maso an'izany izy ireo.

7- Ary raha nampanantena anareo Allah, ny fandresena iray tamin'ireo vondrona roa. "Ianareo dia naniry ireo tsy mitam-piadiana, fa Allah kosa dia mila hampandresy ny fahamarinana ami'ny alalan'ny Teniny ka handripaka ireo tsy mpino rehetra.

8- Mba hanamafizana orina ny fandresen'ny fahamarinana sy ny hanafoana ny tsy marina, na dia nankahala izany aza ireo mpanao heloka.

9- Raha nangataka vonjy tamin'ny Tomponareo ianareo dia namaly anareo avy hatrany izy hoe: Izaho dia handefa aminareo anjely andrivony mifanesy.

10- Ary tsy nataon'I Allah izany hafa-tsy filazana vaovao mahafaly, ary hampitony tokoa ny fonareo amin'ny alalany izany, tsy misy fandresena raha tsy avy amin'I Allah. Tena marina fa Allah ilay Mahery sy be fahendrena.

11- Raha nosaronanareo tao anatin'ny torimaso I Allah, ianareo fampitoniana avy aminy ho anareo, ary hampidinina rano avy any an-danitra ho anareo izy mba hanadiovany

anareo avy amin'izany, ary hanala eo aminareo ny loton'I chatana izy "Mba hankahery ny fonareo sy hanamafy orina ny famindranareo.

12- Raha nandefa fanambarana tamin'ireo anjely ny Tomponao: "Izaho dia miaraka aminareo tanteraka ka ankaherezo ireo izay nino, atsipiho ao anatin'ny fon'ireo izay tsy nino ny fahatahorana, kapohinareo eo ambonin'ny haton'izy ireo ny valesonareo amin'izy ireo ny tendron-tanany rehetra.

13- Izany, satria dia tena tsy nankatoho an'I Allah ny ny Irany!....... Allah dia tena mafy sazy!

14- Izany ka handramonareo ary ho an'ireo tsy mpino ny famaizana amin'ny afo be.
15- O! ianareo izay mino rehefa mifanojo amin'ireo izay tsy mino miatrika ady ianareo, aza mitodi-damosina.

16- Ary ireo izay mitodi-damosina amin'izany andro izany, hafa-tsy fanomanana tetik'ady na hifandray amin'ny andiany hafa dia: hiaran'ny fahatezeran'I Allah ary ny afo be no fialofany tena ratsy izany fiafarany izany!

17- Tsy ianareo no namono azy ireo fa I Allah no namono azy ireo ary raha mitoraka ianao, tsy ianao no mitoraka fa I Allah, tsy ianao irery ihany no mitoraka , raha mitoraka fa I Allah , mba haneho any amin'ireo mpino fanambarana tsara avy aminy, marina fa I Allah maheno sy mahay ny zava-drehetra

18- Any ka ny marina nataony zava-poana ny tetik'ireo tsy mpino

19- Raha mangataka fandresena ianareo dia efa tonga aminareo ny fandresena raha mitsahatra ianareo dia izany no tsara ho anareo, raha miverina amin'izany ianareo dia miverina koa izahay. Ny anianareo na dia maro aza tsyhahitanareo tombony velively, marina fa I Allah dia miaraka amin'ireo mpino

20- O! ianareo izay mino ankatoavinareo I Allah sy ny Irany aza miataka aminy ary maheno an'izany ianareo

21- Aza manao ianareo tahakan'ireo izay niteny hoe : "naheno izahay " , kanefa tsy maheno izy ireo

22- Tena ratsy amin'ny ireo biby eo anatrehan' I Allah dia ireo moana sy marenina izay tsy misaina

23- Raha fantatr' I Allah fa misy mahasoa amin'izy ireo dia natao ny maheno , raha nataony maheno izy ireo mitodin-damosina mitaha lavitra

24- O!ianareo izay nino valionareo ny antson' Allah sy ny Irany raha miantso anareo izy amin'izay mahavelona anareo, fantaro fa Allah dia manelanelana tokoa ny olombelona sy ny fony, any aminy tokoa hanangonana anareo

25- Matahora inareo ny loza izay hoe tsy ireo mpanao ny tsy rariny ihany no ho voany, ary fantaronao fa Allah dia mafy sazy tokoaMba hitsapany ireo mpino amin'izany fitsapana tsara

26- Tsarovinareo fa ianareo vitsy an'isa fadiranovana teto ambonin'ny tany matahotra ny babon'olona ianareo ka nampiantrano ianareo izy anareo tamin'ny alalany fandresena ary nanome anareo irreo anjaram-pahavelomana tsara, angamba ankasitraka ianareo

27- O! ianareo mino , aza mivadika amin'I Allah sy Ilay iraka ianareo ary koa ary aza mivadika amin'ny fitokisana napetraka taminareo, ary ianareo dia mahalala izany

28- Fantaronareo fa tena marina ireo hanananareo sy ireo zanakareo dia fitsapana ihany, marina fa any amin'I Allah no misy ny valisoa ngezabe

29- O !ianareo izay nino raha matahotra an'I Allah ianareo dia ataony manana forqani (manavaka ny tsara sy ny ratsy ianareo , ary ho fafany ny asa ratsy inanareo ary hamela anareo izy fa Allah no tompon-pahasoavana lehibe

30- Ary rehefa manao tetika hamelezana anao ireo izay tsy mino mba hanambotra anao na hamono anao mihitsy na hanao sesi-tany anao, ary manao ny tetika izay azony atao izy ireo, nefa Allah no mandrava ny tetik'izy ireo ,ary Allah no tsara tetika indrindra

31- Ary raha vakina eo amin'izy ireo fanambaranay dia miteny izy ireo hoe : efa henonay raha sitrakay dia mahavita tahaka izany koa izahay, tsy inona izany afa-tsy ireo angon'Ireo olona tany aloha ihany

32- Rehefa miteny izy ireo hoe " o , ry Allah raha izany no fahamarinana avy aminao dia androtsaho vato avy any an-danitra izahay na ko andefaso sazy mangirifiry izahay "

33- Ary Allah dia tsy hanasazy azy ireo velively raha mbola eo amin'izy ireo ihany ianao, ary tsy hanasazy azy ireo koa Allah raha mbola mangataka famelan-keloka izy ireo

34- Ary inona ny hananan'izy ireo mba tsy hanasazian'I Allah azy nefa izy ireo manakana ny fandehanana amin'ilay masjid masina ,sady izy ireo koa tsy manana sakaiza izy afa-tsy ireo manampahatahorana nefa kosa ny ankamaroan'izy ireo dia tsy mahalala

35- Ary tsy inona ny salat (vavaka izy ireo) teo amin'ny trano masina hafa-tsy sioka sy tefa-tanana"andramonareo ary ny sazy noho ny tsy finoanareo"

36- Marina fa ireo izay tsy nino mamoaka ny harenan'izy ireo mba hanakanana ny lalanan'I Allah , ka mamoaka izany izy ireo ho lasa fananana ho an'izy ireo , ary ho resy izy ireo, ary ireo izay tsy nino dia hangonina amin'ny afo be

37- Mba hanavahan'I Allah ny tsara amin'ny ratsy ary hanaovan'ireo ratsy hifanengitengina ka hitambatra izy rehetra ary ataony any amin'ny afobe , izy ireny no matiantoka tokoa

38- Teneno amin'ireo izay tsy mino hoe ; raha mitsahatra izy ireo dia havela izay rehetra efa vitan'izy ireo teo aloha , far aha mamerina indray izy ireo dia (ho sazina izy ireo ) mitovy amin'izay efa nandalo tamin'ireo talohany

39- Ary hiadianareo izy ireo mandrapahatongan'ny fanakorontanana ho foana ary lasa ho an'I Allah ny finoana rehetra , fa raha mitsahatra kosa izy ireo dia mahita izay rehetra ataony

40- Ary raha mitodi-damosina izy ireo, fantaronareo tsara fa Allah dia tena Mpiahy anareo, tena Mpiahy tsara indrindra izany , ary tena Mpanavotra mendrika indrindra

41- Ary fantaronareo fa izay fananana azonareo (tamin'ny ady) dia ho an'i Allah ny iray ampaha-diminy sy ho an'ilay Iraka ary ho an'ireo havany akaiky, ho an'ireo kamboty, ho an'ireo mahantra, ho an'ireo mpandeha lavitra (sahirana), raha mino an'i Allah sy izay nampidininay tamin'ny Mpanomponay ianareo tamin'ny andron'ny fanavahana sy tamin'ny andro izay nifanenan'ny andian-tafika roa; ary Allah dia mahefa ny zava-drehetra.

42- Raha tamin'ny fidinana ambany kokoa ianareo, ary ireo (fahavalo) tery amin'ny ilany lavidavitra, fa ireo andiany mpitaingin-tsoavaly kosa tety ambanimbany kokoa noho ianareo. Raha toa ka nifanome fotoana ianareo, tsy mba nifanaraka akory tamin'izany fotoana izany ianareo (natahotra ny amaroan'ireo fahavalo), nefa kosa mba hanatanterahin'i Allah ny didy izay efa notapahany mba handringanany izay ho ringana araka ny porofo mazava, ary mba hamelony izay ho velona. Ary marina fa I Allah dia Maheno sy Mahalala ny zava-drehetra.

43- Raha tao anatin'ny torimaso ianao, dia nasehon'I Allah taminao fa vitsy an'isa izy ireo, satria raha ny hamaroany no nasehony dia nilefitra tanteraka ianareo ary tena nifanditra ianareo samy ianareo momba izany, kanefa i Allah no nanavotra anareo. Izy dia tena Mahalala izay rehetra ao am-po.

44- Ary nasandrany teo imasonareo fa vitsy an'isa izy ireo, rehefa nifanatrika ianareo, ary nasehony teo imason'izy ireo ihany koa, fa vitsy an'isa ianareo dia mba hanatanterahan'i Allah ny didy izay efa tapaka. Any amin'i Allah no hamerenana ny zava-drehetra.

45- O! Ianareo izay nino, raha mifanatrika amin'ny andian-tafika (fahavalo) ianareo, dia aoka ho vonon-kiatrika ianareo ary mahatsiarova an'i Allah imbetsaka, angamba hahazo fahombiazana ianareo.

46- Ary ankatoavinareo i Allah sy ny Irany; aza mifanditra ianareo, raha tsy izany dia tsy hahomby sy ho very maina ny herim-ponareo. Ary mahareta ianareo satria i Allah dia miaraka amin'ireo manam-paharetana.

47- Ary aza manao tahakan'ireo izay nivoaka amin'ny fonenany ampireharehana sy ampisehosehoana amin'olona, sady nisakana ny làlan' Allah. Allah dia Mahafehy izay rehetra ataon'izy ireo.

48- Ary rehefa nohatsarain'i Satana teo anatrehan'izy ireo ny asan' izy ireo, dia niteny izy hoe:"Tsy misy na dia iray amin'ireo olombelona no afaka handresy anareo androany, ary izaho dia tena hanohana anareo", nefa raha vao nifampitazana fotsiny ny andaniny sy ny ankilany tamin'ireo andian-tafika roa , indro izy (satana) nanodina ny vodi-tongony roa sady niteny hoe : "Eny, hisaraka aminareo aho. Eny tena mahita izay tsy hitanareo aho; marina tokoa fa matahotra an'i Allah aho, ary i Allah dia tena henjana amin'ny fanasaziana ".

49- Ary rehefa miteny ireo mpihatsaravelatsihy sy ireo manana aretina ao am-pony ka nanao hoe: "Ireny olona ireny dia ny finoan'izy ireo no namitaka azy". Nefa kosa na iza na iza mametraka ny fitokisany amin'i Allah …satria i Allah ilay Mahery sy be Fahendrena.

50- Raha mba hitanao manko, ny fomba ataon'ireo anjely rehefa maka ny fofon'ain'ireo izay tsy mpino! Dia mikapoka any amin'ny tarehy sy ny lamosin'izy ireo sady miteny hoe: "Handramonareo ny sazin'ny Afobe".

51- Izany dia vokatry ny nataon'ny tànanareo. Ary tena marina fa i Allah dia tsy mba manao ny tsy rariny amin'ireo mpanompo.

52- Tahaka izany koa no nataon'ireo olon'i Faraona sy ireo izay talohan'izy ireo ka tsy nino ireo porofo famataran'i Allah, dia nosazin'i Allah izy ireo noho ny fahotany. Allah dia tena mahery sy henjana fanasaziana.

53- Izany tokoa fa i Allah dia tsy manova mihitsy ny fahasoavana izay nomeny ny vahoaka mandrapanovan'izy ireo ny tenany , ary tena marina fa I Allah ilay Maheno sy be Fahalalana.

54- Tahaka izany koa no nataon'ireo olon'i Faraona sy ireo izay talohan'izy ireo nilaza fa lainga ireo porofo famantarana avy amin'ny Tompon'izy ireo. Arak'izany dia naringanay noho ny fahotany izy ireo. Ary narendrikay (tao anaty ranomasina) ireo olon'i Faraona. Satria mpanao ny tsy rariny avokoa izy rehetra.

55- Ny biby ratsy indrindra eo anatrehan'I Allah dia ireo izay tsy nino (taloha) ary mbola tsy mino izy ireo (ankehitriny).

56- Ireo izay nanaovanao fifanarahana tamin'izy ireo avy eo mandrava matetika ny fifanarahan'izy ireo, ary izy ireo dia tsy manam-pahatahorana mihitsy.

57- Raha voafehinao amin'ny ady izy ireo, dia henjeho mafy mba hisavoritaka, ho fandravana ireo izay any aoriana, angamba hahatsiaro tena izy ireo.

58- Ary raha ohatra ka tena matahotra fivadihan'ireo vahoaka ianao, ravao ny fifanarahana amim- pamendrehana .Tena marina fa i Allah dia tsy tia ireo mpamadika

59- Ary aza mihevitra ireo izay tsy nino fa efa nialoha izy ireo ka votsotra eo ampelatananay. Tena marina fa izy ireo dia tsy afaka hisakana anay velively.

60- Aoka hiomana fatratra ianareo araka ny hery izay hananareo sy ireo soavaly voahomana mba hampitahotra ireo fahavalon'i Allah sy fahavalonareo koa, ary ny hafa tsy fantatrareo ankoatra azy ireo kanefa fantatr'i Allah izy ireo. Ary izay zavatra rehetra nolaninareo tamin'ny làlan'i Allah dia omena anareo feno ny valiny, ary tsy hiangarana mihitsy ianareo.

61- Raha mirona mankany amin'ny fandriampahalemana izy ireo dia aoka koa ianao hirona ho amin'izany, ary hapetraho amin'i Allah ny fitokisanao. Marina fa Izy ilay Maheno, ilay Mahalala ny zava-drehetra.

62- Raha te-hamitaka anao izy ireo, dia ampy ho anao i Allah. Izy no nanohana anao tamin'ny famonjeny, tamin'ny alalan'ireo mpino.

63- Ary nampifandray ny fon'izy ireo Izy. Na dia nandàny izay rehetra teto an-tany aza ianao dia tsy mahavita mampifandray ny fon'izy ireo, fa i Allah kosa no nampifandray azy ireo satria Izy no Mahery sy be Fahendrena.

64- O! Ry Mpaminany, ampy ho anao sy ireo nanara-dia anao amin'ireo mpino i Allah.

65- O! Ry Mpaminany amporosio ireo mpino hiady. Raha misy roampolo aminareo maharim-pery dia mandresy roanjato lahy izy ireo; ary raha misy zato aminareo maharim-pery dia mandresy arivo lahy amin'ireo izay tsy nino izy ireo, satria izy ireo dia vahoaka tsy misaina.

66- Ankehitriny i Allah dia manamaivana anareo satria fantany fa misy fahalemena ianareo, koa raha misy zato aminareo maharim-pery dia handresy roanjato lahy, ary raha misy arivo aminareo dia handresy roa arivo lahy izy ireo noho ny fahefan'i Allah. Ary i Allah dia miaraka amin'ireo manam-paharetana.

67- Tsy misy Mpaminany izay tokony haka babo an'ady raha tsy efa nahazo fandresena tety an-tany. Ianareo dia mila ny harena ety an-tany, nefa i Allah kosa dia mila ny any an-koatra. Ary i Allah dia Mahery sy be Fahendrena.

68- Raha tsy ny didy mialoha avy amin'i Allah, dia efa nisy famaizana goavana nahazo anareo noho izay nalainareo.

69- Noho izany mihinana ianareo izay tsy voarara sy tsara amin'izay azonareo babo .Ary matahora an'i Allah ianareo.Marina fa i Allah dia be Famelan-keloka sy be Fiantrana.

70- O! ry Mpaminany, lazao amin'ireo babo eo am-pelatananareo: "Raha fantatry Allah fa misy zavatra tsara ao am-ponareo, dia hanome anareo tsara kokoa noho izay nalaina taminareo Izy sy hamela ny helokareo. Allah dia tena Mpamela heloka sy be Indrafo.

71- Ary raha mila hamitaka anao izy ireo, dia efa namitaka an'i Allah izy ireo tany aloha; nefa nahita fomba nandresena azy ireo Izy .Ary Allah dia Mahalala ny zava-drehetra sy be Fahendrena.

72- Marina fa ireo izay nino sy nifindra monina sy nanao jihad (ary ny ady) niaraka amin'ny fananan'izy ireo sy ny tenany tamin'ny làlan'i Allah, ary koa ireo izay nampiantrano sy nanampy azy ireo, izy ireny no mpisakaiza ny andaniny sy ny ankilany.Hafa ireo izay nino nefa tsy nifindra-monina, tsy manana andraikitra amin'ny fiahiana azy ireny na dia kely aza ianareo, mandram-pifindran'izy ireo monina. Ary raha mangataka vonjy aminareo amin'ny anaran'ny finoana izy ireo, dia andraikitrareo ny mamonjy azy ireo, afa-tsy hanohitra ny vahoaka izay misy fifanarahana eo aminareo sy izy ireo. Ary i Allah dia tena mahita izay rehetra ataonareo.

73- Fa ireo izay tsy nino kosa dia mpisakaiza ny andaniny sy ankilany .Fa raha tsy mandray andraikitra amin'izany (amin'ny fanapahana ny fifandraisana amin'ny tsy mpino) ianareo dia hisy fifandirana sy fanimbana lehibe eto ambonin'ny tany.

74- Ary ireo izay nino sy nifindra-monina ary nanao jihad (ary niady) tamin'ny làlan'i Allah, ary koa izay nampiantrano sy namonjy azy ireo. Izy ireny no tena mpino marina: Ho azy ireny ny famelan-keloka sy ny anjara omena ampahalalana.

75- Ary ireo izay nino taty aoriana ka nifindra-monina sy nitolona niaraka taminao, izy ireny dia anisan'ny namanareo, fa ireo izay manana rohim-pihavanana, dia mifanakaiky kokoa ny andaniny sy ny ankilany, araka ny bokin' Allah . Tena marina fa Allah dia Mahafantatra ny zava-drehetra.

TOKO FAHA:10
SORATRA: YONOSA
(JAONASY)
ANDININY: 109
NIDINA TAO MAKKAH

1. Fandàvana tanteraka avy amin'i Allah sy ny Irany mikasika an'ireo mpampikambana an'i Allah amin'ny zavatra hafa (mpanompo sampy) izay nanaovanareo fifanarahana.

2. Mandehana ianareo mitety tany mandritra ny efa-bolana, dia fantaronareo fa tsy hampihen-danja ny herin'I Allah ianareo ary marina fa i Allah dia hanala-baraka ireo tsy mpino.

3. Ary ity dia fanambarana avy amin'I Allah sy ilay Irany ho an'ny olona amin'ny andron'ny Hajy (fivahinianana masina) lehibe, fa Allah sy ny Irany dia mitsipaka tanteraka ireo mpampikambana Azy amin'ny zavatra hafa .Raha mibebaka ianareo dia tsara ho anareo izany. Raha miamboho ianareo, dia fantaronareo tsara fa tsy hamapihen-danja ny herin'i Allah ianareo, ka lazao amin'ireo izay tsy nino fa hiatra amin'izy ireo ny sazy mampangirifiry.

4. Hafa-tsy ireo izay nanaovanareo fifanarahana tamin'ireo mpampikambana an'i ALLah amin'ny zavatra hafa (mpanompo sampy) fa tsy nanohitra anareo izy ireo no sady tsy nanampy olon-kafa hanohitra anareo na dia kely aza. Ka tanteraho ny fifanarahana nataonareo tamin'izy ireo mandrapaha-tapitry ny fe-potoana nifanarahana. Tena marina fa i Allah dia mitia ireo mpatahotra Azy.

5. Ary rehefa tapitra ireo volana masina ireo, dia vonoinareo ireo mpampikambana an'i Allah amin'ny zavatra hafa (mpanompo sampy), na aiza na aiza hahitanareo azy ireo, dia baboinareo izy ireo, ataovinareo fahirano, andrasonareo amin'ny velampandrika rehetra, fa raha mibebaka kosa izy ireo ka manantanteraka ny salat ary mamoaka ny Zakat (ampahan-karenany), avelaonareo handeha an-kahalalahana izy ireo .Tena marina fa i Allah dia be Famelan-keloka sy be Fiantrana.

6. Ary raha misy iray amin'ireo mpanompo sampy mangataka fialofana aminareo dia omeo fialofana izy mba henoiny ny tenin'i Allah, avy eo ento amin'ny toerana hahitany fiarovana, satria izy ireo dia vahoaka tena tsy mahafantatra.

7. Ahoana moa no hananan'ireo mpanompo sampy ny fifanarahana eken'i Allah sy ilay Irany, hafa-tsy noho izy ireo izay nanaovanareo fifanarahana akaikin' ilay Masjid masina, raha mbola manaja ny mpifanaraka taminareo izy ireo dia hajaonareo koa ny fifanarahana tamin'izy ireo. Marina fa i Allah dia tia ireo mpatahotra Azy.

8. Ahoana moa raha sendra mandresy anareo izy ireo tsy manaja anareo, na mikasika ny fihavanana izany na momba ny fifanekena efa vita, fa ataon'izy ireo izay hahafa-po anareo am-bava fotsiny nefa mandà izany ny fon'izy ireo, satria ny ankamaroan'izy ireo dia mpanao asa ratsy.

9. Namidin'izy ireo amin'ny vidiny mora tokoa ny Fanambaran'i Allah, ka nosakanan'izy ireo ny làlany. Marina fa tena ratsy tokoa izany asa nataon'izy ireo izany.

10. Tsy manaja velively ny mpino izy ireo na amin'ny fihavanana na ny fifanekena, ary izy irery no tena mpandika lalàna.

TOKO FAHA:10
SORATRA: YONOSA
(JAONASY)
ANDININY: 109
NIDINA TAO MAKKAH

11. Nefa izy ireo raha mibebaka sy manantanteraka ny salat sy mamoaka zakat dia ho rahalahinareo ara-pinoana. Ary izahay dia manazava amin'ny antsipirihany ireo Fanambarana ho an'ny vahoaka izay mahalala.
12. Ary raha toa ka nivadika tamin'ny fianianana nataon'izy ireo taorian'ny fifanarahana izy ireo ka mbola nanenjika ny finoanareo dia miadiva ianareo amin'ireo mpitarika ny fikomiana, satria izy ireo dia tsy mitana ny teny fianianany ary angamba hitsahatra izy ireo.

13. Ahoana ianareo no tsy miady amin'ny vahoaka izay mivadika amin'ny fianianana no sady mila hanao sesi-tany ny Iraka, nefa izy ireo no nanafika anareo voalohany? Matahotra azy ireo ve ianareo? Allah no mendrika hatahorana raha tena mpino marina ianareo

14. Miadiva amin'izy ireo ianareo, hanasazy azy ireo amin'ny alalan'ny tananareo i Allah sy hanala –Baraka azy ireo, ary hanome fandresena anareo sy fanasitranana ny fon'ireo vahoaka mpino.

15. Ary hanesotra ny hatezeram-pon'izy ireo Izy, fa I Allah dia mandray fibebahana amin'ireo izay tiany .Ary Allah dia mahalala ny zava-drehetra sy feno fahendrena.

16. Moa ve mihevitra ianareo fa ho avelavela fotsiny amin'izao kanefa I Allah dia mbola tsy namantatra ireo izay nanao ady masina taminareo, ary ireo izay mbola tsy nitady na iza na iza ho mpiahy Ankoatran'i Allah sy ilay irany, ary ireo mpino marina? Ary i Allah dia tena mahalala tsara izay rehetra ataonareo.

17. Tsy anjaran'ireo mpanompo sampy no mameno sy mikarakara ireo masjidy an'i Allah, noho izy ireo nitsangana ho vavolombelona amin'ny tsy finoana ny tenany. Ho foana ny asan'izy ireny ary ny afobe no hitoerany mandrakizay.

18. Tena marina fa hameno sy hikarakara ny masjid ireo izay mino an'I Allah sy ny andro farany, manantateraka ny salat, mamoaka ny zakat (ampahan-karena), ary tsy matahotra afa-tsy Allah. Angamba izy ireny no anisan'ireo olona mizotra amin'ny lalàna mahitsy.

19. Moa ve nampitovinareo ny mpandray anjara amin'ny fampisotroana rano ireo olona nanao Hajy (Fivahinianana masina), sy ny mpikarakara ilay Masjid masina ao Makkah, sahala amin'izay nino an' Allah sy ny andro farany ary nanao Jihady (ady masina) amin'ny làlan' Allah? Tsy mitovy velivelly izy ireo eo anatrehan'i Allah. Ary i Allah dia tsy mitari-dàlana ireo vahoaka mpanao ny tsy rariny.

20. Ireo izay nino sy nifindra-monina ary nanao ny Jihady (Ady masina) tamin'ny làlan'i Allah amin'ny alàlan'ireo fananan'izy ireo sy ny tenan'izy ireo, dia ambony voninahitra lavitra eo anatrehan'i Allah, ary izy ireny no olona mahazo ny fahombiazana.

21. Milaza vaovao mahafaly amin'izy ireo nyTompony fa hahazo famindram-po sy fankasitrahana avy aminy ary ireo zaridaina feno fahasambarana maharitra izy ireo.

22. Ka hitoetra ao mandrakizay izy ireo. Marina tokoa fa any amin'i Allah no misy valisoa lehibe.

TOKO FAHA:10
SORATRA: YONOSA
(JAONASY)
ANDININY: 109
NIDINA TAO MAKKAH

23. O! Ianareo izay nino, aza raisinareo ho mpiahy anareo ireo ray aman-dreninareo sy ireo rahalahinareo, raha nisafidy ny tsy finoana nohon'ny finoana izy ireo. Ary na iza na iza aminareo maka azy ireo ho mpiahy…, izy ireny tokoa no tena mpanao ny tsy rariny.

24. Teneno:" raha toa ka ny rainareo, ny zanakareo, ny rahalahinareo, ny vadinareo, ny fokonareo, ireo harena izay efa azonareo, ny varotra izay atahoranareo ny fihenàny, ary ireo fonenana izay mahafa-po anareo no tianareo kokoa noho i Allah sy ny Irany ary ny Jihady (ny ady masina) amin'ny lalàn'i Allah … eny, dia andrasonareo ny fahatongavan'i Allah miaraka amin'ny didiny (saziny) fa i Allah dia tsy mitari-dàlana ireo vahoaka mpanao asa ratsy.

25. Efa nanome anareo fandresena Allah tamin'ny toerana maro ary (tsarovinareo) ny tamin'ny andron'ny Honainy rehefa nahafinaritra anareo ny fahamaroanareo nefa tsy nitondra vokany na dia kely taminareo aza izany fa vao mainka aza lasa tery taminareo ny tany na dia be velarana aza, hany ka nitodi-damosina ianareo sy nandositra.

26. Avy eo dia nampidina ny fitoniany Allah tamin'ilay Irany sy ireo mpino. Ary nampidina miaramila (anjely) tsy hita maso Izy nanasazy ireo izay tsy nino. Ary izany tokoa no valin'asa ho an'ireo tsy mpino.

27. Avy eo, aorian'izany, Allah dia handray ny fibebahan'ny olona izay tiany, satria i Allah dia be Famelan-keloka sy be Fiantrana.

28. O! Ianareo izay nino, ireo mpanompo sampy dia tena maloto tokoa, aoka izy ireo tsy hanatona intsony ilay Al-Masjid Al-Haram (Trano masina), aorian'ity taona ity. Ary raha matahotra fahantrana ianareo dia Allah no hampanan-karena anareo amin'ny fanasoavany araka izay sitrany. Marina fa Allah dia Mahalala ny zava-drehetra sy be Fahendrena.

29. Miadiva ianareo amin'ireo izay tsy mino an'i Allah sy ny andro farany, tsy mandràra izay noraran'i Allah sy ny Irany ary tsy miorina amin'ny finoana marina, amin'ireo olona nomena ny boky, mandram-panomezan'izy ireo ny jizia(hetra) an-tanana ary izy ireo dia efa nanetri-tena.

30. Miteny ireo jiosy fa I Ozairy dia zanak'i Allah, ary ireo kristianina miteny hoe i Mesia Issa (jesosy) dia zanak'i Allah. Izany no teny navoakan'ny vavan'izy ireo, maka tahaka ny tenin'ireo tsy mpino tany aloha izy ireo, ainga anie i Allah handringana azy ireo. Nahoana no misintaka amin'ny fahamarinana izy ireo?

31. Nataon'izy ireo ho tompo ankoatran' Allah ireo mpamoron-dalànan'izy ireo (rabiana) sy ireo relijioziny, ary koa i Mesia zanak'i Mariamo, nefa tsy nodidiana izy ireo afa-tsy tsy ny hanompo zanahary tokana, tsy misy zanahary afa-tsy Izy (Allah). Ho Azy anie ny voninahitra! Izy no ambony indrindra noho izay ankambana Aminy.

32. Mila hamono ny hazavan'i Allah amin'ny alàlan'ny vavany izy ireo kanefa tsy manaiky Allah afa-tsy ny hanamafy kokoa ny hazavany na dia mankahala izany aza ireo tsy mpino.

33. Izy ilay nandefa ny irany niaraka tamin'ny tari-dàlana mazava sy ny finoana marina, mba hampandreseny azy manoloana ireo finoana rehetra na dia mankahala izany aza ireo mpanompo sampy.

TOKO FAHA:10
SORATRA: YONOSA
(JAONASY)
ANDININY: 109
NIDINA TAO MAKKAH

34. O! Ianareo izay nino, marina fa maro amin'ireo mpamoron-dalàna jiosy sy ireo relijiozy no mihinana ireo harenan'olona tsy ara-drariny ary manakana ny làlan'i Allah. Ary ireo izay mitahiry vola mena sy vola fotsy nefa tsy mahafoy mandany an'izany amin'ny làlan'i Allah, lazao azy ireo mialoha ny sazy mampangirifiry.

35. Amin'izany andro izany, dia hafanaina ao amin'ny afobe ireo harena ireo ka dorana amin'izany ny tarehiny, ny ilan-tehezany, ary ny lamosin' izy ireo, ireto izay notehirizinareo ho an'ny tenanao, ka (hisy hiteny amin'izy ireo hoe :) andramonareo ireo zavatra notehirizinareo ireo.

36. Ny isan'ireo volana eo anatrehan'i Allah dia roambin'ny folo araka ny voasoratra ao amin'ny bokin'i Allah, tamin'ny andro nahariany ireo lanitra sy ny tany, misy efatra amin'izy ireo no volana masina (Rajab, zol-kaida, zol-hajy, moharam): izany no finoana mahitsy. Aza manao ny tsy rariny amin'ny tenanareo ianareo (amin'ireo volana masina ireo). Ary miadiva tsy ankanavaka ianareo amin'ireo mpanompo sampy, tahaka izy ireo miady aminareo tsy manavakavaka. Ary fantaronareo fa i Allah dia miaraka amin'ireo manam-patahorana (Azy).

37. Tena marina fa, ny fanemorana volana iray masina amin'ny hafa dia fampitomboana ny tsy finoana, izany no mahatonga ireo tsy nino ho very làlana. Ny taona iray hamavain'izy ireo, ary taona iray hafa hamasinin'izy ireo mba hampirindra ny isan'ny volana nohamasinin'ny Allah.ka hamavain'izy ireo izay nohamasinin'i Allah. Nankatsaraina ho an'izy ireo ny asa ratsy vitan'izy ireo. Tena marina fa i Allah dia tsy mitari-dàlana ireo vahoaka tsy mpino.

38. O! Ianareo izay nino nahoana ianareo raha notenenina hoe:"mivoaha haingana ianareo hiady amin'ny lalan'I Allah, mitambesatra amin'ny tany ianareo. Ankafizinareo ve ny fiainana eto an-tany noho ny fiainana any ankoatra? Tsy inona akory ny fiainana eto an-tany raha oharina amin'ny any ankoatra afa-tsy kely ihany.

39. Raha tsy mivoaka hiady ianareo dia hanasazy anareo Izy amin'ny sazy mangirifiry, ary ho soloiny vahoaka hafa ankoatranareo ianareo ary tsy hahavita na inona na inona Aminy ianareo. Ary I Allah dia mahefa ny zava-drehetra.

40. Na dia tsy namonjy azy (Mpaminany Mohammad) aza ianareo dia efa namonjy azy Allah, rehefa nanao sesi-tany azy ireo ireo tsy mpino, ilay faharoa tamin'izy roa. Rehefa niafina tao amin'ny lava-bato izy roa ka niteny Izy (ilay Mpaminany) tamin'ny namany hoe:"Aza malahelo ianao, fa I Allah dia tena miaraka amintsika", ka nampidinin'i Allah taminy ny fitoniana, ary notohanany izy tamin'ny alàlan'ny miaramila izay tsy hitanareo maso. Ary nataony ho ambany indrindra ny tenin'ireo tsy mpino, fa ny tenin' Allah no ambony indrindra. Ary Allah no Mahery sy be Fahendrena.

41. Mivoaha ianareo miady na mora na sarotra aminareo izany. Ary miadia mafy amin'ny fampiasana ny fanananareo sy ny tenanareo amin'ny làlan'i Allah. Izany dia tsara ho anareo raha fantatrareo.

42. Raha toa ka tombontsoa mora azo na fandehanana akaiky dia nanaraka anao izy ireo, nefa lalan-davitra sy sarotra tamin'izy ireo ilay toerana. Ary nianiana tamin'i Allah izy ireo hoe:"Raha afaka izahay dia niaraka taminareo". Nanary ny tenany ihany izy ireo. Ary i Allah dia mahafantatra fa tena mandainga izy ireo.

TOKO FAHA:10
SORATRA: YONOSA
(JAONASY)
ANDININY: 109
NIDINA TAO MAKKAH

43. Hamela heloka anao anie I Allah! Nahoana ianao no nanome alàlana azy ireo mandra-pahafahanao nanavaka ireo izay nilaza ny marina sy nahafantaranao ireo mpandainga.

44. Tsy hangataka alàlana aminao ireo izay mino an'i Allah sy ny Andro farany amin'ny fivoahana miady amin'ny làlan'i Allah miaraka amin'ny fananany sy ny tenany izy ireo.Ary I Allah dia mahalala tokoa izay tena manam-patahorana.

45. Tsy misy hangataka alàlana aminao afa-tsy ireo izay tsy mino an'i Allah sy ny Andro farany, sady feno fisalasalàna ny fon'izy ireo, ka mihambahamba noho izany ao anatin'ny fisalasalana izy ireo.

46. Ary raha tian'izy ireo marina ny mivoaka miady dia efa niomana tokoa izy ireo, nefa tsy nankasitran'I Allah ny fandehanan'izy ireo, ka nataony ho tonga kamo izy ireo, ary nisy niteny tamin'izy ireo hoe:"Mijanona àry ianareo miaraka amin'ireo mpijanona.

47. Raha niaraka nivoaka taminareo izy ireo, dia tsy ho nanao afa-tsy ny nampitombo tebiteby taminareo sy nandrava ny laharanareo, nikatsaka fisaraham-bazana teo aminareo. Ary nisy taminareo no nihaino azy ireo. Ary i Allah dia mahalala ireo izay mpanao ny tsy rariny.

48. Ary efa nikatsaka nanao asam-panakorontanana izy ireo teo aloha ka nasavoritak'izy ireo ny raharaha rehetra nataonao mandram-pahatongan'ny fahamarinana ka nampiharihary ny didin'i Allah, na dia nankahala izany aza izy ireo.

49. Ary nisy tamin'izy ireo izay niteny hoe:"mangataka alàlana hijanona aho, ary aza avela ho azon'ny fakam-panahy aho". Moa va tsy mbola ny fakam-panahy ihany no naharendrika azy ireo? Eny, ny Afobe no manodidina tokoa ireo tsy mpino.

50. Raha misy fahasoavana azonao, dia mankarary azy ireo izany, fa raha misy fahoriana kosa manjo anao dia miteny izy ireo hoe:" Soa ihany fa efa naka fitandremana mialoha izahay". Mitodi-damosina izy ireo no sady feno hafaliana.

51. Teneno hoe:"Tsy misy zavatra hanjo anay afa-tsy izay efa voasoratr'i Allah ho anay. Izy no Mpiahy anay". Ary aoka hiantehatra amin'i Allah ireo mpino.

52. Teneno hoe:" Inona no andrasanareo aminay, afa-tsy ny iray amin'ireto zava-tsoa roa ireto (fandresena, maty martiora)? Fa izahay kosa miandry ny handefasan'I Allah sazy ho anareo, avy Aminy na avy amin'ny tananay. Ka andrasonareo àry, fa izahay koa mba miandry miaraka aminareo".

53. Teneno hoe:" Mandania harena antsitra-po na ankahalàna ianareo fa tsy ho raisina velively izay avy aminareo, satria ianareo vahoaka mpanao asa ratsy."

54. Ary tsy misy manakana ny handraisana ny fanomezana avy amin'izy ireo afa-tsy noho izy ireo tsy nino an'i Allah sy ny irany, sy tsy tonga nanatanteraka ny soalat afa tsy ao anatin'ny hakamoana ary tsy manao fandaniana izy ireo afa-tsy ankahalàna.

55. Ka aza atao mahatalanjona anao akory ny fananan'izy ireo sy ny zanak'izy ireo! Ary i Allah dia tsy mitady afa-tsy ny hanasaziana azy ireo avy amin'ny alalan'izany (harena sy

zanaka) amin'ny fiainana ety an-tany sy hanasarotra ny fialan'ny fanahin'izy ireo ao anatin'ny tsy finoana.

56. Ary izy ireo (mpiatsaravelatsihy) dia mianiana amin'i Allah fa tena anisan'ny namanareo; kanefa izy ireo dia tsy mba anisan'ny namanareo akory. Fa izy ireo dia tena vahoaka saro-tahotra.

57. Raha mahita fialofana izy ireo, na lava-bato na zohy ambanin'ny tany, dia tena milefa sy mihazakazaka mankany mihitsy.

58. Misy amin'izy ireo manakiana anao momba ny fizarana ireo Sadakàt[88], raha omena amin'izany izy ireo dia faly; fa raha tsy omena izany kosa izy ireo, indro fa tezitra mafy tokoa izy ireo.

59. Ary raha izy ireo tena afa-po tamin'izay nomen'i Allah azy ireo sy ny Irany, ary niteny izy ireo hoe:" Ampy anay i Allah, dia omen'i Allah ny amin'ny fahasoavany izahay sy ny Irany. Marina fa ny fanirianay rehetra dia mankany amin'i Allah."

60. Tena marina fa ny Sadakat dia voatokana ho an'ireo mahantra sy ireo sahirana, sy ireo miasa amin'izany (Sadakat izany), ireo mbola tambazana ny fony, ny famotsorana amin'ny fanandevozana, ireo izay vesaran'ny trosa, ireo miasa amin'ny làlan' Allah ary ho an'ny mpandeha lavitra lany vatsy. Izany no didy avy amin' Allah. Ary Allah dia be Fahalalana sy be Fahendrena.

61. Ary misy amin'izy ireo manenjika ny Mpaminany sy miteny hoe:"Izy dia tia mihaino izay rehetra tenenin'olona." Teneno hoe:" Ny fihainoana dia mahatsara anareo: Mino an'i Allah izy sy manam-pahatokisana an'ireo mpino, ary izy no famindra-po ho an'ireo izay mino aminareo. Ary ireo izay manenjika ny Irak' i Allah dia ho azy ireo ny sazy mangirifiry."

62. Mianiana amin'i ALLah eo anatrehanareo izy ireo mba hahazo ny fahafaham-ponareo. Nefa i Allah sy ny irany no mendrika hitadiavan'izy ireo fahafaham-po, raha tena mpino marina izy ireo.

63. Moa ve tsy fantatr'izy ireo fa na iza na iza manohitra an'I Allah sy ny irany dia ho azy ny afo'ny Jahannam (Afobe) ka hitoetra ao mandrakizay izy? Izany tokoa ilay fahafaham-baraka lehibe.

64. Ireo mpihatsaravelatsihy dia matahotra sao hisy soraty (andian-tsoratra masina) ho ampidinina amin'izy ireo ka hampibaribary izay rehetra ao am-pon'izy ireo. Teneno hoe:"Ataovinareo ihany ny kivazivazinareo! Fa Allah dia tsy maintsy hampiseho izay atahoranareo."

65. Ary raha hanontany (izany) amin'izy ireo ianao, dia hiteny tokoa izy ireo hoe: "Tena marina fa izahay dia niresaka sy nilalao fotsiny". Teneno hoe: "Amin' Allah sy ireo fanambarany ary amin'ny irany ve no hanaovanareo kivazivazy?"

[88]Sadakat: harena fanomezana, na fananana azo babo tamin'ny ady.

TOKO FAHA:10
SORATRA: YONOSA
(JAONASY)
ANDININY: 109
NIDINA TAO MAKKAH

66. Aza manadio tena eo intsony ianareo: “Efa tsy nino ianareo taorian’ny finoanareo, raha mandefitra amin’ny sasany aminareo izahay dia tsy handefitra kosa amin’ny sasany hafa, satria izy ireo dia mpanao heloka be vava”.

67. Ireo mpihatsaravelatsihy, lahy sy vavy, dia nifanaraka ny andaniny sy ny ankilany, mifaniraka amin’ny ratsy, sy mifandrara amin’ny tsara , manakombona ny tanany izy ireo, nanadino an’i Allah izy ireo ka nanadino azy ireo koa Izy. Marina fa ireo mpihatsaravelatsihy dia mpanao ratsy.

68. Ary Allah dia nampanantena ireo mpitsaravelatsihy, lahy sy vavy, sy ireo tsy mpino ny Jahannam (ny Afobe) hitoetra ao mandrakizay izy ireo. Ampy ho azy ireo izany. Ary nanozona azy ireo Allah. Ary ho azy ireo, ny sazy maharitra.

69. Tahak’izany koa ireo teo alohanareo: Tena nanana fahatanjahana noho ianareo, ary nanana harena sy zanaka mihoatra anareo izy ireo. Nifaly tamin’ny anjarany izy ireo (teto an-tany), ary nifaly tamin’ny anjaranareo koa ianareo, tahaky ny nifalian’ireo teo alohanareo tamin’ny anjaran’izy ireo. Ary niady hevitra ianareo tahaka izy ireo niady hevitra. Izy ireny dia foana tanteraka ny asany teto an-tany sy ny any ankoatra. Ary izy ireny no tena matiantoka.

70. Moa ve tsy tonga tamin’izy ireo ny tantaran’izay teo alohan’izy ireo: Ny vahoakana’i Noa, ny AAD, ny Tamod ary ny vahoakan’i Ibrahim sy ireo olon’ny Madiàna sy ilay Tanana natsimbadibadika (ambony sy ambany)? Tonga tamin’izy ireo tokoa ireo irany niaraka tamin’ireo porofo mazava. Tsy i Allah velively no nanao ny tsy rariny tamin’izy ireo, fa izy ireo kosa no nanao ny tsy rariny tamin’ny tenany.

71. Ary ireo mpino, lahy sy vavy, mifanampy ny andaniny sy ny ankilany, maniraka amin’ny tsara sy mandrara ny ratsy izy ireo, sy manatanteraka ny soalat sy mamoaka ny zakat, ary mankato an’i Allah sy ny irany. Izy ireny no hamindran’i Allah fo, marina tokoa fa i Allah no Mahery sy be Fahendrena.

72. I Allah dia nampanantena ireo mpino, lahy sy vavy, ireo zaridaina izay misy renirano mikoriana ao ambaniny, ka hitoetra ao mandrakizay izy ireo, sy fonenana mahafinaritra ao amin’ny zaridainan’i Edena. Ary ny fahafam-pon’i Allah no lehibe indrindra, izany ilay fahombiazana lehibe indrindra.

73. O! Ry Mpaminany manaova jihad (ady masina) amin’ireo tsy mpino sy ireo mpihatsaravelatsihy, ary aoka ho henjana amin’izy ireo ianao; ny Afobe no fialofan’izy ireo, endrey fa ratsy tokoa izany fiafarana izany!

74. Mianiana amin’i Allah izy ireo fa tsy niteny (izay notenenin’izy ireo), nefa tena niteny marina ny tsy finoana izy ireo ary niala finoana izy ireo taorian’ny fanarahan’izy ireo ny finoana Islam. Nikasa ny hanao zavatra izay tsy vitany ho tanterahina izy ireo.Nefa tsy nanana fanakianana izy ireo afa-tsy momba an’i Allah sy ny irany izay nanenika azy ireo tamin’ny fahasoavany. Fa raha nibebaka kosa izy ireo, dia tsara ho azy ireo izany. Ary raha mitodi-damosina kosa izy ireo, dia hosazin’i Allah amin’ny sazy mangirifiry izy ireo, eto an-tany sy any ankoatra; ka tsy hanana mpiahy sy mpanavotra eto an-tany izy ireo.

75. Ary nisy tamin’izy ireo izay nanao antoka tamin’i Allah hoe:”Raha manome anay amin’ny fahasoavany Izy, dia tena hanao fanomezana izahay, ary ho anisan’ireo olona mendrika tokoa.

TOKO FAHA:10
SORATRA: YONOSA
(JAONASY)
ANDININY: 109
NIDINA TAO MAKKAH

76. Nefa raha nomeny tamin’ny Fahasoavany kosa izy ireo, dia tonga kahihitra tamin’izany, ary sady nitodi-damosina no nanalavitra izy ireo.

77. Nataony teraka tao am-pon’izy ireo ny fihatsarambelatsihy, ary izany dia mandra-pahatongavan’ny andro izay hihaonan’izy ireo Aminy, noho izy ireo nitsipaka an’i Allah tamin’izay nampanantenainy Azy sy noho izy ireo nandainga.

78. Moa ve tsy fantatr’izy ireo fa i Allah dia mahafantatra ny miafin’izy ireo sy ny resany mangigina; tena marina fa I Allah dia mahalala tanteraka ireo zava-miafina.

79. Ireo izay manakiana ireo mpino manao ny sadakat antsitra-po sy ireo izay tsy mahita afa-tsy izay kely tratra ny ainy, ka mbola mamazivazy azy ireo ihany koa izy ireo. Ary i Allah anie no hamazivazy azy ireo! Ary ho azy ireo ny sazy mangirifiry.

80. Na mangataka famelan-keloka ho azy ireo ianao, na tsy mangataka famelan-keloka ho azy ireo, ary na dia mangataka famelan-keloka im-pitopolo ho azy ireo aza ianao dia tsy hamela azy ireo mihitsy i Allah. Izany dia noho izy ireo tsy nino an’i Allah sy ny irany, ary i Allah dia tsy mitari-dàlana ireo vahoaka mpanao ratsy.

81. Ireo izay najanona taoriana dia nifaly fa afaka nijanona tany amin’izy ireo taorian’ny irak’I Allah, satria nankahala ny handeha hanao jihad izy ireo miaraka amin’ny harenany sy ny vata -tenany amin’ny lalan’i Allah, ka niteny izy ireo hoe:” Aza mandeha miady amin’izao andro mafana be izao ianareo!”. Teneno hoe:”Ny afon’ny Jahannam (Afobe) mafana bebe kokoa”. Raha fantatr’izy ireo izany!

82. Koa aoka izy ireo hihomehy kely, fa hitomany be kosa ho valin’izay nataon’izy ireo.

83. Raha averin’i Allah amin’ny andiana iray amin’izy ireo ianao, ka mangataka alalana hivoaka miaraka aminao hiatrika ny ady izy ireo, dia teneno hoe:”Tsy hivoaka velively miaraka amiko ianareo, ary tsy hiatrika ady miaraka amiko intsony ianareo satria ianareo nankasitraka ny fijanonana tany aminareo tany amboalohany; noho izany dia mijanona ianareo miaraka amin’ireo mpijanona any aoriana.

84. Ary aza manao soalat mihitsy ianao amin’iray izay maty (1) amin’izy ireo, ary aza mitsangana ihany koa ianao eo akaiky ny fasany, satria tsy nino an’i Allah sy ny irany izy ireo, ary maty sy mpanao ratsy izy ireo.

85. Ary aza atao mahatalanjona anao akory ny fananan’izy ireo sy ny zanak’izy ireo! Fa i Allah dia tsy mitady afa-tsy ny hanasaziana azy ireo amin’ny fiainana ety an-tany avy amin’ny alalan’izany (harena sy zanaka) sy hanasarotra ny fialan’ny fanahin’izy ireo ao anatin’ny tsy finoana.

86. Ary rehefa nidina ny soraty (andian-tsoratra masina) nandidy nanao hoe:”Minoa an’i Allah sy manaova jihad miaraka amin’ilay irany”. Mangataka alalana aminao ireo izay manan-katao amin’izy ireo (mba tsy handray anjara amin’izany), ary miteny izy ireo hoe:”Avelao izahay hijanona miaraka amin’ireo mpijanona.

TOKO FAHA:10
SORATRA: YONOSA
(JAONASY)
ANDININY: 109
NIDINA TAO MAKKAH

87. Afa-po izy ireo fa niaraka tamin'ireo mpijanona taty aoriana. Voahidy mafy ny fon'izy ireo ka tsy afaka mahalala intsony.

88. Nefa ilay iraka sy ireo izay nino niaraka taminy kosa dia nanao jihad tamin'ny alalany ny fananan'izy ireo sy ny vata-tenany. Izy ireny no hahazo zavatsoa ary izy ireny ihany koa no hahazo ny fahombiazana.

89. Zaridaina maro no efa nomanin'i Allah ho azy ireo izay misy renirano maro mikorianay ao ambaniny ka hitoetra ao mandrakizay izy ireo. Izany no fahombiazana lehibe indrindra!

90. Ary tonga ireo arabo mpifindra monina niala tsiny mba omena alàlana (tsy handray anjara amin'ny jihad) izy ireo. Ary nijanona tany aminy ireo izay nandainga tamin'i Allah sy ny Irany. Hahazo ny sazy mangirifiry ireo izay tsy nino tamin'izy ireo.

91. Tsy misy tsiny ho an'ireo osa, na ireo marary, na koa ireo izay tsy mahita hamatsiana tena, raha mendri-pitondran-tena eo anatrehan'i Allah sy ny irany izy ireo. Tsy misy antony hanomezan-tsiny ihany koa ireo mpanao asa soa. Ary i Allah dia be Famelan-keloka sy be Fiantrana.

92. Na ho an'ireo izay tonga nanantona anao mba hitondranao azy ireo, ka hiteny ianao manao hoe:"Tsy mahita izay hitondrako anareo aho". Niverina izy ireo no sady nanganohano ny mason'izy ireo, nalahelo izy ireo noho tsy fahitany izay hamatsiana tena.

93. Tena marina fa, ny fanomezan-tsiny ho an'ireo mangataka alàlana aminao (mba tsy andray anjara amin'ny ady) nefa izy ireo dia mpanan-karena. Mahafaly azy ireo ny mijanona miaraka amin'ireo mpijanona any aoriana. Ary i Allah dia nanidy mafy ny fon'izy ireo, nefa Izy ireo tsy afaka nahafantatra izany intsony.

94- Miala tsiny aminareo izy ireo rehefa miverina any aminy ianareo. Teneno hoe:" Aza miala tsiny ianareo, fa dia tsy hino anareo mihitsy izahay. Efa nambaran'i Allah anay ny vaovao momba anareo. Ary ho hitan'i Allah sy ny irany ny asanareo. Avy eo dia haverina any amin'ilay Mpahalala ny zava-miafina sy ny hitamaso ianareo. Ary ho ambarany aminareo ny asa rehetra nataonareo.

95- Hianiana amin'i Allah eo imasonareo izy ireo raha tafaverina any aminy ianareo mba ho hamavaininareo ny hadisoan'izy ireo. Hitodio lamosina izy ireo satria izy ireo dia loto, ary ny Jahannam (Afobe) no fialofan'izy ireo, ho valin'ny asa izay nataony.

96- Hianiana aminareo izy ireo mba hankasitraka azy ireo ianareo, raha mankasitraka azy ireo ianareo, fa I Allah kosa dia tsy hankasitraka ireo vahoaka mpanao ratsy.

97- Ireo arabo mpifindra-monina dia tena mihizingizina amin'ny tsy finoana sy feno fihatsarambelatsihy, tena nirona tamin'ny tsy fandraharahana ny didy izay nampidinin'i Allah tamin'ny irany izy ireo. Ary i Allah dia be Fahalalàna sy be Fahendrena.

TOKO FAHA:10
SORATRA: YONOSA
(JAONASY)
ANDININY: 109
NIDINA TAO MAKKAH

98- Ary misy amin'ireo arabo mpifindra-monina no mandray fa ny fandaniana ataony dia toy ny sazy, ka miandry mandrakariva ny hivadian'ny fiainanareo ho ratsy izy ireo. Ainga anie hianjera amin'izy ireo ny loza! Ary i Allah dia Mandre sy Mahalala ny zava-drehetra.

99- Ary misy ihany koa amin'ireo arabo mpifindra-monina no mino an'i Allah sy ny Andro farany, ka mandray ny fandaniana ataony ho fanakaikaizana an'i Allah, sy mba hahazoan'izy ireo ny valim-bavaka ataon'ilay Iraka. Moa va tsy tena fomba fanakaikaizana (an'i Allah) ho azy ireo izany? Eny, hampidirin'i Allah ao amin'ny indrafony izy ireo. Tena marina, fa Allah dia be Famelan-keloka sy be Fiantrana.

100- Ireo Mpino voalohany nialoha làlana tamin'ireo mpifindra-monina sy ny mpanampy (tompon-tany ao Madina) ary ireo izay nanaraka azy ireo tamin'ny fitondran-tena tsara, dia nankasitraka azy ireo Allah, ary izy ireo dia nankasitraka Azy ihany koa. Ary Allah dia nanomana ho azy ireo, ireo zaridaina misy renirano maro mikoriana ao ambaniny, hitoetra ao mandrakizay doria izy ireo. Izany no fahombiazana lehibe indrindra.

101- Ary misy amin'ireo arabo mpifindra-monina izay manodidina anareo no mpihatsaravelatsihy, ary misy ihany koa amin'ireo vahoakan'ny Madina: mifikitra amin'ny fiatsaram-belatsihy izy ireo. Tsy mahafantatra azy ireo ianao, fa Izahay kosa dia mahafantatra azy ireo. Hosazinay indroa izy ireo, avy eo dia havarina ao amin'ny sazy lehibe.

102- Ary ny sasany tamin'izy ireo dia niaiky ny fahotàny, nampifangaro ny asa soa tamin'izay ratsy izy ireo. Angamba i Allah dia handray ny fibebahan'izy ireo. Tena marina fa i Allah dia be Famelan-keloka sy be Fiantrana.

103- Makà ampahany amin'ny fananan'izy ireo ianao mba hanadiovanao sy hanomezanao azy ireo tso-drano avy amin'ny alalan'izany. Mivavaha ho azy ireo ianao, fa ny vavaka ataonao azy ireo dia tena fitoniana ho azy ireo, ary Allah dia Maheno sy Mahalala ny zava-drehetra.

104- Moa ve tsy fantatr'izy ireo tokoa fa i Allah no mandray fibebahan'ireo mpanompony, ary mandray ireo fanomezana. Marina fa i Allah no mandray Fibebahana sy be Fiantrana.

105- Ary teneno hoe: "Miasà ianareo, fa hohitan'i Allah sy ny irany ary ny olona rehetra ny asanareo, ary haverina ianareo any amin'Ilay Mahafantatra ny miafina sy ny hita maso, ary hambarany anareo izay rehetra nataonareo.

106- Ary ireo sasany hafa dia navela eo ampiandrasana ny fanapahan-kevitr'i Allah, na ho saziny izy ireo na ho avelany ny helok'izy ireo. Ary Allah dia be Fahalalana sy be Fahendrena.

107- Ireo izay nanorina masjid (toeram-pivavahana) ho fifandrafesana sy fikomiana ary fampisaraham-bazana amin'ireo mpino sy fanomanana teti-dratsy, ho an'ireo izay miady amin'i Allah sy ny Irany teo aloha, nefa mianiana tokoa izy ireo hoe: tsy mitady afa-tsy ny soa indrindra izahay, ary Allah dia mijoro vavolombelona fa izy ireo dia tena mpandainga tokoa.

108- Aza mitsangana mihitsy ianao (manao soalat) ao amin'izany (toerana izany) fa ny masjid naorina tamin'ny fatahorana an'i Allah hatramin'ny andro voalohany no mendrika

kokoa hitsangananao (hanaovana soalat) ao aminy. Misy olona tia hanadio ny tenany (fanahiny) ao, ary Allah dia tia olona madio.

109- Moa ve izay nanorina tranony (masjid) amim-patahorana sy amim-pankasitrahana no tsara sa izay nanorina trano (masjid) eo amoron-tevana ka nokahoin-driaka ka dia nirodana niaraka taminy nivarina ao anatin'ny afobe jahannam izy. Allah dia tsy mitari-dàlana ny vahoaka mpanao ny tsy rariny.

110- Ny trano izay naorin'izy ireo dia loharanon'ny fisalasalana mandrakariva ao am-pon'izy ireo, mandrampaha-rovitry ny fon'izy ireo. Ary i Allah dia be Fahalalana sy be Fahendrena.

111- Marina fa Allah dia nividy tamin'ireo mpino ny tenan'izy ireo sy ny fananany ho takalon'ny paradisa. Miady amin'ny làlan'i Allah izy ireo: ka namono nahafaty izy ireo ary nisy maty novonoina ihany koa . Izany no Fampanantenana marina avy Aminy ao amin'ny thora, sy ny evanjely, ary ny kor'any. Fifanekeny nataony tamin'i Allah. Iza moa no mendrika kokoa noho Allah eo amin'ny fanatanterahana ny fifanekeny? Mifalia àry ianareo noho ny fifanakalozana nifanaovanareo Taminy. Izany no fahombiazana miezinezina lehibe indrindra.

112- Izy ireo dia izay mibebaka, manompo, midera, mpifehy ( ramadany) na koa mpanao jihad, ny mpiondrika, ny mpiankohoka, ny mpandidy amin'ny tsara sy ny mpandrara ny ratsy, ary ireo mpitandrina ny didin'i Allah… ary lazao vaovao mahafaly ireo mpino.

113-Tsy anjaran'ny Mpaminany sy ireo izay nino ny mangataka famelan-keloka ho an'ireo tsy mpino. Eny na dia havany akaiky aza izy ireo, taorian'ny porofo miharihary tamin'izy ireo fa tena olon'ny afobe tokoa izy ireny.

114- Tsy inona akory ny fangata-pamelan-keloka nataon'i Ibrahim tamin'ny rainy afa-tsy noho ny fampanantenana izay natao taminy, fa rehefa miharihary taminy mazava fa izy (rainy) dia fahavalon'i Allah, dia nandà azy izy. Tena marina fa Ibrahim dia mpanetri-tena sy tsara fanahy.

115- Ary tsy fanaon'i Allah ny hamery ny vahoaka taorian'ny nitarihany azy ireo lalàna mandra-panazavany tamin'izy ireo tsara izay tokony hatahoran'izy ireo. Tena marina fa Allah dia Mahafantatra ny zava-drehetra.

116- Tena marina fa an'i Allah ny fanjakana any amin'ireo lanitra sy ny tany, mamelona sy mamono Izy ka tsy misy afa tsy i Allah irery ihany no Mpiahy sy Mpanavotra anareo.

117- Efa nandray ny fibebahan'ny mpaminany sy ireo mpifindra-monina sy ireo mpampian-trano Allah ary ireo izay nanaraka azy(mpaminany) tamin'ny fotoan-tsarotra,raha naika nivily làlana ny fon'ny andaniny iray tamin'izy ireo; avy eo anefa ,dia noraisiny ihany ny fibeban'izy ireo . Marina fa Izy dia be Fangorahana sy be Fiantrana.

118- Ary nandray ny fibebahan'ireo telo lahy izay nijanona tao aoriana Izy, rehefa nihatery tamin'izy ireo ilay tany, na dia midadasika aza, nahatsapa tena tokoa izy ireo fa tao anatin'ny fahaterena, ary nihevitra izy ireo fa tsy misy lalan-kivoahana hafa mankany amin'i Allah raha tsy ny fiverenana Aminy. Koa avy eo dia nandray ny fibebahan'izy ireo Izy mba hiverenan'izy ireo Aminy. Satria i Allah no Mpandray ny fibebahana sy be Fiantrana.

TOKO FAHA:10
SORATRA: YONOSA
(JAONASY)
ANDININY: 109
NIDINA TAO MAKKAH

119- O! ianareo izay nino, matahora an'I Allah ianareo,ary miaraha amin'ireo olo-marina.

120- Tsy tokony ataon'ireo mponin'ny Madina, sy ireo mpifindramonina Arabo manodidina azy ireo, ny nitaraidraika aorian'ilay irak'i Allah, sy ny tia ny ain'izy ireo mihoatra ny Azy . Satria izy ireo dia tsy hahatsapa hetaheta, na harerahana, na hanoanana amin'ny lalan'i Allah. Ary tsy hanitsaka toerana izay hampatezitra ireo tsy mpino izy ireo. Ary ; tsy hahazo tombontsoa amin'ny fahavalo na dia kely aza, raha tsy izay efa voasoratra ho azy ireo amin'ny alàlan'izany ny fanaovana asa soa. Tena marina ,fa tsy avelan'I Allah ho very ny valisoan'ireo mpanao asa soa.

121- Tsy hanao fandaniana mihitsy izy ireo, na kely na lehibe, ary tsy hamakivaky lohasaha raha tsy efa voasoratra ho an'izy ireo izany, mba hanomezan'i Allah azy ireo valisoa mendrika indrindra amin'ireo asa nataony.

122- Tsy tokony handao ny tokatranony daholo ireo mpino rehetra. Nahoana ireo andiany sasany amin'ny foko tsirairay no tsy tonga manovo ny fahalalana momba ny finoana, mba ahafahan'izy ireo mampitandrina ny vahoakany rehefa miverina any aminy izy ireo. Angamba hitandrina izy ireo.

123- O! ianareo izay mino, miadia amin'ireo tsy mpino izay akaikinareo ianareo, ka mba hahita ny fahenjananareo izy ireo. Ary fantaronareo fa Allah dia miaraka tokoa amin'ireo manam-patahorana.

124- Ary raha misy soraty anankiray nidina, dia misy amin'izy ireo ny miteny hoe:"Iza aminareo no nitombo finoana avy aminy?" Fa ireo izay nino kosa, dia tena nampitomboiny ny finoan'izy ireo, ary mifalifaly izy ireo.

125- Fa ireo izay misy aretina kosa ny fony, dia vao mainka nanampy ny fahalotoana ho fanampin'ny fahalotoan'izy ireo izany, ka maty tsy mpino izy ireo.

126- Moa ve tsy hitan'izy ireo, fa tsapaina indray mandeha na indroa isan-taona izy ireo? Na dia izany aza, dia tsy nibebaka na nahatsiaro tena izy ireo.

127- Ary raha nisy soraty anankiray nidina, dia nifampijery izy ireo, ny andaniny sy ny ankilany (ary nifampiteny hoe):" Moa ve misy olona mahita anareo?" Avy eo dia niparitaka izy ireo. Aoka i Allah hamily ny fon'izy ireo, satria olona tsy mahalala na inona na inona izy ireo.

128- Marina fa efa tonga aminareo ny Iraka, izay avy taminareo, mavesatra aminy ireo fasahiranana mianjady aminareo, fatra-pikolokoloana anareo sy be fangorahana izy ary be fiantrana aminareo mpino koa.

129- Ary raha mitodi-damosina izy ireo dia teneno hoe:" Ampy ahy i Allah! Tsy misy zanahary afa-tsy Izy ihany. Aminy no ametrahako ny fitokisako , ary Izy no Tompon'ilay seza fiandrianana lehibe.

TOKO FAHA:10
SORATRA: YONOSA
(JAONASY)
ANDININY: 109
NIDINA TAO MAKKAH

Amin'ny anaran'i Allah,ilay be fiantrana,Ila be indrafo

1- ALIF,LAM, RA, indro ireo andinin'ilay Boky feno Fahendrena.

2- Moa ve mahagaga ireo olona, fa izahay dia nandefa fanambarana tamin'ny lehilahy iray, avy tamin'izy ireo: "Ampitandremo ireo olona, ary lazao vaovao mahafaly ireo mpino fa manana toerana mendrika izy ireo eo anatrehan'ny Tompony. Niteny ireo tsy mpino hoe:"Marina tokoa fa io olona io dia tena mpanao majika miharihary."

3- Marina fa ny Tomponareo dia i Allah, izay nahary ireo lanitra sy ny tany nandritry ny enin'andro, avy eo dia nitoetra "Istaoa" teo amin'ny seza fiandrianany Izy, mandrindra ny zava-drehetra. Tsy misy ho mpanelanelana raha tsy mahazo alàlana avy Aminy. Izany Ilay Allah Tomponareo. Tompoinareo àry Izy! Moa ve tsy mahatsapa izany ianareo?

4- Any Aminy no hiverenananareo rehetra, izany no fampanantenan'i Allah amim-pahamarinana! Izy no nanao ny fahariana voalohany, avy eo dia hamerina izany Izy, mba hanomezany an'ireo izay nino sy nanao asa soa, ny valisoa ara-drariny. Ary ho an'ireo izay tsy nino kosa dia ny zava-pisotro mangorakotraka sy ny sazy mangirifiry, noho izy ireo tsy nino!

5- Izy no nanao ny masoandro ho famirapiratana sy ny volana ho fahazavana, ary nalahany ho manana ambaratongam-piovaovana izany, mba hafantaranareo ny isan'ny taona sy ny fikajiana ny fotoana. Tsy nahary an'izany Allah raha tsy amim-pahamarinana.Hazavainy antsipiriany ireo famantarana, ho an'ireo vahoaka manam-pahalalàna.

6- Marina fa eo amin'ny fifadimbiasan'ny alina sy ny andro, ary koa eo amin'izay rehetra noharian'i Allah any amin'ireo lanitra sy ny tany dia tena misy famantarana maro ho an'ireo vahoaka manam-patahorana (an'I Allah).

7- Ireo izay tsy manantena mihitsy ny fihaonana Aminay, sy afa-po amin'ny fiainana eto an-tany ka mahatsapa fitoniana izy ireo amin'izany, ary koa ireo izay tsy mitandrina ireo famantaranay,

8- Izy ireny dia ny afobe no fialofany, noho ny asa izay nataony.

9- Marina fa ireo izay nino sy nanao ny asa soa, dia tarihin'ny Tompony làlana izy ireo noho ny finoany. Hikoriana eo ambanin'izy ireo, ireo renirano ao anatin'ireo zaridainan'ny fahafinaretana.

10- Ny fitalahoan'izy ireo ao (am-paradisa) dia hoe:" Voninahitra anie ho anao, ry Allah", ary ny firahaban'izy ireo ao dia:"Fiadanana" ary faran'ny fitalahoan'izy ireo dia" Dera ho an'i Allah izay Tompon'izao tontolo izao.

11- Ary raha hafainganan'i Allah amin'olona ny fahoriana tahaka ny fitadivan'izy ireo hanafainganana ny hasoavana, dia efa tapitra izay ny fe-potoana hiainan'izy ireo. Kanefa avelanay ireo izay tsy manantena ny fihaonana Aminay ao amin'ny fihoaram-pefiny ka hiaina tanteraka ao anatin'ny fahajambana izy ireo.

TOKO FAHA:10
SORATRA: YONOSA
(JAONASY)
ANDININY: 109
NIDINA TAO MAKKAH

12- Ary rehefa misy loza manjo ny olombelona dia miantso anay ho eo ankilany izy, na ampipetrahana na ampitsanganana. Ary rehefa navotanay tamin'ny fahoriany izy, tonga dia lasa toy ny tsy niantso anay mihitsy izy tamin'ny fahoriana izay nanjo azy. Tahak'izany no nampihaingoana tamin'ireo mpanao fandanianiam-poana ny asa izay ataony.

13- Ary efa naringanay ireo taranaka teo alohanareo, rehefa nanao ny tsy rariny izy ireo. Nefa ireo iraka ho azy ireo dia tonga teo aminy niaraka tamin'ireo porofo mazava. Kanefa tsy nino mihitsy izy ireo. Tahak'izany no hamalianay ireo vahoaka mpanao heloka be vava.

14- Avy eo dia nataonay ho mpandimby teto an-tany taorian'izy ireo ianareo, mba hijerenay ahoana no atanareo.

15- Ary rehefa novakiana tamin'izy ireo mazava tsara ireo teninay, dia miteny ireo izay tsy manantena ny fihaonana aminay hoe:"Mitondrà koroany hafa ankoatra ity ianao na ovay io". Teneno hoe:" Tsy anjarako mihitsy ny hanova azy io araka ny sitrapoko. Tsy manaraka afa-tsy izay nambara tamiko aho. Tena marina fa Izaho dia matahotra, raha tsy mankato ny Tompoko, ny famaizana amin'ny Andro lehibe".

16- Teneno hoe:" Raha sitrak'i Allah dia tsy novakiako taminareo izy io, ary tsy nampahafantatra (Allah) anareo ihany koa Izy.Efa niara-nipetraka taminareo nandritry ny taona maro ny tenako talohan'izany. Moa va tsy mandinika ianareo?

17- Fa iza no tena mpanao ny tsy rariny indrindra mihoatra izay mamorona lainga momba an'i Allah na koa milaza fa lainga ireo teniny? Tena marina, fa tsy hahazo fahombiazana ireo mpanao heloka be vava.

18- Ary manompo zavatra hafa ankoatran' Allah izy ireo, izay tsy afaka hanao ratsy no sady tsy afaka hanasoa azy ireo akory, ary miteny izy ireo hoe:" Izy ireto no mpanelanelana anay eo anatrehan' Allah. Teneno hoe:" Moa ve hampahalala an' Allah izay tsy fantany any amin'ireo lanitra sy ny ety an-tany ianareo?" Voninahitra sy laza anie ho Azy! Ary ambony lavitra Izy noho izay atambatr'izy ireo Aminy".

19- Ary tsy inona ny olombelona afa-tsy vahoaka iray ihany tany ampiandohana, kanefa dia nifanipan-kevitra izy ireo, ary raha tsy ny Teny efa vita mialoha avy amin'ny Tomponao, dia efa notsarain'i Allah izy ireo amin'izay nampifanolana azy ireo.

20- Ary niteny izy ireo hoe:"Raha mba misy fahagagana midina aminy avy amin'ny Tompony!"Teneno hoe:"Izao ihany no izy, ho an'i Allah irery ihany ny zava-miafina, koa miandrasa ianareo fa izaho koa dia anisan'ny mpiandry miaraka aminareo.

21- Ary raha nampanandramanay ny famindram-po ireo olona taorian'ny fahoriana nahazo azy dia indro izy ireo manomana teti-dratsy mikasika ireo Teninay. Teneno hoe: "Allah no haingana indrindra amin'ny fanomanana tetika. Tena marina fa ireo irakay (Ireo Anjely) dia manoratra ny teti-dratsinareo.

22- Izy no mampandeha anareo eto an-tany sy eny ambonin-dranomasina, ka rehefa anatin'ny sambo, mitondra olona ianareo, izay misosa noho ny rivotra tsara dia faly amin'izany izy ireo.Dia tonga tampoka tamin'izy ireo ny rivo-mahery, ary tonga ihany koa tamin'izy ireo ny onja avy amin'ny lafiny rehetra, dia nihevitra izy ireo fa voadidin'ny loza

TOKO FAHA:10
SORATRA: YONOSA
(JAONASY)
ANDININY: 109
NIDINA TAO MAKKAH

ka nitalao tamin'i Allah izy ireo tamim-pinoana Azy tanteraka (sady niteny hoe):"Raha avotanao amin'izao izahay dia anisan'ireo mpankasitraka Anao izahay."

23- Koa rehefa navotany izy ireo, nony tonga tety an-tanety, dia indro fa mandika lalàna tsy ara-drariny izy ireo. O! Ianareo olombelona, tena marina fa ny fandikan-dalàna ataonareo dia miantefa eo amin'ny tenanareo ihany. Izany dia fahafinaretana miserana ihany eto an-tany. Avy eo dia aty aminay no fiverenanareo, ary ho ambaranay anareo izay rehetra nataonareo.

24- Tena marina fa ny fiainana eto an-tany dia oharina toy ny rano, izay nampidininay avy any an-danitra ka mifangaro taminy ny zava-manirin'ny tany izay hohanin'ny olombelona sy ny biby. Ka rehefa namoaka ny haingony ny tany sy nihatsara, dia nihevitra ny mponina ao aminy fa eo ambanin'ny fiadidiany tanteraka izany. Dia tonga taminy (tany) ny didinay andro aman'alina, ka nataonay tany voanjinja izany, tahakin'ny tany tsy nisy vokatra mihitsy omaly. Tahak'izany no hanazavanay antsipiriany ho an'ny vahoaka manam-pahalalàna ireo fanambaranay.

25- Ary i Allah dia miantso mankany amin'ny fonenana feno fiadanana ary mitari-dàlana izay sitrany ho amin'ny làlana mahitsy.

26- Ho an'ireo izay manao soa dia ho azy ireo valisoa mendrika indrindra ary mihoatra izany aza.Tsy handrakotra ny tarehin'izy ireo na vovoka na fahafaham-baraka. Izy ireny no olon'ny Paradisa, hitoetra ao mandrakizay izy ireo.

27- Ary ireo izay nanao asa ratsy kosa dia ho azy ireo ny valiny mitovy amin'izany.Ary handrakotra azy ireo ny fahafam-baraka. Tsy manana mpiaro izy ireo hiatrika i Allah toy ny voarakotrin'ny sombin'aizin'ny alina ny tarehin'izy ireo. Maizina ny tarehin'izy ireo. Izy ireny no olon'ny Afobe ka hitoetra ao mandrakizay izy ireo.

28- Ary amin'ny andro hanangonanay azy rehetra, avy eo dia hiteny Izahay amin'ireo izay nanakambana i Allah amin'ny hafa hoe:"Raiso ny toeranareo, ianareo sy ireo mpiombon'antoka taminareo." Hampisarahinay izy ireo ary hiteny ireo mpiombon'antoka amin'izy ireo hoe:" Tsy izahay velively no notompoinareo."

29- Ary ampy ho vavolombelona aminay sy anareo i Allah. Izahay dia tsy mahalala tanteraka momba ny fanompoanareo.

30- Amin'izany dia hahatsapa izay nataony teo aloha ny tsirairay. Haverina izy ireo any amin'i Allah Tompon'izy ireo ilay marina; ary very nandao azy ireo izay noforoniny.

31- Teneno hoe:"iza no manome anjara ho anareo avy any an-danitra sy ety an-tany, na koa iza no mitantana ny fendrenesana sy ny fahitana, ary iza no mamoaka ny velona amin'ny maty sy mamoaka ny maty amin'ny velona, ary iza no mandrindra ny raharaha rehetra?" dia hiteny izy ireo hoe:"Allah", ka teneno hoe:" ka moa tsy matahotra Azy va ianareo?"

32- Izany i Allah Tomponareo ilay marina.ka inona no aorian'ny fahamarinana raha tsy ny fahaverezana? Ary inona indray no mampivily làlana anareo?

33- Tahak'izany no nahatanteraka ny tenin'ny tomponao tamin'ireo izay nanao asa ratsy: "Fa izy ireo dia tsy nino mihitsy".

TOKO FAHA:10
SORATRA: YONOSA
(JAONASY)
ANDININY: 109
NIDINA TAO MAKKAH

34- Teneno hoe:" Amin'ireo mpiombon'antoka aminareo, iza no manomboka amin'ny fahariana avy eo izy mamerina izany aoriana (fahafatesana). Teneno hoe:"I Allah irery ihany no manomboka ny fahariana sy mamerina izany. Nahoana ianareo no mivily lalana (amin'ny fanopoana an'I Allah).

35- Teneno hoe:"Moa ve misy amin'ireo mpiombon'antoka aminareo izay mitarika mankany amin'ny fahamarinana?"Teneno hoe:"I Allah no mitarika any amin'ny fahamarinana. Moa ve izay mitarika amin'ny fahamarinana no mendrika arahina kokoa, sa izay tsy mahatari-tena raha tsy misy mpitarika azy? Inona àry no mahazo anareo? Ahoana no fitsaranareo izany?

36- Ary ny ankamaroan'izy ireo dia tsy manaraka afa-tsy amin'ny eritreritra. Ny eritreritra anefa dia tsy afaka manao na inona na inona eo anatrehan'ny fahamarinana! Marina fa i Allah dia tena mahalala izay rehetra ataon'izy ireo.

37- Ary ity koroany ity dia tsy misy namorona ankoatr'I Allah, kanefa kosa fanamafisana izay efa nisy teo alohany, ary fanazavana ilay Boky izay tsy misy fisalasalana aminy fa avy amin'ny tompon'izao Tontolo izao.

38- Na koa hiteny izy ireo hoe:"Noforoniny (Mohammad) ve? ". Teneno hoe:"Manaova àry ianareo soraty (toko masina) mitovy aminy, ary antsoy izay azonareo antsoina hanampy anareo ankoatr'I Allah, raha toa ka marina ny anareo.

39- Tsy izany mihitsy: Milaza izy ireo fa lainga izay tsy voafehin'ny fahalalàny, ary mbola tsy tonga amin'izy ireo ny fanazavana azy .Tahaka izany no nataon'ireo (izay niaina) talohan'izy ireo ka nampandainga ireo iraka. Jereo àry fa ahoana no fiafaran'ireo mpanao ny tsy rariny.

40- Ary misy amin'izy ireo izay mino an'izany, nefa misy koa anefa izay tsy mino an'izany. Ary ny Tomponao no tena mahalala ireo izay mpanao asa fanimbana.

41- Ary raha manao anao fa mpadainga izy ireo dia lazao hoe:"Ahy ny asako ary ho anareo ny asanareo. Ianareo tsy tompon'andraikitra amin'ny asa izay ataoko, ary izaho dia tsy tompon'andraikitra amin'ny asa izay ataonareo.

42- Ary misy amin'izy ireo izay mihaino anao. Moa ve ianao afaka mampaheno ireo marenina na dia tsy misaina aza izy ireo?

43- Ary misy amin'izy ireo izay mijery anao. Ka moa ve ianao afaka hitari-dàlana ireo jamba na dia tsy mahita aza izy ireo?

44- Marina fa i Allah dia tsy miangatra amin'olona na dia kely aza, fa ny olona ihany kosa no manao ny tsy rariny amin'ny tenany.

45- Amin'ny andro hamoriany azy ireo, dia toy ny tsy nijanona (tao ampasany) afa-tsy andiny iray monja tamin'ny antoandro izay afahan'izy ireo hifankahalàla. Tena matiantoka ireo izay nilaza fa lainga ny fihaonana amin'I Allah, sady tsy mpanara-dàlana mahitsy izy ireo.

TOKO FAHA:10
SORATRA: YONOSA
(JAONASY)
ANDININY: 109
NIDINA TAO MAKKAH

46- Na hampahitanay anao ny sasany amin'izay nampitandreminay azy ireo, na ho tamperinay tanteraka ny fiainanao, dia maintsy aty aminay ihany no fiverenan'izy ireo. Manarak'izany, i Allah dia vavolombelona amin'izay rehetra ataon'izy ireo.

47- Isaky ny vahoaka dia nanana iraka. Ary rehefa tonga ny iraka ho azy ireo, dia voatsara ara-drariny, ary tsy nisy fiangarana tamin'izy ireo.

48- Ary hiteny izy ireo hoe:"Raha oviana izany fampanantenana izany raha marina ny anareo?"

49- Teneno:" Izaho dia tsy manana na inona na inona hampahory na hanasoa ny tenako afa-tsy izay sitrak'i Allah. Ny vahoaka tsirairay dia samy manana fe-potoana hiafarany. Rehefa tonga ny fe-potoanan'izy ireo, dia tsy misy afaka hampihemotra na dia adiny iray aza izy ireo na hampandroso izany.

50- Teneno hoe:"Moa ve hitanareo raha tonga eo aminareo ny Saziny amin'ny alina na amin'ny antoandro, mba inona no azon'ireo mpanao heloka be vava hafainganina amin'izany?"

51- Moa ve rehefa mitranga tokoa izany vao hino ianareo? Ankehitriny! Nefa ianareo teo aloha dia nitaky ny fahatongavan'izany haingana.

52- Ary dia hotenenina amin'ireo izay nanao ny tsy rariny hoe:"Andramonareo ny sazy maharitra mandrakizay! Moa va ho valiana ianareo afa-tsy arak'izay nataonareo.

53- Ary mangataka fanazavana avy aminao izy ireo:"Moa ve marina izany?"Teneno hoe:"Marina! Mianiana amin'ny Tompoko aho! Tena marina tokoa izany. Ary ianareo dia tena tsy afaka hanakana izany mihitsy".

54- Ary raha ny olona tsirairay izay nanao ny tsy rariny nanana izay rehetra eto an-tany, dia tena nataony onitra izany. Ary nafenin'izy ireo ny fanenenany rehefa hitany ny famaizana. Fa hotsaraina izy ireo amin'ny rariny ary tsy hiangarana mihitsy.

55- Tena marina, fa an'i Allah izay rehetra any amin'ireo lanitra sy ny tany. Moa va tsy marina ihany koa ny fampanantenan'i Allah? Kanefa ny ankamaroan'izy ireo dia tsy mahalala an'izany.

56- Izy no mamelona sy mamono, ary tsy maintsy any Aminy no hamerenana anareo.

57- O! Ianareo olombelona, efa tonga aminareo ny fananarana avy amin'ny Tomponareo, ny fanasitranana izay rehetra ao an-tratra, ary tari-dàlana sy famindra-po ho an'ireo mpino.

58- Teneno hoe:"Amin'ny fahasoavan'i Allah sy ny indrafony ka amin'izany no tokony hifalian'izy ireo. Izany dia tsara kokoa noho izay angonin'izy ireo".

59- Teneno hoe:"Moa ve hitanareo ny anjara izay nampidinin'i Allah ho anareo ka nataonareo ho misy amin'izany, ny voarara sy ny tsy voarara?"Teneno hoe:" Moa ve i Allah no nanome alàlana anareo amin'izany? Na koa momba an'i Allah no hamoronanareo lainga?".

TOKO FAHA:10
SORATRA: YONOSA
(JAONASY)
ANDININY: 109
NIDINA TAO MAKKAH

60- Ary inona no eritreritr'ireo izay mamorona lainga momba i Allah amin'ny andro fitsanganana? Marina fa i Allah no Tompon'ny fahasoavana ho an'ny olona, nefa ny ankamaroan'izy ireo dia tsy mahay mankasitraka.

61- Ary tsy misy na inona na inona amin'ny fiainanao, ary tsy misy amin'ny andinin'ny Koro-any izay hovakianao, ary tsy hisy asa izay hotanterahinareo afa-tsy izahay no vavolombelona eo anatrehanareo amin'ny fotoana izay hanaovanareo azy, ary tsy misy miafina amin'ny Tomponao na dia kely toy ny lanjan'ny atoma iray aza eto an-tany na any an-danitra, ary na dia kely kokoa noho izany aza, ary na lehibe noho izany, afa-tsy efa voarakitra ao anatin'ny boky mazava.

62- Tena marina fa ireo sakaizan' Allah dia tsy hanam-patahorana ary tsy halahelo mihitsy izy ireo.

63- Ireo izay nino sy izay natahotra (an'i Allah).

64- Misy ho azy ireo ny vaovao mahafaly ety amin'ny fiainana an-tany sy amin'ny fiainana any ankoatra. Tsy hisy fiovana ireo tenin'i Allah. Izany no ilay fahombiazana lehibe.

65- Aoka tsy hampalahelo anao ny tenin'izy ireo. Marina fa ny hery rehetra dia ho an'i Allah. Izy ilay Maheno sy Mahalala ny zava-drehetra.

66- Moa tsy marina fa an'i Allah izay rehetra any amin'ireo lanitra sy izay rehetra eto an-tany. Inona no arahin'ireo izay miantso ny mpiara- miombon'antoka ankoatr'i Allah? Tsy manaraka izy ireo afa-tsy ny eritreritra, ary tsy manao izy ireo afa-tsy ny mandainga.

67- Izy izay manao ho anareo ny alina mba hialanareo sasatra, ary ny andro mba hahafahanareo mahita mazava. Tena marina fa ao anatin'izany dia misy famantarana maro ho an'ny vahoaka mihaino.

68- Miteny izy ireo hoe:"Nananjanaka i Allah", ho Azy anie ny Voninahitra sy Fahadiovana. Izy no Mpanan-karena tanteraka. An'Azy izay rehetra any amin'ireo lanitra sy izay rehetra ety an-tany, tsy manana porofo momba izany velively ianareo. Moa ve hiteny momba i Allah izay tsy fantatrareo ianareo?

69- Teneno hoe:"Marina fa ireo izay mamorona lainga momba i Allah dia tsy hahita fahombiazana mihitsy".

70- Izany dia fahafinaretana mandalo eto an-tany; avy eo dia aty aminay ny fiverenan'izy ireo, avy eo koa dia hampanadramanay azy ireo ny sazy mahery vaika noho izy ireo tsy nino.

71- Tantarao amin'izy ireo ny vaovao momba i Noe (Noa), rehefa niteny izy, tamin'ireo vahoakany hoe:"O! Ry vahoakako, raha mavesatra aminareo ny fipetrahako eto aminareo sy ny fampatsiahiviko ireo famantarana momba i Allah, fa any amin'i Allah no hametrahako tanteraka ny fitokisako. Atambaro ny hevitrareo sy ireo mpiombon'antoka aminareo, ary aoka tsy afeninareo izay didy tapahinareo. Avy eo, tanterahonareo ny fanampaha-kevitra momba ahy, ary aza avelanareo hiandry mihitsy aho.

72- Raha mitodi-damosina ianareo, dia tsy nangataka tambiny aminareo aho... tsy misy hanome tambiny ahy afa-tsy Allah irery. Ary nodidiany aho mba ho anisan'ireo mpanaiky azy tanteraka".

TOKO FAHA:10
SORATRA: YONOSA
(JAONASY)
ANDININY: 109
NIDINA TAO MAKKAH

73- Nolazain'izy ireo fa mpandainga izy. Ka navotanay izy sy ireo izay niaraka taminy tao amin'ilay sambo fiara, ary nataonay ho mpandimby eto an-tany izy ireo. Ary narendrikay ireo izay nilaza fa lainga ireo porofonay. Ka jereo ahoana no niafaran'ireo izay nahazo fampitandremana!

74- Ary avy eo, taoriany, izahay dia nandefa iraka maro tamin'ny vahoakan'izy ireo. Tonga taminy (vahoaka) niaraka tamin'ny porofo mazava izy ireo. Kanefa tsy vonona hino izay efa nolazain'izy ireo fa lainga teo aloha izy ireo. Tahak'izany no hanidianay tanteraka ny fon'ireo izay mpandika lalàna.

75- Avy eo nalefanay taorian'izy ireny i Mosa (Mosesy) sy Harona (Arona) tamin'i Faraona sy ny loholony niaraka tamin'ireo porofonay. Kanefa nanambony tena izy ireo, ary izy ireo dia vahoaka efa mpanao heloka be vava.

76- Rehefa tonga tamin'izy ireo ny fahamarinana avy taty aminay, dia niteny izy ireo hoe:"Marina fa tena majika miharihary izany".

77- Niteny i Mosa hoe:" Moa ve hiteny ianareo amin'ilay Fahamarinana rehefa tonga aminareo, moa ve majika izany? Ary tsy mahomby mihitsy ireo mpanao majika…"

78- Niteny izy ireo hoe:" moa ve tonga aty aminay ianao mba hampitodika anay hiala amin'izay efa hitanay tamin'ireo razambenay, ka ho lasanareo roalahy ny fahamboniana eto an-tany? Ary izahay dia tsy hino anareo roa mihitsy.

79- Ary niteny I Faraona hoe:"Ento aty amiko ireo mpanao majika mahay indrindra".

80- Ary rehefa tonga ireo mpanao majika dia niteny i Mosa tamin'izy ireo hoe:"Atsipazo izay efa nomaninareo atsipy".

81- Ary rehefa nanipy izy ireo dia niteny i Mosa hoe:"izay rehetra nentinareo dia majika tokoa"! Marina fa i Allah dia hanafoana izany. Ary i Allah dia tsy hampahomby ny asan'ireo mpanao ratsy.

82- Ary i Allah dia hampandresy ny fahamarinana amin'ny alàlan'ny Teniny na dia mankahala an'izany aza ireo mpanao heloka be vava".

83- Tsy nisy nino An'i Mosa anefa afa tsy taranaka (andiana tanora vitsivitsy) avy amin'ny vahoakany nohon'ny fatahorana an'i Faraona sy ireo loholony sao hamalifaty izy ireo. Marina fa i Faraona dia mpanefoefo teto an-tany sy anisan'ireo mpihoa-pefy.

84- Ary niteny i Mosa hoe: "O! Ry vahoakako, raha nino An'i Allah marina ianareo, dia apetraho Aminy tanteraka ny fitokisanareo raha mpankatò Azy marina ianareo".

85- Ka niteny izy ireo hoe: "Amin'i Allah no hametrahanay ny fitokisanay.Tomponay o! Aza atao ho lasibatry ny etraketraky ny vahoaka mpanao ny tsy rariny izahay".

86- Ary avoty izahay amin'ny alalan'ny famindra-ponao, amin'ny vahoaka tsy mpino.

87- Ary nandefasanay fanambarana Tamin'i Mosa sy ny rahalahiny, hoe:" Makà trano ao Egipta ho an'ny vahoakanareo, ary ataovy mitodika amin'ny toeram-pitodihana amin'ny fivavahana ireo tranonareo. Ary tanterahinareo ny soalat, ka lazao vaovao mahafaly ireo mpino".

TOKO FAHA:10
SORATRA: YONOSA
(JAONASY)
ANDININY: 109
NIDINA TAO MAKKAH

88- Ary niteny i Mosa hoe:" Tomponay o! Ianao dia nanome An'i Faraona sy ny Ioholony, haingo sy fananana maro eto amin'ny fiainana an-tany. Tomponay o! Mba hiatahan'izy ireo amin'ny lalanao ihany izany. Tomponay o! Ravao ny fananan'izy ireo, ary hamafiso ny fon'izy ireo, mba tsy hino izy ireo mandra-pahitàny ny sazy mangirifiry".

89- Niteny Izy hoe:" Efa novalinay ny hatakareo roa. Ka aoka ianareo roa mba hahitsy toetra mandrakariva; aza manaraka ny lalan'ireo izay tsy mahafantatra na inona na inona.

90- Dia nasainay niampita ranomasina ireo zanak'israely. Ka nanenjika azy ireo i Faraona sy ny miaramilany tamim-pahatezerana sy fankahalàna. Ka rehefa tratrin'ny faharendrehana izy ireo (tao andranomasina) dia niteny hoe:" Mino aho fa tena tsy misy Zanahary Tompo afa-tsy izay ninoan'ny zanak'israely. Ary izaho dia anisan'ireo mpankatoa Azy tanteraka.

91- Ankehitriny izao ve? Nefa tsy nankatoa ianao teo aloha, ary ianao dia tena anisan'ireo mpanimba ny tany.

92- Androany dia avotanay ny vatanao mba ho famantarana ho an'ireo ao aoriana. Tena marina fa ny ankamaron'ny olona dia tsy miraharaha ireo famantarana avy Aminay.

93- Ary efa napetrakay tokoa tamin'ny toerana mendrika ireo zanak'israely, ary nomenay anjaram-pivelomana tsara izy ireo. Ka tsy nizarazara izy ireo raha tsy tamin'ny fotoana nahatongavan'ny fahalalàna taminy. Marina fa ny Tomponao dia hitsara azy ireo amin'izay nampizarazara azy ireo amin'ny Andro fitsanganana.

94- Raha ohatra ka ao anatin'ny fisalasalana ianao amin'izay nampidininay taminao, dia hanontanio ireo izay efa namaky ny Boky teo alohanao. Efa tonga taminao ny marina avy amin'ny Tomponao: koa aza manao anisan'ireo mpisalasala mihitsy ianao.

95- Ary aza manao anisan'ireo milaza fa lainga ny Fanambaran'i Allah. Fa ho anisan'ireo maty antoka ianao.

96- Marina fa ireo izay niharan'ny tenin'ny Tomponao dia tsy hino velively,

97- Na dia tonga tamin'izy ireo aza ireo fanambarana rehetra, mandra-pahitan'izy ireo ny sazy mangirifiry.

98- Raha mba misy Tanàna iray nino, ankoatra ny Vahoakan'i Jonasy, ka nahasoa azy ireo ny finoana! Dia ho nesorinay tamn'izy ireo ny fampijaliana amin'ny fiainana eto an-tany, ary nomenay fahafinaretana izy ireo ao anatin'ny fotoana voafetra.

99- Ary raha sitrakin'ny Tomponao dia hino avokoa izay rehetra eto an-tany.Moa ve ianao no hanery ny olona rehetra ho tonga mpino?

100- Tsy anjaran'ny olona velively no hino raha tsy avy amin'ny Alalan'i Allah. Ary atokany meny hoa n'ireo izay tsy mandinika ny sazy.

101- Teneno hoe: "jereonareo inona no any amin'ireo lanitra sy ny ety ambonin-tany?" Ary tsy hitera-bokatsoa ho an'ireo vahoaka tsy nino na ny famantarana na ireo Mpampitandrina (Mpaminany).

TOKO FAHA:10
SORATRA: YONOSA
(JAONASY)
ANDININY: 109
NIDINA TAO MAKKAH

102- Moa ve tsy miandry izy ireo afa-tsy ny famaizana izay mitovy tamin'iireo vahoaka nandalo talohan'izy ireo? Teneno hoe:" Andrasonareo ary fa izaho dia anisan'ireo miandry miaraka aminareo".

103- Avy eo dia avotanay ireo irakay sy ireo izay nino, tahak'izany.Eny, adidinay tokoa ny manavotra ireo mpino.

104- Teneno hoe:"O! Ianareo olombelona, raha ohatra ka ao anatin'ny fisalasalana ianareo mikasika ny finoako, fa izaho kosa dia tsy hanompo mihitsy izay tompoinareo Ankoatry i Allah; fa dia manompo kosa an'i Allah izay manala ny fofon'ainanareo. Ary nandidy ahy Izy ho anisan'ireo mpino.

105- Ary mitodiha ianao amin'ny finoana tanteraka An'i Allah tokana ary aoka ianao tsy ho anisan'ireo mpanakambana an'i Allah amin'ny zavatra hafa (mpanompo sampy)!

106- Ary aza mangataka ianao raha tsy amin'i Allah, amin'izay tsy azahoanao tombony na tsy hampahory anao, fa raha manao izany ianao, dia tena ho anisan'ireo mpanao ny tsy rariny.

107- Ary raha akasik'i Allah aminao ny ratsy dia tsy misy afaka hanala izany afa-tsy Izy (Allah) ihany. Ary raha sitrany ny ahazoanao ny tsara, dia tsy hisy hahasakana izany fahasoavany izany. Omeny izany izay sitrany amin'ireo mponompony. Izy Ilay Mpamela heloka, ilay be fiantrana.

108- O! Ianareo olombelona efa tonga taminao ny fahamarinana avy amin'ny Tomponao. Noho izany, na iza na iza nanitsy ny tenany tamin'ny làlana marina, dia ho an'ny tenany ihany izany; ary izay nivily làlana kosa, dia nanao izany ho an'ny tenany ihany koa. Ary izaho dia tsy mpaiahy anareo.

109- Ary araho izay nambara taminao, ary mihareta mandra-pahatonga ny fitsaran'i Allah fa Izy no Mpitsara mendrika indrindra.

TOKO FAHA:11
SORATRA HODY
(HOUD)
ANDININY:123
NIDINA TAO MAKKAH

Amin'ny anaran'i Allah,ilay be fiantrana,Ilay be Indrafo

01- ALIF,LAM,RA. Ity dia boky voarindra tanteraka ny andian-teniny sy voazava amin'ny antsipiriany, avy amin'ilay be Fahendrena sy Mpahalala ny zava-drehetra.

02- Aoka tsy hanompo afa-tsy Allah ianareo, marina fa Izaho dia mpampitandrina sy mpampilaza vaovao mahafaly avy Aminy ho anareo.

03- Ary aoka hangataka famelan-keloka avy amin'ny Tomponareo ianareo, avy eo mibebaha Aminy. Amin'izany dia hanome anareo fanomezana mendrika sy tsara amin'ny fotoana voafetra izy. Ary hanome ny fahasoavany amin'ny tsirairay mendrika izany izy. Fa raha mitodi-damosina kosa ianareo dia matahotra aho fa hihatra aminareo ny sazy amin'ny Andro lehibe.

04- Any amin'i Allah no fiverenanareo ary izy dia Mahefa ny zava-drehetra.

05- Moa ve izy ireo tsy manidy ny fony hiafenan'izy ireo Aminy. Na dia amin'ny fotoan'izy ireo manarona ny fitafiny, dia mahalala Izy izay afenin'izy ireo sy izay abaribarin'izy ireo. Ary Izy dia tena Mahalala izay rehetra ao am-pò.

06- Ary tsy misy biby eto an-tany afa-tsy any amin' Allah ny anjaram-pivelomany izay fantany ny toerana iainany sy ny toerana hahafatesany. Izany dia voarakitra ao anaty Boky mazava.

07- Ary Izy no nahary ireo lanitra sy ny tany tao anatin'ny enin'andro, ka ny seza fiandrianany tamin'izany dia teo ambonin'ny rano, mba hitsapany anareo fa iza aminareo no tena tsara kokoa. Ary raha miteny ianao hoe:"Tena marina fa ianareo dia hatsangana aorian'ny fahafatesana", dia tena hiteny tokoa ireo izay tsy nino hoe:" Tsy inona akory izany fa majika miharihary".

08- Ary raha ahemotray amin'izy ireo ny sazy mandrapahatongan'ny fotoana voafetra dia tena hiteny Izy ireo hoe:" Inona no mitazona izany?" Ary amin'ny andro hatongavan'izany amin'izy ireo dia tsy voavily hiala amin'izy ireo izany. Ary handrakotra azy ireo izay noesoesoiny.

09- Ary raha ampanandramanay ny olombelona ny fahasoavana avy Aminay, ka esorinay aminy izany, dia indro izy fa diso fanantenana sy tsy mankasitraka.

10-Ary raha ampanandramanay azy ny fahasambarana taorian'ny fahoriana nanjo azy, dia tena hiteny izy hoe:" Nanalavitra ahy ireo ratsy", indro izy fa tena faly sy mirehareha.

11- Afa tsy ireo izay maharitra sy manao ny asa soa. Izy ireny no hahazo famelan-keloka sy valisoa lehibe.

12- Angamba ianao hamela ny ampahany amin'ny fanambarana izay nalefanay taminao, ary nahatsapa tèry ny tratranao noho izany. Satria hiteny izy ireo hoe:" Nahoana tsy harena sarobidy no nampidinina taminy?" Na koa:" Nahoana no tsy tonga niaraka taminy ny Anjely?" Tena marina fa ianao dia mpampitandrina ihany. Ary i Allah no Mpandrindra ny zava-drehetra.

13- Na koa hiteny izy ireo hoe:"Noforonony izany (koroany) izany. Teneno hoe:" Mitondrà àry ianareo toko folo mitovy amin'ity, izay noforoninareo. Ary antsoinareo izay afaka hanampy anareo ankoatr'i Allah raha marina ny teninareo.

14- Raha toa ka tsy namaly anareo izy ireo, dia fantaronareo fa tena nampidinina tamin'ny alàlan'ny fahalalan'i Allah tokoa izany, ary tsy misy zanahary afa-tsy Izy ihany. Ka moa ve manaiky Azy tanteraka ianareo?

15- Ireo izay mila ny fiainana eto an-tany sy ny haingony, dia omenay azy ireo ny valin'asany feno tanteraka fony eto ambonin-tany, ary tsy misy hanalana na dia kely aza ny valisoan'izy ireo.

16- Izy ireny dia tsy manana anjara intsony any ankoatra afa-tsy ny Afobe. Ary rava daholo izay rehetra nataon'izy ireo, zava-poana izay rehetra nataony.

17- Inona no ho tenenina amin'izay miorina amin'ny porofo mazava (koroany) avy amin'ny Tompony ary mamaky izany ny vavolombelona avy Aminy (Anjely Gabriela), nefa talohany (Mohammad) nisy ny bokin'i Mosa ho mpitarika sy ho famindra-po… (no tsara kokoa sa izay tsy miorina amin'ny porofo mazava). Izy ireny no tena mino azy (ny koroany); ary izay tsy mino azy amin'ireo vondron'olona, dia ny Afobe no toeram-pihaonany. Aoka ianao tsy hanana fisalasalana momba azy itony (koroany), izany no fahamarinana avy amin'ny Tomponao; kanefa ny ankamaroan'ny olona tsy mino an'izany.

18- Ary iza no manao ny tsy rariny indrindra mihoatra ny olona mamorona lainga momba i Allah? Izy ireny dia haseho amin'ny Tompony, ka hiteny ireo vavolombelona (Anjely) hoe:" Izy ireo no namorona lainga momba ny Tompon'izy ireo". Hiantefa amin'ireo mpanao ny tsy rariny anie ny ozon'i Allah,

19- Ireo izay manakana ny làlan'i Allah ka mitady ny hamilivily izany, izy ireo dia tsy mpino ny any ankoatra.

20- Izy ireny dia tsy afa- manohitra ny fahefan'i Allah eto an-tany! Ary tsy manana mpiahy izy ireo ankoatran'i Allah. Hampitomboina avo roa heny ny sazin'izy ireo. Ary tsy afa-mandre sady tsy afa-mahita ihany koa izy ireo.

21- Izy ireny no nahafatiantoka ny tenany. Ary nanalavitra azy ireo (ny sampy) izay noforoniny.

22- Tsy isalasalana mihitsy fa izy ireo no tena maty antoka amin'ny fiainana any ankoatra.

23- Marina fa ireo izay nino sy nanao ireo asa soa ary nanetry tena teo anatrehan'ny Tompon'izy ireo, dia izy ireny no olon'ny Paradisa ary hitoetra ao mandrakizay izy ireo.

24- Ny fanoharana natao tamin'ireo vondron'olona anakiroa dia tahaka: ny iray jamba sy marenina ary faharoa mahita sy maheno. Moa ve mitovy ireo fanoharana roa ireo? Moa ve tsy mandini-tena ianareo?

25- Efa nalefanay i Noa tany amin'ny vahoakany:" Tena marina fa izaho dia mpampitandrina miharihary ho anareo,

26- Mba tsy hanompo ianareo afa-tsy Allah irery ihany. Marina fa izaho dia matahotra ho avy aminareo ny sazin'ny andro izay mamirifiry".

27- Ary niteny ireo loholona izay tsy nino tamin'ny vahoakany (vahoakan'i Noa):"Izahay dia tsy mahita afa-tsy olombelona tahaka anay ianao. Ary izahay dia tsy mahita afa-tsy ireo izay olona ambany saranga aminay sady tsy manam-pandinihana akory no manaraka anao, ary Izahay dia tsy mahita fa ambony noho izahay ianareo, mihevitra kosa izahay fa ianareo dia mpandainga.

28- Niteny izy hoe:"Ry vahoakako! Moa ve hitanareo raha manana porofo mazava avy amin'ny Tompoko aho, sy nahazo famindram-po avy Aminy koa aho kanefa tsy teo imasonareo, moa ve ho terenay amin'izany ianareo nefa ianareo dia mankahala an'izany?

29- Oh Ry vahoakako! tsy mangataka harena aminareo aho; tsy amin'iza ny vali-kasasarako afa-tsy amin'i Allah irery ihany.Ary Izaho dia tsy handroaka velively ireo izay nino. Tena marina fa Izy ireo dia hihaona amin'ny Tompony. Nefa izaho dia mahita anareo fa vahoaka tsy mahalala na inona na inona.

30- Oh Ry vahoakako! iza no hanavotra ahy eo anatrehan'i Allah raha mandroaka azy ireo Aho. Moa ve tsy mba mandini-tena ianareo?

31- Ary tsy miteny aminareo Aho fa Izaho no mitantana ireo harenan'i Allah ary tsy mahalala ny miafina, ary tsy miteny aho fa izaho dia Anjely, ary tsy miteny koa aho fa ireo izay nambanimbanian'ny masonareo dia tsy omen'i Allah fahasoavana

mihitsy Izy ireo na oviana na oviana. Allah no tena mahalala izay ao amin'ny tenan'izy ireo. (Raha miteny izany aho) dia tena anisan'ireo mpanao ny tsy rariny.

32- Niteny izy ireo hoe:" Oh Ry Noa! efa niady hevitra taminay ianao, ary dia nampitombo fifandirana taminay ianao. Ka ento aty aminay àry izay nampitandremanao anay raha toa ka marina ny teninao".

33- Dia niteny izy hoe:"Tena marina fa i Allah irery ihany no hitondra izany aminareo raha sitrany, ary ianareo dia tsy afa-manohitra ny fahefany".

34- Ary tsy hitera-bokatsoa ho anareo ny fananarako, na dia mitady hanoro hevitra anareo aza aho, nefa tia hamily làlana anareo i Allah. Izy no Tomponareo, ary any Aminy no hamerenana anareo rehetra.

35- Na koa miteny izy ireo hoe:"Noforoniny izany". Teneno hoe:" Raha noforoniko izany dia hianjera amiko ny heloko ary izaho dia tsy manan-tsiny amin'izay heloka ataonareo.

36- Ary nandefasana Fanambarana i Noa:"Tsy misy hino intsony amin'ny vahoakanao afa-tsy izay efa nino. Ka aoka ianao tsy halahelo amin'izay ataon'izy ireo.

37- Ary manamboara sambo fiara ianao eo imasonay sy araka ny fanambaranay, ary aoka ianao tsy hitaraina amiko intsony mikasika ireo izay nanao ny tsy rariny, tena marina fa izy ireo dia horendrika".

38 Ary dia nanamboatra ny sambo fiara izy. Koa isaky ny mandalo eo aminy ireo loholona tamin'ny vahoakany, dia maneso azy izy ireo. Niteny izy (Noa) hoe:" Raha maneso anay ianareo, dia izahay koa haneso anareo, tahaka anareo maneso anay.

39- Ka ho fantatrareo tsy ho ela fa amin'iza no ho tonga ny famaizana hanala baraka, sy hianjera amin'iza ny famaizana maharitra"!

40- Avy eo, rehefa tonga ny Didinay sy nangotrakotraka ( ny rano) tao amin'ny lafaoro dia niteny Izahay hoe:"Ento ao amin'ny sambo fiara ny biby mpivady isaky ny karazany tsiroaroa sy ny fianakavianao afa-tsy ireo izay efa nihatra taminy ny Teny, ary ireo izay nino". Nefa ireo izay nino niaraka taminy dia vitsy an'isa.

41- Ary niteny izy hoe:" Miakara ao anatiny ianareo. Amin'ny anaran'i Allah no handehanany sy hirosoany. Tena marina fa ny Tompoko dia Mpamela heloka sy be Fiantrana".

42- Ary nisosa nitondra azy ireo teo afovoan'ny onja mitovy amin'ny ahavon'ny tendrombohitra izy. Ary i Noa dia niantso ny zanany lahy, izay nijanona tamin'ny toerana iray mitokana ka nanao hoe:" Ry zanako! miakara aty aminay ianao fa aza miaraka amin'ireo tsy mpino".

43- Namaly izy hoe:" Handeha hialoka amin'ny tendrombohitra iray aho, izay hiaro ahy amin'ny rano". Ary niteny i (Noa) taminy hoe:" Androany dia tsy misy mpiaro afaka manakana ny didin'i Allah afa-tsy izay nomeny famindram-po ihany". Ary nanafotra teo anelanelan'izy roa ny onja, ary izy dia anisan'ireo rendrika.

44- Ary toy izao no voalaza:" Oh Ry tany! tsentsefo ny ranonao, Ary ianao ry lanitra, ajanony amin'izay". Ka Nihemotra ny rano. Fa tanteraka ny didy, ary nipetraka teo

ambonin'ny al-jodii (anaran'ny tendrom-bohitra) ilay sambo fiara, ary nisy niteny hoe: "Enga anie hanjavona avokoa ireo vahoaka mpanao ny tsy rariny!"

45- Ary nitalaho tamin'ny Tompony i Noa ka niteny hoe:"Tompoko o! Tena marina fa ny zanako dia isan'ny fianakaviako ary ny fampanantenanao dia marina tokoa. Ianao no mendrika indrindra amin'ireo mpitsara.

46-Niteny Izy (Allah):" Oh Ry Noa! tsy isan'ny fianakavianao izy satria nanao asa mamparikoriko izy. Aza mangataka amiko intsony ianao amin'izay tsy anananao fahalalana. Mananatra anao Aho mba tsy ho isan'ireo tsy Mahalala".

47- Niteny i Noa hoe:"Tompo o! Mitady fiarovana Aminao aho amin'ny fitalahoako rehetra amin'izay tsy ananako fahalalana. Ary raha tsy mamela ny heloko Ianao sy tsy mamindra fo amiko, dia ho isan'ireo very aho".

48- Ary notenenina izy hoe:"Oh Ry Noa! midina amim-piadananay ianao ary ho anao ny fahasoavanay sy ho an'ireo vahoaka izay miaraka aminao. Ary hisy amin'ireo vahoaka ireo izay omenay hafaliana miserana; avy eo dia hihatra amin'izy ireo ny sazy mamirifiry avy aty Aminay".

49- Izany no vaovao sasantsasan'Ilay Miafina izay ambaranay anao. Tsy nahafantatra izany ianao na ny vahoakanao talohan'izao. Manàna faharetana ianao. Ka ny fiafarana sambatra indrindra, dia ho an'ireo izay manam-pahatahorana.

50- Ary (nalefanay) tamin'ny foko Andy ny rahalahin'izy ireo Hody, izay niteny tamin'izy ireo hoe:"Oh Ry vahoakako! manompoa an'i Allah ianareo. Ary tsy manana zanahary hafa ianareo afa-tsy Izy ihany. Tsy iza akory ianareo afa-tsy mpamoron-dainga.

51- Oh Ry vahoakako! tsy mangataka tambiny aminareo amin'izany aho. Ny tambiny ho ahy dia tsy miankina afa-tsy amin'Ilay nahary ahy ihany, moa ve tsy mba misaina ianareo?

52- Oh Ry vahoakako! mangataha famelan-keloka amin'ny Tomponareo ianareo ary mibebaha Aminy mba handatsahany orana maro avy any an-danitra aminareo,ary hampitombo ny hery izay efa anananareo.

53- Niteny izy ireo hoe:" Oh Ry Hody! tsy nitondra porofo mazava taminay ianao, ary izahay dia tsy vonona hamela ireo sampinay noho ny teninao, ka tsy hino anao izahay.

54- Hany mba hoteneninay aminao kosa dia nampalahelo anao ny ratsy nataon'ny sasany tamin'ireo sampinay". Ka niteny izy hoe:" izaho dia mandray an'i Allah ho vavolombelona, ary aoka ianareo ho vavolombelona koa, satria hamafisina,fa mandà izay atambatrareo Aminy aho.

55- Ankoatra Azy. Ampiasaonareo amiko daholo àry ny tetika, ary aza omenareo fotoana hiandrasana aho.

56- Apetrako amin'i Allah, Ilay Tompoko sy Tomponareo ny fitokisana. Tsy misy zava-manan'aina ka tsy ho eo ambany fahefany. Tena marina fa ny Tompoko dia amin'ny làlana mahitsy.

57- Raha mitodi-damosina kosa ianareo…, dia efa nampitaiko taminareo (ny hafatra) izay nanirahana ahy taminareo. Ary hanolo vahoaka hafa ankoatra anareo ny

Tompoko, ka tsy hahavita na inona na inona,na dia kely Aminy aza ianareo. Tena marina fa ny Tompoko no Mpiambina tsara indrindra ny zava-drehetra.

58- Ary rehefa tonga ny didinay, dia novonjenay i Hody tamin'ny alalan'ny famindram-po avy taminay, sy ireo izay nino niaraka taminy. Ary navotanay tamin'ny sazy henjana izy ireo.

59- Indro ireo (vahoaka) Andy, nandà ireo famantarana avy amin'ny Tompon'izy ireo, tsy nankato ireo Irany fa nanaraka kosa ny didin'ireo mpanefoefo mazan-doha.

60- Ary narahina hozona izy ireo eto ambonin'ny tany sy amin'ny Andro Fitsanganana.Tena marina fa ireo Andy dia tsy nino ny Tompony. Ho ringana tanteraka anie ireo foko Andy izay vahoakan'ny Hody!

61- Ary (nalefanay) tamin'ireo foko Samody, ny ralahin'izy ireo Soalihy, izay niteny hoe:"Oh Ry vahoakako! tompoinareo i Allah. Tsy manana zanahary hafa afa-tsy Izy ihany ianareo. Avy tamin'ny tany no nahariany anareo, ary nataony ho nameno izany (tany) ianareo.Koa mangataha famelan-keloka Aminy àry ianareo, avy eo dia mibebaha Aminy Ihany koa ianareo. Tena marina fa ny Tompoko dia akaiky, ary mamaly lalandava ny hataka.

62- Niteny izy ireo hoe:"Oh Ry Soalihy! taloha ianao dia fanantenana tokoa ho anay. Moa ve raranao izahay hanompo izay efa notompoin'ny Razambenay? Ankehitriny izahay, dia ipetrahan'ny fisalasalana fatratra momba izay iantsoanao anay.

63- Niteny izy hoe:" Oh Ry vahoakako! ahoana ny hevitrareo raha miankina tanteraka amin'ny porofo mazava avy amin'ny Tompoko aho, ary raha misy famindram-po azoko avy Aminy, iza àry no hiaro ahy eo anatrehan'i Allah raha tsy mankato Azy aho? Tsy manao afa-tsy ny mampitombo ny fatiantoko ianareo.

64- Oh Ry vahoakako! ity Rameva vavin'i Allah ity dia nalefany aminareo ho famantarana. Avelaonareo àry izy hihinana eo amin'ny tanin'i Allah, ary aza manao ratsy azy ianareo, raha tsy izany, dia hihatra aminareo tsy ho ela ny sazy!"

65- Novonoin'izy ireo anefa izy (ilay rameva vavy) dia hoy Izy ( i Soalihy) tamin'ny izy ireo:"Mifalia (amin'ny fanananareo) ao amin'ny fonenanareo mandritry ny telo Andro ianareo! Indro ny fampanantenana tsy misy handaingana".

66- Rehefa tonga àry ny didinay (sazy) navotanay i Soalihy sy ireo izay nino niaraka taminy tamin'ny alalan'ny famindram-po avy Aminay, noho ny fahafaham-baraka tamin'io andro io.Tena marina fa ny Tomponao no Ilay Matanjaka ,Ilay Tsitoha .

67- Ary nianjady tamin'ireo mpanao ny tsy rariny ny kiakiaka, ka indro izy ireo maty nitsitsitra tao amin'ny toeram-ponenany avy (noho ny varatra).

68- Tahaka ny tsy niaina tao (eto an-tany) izy ireo. Tsy marina ve fa ireo Samody dia tsy mba nino mihitsy ny Tompon'izy ireo? Tsy azo lazaina ve:" Ho ringana anie ny foko Samody?"

69- Ary efa tonga tamin'i Abrahama (Ibrahim) tokoa ireo Irakay niaraka tamin'ny vaovao mahafaly, ka niteny hoe:"Fiadanana enga anie ho anao!" Namaly koa izy hoe:" Fiadanana koa enga anie ho anareo!" Tsy niandry ela izy dia nitondra zanak'omby voatono.

70-Ary nony hitany fa tsy nikasika izany izy ireo, dia velona ahiahy izy teo anatrehan'izy ireo sady natahotra . Ka niteny izy ireo hoe:"Aza matahotra ianao fa Izahay (Anjely) dia Iraka ho any amin'ny vahoakan 'i Lota ".

71- Nitsangana ny vadiny (vadin'i Abrahama) ary nihomehy, koa nilaza vaovao mahafaly taminy Izahay fa hanan-janaka (lahy) Isaka izy, ary aorian'i Isaka dia i Jakoba.

72- Niteny izy hoe:"Loza izany! Hiteraka ve aho nefa izaho efa antitra ary ny vadiko koa dia efa anti-dahy? Ary tena zava-mahagaga tokoa izany! "

73- Niteny izy ireo hoe:''Moa ve mahagaga anao ny fandaharan'i Allah? Ny famindram-pon'i ALLAH sy ny fahasoavany anie ho aminareo tompon'ity trano ity! Izy no tena mendri-piderana sy mendrika hankalazaina!''

74- Rehefa niala tamin'i Abrahama (Ibrahim) ny tahotra dia tonga taminy ny vaovao mahafaly, dia indro izy nifanakalo-hevitra taminay momba ny vahoakan'i Lota.

75 – ka hamafisina, fa i Abrahama (Ibrahim) dia olon'ny fangorahana, fitalahoana sy fibebahana.

76- Oh Ry Abrahama (Ibrahim) ! avelao any izany; tena marina fa efa tonga ny didin'ny Tomponao, ary hihatra amin'izy ireo ny sazy tsy azo hialàna.

77-Ary raha tonga tamin'i Lota ireo irakay (Anjely), dia nalahelo mafy izy noho izy ireo, sady nahatsiaro henatra lehibe. Ary niteny Izy hoe: "ity àry ilay Andro tena sarotra tokoa".

78- Fa ireo vahoakany kosa, dia tonga nihazakazaka nanatona azy .Ary teo aloha dia nanao asa ratsy izy ireo. Niteny izy (Lota) hoe: "Oh Ry vahoakako! ireto ny zanako vavy: Madio kokoa izy ireo ho anareo. Ka mahatahora an'i Allah àry ianareo, ary aza manala-baraka ahy amin'ireto vahiniko ianareo.Moa ve tsy mba misy lehilahy misaina eto aminareo?"

79- Niteny izy ireo hoe:" Efa fantatrao tsara, fa tsy manan-jo amin'ireo zanakao vavy ireo izahay .Tena marina fa ianao dia mahalala tsara izay tadiavinay".

80- Niteny izy ka nanao hoe: "Raha manana hery hanoherana anareo aho; na koa nahita andry matanjaka iankinana..! "

81- Niteny izy ireo (Anjely) hoe: "Oh Ry Lota! izahay dia tena Irakin'ny Tomponao. Tsy hahatratra anao velively izy ireo .Mandehana ianao miaraka amin'ny fianakavianao amin'ny tapakin'ny fiafaran'ny alina. Aoka tsy hisy hitodika na dia iray aza aminareo. Afa-tsy ny vadinao: Tena marina fa izay hanjo azy ireo dia hanjo azy ihany koa: "Tena marina fa ny fotoana omena azy ireo dia maraina vao mangirandratsy. Moa ve tsy efa akaiky ny maraina vao mangirandratsy?"

82- Ary rehefa tonga ny didinay, dia navadikay (ny tànana) ambony ho ambany, ary narotsakay tahaka ny orana taminy ireo vaingan-tanimanga mahamay mifanesisesy.

83- Nitondra ny famatarana fantatry ny Tomponao. Ary ireo (vaingan-tanimanga) dia tsy lavitra an'ireo mpanao ny tsy rariny.

84- Ary nalefanay tamin'ny foko Madiana, ny rahalahin'izy ireo Shoaibo izay niteny tamin'izy ireo hoe: "Oh Ry vahoakako! tompoinareo i Allah; tsy manana zanahary hafa ankoatra Azy mihitsy ianareo. Aza ahenanareo ny famarana sy ny lanja. Izaho dia mahita,fa ao anatin'ny hasambarana ianareo, nefa matahotra ho anareo aho (raha tsy mino ianareo) ny sazy amin'ny andro izay handrakotra ny rehetra.

85- Oh Ry vahoakako! aoka ataonareo amim-pahamarinana ny fatra sy ny fandanjana, aza ahena ny lanjan'izay tokony ho an'olona, ary aza mampiely asa fanimbana ny tany ianareo.

86- Izay maharitra eo anatrehan'i Allah (ny fananana azo amin'ny rariny na dia kely) no tsara ho anareo raha mpino marina ianareo! Fa izaho kosa dia tsy mpiambina anareo.

87- Niteny izy ireo hoe: "Oh Ry Shoaibo! moa ve ny soalat (ny fivavahanao) no mandidy anao mba hamelanay izay efa notompoin'ireo razambenay, na mibaiko anay amin'izay tianay hatao amin'ireo fanananay? Hamafisina,fa ianao tokoa ilay malemy fanahy sy ilay mahitsy indrinra".

88- Niteny izy hoe: Oh Ry vahoakako! hitanareo ve raha izaho no miankina amin'ny porofo mazava avy amin'ny Tompoko, ary raha manome ahy fanomezana tsara indrindra avy Aminy Izy? ary tsy maniry ny hanohitra anareo velively aho amin'izay nandrarako anareo. Fa ny fanatsarana no tiako hatao araka izay vitako. Ary tsy miankina afa-tsy amin'i Allah ny fahombiazako. Any Aminy no hametrahako ny fitokisako, ary any Aminy ihany koa no hiverenako hibebaka.

89- Oh Ry vahoakako! aoka ny fankahalanareo ahy tsy hitarika anareo ahazo sazy tahaka izay nahazo ny vahoakan'i Noa , ny vahoakan'i Hody na ny vahoakan'i Soalihy,ary ny vahoakan'i Lota dia tsy lavitra anareo (ny ohatra momba izany ).

90- Ary mangataha ny famelan-keloka avy amin'ny Tomponareo ianareo ary mibebaha Aminy. Tena marina,fa ny Tompoko dia be Fiantrana sy be fitiavana".

91- Niteny izy ireo hoe "Oh Ry Shoaibo! tsy mazava aminay ny ankamaroan'ny zavatra izay teneninao; ary tena marina fa ny fahitanay anao dia olona kanosa eo aminay.Raha tsy noho ny foko izay misy anao dia notorahanay vato tokoa ianao. Ary tsy mba manan-danja mihitsy eo anatrehanay ianao.

92- Niteny izy hoe:" Oh Ry vahoakako! moa ve manan-danja kokoa eo imasonareo ny foko izay misy ahy noho i Allah izay itodihanareo lamosina ankarihary? Tena marina fa ny Tompoko dia mahafehy tsara izay rehetra ataonareo.

93- Oh Ry vahoakako! Miasà ianareo araka ny fomba fiasanareo, ary izaho koa dia hiasa (araka ny fomba fiasako), ary ho fantatrareo tsy ho ela amin'iza no hianjera ilay sazy manalabaraka, ary iza (amintsika) no mpandainga. Ary miambena ianareo, fa izaho koa dia hiara hiambina aminareo.

94- Ary rehefa tonga ny didinay, dia navotanay i Shoaibo sy ireo izay nino niaraka taminy, noho ny famindram-po avy taminay. Ary nianjady tamin'ireo mpanao ny tsy rariny ny Hiakiaka, ka indro izy ireo maty nitsitsitra tao amin'ny toeram-ponenany avy.

95- Tahaka ny tsy niaina teto (an-tany) izy ireo. Ho ringana anie ireo vahoaka Madiana, tahaka ny nandringanana ireo foko Samody.

96- Ary efa nalefanay i Mosesy (Mosa) niaraka tamin'ireo fahagagana sy fahefana miharihary avy taminay,

97- Ho any amin'ny Faraona sy ireo loholony. Nefa nanaraka ny baikon'i Faraona izy ireo. Ny baikon'i Faraona anefa dia tsy manaraka ny fahamarinana.

98- Hialoha ny vahoakany izy amin'ny Andro fitsanganana. Ho entiny hiditra ao amin'ny Afobe izy ireo. Ary tena ratsy tokoa izany fidirana izany!

99- Ary arahina hozona eto an-tany izy ireo sy amin'ny Andro fitsanganana. Ary tena ratsy tokoa izany fanomezana izany.

100- Izany dia anisan'ny vaovaon' ireo tanàna, izay tantarainay aminao ny momba azy ireo. Ny sasany amin'izy ireo dia mbola mitsangana, fa ireo sasany kosa dia efa rava.

101-Ary tsy nanao ny tsy rariny tamin'izy ireo izahay, fa izy ireo kosa no nanao ny tsy rariny tamin'ny tenany.Ny sampin'izy ireo izay nitalahoany ankoatr'i Allah dia tsy nahavita na inona na inona tamin'izy ireo na dia kely aza. Rehefa tonga ny baikon'ny Tomponao (famaizana) dia tsy nanao afa-tsy izay nampitombo ny fatiantoka ho azy ireo ihany.

102-Tahaka izany ny hamafin'ny sazin'ny Tomponao raha mikapoka ireo Tanàna mpanao ny tsy rariny Izy.  Ny saziny dia tena mamirifiry sy henjana tokoa.

103-Tena marina fa izany dia famantarana ho an'izay matahotra ny famaizana any an-koatra.Izany no Andro hamoriana ireo olona, ary andro manetriketrika hijoroan'ny rehetra vavolombelona.

104- Ary Izahay dia tsy hanemotra izany raha tsy amin'ny fotoana tena voafetra.

105- Ary amin'ny Andro hahatongavan'izany dia tsy misy na dia iray aza afaka hiteny raha tsy amin'ny alalany (Allah), ka hisy amin'izy ireo no ho ory, sy ho sambatra.

106- Ka ireo izay ory dia ho ao amin'ny afo-be, ka hisento sy hidradradradra an-dranomaso ao izy ireo.

107- Ka hipetraka ao mandrakizay izy ireo, raha mbola maharitra ihany koa ireo lanitra sy ny tany, raha tsy manana fanapahan-kevitra hafa ny Tomponao. Tena marina fa ny Tomponao dia manantanteraka izay tiany hatao.

108- Fa ireo izay sambatra kosa dia ho ao amin'ny paradisa, ka hipetraka ao mandrakizay izy ireo, raha mbola maharitra koa ireo lanitra sy ny tany, raha tsy manana fanapahan-kevitra hafa ny Tomponao. Izany no fanomezana tsy manam-pahataperana.

109-Ary aoka tsy hisalasala momba izay tompoin'izy ireo ianao. Tsy manompo izy ireo afa-tsy tahak'izay notompoin'ireo razambeny teo aloha. Ary homenay azy ireo tsy hisy hanalana na dia kely aza ny anjaran'izy ireo manontolo amin'izany.

110- Ary efa nomenay an'i Mosesy (Mosa) ilay Boky, tsy nitovy hevitra momba izany izy ireo. Raha tsy efa nisy didy mialoha avy tamin'i Tomponao, dia efa nisy

fanampahan-kevitra norasina momba azy ireo. Ary tena marina fa feno fisalasalana momba izany tokoa izy ireo.

111-Tena marina, fa ny Tomponao dia hanome valin'asa feno ny tsirairay amin'izay nataon'izy ireo; satria ,dia tena mahalala ny asa izay nataon'izy ireo Izy.

112-Mifikira amin'ny lalana mahitsy ianao, tahaka izay nandidiana anao sy izay nibebaka niaraka taminao.Ary aza mihoa-pefy ianareo. Satria Izy dia tena mahita izay ataonareo.

113-Ary aoka tsy hirona amin'ireo mpanao ny tsy rariny ianareo: Raha tsy izany dia ho azon'ny Afo koa ianareo. Satria tsy manana mpiahy ivelan'ny Allah ianareo. Ka tsy ho voavonjy ianareo.

114- Ary tanteraho ny soalat (Vavaka) amin'ny fiantombohan'ny andro sy ny fiafarany, ary amin'ny ampaham-potoana amin'ny alina.Tena marina fa ireo asa soa dia mamafa ireo asa ratsy. Izany,dia Fampahatsiahivana ho an'ireo olona mpandinika.

115- Ary manàna faharetana ianao. Fa i Allah dia tena tsy hamela ho very ny valisoan'ireo mpanao asa soa.

116- Raha mba nisy mantsy tamin'ireo razambe talohanareo,olona mendrika ka nandrara ny fanimbana teto an-tany! Nefa indrisy mantsy! Afa-tsy ny vitsy an'isa tamin'ireo izay navotanay ihany. Fa ireo izay nanao ny tsy rariny,dia mikiry amin'ny fanarahana ny asa ratsy tafahoatra izay niainany sady mpanao heloka bevava tokoa izy ireo.

117- Ary ny Tomponao,dia tsy handrava amin'ny tsy rariny ireo tanàna raha mbola misy mponina miezaka manarina ny ratsy ao aminy.

118- Ary raha sitraky ny Tomponao,dia nataony ho vahoaka iray mitovy tarigetra ihany ny olona rehetra. Nefa tsy mijanona amin'ny tsy fifanarahana tokoa izy ireo,

119- Afa-tsy ireo izay nomen'ny Tomponao famindram-po ihany. Satria izany no nohariany azy ireo. Ary tanteraka tokoa ny tenin'ny Tomponao,hoe: "Hamafisina, fa ho fenoiko Jiny (tsiny) sy olombelona miaraka avokoa ao anatin'ny Afo-be".

120-Ary izay rehetra notatarainay taminao mikasika ny tantaran'ireo Iraka, dia ny hanamafisanay ny fonao. Ary avy tamin'izany no nahatongavan'ny fahamarinana (Ny Kor'any) sy anatra ary fampahatsiarovana taminao ho an'ireo mpino.

121-Ary Lazao amin'ireo izay tsy mino hoe: "Miasa ianareo araka izay vitanareo,fa izahay kosa dia hiasa araka izay vitanay".

122-Ary miandrasa ianareo. Fa izahay,dia hiandry ihany koa !

123-Ary an'i Allah ny fahafantarana ny zava-miafina ao amin'ireo lanitra sy ny tany. Ary any Aminy no hiverenan'ny didy manontolo. Tompoy àry Izy, ka apetraho Aminy ny fitokisanao. Fa ny tomponao,dia tsy variana amin'izay ataonareo.

TOKO FAHA:12
SORATRA JOSEFA
(YOUSOUF)
ANDININY:111
NIDINA TAO MAKKAH

Amin’ny anaran’i Allah, ilay be fiantrana,ilay be Indrafo

1- ALIF- LAM-RA, indro ireo andininy amin’ilay Bokin’ny fahazavana.

2- Tena marina fa nampidininay taminy ny koroany taminy fiteny arabo, angamba hisaina ianareo.

3- Tantarainay aminao ny tantara tsara indrindra noho ny fanambarana izay ataonay aminao ao anatin' ity Koro'any ity na dia isan’ireo tsy mahalala izany aza ianao teo aloha.

4- Raha niteny tamin’ny rainy i Josefa hoe: “O! Ry dada, nahita (tamin’ny nofy) ny kintana iraika ambiny folo, ary koa ny masoandro sy ny volana aho, nahita azy ireo aho niankohoka teo anatrehako.”

5- Niteny izy hoe: O! Ry zanako, aza tantaraina amin’ireo rahalahinao ny nofinao, fa hanao teti-dratsy aminao izy ireo; tena marina fa i satana dia fahavalo miharihary ho an’ ny olombelona.

6- Ary tahaka izany ny Tomponao dia hisafidy anao sy hampianatra anao ny fandikana nofy, ary ho tanterahiny aminao sy amin’ny fianakavian’i Jakoba ny fanasoavany tahaka ny nanatanterahany izany tamin’ireo razambenao roa teo aloha dia Ibrahimo sy Isaka. Tena marina fa ny Tomponao be Fahalalàna sy be Fahendrena.

7- Ary tena misy anatra fakahan-tahaka ho an’ ireo mpanontany ny momba an’i Josefa sy ireo rahalahiny.

8- Raha niteny izy ireo (rahalahin’i Yosofa) hoe:“Yosofa(Josefa) sy rahalahiny (Benjamina) tena tian’ny rainay kokoa noho izahay , nefa dia vondron’olona matanjaka izahay. Marina fa ny rainay dia tena ao anatin’ny fahadisoana miharihary.

9- Vonoinareo i Yosofa na halavirinareo any amin’ny tany hafa izy, amin’izay dia hitodika manokana aminareo ny tavan’ny rainareo, ary hahatonga anareo ho olona mpanao asa soa any aoriana.

10- Niteny ny iray tamin’izy ireo hoe: “Aza vonoinareo i Yosofa, fa atsipazonareo ao anatin’ny lava-drano (vovo)izy , mba ho raisin’ny sasany amin’ireo mpandalo, raha vonona hanao izany ianareo”.

11- Niteny izy ireo hoe:”O!Ry dadanay o! inona no mahatonga anao tsy matoky anaymomba an’i Yosofa? Fa izahay anie dia tena madio fo aminy.

12- Ka alefaso miaraka aminay izy rahampitso hitsangatsangana sy hilalao. Fa izahay dia vonona hitandrina azy”.

13- Niteny izy hoe:”Tena marina, fa malahelo aho amin’ny hitondranareo azy, ary matahotra aho sao dia holanin’ny amboadia izy amin’ny fotoana mahavariana anareo.

14- Niteny izy ireo hoe:” Raha sanatria ka holanin’ny amboadia tokoa izy, nefa izahay maro, tena fatiantoka ho anay izany.

15- Raha nentin’ireo izy, dia nifanaraka izy ireo fa hamarina azy ao anatin’ny lava-drano lalina , dia nandefa fanambarana taminy Izahay:” Dia mbola hampahafantarinao azy ireo tokoa izao zavatra (nataon’izy ireo) izao, kanefa tsy tsapan’izy ireo izany”.

16- Tonga tany amin’ny rainy izy ireo ny alina sady mitomany.

17- Niteny izy ireo hoe: O! Ry dadanay o! nandeha nifaninana nihazakazaka izahay, ka navelanay teo akaikin’ny entanay i Yosofa, ka nohanin’ny amboadia izy. Ary tsy hino anay velively ianao, na dia milaza ny marina aza izahay.”

18- Nentin’izy ireo ny akanjony mihosi-drà lainga. Niteny izy hoe: “Ny fanahy ratsinareo no nanosika anareo hanao tetika… ka tsy misy azoko atao afa-tsy ny faharetana tsara! Ary Allah no hangatahana vonjy amin’izay notantarainareo!”

19- Ary indro tonga ny andian’ny mpandeha! ka nandefa mpaka ranony izy ireo, ka nandatsaka ny sininy izy tao anatin’ny lava-drano. Niteny izy hoe: “Vaovao tsara ity! Indro zaza lahy kely iray! “Ary nafenin’izy ireo izy (mba hamidy) atao entam-barotra. Allah dia Mahafantatra tsara izay ataon’izy ireo.

20- Ka namidin’izy ireo tamin’ny vidiny mora be tamin’ny sandam-bola dirham vitsivitsy. Ary nasian’izy ireo lanjany mihitsy izy.

21- Ary niteny tamin’ny vadiny ilay nividy azy tao Egypte dia nanao hoe:” Karakarao any tsara ny momba azy. Mety ahazoantsika tombotsoa izy na hatsangantsika ho zanaka”. Ary tahaka izany no nanamafisanay orina an’i Yosofa tao amin’ny Tanàna, ary nampianarinay azy ny fandikana ny nofy. Ary Allah dia Tompon’ny fahefana amin’ny Didiny, kanefa ny akamaroan’ny olombelona dia tsy mahafantatra an’izany.

22- Rehefa tonga ny fahamatoran-tsainy dia nomenay azy ny fahendrena sy ny fahalalana. Tahaka izany no hamalianay ireo mpanao asa soa.

23- Ary ilay vehivavy (Zoulaikhah) izay nandray tao an-tranony dia niezaka nanangoly azy. Ary nanidy tsara ireo varavarana izy ka niteny hoe:” Avia, (ity aho vonona ho anao )!”-Niteny izy hoe:”I Allah anie hiaro ahy! Tena marina fa Izy no Tompoko izay nanatsara ny fialofako”. Marina fa tsy hahita fahombiazana ireo mpanao ny tsy rariny.

24- Ary naniry mafy azy (an’i yosofa) izy (ilay vehivavy). Ary ho naniry azy koa izy (yosofa), raha tsy nahita porofo miharihary tamin’ny Tompony. Tahaka izany no nampihatahinay taminy ny ratsy sy ny asa vetaveta. Marina fa izy dia anisan’ireo mpanomponay voafidy.

25- Ary samy nihazakazaka izy roa nanatona ny varavarana, ary norovitiny ny fitafian’i Yosofa avy ao aoriana. Ary izy roa dia nahita ny vadiny (vadin’ilay ravehivavy) teo am-baravarana. Niteny izy (ilay vehivavy) hoe:“Inona no valin’izay maika hanao ratsy amin’ny fianakavianao afa-tsy ho gadraina na omena sazy mangirifiry?

26- Niteny i Yosofa hoe:”Izy ho nitady hanangoly ahy”. Ary nisy nitsangana ho vavolombelona ny iray tamin’ireo fianakaviany(ilay vehivavy), ka nanao hoe:” Raha ny fitafiny no rovitra avy aty anoloana, dia marina ny an’ilay vehivavy ary I Yosofa dia anisan’ireo mpandainga .

27- Fa raha kosa ny fitafiny no rovitra avy aty aorina, dia ilay vehivavy no mpandainga ary izy (Youssouf) kosa dia anisan'ireo milaza ny marina.

28- Rehefa nahita ny fitafiny rovitra avy aoriana izy(ilay vadinyAl-Anziz) dia niteny izy hoe:"Tena marina fa izany dia anisan'ny teti-ratsinareo vehivavy! Marina fa ny tetikareo dia tena lalina!

29- Yosofa, aza mieritreritra izany intsony ianao! Ary ianao, (ravehivavy) mangataha famelan-keloka noho ny fahotanao, marina fa ianao dia anisan'ireo mpanao hadisoana ianao".

30- Ary niteny ireo vehivavy teo amin'ny Tanàna hoe:"Ny vadin'ny mpanjaka Al-Anziz dia niezaka nanangoly ny mpanompony lahy! Ary tena adalam-pitiavana taminy izy.Tena hitanay fa tao anatin'ny fahaverezana miharihary izy".

31- ka rehefa naheno ny fifosana nataon'izy ireo izy, dia nandefa fanasana tamin'izy ireo izy,ka nanomana sakafo maivana ho azy ireo izy, ary notolorany antsy tsirairay avy izy ireo. Ary niteny izy (vadin'ny mpanjaka ) hoe:" Mivoaha mankany amin'izy ireo ianao(Yosofa)!" Noho nahita azy izy ireo, dia tolanjona taminy,ka nandidy ny tànany izy ireo:" Ary niteny hoe:"Ny fahadiovana anie ho an'i Allah! Ity dia tsy mba olombelona, tsy inona izy io fa anjely mihaja!"

32- Niteny izy hoe:" Io àry ilay nanomezanareo tsiny ahy. Tena niezaka tokoa aho nanangoly azy, fa niaro tena mafy izy. Raha tsy nanao izay nandidiako azy izy , dia tena hogadraina ary ho isan'ireo afa-baraka.

33- Niteny i Yosofa hoe:" O! ry Tompoko, ny fonja no tiako kokoa noho izay hiantsoan'izy ireo ahy. Raha tsy mampihataka amiko ny teti-dratsin'izy ireo Ianao, dia hirona amin'izy ireo aho,ary ho an'isan'ireo tsy Mahalala(mpanota) aho".

34- Ka namaly ny antsony ny Tompony ary nampiatahiny taminy ny teti-dratsin'izy ireo.Tena marina fa Izy tokoa Ilay Maheno sy Ilay Mahalala ny zava-drehetra.

35- Ary rehefa hitan'izy ireo niseho miharihary ireo porofo(amin'ny maha tsy manantsiny azy )dia nihevitra ihany izy ireo ny hampigadrana azy mandritry ny fotoana fohy.

36- Niaraka niditra taminy tao am-ponja ny mpanompo lahy anankiroa. Ny anankiray tamin'izy ireo dia niteny hoe:" Nahita ny tenako tamin'ny nofy aho fa namotsipotsitra(voaloboka) atao toaka; ny iray hafa kosa dia niteny hoe:" Izaho dia nahita ny tenako fa miloloha mofo izay nohanin'ireo vorona manidina. Azavao aminay ny dikan'ireo nofinay ireo. Tena marina fa izahay dia mahita anao fa isan'ireo mpanao soa".

37- "Mbola tsy tonga eo aminareo akory ny sakafo izay omena anareo, hoy izy,dia ho ambarako aminareo sahady ny dikan'ireo nofy ireo mialoha ny fahatongavan'ny sakafo aminareo roa. Izany dia anisan'izay nampianarin'ny Tompoko ahy .Marina fa izaho dia namela ny finoan'ny vahoaka izay tsy mino an'i Allah sy manda ny fisian'ny fiainana any ankoatra".

38- Ary izaho dia nanaraka ny finoan'ireo razambeko Ibrahamo, Isaka sy i Jakoba. Izahay dia tsy mendrika hampikambana an'i Allah na amin'inona na amin'inona. Izany dia isan'ny fahasoavana nomen'i Allah anay sy ny olombelona rehetra; nefa kosa ny ankamaroan'ny olombelona dia tsy mahay mankasitraka.

39- O! ianareo roalahy namako ato am-ponja! Moa ve tompo maro misarasaraka no tsara indrindra sa Allah ilay Tokana, ilay Mpifehy ambony indrindra?

40- Ianareo dia tsy manompo ankoatra Azy, afa-tsy ireo anarana izay noforoninareo sy ny razambenareo, izay tsy nampidinan'i Allah porofo. Tsy an'iza ny fahefana afa-tsy an' Allah irery ihany. Nandidy anareo izy tsy hanompoafa-tsy Izy ihany.Izany no finoana mahitsy; nefa ny ankamaroan'ny olombelona dia tsy mahafantatra.

41- Ô! Ianareo roalahy namako ato am-ponja! Ny iray aminareo dia hampisotro divay (toaka) ny tompony, ny anankiray aminareo kosa dia ho fantsihana ( amin'ny hazo fijaliana) ary ireo vorona dia hihinana ny lohany , efa tontosa izany ny raharaha izay nanontanianareo roalahy aho".

42- Ary izy dia niteny tamin'ilay anankiray tamin'izy roa izay nihevitra fa ho afaka hoe: " Tsiahivo aho eo anatrehan'ny Tomponao".Nefa ny satana dia nampanadino azy, ny filazana momban'I Josefa tamin'ny Tompony.  ka dia nijanona tao am-ponja nandritra ny taona vitsivitsy i yosofa.

43- Ary niteny ny mpanjaka hoe :" Tena marina ,fa izaho dia nahita tamin'ny nofy omby vavy matavy fito , nohanin'ny omby vavy mahia fito, sy salohy maitso fito ary salohy maina hafa mitovy isa amin'izany .O! ianareo loholona (mpanolo-tsaina) mba omeo fanazavana an'io fahitako  aho, raha toa ka hainareo ny mandika ny nofy".

44- Niteny izy ireo hoe:"izany dia nofy maromaro fangaro! Ary izahay dia tsy mahay mandika ny nofy !"

45- Ary niteny ny iray tamin'izy roalahy afaka tao am-ponja taorian'ny fotoana fohy nahatsiarovany: "Omeko anareo ny dikany ka alefaso àry aho".

46- "O! ry Yosofa, ianao ilay olona marina! Hazavao aminay ny momba'ny omby vavy matavy fito nohanin'ny omby vavy mahia fito, sy salohin-java-maniry maitso fito ary salohin-java-maniry maina hafa mitovy isa aminy, mba hiverenako amin'ireo olona, angamba hahafantatra ny dikan'izany nofy izany izy ireo".

47- Niteny izy (Josefa) hoe: "Aoka hamboly mandritry ny fito taona misesy ianareo.Izay rehetra voanjijanareo dia avelao amin'ny salohiny, afa-tsy izay kelikely  hohaninareo.

48- Ary manaraka izany dia hisy fito taonan'ny hain-tany sy ny mosary ihinananareo izay nangoninareo afa-tsy ireo kelikely ataonareo voa  famafy.

49- Ary avy eo, dia hisy taona iray hamonjena ny olona (amin'ny alalan'ny orana ) ka handeha izy ireo eny amin'ny famiazam-boankazo.

50- Ary niteny ilay mpanjaka hoe : "Ento aty amiko izy". Nony tonga teo aminy ny iraka dia niteny I Yosofa hoe :" Miverena any amin'ny Tomponao ianao ka hanontanio azy , ahoana ny momba ireo vehivavy nandidy ny tanany (izy ireo)? Marina fa ny Tompoko dia mahalala tanteraka ny teti-dratsin'izy ireo".

51- Niteny tamin'izy ireo ilay mpanjaka hoe: "Inona àry no nahatonga anareo niezaka nanangoly tenan'i Yusuf ?" Fahadiovana anie ho an'i Allah hoy izy ireo! izahay dia tsy misy eritreri-dratsy ho azy". Niteny ilay vadin'ny mpanjaka Al-Anziz hoe: "ankehitriny dia miseho ankarihary ny marina. Izaho dia tena nitsiriritra ny tenany, ary tena marina fa izy dia anisan'ireo olona marina!"

52- Izany dia mba hahafantarany (vadiko) fa tsy namadika azy aho nandritry ny tsy nahateo azy, ary marina fa Allah dia tsy mitari-dàlana ny tetik'ireo mpamadika.

53- Tsy manadio ny tenako aho; fa ny fanahy dia tena mandrisika amin'ny fanaovan-dratsy tokoa, raha tsy noho ny indrafon'ny Tompoko (miaro ahy amin'ny fahotana). Marina fa ny Tompoko dia be Famelan-keloka sy be Fiantrana.

54- Ary niteny ilay Mpanjaka hoe: "Ento aty amiko Izy: atokako ho ahy samy irery Izy". Ary rehefa niteny taminy Izy, dia nanao hoe: "Tena marina fa ianao, manomboka androany dia akaiky anay, hanana fahefana feno sy fitokisana".

55- Niteny Yosofa (Josefa) hoe:"Ataovy ho mpitantana ny toe-karena (ny entana) eto an-tanàna. Marina fa izaho dia mpiambina mendrika sy Mpahalala".

56- Tahaka izany no nanamafisanay (fahefana) an'i Yosofa (Josefa) amin'io faritra io ary nipetraka tao izy araka izay tiany, Omenay ny Famindran-ponay izay sitrakay ary tsy ho avelanay ho very ny valin'asan'ireo Mpanao soa.

57- Ary ny valisoa any ankoatra no mendrika indrindra ho an'ireo izay nino sy nanam-patahorana.

58- Ary tonga ireo rahalahin'i Yosofa (Josefa) ka niditra tao aminy. Nahafantatra azy ireo izy, fa izy ireo kosa dia tsy nahafantatra azy.

59- Ary rehefa nanome tahirin-tsakafo voahomana ho azy ireo izy, dia niteny hoe:" Ento aty amiko ny rahalahinareo anankiray avy amin'ny rainareo. Moa ve tsy hitanareo fa izaho no nanome anareo fatra feno tsara, ary izaho no mendrika indrindra amin'ireo mpampian-trano?

60- Raha tsy entinareo mankaty amiko izy, dia tsy hisy tahirin-tsakafonareo intsony aty amiko  Ary aza manatona ahy mihitsy".

61- Niteny izy ireo hoe:"Hiezaka izahay handresy lahatra ny rainy, ary tena hataonay tokoa izany.

62- Ary niteny izy tamin'ireo mpanompony: "Averenonareo any amin'ny kitapon'izy ireo ny entany: angamba ho fantatr'izy ireo izany rehefa tafaverina any amin'ny fianakaviany izy ireo, angamba hiverena indray izy ireo".

63- Ary nony tafaverina tany amin'ny rainy izy ireo, dia niteny hoe:"O! Ry Dadanay o! Tsy hahazo tahirin-tsakafo intsony izahay (amin'ny manaraka) ka alefaso miaraka aminay ny rahalahinay mba hahazoanay vatsy, ary izahay dia tena hiaro azy tsara.

64- Niteny Izy (rain'izy ireo) hoe:"Moa va hatoky anareo indray aho, tahaka ny fahatokisako anareo tamin'ny rahalahiny teo aloha? Nefa Allah no Mpiaro mendrika indrindra, ary Izy no tena be Indrafo amin'ireo Mpamindra-fo.

65- Ary rehefa nanokatra ny kitapony izy ireo, dia hitan'izy ireo tao fa naverina tamin'izy ireo ny entany. Niteny izy ireo hoe:"O!Ry dadanay o! Inona indray no tadiavintsika? Fa indro naverina amintsika ny entantsika, ka afaka hamatsy ny fianakaviana isika, koa hanaramaso akaiky ny rahalahinay izahay,ary hampianay iray hafa indray ny entan'ny rameva. Izany dia mora amin'ny fahazoana entana.

66- Niteny Yakoba (Jakoba) hoe:"Tsy handefa azy miaraka aminareo mihitsy aho mandra-panomezanareo ahy ny fifanekena entitra amin'ny anaran'i Allah fa hitondra azy hiverina aty amiko ianareo, raha tsy hoe voasakana ianareo". Rehefa nanome ny fifanekena taminy izy ireo dia niteny izy (Yakoba) hoe:" Allah no Mpiantoka amin'izay tenenintsika".

67- Ary niteny izy(Yakoba) hoe:“O! Ry zanako, aza miditra amin’ny varavarana tokana ianareo fa midira amin’ny varavarana maro samy hafa.Tsy misy zavatra vitako aminareo na dia kely aza eo anatrehan’ny sitrapon’i Allah.. Tsy misy fanapan-kevitra afa-tsy an’i Allah: ary any Aminy no hametrahako ny fitokisako. Ary aoka hametraka fitokisana Aminy ireo mpametraka ny fitokisana”.

68- Ary rehefa niditra izy ireo araka ny nandidian’ny rainy azy ireo, dia tsy nahavita na inona na inona manoloana izany izy ireo teo anatrehan’ny didin’i Allah, fahamalinana fotsiny ihany no niheverin’i Yakoba izany hafatra izany. Tena marina fa izy dia manam-pahalalana feno amin’izay nampianarinay azy. Nefa ny ankamaroan’ny olona dia tsy mahalala.

69- Raha niditra tao amin’ny Yosofa (Josefa) izy ireo, dia notazoniny teo aminy ny rahalahiny sady niteny izy hoe:”Rahalahinao aho, koa aza malahelo amin’izay nataon’izy ireo ianao”.

70- Rehefa avy nanome tahirin-tsakafon’izy ireo izy, dia nataony tao anatin’ny kitapon’ireo rahalahiny ny kaopy. Dia nisy mpiantso nanao hoe:“O ianareo mpandeha! mpangalatra ianareo”.

71- Nitodika izy ireo sady niteny hoe: “Inona no tadiavinareo?”

72- Niteny izy ireo hoe: “Mitady ny kaopy lehibe an’i mpanjaka izahay. Izay mahita azy, dia hahazo valisoa entana zakan’ny rameva anankiray. Ary izaho no mpiantoka amin’ izany”.

73- Niteny izy ireo hoe:“Mianiana amin’i Allah! fantatrareo tsara fa tsy tonga handoto ity faritra ity izahay ary tsy mpangalatra”.

74- Niteny izy ireo hoe: “Inona àry no saziny raha mpandainga ianareo?”.

75- Niteny izy ireo: “Ny sazy, izay ahitana ilay kaopy ao amin’ny entany, dia ny tenany ihany (hatao andevo izy).Tahaka izany no hanasazianay ireo mpanao ny rariny”.

76- Nanomboka nisava kitapon’ireo hafa izy(Yosofa) mialohan’ny hisavany ny kitapon’ny rahalahiny; avy eo dia navoakany izany avy tao anatin’ny kitapon’ny rahalahiny.Ary tahaka izany no nanoroanay hevitra an’i Yosofa (Josefa), satria tsy afaka hisambotra ny rahalahiny izy, araka ny lalànan’ny mpanjaka, raha tsy hoe,izany no sitrak’i Allah.Izahay no mampiakatra amin’ny laharana ambony izay sitrakay. Ary misy manam-pahaizana hatrany ambon’izay olona manam-pahalalana.

77- Niteny Izy Ireo hoe:“Raha mangalatra izy dia efa nangalatra ihany koa ny ralahiny teo aloha. Fa nafenin’i Yosofa (Josefa) tamin’ny tenany ihany izany (teny Izany), ka tsy navoakany azy ireo”. Niteny izy hoe:”Ianareo no tena ratsy toerana indrindra! Fa i Allah no tena Mahalala izay tanisainareo”.

78- Niteny izy ireo hoe:” O! Ry manam-boninahitra hajaina; manan-dray tena antitra izy, koa tazony amin’ny toerany ny iray aminay.Tena hitanay fa anisan’ny mpanao soa ianao”.

79- Miaro anay anie i Allah amin’ny fakana olona hafa ankoatr’izay nahitanay ny fananany! Raha tsy izany dia tena mpanao ny tsy rariny izahay.

80- Rehefa very fanantenana hitondra (an'i Bejamina hody) izy Ireo, dia nifampidinika mangina. Niteny ny lahimatoa tamin'izy ireo hoe: "Moa ve tsy fantatrareo fa efa nanao fifanekena amin'ny anaran'i Allah taminareo ny rainareo ary ianareo efa tsy nahantanteraka izany taloha mikasika an'i Yosofa (Josefa)? Tsy hiala amin'ity faritra ity mihitsy aho mandra-pahamelan'i raiko ahy na mandra-pitsaran'i Allah ahy. Ary Izy no Mendrika indrindra amin'ireo mpitsara.

81- Miverena any amin'ny rainareo ianareo ary teneno hoe:"O! Ry Dadanay! Nangalatra ny zanakao. Izahay dia tsy mitsangana ho vavolombelona afa-tsy amin'izay fantatray. Fa izahay dia tsy mahalala mihitsy ny zava-miafina.

82- Ary hanontanio ny olona tao amin'ny tanàna izay nisy anay (Egypta), ary koa ny andian'ny mpandeha niaraka tonga taminay. Izahay dia tena miteny ny marina".

83- Niteny izy hoe:"Ny fanahy ratsinareo no nanosika anareo nanao tetika... Ka (tsy misy azoko atao afa-tsy) ny faharetana tsara. Angamba Allah dia hamerina amiko izy roa. Marina fa izy tena Mahalala sy be Fahendrena".

84- Ary nitodika nandao azy ireo izy ka niteny hoe: "Tena lehibe tokoa izany alaheloko amin'i Yosofa (Josefa) izany!" ary nahafotsy ny masony ny alahelo.Tena vonton'alahelo tokoa izy.

85- Niteny izy ireo hoe: "Mianiana amin'i Allah! Fa ianao dia tsy hijanona ahatsiaro an'i Yosofa (Josefa) mandra-paharerakao na mandra-pahafatinao.

86- Niteny izy hoe: "Tena marina fa izaho dia mitaraina sy miampanga ny fahoriako sy ny alaheloko amin'i Allah. Ary izaho dia mahafantatra avy amin' i Allah izay tsy fantatrareo.

87- O Ry zanako, mandehana ianareo,ka tadiavinareo i Yosofa sy ny rahalahiny. Ary aza kivy amin'ny famindram-pon'i Allah. Fa ireo vahoaka tsy Mpino ihany no mora kivy amin'ny famindram-pon'i Allah.

88- Ary nony niditra tao aminy Yosofa (Josefa) izy ireo dia niteny hoe:"O! ry manam-boninahitra hajaina, tratry ny mosary izahay sy ny fianakavinay; ka tonga izahay miaraka amin'ny entam-barotra tsy dia misy vidiny loatra. Omeo fatra feno izahay ary miantrà anay ianao. Tena marina fa i Allah dia manome valisoa an'ireo mpiantra!"

89- Niteny Izy: "Moa ve fantatrareo ny zavatra nataonareo tamin'i Yosofa (Josefa) sy ny rahalahiny. nefa ianareo tsy mahalala izany?"

90- Niteny izy ireo hoe: "Moa va ianao... marina, fa ianao tokoa Yosofa (Josefa)!" Niteny izy hoe:"Izaho tokoa i Yosofa (Josefa) ary ity ny rahalahiko. Marina fa nasoavin'i Allah izahay. Na Iza na iza manam-patahorana sy manam-paharetana... ary tena marina fa tsy avelan'i Allah ho very ny valisoan'ireo mpanao soa".

91- Niteny izy ireo hoe: "Mianiana amin'i Allah! Tena marina,fa notiavin'i Allah mihoatra anay ianao ary diso tokoa izahay".

92- Niteny izy hoe:"Tsy misy fanakianana anareo androany! hamela ny helokareo anie i Allah ary Izy,ilay Mpamindra-fo indrindra amin'ireo mpamindra-fo.

93- Entonareo ity fitafiako ity ary apetahonareo amin'ny tavan'i raiko dia hahiratra avy hatrany izy. Ary ento mankaty amiko avokoa ny fianakavinareo rehetra".

94- Raha vao tafavoaka ny sisin-tany (kanana) ny andian'ny mpandeha, Niteny ny rain'izy ireo hoe: “Marina fa Izaho dia maheno ny fofon'i Yosofa (Josefa) na dia teneninareo fa miredireedy aho”.
95- Niteny izy ireo hoe: “Mianiana amin'i Allah fa indro indray ianao dia miverina amin'ny fahaverezanao taloha”.

96- Rehefa tonga ilay mpitondra vaovao mahafaly dia napetany tamin'ny tavan'ny Yakoba (Jakoba) ilay fitafiana. Avy hatrany dia nahiratra izy, sy niteny hoe: “Moa ve tsy efa nolazaiko taminareo fa izaho dia mahazo fahalalana avy amin'i Allah, izay tsy fantatrareo?”.

97- Niteny Izy ireo hoe: “O! ry dadanay, mitalahoa ho anay ny famelana ireo helokay, fa izahay dia tena diso tokoa”.

98- Niteny izy hoe: “Izaho dia hitalaho amin'ny Tompoko ny famelana ny helokareo satria Izy ilay Mpamela heloka, ilay be Fiantrana”.

99- Raha niditra tao amin'i Yosofa (Josefa) izy Ireo dia noraisiny ireo ray aman-dreniny ka niteny tamin'izy ireo izy hoe: “Midira any Egypta am-piadanana ianareo, raha sitrak'i Allah!

100- Ary dia nampiakariny teo ambonin'ny seza fiandrianana ireo ray aman-dreniny ka niankohoka teo aminy izy rehetra ary niteny izy hoe: “O!ry dada, izany no dikan'ny nofiko fahiny, fa nataon'ny Tompoko tanteraka tokoa izany... Ary tena nanasoa ahy tokoa Izy, raha namoaka ahy tao am-ponja, ka nahatonga anareo avy tany ambanivohitra (tany efitra), taorian'ny nanehoan'i Satana ny tsy fifankazahoana teo amiko sy ny rahalahiko. Marina fa ny Tompoko dia feno halemem-panahy amin'izay sitrany. Izy tokoa ilay Mahalala ny zava-drehetra, ilay be Fahendrena.

101- O! Ry Tompoko, efa nanome fahefana ahy Ianao sy nampianatra ny fandikana ireo nofy. Mpahary ireo lanitra sy ny tany Ianao. Ianao no Mpiahy ahy ento an-tany sy any ankoatra. Ataovy maty ao anatin'ny fankatoavana Anao aho, ary ataovy miaraka amin'ireo olona mpanao asa soa.

102- Izany dia anisan'ireo tantara miafina nambaranay anao.Ary ianao dia tsy teo anatrehan'izy ireo raha niombo-kevitra hanao teti-dratsy izy ireo.

103- Ary ny ankamaroan'ny olona dia tsy mpino na dia teo aza ny fanirianao fatratra mba ho mpino izy ireo.

104- Ary aza mangataka tambi-karama noho izany ianao; fa tsy inona akory ity afa-tsy fampahatsiarovana ihany ho an'izao tontolo izao.

105- Any amin'ireo lanitra sy ety ambonin'ny tany, dia misy ireo famantarana izay andalovan'ny olona kanefa itodihany lamosina!

106- Ary ny ankamaroan'izy ireo dia tsy mino an' Allah raha tsy mampikambana Azy amin'ny zanahary hafa.

107- Inona no tokin'izy ir eo, raha tonga handrakotra azy ireo ny sazin'i Allah, na koa ho tonga tampoka amin'ny fotoana tsy ampoizin'izy ireo ilay ora, nefa tsy hatsapa izany izy ireo?

108- Teneno hoe:”Ity no làlako, miantso ny olona mankany amin’i Allah aho, amin’ny alalan’ny porofo mazava, izaho sy ireo izay manaraka ahy.Voninahitra anie ho an’i Allah. Izaho dia tsy anisan’ireo manana zanahary maro.

109- Ary izahay dia tsy nandefa Iraka talohanao, afa-tsy ireo lehilahy avy amin’ireo tera-tany izay nanaovanay fanambarana. Moa ve tsy niely eran-tany izy ireo ka nijery ahoana no nanaovanay ireo talohan’izy ireo? Ny fonenana any an-koatra no tsara kokoa ho an’ireo izay manam-pahatahorana. Moa ve tsy mba misaina ianareo?

110- Raha efa very fanantenana ireo Iraka sy nieritreritra fa voampanga ho mpandainga izy ireo, dia tonga tamin’izy ireo avy hatrany ny Famonjenay.Ary navotanay izay sitrakay.Nefa tsy misy afaka manakana ny sazinay izay miantefa amin’ireo vahoaka mpanao heloka be vava.

111- Ao amin’ny tantaran’izy ireo dia tena feno lesona fananarana ho an’ireo olona manan-tsaina. Tsy tantara noforonina izany. Fa fanamafisana kosa izay efa nisy teo alohany, ary famakafakan antsipiriany ny zava-drehetra, tari-dalana sy famindram-po ho an’ireo vahoaka izay mino.

**TOKO: 13**
**SORATRA :VARATRA**
**(Ar-RA'D)**
**ANDININY:43**
**NIDINA TAO MADINAH**

Amin'ny anaran'i Allah Ilay be fiantrana,Ilay be Indrafo

1- ALIF,LAM,MIM,RA, indro ireo andian-teny masin'ilay Boky; izay nampidinina taminao avy amin'ny Tomponao Ilay marina, nefa ny ankamaroan'ny olona dia tsy mino an'izany.

2- Allah no nampiakatra ireo lanitra tsy misy andry izay hitanareo maso. Avy eo dia nitoetra teo ambonin'ny Seza fiandrianany Izy ary nataony ny masoandro sy ny volana(ho ampiasain'ny olombelona), mihazakazaka mankany amin'ny fiafarana voatondro ny tsirairay, Izy no mandrindra ny fiandidiana rehetra. Ary izy no mamakafaka amin'ny antsipiriany ireo famantarana, angamba hino marina ianareo amin'ny fihaonana amin'ny Tomponareo.

3- Ary izy no nampidadasika ny tany ka nametraka ireo tendrombohitra sy ireo renirano teo aminy. Ary amin'ny karazam-bokatra tsirairay, dia nataony tsiroaroa misy ny lahy sy ny vavy; nataony andrakotra ny andro ny alina. Tena marina, fa izany tokoa ireo porofo ho an'ireo vahoaka misaina.

4- Eny ambonin-tany dia misy ireo sombin-tanimboly mifanakaiky; ireo zaridaim-boloboka, ary ireo voamadinika sy ireo hazo palma mitangorona na mifanelanelana voatondraky ny rano iray ihany, nefa nataonay ambony kokoa ny tsiron'ny sasany amin'ny sasany hafa. Izany dia porofo ho an'ireo vahoaka mandinika.

5- Ary raha misy mahagaga anao, dia tsy misy tena mahagaga raha tsy ny fiten'izy ireo hoe:" Raha lasa vovoka isika, moa hiverina amin'ny fahariana vaovao indray ve"? Izy ireny no tsy mino ny Tompon'izy ireo.Ary izy ireo no hitondra zioga eo am-bozony.Ary izy ireo no vahoakan'ny Afobe ary hitoetra ao mandrakizay izy ireo.

6- Ary mangataka aminareo izy ireo ny hanafainganana ny loza noho ny hasambarana, Marina fa nisy tokoa talohan'izy ireo, ireo sazy mitovy amin'izany. Marina fa ny Tomponao dia Tompon'ny famelan-keloka ho an'ny olombelona na dia eo aza ireo tsy rariny nataony. Marina fa ny Tomponao dia mafy sazy.

7- Ary niteny ireo izay tsy nino ka nanao hoe:"Nahoana no tsy nampidinina taminy (Mohammad) ny fahagagana avy amin'ny Tompony?" Tsy iza ianao fa mpampitandrina ihany, ary isaky ny vahoaka dia misy pitari-dalana.

8- Allah dia mahafantatra izay entin'ny vavy tsirairay sy ny fotoana faharetan'ny vohoka: fohy na ho lava. Ny zava-drehetra eo aminy dia samy manana ny fetrany.

9- Ilay Mpahalala ny miafina sy mibaribary, Ilay Lehibe, ilay Avo indrindra.

10- Mitovy ihany(eo Aminy), aminareo: izay manafina ny teniny na izay mampiely ankarihary, na izay miafina amin'ny alina na izay miseho mazava amin'ny antoandro.

11- Izy (olombelona )dia manana eo alohany sy aoriany (ireo Anjely) izay miaro sy manara-maso azy araka ny didin'i Allah. Tena marina, fa i Allah dia tsy manova velively izay misy amin'ny vahoaka iray raha tsy efa izy ireo no (miezaka) manova izay misy eo amin'izy ireo. Ary raha te hanao ratsy amin'ny vahoaka iray Izy,dia tsy misy mahasakana azy, fa tsy manana mpiaro ankoatra Azy izy ireo.

**TOKO: 13**
**SORATRA :VARATRA**
**(Ar-RA'D)**
**ANDININY:43**
**NIDINA TAO MADINAH**

12- Izy no mampahita anareo ny tselatra; (izay miteraka aminareo) ny tahotra sy ny fanantenana. Ary Izy ihany koa no mamorona ny rahona mavesatra.
13- Manome voninahira Azy amin'ny fiderana ny kotro-baratra ary koa ireo Anjely, noho ny fatahorana Azy. Ary alefany namely ireo izay sitrany ny varatra.Nefa izy ireo dia miady hevitra momba an'i Allah, kanefa Izy dia mampatahotra nohon'ny heriny.

14- Any Aminy no hanolorana ny tena fangatahana marina! Ary ireo izay mitalaho ankoatra Azy dia tsy hamaly azy ireo velively izy ireo; mitovy amin'izay manatsotra ny tànany anankiroa ao anaty rano mba hitondra izany any ambavany, kanefa tsy nahazo na inona na inona mihitsy. Ny fitalahoan'ireo tsy mpino dia very maina.

15- Any amin'i Allah daholo no hiankohofan'ireo izay any amin'ireo lanitra sy ety ambony tany na mankatoa na mankahala,, ary koa ny alok'izy ireo, amin'ny fiandohan'ny andro sy ny fiafarany.

16- Teneno hoe:" Iza no Tompon'ireo lanitra sy ny tany?" Teneno hoe:" i Allah". Teneno hoe:" Moa ve handray mpiahy ankoatra Azy ianareo,izay tsy manao na inona na inona amin'ny tenan'izy ireo na ny tsara na ny ratsy? Teneno hoe:"Mitovy ve ny jamba sy ny mahiratra? Na mitovy ihany koa ve ny aizim-pito sy ny mazava? Moa ve izy ireo nanao an'i Allah misy mpiara miombona antoka Aminy izay nahary, mitovy amin'ny nahariany(Allah), ka lasa nifangaro tamin'izy ireo ny zava-boahary? Teneno hoe:"Allah no Mpahary ny zava-drehetra ary Izy ilay Tokana,, ilay Mpifehy ambony indrindra".

17- Nampidina ny rano avy eny an-danitra izay mikoriana amin'ireny lohasaha ireny Izy araka ny habeny. Ary ny tondra-drano dia mitondra raotra izay mitsikafona; ary izay **empoina amin'ny afo** mba ahazoana firavaka sy fitaovana ka manome roatra mitovy amin'izany. Tahaka izany no hanoharan'i Allah ny marina sy ny diso: ny raotra (avy amin'ny riaka sy ny metaly) dia lasa etona,fa izay ilain'ny olombelona kosa dia mijanona ety ambony tany(ny rano sy ireo firavaka). Tahaka izany no hanomezan'i Allah ireo fanoharana.

18- Ny mendrika indrindra (fiafarana) dia ho an'ireo izay namaly ny antson'ny Tompon'izy ireo. Fa ho an'ireo izay tsy namaly ny antso kosa, na dia nanana izay rehetra eny ambony tany izy ireo, sy mitovy amin'izany ny miaraka aminy, dia hatolony ho onitra izany. Izy ireny no hanana tatitra ratsy indrindra, ary ny Afobe no fialofan'izy ireo. Tena fialofana ratsy indrindra izany!

19- Moa ve izay mahafantatra fa izay nampidinina taminao avy amin'ny Tomponao dia ny fahamarinana, ka mitovy amin'izay jamba? Ireo manan-tsaina irery ihany no mahatsapa izany,

20- Ireo izay nanatanteraka ny fifanarahan'izy ireo tamin'i Allah sy izay tsy nitsipaka izany fifanarahana,

21- Ireo nampihavana izay nodidin'i Allah hihavana, ka natahotra ny Tompony izy ireo ary matahotra ny ho ratsy tatitra (fiafarana) amin'ny fitsarana.

22- Ary ireo izay maharitra amin'ny fikatsahana ny fankasitrahan'i Tompon'izy ireo, manatanteraka ny soalaty, sy mandany amin'izay (fananana) nomenay azy ireo, ankinafina na ankarihary. ary manohitra ny ratsy amin'ny tsara, ho azy ireo ny fonenana tsara any am-parany.

23- Ny zaridaina Edena izay hidiran'izy ireo, sy ireo mpino mendrika avy amin'ny Razambeny, ireo vadiny, ary ireo taranany. Ary hiditra ao amin'izy ireo isam-baravarana ireo Anjely.

24- " Fiadanana ho anareo, nohon'izay niharetanareo!" ho tsara tokoa ny fonenanareo any am-parany!"

25- Ary ireo izay mandika ny fifanekena amin'i Allah rehefa avy nanaiky izany, sy manapaka izay nodidin' Allah mba ho tohizana, ary manao asa fanimbana eto an-tany, Izy ireny no ho voan'ny ozona ary ho azy ireo ny fonenana ratsy.

26- Allah dia mizara ankalalahana ny anjara fiainana ho an'izay sitrany ary mametra izany. Ary izy ireo dia faly tamin'ny fiainana teto ambony tany, ary tsy inona ny fiainana eto an-tany raha ampitahaina amin'ny any ankoatra afa-tsy fahafinaretana miserana ihany.

27- Ary niteny ireo izay tsy nino hoe:"Nahoana no tsy nampidinina taminy ny fahagagana izay avy amin'ny Tompony?" Teneno hoe:"Marina fa, i Allah dia manary izay sitrany ary mitari-dàlana mankany Aminy izay mibebaka.

28- Ireo izay nino, ka tony ny fon'izy ireo nohon'ny fahatsiarovana an'i Allah". Moa ve tsy amin'ny alalan'ny fahatsiarovana an'i Allah no mahatony ny fo?

29- Ireo izay nino sy nanao asa soa, dia fahasambarana lehibe ho azy ireo ary fiverenana tsara.

30- Tahaka izany no nadefasanay anao amin'ny vahoaka iray,izay efa nisy vahoaka maro nandalo teo alohan'izy ireo, mba hamakianao amin'izy ireo izay nambaranay aminao (koroany), nefa izy ireo dia tsy nino an'ilay be Indrafo. Teneno hoe:"Izy no Tompoko, tsy misy zanahary hafa afa-tsy Izy ihany, any Aminy no ametrahako ny fitokisako, ary any Aminy no ibebahako .

31- Ary raha misy Koroany avy amin'ny alalany, mampandeha ireo tendrombohitra, mampitriatra ny tany na mampiteny ireo maty!...Nefa tsy izany!... An'i Allah ny fahefana rehetra. Moa ve tsy very fanantenana ireo izay nino, fa raha sitrak'i Allah dia notarihiny amin'ny làlana mahitsy avokoa ny olombelona rehetra? Nefa tsy mitsahatra hahavoa ireo izay tsy nino izay nataony, ary iharan'ny sazy mahery vaika, na ho azon'ny loza tsy lavitrin'ny fonenany mandrapahatongan'ny fampanatenan'i Allah. Marina fa i Allah dia tsy mivadika amin'ny fampanatenany.

32- Marina fa notebatebahana ireo iraka talohanao. Ary nomeko fe-potoana ireo izay tsy nino. Avy eo, dia noraisiko izy ireo. Dia tahaka ny ahoana ny fanasaziako!

33- Moa ve Ilay mitsangana manara-maso ny azon'ny tsirairay (dia mitovy amin'ireo sampy)?... Nefa izy ireny dia mbola mampikambana an'i Allah amin'ny hafa. Koa lazao azy ireo hoe: "Omenareo ny anaran'izy ireo! sa te hampianatra Azy izay tsy fantany ety ambonin'ny tany va ianareo? Na fomba fiteny fotsiny ve izany?" Tsy izany anefa: Natsaraina tamin'ireo tsy mpino ny teti-dratsin'izy ireo, ka nosakanana izy ireo mba tsy hanaraka ny làlana mahitsy. Na iza na iza avelan'i Allah ho diso làlana dia tsy manana na iza na iza intsony hitari-dàlana azy.

**TOKO: 13**
**SORATRA :VARATRA**
**(Ar-RA'D)**
**ANDININY:43**
**NIDINA TAO MADINAH**

34- Ho azy ireo ny sazy mahery vaika eto ambonin'ny tany. Ary ny famaizana any ankoatra dia tena mafy kokoa., ary tsy hanana mpiaro azy amin'i Allah izy ireo.

35- Toy izany ilay paradisa izay nampanantenaina an'ireo manam-pahatahorana; ary misy renirano maro mikoriana eo ambaniny, ny voankazony dia maharitra mandrakizay, ary tahaka izany koa ny alokalony. Tahaka izany no fiafaran'ireo izay manam-pahataorana, fa ny fiafaran'ireo tsy mpino kosa dia ny Afobe.

36- Ary ireo izay efa nomenay ny Boky dia mifaly amin'izay nampidinina taminao. Nefa misy andiany (olona maro) mankahala ny ampahany amin'izany. Teneno hoe:"Tena marina fa nodidina aho hanompo an'i Allah ary tsy hampikambana Azy amin'ny hafa, ary ho any aminy no hiantsoako (olona). Ary any aminy koa no hiverenako".

37- Tahaka izany no nampidinanay (Koroany) lalàna amin'ny fiteny Arabo. Ary raha manaraka ny sitrapon'izy ireo ianao aorian'ny fahazoanao ny fahalalana dia tsy hanana mpiaro na mpiahy ianao eo anatrehan'i Allah

38- Tena marina fa nandefa ireo Iraka talohanareo izahay, ary nanome vady sy taranaka azy ireo. Fa tsy anjaran'Iraka (na Mpaminany) no mitondra fahagagana, afa-tsy amin'ny alalana avy amin'I Allah. Samy manana ny fe-potoanany izay noraiketina ao anatin'ny boky (ny olona tsirairay).

39- Mamafa na manamafy araka izay sitrany i Allah (amin'ny lalàna) ary ny soratra voalohany indrindra dia any Aminy (Lahol Mafouz)

40- Na hampahitanay anao ny ampahany sasatsasany amin'izay nampitahorinay azy ireo, na hataonay ho maty ianao (alohan'izany), ny adidinao dia mampita ny hafatra ihany, fa ny fitsarana kosa dia Anay .

41- Moa ve tsy hitan'izy ireo fa, mikapoka ny tany Izahay ka manankely izany amin'ny lafiny rehetra? Ary i Allah no mitsara ary tsy misy afaka manohitra ny fitsarany, fa haingana amin'ny fitsarana Izy .

42- Ary tena marina fa ireo talohan'izy ireo dia nanao teti-dratsy (tamin'ireo Irany); fa ny tetika rehetra dia an'i Allah avokoa. Fantany avokoa izay azon'ny olona tsiraira., Ary ireo tsy mpino dia hahafantatra tsy ho ela izay hanana ny fonenana tsara (Any am-piafarana)

43- Ary niteny ireo tsy nino hoe: " Tsy Iraka akory ianao" Teneno hoe: "Ampy i Allah ho vavolombelona eo amiko aminarep, ary ireo izay manana ny fahalalana ny boky (dia vavolombelona )".

# TOKO:14
# SORATRA ABRAHAMA
# (IBRAHIM)
# ANDININY:52
# NIDINA TAO MAKKAH

Amin'ny anaran'i Allah,Ilay be fiantrana,Ilay be Indrafo

1- ALIF,LAM,RA. Ity ilay Boky izay nampidininay aminao mba hamoahanao ireo olona ao anatin'ny aizina hankany amin'ny hazavana, amin'ny alàlan'ny Tompon'izy ireo, ho amin'ny làlan'Ilay Mahery, Ilay Mendri-Piderana.

2- Allah, izay tompon'ny zava-drehetra any amin'ireo lanitra sy ny ety an-tany. Ary loza ho an'ireo tsy mpino! Hihatra amin'izy ireo ny famaizana mafy.

3- Ireo izay tia ny fiainana eto an-tany noho ny fiainana any ankoatra,, misakana ny làlan'I Allah sy mitady hampiolakolaka izany: Izy Ireny dia ho very Tanteraka tokoa..

4- Ary tsy nandefa iraka izahay raha tsy tamin'ny fitenin'ny vahoakany, mba hanazava amin'izy Ireo. Mamery izay sitrany i Allah;ary mitari-dàlana ihany koa izay sitrany; Izy Ilay Mahery, Ilay be Fahendrena.

5- Tena marina fa, nandefa an'I Mosa (Mosesy) Izahay niaraka tamin'ny fahagagana avy Aminay (sady niteny taminy hoe):"Avoahy ao amin'ny aizina ny vahoakanao ho any amin'ny fahazavana , ary ampahatsiahivo azy Ireo ny andron'i Allah"(Ireo fahasoavany)". Tena marina fa amin'izany rehetra izany, dia misy Famantarana ho an'izay be faharetana sy feno fankasitrahana.

6- Ary raha niteny Mosa tamin'ny vahoakany hoe: "Tsarovinareo ireo fahasoavana nomen'i Allah anareo raha navotany ianareo tamin'ireo olon'ny Faraona izay namppihorohoro anareo tamin'ny fampijaliana ratsy. Nanapa-tenda ny zanakareo lahy izy ireo sy namela ho velona ireo zanakareo vavy. Izany rehetra izany dia fitsapana lehibe avy amin'ny Tomponareo".

7- Ary raha nanambara ny Tomponareo ka nanao hoe: "Raha mahay mankasitraka ianareo dia hampitomboiko (ny fahasoavako) ho anareo. Fa raha tsy mahay mankasitrako kosa Ianareo, dia hahery vaika ny sazy avy Amiko".

8- Ary niteny i Mosa (Mosesy) hoe: "Raha tsy mahay mankasitraka ianareo, ianareo sy izay rehetra ety ambonin'ny tany, tena marina fa i Allah dia manana ny ampy ho An'i Tenany ary mendri-piderana Izy".

9- Moa ve tsy Tonga taminareo ny Tantaran'ireo talohanareo, dia ny vahoakan' i Noa,ireo AN-D, SAMOUD, sy ireo (velona) taorian'izy ireo, tsy misy mahalala azy ireo afa-tsy i Allah?. Tonga tamin'izy ireo niaraka tamin'ny porofo mazava,ireo Irany (Mpaminaniny), nefa nanampim-bava tamin'ny tànany izy ireo, sady niteny hoe: "Izahay dia tena tsy mino ny (hafatra) izay nandefasana anareo. Marina tokoa fa ao anatin'ny fisalasalana izahay amin'izay hiantsoanareo anay, ary tena miahiahy tokoa.

10- Niteny Ireo Irak'izy ireo hoe : "Moa ve misy fisalasalana ny momban'I Allah , Mpahary ireo lanitra sy ny Tany, Izay miantso anareo mba hamela ny ampahany amin'ireo helokareo sy manome anareo mandra-pahatonga ny fe-potoana voatondro?" Niteny Izy ireo hoe: "Tsy Inona akory Ianareo fa olombelona tahakanay ihany. Mila hanakana anay ianareo amin'izay Notompoin'ireo Razambenay.Koa entonareo aty aminay àry ny porofo mazava ."

11- Niteny tamin'izy ireo, ireo irak'izy ireo hoe: "Marina fa, tsy Inona akory izahay fa olombelona tahakanareo ihany. Nefa Allah kosa dia manome fahasoavana ho an'izay sitrany amin'ireo mpanompony. Tsy Anjaranay ny mitondra porofo aminareo, raha tsy alalana avy amin'I Allah. Ary amin'I Allah no tokony hametrahan'ireo mpino ny fitokisany.

12- Fa inona no mbola tsy hametrahantsika ny fitokisana amin'I Allah, kanefa izy no nitarika antsika tamin'ireo làlantsika? Tsy maintsy hiaretanay ny fampijaliana izay ataonareo anay. Ary amin'i Allah no tokony hametrahan'ireo izay manana fitokisana ny fitokisany."

13- Ary niteny ireo izay tsy nino tamin'ny Iraka'izy ireo hoe: "Tena horoahinay hiala amin'ny tanànanay ianareo na koa hiverina amin'ny finoanay (finoan-drazana) ianareo!" Ka nanambara tamin'izy ireo ny Tompon'izy ireo hoe: "Haringanay tanteraka ireo mpanao ny tsy rariny".

14- Ary tena hametraka anareo amin'ny tanàna aorian'izy ireo. Izany dia ho an'ireo izay matahotra ny fisiako sy matahotra ny fandrahonako.

15- Nangataka ny fandresena Izy ireo (ireo Iraka) ka diso fanantenàna ireo mpangeja, mpanohitra ny marina.

16- Aorian'izany dia ny Afobe (jahannam); ary hampisotroina rano feno nana.

17- Ka hiezahany hatelina tsikelikely izany; nefa zara raha afaka hitelina izany izy. Ary ho tonga aminy ny fahafatesana na aiza na aiza misy azy nefa tsy ho faty izy, ary aorian'izany dia sazy mahery vaika.

18- Ny mitovy amin'ireo izay tsy nino ny Tompon'izy ireo; ny asan'izy ireo dia azo oharina amin'ny lavenona nitongavan'ny rivotra mafy tamin'ny andron'ny rivo-doza. Tsy hahazo vokatsoa velively tamin'izay azony izy ireo. Izany no tena fahaverezana lavitra.

19- Moa ve tsy hitanao fa i Allah dia Nahary ireo lanitra sy ny tany tamim-pahamarinana? Raha sitrany dia ho nofoanany tanteraka ianareo, ary ho nampisy zava-boahary vaovao Izy.

20- Ary tsy sarotra velively amin'I Allah izany.

21- Ary hiseho eo anatrehan'I Allah daholo izy rehetra, ka hiteny ireo kanosa amin'ireo mpanambony tena hoe: "Izahay dia tena mpanaraka anareo teo aloha. Moa ve ianareo afaka hiaro anay kely amin'ny sazin'I Allah?" Hiteny ireo sasany hoe: "Raha notarihan'I Allah làlana izahay dia ho notarihinay làlana ihany koa ianareo. Mitovy ihany ho antsika, na mitaraina na miharitra; tsy hahita làlana hivoahana mihitsy isika.

22- Ary hiteny i Satana, rehefa tapaka ny didy rehetra, hoe: "Marina fa I Allah dia nampanantena anareo fampanantenàna marina, fa izaho kosa dia nampanantena anareo (zavatra) izay tsy notanterahiko, ary tsy nanana fahefana taminareo aho, fa niantso anareo fotsiny aho, ary dia namaly ahy ianareo. Aza manome tsiny ahy ianareo, fa ny tenanareo no omeo tsiny. Tsy afaka hamonjy anareo aho, ary ianareo koa dia tsy afaka hamonjy ahy. Izaho dia mitsipaka tanteraka izay natambatrareo tamiko tany aloha. Marina fa ireo mpanao ny tsy rariny dia ho azy ireo ny sazy mangirifiry.

23- Ary hampidirina ireo izay nino sy nanao ireo asa soa ao anatin'ireo zaridaina (Paradisa) izay misy rano mikoriana ao ambaniny; hitoetra ao mandrakizay izy ireo noho ny fanomezan-dàlan'ny Tompon'izy ireo. Ary ny fiarahabana azy ireo[89] ao dia ny hoe: "salama (fiadanana)."

24- Tsy hitanao va ahoana no nanaovan' Allah fanoharana ny teny tsara? Dia mitovy amin'ny hazo tsara anankiray, izay miorina tsara ny fakany, ary ny rantsany dia manakatra ny habakabaka.

25- Manome ny voany isam-potoana avy amin'ny alàlan'ny Tompony izy. Ary Allah dia manome fanoharana ho an'ny olombelona angamba hahatsiaro tena izy ireo (hifandinika, hifananatra).

26- Ary ny teny ratsy kosa dia mitovy amin'ny hazo ratsy voahongotra tamin'ny tany ka tsy manam-potots hitsatohany intsony.

27- Hankaherezin'Allah ireo mino, amin'ny teny hentitra eto amin'ny fiainana ambonin'ny tany sy ny any ankoatra,ary hanary ireo mpanao ny tsy rariny kosa Allah, ary manao izay sitrany Allah.

[89]Ny fiarahabana azy ireo: ireo Anjely no miarahaba azy ireo.

28- Moa ve tsy hitanao ireo izay manakalo ny fahasoavan'i Allah amin'ny tsy fankasitrahana, ary mametraka ny vahoakan'izy ireo amin'ny toeran'ny fahaverezana;
29- Ao amin'ny Afobe Jahannam izay handoro azy ireo? Endre! Ratsy tokoa izany toeram-pijanonana izany!

30- Ary nampitovy an'i Allah amin'ny zavatra hafa izy ireo mba hamerezana ireo olona amin'ny làlany. Teneno hoe:" Mahazoa fahafinaretana tsara ianareo, satria tsy hisalasalana fa any amin'ny Afobe no fiafaranareo".

31- Teneno amin'ireo mpanompoko izay nino mba hanatanteraka ny soalat, sy hizara ny fanomezana izay nomenay azy ireo, ankinafina na ankarihary, alohan'ny fahatongavan'ny Andro izay tsy misy fifanakalozana ara-barotra; na fihavanana.

32- Allah, Izy Ilay nahary ireo lanitra sy ny tany ary nandrotsaka ny ranon'orana avy any an-danitra ka namoaka avy amin'izany ireo karazam-boankazo ho anjara fivelomana ho anareo. Ary nataony ho ampiasainareo ireo sambo izay misosa eny an-dranomasina avy amin'ny alalan'ny didiny, ary nataony ho ampiasainareo ireo renirano.

33- Ary nataony ho anareo ny masoandro sy ny volana izay mihodina am-pirindràna. Ary nataony ho anareo koa ny alina sy ny andro.

34- Nomeny anareo izay rehetra nangatahinareo Taminy. Raha an'isa ireo fahasoavana avy amin' i Allah ianareo, dia tsy ho voahisanareo izany. Marina fa ny olombelona dia mpanao ny tsy rariny sy tena tsy mankasitraka.

35- Ary raha niteny Ibrahimo hoe:"Tompo o! Ataovy feno fandriampahalemana ity tanàna ity, ary halaviro aho sy ireo zanako mba tsy hanompo ireo sampy izahay.

36- Tompo o! Izy ireny dia tena nanary tokoa ny maro tamin'ny olombelona. Na iza na iza manaraka ahy, izy no oloko, ary izay tsy mankato ahy kosa... Ianao no tena Mpamela-heloka sy be Fiantrana.

37- Tomponay o! Izaho dia nametraka amin'ny lohasaha tsy misy voly ny ampahany tamin'ireo ankohonako, eo akaikin'ny Tranonao Masina.Tomponay o!... Mba hanatateraka ny soalat izy ireo ka ataovy hirona amin'izy ireo ny fon'ireo olona sasany ; ary omeo anjara fivelomana amin'ireo voankazo izy ireo. Angamba hahay hankasitraka izy ireo.

38- Tomponay o! Ianao tokoa no mahafantatra izay afeninay sy habaribarinay, ary tsy misy miafina amin'i Allah na dia kely aza, na eto an-tany na any an-danitra.

39- Dera sy voninahitra anie ho an'i Allah! Izay nanome ahy tao anatin'ny fahanterana an'i Ismaely sy Isaka. Marina fa ny Tompoko dia Mihaino ireo fangatahana.

40- Tompo o! Ataovy aho ho mpanatanteraka ny soalaty sy amin'ireo taranako. Tomponay o! Raiso ireo fangatahako.

41- Tomponay o! Avelao ny heloko sy an'i ireo ray aman-dreniko ary an'ireo mpino amin'ny andro hitsanganan'ny Fitsarana farany!

42- Ary aza mihevitra ianao fa Allah dia variana amin'izay ataon'ireo mpanao ny tsy rariny, fa omeny fe-potoana kosa izy ireo, mandra-pahatongan'ny andro izay hampidiridiry tsy ankihetsika ny mason'izy ireo.

43- Hihazakazaka manatona (amim-pitalahoana) izy ireo, hampitraka ny lohany amin'ny tahotra, hidiridiry ny mason'izy ireo, ary foana ny fon'izy ireo.

44- Ary ampitandremo ireo olona amin'ny andro izay hahatongavan'ny sazy amin'izy ireo, ary hiteny ireo mpanao ny tsy rariny hoe: " Ry Tomponay o! Omeo fe-potoana fohy izahay! Mba hamalianay ny antsonao sy hanarahanay ireo Iraka". Tsy efa nianiana ve ianareo teo aloha fa tsy tokony hanjavona mihitsy?

45- Ary ianareo dia nonina tao amin'ny fonenan'ireo izay mpanao ny tsy rariny tamin'ny tenany izy ireo ihany, efa nasehonay taminareo miharihary ahoana ny fomba nanaovanay azy ireo, ary nomenay ohatra tamin'izany ianareo.

46- Efa tena nampiasa teti-dratsy izy ireo; kanefa ny teti-dratsin'izy ireo dia efa eo amin'i Allah, na dia afaka manafoana ireo tendrombohitra aza ny teti-dratsin'izy ireo.

47- Aza mihevitra fa i Allah dia hivadika amin'ny fampanatenana nataony tamin'ireo Irany. Marina fa i Allah ilay Mahery Tompon'ny fahefana hanasazy.

48- Amin'ny Andro izay hanoloana ny tany, ho hafa, ary toy izany koa ireo lanitra, ary izy ireo dia hiseho eo anatrehan'i Allah, ilay Tokana, Ilay Mpifehy Avo indrindra.

49- Ary amin'izany andro izany,dia hohitanao ireo mpanao heloka be vava, voafatotra amin'ny rojo vy ny sasany amin'ny sasany.

50- Ny fitafin'izy ireo dia tena (godorao, tara),ary handrakotra ny tavan'izy ireo ny afo.

51- Mba hamalian'i Allah ny tsirairay amin'ny asa izay vitany. Tena marina fa i Allah dia haingampitsarana.

52- Ity dia fanambarana (Kor'any) ho an'ny zanak'olombelona mba hitandreman'izy ireo amin'ny alalan'izany, ary mba Hahafantaran'izy ireo ihany koa fa marina tokoa, fa Izy ilay Zanahary tokana (Allah), mba hahafantaran'ireo matsilo-tsaina.

## TOKO:15
## SORATRA:AL-HIJRI
## (ANARAN-TANANAN'NY MPAMINANY SWALIHY)
## ANDININY:99
## NIDINA TAO MAKKAH

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be fiantrana,ilay be indrafo

1- AL- LÂM- RÂ. Ity ireo andinin'ny Boky sy famakian-teny mazava.

2- (Aminy andro fitsarana farany), ireo tsy mpino dia haniry ho mpanetry tena (mpankatò).

3- Avelao izy ireo hihinana, hifaly, ary hovariana amin'ny fanantenàna, fa tsy ho ela izy ireo dia hahafantatra.

4- Nefa Izahay dia tsy mandrava tanàna, raha tsy efa nisy raki-tsoratra voalaza mazava (momba izany).

5- Tsy misy vondron'olona na iray aza afaka hampandroso na hampihemotra ny fe-potoanany.

6- Ary niteny izy ireo (ireo mponin'ny Makka) hoe: "O Ianao izay nampidinana ny Fampahatsiahivana (Koro'âny), tena adala tokoa Ianao!

7- Nahoana Ianao no tsy tonga taminay niaraka tamin'ireo Anjely, raha isan'ireo olo-marina tokoa Ianao?"

8- Tsy mampidina ireo Anjely Izahay raha tsy miaraka amin'ny fahamarinana, ary tsy homena fe-potoana ela intsony izy ireo (ireo tsy mpino).

9- Tena marina fa Izahay tokoa no nampidina ny Fampahatsiahivana (Koro'âny), ary Izahay ihany no Mpiaro azy.

10- Marina fa Izahay dia efa nandefa Iraka talohanao tamin'ireo vahoaka teo aloha.

11- Ary tsy nisy Iraka tonga amin'izy ireo raha tsy noesoesoiny.

12- Tahaka izany no nampidiranay ny tsy finoana tao am-pon'ireo mpanao heloka.

13- Tsy hino Azy izy ireo (Iraka na Koro'âny), na dia tanteraka tamin'izy ireo ny fahitana izay (nanjò ny Razambeny) taloha.

14- Na dia hosokafanay amin'izy ireo aza ny varavaran'ny lanitra, ka afaka hiakatra ao izy ireo,

15- Dia hiteny izy ireo hoe: "Tena tampina tokoa ny masonay; na, raha ny marina, dia tena voan'ny famosaviana izahay".

16- Marina fa nametraka ireo kintana maro eny an-danitra Izahay ary nohatsaraina izy (ny lanitra) ho an'ireo izay mijery azy.

17- Ary narovanay izy (ny lanitra) tamin'i Satana tsirairay voahozona.

18- Raha tsy hoe mihaino antsokosoko ny anankinay amin'izy ireo, dia lelan'afo mamirarapiratra no manenjika azy.

19- Fa ny tany kosa, dia novelarinay ka nametrahanay ireo tendrombohitra eo aminy, ary nampitsirianay ao aminy ny zavatra tsirairay, mirindra sady mifandanja tsara.

20- Ary napetrakay ao aminy ireo zavatra hivelomanareo, sy ireo izay (zava-manan'aina) tsy ianareo akory no mamelona azy ireo.

21- Ary tsy misy zavatra na dia iray aza ka tsy anananay ny tahiriny; ary tsy mampidina izany Izahay raha tsy amin'ny fatra voafetra.

22- Ary nalefanay ny rivotra ho mpampamokatra, ary nampidininay avy eny an-danitra ny rano izay hampisotroinay anareo, nefa tsy afaka hitahiry izany ianareo.

23- Ary marina fa tena Izahay no manome ny fiainana ary manome ny fahafatesana, ary izahay koa no Mpandova (ny zava-drehetra).

24- Marina fa fantatray tokoa ireo izay efa lasa taloha taminareo, ary efa fantatray koa Ireo izay mbola any aoriana.

25- Ary marina tokoa fa ny Tomponao no hamory azy ireo. Marina fa Izy dia be Fahendrena sy mahafantatra ny zavatra rehetra.

26- Ary tena nahary ny olombelona avy amin'ny tany maina sy ny fotaka malemy Izahay.

27- Fa ny Djiny[90] kosa dia noharianay taloha avy amin'ny afo mafana mamaivay.

28- Ary raha niteny tamin'ireo Anjely ny Tomponao hoe: "Izaho dia hamorona olona avy amin'ny tany maina alaina avy amin'ny fotaka malemy.

29- Ary raha vao vitako amin'ny fomba mirindra tsara ka notsofikotaminy ny fofon'aina avy Amiko, dia miantoràha ka miankohofa eo aminy ianareo.

30- Ary dia niara-niankohoka daholo ireo Anjely rehetra.

31- Afa-tsy i Iblisy[91] (Satana), nandà tsy ho anisan'ireo mpiankohoka izy.

32- Niteny Izy (Allah) hoe: "O ry Iblisy! Nahoana ianao no tsy mba anisan'ireo mpiankohoka?"

33- Niteny izy hoe: "Tsy afaka hiankohoka eo anoloan'ny olombelona izay noharianao avy amin'ny tany maina izay nalaina avy amin'ny fotaka malemy aho".

34- Niteny Izy (Allah) hoe: "Mialà ao (amin'ny Paradisa) ianao! Fa ianao dia tena voahozona.

35- Ary hihatra aminao ny ozona, mandra-pahatongan'ny andron'ny famaliana (Fitsarana).

36- Niteny izy hoe: "O! Ry Tompoko! Omeo fe-potoana àry aho mandra-pahatongan'ny andro izay hananganana azy ireo (ireo olombelona) amin'ny maty".

---

[90]Jinn: zava-boahary izay miara-miaina amintsika eto an-tany, tsy hitantsika maso fa izy ireo kosa mahita antsika. Misy ny mpino amin'izy ireo ary misy koa ny tsy mpino.
[91]Iblisy: Satana izay voahozona noho izy tsy nanaraka ny baikon'i Allah.

37- Niteny Izy (Allah) hoe: “Ianao dia tena anisan’ireo mahazo fanekena amin’izany fe-potoana izany.

38- Mandra-pahatongan’ny fotoana efa fantatra (fantatr’i Allah)”.

39- Niteny izy (Iblisy) hoe: “ O! Ry Tompoko, satria Ianao nampiditra ahy tamin’ny fahadisoana, noho izany, dia ho hatsaraiko amin’izy ireo ny fiainana eny ambonin’ny tany, ary ho disoiko làlana izy rehetra.

40- Afa-tsy ny mpanomponao voafidy amin’izy ireo”.

41- Niteny Izy (Allah) hoe: “Ity ilay làlana mahitsy izay mankany Amiko”:

42- Fa ireo mpanompoko dia tsy hanananao fahefana na dia kely aza, afa-tsy izay manaraka anao amin’ireo diso làlana.

43- Ary tena marina fa ny Afobe Djahannama no toeram-pihaonan’izy rehetra.

44- Ahitana varavarana fito izany; ary ny varavarana tsirairay, dia samy manana ny ampahany amin’izy ireo.

45- Marina tokoa fa ireo manam-patahorana dia ho ao amin’ireo zaridaina sy ireo loharano

46- “Midira ao ianareo am-piadanana sy am-pilaminana”.

47- Ary noesorinay tao an-tratran’izy ireo ny lolom-pò ary samy hahatsapa izy ireo fa mpirahalahy, izay mifanatrika eo ambonin’ireo farafara.

48- Tsy misy havizanana hahazo azy ireo. Ary tsy havoaka ao izy ireo.

49- Ampahafantaro ireo mpanompoko fa Izaho ilay Mpamela heloka, ilay be Fiantrana.

50- Ary marina fa ny saziko dia tena sazy mangirifiry.

51- Ary ampahafantaro azy ireo ny momba ireo vahinin’i Ibrahim (ireo Anjely).

52- Raha niditra tao aminy izy ireo ka niteny hoe: “Fiadanana (salamo)! – Niteny Izy (Ibrahim) hoe: “Matahotra anareo Izahay!”

53- Niteny izy ireo (ireo Anjely) hoe: “Aza matahotra Ianao! Fa izahay dia hanambara Aminao vaovao mahafaly, ny fahaterahan’ny zazakely feno fahalalana”.

54- Niteny Izy hoe: “Lazainareo ahy ve izany vaovao mahafaly izany nefa izaho dia efa tratran’ny fahanterana? Inona àry no lazainareo amiko?”

55- Niteny Izy Ireo hoe: “Ny marina no lazainay aminao. Aoka àry ianao tsy ho anisan’ireo mora kivy”.

56- Niteny izy hoe: “Fa iza moa no kivy amin’ny famindram-pòn’ny Tompony, raha tsy ireo very làlana?”

57- Ary niteny (tamin’izy ireo) Izy hoe: “Inona no tadiavinareo ry Iraka?”

58- Niteny izy ireo hoe: “Tena marina fa izahay dia nirahina ho any amin’ireo vahoaka mpanao heloka be vava”.

59- Afa-tsy ny fianakavian'i Lota, tena hovonjenay avokoa izy rehetra,

60- Ankoatry ny vadiny, izahay dia hanao azy ho anisan'ireo ringana.

61- Nony tonga teo amin'ny fianakavian'I Lota ireo Iraka,

62- Dia niteny Izy (Lota) hoe: "Ianareo dia olona tsy fantatra".

63- Niteny Izy ireo hoe: "Tonga aty Aminao tokoa izahay mitondra ny (sazy) izay nampisalasala azy ireo.

64- Ary tonga Aminao izahay miaraka amin'ny Fahamarinana. Ary mpilaza ny marina izahay.

65- "Mandehana àry miaraka amin'ny fianakavianao Ianao amin'ny fiafaran'ny alina, ary araho avy aoriana izy ireo; ary aoka tsy hisy hitoditodika na iza na iza aminareo; koa mandehana amin'izay handidiana anareo ianareo".

66- Ary nolazainay taminy izany didy izany:Fa ireny olona ireny, amin'ny maraina, dia ho haringanay avokoa hatramin'ny farany.

67- Fa ireo mponin'ny tanàna ( Sodoma) dia tonga ( teo aminy) ankafaliana.

68- Niteny izy (Lota) hoe:"Tena marina fa vahiniko izy ireo, aza manafintohina ahy ianareo

69- Ary matahora an'i Allah ianareo. Aza tafinareo henatra aho.

70- Niteny izy ireo (ireo olon'ny tanàna) hoe: "Moa ve tsy efa nandrara anao izahay tamin'ny (fandraisana) olona?"

71- Niteny Izy (Lota) hoe: "Indro ireo zanako vavy! Raha misy zavatra tianareo hatao!

72- Mianiana amin'ny fiainanao (Aho) fa nikorontan-tsaina izy ireo tao anatin'ny firediredeny.

73- Ka dia ny kiakiaka (loza) no nahazo azy ireo tamin'ny fiposahan'ny masoandro.

74- Ary navadikay ambony sy ambany (ny tanàna), ary narotsakay nifanesisesy tamin'izy ireo (tahaka ny orana) ny vato avy amin'ny tanimanga.

75- Izany tokoa dia famantarana marina ho an'ireo izay mahay mandinika.

76- Izy io (io tanàna io) dia tena eo amin'ny làlana izay fantatry ny maro.

77- Izany tokoa dia famantarana marina ho an'ireo mpino.

78- Ary ireo mponin'ny Al-Aykat dia mpanao ny tsy rariny (ihany koa).

79- Dia namaly azy ireo tamin'ny sazy Izahay, ary tena marina fa ireo (tanàna) roa ireo dia teo amin'ny làlana mazava tsara.

80- Marina fa ireo mponin'ny Al-hijr dia efa nilaza fa mpandainga ireo Iraka.

81- Ary nasehonay tamin'izy Ireo ny fahagagana avy aminay nefa nitodi-damosina ihany izy ireo.

82- Ary nandavaka ny tendrombohitra mba hanaovana trano ka niaina tam-pilalaminana izy ireo.

83- Ka dia ny kiakiaka (loza) no nahazo azy ireo tamin'ny maraina.

84- Ka tsy nahazoan'izy ireo tombontsoa izay azony.

85- Ary tsy nahary ireo lanitra sy ny tany sy izay nanelanelana azy roa ireo Izahay raha tsy tamim-pahamarinana. Ary tena ho avy tokoa ny ora! Koa aoka hamela heloka (azy ireo) Ianao amin'ny famelàna tsara.

86- Tena marina fa ny Tomponao, Izy Ilay Mpahary Lehibe, Ilay Mpahalala ny zava-drehetra.

87- Efa nomenay Anao tokoa "Ireo Andininy fito[92] Averimberina (vakiana)" Ary koa ilay Vakiteny lehibe.

88- Aza jerena am-pitsiriritana ireo zavatra izay nanomezanay fifaliana miserana ho an'ireo mpivady sasantsasany amin'izy ireo. Ary aza malahelo ny momba azy ireo Ianao. Ary ampidino amin'ireo mpino ny fangorahanao.

89- Ary teneno hoe: "Marina fa Izaho no ilay Mpampitandrina Miharihary".

90- Tahaka ny nampidinanay (ny sazy) tamin'ireo izay nioko (tsy hanaraka ny Mpaminany).

91- Ireo izay nanao ny Koro'any ho singasingany maro (mikorontana mba hampisy ny fisalasalana).

92- Ary mianiana amin'ny Tomponao! Fa Izahay dia tena hanontany azy rehetra

93- Amin'izay nataon'izy ireo.

94- Asehoy ankarihary izay nandidiana Anao. Ary miataha Ianao amin'ireo mpanompo sampy (manana Zanahary maro).

95- Marina fa Izahay dia hiaro anao tanteraka amin'ireo mpaneso.

96- Ireo izay mampisy Zanahary hafa miaraka amin'I Allah. Tsy ho ela dia hahafantatra izy ireo.

97- Ary tena fantatray tsara fa mihatery ny tratranao (fonao) amin'izay tenenin'izy ireo.

98- Ary derao sy ankalazao ny Tomponao, ary aoka Ianao ho anisan'ireo mpiankohoka.

99- Ary tompoy ny Tomponao mandra-pahatongan'ny fItokisana (fahafatesana) eo Aminao.

---

[92]Ireo Andininy fito:a) Soraty Al-Fàtihat. b) na ireo Soraty fito lava indrindra ao amin'ny Koro'any(Al-Bakr, Ãl 'Imràna, An-nisã, Al-Mã-idah, Al-An-'Ãm, Al-A'rãf, Al-Anfãl).

**TOKO;16**
**SORATRA:NY RENITANTELY**
**(AN-NAHL)**
**ANDININY:128**
**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin'ny anaran'i Allah,Ilay be fiantrana,Ilay be Indrafo

1- Tonga ny didin'i Allah! Ka aoka tsy ho maika amin'izany ianareo. Voninahitra anie ho Azy! Ilay Avo indrindra amin'izay atambatr'izy ireo Aminy.

2- Mampidina ireoAnjely miaraka amin'ny fanambaranaIzy,avy amin'ny baikony, ho an'izay sitrany amin'ireo mpanompony: "Ampitandremonareo fatsy misy zanahary hafa ankoatra Ahy. Koa matahora Ahy àry ianareo".

3- Nahary ireo lanitra sy ny tany am-pahamarinana Izy. Ambony noho izay atambatr'izy ireo Aminy Izy.

4- Nahary ny olombelona amin'ny alalan'ny ranon'aina indray mitete Izy; ka indro izy lasa mpifanditra miharihary (amin'ny Tompony).

5- Ary ireo biby, nohariany ho anareo izany; ahazoanareo hafanana izany (ny fitafiana) sy tombontsoa maro hafa. Ary hihinana avy amin'izany koa ianareo.

6- Manome endrika anareo izy ireo raha entinareo amin'ny hariva, ary koa amin'ny maraina, rehefa mamoaka azy ireo ho eny amin'ny tanim-bilona ianareo.

7- Ary mitondra ny enta-mavesatrareo izy ireo, mankany amin'ny tanàna hafa izay tsy tonganareo raha tsy amin-kasarotana mafy. Marina tokoa fa ny Tomponareo, dia be Fitsimbinana sy be Indrafo.

8- Ary ireo soavaly, ireo ramole (mulets) sy ireo ampondra, mba hotaingenanareo sy ho haingo. Ary dia nahary izay tsy fantatrareo koa Izy.

9- Anjaran'i Allah no manoro ny làlana mahitsy (noho ny fahasoavany), nefa misy amin'izy ireo no miala amin'izany. Raha sitrany, dia notarihiny (amin'ny làlana mahitsy) avokoa ianareo rehetra.

10- Izy izay nampidina, avy an-danitra, ny rano izay ampiasainareo ho fisotro, ary avy amin'izany no hampitsiry ireo zavamaniry hamahananareo ireo biby fiompinareo.

11- Nampitsiry ho anareo avy amin'ny alalan'izany, ireo voly, ireo oliva, ireo hazo Palma, ireo voaloboka, sy ireo karazam-boankazo maro. Marina fa amin'izany dia tena misy porofo mazava ho an'ny vahoaka mandinika.

12- Ary nataony ho anareo ny alina sy ny antoandro, ny masoandro sy ny volana ary ny kintana, ary izy ireo dia manaraka ny baikony avokoa. Marina fa amin'izany dia tena misy ireoporofo mazava ho an'ny vahoaka misaina.

13- Ary amin'izay nohariany ho anareo eto ambonin'ny tany,izay samihafa loko. Marina fa amin'izany dia tena misy porofo mazava ho an'ny vahoaka mahatsiarotena.

14- Ary Izy no nanao ranomasina mba hihinanareo nofon-javatra vaovao, ary mba hamoahanareo avy amin'izany ny firavaka izay entinareo. Ary hahita ireo samboianao hamakivaky ny ranomasina, ary mba hitadiavanareo ny fahasoavany, ka angambaianareo hankasitraka.

15- Ary naoriny eo amin'ny tany ireo tendrombohitra tsy mihetsiketsika, mba tsy hihozongozonany (tany) sy ianareo miaraka aminy, ary ireo renirano sy ireo làlana maro ihany koa, mba hahafahanareo hifampitarika.

16- Ary koa ireo toeram-pamantarana, ka avy amin'ny alàlan'ireo kintana no hahafahan'izy ireo hifampitarika.

17- Moa ve izay namorona, dia hitovy amin'ireo izay tsy namorona na inona na inona? Moatsy tsaroanareo ve izany?

18- Ary raha mitanisa ny fahasoavana avy amin'i Allah ianareo, dia tsy ho voatanisanareo izany. Marina fa i Allah dia be Famelan-keloka sy be Indrafo.

19- Ary i Allah dia mahalala izay afeninareo, sy izay abaribarinareo.

20- Ary ireo izay antsoin'izy ireo ankoatra an'i Allah, dia tsy afaka mamorona na inona na inona, fa izy ireo aza dia noforonina (nohariana).

21- Maty izy ireo fa tsy velona; ary tsy mahafantatra izy ireo, farahoviana no hatsangana amin'ny maty izy ireo.

22- Ny Zanaharinareo dia Zanahary tokana.Fa ireo izay tsy mino ny any an-koatra kosa, ny fon'izy ireo dia feno fandàvana (ny Zanahary tokana), no sady manambony tena izy ireo.

23- Tsy misy isalasalana fa i Allah dia tena mahafantatra izay afenin'izy ireo, sy izay abaribarin'izy ireo. Ary marina fa Izy dia tsy tia ireo mpanambony tena.

24- Ary rehefa notenenina izy ireo hoe: "Inona no nampidinin'nyTomponareo?". Dia hoy izy ireo hoe:" Anganon'ireo fahiny!"

25- Aoka hizaka ny vesatry ny fahotany rehetra izy ireo, amin'ny Andro Fitsanganana (amin'ny maty), sy ny ampahany amin'ireo fahotan'olona novereziny, izay tsy fantany. Moa ve tsy izany no fahotana ratsy indrindra mianjady amin'izy ireo?

26- Efa nanao teti-dratsyireo niaina talohan'izy ireo,nefa tonga i Allah namotika ny fototry ny trano ratsiny. Ka nirodana teo ambonin'izy ireo ny tafo, ary tonga tamin'izy ireo ny famaizanatamin'ny fotoana tsy nampoizin'izy ireo.

27- Ary avy eo, amin'ny Andro Fitsanganana (amin'ny maty) dia ho alainy baraka izy ireo, ka hilaza Izy (amin'izy ireo) hoe: "Aiza Ireo mpiara-miombon'antoka Amiko izay nampisaraka anareo?".Hiteny ireo izay nahazo fahalalana hoe: "Ny fahafam-baraka sy ny loza dia mianjady amin'ireo tsy mpinoandroany".

28- Ireo izay alain'ny Anjely ny fofonainy, ka nanao ny tsy rariny tamin'ny tenany ihany, ary niaiky amim-pahamenarana izy ireo,(ka hiteny hoe): "Izahay dia tsy nanao ratsy mihitsy".Tsia! Tena marina fa i Allah dia mahalala tsara izay nataonareo.

29- Koa midira àry ianareo amin'ny varavaran'ny afobe, izay hitoeranareo mandrakizay ao aminy. Tena ratsy tokoa ny toeran'ireo mpanambony tena!

30- Ary hotenenina amin’ireo izay manam-patahorana hoe: “Inona no nampidinin’ny Tomponareo?”. Hamaly izy ireo hoe: “Ny tsara”.Ho an’ireo izay manao soa dia hahazo ny tsara eto ambonin’ny tany, fany fiainana any an-koatra no mendrika kokoa.Ary feno fahasambarana ny fonenan’ireo manam-patahorana!

31- Ireo zaridainan’i Edena izay misy reniranomikoriana ao ambaniny, no hidiran’izy ireo. Ho azon’izy ireo ao izay zavatra rehetra tadiaviny. Tahaka izany no hamalian’i Allah soa ireo manam-patahorana.

32- Ireo izay nalain’ny Anjely ny fofonainy, ka nanao ny tsara izy ireo.Dia hiteny izy ireo (Anjely) hoe: “Fiadanana anie ho anareo!”. Midira ao amin’ny Paradisa ianareo noho ny asa izay nataonareo”.

33- Moa ve hiandry izy ireo (tsy mpino) nyhahatongavan’ireo Anjely eo aminy,na koa ny hahatongavan’ny didin’ny Tomponao? Toy izany no nataon’ireo talohan’izy ireo.Tsy nanao ny tsy rariny tamin’izy ireo i Allah, fa izy ireo kosa no nanao ny tsy rariny tamin’ny tenan’izy ireo.

34- Ka nihatra tamin’izy ireo ny haratsian’ny asa nataon’izy ireo, ary nanarona azy ireo tanteraka izay noesoesoiny[93].

35- Ary niteny ireo izay nanakambana an’i Allah amin’ny zavatra hafa hoe: “Raha sitrak’i Allah dia tsy nanompo zavatra hafa izahay ankoatra Azy, na izahaynaireo razambenay; ary tsy nampifady na inona na inona izahay ankoatra izay nampifadiany”. Toy izany no nataon’ireo talohan’izy ireo. Moa ve manana adidy ireo Iraka afa-tsy ny fampielezana miharihary ihany.

36- Ary efa nandefa Iraka tokoa isaka ny vahoaka tsiraírayIzahay,(hiteny hoe): “Manompoa an’i Allah ianareo, ary halavironareo ny «Taghoty[94]»”. Koa nisy tamin’izy ireo izay notarihin’i Allah làlana, ary nisy tamin’izy ireo no mendrika ny fahaverezana. koamandehana ianareo manerana nytany, ka jereonareo, ahoana noniafaran’ireo nilaza (ireo Iraka) ho mpandainga.

37- Na diamiezaka mafy azaIanao amin’ny fitarihana azy ireo...Tena marina fa i Allah dia tsy hitari-dàlanaizay novereziny; ary tsy hanana mpanavotraizy ireo.

38- Ary mianianaamin’i Allah izy ireo amin’ny fianianana tena mafy hoe:“Tsy hanangana izay efa maty i Allah”. Tsia! Fa izanydiafampanantenana marina avy Aminy,fa ny ankamaroan’ny olonakosa dia tsy mahafantatra.

39- Mba hanazavany amin’ireo izay miady hevitra momba izany, sy mba hahafantaran’ireo izay tsy nino, fa izy ireo dia mpandaingatokoa.

40- Tena marina fa ny teninay amin’ny zavatra iray,raha tianay ny hisehoany, dia ny miteny hoe: “Misia”, dia misy izany.

41- Ary ireo izay nifindra-monina noho i Allah,rehefa avy niharan’ny tsy rariny, diahomenay nytoerana tsaraizy ireo eto amin’ny fiainana ambonin’ny tany.Ary ny valisoa any an-koatra no lehibe indrindra, raha fantatr’izy ireo izany.

42- Dia ireo izay niaritra mandrakariva,ka nametraka ny fitokisany tamin’ny Tompon’izy ireo.

[93]Izay noesoesoiny: naneso ny famaizana hihatra amin’ireo tsy mpino izy ireo.
[94]Taghoty: Sampy, Satana sy izay rehetra tompoina ankoatra an’i Allah.

43- Ary tsy nandefa Iraka talohanao Izahay raha tsy olombelona,izay nandefasanay ny fanambarana. Koa anontanio ireo manam-pahalalàna, raha toa ka tsy mahafantatra ianareo.
44- (Nalefanay izy ireo) niaraka tamin'ny porofo mazava sy ireo Boky masina. Ary izahay dia nampidina taminao ny fampahatsiahivana (Kor'any), mba hanazavanao amin'ireo olona izay nampidinina taminy. Ary angamba handinika izy Ireo.

45- Moa ve voaaro ireo izay nanao ny teti-dratsy, ka ho afaka hiala amin'ny fandetehan'i Allah azy ireo any anaty tany,na koa tsy hianjady amin'izy ireo ve ny famaizana,izay tsy ampoizin'izy ireo akory ny hahatongavany?

46- Na ho tratran'izany izy ireo eo am-perin'asa, ka tsy afaka handositra akory (amin'ny sazin'i Allah).

47- Na koa ho tratran'izany izy ireo ao anaty tahotra? Saingy tena be Fangorahana sy be Indrafò tokoa ny Tomponareo.

48- Tsy hitan'izy ireo ve izay zavatra noharian'i Allah, fany alok'izy ireny dia mirona miankavanana sy miankavia, amim-piankohofana eo anatrehan'i Allah, amim-panetrentena?

49- Ary eo anatrehan'i Allah no miankohoka izay rehetra eny amin'ireo lanitra sy ny ety an-tany,amin'ireo zava-manan'aina; ary koaireo Anjely,ka tsy manambony tena izy ireo.
50- Matahotra ny Tompony izy ireo, izay ambonin'izy ireo, arymanao izay andidiana azy (izy ireo).

51- Ary niteny i Allah hoe: "Aza manao zanahary roa ianareo. Tena marina fa Izy dia Zanahary Tokana, fa Izaho no atahory".

52- Ary Azy izay rehetra any amin'ireo lanitra sy ny ety an-tany, ary ho Azy ny fankatoavana mandrakizay. Moa hatahotra ankoatra an'i Allah veianareo?

53- Ary izay zava-tsoa rehetra anananareo dia avy amin'i Allah, ary rehefa tra-pahoriana ianareo dia Izy no hitalahoanareo amin'ny feo avo.

54- Avy eo, rehefa nesoriny teo aminareo ny fahoriana, dia indro misy andiany avy aminareo, mampikambana ny Tompon'izy ireo amin'ny hafa.

55- Tsy mankasitraka tokoa izay nomenay azy izy ireo.Mifalia àry ianareo (amin'ny fotoana fohy). Tsy ho ela dia ho fantatrareo...

56- Ary dia nataon'izy ireo ho an'izay tsy fantany akory (ireo sampy) ny ampahany amin'ireo fananana natolotray ho azy ireo. Mba marina eo anatrehan'i Allah!Hanontaniana tokoa mikasika izay noforoninareo ianareo.

57- Ary nataon'izy ireo ho manan-janakavavy i Allah. Ho Azy anie ny Voninahitra! Ka ho azy ireo ihany izay iriany.

58- Raha ilazana vaovao fa nahazo zanakavavy ny iray amin'izy ireo, dia mihamaloka ny endriny ary tezitra mafy izy.
59- Miafina amin'ny vahoaka izy noho ny vaovao ratsy nolazaina taminy (araka ny fiheverany). Tokony ho tazonina ve izany na dia eo aza ny henatra, sa handevina azy any ambanin'ny tany? Toy inona ny faharatsian'ny fitsaran'izy ireo!

60- Ireo izay tsy mino ny fiainana any an-koatra, dia manome ohatra ratsy.Nefa an'i Allah irery ihany ny ohatra ambony indrindra, fa Izy no Ilay Tsitoha, Ilay Hendry!

61- Raha raisin'i Allah ny olombelona amin'ny tsy rariny izay nataon'izy ireo, dia tsy hisy tavela mihitsy ny zava-manan'aina eto an-tany, saingy manemotra izany ho azy ireo amin'ny fotoana voafetra Izy. Fa raha tonga ny fe-potoana, dia tsy ho azon'izy ireo hahemotra na haroso, na dia ora iray monja aza.

62- Ary ataon'izy ireo ho an'i Allah izay tsy tian'izy ireo ho azy. Milaza lainga ny lelany rehefa milaza izy ireo fa ny valisoa tsara indrindra dia ho azy ireo. Tsy isalasalana fa tena ho azy ireo ny afobe, ary ho avela ao mandrakizay izy ireo.

63- Mba marina eo anatrehan'i Allah! Izahay dia nandefa (iraka) tokoatamin'ireo vahoaka teo alohanao.Nefa nohatsarain'ny satana izay nataon'izy ireo, izy no mpiahy azy ireo ankehitriny.Koa dia hahazo famaizana mangirifiry izy ireo (any an-koatra).

64- Ary tsy nampidina teo aminao ny Boky Izahay, raha tsy ny hanazavanao amin'izy ireo izay nifandiran'izy ireo, sy tari-dàlana ary famindram-po ho an'ireo vahoaka mino.

65- Ary i Allah no nampidina avy eny an-danitra ny rano, mba hamelomany indray ny tany aorian'ny fahafatesany. Tena marina fa ao anatin'izany, dia misy famantarana hoan'ireo vahoaka izay mihaino.

66- Misy fampianarana ho anareo tokoa amin'ireo biby. Hampisotro anareo Izahay izay avy ao an-kibony, nalaina avy amin'ny fifangaroan'ny sakafo voalevona sy rà, ny ronono madio,mahafinaritra hoan'ny mpisotro azy.

67- Amin'ny voan'ny palma sy ireo voaloboka no hakanareo zava-pisotro mahamamo, sy sakafo tsara dia tsara.Tena marina fa ao anatin'izany dia misy famantarana ho an'ireo vahoaka izay misaina.

68- Ary nanambara tamin'ireo tantelyny Tomponao hoe: "Manaova fonenana eny an-tendrombohitra ianareo, amin'ny hazo ary koa amin'ny zavatra vitan'ny olombelona".

69- Avy eo mihinàna ianareo amin'ny karazam-boankazo rehetra, ka manaraha ny làlan'ny Tomponareo, izay namorainy ho anareo.Mivoaka avy ao an-kibon'izy ireony zava-pisotro miloko maro samihafa,izaymisy fanasitranana ho an'ny olona.Tena marina fa ao anatin'izany dia misy famantarana ho an'ny vahoaka izay mandinika.

70-Ary i Allah no nahary anareo! Ary Izy ihany koa no mandray ny fofon'ainareo, ka misy aminareo no miaina tratry ny fahanterana, hany ka tsy mahalala na inona na inona intsony, taorian'ny nananany fahalalana. Marina fa i Allah dia be Fahalalana sy Manam-pahefana amin'ny zava-drehetra.

71- Aryi Allah dia nanome tombontsoa mihoatra ny hafa ny sasany taminareo eo amin'ny (fizarana) fahasoavany. Fa ireo izay nahazo tombontsoa feno,dia tsy voatery hanome ny anjarany indray ho an'ireo andevony ka hitovy aminy. Handàny fahasoavan'i Allah ve izy ireo?

72- Ary i Allah dia nanao vady ho anareo avy tamin'ny tenanareo, ary avy amin'ny vadinareo dia nanome anareo zanaka sy zafy Izy. Ary nomeny anjara fivelomana tsara ianareo. Moa ve ny diso no hinoan'izy ireo, ary ny fahasoavan'i Allah notsy ankasitrahan'izy ireo?

73- Ary manompoankoatra an'i Allah izy ireo, izay tsy afaka hanome azy ireo anjara fivelomana akory avy amin'ireo lanitra sy ny tany, no sady tsy afaka manao na inona na inona.

74- Koa aoka ianareo tsy hamorona izay ampitovianaamin'i Allah. Tena marina fai Allah dia Mahalala, fa ianareo kosa tsy mahalala.

75- Nanome fanoharana i Allah amin'ny mpanompo iray, izay manan-tompo,tsy manam-pahefana na amin'inona na amin'inona, ary (lehilahy) iray izay notoloranay fanomezana tsara, ka manao fandaniana amin'izanyizy namiafinana miharihary.Moa ve mitovy izy(roa) ireo? Dera anie ho an'i Allah! Fa ny ankamaroan'izy ireo dia tsy mahalala.

76- Ary nanome fanoharanaamin'ny lehilahy roa i Allah: ny iray amin'izy ireo moana, tsy afa-manaona inona na inona, fa ny tompony no miantoka azy; na aiza na aiza andefasany azy, dia tsy mba misy zava-tsoa entiny, moa hitovy amin'izay mandidy amin'ny fahamarinana,sy amin'ny làlana mahitsy ve izy?

77- Ary an'i Allah ny zava-miafin'ireo lanitra sy ny tany. Ary ny didy mahakasika ny Ora dia tsy inona akory, fa toy ny indray mipimaso monja na haingana kokoa noho izany! Marina fa i Allah dia Manam-pahefana amin'ny zava-drehetra.

78- Ary i Allah dia namoaka anareo avy tao an-kibon-dreninareo, ka tsy misy zavatra fantatrareo akory, ary nataony teo aminareo ny fandrenesana sy ny fahitana ary ny fò, angamba hahay ankasitrakaianareo.

79- Tsy mba hitan'izy ireo veireo vorona afa-manidina eny amin'ny habakabaka, tsy misy mitazona azy ireny raha tsy i Allah. Tena marina fa ao anatin'izany dia misyporofomaro ho an'ireo vahoaka izay mino.

80- Ary nataon'i Allah fonenana ho anareo ny tranonareo, ary nataony ho anareo ny trano vita amin'ny hodi-biby, izay maivana ho anareo amin'ny andro andehananareo sy amin'ny andro ipetrahanareo. Ary avy amin'ny volon'izy ireo sy ny rambon'izy ireo, ary ny vombon'izy ireo, (hanaovanareo) ireofanaka sy fitaovana izay hifalianareo mandritra ny fotoana voafetra.

81- Ary i Allah dia nanao avy amin'izay nohariany ny alokaho anareo. Ary nataony ho anareo ny tendrombohitra ho fialofana. Ary nataony ho anareo ny akanjo ho fiarovana amin'ny hafanana, ary koa ny akanjo (vy) miaro anareo amin'ny lozan'ny ady.Tahaka izany no hamenoany ny fahasoavany eo aminareo, angamba ianareo hanetritena.

82- Raha mitodi-damosina izy ireo...ny tena adidinao dia ny fampitana ny hafatra mazava tsara.

83- Mahafantatra ny fahasoavan'i Allah izy ireo. Avy eo, dialavin'izy ireo izany. Ary ny ankamaroan'izy ireo dia tsy mankasitraka.

84- Ary amin'ny andro izay hananganana vavolombelona avy amin'ny vahoaka tsirairay, ary tsy omena alàlana (hialatsiny) intsony ireo tsy mpino, ary tsy angatahana hiverina (amin'izay nahatezitra an'i Allah) izy ireo.

85- Ary rehefa hitan'ireo mpanao ny tsy rariny ny famaizana, dia tsy hahazo fanalefahana amin'izany izy ireo, ary tsy hahazo fialan-tsasatra ihany koa.

86- Ary raha hitan'ireo mpampikambana an'i Allah amin'ny zavatra hafa ireo mpiara-miombon'antoka (sampy) amin'izy ireo, dia hiteny izy ireo hoe: "Tomponay ô! Ireo no mpiara-miombon'antoka aminay izay nitalahoanay ankoatra Anao".Dia hamaly izy ireo (ireo mpiara-miombon'antoka) hoe: "Tena mpandainga tokoa ianareo".

87- Ary hatolotr'izy ireo ho an'i Allah amin'io andro io ny fankatoavana, aryhiala azy ireo izay noforoniny.

88- Ireo izay tsy nino sy nisakana ny làlan'i Allah, dia ampitomboinay ny famaizana azy ireo ambon'ny famaizana (mendrika azy ireo), noho ny asa fanimbana izay nataony.

89- Ary amin'ny andro izay hanangananay vavolombelonaavy amin'ny vahoaka tsirairayhanohitra azy ireo.Ary hoentinay ho vavolombelona ianao (Mohamamad) hanohitra azy Ireo. Ary nampidininay taminao ny Boky ho fanazavana ny zava-drehetra sy tari-dàlana, famindram-pò ary vaovao mahafaly ho an'ny mpino mpanetry tena.

90- Tena marina fa Allah dia mandidy ny rariny, sy ny fanaovan-tsoa ary ny fanampiana ireo havana akaiky. Fa mandrara kosa ny vetaveta, sy ny asa ratsy ary ny fikomiana. Mananatra anareo Izy, angamba ianareo hahatsiaro tena.

91- Ary tanterahonareo ny fifanekena amin'i Allah rehefamanao fifanekena Aminy ianareo. Ary aza mandika ny fianianana nataonareo, rehefa avy nanao izany ankarihary sy nandray an'i Allah ho Mpiantoka. Marina fa i Allah dia mahafantatra tokoa izay ataonareo.

92- Aza manao tahaka ny vehivavyizay nandrava tsirairay ny tadim-panenomany efa nafatotra mafy ianareo, ka mampiasa ny fianiananareo ho fitaovam-pamitahana aminareo samy anareo, noho ny fahitanareo vahoaka maro an'isa sy mantanjaka noho ny hafa. Ho fitsapana anareo ihany no nanaovan'i Allah izany. Ary marina fa hasehony mazava tsara aminareo, amin'ny Andro Fitsanganana (amin'ny maty) izay rehetra nampifanditra anareo.

93- Raha sitrak'i Allah, dia nataony tokoa ho vahoaka iray ihanyianareo. Kanefa mamery izay sitrany hoverezina Izy, sy mitarika izay sitrany hotarihina. Ary marina fa hanontaniana ianareo amin'izay nataonareo.

94- Ary aza mampiasa ny fianiananareo ho fitaovam-pamitahana aminareo samy ianareo, raha tsy izany, dia hibolisatra ny tongotra rehefa avy namahatra tsara.Ary hanandrana ny fahoriana ianareo, noho ny fisakananareo ny làlan'i Allah. Ary hahazo famaizana goavana ianareo.

95- Ary aza mivarotra mora ny fifanekena nifanaovana tamin'i Allah ianareo. Marina fa tsara kokoa ho anareo izay eo anatrehan'i Allah, raha fantatrareo izany.

96- Izay rehetra ananananareo dia ho ritra, fa ny eo amin'i Allah kosa dia maharitra. Ary tena homenay valisoa mendrika noho ny asa tsara izay nataony,ireo izay nanam-paharetana.

97- Na izana iza manao asa soa, lahy na vavy, nosady mpino, dia tena hovelominay amin'ny fiainana tsara izy. Ary homenay valisoa mendrika mihoatra ny asa izay nataony izy ireo.

98- Raha hamaky ny Kor'any ianao, dia mangataha amin'i Allah ny fiarovana amin'ilay satana voaozona.

99- Tena marina fa izy (satana) dia tsy manam-pahefana amin'ireo izay mino sy amin'izay nametraka ny fitokisany amin'ny Tompon'izy ireo.

100- Ny marina anefa, ny fahefany dia amin'ireo izay eo ambany fiahiany sy izay manana zanahary maro (ireo mpanompo sampy).

101- Ary rehefa manolo ny andian-teny iray amin'ny toeran'ny andian-teny iray hafa Izahay, ary i Allah dia tena mahalala izay nampidininy. Niteny izy ireo hoe: "Marina fa ianao dia tena mpamoron-dainga". Kanefa ny ankamaroan'izy ireo dia tsy mahafantatra.

102- Teneno hoe: "Ilay Fanahy masina (Anjely Gabriely) avy amin'ny Tomponao no nampidina izany tamim-pahamarinana, mba hanamafy orina ireo izay nino, sy tari-dàlana ary koa vaovao mahafaly hoan'ireo mpanetritena.

103- Ary efa mahafantatra Izahay, fa izy ireo dia hiteny hoe: "Olombelonaihany no mampianatra azy".Ny fiteny izay ampiasain'izy ireo amin'izany dia fiteny vahiny (tsy teny arabo), ity anefa dia teny arabo mazavatsara.

104- Marina fa ireo izay tsy mino ny andian-tenin'i Allah; dia tsy hitari-dàlana azy ireo i Allah. Ary ho azy ireo koa ny famaizana mangirifiry.

105- Tena marina fa ireo mamorona ny lainga, dia ireo izay tsy mino ny andian-tenin'i Allah,ary izy ireny no mpandainga.

106- Na iza na izanitsipaka an'i Allah aorian'ny finoany... afa-tsy izay noterena,nefa ny fony dia feno fahatoniana amin'ny finoana, nefa ireo izay manokatra an-tsitrapò ny fòny amin'ny tsy finoana, dia hianjady amin'izy ireo ny hatezerana avy amin'i Allah, ary ho azy ireo ny famaizana lehibe.

107- Izany (no miseho), dia satria, nankafý ny fiainana an-tany izy ireo noho ny any an-koatra. Ary tena marina fa i Allah dia tsy mitari-dàlana ny vahoaka tsy mpino.

108- Izy ireny no notampenan'i Allah ny fòny, ny fandrenesany aryny fahitany. Ary izy ireny no(olona)tsy mitandrina.

109- Tsy isalasana fa izy irenyno matiantokaany an-koatra.

110- Fa ny Tomponao tokoa, ho an'ireo izay nifindra-monina taorian'ny fitsapana nianjadytamin'izy ireo, avy eo niady (tamin'ny làlan'i Allah) sy niaritra...ny Tomponao aorian'izany dia tena Mpamela heloka sy be Indrafo.

111- (Tsarovy)ny Andro izay hahatongavan'ny fanahy tsirairay, hiaro ny tenany, ary hovaliana amin'nyasa izay nataony ny tsirairay, ka tsy hiangarana izy ireo.

112- Ary nanao fanoharanatanàna iray Allah: tao anatin'ny fitoniana sy filaminana tanteraka; ka tonga betsaka taminy ny anjara fivelomany avy amin'ny toerana rehetra. Ka tsy nankasitraka ny fahasoavan'i Allah (ireo tao an-tanàna). Koa dia nampanandraman'i Allah azy ireo ny hanoanana sy ny tahotra, noho ny nataon'izy ireo.

113- Ary tena efa tonga tamin’izy ireo ny Iraka avy amin’izy ireo ihany, ka nataon’izy ireo hompandainga izy. Ary dia nianjady tamin’izy ireo ny famaizananohoizy ireo mpanao ny tsy rariny.

114- Koa mihinàna àryianareo amin’izayanjara fivelomana nomen’i Allah anareo,amin’izay tsy voararasy tsara. Arymisaora amin’ny fahasoavan’i Allah ianareo, raha Izy tokoa no tompoinareo.

115- Tena marina fa ireo zava-boarara ho anareo dia ny biby maty ho azy, ny rà, ny henan-kisoa, ary (ny biby) izay niantsoana ny anarana hafa ankoatra an’i Allah. Nefa na iza na iza tratran’ny tsy azo anoharana, ka tsy mitsipaka ary tsy mandika làlana... marina fa i Allah dia Mpamela heloka sy be Indrafo.

116- Ary aza miteny, araka ny lainga izay tenenin’ny lelanareoianareo, hoe: «Ity dia azo atao “Halal”, ary ity dia voarara “Haram”», mba hamoronanareo lainga amin’i Allah. Tena marina, faireo izay mamorona lainga momba an’i Allah dia tsy hahita fahombiazana.

117- Fahafinaretana kely (ho azy ireo) izany, kanefa ho azy ireo ny famaizana mangirifiry.

118- Tamin’ireoJiosy, noraranay (azy ireo) izay efa notantarainay taminao (teo aloha). Tsy nanao ny tsy rariny tamin’izy ireo Izahay, fa izy ireo ihany no nanao ny tsy rariny tamin’ny tenany.

119- Fa ny Tomponao tokoa,ho an’ireo izay nanao ny asa ratsy tamin’ny habadoana, avy eo dia nibebaka taorian’izany, sy nanarina ny fitondrantenany izy ireo...ny Tomponao aorian’izany dia tena Mpamela heloka sy be Indrafo.

120- Marina fa i Ibrahimo diaMpitarika tonga lafatra.Mpankatò an’i Allah izy, tao anatin’ny fanompoana an’i Allah tokana, ary tsy mba anisan’ireo mpampikambana an’i Allah amin’ny zavatra hafa.

121- Nahay nankasitraka ireo fahasoavany izy, ka nosafidiany sy notarihiny làlanaizy mankany amin’ny làlana mahitsy.

122- Ary nomenay anjara tsaraizy teto an-tany. Marina fa izy dia ho isan’ireo olo-mendrika tokoa any an-koatra.

123- Avy eo dia nandefa fanambarana taminao Izahay:“Araho ny fivavahan’i Ibrahimo amin’ny fanompoana an’i Allah tokana, ary izy dia tsy mba anisan’ireo mpampikambana an’i Allah amin’ny hafa”.

124- Marina fa natao ny andro sabata, ho an’ireo izay nifanditra mombaizany. Fa ny Tomponao, dia hitsara tokoa azy ireo amin’ny Andro Fitsanganana,momba izay nifandiran’izy ireo.

125- Miantsoaho amin’ny làlan’ny Tomponao, amim-pahendrena sy amin’ny fananarana tsaraIanao. Ary miadia hevitra amin’izy ireo ianao amin’ny fomba mendrika indrindra. Marina fa ny Tomponao notena mahalala izay niala ny làlany, ary Izy ihany koa no mahalala ireo voatari-dàlana.

126-Ary raha manasazy ianareo, dia ampiharo aminy ny sazy mitovy amin’izay (heloka) nataony taminareo. Faraha miaritra ianareo...izany no tena tsara kokoa ho an’izay manam-paharetana.

127- Mahareta! Ary tsy hanam-paharetana ianao raha tsy avy amin'i Allah.Koa aza malahelo azy ireo ianao, ary aza mitebiteby noho ny teti-dratsin'izy ireo.

128- Marina fa i Allah dia miaraka amin'ireo izay matahotra (Azy), sy ireo mpanao asa soa.

## TOKO:17

## SORATRA: NY DIA LAVITRA AMIN’NY ALINA

## (AL-ISRA)

## ANDININY:111

## NIDINA TAO MAKKAH

Amin’ny anaran’i Allah, Ilay be Fiantrana, Ilay be Indrafo.

1- Voninahitra ho an’Ilay nampandeha ny Mpanompony (Mohammad) tamin’ny alina, avy tao amin’ny Al-Masjid Al-Haràm (ao Makka), ka hatrany amin’ny Al-Masjid Al-Aksà[95], izay nosoavinay ny manodidina azy, mba hanehoanay aminy ny fahagagana avyAminay.Marina fa Izy no tena mandre symahita ny zava-drehetra.

2- Ary nomenay an’i Moussa (Mosesy) ny Boky, ary nataonay ho tari-dàlana ho an’ny zanak’Israelyizany:“Aza maka Mpiahy ankoatra Ahy ianareo”.

3- (Ô ianareo) taranaka izay nentinay niaraka tamin’i Noa (tao anaty sambofiara)! Izy (Noa) dia tena mpanompo mpankasitraka tokoa.

4- Ary nataonay didy tamin’nyzanak’Israely tao amin’ny Boky (Taoraty) hoe:“Tena hanao fanimbana eto ambonin’ny tanyin-droa miantoana ianareo, ary handika làlana amin’ny fomba diso tafahoatra ianareo”.

5- Nony tonga ny fanatanterahana ny voalohany tamin’ireo (faminaniana)anankiroa, dia nalefanay nanohitra anareo ny sasan-tsasany tamin’ireompanomponay, manana tanjaka mahery, izay niditra tamin’ireo trano fonenana. Dia tanteraka tokoa ny faminaniana (voalohany).

6- Avy eo, dia naverinay taminareo ny tanjaka hamaly faty azy ireo, ary nampitomboinay tanjaka ianareo tamin’ny fananana harena sy zanaka. Ka nataonay vahoaka maro an’isa kokoa ianareo.

7- Raha manao ny tsara ianareo, dia nanao tsara tamin’ny tenanareo ihany; ary raha manao ny ratsy ianareo dia ho anareo ihany. Ary rehefa tonga ny faminaniana farany, dia ny mba hampahorian’izy ireo ny endrikareo, symba hidiran’izy ireo ao amin’ny Al-Masdjid (toeram-pivavahana) tahaka ny nidiran’izy ireo tamin’ny voalohany, ary ny mbahanimbàn’izy ireo tanteraka izay voababon’izy ireo.

8- Angambahamindrafò aminareo ny Tomponareo (raha mibebaka ianareo). Nefaraha miverina (amin’ny fahotana) ianareo, dia hiverina ihany koa izahay (amin’ny fanasaziana). Ary nataonay toeram-pigadrana ny afobe, ho an’ireo tsy mpino.

9- Marina fa ity Kor’any ity diamitari-dàlana ho amin’ny fahitsiana kokoa, ary milaza vaovao mahafaly ho an’ireo mpino izay manao ny soa; fa tena ho azy ireo tokoa ny valisoa lehibe.

10- Ary marina fa ireo izay tsy mino ny any an-koatrakosa, dia homaninay ho azy ireo ny famaizana mangirifiry.

[95] Al-Masjid Al-Aksà: Ilay Moske lavitra indrindra. Moske ao Jerosalema

11- Ary miantso ny ratsyny olombelona tahaka ny fiantsoany ny tsara. Satria ny olombelona dia maika mandrakariva.
12- Ary nataonay ny alina sy ny andro ho famantarana roa; ka nofafanay ny famantaran'ny alina, ary nataonay hohitamaso ny famantaran'ny andro mba hitadiavanareo ny fahasoavana avy amin'ny Tomponareo, sy hahafantaranareo ny isan'ny taona, ary nyfanisana ny fotoana.Ary ny zava-drehetra dia nohazavainay amin'ny antsipiriany.

13- Ary nafatotray eo ambozon'ny olona tsirairay avy ny asany. Ary amin'ny Andro Fitsanganana (amin'ny maty),dia hamoahanay boky izyho hitany mivelatra eo anoloany.

14- "Vakio ny bokinao. Ampyho anao ny tenanaoandroany, hompitsara ny tenanao ihany".

15- Na izana iza nizotra tamin'ny làlana mahitsy, dia nanitsy ny tenany ihany. Ary na iza na iza nizotra tamin'ny làlan'nyfahaverezana, dia namery ny tenany ihany. Ary tsy hisy hitondra ny enta-mavesatry ny hafa. Ary izahay dia tsy manasazy mihitsy (ny vahoaka iray) raha tsy efa nandefasanay Iraka teo aminy.

16- Ary raha te-handringana tanàna iray Izahay, dia omenay baiko ireo olona manan-karena ao aminy (mba hanaraka ny didinay), nefa dia mirona amin'ny tsy fanarahan-dalàna izy ireo. Noho izany dia tanteraka amin'izy ireo ny teny(famaizana), ka ravainay tanteraka izy (ilay tanàna).

17- Ary firifiry moa ireo taranaka izay naringanay taorian'i Noa! Aryampyamin'ny fahafantarana sy fahitana ny fahotan'ny mpanomponyny Tomponao.

18- Na iza na iza maniry ny haingana (ny fiainany eto an-tany), dia hafainganinay ho azy izaysitrakay, amin'izay tianay. Avy eo diahataonay ho azy ny afobe, ka hiditra ao izy,voaeso sy voatositosika.

19- Ary na iza na iza maniry ny any an-koatra, sy miezaka mankany amin'izany,no sady mpino... ny ezak'izy ireny dia hankasitrahina.

20- Ny tsirairay dia hampianay, na ny andaniny na ny ankilany,amin'ny fanomezan'ny Tomponao. Ary tsy holavina (na amin'iza na amin'iza)ny fanomezana avy amin'ny Tomponao.

21- Jereo fa ahoana àry ny fanomezanay tombony ny sasany amin'izy ireo,mihoatra ny sasany hafa!Ary ny any an-koatra dia ambony kokoa amin'ny laharana sy amin'nyfahamendrehana.

22- Aza atao mihitsy ny mampitambatra an'i Allah amin'ny zanahary hafa; raha tsy izany dia hipetraka hovoaeso ianao sy ilaozana.

23- Ary nandidy ny Tomponao hoe:"Aza manompo afa-tsy Izy ihanyianareo;ary manaova soa amin'ireo Ray aman-dreny. Raha tratran'ny fahanterany eo anatrehanao ny iray amin'izy ireo,na izy roa mihitsy,dia aza miteny amin'izy ireo hoe: "Eisy!", ary aza mandrahona azy ireo ianao, ary mitenena amin'izy ireo teny feno fanajana.

24- Ary milefera tanteraka amin'izy ireo ianao amin'ny alàlan'ny famindram-pò, ary mitenena hoe: "Tompo ô! Mamindrà fò amin'izy roa ireo Ianao,tahaka nynitaizan'izy ireo ahy fony mbola kely".

25- Ny Tomponareo dia mahalala indrindra izay ao amin'ny tenanareo. Raha tsara fanahy ianareo, dia tena Mpamela heloka tokoa Izy ho an'ireo izay miverina (mibebaka)Aminy.

26- Ary omeo an'ireo havana akaiky ny zony, ary koa ny mahantra sy ny mpandeha lavitra. Ary aza manao ny fandanindaniam-poana.

27- Marina fa ireo mpandanindany foana dia rahalahin'ireo satana, ary nysatana dia tenampandà ny Tompony.

28- Ary raha misintakaazy ireo ianao, amin'ny fitadiavana ny famindram-pòn'ny Tomponao izay antenainao, dia manaova teny malefaka amin'izy ireo ianao.

29- Ary aza ataovoafatotra eo amin'ny vozonaony tànanao (noho ny fahihirana), ary aza velarina malalaka loatra ihany koa, raha tsy izany dia ho voan-tsiny syhaneninaianao.

30- Tena marina fany Tomponao dia mizara malalaka ny anjara fivelomana amin'izay sitrany,ary mametra izany ihany koa. Tena mahalala sy mahita ny amin'ireo mpanompony Izy.

31- Ary aza vonoinany zanakareo noho ny fatahorana ny fahantrana. Izahay no manome ny anjara fivelomana ho azy ireo, toy izany koa ny anareo.Tena marina fa ny famonoana azy ireo dia hadisoana lehibe.

32- Ary aza manakaiky ny fijangajangana mihitsy ianareo. Marina fa izany dia fahavetavetana sy tena làlana ratsy tokoa!

33- Ary aza mamono ny aina izay nofadian'i Allah ianareo, raha tsy amim-pahamarinana. Ka na iza na iza novonoina tsy ara-drariny, dia homenay fahefana ny havany, ka aoka izy tsy hihoa-pampana amin'ny famonoana, satria tena ho voavonjy (amin'ny alalan'ny lalàna) izy.

34- Ary aza manakaiky ny harenan'ny kamboty ianareo, afa-tsy amin'izay fomba mendrika indrindra, mandra-pahaleony tena. Ary tanterahonareo ny fifanarahana,marina fany fifanarahana dia ho anontaniana.

35- Ary ataovy feno tsara ny famarana, raha mamatra ianareo, ary mandanjà amin'ny fandanjana marina ianareo,faizany no tsara (ho anareo), ary tena mendrika kokoa ny vokany.

36- Ary aza manaraka izay tsy anananao fahalalana ianao. Marina fa ny fandrenesana, ny fahitana, ny fò,izy rehetra ireny dia ho anontaniana ny olombelona avokoa.

37- Ary aza manitsaka eny amin'ny tany amim-pireharehana ianao, marina fa ianao dia tsy hahavaky ny tany mihitsy, ary tsy hahatratra na oviana na oviana ny haavon'ny tendrombohitra ianao.

38- Izany rehetra izany, diaankahalain'nyTomponao izay ratsy aminy.

39- Izany dia anisan'izay nambaran'ny Tomponao taminao momba ny fahendrena. Ary aza atao mihitsy ny mampitambatra an'i Allah amin'ny zanahary hafa,raha tsy izany dia hatoraka ao anatin'ny afobe ianao; voarahona sy voatosika.

40- Moa ve ny Tomponareo nanokana ho anareo ny zazalahy, fa nandrayzazavavy ho Azy kosa Izy amin'ireo Anjely? Marina fa ianareo dia miteny teny tsy mendrika tokoa.

41- Tena efa namelabelatra (ny zava-drehetra) ao anatin'ity Kor'any ity Izahay,mba hieritreretan'izy ireo. Nefa (izany) dia tsy nampitombo afa-tsy ny fanalaviran'izy ireo (ny marina).

42- Teneno hoe: "Raha nisy zanahary hafa miaraka Aminy (Allah), araka ny filazan'izy ireo, dia ho nitady làlana izy ireo mba ho Tompon'ilay Seza fiandrianana.

43- Azy ny fahadiovana!Ary Izy Ilay Avoindrindra,ambony lavitra noho izay lazain'izy ireo.

44- Mankalaza ny Voninahinyireo lanitra fito sy ny tany, ary izay rehetra eo aminy. Tsy misy na inona na inona, ka tsy mankalaza ny voninahiny sy ny fiderana Azy. Kanefa tsy fantatrareo ny fomba fideran'izy ireo Azy. Izy dia tena be Fangorahana sy be Famelankeloka tokoa.

45- Ary rehefa mamaky ny Kor'anyianao, dia apetrakay manelanelana anao sy ireo izay tsy mino ny any an-koatra,ny voaly tsy hitamaso.

46- Ary nasianay sarona ny fon'izy ireo, mba tsy hahazoan'izy ireo azy (ny Kor'any), ary amin'ny sofin'izy ireo dia nasianay havesarana. Ary raha mahatsiaro ny Tomponao ilay Tokana ianao, amin'ny alàlan'ny Kor'any, dia mitodi-damosina izy ireoamim-paharikorikoana.

47- Izahay dia tena mahafantatra tokoa izay henoin'izy ireo,rehefa mihaino anao izy ireo, ary rehefamifampibitsibitsika izy ireo, ka miteny ireo mpanao ny tsy rariny hoe: "Ianareo dia tsy manaraka afa-tsy ny olona voan'ny famosaviana ihany".

48- Jereo ahoana ny fanoharana ataon'izy ireo Anao! Very làlana tokoa izy ireo, ka tsy afaka mahitalàlana intsony (mankany amin'ny fahamarinana).

49- Ary niteny izy ireo hoe: "Rehefa lasa taolana sy vovoka izahay, dia mbola hatsangana marina ka haverina ho olombelona vaovao indray ve?"

50- Teneno hoe: "Aoka ho vato na ho vy ianareo".

51- Naho zavaboahary hafa izay heverinareo fa lehibe ao amin'ny fonareo...! Ary dia mbola hiteny izy ireo hoe: "Iza àry no hamerina anay indray avy eo?" Teneno hoe: "Izay nahary anareo voalohany tany am-piandohàna".Hanifikifi-doha aminao izy ireo sy hiteny hoe: "Rahoviana izany?".Ka teneno hoe: "Angamba tsy ho ela intsony izany".

52- Ny andro izay hiantsoany anareo, dia hamaly am-piderana Azy ianareo. Ary hihevitra ianareo, fa fotoana kely ihany no nijanonanareo[96] (tao am-pasana).

53- Ary tenenoamin'ireo mpanompoko mba hiteny ny (teny) izay tena tsara. Marina fa ny satana dia mamafy korontana eo amin'izy ireo. Hamafisina, fa ny satana dia fahavalo miharihary ho an'ny olombelona.

54- Ny Tomponareo dia mahalala anareo tokoa. Raha sitrany dia hamindrafò aminareo Izy, ary raha sitrany dia hofaiziny ihany koa ianareo, ary tsy nalefanayho mpiantoka azy ireo ianao.

55- Ary ny Tomponao dia mahalala tokoa izay eny amin'ireo lanitra sy ny tany. Ary efa nomenay tombonykokoa ny sasany tamin'ireo Mpaminany noho ny sasany hafa, ary dia nomenay an'i Daoda (Davida) ny «Zabora».

[96] Fotoana kely ihany no nijanonanareo: tao am-pasana, na koa teny ambonin'ny tany.

56- Teneno hoe: “Antsoinareo ireo izay heverinareo (ho zanahary) ankoatra Azy, fa tsy afaka hanala ny fahorianareo izy ireo, na hamily izany.

57- Na ireo izay antsoin’izy ireo aza,diamitady amin’ny Tompon’izy ireo ny fomba hanatonana Azy bebe kokoa. Ary manantena ny famindram-pòny izy ireo sy matahotra ny famaizany.Marina fa ny famaizan’ny Tomponao dia atahorana tokoa.

58- Tsy misy tanàna (tsy nino) raha tsy haringanay alohan’ny andro fitsanganana amin’ny maty, na hofaizinay amin’ny famaizana mangirifiry. Voarakitra tsara ao amin’ny Boky izany.

59- Ary tsy misy nisakana anay handefa fahagagana mihitsy raha tsy nyfiampangan’ireo vahoaka taloha an’izanyho lainga. Ary efa nomenay (an’ireo vahoaka) Tamody ny rameva vavy (izay fahagagana) hitamaso; saingy nanaovan’izy ireo ny tsy rariny izany. Ary tsy mandefa ireo fahagagana izahay raha tsy ho fampitahorana.

60- Ary rehefa noteneninay ianao, fa ny Tomponao tokoa dia mamehy ny olombelona rehetra. Ary tsynasehonay taminao ny fahitana (ny fahagagana),raha tsy fitsapana ho an’ireo olona ihany,toy ny hazo voaozona ao amin’ny Kor’any. Ary ampitahorinay izy ireo, nefa izany dia vao mainka mampitombo hoazy ireo ny fihoaram-pefy lehibe.

61- Ary rehefa niteny Izahay tamin’ireo Anjely hoe: “Miankohofa amin’i Adama ianareo”, dia niankohoka avokoa izy ireo,afa-tsy Iblisy (satana) izay niteny hoe: “Hiankohoka amin’izay namboarinao avy amin’ny tanimanga ve aho?”.

62- Niteny indray izy hoe: “Hitanao veilay nomenao haja ambony kokoa noho izaho? Raha mba omenao fotoana aho hatramin’ny Andro Fitsanganana (amin’ny maty), dia hanjakako tanteraka ireo taranany, afa-tsy ny ankavitsiana (amin’izy ireo)”.

63- Niteny Izy (Allah) hoe: “Mandehana ianao! Fa na izana iza manaraka anao amin’izy ireo... dia ny afobe no tena hamaliako anareo, valiny lehibe tokoa izany.

64- “Sintony amin’ny alalan’ny feonao, izay tratranao amin’izy ireo, ary angony ireo miaramilanao mpitaingin-tsoavalysy ireo mpandeha tongotra, hanohitra azy ireo, mikambàna amin’izy ireo ianao amin’ireo fananana sy amin’ireo zanaka, ary omeo fampanantenana izy ireo”.Ary tsy manome fampanantenàna azy ireony satana raha tsy ny lainga.

65-Marina fa ireo mpanompoko kosa, dia tsy anananao fahefana izy ireo. Ary ampy ho Mpiahyny Tomponao.

66- Ny Tomponareo izay mampisosaho anareo ny sambo eny amin’ny ranomasina, mba hitadiavanareo nyfahasoavany.Tena marina fa Izy dia tena beIndrafoaminareo.

67- Ary rehefa mahazo anareo ny loza, eny an-dranomasina,dia very (miala amin’ny sainareo) ireo izay nitalahoanareo, afa-tsy Izy (Allah).Aryrehefa navotany eny an-tanety ianareo dia mitsipaka Azy ianareo.Tena tsy mahay mankasitraka ny olombelona.

68- Moa ve voaaro ianareo fa tsy handentika anareo anatin’ny rindrin-tany Izy,na tsy handefa rivo-maheryaminareo? Ka tsy hahita mpiahy ho anareoianareo!

69- Sa voaarove ianareofa tsy haveriny indray mandeha amin’izany (amin’ny ranomasina),kahandefasany rivo-maherympamotika, izay handetika anareo (anatin’ny

ranomasina),noho ny tsyfinoanareo? Ary tsy hahita na iza na iza mihitsy ianareo hiaro anareo, hanohitra Anay.

70- Ary tena efa nomenay hajaireozanak'i Adama. Ary nentinay izy ireo manerana ny tany sy ny ranomasina, ary nomenay azy ireo ny anjara fivelomana tsara, ary nomenay tombony izy ireo mihoatra amin'ireo zavaboaharymaro izay noharianay.

71- Ny Andro izay hiantsoanay ny olona rehetra avy amin'ny mpitarika azy ireo, ka izay homena ny bokiny amin'ny tànany havanana, izy irenydia hamaky ny bokiny (amim-pifaliana), ary tsy hanaovana ny tsy rariny mihitsy na dia kely aza.

72- Ary na iza na iza jamba eto an-tany, dia jamba ihany koa izy any an-koatra, ary tena very làlana.

73- Ary saika hamilyanao hiala amin'izay nambaranay taminao izy ireo, mba hamorona lainga Aminay (ankoatra izay voalaza), noho izany dia nandrayanaoho namana akaiky izy ireo.

74- Ary raha tsy nampahery anao Izahay, dia saika lasa nirona kely tamin'izy ireo Ianao.

75- Noho izany, dia ho nampanandramanay anao ny roa avohenin'ny sazy eto an-tany sy ny roa avohenin'ny sazy amin'ny fahafatesana; avy eo dia tsy honahitampanavotra hanohitra Anay ianao.

76- Ary saika hanelingelina anao hiala ny tànana izy ireo, mba handroahan'izy ireo anao avy tao. Ary rehefa izany,dia tsy hipetraka afa-tsy fotoana kely aorianao izy ireo.

77- Toy izany no sori-dàlana izay efa nampiharinay tamin'ireo Irakaytalohanao. Ary tsy hahita fiovanavelively amin'ny sori-dàlanay ianao.

78- Tanteraho ny Soalat (vavaka) amin'ny fitongilanan'ny masoandro mandra-pahatongan'ny aizin'ny alina, ary koa ny famakiana amin'ny vaomangiran-dratsy. Marina fa ny famakiana amin'ny vaomangiran-dratsy dia misy vavolombelona.

79- Ary manokàna ny ampahan'ny alina, amin'nyfanatanterahana ny fanompoana fanampiny ho anao (Tahadjoud), mba hananganan'ny Tomponao anao amin'ny toerana mendri-piderana.

80- Ary mitenena hoe: "Tompokoô! Ampidiro amin'ny fidirana mifanaraka amin'ny fahamarinana aho, ary avoahy amin'ny fivoahanamifanaraka amin'ny fahamarinana; ary omeofahefana tenamahavonjy avy Aminaoaho".

81- Ary mitenena hoe: "Tonga ny fahamarinana (Finoana Islamo),ary nanjavona ny hadisoana.Marina fany hadisoana dia nataohanjavona".

82- Ary ampidininay miaraka amin'ny Kor'any, izay fanasitranana sy famindram-pò ho an'ireo mpino.Ary tsy mampitombo afa-tsy fahaverezana amin'ireo mpanao ny tsy rariny izany.

83- Ary raha fenoinay fahasoavana ny olombelona, diamitodi-damosina sy mivily làlana izy;fa raha misy ratsy mianjady aminy kosa, dia ketraka tanteraka izy.

84- Mitenena hoe: "Nytsirairay dia samy manao araka ny fombany, fa ny Tomponareo dia tena mahalala izay mizotra amin'ny làlana mahitsy indrindra".

85- Ary manontany anao izy ireo mombany fanahy.Teneno hoe: “Ny fanahy dia eo ambany fiadidian’ny Tompoko”. Ary tsy nomena fahalalanaianareo afa-tsy kely ihany”.

86- Ary raha sitrakay, dia nataonay nanjavona izay nambaranay taminao; ary tsy hahita mpiaro intsony ianao hanohitra Anay.

87- Raha tsy ny famindram-pò avy amin’ny Tomponao, marina fa ny fahasoavany eo aminao dia lehibe tokoa.

88- Teneno hoe: “Na dia hitambatra aza ny olombelona sy ny jiny, mba hamorona ny mitovy amin’ity Kor’any ity, dia tsy hahavita hanao izay mitovy amin’izany mihitsy izy ireo, ary na dia hifanampy azaizy ireo”.

89- Ary marina tokoa fa nasehonay tamin’ny olombelona ao anatin’ity Kor’any ity ny karazan’ohatra maro. Nefa nandà izany ny ankamaroan’ny olona, afa-tsy ny tsy finoana.

90- Ary niteny izy ireo hoe: “Tsy hino anao velively izahay, raha tsy aboiboikanaoho anay avy amin’ny tany ny loharano.

91- Na hananazaridainamisy hazo palma sy voalobokaianao, kahaboiboikanaomanelanelan’azy ireo, ireo renirano.

92- Nakoa halatsakaoaminay,araka izay fihamboanao, ny lanitra torotoro; na ho entinao hihaona aminay i Allah sy ireo Anjely.

93- Na koa hanana trano feno haingo ianao; na koa hiakatra any an-danitra ianao. Ary tsy hino velively ny fiakaranao any an-danitra izahay mandra-pampidinanao boky aty aminay hovakianay”. Teneno hoe: “Voninahitra anie ho an’ny Tompoko! Moa ve tsy olombelona sady Iraka ihany aho?”

94- Ary tsy nisy na inona na inona nanakana ny olona tsy hino, rehefa tonga tamin’izy ireo ny fahamarinana afa-tsy ny tenin’izy ireo hoe: “Moa veAllah nandefa olombelonaho Iraka?”

95- Teneno hoe: “Raha nisy Anjely nandeha am-pilaminana teny ambonin’ny tany, dia tena ho nampidininay tamin’izy ireo avy an-danitra ny Anjely ho Iraka.”

96-Teneno hoe: “Allah dia ampyho vavolombelona eo amiko sy aminareo. Marina tokoa fa Izy dia mahalalala sy mahita ireo mpanompony.

97- Ary izay tarihin’i Allah làlana, dia izy no voatari-dàlana tsara. Fa izay vereziny kosa, dia tsy hahita mpiahy ho azy ireo ianao ankoatra Azy (Allah). Ary havorinay izy ireo amin’ny Andro Fitsanganana, sady hotarihina amin’ny tavany izy ireo; ho jamba, ho moana, ho marenina. Ary ny afobe no hialofan’izy ireo, ka isaka ny mihena ny afo dia haredaredanay mivaivay ho azy ireo ny lelan’afo.

98-Toy izany no ho sazin’izy ireo, noho ny tsy finoan’izy ireo ny fanambarana avy aty Aminay, ary miteny koa izy ireo hoe: “Raha lasa taolana sy vovoka izahay, moa ve hatsangana amin’ny fahariana vaovao indray?”

99- Tsy hitan’izy ireo ve, fa Allah izay Nahary ireo lanitra sy ny tany dia afaka hamorona ny mitovy amin’izy ireo?Ary nametra fe-potoana ho azy ireo Izy, izay tsy hisalasalana ny amin’izany, nefa mandà ireo mpanao ny tsy rariny, afa-tsy ny tsy finoana.

100-Teneno hoe: “Raha ianareo no nanana ny harenan’ny famindram-pòn’ny Tompoko, dia ho nofihininareo mafy tokoa, noho ny tahotra amin’ny fandaniana. Ary ny olombelona dia tena mahihitra.”

101- Ary efa nomenay an’i Mosa tokoa ny fahagagana sivy miharihary, koa anontanio àry ireo zanak’Israel nony tonga tamin’izy ireo izy (Mosa)! Ka niteny taminy i Faraona hoe: “Ry Mosa! Tena mihevitra aho, fa voan’ny famosaviana ianao”.

102- Niteny izy (Mosa): “Efa fantatrao tsara, fa tsy nisy nampidina ireny (fahagagana) afa-tsy ny Tompon’ireo lanitra sy ny tany ihany,mba ho porofo miharihary, ary tena mihevitra tokoa aho fa very ianao ry Faraona!”

103- Notadiavin’i Faraona ho roahina hiala tamin’ny tany izy ireo. Kadia narendrikay (ho fatyan-drano) izy sy izay rehetra niaraka taminy.

104- Ary niteny Izahay, taorian’izany, tamin’ireo zanak’Israely hoe: “Onenonareo ny tany!”. Ary raha tonga ny fampanantenàna ny (fiainana) any an-koatra, dia hataonay tonga marobe ianareo.

105- Ary tamim-pahamarinana no nampidinanay azy (Kor’any), ary nidina niaraka tamin’ny fahamarinana izy, ary tsy nalefanay ianao raha tsy ho mpanambara (vaovao mahafaly) sy ho mpampitandrina.

106- (Nampidininay) ny Kor’any izay nozarazarainay, mba hovakianao miadana amin’ny olona, ary nampidininay tsikelikely izany.

107- Teneno hoe: “Minòa izany ianareo na aza mino.Tena marina fa ireo izay nomena ny fahalalana, talohan’izany, rehefa vakiana amin’izy ireo izany (Kor’any) dia miantoraka miankohoka izy ireo,ka ny saoka mikasika amin’ny tany”.

108- Ary miteny izy ireo hoe: “Voninahitra anie ho an’ny Tomponay! Ary tanteraka marina ny fampanantenan’ny Tomponay”.

109- Ary miantoraka amin’ny saokany izy ireo, mitomany, ka izany (Kor'any) dia mampitombo fanetrentena ho azy ireo.

110- Teneno hoe: “Antsoinareo Allah, na antsoinareoIlay be Fiantrana, na inona na inona ny anarana iantsoanareo Azy, dia manana ireo anarana tsara indrindra Izy. Ary aza mamaky amin’ny feo avo ianaoamin’ny Soalat (vavaka) ataonao; nefa aza atao ambany loatra koa, fa ataovy izay eo anelanelan'izany.”

111- Ary teneno hoe: “Dera ho an’i Allah izay tsy nanan-janaka mihitsy, ary tsy mbananana mpiombon’antoka Izy amin’ny fanjakany, ary mbola tsy manana mpiahy amin’ny fanambaniana mihitsy”. Koa derao avo dia avo ny Fahalehibeazany”.

.

**TOKO:18**
**SORATRA: NY LAVA-BATO**
**(AL-KAHF)**
**ANDININY:110**
**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be fiantrana,Ilay be Indrafo

1- Dera ho an'i Allah, izay nampidina tamin'ny Irany ny Boky,ary tsy nataony ho miolikolika izany.

2- Anatin'ny fahitsiana tanteraka, mba hampitandrina amin'ny fanasaziana mafy avy Aminy, sy mba hanambara amin'ireo mpino izay manao ireo asa soa fa tena ho azy ireo ny valisoa tsara.

3- Hitoetra ao mandrakizay izy ireo.

4- Ary hampitandrina ireo izay niteny hoe: "Allah dia nanangana zanakalahyho Azy!

5- Tsy manam-pahalalana momba izany izy ireo,na ireo Razamben' izy ireo ihany koa. Mampivarahontsana ny teny izay mivoaka avy amin'ny vavan'izy ireo! Tsy miteny izy ireo afa-tsy ny lainga.

6- Angamba ho levon'ny alahelo ny tenanao noho ny marika navelan'izy ireo, raha tsy mino ity resaka ity izy ireo!

7- Marina fa nataonay izay rehetra ambonin'ny tany ho haingony, mba hitsapanay azy ireo faiza amin'izy ireo no tena mpanao asa soa.

8- Ary marina faIzahay diahanova izay rehetra ao aminy (tany) hokarakaina.

9- Moa mihevitra ve lanao faireo olon'ny lava-bato sy «Ar-Raqim[97]» dia isan'ny nahagaga tamin'ireo fahagagànay?

10- Rahanitoetra tao anatin'ilay lava-bato ireo tanora, dia niteny izy ireo hoe: "Tomponay o! Omeo famindram-pò avy Aminao izahay, ary hamorao aminay ny fahitsiana amin'izay rehetramomba anay.

11- Ka nataonay marenina ny sofin'izy ireo, tao anaty lava-bato nandritry ny taona maro.

12- Avy eo, dia novelominay izy ireo, mba hahafantaranay iza amin'ny andiany roa ireo no mahay manisa indrindra ny fotoana nijanonan'izy ireo tao.

13- Izahay diahitantara Aminao nytantaran'izy ireo,amim-pahamarinana. Marina fa izy ireo dia tanoranino ny Tompony, ka nampitomboinaytamin'izy ireo nytari-dàlana.

14- Ary nohamafisinay ny fon'izy ireo, rehefa nitsanganaizy ireo kaniteny hoe: " Ny Tomponay no Tompon'ireo lanitra sy ny tany, tsy hitalaho na oviana na oviana amin'ny zanahary hafa ankoatra Azyizahay, raha tsy izany, dia niteny ny tsy rariny izahay.

15- Irenyvahoakanayireny dianaka zanahary hafa ankoatra Azy (Allah).Fa maninona moaizy ireo no tsy nitondra porofo mazava avy amin'izany? Ka iza no tena mpanao ny tsy rariny mihoatra izay mamoron-dainga momba an'i Allah?

---

[97]Ar-rakim: Anaran'ny toerana iray, na koa takelaka mirakitra ny tantaran'ireo olon'ny lava-bato.

16- Ary raha nihataka tamin'izy ireo ianareo sy tamin'izay notompoin'izy ireo ankoatran'i Allah, miafena ao anaty lava-batoianareo: ny Tomponareo hampiely ny famindra-pòny aminareo, sy hanamora nymomba anareo,amin'izay ilainareo.

17- Ary hahita ny masoandro ianao, rehefa miposaka, hihataka ny lava-baton'izy ireo miankavanana, ary rehefa milentika kosa izy, dia miala amin'izy ireo miankavia, nefa izy ireo dia ao amin'ny toera-malalakynylava-bato. Izany dia isan'ireo fahagagana avy amin' Allah! Izay tarihin' Allah làlana, dia tena voatarika. Ary na iza na iza vereziny làlana, dia tsy hahita mpiahy ho azy Ianao ka hitarika azy.

18- Ary heverinao toa mifoha izy ireo, nefa matory. Ary avadibadikay amin'ny ilany havanana izy ireo sy amin'ny ilany havia,fa ny alikan'izy ireo kosa diamanampatra ny tongony roa aloha eo am-pidirana.Raha mahatazana azy ireo ianao dia tena hitsoaka ka handositra azy ireo, ary tena ho feno tahotra eo anatrehan'izy ireo Ianao.

19- Ary toy izany no namelomanay azy ireo, mba hifampanontany izy ireo, niteny ny iray tamin'izy ireo hoe: “Hafiriana ianareo no nijanona teto?” Niteny izy ireo hoe: “Andro iray na ampahan'ny andro no nijanonantsika”. Niteny (ny sasany) hoe: “Ny Tomponareo no tena mahafantatra ny fotoana nijanonanareo. Alefaso ny iray aminareo mankany an-tanàna miaraka amin'ity volanareo ity, mba hitady ny sakafo tena madio, ka hitondrany anjara sakafo ho anareo avy amin'izany. Ary aoka izy hitondra ny tenany amim-pahamalinana, mba tsy hisyna iza na iza hahafantatra ny mombaanareo.

20- Tena marina fa raha mahatratraanareoizy ireo, dia hotorahan'izy ireo vato ianareo,na haverin'izy ireoamin'ny finoany, ka dia tsy hahita fahombiazana intsonyianareo.

21- Ary toy izany, dia nataonay hotsikaritraizy ireo, mba hahafantaran'ireo(olona tao amin'ny tanàna) fa ny fampanantenan'i Allah dia tena marina tokoa, ary marina fa ny ora dia tsy isalasalanany mombaizany. Dia nifamaly izy ireo (ireo olona tao amin'ny tanàna)ny mikasika azy ireo, ka niteny izy ireo hoe: “Hanorenonareo fonenana eo ambonin'izy ireo”.Ny Tompon'izy ireo no tena mahalalakokoa azy ireo. Niteny ireo izay nandresy (tamin'ny adi-hevitra) momba azy ireo hoe: “Tena hanangana toeram-pivavahana eo ambonin'izy ireo isika”.

22- Hiteny izy ireo hoe: “Telo izy ireo, ny alikany no fahefany”. Ary hiteny ny sasany hoe: “Dimy izy ireo, ny alikany no faheniny”, eritreritra atsipy amin'ny zava-miafina izany. Ary mbola hiteny koa ny hafa hoe: “Fito izy ireo, ary ny alikany no fahavalony”. Teneno hoe: “Ny Tompoko ihany no tena mahafantatra ny isan'izy ireo. Tsy misy mahafantatra azy ireo afa-tsy ankavitsiana ihany”. Koa aza miady hevitra ny momba azy ireo Ianao, raha tsy ady hevitra amin'ny endrika ivelany ihany, ary aza manontany olona ny momba azy ireo Ianao.

23- Ary aza miteny velively ianao mikasika zavatra iray hoe: “Marina fa ho ataoko izany rahampitso”.

24- Raha tsy ampiana hoe: “Raha sitrak'i Allah!” Ary tsarovy ny Tomponao raha manadino ianao,ary mitenena hoe: “Angambany Tompoko hitari-dalàna ahy ho amin'izay akaiky ny marina kokoa.”

25- Ary nijanona tao anaty lava-batony izy ireo nandritra ny telonjato taona, ary niampy sivy (taona) izany.

26- Teneno hoe: “Allah no tena mahafantatra ny fotoana nijanonan'izy ireo tao”. Azy ny zava-miafin'ireo lanitra sy ny tany.Tena Mahita sy Mandre tokoa Izy! Tsy manana mpiahy na iray aza an-koatra Azy (Allah)izy ireo, ary tsy misy na iza na izaatambanyAminy amin'ny fiadidiany.

27- Ary vakio izay efa nambara taminao avy ao amin'ny Bokin'ny Tomponao. Tsy misy na iza na iza afaka hanova ireo Teniny. Ary tsy hahita fialofana mihitsy ankoatra Azyianao.

28- Ary mahareta ny tenanao miaraka amin'ireo izay miantso ny Tompon'izy ireo maraina sy hariva, izay mitady ny Tavany. Ary aoka ny masonao tsy hiala azy ireo mihitsy, ho amin'ny fitadiavana ny rendrarendran'ny fiainana eto an-tany. Ary aza mankatòizay nataonay tsy miraika amin'ny fahatsiarovana Anay ny fony, ka manaraka ny hetahetam-pony,ary ny fitondran-tenanydia mihoa-pefy avokoa.

29- Ary teneno hoe: "Ny fahamarinana diaavy amin'ny Tomponareo". Na iza na iza mankasitraka (ny finoana), dia aoka izy hino, ary naiza na iza mankasitraka (ny tsy finoana), dia aoka izy tsy hino. Tena marina fa nomaninay hoan'ireo mpanao ny tsy rariny ny Afo, izay manodidina azy ireo ny lelan'afo mivaivay.Ary raha mitady rano izy ireo, dia hampisotroina rano tahaka ny metalymitsonika izay mandoro ny tarehy. Tena zava-pisotro ratsy tokoasy fonenana mahatsiravina tokoa!

30- Marina fa ireo izay mino sy manao ny asa soa...marina fa Izahay dia tsy hanary ny valin'asan'ireo izay manao nytsara.

31- Izy Ireny no hahazo ny ireo zaridainan'ny Edena izay mikoriana eo ambaniny ireo renirano maro. Hampiravahina firavaka volamena izy ireo ao, sy hitafy lamba lasoa maitso manify, sy lamba lasoa matevina (be sorstsoratra), mitehina amin'ireo farafara voaravaka tsara. Tena valisoa tsara tokoa sy fonenana tsara tokoa!

32- Omeo ohatra izy ireo amin'ny lehilahy roa, nomenay tanim-boaloboka roa ny iray ka nohodidininay palmier, ary nasianay saha misy voly teo anelanelan'izy (zaridaina) roa ireo.

33- Ireo zaridaina roa ireo diananome vokatra tsy ankiato. Ary nasianay renirano eo anelanelan'izy roa ireo.

34- Ary nanana voankazo izy, ka niteny tamin'ny namany izayniresahany izy hoe: "Izaho dia manana harena mihoatra anao, ary matanjaka kokoa mihoatra anao amin'ny foko.

35- Ary niditra tao amin'ny zaridainany izy no sady nanao fahadisoanatamin'ny tenany, niteny hoe: "Tsy mieritreritra aho fa ho rava mihitsy ity".

36- Arytsy mieritreritra aho fa ho avy mihitsy ny ora; ary raha miverina any amin'ny Tompoko aza aho dia tenahahita toerana tsara kokoa noho izao (zaridaina izao).

37- Niteny taminy ilay namany (mpino) niresaka taminy nanao hoe: "Moa tsy mino Ilay Nahary anao avy tamin'ny tany sy avy amin'ny ranon'aina ka nataony ho olombelona va ianao?

38- Fa izaho kosa, diaIzyAllah no Tompoko; ary tsy hanakambanany Tompoko amin'ny zavatra hafa aho.

39- Raha miditra ao amin'ny zaridainanao ianao, ahoana ianao no tsy mba miteny hoe: "Izao no sitrak'i Allah! Ary tsy misy hery raha tsy avy amin'i Allah".

40- Angambany Tompoko hanomeahy zavatra tsara kokoa noho ny zaridainanao, ary handefa loza (amin'ilay zaridaina), avy eny an-danitra Izy, ka ho lasa malama ny tany (tsy hamokatra intsony).

41- Na ho ritra ny ranony ka tsy hahita izany intsony ianao.

42- Ary potika tokoa ny voliny, ka namadibadika ny tànany izy noho izay efa nolaniany tao, rava tanteraka ny (tanim-boaloboka), ary niteny izy hoe: “Tahaka izay aho tsy nanakambana ny Tompoko amin’ny zavatra hafa”.

43- Ary tsy nisy vondron’olona afaka nanavotra azy ankoatran’i Allah, ary tsy afaka nanavotra ny tenany koa Izy.

44- Amin’izay fotoana izay, dia an’i Allah, ilay marina, Irery ihany ny fiarovana ambony indrindra. Izy no tsara indrindra amin’ny fanomezana valisoa sy amin’ny fanomezana vokatra.

45- Omeo ohatra izy ireo amin’ny fiainana eto an-tany: mitovy amin’ny rano nampidininay avy any an-danitra; ka mifangaro aminy (rano) ny zavamanirin’ny tany; avy eo dia lasa ahitramaina izay aparitaky ny rivotra. Ary i Allah dia mahefa amin’ny zava-drehetra.

46- Ny harena sy ireo zanaka dia haingon’ny fiainana eto an-tany. Ary ireo asa soa izay maharitra, dia ahazoana valisoa tsara eo anatrehan’ny Tomponao sy fanantenana tsara.

47- Ary amin’ny andro izay hampandehananay ny tendrombohitra, ka hahita ianao ny tany mitovy tantana(sahala amin’ny tany lemaka). Ary hangoninay izy ireo ka tsy ho hisy tavela na dia iray amin’izy ireo aza.

48- Aseho milahatra eo anatrehan’i Tomponao izy ireo. Indro tokoa fa tonga aty aminay ianareo tahaky ny namoronanay anareo teo aloha. Nefa nihevetra ianareo fa tsy hanatanteraka ny fihaonana aminareo Izahay.

49- Ary hapetraka ny Boky ka ho hitanao ireo mpanao heloka be vava matahotra izay ao anatiny. Ary hiteny izy ireo hoe: “Loza ho anay ity! Fa ahoana ity boky ity no tsy mamela ireo fahotana madinika na ireo fahotana lehibe raha tsy notanisainy?” Ary ho hitan’izy ireo miharihary izay nataony. Ary tsy manao ny tsy rariny na amin’iza na amin’iza ny Tomponao.

50- Ary efa niteny Izahay tamin’ireo Anjely hoe:”Miankohofa amin’i Adama ianareo”, dia niankohoka daholo izy rehetra afa-tsy Iblisa (Satana) izay avy amin’ny Jina nanohitra ny didin’ny Tompony. Dia mbola ataonareo ho namana ve izy sy ny taranany ankoatrako (Allah), nefa izy ireo dia fahavelonareo? Takalo ratsy tokoa no ataon’ireo mpanao ny tsy rariny!

51- Tsy nataoko vavolombelon’ny faharian’ireo lanitra sy ny tany izy ireo na amin’ny fahariana ny tenan’izy ireo. Ary tsy naka ireo very làlana ho mpanampy Aho.

52- Ary amin’ny Andro izay hitenenany hoe:” Antsoinareo izay heverinareo fa ny mpiray miombon’atoka amiko”. Dia nantsoin’izy ireo tokoa izany; fa saingy tsy mamaly azy izy ireo, hasianay lohasaham-pahaverezana eo anelanelan’izy ireo.

53- Ahita ny Afo ireo mpanao heloka be vava. Ho resy lahatra izy ireo fa halatsaka ao ka tsy hahita fialana.

54- Ary nampiseho ohatra maro isan-karazany Izahay ho an’ny olona, ao anatin’ity Koroany ity, nefa ny olombelona no be fifandirana indrindra amin’ny zavatra rehetra.

55- Inona àry no manakana ny olona tsy hino, raha tonga tamin’izy ireo ny mpitari-dàlana(koroany na ny Mpaminany), sy tsy hangata-pamela-keloka amin’ny Tompon’izy Ireo, raha tsy te-hiaran’izay niatra tamin’ireo olona fahiny izy ireo na hiatrika ny sazy izy ireo.

56- Ary tsy nandefa iraka Izahay raha tsy hilaza vaovao mahafaly sy hampitandrina. ary miady hevitra ireo izay tsy nino miaraka amin’ny porofo diso mba handravana ny marina ary nataon’izy ireo ho fanesoesoana ny andian-teniko sy izay nampitandremana azy ireo.

57- Ary iza moa no mpanao ny tsy rariny mihoatra izay nampatsiahivina ireo andian-tenin'ny Tompony kanefa nitsipaka an'izany, ary nanadino izay nataon'ny tanany roa? Nasianay sarona ny fon'izy ireo, mba tsy ahazoan'izy ireo izany( ny Koroany), sy nametrahanay vesatra ny sofin'izy ireo. Ary na dia miantso azy ireo mankany amin'ny làlana mahitsy aza ianao,dia tsy hanaraka ny hitsin-dalana na oviana na ovianao izy ireo

58- Ary ny Tomponao no Ilay Mpamela heloka, Ilay manana ny famindram-po. Raha raisina araka izay nataony izy ireo, dia nohafainganiny ho azy ireo ny sazy. Nefa misy fotoana efa voafetra ho azy ireo ka tsy hahita fialofana mihitsy.

59- Ary ireny ireo tanàna izay naringanay raha nanao ny tsy rariny izy ireo, ary nametraka fe-potoana voafetra izahay amin'ny fandringanana azy ireo.

60- Ary raha niteny i Mosa (Mosesy) tamin'ny Mpanompo lahiny hoe:"Tsy hijanona aho raha tsy mahatratra ny fihaonan'ireo ranomasina roa,na dia handeha mandritry ny taona maro aza".

61- Ary rehefa tonga teo amin'ny fihaonan'ireo (ranomasina) izy roa, dia hadinon'izy ireo ny trondrony ka dia niverina an-kalalahana any an-dranomasina.

62- Ary rehefa nihoatra io toerana io izy roa, dia niteny tamin'ny mpanompo lahiny izy hoe: "Omeoaty ny sakafotsika, fa tena tojo harerahana isika tamin'ity dian- tsika ity".

63- Niteny izy ( ilay mpanompo lahiny)hoe:"Hitanao fa tamin'ny fotoana isika nialoka teo akaikin'ilay vatolampy, dia hadinoko tokoa ilay trondro, ka tsy misy nampanadino ahy hilaza izany (aminao) afa-tsy i Satana, ary dia mahagaga fa naka ny lalany nankany an-dranomasina izy.

64- Niteny izy (Mosa) hoe:"Izany no (toerana izay) tadiavintsika"! Ary dia niverin-dàlana nanaraka ny diany izy roa.

65- Ka hitan'izy roa ny iray tamin'ireo mpanomponay, izay nomenay indrafo, sy nahazo fahalalana avy Aminay.

66- Niteny taminy i Mosa hoe:" Afaka manaraka anao ve aho, mba hampianatra ahy ianao, amin'izay nampianarina anao momba ny lalana mahitsy?"

67- Niteny izy hoe: "Marina fa ianao dia tsy hanam-paharetana velively hiaraka amiko"

68- Ary ahoana no haharetanao amin'izay tsy hananao fahalalana?

69- Niteny izy(Mosa) hoe:"Ho hitanao fa hanam-paharetana aho raha sitrak' i Allah, ary tsy handà ny baiko avy aminao aho".

70- Niteny izy (Ilay mpanompo) hoe: "Raha manaraka ahy ianao dia aza manontany ahy na amin'inona na amin'inona mandra-pilazako izany aminao".

71- Dia nandeha izy roalahy. Ary rehefa niakatra tamin'ny sambo izy ireo, dia nandavaka ilay sambo izy(ilay mpanompo). Niteny i Mosa hoe:"Nolavahanao ve ilay sambo, mba handrendrika ny mpandeha? Tena nanao zavatra mahatsiravina ianao"

72- Niteny izy (ilay mpanompo) hoe: "Moa ve tsy efa nolazaiko ianao, fa tsy hanam-paharetana velively hiaraka amiko ?"

73- Niteny izy (Mosa) hoe:"Aza omena tsiny aho noho ny fanadinoako, aza avela hiantsoroka zava-tsarotra amin'ny raharahako aho.

74- Avy eo dia nanohy ny diany izy roalahy, ka rehefa nihaona tamin'ny zazalahy kely iray izy ireo dia novonoin'ilay mpanompo ilay zazalahy. Niteny izy (Mosa) hoe: Namono olona madio izay mbola tsy namono olona ve ianao? Tena nanao zava-dratsy tokoa ianao!"

75- Niteny izy (ilay mpanompo) hoe: “Moa ve tsy efa nolazaiko ianao,fa tsy hanam-paharetana velively hiaraka amiko ?“

76- Niteny i Mosa hoe:”Raha mbola manontany anao aho na amin’inona na amin’inona aorian’izao, dia aza mandray ahy ho namana intsony ianao. Ary tena ho afa-tsiny amiko ianao.

77- Dia nanohy ny diany àry izy roalahy, ka rehefa tonga tao amin’ny tanàna iray izy ireo, dia nangataka sakafo tamin’ireo mponina tao, nefa nandà ny hampiantrano azy roa izy ireo. Avy eo dia nahita rindrina mila hianjera izy roa, dia nareniny (ilay mpanompo) izany. Niteny izy (Mosa) hoe:”Raha sitrakao dia nakanao tambiny izao”.

78- Niteny izy(ilay mpanompo) hoe:” Eto izaho sy ianao no misaraka; ary ho ambarako anao amin’izay ny dikan’ireo izay tsy nanananao faharetana.

79- Raha ny amin’ilay sambo, dia an’ireo olona mahantra izay miasa eny an-dranomasina. Tiako ny hanimba azy, satria misy mpanjaka aorian’izy ireo izay maka an-keriny ny sambo rehetra (izay tsara).

80- Raha ny amin’ilay zazalahy kely kosa, dia mpino ny ray aman-dreniny , ka atahoranay sao dia hanery azy roa hioam-pefy sy tsy hino izy(ilay zazalahy kely).

81- Ka tianay ny hanoloan’ny Tompon’izy roa zaza hafa tsara noho ilay teo, madio fitondrantena sy be fitiavana kokoa.

82- Fa raha ny amin’ilay rindrina kosa, dia an’ny zaza kamboty roalahy tao amin’ilay tanàna. Sy misy tao ambanin’izany ny harena sarobidin’izy roalahy. Ary ny rain’izy roa dia tsara fanahy, ka tian’ny Tomponao ho tonga amin’ny famatoran-tsaina no hitrandraka ilay harenany izy roa noho ny famindram-pon’ny Tomponao.Tsy nanao azy ireny tamin’ny sitrapoko manokana aho; Izany no fanazavana ireny (zavatra) izay tsy nanananao faharetana ireny.

83- Ary manontany anao izy ireo ny amin’i Żol-Karnainy. Teneno hoe: “hotantaraiko aminareo ny fampahatsiahivana sasantsasany amin’izany”.

84- Marina fa nohamafisinay ny fahefàny teto an-tany, ary nomenay falalahana amin’ny zava-drehetra izy.

85- Ary dia nanaraka làlana iray izy.

86- Ary nony tany amin’ny filentehan’ny masoandro (andrefana) izy, dia tazany fa milentika amin’ny loharano feno fotaka izany, ary nahita vahoaka teo akaikiny (loharano) izy. Niteny Izahay hoe: “O! Żol-Karnainy, Na ianao hanasazy azy ireo na hanao soa azy ireo”.

87- Niteny izy (Zol-Karnainy) hoe:"Fa izay manao ny tsy rariny dia ho sazinay izy, avy eo dia haverina any amin'ny Tompony ka dia ho faizinay amin'ny famaizana mahatsiravina.

88- Fa izay mino sy manao asa soa kosa, dia ho azy ny valisoa tsara indrindra. Ary ho teneninay aminy ireo didy mora tanterahina.

89- Avy eo dia nanaraka làlana iray hafa izy.

90- Ary nony tany amin'ny fiposahan'ny masoandro(antsinanana) izy, dia tazany fa miposaka izany teo ambonin'ny vahoaka, izay tsy nasianay voaly ho fiarovana azy ireo amin'ny masoandro.

91- Tahaka izany no niseho ary nofehezinay tamin'ny fahalalana izay nananany.

92- Avy eo dia nanaraka làlana iray hafa izy.

93- Ary nony tany amin'ny toerana iray, izay eo anelanelan'ny sakana roa (tendrombohitra roa) izy, dia nahita vahoaka tao ambadik'izany, izay saika tsy mahazo fiteny hafa.

94- Niteny izy ireo hoe: "O! Ry Zol-karnainy, marina fa Yajojo(yagoga) sy Majojo(magoga) dia mpanao asa fanimbana eto an-tany, Moa ve azonay atao ny manome ampahan-karena mba hanangananao fefy mampisarakanay sy izy ireo".

95- Niteny izy (Zol-karnainy) hoe:" Izay nomen'ny Tompoko ahy dia tsara lavitra (noho) izay omenareo. Ampionareo àry aho amin'ny alalan'ny herinareo, hananganana fefy eo anelanelanareo sy izy ireo.

96- Hitondranareo fonjam-by aho". Ary avy eo rehefa feno ny toerana manelanelana ny tendrombohitra roa dia niteny izy hoe:"Tsofinareo!" ka rehefa lasa hainafo izany, dia niteny izy hoe: "Itondranareo varahina voa empo aho, izay ararako eo amboniny.

97- Noho izany dia tsy afaka hianika izany mihitsy izy ireo ary tsy afaka hanimba izany.

98- Niteny izy hoe:"Indrafo avy amin'ny Tompoko izao". Nefa rehefa ho tonga ilay fampanantenan'ny Tompoko, dia ataony ho tany lemaka izany. Ary marina ny fampanantenan'ny Tompoko".

99- Amin'izany andro izany dia havelanay hifandona tahaka ireo onja izy ireo, dia hotsofinay ny Trompetra( Anjomara) ary havorinay izy rehetra.

100- Ary amin'izany andro izany dia asehonay akaikin'ireo tsy mpino ny Afobe.

101- Dia ireo izay voasarona ny mason'izy ireo ka voasakana tsy hieritreritra Ahy, ary tsy afaka mandre na inona inona izy ireo.

102- Moa ve mihevitra ireo izay tsy mino, fa afaka handray ireo mpanompoko ho Mpiahy ankoatra Ahy? Tena marina fa nomaninay ny Afobe ho fonenan'ireo tsy mpino.

103- Teneno hoe: “Moa ve hampahafantarinay anareo izay tena maty antoka indrindra amin’ireo asany?

104- Ireo izay nandany ny fihezahany tamin’ny fiainana teto an-tany,dia very làlana, nefa mihevitra izy ireo fa manao asa tsara!

105- Izy ireny izay mitsipaka ireo famatarana avy amin’ny Tompony, sy ny fihaonana Aminy. Ka dia ho foana ny asan’izy ireo”. Tsy omenay lanja na dia kely aza amin’ny Andro Fitsanganana (amin’ny maty) izy ireo.

106- Noho izany dia ny Afobe no valin’ny asan’izy ireo, satria tsy nino sy nanao kivazivazy ireo famantarako sy ireo irako.

107- Marina fa ireo izay mino sy manao asa soa kosa dia ho azy ireo ny zaridaina “Firdaosy” (paradisa) no fonenan’izy ireo.

108- Ka hitoetra ao mandrakizay izy ireo, ka tsy haniry fanovana na dia kely aza.

109- Teneno hoe: “ Raha ny ranomasina no ranomainty. (hanoratana) ireo tenin’ny Tompoko, dia ho ritra izany mialoha ny hahataperan’ireo tenin’ny Tompoko, na dia ampinay mitovy amin’izany koa aza”.

110- Teneno hoe: “Izaho dia tena olombelona tahakanareo ihany koa. Nanambara tamiko Izy, fa ny zanaharinareo dia Zanahary tokana! Koa na iza na iza manantena ny hihaona amin’ny Tompony, dia aoka izy hanao asa soa; ary aoka tsy hampikambana zavatra hafa amin’ny Tompony, amin’ny fanompoana azy.

**TOKO:19**
**SORATRA: MARIA**
**(MARIAMO)**
**ANDININY:98**
**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin'ny anaran'i Allah,Ilay be fiantrana,Ilay be indrafo

1- Kaf,Ha,Ya,Ain,Swad.

2-Tantaran'ny famindram-pon'ny Tomponao, tamin'i Zakaria mpanompony.

3- Rehefa niantso ny Tompony izy tamin'ny fitalahoana mangina,

4- Sady niteny hoe: "Ô ry Tompoko! Osa ireto taolako, ary nirongatra ny volofotsy eo amin'ny lohako. Kanefa, tsy mbola diso fanantenana mihitsy aho amin'ny fitalahoana Aminao, ô ry Tompoko!

5- Matahotra aho ny amin'ny fitondrantenan'ireo mpandova ahy aoriako. Ary ny vadiko dia momba, ka mba omeo taranaka avy Aminao aho.

6- Izay handova ahy, sy handova ny taranak'i Jakoba.Ka ataovy ho anisan'izay ankasitrahinao izy, ô ryTompoko!".

7- "Ô ry Zakaria! Manambara vaovao mahafaly ho anao Izahay, fa hanana zanaka lahy ianao, ary ny anarany dia: Yahya (Jaona). Tsy mbola misy nomenay anarana mitovy amin'izany teo aloha.

8- Ary niteny izy(Zakaria) hoe: "Ô ry Tompoko! Ahoanano hananako zanaka lahy, nefa momba ny vadiko, ary izaho dia efa tra-pahanterana?"

9-Niteny taminy izy (Allah) hoe:"Ho tanteraka izany!". Niteny ny Tomponao hoe: "Mora Amiko izany! Talohan'izany, nahary anao Aho, nefa tsy mbola nisy ianao".

10- Niteny izy(Zakaria) hoe:"Ô ry Tompoko! Omeo famantarana aho". Dia niteny (Allah) hoe: "Ny famantarana ho anao dia tsy afaka hiteny aman'olona ianao mandritra ny telo alina, nefa ho salama tsara ianao.

11- Dia nivoaka ny toerana masina izy, ka nankany amin'ny vahoakany; dia nanao famantarana tamin'izy ireo izy mba hitalaho (amin'i Allah) maraina sy hariva.

12- "Ô ry Yahya (Jaona)! Raiso ny Boky (Taoraty), ka mifikira mafy aminy!". Ary nomenay fahendrena izy fony mbola zaza,

13- Ary koa fitiavana avy Aminay sy fahadiovana, ary izy dia nanam-patahorana (an'i Allah).

14-Ary niantra ireo ray aman-dreniny izy; arytsy mba nahery setra sy tsy mba nanota.

15- Ary ho aminy anie ny fiadanana, amin'ny andro izay nahaterany, sy amin'ny andro izay hahafatesany, ary amin'ny andro izay hananganana azy amin'ny maty ho velona!

16- Tsiahivo ao amin’ny Boky (Kor’any) i Mariamo (Maria), raha nisintaka tamin’ny fianakaviany izy, nankany amin’ny toerana iray any atsinanana.

17- Ka nasiany lamba sarona nanelanelana azy,sy izy ireo. Ary nalefanay taminy ny Fanahinay (Gabriel), izay niseho taminy amin’ny endrika lehilahy tomady.

18- Niteny izy(Mariamo) hoe: “Izaho dia mangataka fiarovana amin’Ilay be Fiantrana hanoherako anao; raha tena manam-patahorana ianao!

19- Niteny izy (Gabriel) hoe: “Izaho dia tena iraka avy amin’ny Tomponao, mba hanome anao zazalahy madio”.

20- Niteny izy (Mariamo) hoe: “Ahoana moa no hananako zanaka lahy, nefa tsy nisy lehilahy nikasika ahy akory aza, ary tsy mba mpijangajanga aho?”

21- Niteny izy (Gabriel) hoe: “Ho tanteraka izany!”.Niteny ny Tomponao hoe: “Mora Amiko izany! Ary hataonay famantarana ho an’ny olombelona izy, sy famindram-pò avy Aminay. Ary izany dia didy efa tapaka”.

22- Dia nitoe-jaza àry izy,ka nisintaka niaraka taminy (zazakely) tamin’ny toerana lavidavitra izy.

23- Dia nitondra azy teo am-pototry ny hazo palma (antrendry) ny fanaiki-jaza tao am-bohoka, ka hoy izy tamin’izany: “Loza ho ahy! Aleoko maty talohan’izao fotoana izao kanohadinoina tanteraka!”

24-Dia niantso azy ny avy ao ambaniny hoe: “Aza malahelo ianao; fa nasian’nyTomponao loharano eo ambaninao”.

25- Hozongozono mankany aminao ny vatan’ny palma (antrendry);fa handatsaka antrendry tsara sady masaka eo aminao izy.

26- Koa mihinàna sy misotroa ianao, ary aoka hifaly ny masonao! Raha mahita olonaianao dia mitenena hoe: “Marina fa izaho dia nanao voady fifehezana tamin’ilay be Fiantrana, ka tsy hitenyamin’ny olona na iza na iza aho androany”.

27- Avy eo dia tonga teo anatrehan’ny mpiara-monina aminy izy nitondra ilay zazakely. Niteny izy ireo (mpiara-monina): “Ô Mariamo (Maria)! Nanao zavatra mahatsiravina ianao!”

28- Ôry anabavin’i Harona! Ny rainao dia tsy mba olon-dratsy, ary ny reninao dia tsy mba mpijangajanga akory.

29- Ka nanondro ilay zazakely izy (Mariamo). Niteny izy ireo hoe: “Ahoana no hitenenanay amin’ny zazakely mbola eo am-pandriana?”

30- Niteny izy (ilay zazakely) hoe: “Tena marina fa Izaho dia mpanompon’i Allah. Nomeny Ahy ny Boky, ary nanendry Ahy ho Mpaminany Izy,

31- Ary nitso-drano ahy Izy,na aiza na aiza misy ahy; ary nanafatrafatra ahy Izy mba hanatanteraka ny Soalat (vavaka) sy ny Zakat (famoahana harena fiantrana),raha mbola velona aho.

32-Ary mba hiantra(hanao soa) ny reniko.Fa tsy nataonymahery setra,na ory aho.

33- Ary ho amiko ny fiadanana tamin'ny andro izay nahaterahako, sy amin'ny andro izayhahafatesako, ary amin'ny andro izay hananganana ahy ho velona.

34- Izany no Issa(Jesoa) zanak'i Mariamo (Maria), tenin'ny fahamarinana izay mampisalasala azy ireo.

35- Tsy mendrika an'i Allah ny hanan-janaka. Fa Azy ny voninahitra sy ny fahadiovana! Rehefa mandidy zavatra iray Izy, diamiteny hoe: "Misia!". Dia misy tokoa izany.

36- Ary tena marina fa i Allah no Tompoko sy Tomponareo. Ka tompoinareo Izy, izany no làlana mahitsy.

37- Tsy nitovy hevitra ireo antokon'olona teo amin'ny samy izy ireo (taty aoriana), loza hoan'ireo izay tsy nino ny fiatrehana ilay Andro lehibe.

38- Tahaka nyhandrenesan'izy ireo sy ny hahitany tsara ilay Andro hiaviany any Aminay! Nefa ankehitriny, ireo mpanao ny tsy rariny dia ao anatin'ny fahaverezana tanteraka.

39- Ary ampitandremo azy ireo ny andron'ny Fanenenana, rehefa tapaka ny didy; nefa izy ireo dia mbola variana ihany (eto an-tany) no sady tsy mino.

40- Tena marina fa Izahay tokoa no handova ny tany sy izay rehetra ao aminy, ary any Aminay no hamerenana azy ireo.

41- Ary tsiahivo Ibrahimo,ao anatin'ny Boky (Kor'any), fa olona tena marina sady Mpaminany izy.

42- Koa rehefa niteny tamin'ny rainy izy hoe: "Ô ry dada! Nahoana ianao no manompo izay sady tsy maheno no tsy mahita, ary tsy hitera-bokatsoa aminao na amin'inona na amin'inona?"

43-Ô ry dada!Marina fa tonga tamiko ny fahalalana izay tsy nanananao; koa araho aho,fa hotarihiko amin'ny làlana mahitsy ianao.

44-Ô ry Dada! Aza manompo ny satana ianao. Marina fa ny satana dia tsy nankatò ilay be Fiantrana.

45- "Ô ry Dada! Tena matahotra aho, sao ho azon'ny famaizana avy amin'Ilay be Fiantrana ianao, ka ho lasa naman'ny satana ianao".

46- Niteny izy (dadan'i Ibrahimo) hoe: Ô ry Ibrahimo!Tsy mankasitraka ireo zanahariko ve ianao? Raha tsy mitsahatra amin'izany ianao dia hotorahako vato, halaviro aho mandritra ny fotoana maharitra.

47- Niteny izy(Ibrahimo) hoe: "Ho aminao anie ny fiadanana! Hangataka famelan-keloka ho anao aho amin'ny Tompoko. Nanome ahy fahasoavana mandrakariva Izy.

48- Hisaraka aminareo tanteraka aho sy amin'izay italahoanareo ankoatra an'i Allah, ary hitalaho amin'ny Tompoko aho, manantena aho fa tsy ho ory amin'ny antso ataoko amin'nyTompoko.

49-Rehefa nisaraka tamin'izy ireo, sy izay notompoin'izy ireoankoatran'i Allahizy, dia nomenay an'i Isaka sy i Jakoba,ary samy nataonay ho Mpaminany izy roa ireo.

50- Ary nomenay ny indrafònay izyireo,sady nomenay ny fiteny ambony feno fahamarinana.

51- Ary tsiahivo ao amin'ny Boky (Kor'any) i Mosa (Mosesy), fa tena olo-marina tokoa izy, sady Iraka no Mpaminany.

52- Ary nantsoinay izy teo akaikin'ny tendrombohitra Sinaï, tamin'ny ilany havanana, ary nampanatoninay akaiky dia akaiky izysady nitenenanay.

53- Ary noho ny indrafònay dia nomenay azy i Harona rahalahiny, ho Mpaminany.

54- Ary tsiahivo ao amin'ny Boky (Kor'any) i Ismael, mitana ny teny nomena izy, sady Iraka no Mpaminany.

55- Ary nandidy ny fianakaviny izy mba hanatanteraka ny Soalat (vavaka) sy ny Zakat (harena fiantrana), ary nahazo fankasitrahana tamin'ny Tompony izy.

56- Ary tsiahivo ao amin'ny Boky (Kor'any) i Idris, olona marina sady Mpaminany izy.

57- Ary nasondrotray amin'ny toerana ambony izy.

58- Izy ireny no nomen'i Allah fahasoavana, tamin'ireo Mpaminany, tamin'ireo taranak'i Adama, sy tamin'ireo nentinay niaraka tamin'i Noa, sy tamin'ireo taranak'i Ibrahimosy Israely, ary koa tamin'ireo izay notarihinay sy nosafidianay. Rehefa vakiana amin'izy ireo, ireo andininy avy amin'Ilay be Fiantrana dia miantoraka sy miara-miankohoka sady mitomany izy ireo.

59- Avy eo dia nandimby azy ireo (taranaka) izay nanao tsirambina ny Soalat (vavaka) sy nanaraka ny sitrapony. Tsy ho ela dia hihatra amin'izy ireo ny fahaverezana.

60- Afa-tsy izay mibebaka, sy mino ary manao asa soa,izy ireny no hiditra ao anatin'ny paradisa, ary tsy hiangarana mihitsy.

61- Ao amin'ireo zaridain'i Edena (fonenana mandrakizay) izay nampanantenain'Ilay be Fiantrana ho an'ireo mpanompony, (izay nino) ny zava-miafina.Tena marina fa izany fampanantenana izany, dia tsy hisalasalana fa tsy maintsy ho tonga.

62- Izy ireo dia tsy haheno teny tsy mendrika ao;tsy misy afa-tsy (ny fitenenana) hoe:" salam"(fiadanana);ary hanana ny anjara sakafony maraina sy hariva izy ireo ao.

63- Izany no paradisa izay hampandovainay an'ireo mpanomponay izay manam-patahorana.

64- Ary tsy midina izahay raha tsy araka ny didy avy amin'ny Tomponao. Azy avokoa izay eo anoloanay sy izay aorianay ary izay rehetra eo anelanelan'izy roa. Tsy mba manadino na inona na inona ny Tomponao.

65- (Izy no) Tompon'ireo lanitra sy ny tany sy izay rehetra manelanelana azy roa! Tompoy àry Izy, ary manàna faharetana amin'ny fanompoana Azy. Mahafantatra ny mitovy Aminy ve ianao?

66- Ary miteny ny olombelona hoe: "Moa ve rehefa maty,dia mbola haverina ho velona indray aho?"

67- Moa ve tsy tadidin'ny olombelona, fa Izahay tokoa no nahary azy tany aloha, fony izy mbola tsy nisy?

68- Marina amin'ny Tomponao! Fa hangoninay izy ireo sy ireo satana. Avy eo dia apetrakay am-pandohalihana manodidina ny afobe izy ireo.

69- Ary avy eo, dia tena halainay avy amin'ny andiany tsirairay avy, ireo izay nikiry fatratra tamin'ny fanoherana Ilay be Fiantrana.

70- Ary Izahay no mahalala tokoa izay mendrika hodorana amin'izy ireo.

71- Tsy misy aminareo ka tsy handalo amin'izany (tetezana ambonin'ny afobe), izany dia didy tsy azo hidovirana (hialana) avy amin'ny Tomponao.

72- Ary avy eo, dia havotanay ireo izay manam-patahorana. Fa havelanay am-pandohalihana ao kosa ireo mpanao ny tsy rariny.

73- Ary rehefa vakiana amin'izy ireo, ireo andininy mazava amin'ny teninay, dia miteny ireo tsy mpino amin'ireo mpino hoe: "Iza amin'ny andiany roa ireo, no manana toerana mampiadana, sy namana mendrika indrindra?".

74- Ary firifiry moa no naringanay tamin'ireo taranaka talohan'izy ireo, izay nihoatra azy ireo tamin'ny fananana, sy tamin'ny endrika ivelany.

75- Teneno hoe: "Izay ao anatin'ny fahaverezana, diaaokaIlay be Fiantrana hanalava ny fiainany, mandra-pahitan'izy ireo,na ilay famaizana na ilay Ora".Ka ho fantatr'izy ireo, iza no manana toerana ratsy indrindra, sy manana ny andiana miaramila tena osa.

76- Ary ampitomboin'i Allah fahitsiana ireo izay manaraka ny làlana mahitsy. Ary ireo asa soa maharitra, dia mendrika ny valisoa tsara indrindra, sy ny fiafarana tsara indrindra eo anatrehan'ny Tomponao.

77- Hitanao ve ilay tsy nino ireo andinin'ireo teninay, ka niteny hoe: "Tena homena harena sy zanaka tokoa aho?"

78- Moa ve mahafantatra ny zava-miafina izy,sa nanao fifanekena kosa tamin'ilay be Fiantrana?

79- Tsia! Tsy izany mihitsy!Hosoratanayizay teneniny, ary hampitomboinay ny halavan'ny famaizana ho azy.

80- Ary Izahay no handova izay teneniny, ary izy kosa dia hiverina samirery aty Aminay.

81- Ary nandray zanahary hafa izy ireo ankoatra an'i Allah,mba ho tanjaka ho azy ireo.

82-Tsia! Tsy izany velively! Ireo (zanahariny) diahitsipaka ny fanompoan'izy ireo, ary hitsangana ho fahavalon'izy ireo.

83- Moa ve tsy hitanao fa Izahay dia nandefa ireo satana ho amin'ireo tsy mpino, izay mandrisika azy ireo (tsy hankato)?

84- Aza maika hanohitra azy ireo àryIanao. Marina fa manisa izay rehetra ataon'izy ireo Izahay.

85- (Tsarovinao) ilay andro izay hamorianay ireo manam-patahorana, eo anatrehan'Ilay be Fiantrana, amin'ny andianymaromaro (am-boninahitra).

86- Ary hatosikay ao amin’ny afobe ireo mpanao heloka bevava,tahaka ny (andiam-biby) hamonjy fisotroan-drano.

87- Tsy hanana fahefana hanelanelana, afa-tsy izay nanao fifanekena tamin’Ilay be Fiantrana.

88- Ary niteny izy ireo hoe: “Nandray zazalahy ho zanakaIlay be Fiantrana!”

89- Ary tena zavatra maharikoriko izany entinareo izany!

90- Kely foana no tsy nahavaky ireo lanitra noho izany (teny izany), sy tsy nampitresaka ny tany, ary tsy naharava ireo tendrombohitra.

91- Noho izy ireo niantso fa Ilay be Fiantranadia manan-janaka.

92- Kanefa tsy mendrika velively an’Ilay be Fiantranany hanan-janaka!

93- Tsy inona akory izay rehetra any amin’ireo lanitra sy ety an-tany,afa-tsy mpanompo, eo anatrehan’Ilay be Fiantrana.

94- Tena marina fa notanisainy sy voaisany avokoa izy rehetra.

95- Ary amin’ny Andro Fitsanganana (amin’ny maty), dia hanatona Azy tsirairay izy rehetra.

96- Marina fa ireo izay nino sy nanao asa soa, dia hotoloran’Ilay be Fiantranany fitiavany izy ireo.

97- Nataonay ho mora azo (ny Kor’any) amin’ny fiteninao, mba hilazanao vaovao mahafaly ho an’ireo izay manam-patahorana,sy hampitandremanao ireo vahoaka be fifandirana.

98- Firifiry moa ireo taranaka talohan’izy ireo no naringanay! Moa ve mahatsikaritra ny iray amin’izy ireo ianao? Na koa mandre ny feon’izy ireo ve ianao?

**TOKO: 20**
**SORATRA TWAHA**
**ANDININY:135**
**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin'ny anaran'i Allah,Ilay be fiantrana,Ilay be Indrafo

1- Toã-Hã.

2- Tsy nampidina velively taminao ny Kor'any Izahay mba hampahory anao.

3- (Tsy inona akory izany) fa fampahatsiahivana ho an'izay matahotra (an'i Allah);

4- Nidina (ho fanambarana) avy amin'Ilay nahary ny tany sy ireo lanitra ambony.

5- Ilay be Fiantrana nitoetra eo amin'ny Seza Fiandrianana.

6- Ary Azy avokoa izay any amin'ireo lanitra, sy ety an-tany, ary izay eo anelanelan'izy ireo, sy izay any ambanin'ny tany.

7- Ary raha mampiaka-peo ianao, Izy dia mahafantatra tokoa ireo zava-miafina, na dia ireo izay tena miafina aza.

8- Allah! Tsy misy zanahary hafa afa-tsy Izy! Azy ireo anarana tsara indrindra.

9- Moa ve tonga taminao ny tantaran'i Mosa?

10- Raha nahita afo izy, dia niteny tamin'ny fianakaviany hoe: "Mijanona eto ianareo! Fa izaho dia nahatazana afo tokoa erý lavitra erý, angamba hitondra tapa-porohana ho anareo aho, na hahita toro-làlana eo anatrehan'io afo io aho".

11- Ary nony tonga teo izy, dia nisy feo niantso azy hoe: "Ry Mosa!

12- Izaho no Tomponao! Esory ny kapanao, satria eo amin'ny lohasaha masina, "Toa" ianao.

13- Izaho no nisafidy anao, ka henoy àry izay hambara.

14- Marina fa Izaho no Allah,tsy misy zanahary hafa afa-tsy Izaho ihany. Aoka hanompo Ahy ianao, ka tanteraho ny soalat (vavaka) ho fahatsiarovana Ahy.

15- Tena ho avy tokoa ilay Ora. Nefa afeniko ihany izany, mba ho voavaly araka ny ezaka nataony ny fanahy tsirairay.

16- Aoka tsy hanakana anao amin'izany ireo izay tsy nino, sy nanaraka ny hetahetampony.Fa ho tra-doza ianao.

17- Ary inona ity amin'ny tànanao havanana ity, ry Mosa?

18- Niteny izy hoe: "Ity no tehiko izay hianteherako, ampiasaiko amin'ny fiandrasana ireo ondriko, sy ilaiko amin'ny zavatra hafa ihany koa".

19- Niteny i Allah hoe: "Ô ry Mosa! Atsipazo izy io (tehana)",

20- Dia natsipiny izany(tehina), ka indro lasa bibilava izay nandady,

21- Niteny Izy (Allah) hoe: “Raiso izy (tehana)! Ary aza matahotra na inona na inona: Averinay amin’ny endriny taloha indray izany”.

22- Ary ataovy ao ambany helikao ny tànanao, fa ho lasa fotsy (mamirapiratra) izany rehefa mivoaka avy tao, ka tsy harary akory, fa ho fahagagana hafa indray izany.

23- Mba hampisehoanay aminao ireo fahagagana lehibe indrindra avy Aminay.

24- Mandehana any amin’i Faraona ianao, fa efa tena mihoa-pefy izy.

25- Niteny i Mosa hoe: “Tompo ô! Sokafy ny tratrako (foko),

26- Ary hamoray ny iraka ataoko.

27- Ary vahao ny fatotra amin’ny lelako,

28- Mba hahazoan’izy ireo ny teniko.

29- Ary omeo mpanampy avy amin’ny fianakaviako aho.

30- Harona, rahalahiko.

31- Ampitomboy avy amin’ny alalany ny heriko!

32- Ataovy hifarimbona amiko amin’ireo iraka ataoko izy.

33- Mba hideranay Anao indrindra.

34- Mba hahatsiarovanay anao matetika.

35- Marina fa Ianao diatena mahita anay.

36- Niteny Izy (Allah) hoe: Ry Mosa! Efa nankatoavinay ny fangatahanao”

37- Ary efa nomenay tombony manokana ianao tany am-boalohany.

38- Rehefa nambaranay tamin’ny reninao izay tokony nambara azy:

39- “Ataovy anaty vatakely izy, dia alefaso eny ambony rano mba ho entin’ny riaka eny an-tsisiny.Ka hisy fahavaloko sy fahavalony handray azy. Ary nandrotsahako fitiavana avy Amiko ianao mba hobeazina eo ambany masoko.

40- Ary tonga (nandalo) teo ny anabavinao, ka niteny hoe: “Moa ve azoko atao ny manondro olona ho anareo hikarakara azy?”. Dia naverinay tamin’ny reninao ianao, mba hampifalifaly ny masony, ka tsy halahelo intsony izy. Namono olona ianao, nefa navotanay tamin’ny tahotra izay nanageja anao; ary nosedrainay fitsapana maro ianao. Ka nonina taona maro niaraka tamin’ny mponin’i Madiana ianao. Avy eo dia tonga ianao, araka ny didy efa voafetra, ô ry Mosa!

41- Efa nofidiko ho Ahy ianao.

42- Koa mandehana ianao sy ny rahalahinao, miaraka amin’ny fahagagana avy Amiko; ary aza atao tsirambina ny fahatsiarovana Ahy.

43- Mandehana any amin’i Faraona ianareo, fa tena nihoa-pefy izy.

44- Dia miresaha aminy am-pahendrena ianareo roa. Angamba hahatsiaro tena izy na hatahotra (Ahy)

45- Niteny izy roa hoe: “Tomponay ô! Tena matahotra ny hampijaliany izahay, na hanaovanyratsy tafahoatra aminay”.

46- Niteny (i Allah) hoe: “Aza matahotra na inona na inona ianareo, fa Izaho dia miaraka aminareo hatrany, mandre sy mahita Aho”.

47- Koa noho izany, mandehana mankany aminy ianareo, ka teneno (izy) hoe: “Izahay roalahy dia tena iraky ny Tomponao. koa alefaso miaraka aminay ireo zanak’Israely, fa aza ampijaliana intsony izy ireo. Tonga eto aminao izahay miaraka amin’ny porofo avy amin’ny Tomponao. Ary ny fiadanana anie ho an’izay manaraka ny làlana mahitsy”.

48- Efa nahazo fanambarana izahay fa, ny famaizana dia natao ho an’ireo izay milaza lainga (ny finoana) sy mitodi-damosina.

49- Niteny izy (Faraona) hoe: “Iza àry no Tomponareo ry Mosa?”

50- Niteny izy (Mosa): “Ny Tomponay, dia Ilay nanome endrika ny zavatra tsirairay, avy eo dia nitari-dàlana azy Izy”.

51- Niteny izy (Faraona) hoe: “Ka ahoana àry ireo taranaka taloha?”

52- Niteny izy (Mosa): “Ny fahalalana momba azy ireo dia eo anatrehan’ny Tompoko, ao amin’ny Boky. Tsy manao hadisoana, ary tsy manadino ny Tompoko”.

53- Izy izay nanao ho anareo ny tany ho toy ny fandriana, ary nanoritra ny làlana teo aminy ho anareo; nampidina ny rano avy eny an-danitra izy. Ka avy amin’izany no namoahanay tsiroaroa ireo karazan-java-maniry maro samihafa.

54- “Mihinàna àry ianareo, ary ampihinano koa ireo biby fiompinareo”. Izany dia porofo famantarana hoan’ireo matsilo saina.

55- Avy aminy (tany) no naharianay anareo, ary avy aminy no hamerenanay anareo, ary avy aminy ihany koa no hamoahanay anareo indray.

56- Efa nasehonay azy (Faraona) daholo ireo zava-mahagaga rehetra avy Aminay; saingy nolazainy fa lainga izany, ary nandà izy.

57- Niteny izy (Faraona) hoe: “Ô ry Mosa! Moa ve tonga aty aminay ianao, mba hamoaka anay hiala amin’ny taninay amin’ny alàlan’ny majikanao?

58- Tena hitondrànay majika mitovy amin’izany koa ianao, ka aoka ianao hanome fotoana ho antsika, ka tsy hisy tsy ho tonga amin’izany, na izahay na ianao, eny amin’ny toerana malalaka.

59- Dia niteny izy (Mosa) hoe: “Ny fotoana hihaonanareo dia amin’ny andro fety. Ary aoka amin’ny maraina no hamoriana ny olona”.

60- Nisintaka i Faraona, dia lasa nampivondrona nyhevi-petsiny (ireo mpanao majikany), avy eo dia niverina izy (teny amin’ny toerana fihaonana).

61- Niteny tamin'izy ireo i Mosa hoe: "Loza ho anareo! Aza mamorona lainga momba an'i Allah ianareo, raha tsy izany, dia haringany avokoa amin'ny alàlan'ny famaizana ianareo. Ho very tokoa izay mamoron-dainga!"

62- Tamin'izany dia niady hevitra mafy izy ireo,nefanitazona ny tsiambaratelony izy ireo.

63- Niteny izy ireo (mpanao majika) hoe: "Marina fa ireto olona roalahy ireto dia mpanao majika, mitady hamoaka anareo hialaamin'ny taninareo amin'ny alàlan'ny majikan'izy ireo, sy hanafoana ny foto-pinoana mendrika nahazatra anareo".

64- Avondrònyàry ny hevi-petsinareo rehetra, avy eo diaavia ianareo miara-milahatra, fatena mahazo fahasambarana izay mandresy androany.

65- Niteny izy ireo hoe: "Ô ry Mosa! Na ianao no hanipy (ny tehinao), na izahay no hanipy voalohany".

66- Niteny izy (Mosa) hoe: "Atsipazo ny anareo".Ka indro ny tadin'izy ireo sy ny tehin'izy ireo, fa toa hitany mandady, vokatry ny majikan'izy ireo.

67- Ka nahatsiaro nisy tahotraihany i Mosa tao amin'ny tenany.

68- Dia niteny taminy Izahay hoe: "Aza matahotra!Faianao no ambony indrindra".

69- Ary atsipazo izay eo amin'ny tànanao havanana, hitelina izay namboarin'izy ireo izany. Tena marina fa izay namboarin'izy ireo dia hevi-petsin'ny mpanao majika. Ary ny mpanao majika dia tsy hahita fahombiazana na aiza na aiza misy azy.

70- Indro fa niantoraka ka niankohoka ireo mpanao majika, sady niteny hoe: "Mino ny Tompon'i Harona sy Mosa izahay".

71- Niteny i Faraona hoe:"Nino azy ve ianareo alohan'ny hanomezako alàlana anareo? Tena marina faizy no tena lehibenareo izay nampianatra anareo ny majika.Noho izany, dia tena ho tapatapahiko ny tànanareo sy ny tongotrareo mifanohitra amin'ny andaniny avy,avy eo dia hofantsihiko amin'ireo vatan-kazo palma ianareo,ka ho fantatrareo, iza no tena mafy famaizana indrindra amintsika sy haharitra kokoa".

72- Niteny izy ireo hoe: "Tsy ho tianay kokoa na oviana na oviana, noho ireo porofo mazava tonga aminay ianao, amin'ny Anaran'Ilay nahary anay. Tanteraho àry izay didy tianao ampiharina. Fa ny didinao dia tsy mahakasika afa-tsy ny fiainana eto an-tany ihany".

73- "Tena marina famino ny Tomponay izahay, mba hamelany ny helokay amin'ireo hadisoana nataonay,sy amin'ny majikaizay nanerenao anay. Ary i Allah no mendrika indrindra sy mandrakizay".

74- Tena marina fa,na iza na izamanatona ny Tomponyka nanao heloka be vava, dia ho azy ny afobe. Ary tsy maty izyao, nosady tsy velona.

75- Ary izay manatona Azy, ka nino no sady nanao ny asa soa, izy ireny no hanana ny laharana ambony.

76- Ireo zaridainan'i Edena izay mikoriana eo ambaniny ireo renirano, hitoetra ao mandrakizay izy ireo, ary izany dia valisoan'ireo izay nanadio (ny fanahiny).

77- Ary nambaranay tamin'i Mosa hoe: "Mandehàna amin'ny alina, miaraka amin'ireo mpanompoko ianao, ka kapohy ny ranomasinaho làlan' izy ireo. Aza matahotra ny fanenjehana, ary aza manahy ianao!"

78- Ka nanenjika azy ireo i Faraona niaraka tamin'ireo miaramilany, nefa voarakotry ny ranomasina tanteraka izy ireo.

79- Ary noverezin'i Faraona ny vahoakany, ka tsy notarihiny tamin'ny làlana mahitsy.

80- Ô ry zanak'Israely! Efa navotanay teo amin'ny fahavalonareo ianareo, ary efa nomenay fotoana teo amin'ny ilany havanan'ny tendrombohitra Tora ihany koa ianareo, ary mbola nampidininay taminareo ny mana sy ireo mpapelika.

81- Mihinàna ianareo amin'ireo sakafo tsara izay anjara nomenay anareo. Ary aza mihoa-pefy amin'izany ianareo, raha tsy izany, dia hianjeraaminareo ny hatezerako. Fa izay hianjeran'ny hatezerako, dia mankany amin'ny fahapotehana tanteraka.

82- Ary Izaho dia tena Mpamela heloka, ho an'izay mibebakasy mino, ary manao asa soa, ka mizotra amin'ny làlana mahitsy.

83- "Fa inona ry Mosa no nahamaika anao hiala ny vahoakanao?"

84- Niteny i Mosa hoe: "Izy ireo dia nanara-dia ahy. Ary nanafaingana ny diako aty Aminao aho, mba hankasitrahinao.

85- Niteny i Allah hoe: "Notsapainay tokoa ny vahoakanao taorian'ny nandehananao, ka noverezin'i Sãmirì làlana izy ireo".

86- Ary dia niverina tany amin'ny vahoakany i Mosa, tezitra no sady nalahelo; niteny izy hoe: "Ô ry vahoakako! Moa ve tsy efa nanome fampanantenana tsara anareo ny Tomponareo? Moa ve ela loatra taminareo ny fifanekena? Sa hirinareo ny hianjeran'ny fahatezeran'ny Tomponareo aminareo, noho ny famadihanareo ny fotoana nifanekena tamiko?".

87- Niteny izy ireo hoe: "Tsy noho ny sitraponay loatra no nivadihanay tamin'ny fotoana nifanekena taminao, saingy noterena hivesatra ireo firavaky ny vahoakan'i Faraona izahay, ka nodoranay avokoa (tamin'ny afo) izany araka ny hevitra natsipin'i Samiri.

88- Dia namoaka sarin-janak'omby lahy (volamena) avy tamin'izany ho azy ireo izy,vatana mitrena. Ary niteny izy ireo hoe: "Io no zanaharinareo sy zanaharin'i Mosa, fa izy no nanadino".

89- Fa nahoana! Tsy hitanareo ve, fa tsy miteny izy io (zanak'omby lahy volamena), ary tsy manana fahefana hanisy ratsy na hanao soa azy ireo akory izy?

90- Ary efa tena niteny mialoha tamin'izy ireo i Harona hoe: "Ô ry vahoakako,tena latsaka tao amin'ny fakam-panahy ianareo (noho nyzanak'omby volamena), nefany marina dia Ilay be Fiantranano Tomponareo. Koa manaraha ahy ianareo, ary ankatoavy ny didiko".

91- Niteny izy ireo hoe: "Tsy hitsahatra ny hifikitra amin'io izahay, raha tsy miverina aty aminay i Mosa".

92- Niteny i Mosa hoe: "Ô ry Harona! Inona no nisakana anao (tsy handrara azy ireo) rehefa hitanao fa diso làlana izy ireo?"

93- Moa ve tsy manaraka ahy ianao? Sa tsy nankatoavinao ny didiko?

94- Niteny izy (Harona) hoe: “O ry zanaky ny reniko! Aza raisinao amin’ny volom-bavako aho, na amin’ny lohako. Matahotra aho ny hitenenanao hoe: “Nozarazarainao ireo zanak’Israely, ary tsy nanatanteraka ny teniko ianao”.

95- Niteny izy (Mosa) hoe: “Fa inona no zavatra tetehinao ry Samiri?

96- Niteny izy (Samiri) hoe: “Nahita izay tsy hitan’izy ireo aho, ka naka eran’ny tànana tamin’ny dian’ilay Iraka aho; avy eo, dia nafafiko izany.Tahaka izany no bitsiky ny fanahy tamiko”

97- Niteny izy (Mosa) hoe: “Mandehana ianao. Amin’ny fiainana, toy izao hatrany no teneninao (amin’ny olona rehetra) hoe: “Aza mikasika ahy (ianareo)!”. Ary hisy fe-potoana homena anao izay tsy azonao hidovirana. Jereo ny zanaharinao izay nofikirinao fatratra. Marina fa ho doranay tokoa izy, ary hafafinay (ny lavenony) any amin’ireo onjan-dranomasina.

98- Tena marina, fa i Allah no Zanaharinareo, tsy misy zanahary hafa afa-tsy Izy ihany. Manenika ny zava-drehetrany Fahalalany.

99- Toy izany no fitantaranay aminao izay niseho tany aloha. Tena fampahatsiahivana avy aminay tokoa no nentinay taminao.

100- Na iza na iza manohitra azy (Kor’any) dia hitondra enta-mavesatra (fahotana) izy amin’ny Andro Fitsanganana.

101- Hitoetra ao mandrakizay izy ireo, ary tena enta-mavesatra ho azy ireo izany amin’ny Andro Fitsanganana (ny maty).

102- Amin’ny Andro izay hitsofanany trompetra (anjomara), dia hangoninay amin’izany andro izany ireo mpanao heloka bevava, ary ho mangana ny endriny (noho ny tahotra).

103- Hifampibitsika izy ireo hoe: “Tsy nijanona tao ianareo raha tsy folo (andro ihany)!”

104- Tena mahalala tsara izay holazain’izy ireo Izahay, raha ny iray tamin’izy ireo, izay tsara fitondrantena hiteny hoe: “Tsy nijanona afa-tsy iray andro ihany ianareo”.

105- Ary hanontany anao izy ireo momba ireo tendrombohitra. Teneno hoe: “Ny Tompoko no hanaparitaka azy ireo ho tahaka ny vovoka”.

106- Ary hataony ho toy ny tany lemaka sy ngazana izany.

107- Izay tsy ahitanao na fiolakolahana na dongon-tany.

108- Amin’izany Andro izany dia hanaraka ny Mpiantso tsy misy fiolakolahana (fanarahana feno fankatoavana) izy ireo; dia hihamora ny feo eo anatrehan’Ilay be Fiantrana. Ary tsy handre ianao afa-tsy feo malefaka ihany.

109- Amin’izany Andro Izany, dia tsy hisy hahazo tombontsoa amin’ny fanelanelanana afa-tsy izay nomen’Ilay be Fiantrana alalana,sy nankasitrahiny ny teniny.

110- Fantany izay eo alohan’izy ireo sy izay aorian’izy ireo, nefa tsy mahafehy Azy amin’ny alalan’ny fahalalana izy ireo.

111- Manetry tena eo anatrehan'Ilay Velona mandrakizay, Ilay tsy miankina na amin'iza na amin'iza ny tarehy rehetra. Ary ho matiantokaizay nanao ny tsy rariny.

112- Ary na iza na iza nanao asa soa sady mpino, dia tsy hatahotra na ny tsy rariny na ny tsindrihazolena.

113- Toy izany no nampidininay ny Kor'any (amin'ny fiteny) arabo, ary nampitomboinay ao anatiny ny fandrahonana,angamba izy ireo hanam-patahorana, na hitondra fampahatsiahivana vaovao ho azy ireo.

114- Ho an'i Allah anie ny fahamboniana, Ilay Mpanjaka tena Marina! Aza maika (mamaky) ny kor'any ianao,alohan'ny fahataperan'ny fanambarana azy aminao. Ary teneno hoe: “Ô ry Tompoko! Ampitomboy ny fahalalako!”

115- Ary tena efa nandidy an'i Adama Izahay teo aloha, saingy nanadino izy; ary tsy nahita fanapahan-kevitra hentitra tao aminy Izahay.

116- Ary raha niteny tamin'ireo Anjely Izahay hoe: “Miankohofa eo anatrehan'i Adama ianareo!”. Dia niankohoka avokoa izy rehetra, afa-tsy Iblisyizay nandà.

117- Dia niteny Izahay hoe: “Ô ry Adama!Tena marina fa fahavalo ho anao, sy ho an'ny vadinao tokoa izy. Koa aokatsy havoakany avy ao amin'ny paradisa ianareo,fa ho lasa ory ianao.

118- Fa tsy hahatsiaro hanoanana ianao ao, na hitanjaka koa.

119-Ary tsy hahatsiaro hetaheta ihany koa ianao ao,arytsyho tratran'ny hafananan'ny masoandro.

120- Avy eo dia naka fanahy azy ny satana, sady niteny hoe: “Ô ry Adama! Hatoroko anao ve ilay hazon'ny mandrakizay, sy ny fanjakana tsy mety rava?”

121- Dia samy nihinana tamin'izany izy roa (Adam sy Eva).Avy eo, dia nahatsapa fa nitanjaka (niboridana) izy roa, ka niara-nitafy ny ravina tao am-paradisa. Tsy nankatò ny tenin'ny Tompony i Adam, ary dia very làlana.

122- Avy eo,dia nofidian'ny Tompony izy, ary nankasitrahiny ny fibebahany,ary dia notarihiny làlana izy.

123- Niteny Izy hoe: “Midìna miala etoianareo roa (Adama sy Eva)! Ny andaniny aminareono fahavalon'ny ankilany. Ary raha misy tari-dàlana avy atyAmiko tonga eo aminareo, ka na iza na iza manaraka ny tari-dàlako dia tsy ho very làlana, ary tsy ho ory.

124- Ary na iza na izakosa mitodi-damosina amin'ny fampahatsiahivako,tena marina fa ho azy ny fiainana feno fahasahiranana, ary amin'ny Andro Fitsanganana (amin'ny maty) dia haverinay ao anatin'ny fahajambana izy.

125- Dia hiteny izy hoe: “Tompo ô! Nahoana no naverinao anatin'ny fahajambana aho, nefa dia nahiratra tany aloha”.

126- Niteny Izy (Allah) hoe: “Toy izany no nahatongavan'ny Famantaranay teo aminao, ka nanadino izany ianao, dia toy izany koa no hanadinoana anao androany”.

127- Ary tahaka izany no hanasazianay izay mihoa-pefy sy tsy mino ireoFamantarana avy amin'ny Tompony. Ary tena marina fany famaizana any an-koatra no tena mafy sady maharitra.

128- Tsy ampy ho toro-làlana ho azy ireo ve, firifiry moa nonaringanay, talohan'izy ireo, tamin'ireo taranaka maro tao amin'ireo fonenana izay andehanan'izy ireo ankehitriny? Tena marina faizany dia Famantarana ho an'ireo matsilo saina!

129- Raha tsy ny fisian'ny Teny izay efa noraisin'ny Tomponao mialoha, sy ny fotoana izay efa voafaritra, dia tsy afa-bela (amin'ny famaizana) izy ireo.

130- Zakao amim-paharetana izay lazain'izy ireo, ary ankalazao amim-piderana ny Tomponao, alohan'ny fiposahan'ny masoandro sy mialohan'ny filentehany. Ary mandritra ny alina, diaankalazao ny voninahiny, sy eo amin'ny fiandohan'ny andro ary ny fiafarany. Angamba hahazo fahafaham-po Ianao.

131- Ary aza atopy mankany amin'izay fahafinaretana mandalo nomenay hifalian'ireo mpivady sasantsasany amin'izy ireo ny masonao; tahaka ny ravaky ny fiainana an-tany hisedrana azy ireo izany. Ny fanomezana izay avy amin'ny Tomponao no tena tsara indrindra, sady maharitra.

132- Ary didio ny fianakavinao amin'ny fanatanterahana ny Soalat (vavaka), ary mahareta amin'izany (Soalat) koa ianao. Tsy mangataka anjara fivelomana aminao Izahay, fa izahay no manome anjara fivelomana ho Anao. Fa ny fiafaràna tsara dia ho an'ny manam-patahorana.

133- Ary niteny izy ireo hoe: "Nahoana izahay no tsy hitondrany fahagagana avy amin'ny Tompony?". Moa ve tsy efa tonga tamin'izy ireony porofo izay noraiketin'ireo Boky taloha?

134- Ary raha naringanay tamin'ny famaizana talohan'ny hahatongavany (Mohammad) izy ireo, dia ho niteny tokoa izy ireo hoe: "Ry Tomponay ô! Nahoana no tsy nandefasanao Iraka izahay? Dia ho nanaraka ny famantaranao (porofo fanambarana) izahay, mialohan'ny hietrenay (ambany dia ambany), sy hahafa-baraka anay".

135- Teneno hoe: "Ny tsirairay dia samy miandry avokoa. Miandrasa ihany koa àry ianareo! Tsy ho ela dia ho fantatrareo, iza ireo olon'ny làlana mahitsy, sy ireo izay voatari-dàlana".

## TOKO:21
## SORATRA: IREO MPAMINANY
## (AL-AMBIA)
## ANDININY:112
## NIDINA TAO MAKKAH

Aminy Anaran'i Allah, Ilay be Fiantrana, Ilay be Indrafo.

1- Manakaiky ny olombelona ny fitsarana azy, kanefa izy ireo, anatin'ny tsy firaharahana, dia mitodi-damosina.

2- Tsy misy fampahatsiahivana vao haingana tonga tamin'izy ireo avy amin'ny Tompony, ka tsy nohenoin'izy ireo amim-pivazivaziana izany.

3- Varimbariana ny fon'izy ireo, kanefa ireo mpanao ny tsy rariny dia manao resaka ankinafinafina (ka miteny hoe): "Moa tsy olombelona tahaka anareo ihany ve izy? Ka hilofo amin'ny majika ve ianareo, nefa mahita tsara ianareo?"

4- Niteny izy hoe: "Ny Tompoko dia mahafantatra ny teny rehetra izay lazaina any an-danitra sy ety an-tany. Ary Izy Ilay Maheno, Ilay Mahalala ny zava-drehetra".

5- Nefa niteny izy ireo hoe: "Izany ka nofy maro mifangaro, na koa noforonony fotsiny, na koa mpanao tononkalo (poety) izy! Ka aoka izy hitondra famantarana aminay toy ny nanirahana ireo (Iraka) teo aloha.

6- Tsy misy tanàna talohan'izy ireo na dia iray aza, tamin'ireo izay naringanay ka mba nino (tamin'ny fahitana ireo Fahagagana). Moa ve hino izy ireo?

7- Ary tsy nandefa Iraka talohanao Izahay raha tsy olombelona, izay nandefasanay ny fanambarana. Koa anontanio ireo manam-pahalalàna, raha toa ka tsy mahafantatra ianareo.

8- Tsy nataonay vatana tsy mihinana sakafo izy ireo, ary tsy natao hiaina mandrakizay ihany koa.

9- Avy eo dia notanterahinay ny fampanantenàna izay nataonay tamin'izy ireo, ka navotanay izy ireo sy izay sitrakay; ary naringanay ireo izay mpihoa-pefy.

10- Tena efa nampidininay taminareo ilay Boky izay mirakitra ny fampahatsihivana ho anareo, moa ve tsy mba misaina ianareo?

11- Firifiry moa ireo tanàna izay nanao ny tsy rariny ka nopotehinay! Ary namorona vahoaka hafa Izahay taorian'izy ireo.

12- Rehefa nahatsapa ny hamafin'ny sazinay izy ireo, dia lasa nandositra haingana.

13- Aza mandositra ianareo! Miverena amin'ny hatsaram-piainana izay nahafinaritra anareo sy amin'ny toeram-ponenanareo. Angamba ho hanontaniana ianareo!

14- Niteny izy ireo hoe: "Loza ho anay! Tena mpanao ny tsy rariny tokoa izahay".

15- Tsy nitsahatra mihitsy ny antsom-pitarainan'izy ireo mandra-panaovanay azy ireo jinja maina sy maty.

16- Tsy kilalao no naharianay ny lanitra sy ny tany, ary izay rehetra eo anelanelan'izy ireo.
17- Raha naniry nanao an'izany ho fialam-boly Izahay, dia noraisinay teo akaikinay ihany izany, raha tena hanao izany tokoa izahay.

18- Tsy izany anefa! Nalefanay hanohitra ny hadisoana ny fahamarinana izay handresy azy, ary indro izy fa rava. Ary loza ho anareo! Noho ny zavatra izay nolazainareo (tsy rariny momba i Allah)

19- Ho Azy irery avokoa izay rehetra any amin'ireo lanitra sy ny eto an-tany. Ireo izay eo anatrehany (ireo Anjely), dia tsy mba mihevitra ny tenany ho lehibe manoloana ny fanompoana Azy, ary tsy mba sasatra manao izany izy ireo.

20- Mankalaza ny voninahiny amin'ny alina sy antoandro izy ireo, ary tsy an-kinjanona mihitsy.

21- Moa ve nandray zanahary hafa izy ireo, izay afaka manangana ireo maty avy amin'ny tany?

22- Raha ohatra ka nisy zanahary hafa (tany an-danitra sy tety an-tany) ankoatra an'i Allah, dia tena marina fa ho nikorontana izy roa ireo. Voninahitra anie ho an'i Allah, Tompon'ilay Seza fiandrianana; ary Izy dia ambony lavitra noho izay nolazain'izy ireo!

23- Tsy misy hanontany Azy amin'izay ataony, fa izy ireo no hanontaniana (amin'ny asa nataon'izy ireo).

24- Moa ve nandray zanahary hafa ankoatra Azy (Allah) izy ireo? Teneno hoe: "Ento ny porofonareo! Ity dia fampatsiahivana ho an'ireo izay miaraka amiko, sy fampatsiahivana ihany koa ho an'ireo talohako". Nefa maro amin'izy ireo no tsy mahafantatra ny fahamarinana, ary tsy miraharaha izany izy ireo.

25- Tsy nandefa iraka Izahay na dia iray aza talohanao, ka tsy nambaranay azy ny hoe: "Tsy misy zanahary hafa afa-tsy Izaho ihany; aoka hanompo Ahy irery ianareo!"

26- Ary niteny izy ireo hoe: "Ilay be Fiantrana dia nandray zanaka". Voninahitra anie ho Azy! Fa mpanompo mendri-kaja ihany izy ireo!

27- Tsy mialoha ny Teniny izy ireo, fa manatanteraka kosa ny asa araka ny Didiny.

28- Mahafantatra izay alohan'izy ireo sy izay aorian'izy ireo Izy. Ary tsy afaka manelanelana izy ireo raha tsy amin'izay ankasitrahany, ary mangovitra izy ireo noho ny fatahorana Azy.

29- Ary na iza na iza amin'izy ireo miteny hoe:"Tena marina fa izaho no zanahary ankoatra Azy". Ny valiny omenay azy dia ny afobe, ary tahaka izany no hamalianay ireo mpanao ny tsy rariny.

30- Ireo izay tsy nino, moa vetsy hitan'izy ireo fa nitambatra ho vainga iray ihany ireo lanitra sy ny tany? Avy eo dia nosarahanay roa izany, ary nataonay ho velona avy amin'ny rano ny zavamanan'aina rehetra. Tsy mino an'izany ve ianareo?

31- Ary nasianay tendrombohitra ny tany tahakany andry, mba tsy hampihozongozona azy ireo, ary nasianaylàlana maro eo aminy, angamba hahazo tari-dalana izy ireo.

32- Ary nataonay tafo voaaro ny lanitra, nefa mbola tsy miraharaha ihany izy ireo amin'izany famantarana izany.

33- Ary Izy no nahary ny alina sy ny andro, ny masoandro sy ny volana, ny tsirairay dia samy misosa amin'ny sori-dàlana ihodinany avy.

34- Ary tsy misy olombelona nataonay teo alohanao na dia iray aza haharitra mandrakizay. Moa ve raha maty ianao, dia ho mandrakizay ve izy ireo?

35- Ny manan'aina rehetra dia samy handalo amin'ny fahafatesana avokoa. Hosedrainay amin'ny ratsy sy amin'ny tsara ianareo mba ho fitsapana.Ary any Aminay no hamerenana anareo.

36-Rahamahita anao ireo tsy mpino, dia tsy hanao afa-tsy ny fanesoesoana anao (sady hiteny) hoe: "Moa ve ity ilay maniratsira ireo zanaharinareo?". Nefa izy ireo dia manda ny fampatsiahivan'ilay be Fiantrana.

37-Toetra voajanahary ho an'ny olombelona ny tsy faharetana. Hasehoko aminareo ireo famantarana avy aty Amiko, koa aza terenareo ho faingana Aho.

38-Ary miteny izy ireo hoe: "Rahoviana no hotanteraka izany fampanantenana izany, raha tena mpilaza ny marina ianareo?".

39-Raha tena fantatr'ireo tsy mpino ny fotoana izay tsy hahafahan'izy ireo misakana ny afo ho eny amin'ny tarehin'izy ireo, na ny lamosin'izy ireo, ka tsy hisy hovoahavotra izy ireo!

40-Tsy izany anefa! Fa ho tonga tampoka amin'izy ireo izany, ary hogaga izy ireo; nefa tsy afaka hamerina izany izy ireo, ary tsy misy fe-potoana fanampiny homena azy ireo.

41-Ary efa noesoesoina tokoa ireo Iraka talohanao, fa ireo izay nanesoeso azy ireo dia niharan'ny sazy noho ireo esoesony.

42-Teneno hoe: "Iza no miaro anareo andro aman'alina manoloana (ny famaizan') Ilay be Fiantrana?", nefa izy ireo tsy miraharaha ny fampahatsiahivan'ny Tompon'izy ireo

43-Moa ve manana zanahary hafa ankoatra Anay afaka miaro azy izy ireo? Nefa izy ireny dia tsy afaka mamonjy ny tenan'izy ireo,ary tsy manana namana afaka hanohitra Anay.

44-Tsy izany anefa fa nomenay hafaliana mandalo izy ireo sy ireo raza[illegible] lasa lava andro hiainana.Moa tsy hitan'izy ireo fa ho avy amin'ny t[illegible], ka hahenanay ny sisiny rehetra! Ho mpandresy ve izy ireo?

45-Teneno hoe: "Izaho dia tsy manao afa-tsy ny mampandre anareo ny fanambarana", nefa ny marenina dia tsy maheno ny antso rehefa ampitandremana.

46-Raha mikasika amin'izy ireo ny famaizana kely avy amin'ny Tomponao, dia hiteny izy ireo hoe: "Loza ho anay! Marina fa izahay dia mpanao ny tsy rariny tokoa".

47-Ary hapetrakay amin'ny andro fitsaganana (amin'ny maty), ireo mizana marina, ka tsy hisy olona ho tratran'ny fitongilanana na kely aza, na dia tahaka ny lanjan'ny voatsinampy, dia ho asehonay. Ampy ho mpitsara tokoa Izahay.

48-Ary efa nomenay an'i Mossa (Mosesy) sy Harona tokoa ny boky fanavahana (ny tsara sy ny ratsy) ho fahazavana sy ho fampatsiahivana ho an'ireo izay manam-pahatahorana.
49-Ary hoan'izay matahotra ny Tompon'izy ireo, na dia tsy hitan'ny masony aza, ary matahotra ihany koa ny Ora (Andro farany).

50-Ary ity (Kor'any) dia fampatsiahivana feno tso-drano masina nampidininay, ka moa ve handa azy ianareo?

51-Ary efa nomenay toro-làlana mahitsy teo aloha i Ibrahim (Abrahama), ary manana fahalalana tsara an'izany Izahay.

52-Raha niteny izy (Ibrahim) tamin'ny Rainy sy ny vahoakany hoe: "Inona ireto sarivongana izay tena ifikiranareo ireto?"

53-Namaly izy ireo hoe: "Hitanay ireo razambenay efa nanompo azy ireo".

54-Niteny izy (Ibrahim) hoe: "Marina tokoa, fa ianareo sy ireo razambenareo dia ao anatin'ny fahaverezana miharihary".

55-Niteny izy ireo hoe: "Moa tonga eto aminay miaraka amin'ny fahamarinana ve ianao? Sa anisan'ireo mpananihany ianao?

56-Niteny izy (Ibrahim): "Tsia! Fa ny Tompon'ireo lanitra sy ny tany, Izy no nahary azy ireo, ary izaho dia isan'ny hijoro vavolombelona aminareo amin'izany".

57-Tena marina amin'i Allah, fa hanaovako tetika ireo sampinareo aorian'ny fotoana handehananareo.

58-Ka nopotipotehiny tokoa izy ireo (sarivongana) afa-tsy ilay lehibe. Angamba hiverina aminy izy ireo.

59-Niteny izy ireo hoe: "Iza no nahavita izao tamin'ireo zanaharinay? Fa tena mpanao ny tsy rariny izy".

60-Niteny ny sasantsasany tamin'izy ireo hoe: "Naheno tovolahy iray, izay manaratsy azy ireo Izahay, Ibrahimo no anarany".

61-Niteny izy ireo hoe: "Ento mankatý izy, ho eo imason'ny olona rehetra, mba hahafahan'izy ireo mijoro ho vavolombelona".

62-Niteny taminy izy ireo hoe: "Ianao tokoa ve ry Ibrahimo no nahavita izao tamin'ireo zanaharinay ireo?".

63-Niteny izy hoe: "Ity ilay lehibe indrindra amin'izy ireo, izy no nahavita izany, koa anontanianareo àry izy ireo, raha afaka miteny!"

64-Niova hevitra izy ireo, ary nifampiteny hoe: "Ianareo no tena mpanao ny tsy rariny!"
65-Avy eo, dia nitanondrika izy ireo sy niteny (tamin'i Ibrahimo) hoe: "Fantatrao tsara fa izy ireo dia tsy mahay miteny".

66-Niteny izy (Ibrahimo): "Manompo zavatra hafa ankoatra an'i Allah ve ianareo, izay tsy afaka hanao soa anareo, ary tsy afaka hanao ratsy anareo koa?".

67-“Fahafam-baraka ho anareo sy izay tompoinareo ankoatra an’i Allah! Tsy mba mandinika ve ianareo?”.

68-Niteny izy ireo hoe: “Doroinareo izy! Ary avoty ny zanaharinareo, raha tena hanao zavatra ianareo”.

69-Niteny Izahay hoe: “Ô ry afo! Aoka ianao ho hatsiaka sy fitoniana ho an’i Ibrahimo!”

70-Dia naniry ny hanao teti-dratsy taminy izy ireo, nefa izy ireo no tena nataonay matiantoka indrindra.

71-Ary navotanay izy, sy i Lota ihany koa, nankany amin’ny tany izay nosoavinay ho an’izao tontolo izao.

72-Ary nomenay azy i Isaka, ary fanampiny i Jakoba, ka nataonay olona mendrika avokoa izy ireo.

73-Ary nataonay ho mpitondra izay hitarika araka ny Didinay izy ireo. Ary nanambara tamin’izy ireo Izahay mba hanao ny tsara, sy hanatanteraka ny Soalat (vavaka), ary hanome ny Zakat (harena fiantrana). Fa izy ireo dia mpanomponay.

74-Ary i Lota, nomenay azy ny fahendrena sy ny fahalalana, ary navotanay izy tamin’ilay tànana izay nanaovana asa maloto, tena marina fa izy ireo dia vahoaka ratsy sy maloto fitondrantena.

75-Ary nampidirinay izy ao anatin’ny Famindram-ponay. Fa tena isan’ireo olo-mendrika tokoa izy.

76- Ary i Noa, raha nitalaho izy taloha, dia novalianay,ary novonjenay izy,sy ny fianakaviany tamin’ny loza lehibe (mahatsiravina).

77- Ary navotanay izy, tamin’ny vahoaka izay nilaza ireo Famantarana avy aty Aminay ho lainga.Tena marina fa vahoaka ratsy izy ireo, ka narendrikay avokoa izy rehetra.

78-Ary i Davida sy i Salomona, raha nitsara momba ny tany voavolyizy roa ireo, izay nandehanan’ny ondrin’ny vahoaka sasantsasany, niraoka voly (tamin’ny alina). Ary vavolombelona tamin’ny fitsaran’izy ireo Izahay.

79- Nampahafantarinay an’i Salomona izany. Ary samy nomenay fahendrena hitsara sy fahalalana avokoa izy roa. Ary nataonay hiara-hidera ny Voninahitray amin’i Davida ireo tendrombohitra sy ny vorona. Ary Izahay tokoa no nanao an’izany.

80- Ary nampianarinay azy (Davida) ny fanamboarana ankanjo vy, ho anareo, mba hahafahanareo miaro tena, amin’ny ady ataonareo. Moa ve mahay mankasitraka ianareo?

81-(Ary nataonay) teo ambany fifehezan’i Salomona ny rivo-mahery, izay mitsioka araka ny baikony, mankany amin’ny tany izay nomenay fahasoavana. Izahay no mahafantatra ny zava-drehetra.

82-Ary misy amin’ireo satana no miasa ho azy ka misitrika (any an-dranomasina), ary manao asa hafa koa ankoatra izany. Marina fa Izahay ihany no manara-maso azy ireny.

83-Ary i Joba, raha nitalaho tamin'ny Tompony izy hoe: "Efa nianjady tamiko avokoa ny ratsy, nefa Ianao Ilay be Indrafo indrindra amin'ireo Mpamindra-fo!"

84-Dia nekenay ny fangatahany, ka noesorinay ny ratsy nihatra taminy, ary naverinay taminy indray ny fianakaviany, ary mbola nampianay mitovy amin'izany, noho ny famindram-po avy aty Aminay, ary ho fampatsiahivana ho an'ireo mpanompo.

85- Ary i Ismaela sy Idrisa (Enoka), ary Zolkifl, izay samy manam-paharetana avokoa.

86-Ary nampidirinay ao anatin'ny famindram-ponay izy ireo, satria tena marina fa isan'ireo olona mendrika izy ireo.

87-Ary i Zanona (Jonasy) raha nandeha ankatezerana izy, noheveriny fa tsy afaka hanao na inona na inona aminy Izahay. Nitalao tao anatin'ny aizina izy hoe: "Tsy misy zanahary hafa afa-tsy Ianao. Voninahitra anie ho Anao! Tena marina fa isan'ireo nanao ny tsy rariny tokoa aho".

88-Novalianay ny fangatahany, ka dia navotanay izy tamin'ny fahoriana izay nianjady taminy. Toy izany no hanavotanay ireo mpino.

89-Ary i Zakaria, raha nitalaho tamin'ny Tompony izy hoe: "Tompo o! Aza avelanao ho irery aho, fa Ianao no mendrika indrindra amin'ireo mpandova!"

90-Novalianay ny fangatahany, ka nomenay azy i Yahya (Jaona), Ary nositraninay ho azy ny vadiny (nomenay zanaka). Marina fa, nifaninana tamin'ny fanaovana ny tsara izy ireo, ary nitalaho taminay tamim-pitiavana sy tamim-patahorana. Ary nanetry tena teo anatrehanay izy ireo.

91-Ary ilay vehivavy nanaja ny maha virijiny azy (Maria), ka notsofinay tao aminy ny fanahy avy aty Aminay.Ary izy sy ny zanany dia nataonay ho famantarana (fahagagana) ho an'izao tontolo izao.

92-Tena marina, fa ity vahoakanareo ity dia vahoaka iray ihany, ka Izaho no tomponareo, aoka ianareo hanompo Ahy.

93-Nisaratsaraka samy manana ny heviny avy izy ireo. Nefa izy rehetra ireo, dia mbola hiverina aty Aminay.

94-Na iza na iza manao asa soa, ka mpino izy, dia tsy atao tsinontsinona mihitsy ny ezaka vitany, ary tena ho soratanay ho azy izany.

95-Ary voarara ho an'ny (mponina) tanàna iray izay naringanay, ny miverina ao.

96-Mandra-pamotsorana an'ny Yajoja sy Majoja (Goga sy Magoga), ary izy ireo dia manao rodobe mihazakazaka isaka ny havoana.

97-Ary efa akaiky ny (fotoana) fampanantenana marina, dia indro fa mivandravandra ny fijerin'ireo izay tsy nino (sady miteny izy ireo hoe): "Loza ho anay! Tena variana tamin'izany tokoa izahay. Eny, tena nanao ny tsy rariny tokoa izahay".

98-Tena marina fa ianareo, sy izay rehetra tompoinareo ivelan'i Allah, no ho kitay fandrehitra ny afobe. Ary ho tonga ao avokoa ianareo.

99-Raha tena zanahary tokoa izy ireny (sampy), dia tsy niditra tao (amin'ny afobe), nefa hitoetra ao mandrakizay izy rehetra.

100-Hitaraina mafy ao izy ireo, nefa dia tsy haheno na inona na inona.
101-Fa ireo izay efa nampanantenaina valisoa mialoha kosa, dia ho lavitra (ny afobe) izany izy ireo.

102-Tsy haheno ny feony izy ireo, ary hifaly mandrakizay amin'izay irin'ny tenany izy ireo.

103-Tsy hampalahelo azy ireo ny tahotra lehibe, fa hotsenain'ireo Anjely izy ireo: "Ity ilay andro izay nampanantenaina ho anareo".

104-Amin'ny andro izay hamoretanay ny lanitra tahaka ny hamoretana ny takelaky ny boky. Toy ny nanaovanay ny famoronana voalohany, no hamerenanay azy indray; fampanantenana efa nataonay izany, ka tsy maintsy ho tanterahinay tokoa!

105-Efa nosoratanay tao amin'ny Boky Zabora (salamo) taorian'ny fampahatsiahivana, fa handova ny tany ireo mpanompoko mendrika.

106- Ao anatin'izany dia misy fampianarana ho an'ny vahoaka mpanompo.

107- Ary tsy nandefa anao Izahay, raha tsy ho famindram-po ho an'izao tontolo izao.

108-Teneno hoe: "Tena marina fa ny nambara tamiko dia ny hoe: zanaharinareo dia Zanahary Tokana ihany, ka moa ve manetri-tena amin'izany ianareo?"

109-Fa raha mitodi-damosina kosa izy ireo, dia teneno hoe: "Efa nilaza taminareo aho tamim-pahamarinana, ary tsy fantatro na efa akaiky na mbola lavitra ny zavatra izay nampanantenaina anareo.

110- Izy dia tena mahalala tokoa izay teny avoakanareo miharihary, ary mahalala izay afeninareo.

111- Ary tsy fantatro, izany angamba mety ho fitsapana ho anareo sy ho fahafinaretana amin'ny fotoana voafetra.

112-Niteny izy hoe: "Tompoko ô! Aoka Ianao hitsara araka ny fahamarinana! Fa Ilay be Fiantrana no Tomponay, izay hitarainanay amin'ny famaritana tsy marina lazainareo".

**TOKO:22**
**SORATRA: NY HEJY/FIVAHINIANANA MASINA**
**(AL-HAJJ)**
**ANDININY:78**
**NIDINA TAO MADINAH**

Amin'ny anaran'i Allah,Ilay be fiantrana,Ilay be indrafo

1- Oh ianareo olombelona! Matahora ny Tomponareo! Satria hamafisina,fa Ny horohorontany amin'ilay Ora (Andro Farany) dia zavatra tena mampihorohoro tokoa.

2- Amin'ny andro izay hahitanareo izany, ny vehivavy mampinono rehetra dia hanadino (ny zanany) izay hampinononiny, ary ny vehivavy bevohoka dia ho afa-jaza (tsy fidiny). Ary hahita ny olona mamo ianao, nefa izy ireo tsy mamo, fa saingy ny famaizan'i Allah dia mahery vaika tokoa.

3- Misy amin'ny olombelona no miady hevitra momba an'i Allah tsy amim-pahalalana; ary manaraka ny satana tsirairay mpikomy.

4- Voasoratra ho azy (satana), fa na iza na iza mifandray aminy dia tena hovereziny sy hotarihiny mankany amin'ny famaizan'ny afobe.

5- Ô ry olombelona! Raha manana fisalasalana ianareo momba ny Fitsanganana (amin'ny maty), tena marina, fa izahay no nahary anareo avy amin'ny tany, avy eo tamin'ny tsirinaina indray mitete, avy eo tamin'ny vaingan-dra, avy eo tamin'ny vainga-nofo, izay manana endrika na tsy manana endrika, mba hanazavanay aminareo (ny fahefanay).Ary apetrakay ao anatin'ny vohoka izay sitrakay, mandritra ny fotoana voafetra. Avy eo dia havoakanay ho zazakely ianareo mba hahatraranareo ny fahamatorana.Ary misy aminareo no maty (tanora), ary misyaminareo koa no tratra antitra,ka lasa tsy mahafantatra na inona na inona amin'ireo izay fantany teo aloha. Ary hahita ny tany karakaina ianao, nefa raha vao handatsahanay rano izany, dia mihetsika sy mibontsina izy, ary mitsiry ireo karazan-javamaniry mpivady mahafinaritra.

6- Araka izany satria, i Allah no IlayMarina, ary Izy Ilay mamelona ireo maty sy manam-pahefana amin'ny zava-drehetra.

7- Ary marinatokoa fa ny Ora dia ho avy, tsy isalasalana ny amin'izany, ary i Allah dia hanangana ny maty rehetra ao am-pasana.

8- Ary misy amin'ireo olombelona no miady hevitra momba an'i Allah, tsy amim-pahalalana, na tari-dàlana, na koaboky mpanazava.

9- Maneho ny fireharehany izy mba hamerezany ny olombelona tsy ho amin'ny làlan'i Allah. Ho azy ny fahafaham-baraka eto an-tany, ary hampanandramanay azy ny famaizana amin'ny afobe mahamay amin'ny Andro Fitsanganana;

10- Izany dia vokatry ny nataon'ny tànanao roa, ary marina fa i Allah dia tsy mba manao ny tsy rariny amin'ireo mpanompo.

11- Ary misy amin'ny olombelonano manompo an'i Allah am-pisalasalana. Raha misy zavatra tsara tonga aminy dia mifaly amin'izany izy, fa raha misy fitsapana kosa tonga aminy dia manodina tarehy (tsy mino intsony) izy, ho matiantoka izy ety an-tany sy any an-koatra. Izany no tena fatiantoka miharihary.

12- Mitalahoamin'ny hafa ankoatra an'i Allah izy izay tsy afaka manao ratsy aminy, na manao tsara aminy; izany no tena fahaverezana tanteraka.

13- Mitalahoizy ireo amin'izayny ratsy no manakaiky azy kokoa noho ny tombontsoany, izany no mpiahy tena ratsy tokoa sy namana ratsy tena ratsy!

14- Marina fa i Allah no mampiditra ireo izay mino sy ireo izay manao asa soa ao amin'ny Paradisa, izay misy renirano mikoriana ao ambaniny. Fa i Allah dia manao izay tiany hatao.

15- Izay mihevitra fa tsy hamonjy azy i Allah ety an-tany sy any an-koatra, aoka izy hanantona tady mandra-pahatonga eny an-danitra, avy eo aoka ho tapahiny izany, ka jereo raha toa ka nahavita nanafoana ny zavatra nahatezitra azy ny tetika nataony.

16- Toy izany no nampidinanay ireo famantarana mazava ao aminy. Marina fa i Allah dia mitari-dàlana izay tiany.

17- Ireo izay nino, ireo Jiosy,ireo Sabeana, ireo Kristiana, ireo Magy (mpanompo afo),ary ireo izay nampitambatra an'i Allah amin'ny hafa. I Allah dia hampisaraka azy ireo amin'ny Andro Fitsanganana. Tena marina fa i Allah dia vavolombelona amin'ny zava-drehetra.

18- Moa ve tsy hitanao fa tena miankohoka eo anatrehan'i Allah avokoa izay rehetra eny amin'ireo lanitra sy ety an-tany, ny masoandro, ny volana, ny kintana, ny tendrombohitra, ny hazo, ny biby, ary ireo olona maro? Fa maro ihany koa no tsy maintsy hosaziana. Na iza na iza hahetrin'i Allah, dia tsy misy hanome haja azy intsony. Tena manao izay sitrany tokoa i Allah.

19- Indro mpifanohitra roa mifanditra mikasika ny Tompon'izy ireo. Ho an'ireo izay tsy mino, dia zairina ho azy ireo ny fitafy vita amin'ny afo,ary handrarahana rano mangotraka eo antampon-dohany.

20- Izay hampitsonika ny ao anatin'nykibon'izy ireo sy ny hodiny.

21- Ary hisy fively vy nomanina ho azy ireo.

22- Isaka ny te-hivoaka avy ao izy ireo, noho ny fahoriana, dia haverina ao indray (ka ho tenenina amin'izy ireo hoe): "Andramonareo ny famaizan'ny afobe mivaivay".

23- Marina fa i Allah hampiditra ireo izay nino sy nanao asa soa ao amin'ny Paradisa, izay mikoriana eo ambaniny ireo renirano. Ho ampihaingoina amin'ny haban-tànana volamena izy ireo, sy vatosoa, ary ny fitafian'izy ireo ao dia ny lamba landy.

24- Ary hotarihina ho any amin'ny teny mendrika izy ireo,sy hotarihina ho any amin'ny làlana mendrika ihany koa.

25- Fa ireo izay tsy mino sy misakana ny làlan'i Allah kosa, ary ny toeram-pivavahana masina (Masjid al-haram) izay nataonay ho an'ny olona, na ho an'ireo tompon-toerana ao, na ho an'ireo mpivahiny, ka na iza na iza mitady hanao ratsy ao, aminy tsy rariny, dia hampanandramanay azy ny famaizana mangirifiry.

26- Ary raha natoronay an'i Ibrahimo ny toeran'ny Trano (Ka'aba) (tamim-pitenenana hoe): "Aza akambanao amin'ny hafa Aho; ary diovy ny tranoko ho an'ireo mpihodidina (amin'ny Ka'aba), sy ho an'ireo mpitsangana (manatanteraka ny Soalat), ary ho an'ireo izay miondrika sy miankohoka.

27- Antsoy ny olona ho amin'ny fivahinianana masina (Hajj). Fa ho tonga eo aminao izy ireo, am-pandehanana an-tongotra sy amin'ny alalan'ny biby fitaingina, izay avy amin'ny làlana lavitra rehetra.
28- Mba handray anjara amin'ireo tombontsoa izay omena azy ireo, sy hitalaho amin'ny anaran'i Allah mandritra ny andro voafetra, amin'ny biby fiompy izay anjara nomena azy ireo. "Mihinàna amin'izany ianareo, ary ampihinano koa ireo mahantra fadiranovana".

29- Avy eo, aoka izy ireo hanala hatreo ireo fady rehetra, hanatanteraka ny voady izay nataon'izy ireo, ary hanao fihodidinana manodidina ilay Trano Tranainy.

30- Izany (no didy)! Ka na iza na iza manaja ny zava-pady avy amin'i Allah, dia tsara hoazy izany eo anatrehan'ny Tompony.Ary tsy voarara ho anareo ireo biby fiompy, afa-tsy izay notanisaina taminareo (fady). Alavironareo ny loton'ireo sampy, ary alavironareo ihany koa ny teny feno lainga.

31- (Aoka ianareo) hadio fò eo anatrehan'i Allah, tsy hampikambana Azy amin'ny hafa; fa na iza na iza mampikambana an'i Allah amin'ny hafa, dia tahaka ny mianjera avyeny an-danitra, ka mifaoka azy ny vorona, na ny rivotra manipy azy any amin'ny toerana lalina dia lalina.

32- Izany (no didy)!Ka na iza na iza manaja ireo zava-masina avy amin'i Allah, tena marina fa izany dia avyamin'ny fò feno fatahorana.

33- Manana tombontsoa (amin'ireo biby ireo)ianareo hatramin'ny fotoana voafetra; ary ny toerana fanaovana sorona azy ireo dia akaikin'ilay Trano Tranainy (Ka'aba).

34- Ary ny vahoaka tsirairay dia nomenay fomba fanaovana sorona, mba hanononan'izy ireo ny anaran'i Allah amin'ny anjara nomena azy ireo amin'ny biby fiompy. Ka ny zanaharinareo dia Zanahary tokana ihany, ka atolory Azy ny fanetrentena, ary ilazao vaovao tsara ireo mpanetry tena.

35- Ireo izay mientam-pò rehefa ampatsiahivina momba an'i Allah, sy ireo izay maharitra amin'ny voina mihatraamin'izy ireo,ary ireo mpanatanteraka ny Soalat (vavaka) sy manao fandaniana amin'izay anjara nomenay azy ireo.

36- Ary ireo rameva dia nataonay ho anareo izany, mba ho anisan'ny famantarana masina avy amin'i Allah. Misy fahasoavana ho anareo amin'izany. Ary tononinareo amin'izy ireo ny anaran'i Allah rehefa voafatotra tsara izy ireo. Ary rehefa maty izy ireo dia mihinàna amin'izany ianareo, ary ampihinano ny mahantra mahay mihonona amin'izay ananany sy ireo mpangataka. Tahaka izany no nanaovanay azy ireo ho anareo, angamba hahay hankasitraka ianareo.

37- Na ny nofony na ny ràny dia tsy ho tonga any amin'i Allah, fa ny fatahoranareo no hotonga any Aminy. Tahaka izany no nanaovany azy ireo ho anareo, mba hideranareo ny halehiben'i Allah,satria Izy no nitarikaanareo tamin'ny làlana mahitsy.Ary ilazao vaovao tsaraireompanao asasoa.

38- Allah dia miaro tokoa ireo izay mino. Fa i Allah kosa dia tsy tia izay mpamadika tsy mahay mankasitraka.

39- Nomena alalana ireo izay niharan'ny famonoana (hiarotena), satria niharan'ny tsy rariny izy ireo, ary marina fa i Allah dia afakamamonjy azy ireo.

40- Ary ho an'ireo izay voaroaka tamin'ny fonenany, tamin'ny tsy rariny, noho izy ireo niteny hoe: "Allah no Tomponay". Raha tsy i Allah no tsy nampisy ny fifanoherana tamin'ny

olona, dia efa foana ny fitokana-monina, ireo fiangonana kristiana, ireo synagoga (trano fiangonan’ny jiosy), ireo Masjid (trano fiankohofana ho an’ny mpino ny Islamo) izay iantsoana matetika ny anaran’i Allah. Tena marina fa i Allah dia manohana izay manohana Azy. Fa Matanjaka sy Tsitoha i Allah.

41- Ireo izay, raha omenay azy ny hery ety ambonin’ny tany,dia manatanteraka ny Soalat (vavaka) izy ireo, mamoaka ny Zakat (harena fiantrana), ary mandidy amin’ny tsara sy mandrara amin’ny ratsy. Tena marina fa ny fiafaran’ny zava -drehetra dia an’i Allah.

42- Ary raha milaza anao ho mpandainga izy ireo, (fantaro fa) ny vahoakan’i Noa, ireo A’dy ireo Tamody talohan’izy ireo dia efa nilaza ho mpandainga (ireo Iraka).

43- Toy izany koa ny vahoakan’i Abrahama sy ny vahoakan’i Lota.

44- Ary ireo vahoakan’i Madiana, nolazaina ho mpandainga ihany koa i Mosa (Mosesy). Ka nomeko fotoana kely ireo tsy mpino; avy eo, dia nosaziako izy ireo. Ary nanao ahoana ny fanakianako azy ireo!

45- Firifiry moaireo tànana izay noravanay, satria nanao ny tsy rariny izy ireo, rava daholo ny tafony! Ary koa ireolava-drano (vovo) foana tanteraka! Ary tahaka izany koa ireo lapa lehibe!

46- Nahoana izy ireo no tsy mandeha maneran-tany, mba hananan’izy ireo fo mahalala, na sofina mba hihaino? Satria tsy ny maso akory no jamba, fa ny fo izay ao an-tratra no jamba.

47- Ary mangataka aminao hanafaingana ny famaizana izy ireo.Kanefa tsy mba mivadika na oviana na oviana amin’ny fampanantenany i Allah. Marina fa ny andro iray,eo anatrehan’ny Tomponao dia toy ny arivo taona,araka ny fomba fanisanareo.

48- Firifiry moa ireo tànana izay nomeko fe-potoana,nefa mpanao ny tsy rariny izyireo? Avy eo dia nosaziko izy ireo. Ary any Amiko no fiafarana.

49- Teneno hoe: “Ô ianareo olombelona! Tsy inona akory aho, fa mpampitandrina miharihary ho anareo ihany.”

50- Fa ireo izay mino sy manao asa soa, ho azy ireo ny famelan-keloka sy ny fanomezana mihaja.

51- Fa ireo izay miezaka hanafoana ny fanambaranay dia izy ireny no ho olon’ny afobe (Jahim).

52- Tsy nandefa izahay, talohanao, na iraka na mpaminany ka tsy nanelanelana araka ny faniriany ny satana! Avy eo, dia foanan’i Allah izay alefan’ny satana. Ary nohamafisin’i Allah ireo fanambarany, i Allah dia Mahalala ny zava-drehetra sy be Fahendrena.

53- Mba ho fakam-panahy izaynalefan’nysatana, ho an’ireo izay misy aretina ny fony, sy ireo izay mafy fo... Marina fa ireo izay mpanao ny tsy rariny dia ho amin’ny fahaverezana lalina.

54- Fa ho an’ireo izay nomena fahalalana kosa, dia fantany fa fahamarinana avy amin’ny Tomponao izany (Kor’any),aoka mba hino izany izy ireo, ary aoka ny fon’izy ireo hanaiky hanetry tena tanteraka. Tena marina fa tarihin’i Allah amin’ny làlana mahitsy ireo izay mino.

55- Ary ireo izay tsy mino dia tsy mijanona hatrany amin'ny fisalasalana,mandra-pahatongan'ilayOra tampoka amin'izy ireo, na koa ny famaizana amin'ny andro iray mampihoron-koditra.

56- Amin'izany andro izany, ny Fanjakana dia an'i Allah. Izy no hitsara azy ireo. Fa ireo izay nino sy nanao asa soa, dia ho ao amin'ny Zaridainan'ny Fahafinaretana.

57- Fa ireo izay tsy nino kosa, ary nilaza fa lainga ireo fanambaranay, dia izy ireny no hahazo nyfamaizana manala-baraka.

58- Ary ireo izay nifindramonina tamin'ny làlan'i Allah,ka novonoina, na koa maty, dia tena omen'i Allah azy ireo ny anjara mendrika indrindra, marina fa i Allah no Mpanome anjara tsara indrindra.

59- Ary hampidirin'I Allah izy ireo, amin'ny toerana tena mahafa-po (Paradisa). Ary marina fa i Allah no Mahalala ny zava-drehetra sy be Fangorahana.

60- Izany! Na iza na iza manasazy tahak'izay nanasaziana azy, avy eo niharan'ny valifaty indray izy, tsy maintsy hamonjy azy i Allah. Marina fa i Allah dia Mpanome famotsoran-keloka sy Mpamela heloka.

61- Araka izany,i Allah dia mampiditra ny alina ao amin'ny andro, ary mampiditra ny andro ao amin'ny alina, ary i Allah dia Maheno indrindra sy Mahita ny zava-drehetra.

62- Araka izany, i Allah, Izy tokoa Ilay Marina, fa izay rehetra antsoin'izy ireo ankoatra Azy, izy ilay diso; ary i Allah Ilay Avo indrindra, Ilay Lehibe indrindra.

63- Moa ve tsy hitanao fa Allah no mampidina ny rano avy any an-danitra, ary lasa maitso mavana ny tany? I Allah dia Feno fahatsoram-po, sy Mpahalala tanteraka.

64- Ary Azy izay rehetra any amin'ireo lanitra sy ety an-tany, i Allah irery ihany no Manana ny ampy sy Mendri-piderana.

65- Moa ve tsy hitanao fa i Allah no nametraka ho eo ambany fahefanareo izay rehetra eto an-tany, ary koa ny sambo izay misosa eny ambonin-dranomasina noho ny didiny? Ary Izy no mitazona ny lanitra mba tsy hianjera amin'ny tany, raha tsy hoe sitrany izany. Marina fa iAllah dia be Fangorahana sy be Indrafo amin'ny olombelona.

66- Ary Izy no manome anareo ny fiainana, ary manalany ainareo, avy eo, dia Izy indray no hamelona anareo. Tena marina fa ny olombelona dia tsy mahay mankasitraka.

67- Isaka ny vahoaka tsirairay dia nomenay fomba fanompoana ho arahiny. Ka aoka tsy hifanditra mihitsy aminao eo amin'ny didy izy ireo! Ary antsoy ny Tomponao. Tena marina fa amin'ny làlana mahitsy tokoa ianao.

68- Ary raha miady hevitra aminao izy ireo, dia teneno hoe: "i Allah no tena mahalala izay ataonareo.

69- i Allah no hitsara anareo amin'izay mampifanolana anareo, amin'ny Andro Fitsanganana".

70- Moa ve tsy fantatrao fa i Allah no mahalala izay any an-danitra sy ety an-tany? Izany rehetra izany dia voarakitra ao anaty Boky, ary tena mora tokoa amin'i Allah izany.

71- Ary manompo zavatra hafa ankoatra an'i Allah izy ireo, izay tsy nampidinany porofo na dia kely aza, ary tsy manam-pahalalana amin'izany akory izy ireo. Ary tsy hanana mpiaro ireo mpanao ny tsy rariny.

72- Ary raha tanisaina amin'izy ireo,ireo fanambaranay miharihary, dia tsikaritrao eny amin'ny tarehin'ireo izay tsy mino ny fankahalana.Zara raha tsy miantoraka amin'ireo izay mitanisa ireo fanambaranay aminyizy ireo. Teneno hoe: "Ho lazaiko anareo ve ny zava-dratsy noho izany? Ny afo, izany no nampanantenain'iAllah an'ireo izay tsy nino. Ary tena ratsy tokoa izanyfiafarana izany!"

73- Ô ry olombelona!Ity misy fanoharana ka henoinareo izany: "Marina fa ireo zanahary, izay italahoanareo ankoatra an'i Allah, dia tsy afaka hahary na lalitra irayakory aza, na dia hitambatra aza izy ireo amin'izany. Ary raha misy zavatra nendahin'ny lalitra teny amin'izy ireo, dia tsy afaka hamerina izany amin'ny toerany izy ireo. Eny,malemy tokoa ny mpangataka sy izay angatahana!

74- Tsy nohajain'izy ireo amin'ny tena Hajanyi Allah. Tena marina fa i Allah,Ilay Matanjaka,Ilay Tsitoha

75- I Allah dia nisafidy tamin'ireo Anjely ho iraka, ary koa tamin'ireo olombelona. Tena marina fa i Allah dia Maheno sy Mahita ny zava-drehetra.

76- Izy dia mahafantatra izay eo alohan'izy ireo, sy ny aorian'izy ireo. Ary any amin'i Allah nohiverina ny zava-drehetra.

77- Ô ianareo izay nino! Miondreha sy miankohofa ianareo, ary manompoa ny Tomponareo, ka manaova ny soa ianareo. Angamba hahazo fahombiazana ianareo!

78- Ary miezaha amin'i Allah amin'ny ady tena mendrika Azy ianareo. Izy no nifidy anareo, ary tsy nataony ho fahasarotana ho anareo akory ny finoana, izay finoan'ny raibenareo Ibrahimo,izy no nanome anareo anarana hoe: «mpanetry tena» (amin'ny finoana Islam)" tany aloha sy amin'izao (ao amin'ny Koroany), mba ho vavolombelona eo anatrehanareo ny Iraka ary mba ho vavolombelona eo anatrehan'ny olombelona ihany koa ianareo. Ka tanterahonareo àry ny Soalat ary mamoàha Zakat ianareo, ary koa mifikira mafy amin' Allah ianareo. Izy no Mpiahy anareo, Tena Mpiahy mendrika sy Mpamonjy mendrika Izy!

**TOKO:23**
**SORATRA: IREO MPINO**
**(AL-MO'MINONA)**
**ANDININY:118**
**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin'ny anaran'i Allah,Ilay be Fiantrana,Ilay be indrafo

1- Tena sambatra tokoa ireo mpino,

2- Ireo izay manetry tena amin'ny Soalat (vavaka) ataon'izy ireo,

3- Sy ireo izay manalavitra ny zava-poana,

4- Sy ireo izay mamoaka ny Zakat (harena fiantrana),

5- Ary ireo izay miaro ny taovam-pananahany (amin'ny firaisana ara-nofo),

6- Afa-tsy amin'ny vadin'izy ireo, na amin'ireo mpanompovavy izay eo ampelatànan'izy ireo, satria tena marina fa tsy azo omen-tsiny (amin'izany) izy ireo.

7- Fa izay mitady ankoatra izany, dia izy ireny no mpandika làlana.

8- Ary ireo izay mitandrina ny zavatra napetraka tamin'izy ireo sy ny fifanekena nataon'izy ireo.

9- Sy ireo izay manatontosa an-tsakany sy an-davany ny vavakany(Soalat).

10- Dia izy ireny no mpandova.

11- Izay handova ny Paradisa «Firdaosy», honina ao mandrakizay izy ireo.

12- Tena marina fa noharianay avy amin'ny tany (maro isan-karazany) ny olombelona.

13- Avy eo dia noharianay avy amin'ny teten'ny tsirinaina izy (ka napetrakay) tao anaty toerana voaaro (tranon-jaza).

14- Avy eo dia nataonay ho vaingan-drà izany tsirinaina izany; ary avy amin'ny vaingan-drà no nanamboaranay ny vainga-nofo; ary avy amin'ny vainga-nofo no nanamboaranay ny taolana; ary notafianay nofo ny taolana. Avy eo dia novainay ho fahariana hafa tanteraka izany. Ka voninahitra anie ho an'i Allah, Ilay tsara indrindra amin'ireo mpahary!

15- Avy eo, aorian'izany dia tena ho faty ianareo.

16- Avy eo, amin'ny Andro Fitsanganana dia hatsangana amin'ny maty ianareo.

17- Eny, nahary ny lanitra fito tokoa izahay eo amboninareo, ary tsy mba variana izahay amin'ny fahariana nataonay.
18- Ary nampidina rano avy any an-danitra araka ny fatrany Izahay. Avy eo dia notehirizinay tao anatin'ny tany izany, nefa na izany aza dia azonay atao ny mampanjavona azy.

19- Miaraka aminy (rano), nampanirinay ho anareo ny zaridainan-kazo palma sy voaloboka izay hahazoanareo ireo voankazo maro, ary hohaninareo ny sasany.

20- Ary koa ny hazo anankiray (oliva) izay mitsiry eny amin'ny tendrombohitr'i Sinay, izay manome menaka fanosotra sy ampiasaina amin'ny sakafo.

21- Marina fa amin'ireo biby fiompy dia misy zavatra azonareo hodinihana, nomenay hosotroinareo izay anatin'ny kibon'izy ireo, ary hahazoanareo tombontsoa maro samihafa amin'izany, ary dia mihinana amin'izany ianareo.

22- Izy ireo sy ny sambo no mitondra anareo.

23- Nalefanay tany amin'ny vahoakany i Noa, ka niteny izy hoe: "Ô ry vahoakako! Tompoinareo i Allah, tsy manana zanahary hafa ankoatra Azy ianareo. Moa tsy matahotra Azy ve ianareo?"

24- Ary dia niteny ireo loholona izay tsy nino tamin'ireo vahoakany hoe: "Tsy iza akory ilay io, fa olombelona tahaka anareo ihany, fa te-hisongadina ho ambony eo anatrehanareo. Raha sitrak'i Allah dia ho nampidina ireo Anjely Izy. Tsy mbola naheno an'izany mihitsy izahay tamin'ireo razambenay fahiny.

25- Tsy inona akory izy io afa tsy lehilahy azon'ny adalana, ka andrasonareo fa hodinihana tsara mandritra ny fotoana vitsivitsy ny fihetsiny.

26- Niteny izy hoe: "Tompo ô! Vonjeo aho satria milaza ahy ho mpandainga izy ireo"

27- Nanambara taminy Izahay hoe: "Amboary eto imasonay ny sambofiara, araka ny fanambaranay, ka rehefa tonga ny didinay, sy hangotraka ny lafaoro dia ampidiro tsiroaroa, mpivady avy (lahy sy vavy) ireo zava-manan'aina isaka ny karazany ao anaty sambofiara, ary koa ny fianakavinao, afa-tsy ireo izay efa nametrahana teny mialoha tsy ho amin'izany (tsy voaavotra amin'ny safo-drano), koa aza miresaka amiko intsony ianao mombaireo mpanao ny tsy rariny, fa ho rendrika tanteraka izy ireny.

28- Ka rehefa tafapetraka tsara ao anatin'ny sambofiara ianao sy ireo izay miaraka aminao dia mitenena hoe: "Dera ho an'i Allah izay nanavotra anay tamin'ireo vahoaka mpanao ny tsy rariny".

29- Ary teneno hoe: "Tompo ô! Ampidino amin'ny fidinana voatso-drano aho, fa Ianao Ilay Mpampidina mendrika indrindra".

30-Tena marina fa ao anatin'izany dia misy famantarana maro tokoa. Marina fa Izahay no Mampisedra (azy ireo).

31-Avy eo, taorian'izy ireo dia nahary taranaka maro hafa Izahay.

32-Ka nandefa iraka teo amin'izy ireo Izahay, izay avy tamin'izy ireo ihany (mba hiteny hoe): "Tompoinareo i Allah. Tsy manana zanahary hafa ankoatra Azy ianareo. Moa tsy matahotra Azy ve ianareo?"

33-Ary niteny ireo loholona, izay tsy nino tamin'ny vahoakany sady nilaza fa lainga ny fihaonana any an-koatra, nefa izy ireo dia nomenay fahafinaretana tamin'izao fiainana izao, hoe: "Tsy iza akory izy io fa olombelona tahaka anareo ihany, mihinana izay hohaninareo, ary misotro izay sotroinareo".

34-Raha mankatò olombelona tahaka anareo ianareo dia ho matiantoka tanteraka.

35-Moa mampanantena anareo ve izy, fa raha maty ianareo kaho lasa vovoka sy taolana dia havoaka tao indray (fasana)?

36-Lavitra dia lavitra tokoa amin'izany ampanantenaina anareo izany ianareo.

37-Izany dia tsy inona, afa-tsy izao fiainantsika eto an-tany izao ihany, ho faty ary ho velona isika, fa tsy hatsangana amin'ny maty na oviana na oviana.

38-Tsy inona akory izy io afa-tsy lehilahy mamoron-dainga momba an'i Allah ihany, ka tsy hino azy velively izahay.

39-Niteny izy hoe: "Tompo ô! Vonjeo aho satria milaza ahy ho mpandainga izy ireo"

40-Ka niteny Izy(Allah) hoe: "Tsy ho ela dia ho latsa-panenenana tokoa izy ireo".

41-Noho izany dia niharan'ilay kiaka tamim-pahamarinana tokoa izy ireo. Ary rehefa avy eo dia nataonay tahaka ny fako nentin-driaka. Hanjavona tanteraka anie ireo vahoaka mpanao ny tsy rariny.

42-Avy eo taorian'izy ireo, dia nahary taranaka maro hafa izahay.

43-Tsy misy na dia iray aza amin'ny vahoaka afaka hampandroso, na hampihemotra ny fotoana fiafarany.

44-Manaraka izany, dia nandefa nifanesisesy ireo Irakay Izahay. Ka isaka ny tonga amin'ny vahoakany ny Iraka iray, dia lazain'izy ireo ho mpadainga izy. Ary nampifandimbiasanay ny fandringanana azy ireo, ka nataonay ho tantara izy ireo. Horingana avokoa anie ireo tsy mpino

.

45-Avy eo dia nalefanay i Mosa sy ny rahalahiny Harona, niaraka tamin'ireo fahagagana sy ny porofo miharihary,

46-Ho any amin’i Faraona sy ny loholony, ka niavonavona izy ireo. Vahoaka feno fianjonanjonana izy ireo.

47-Niteny izy ireo hoe: “Moa ve hino an’ireo lehilahy roa mitovy aminay izahay, nefa ny vahoakany dia andevonay?

48-Ka nolazain’izy ireo ho mpandainga izy roalahy, dia lasa anisan’ireo ringana tanteraka izy ireo.

49-Ary tena nomenay an’i Mosa ny Boky (Tora), angamba hiroso amin’ny làlana mahitsy izy ireo.

50-Ary nataonay ho fahagagana tena miavaka ny zanak’i Mariamo (Jesosy) sy ny reniny (Maria), ka nomenay fialofana izy roa, teny ambony havoana feno fitoniana, sady misy loharano.

51-Ô ianareo Iraka! Mihinana ianareo amin’ireo zavatra tsy voarara sy madio. Ary manaova ny tsara, satria tena mahafantatra izay rehetra ataonareo Aho.

52-Ary tena marina, fa ity vahoakanareo ity, dia vahoaka tokana ihany, Izaho irery no Tomponareo. Ka matahora Ahy àry ianareo.

53-Nefa dia nizarazara ho antokom-pinoana maro izy ireo, ka isaka ny antokom-pinoana dia finaritra tamin’izay teo am-pelatànany.

54-Avelao izy ireo, amin’ny fahaverezany mandritra ny fotoana vitsivitsy.

55-Mihevitra ve izy ireo, fa izay omenay azy ireo amin’ny harena sy zanaka,

56-Dia ho fanafainganananay ho azy ireo amin’ny fanaovana ireo hatsarana? Nefa tsy izany, fa izy ireo dia tsy mahatsiaro tena.

57-Marina fa ireo izay feno ny fatahorana ny Tompony,

58-Sy ireo izay mino an’ireo fanambaran’ny Tompony,

59-Sy ireo izay tsy manakambana ny Tompony na amin’inona na amin’inona,

60-Ary ireo manome izay nomena azy, sady feno fatahoranany fon’izy ireo, fa tsy maintsy hiverina amin’ny Tompony izy ireo.

61-Izy ireny dia mizotra haingana amin’ny fanaovana ireo asa soa, ary voalohany amin’ny fanatanterahana izany.

62-Izahay dia tsy mampizaka ny olona zavatra, afa-tsy izay zakany, ary eo anatrehanay dia misy Boky izay milaza ny marina, ka tsy hambakaina mihitsy izy ireo.

63-Nefa ny fon’izy ireo dia mitoetra ao anatin’ny habadoana eo anatrehan’izany (Kor’any). Ankoatra izany, dia manana asa (ratsy) izay tanterahany izy ireo,

64- Mandra-pandefasanay ny famaizana ho amin'ny manan-katao amin'izy ireo, fa indro hikiakiaka hiantso vonjy izy ireo.

65- Aza mikiakiaka miantso vonjy ianareo androany, fa tsy misy afaka hiaro anareo hanohitra Anay.

66- Efa notanisaina taminareo ireo fanambaranay, nefa notsipahinareo izany.

67- Feno fiavonavonana ianareo, ary namaivaninareo izany nandritra ny fiaretantory nataonareo.

68- Moa ve tsy mandinika ny teny (Kor'any) izy ireo? Sa efa tonga ta[illegible] 200 [illegible]eo izay tsy mbola tonga mihitsy tamin'ireo razambeny fahiny.

69- Sa tsy nahafantatra ny Iraka tonga taminy ve izy ireo, ka notsipahan' izy ireo izy?

70- Sa hiteny izy ireo hoe: "Azon'ny adalana izy?". Tsy izany mihitsy, fa ny fahamarinana no nentiny tamin'izy ireo. Ary ny ankamaroan'izy ireo dia mankahala ny fahamarinana.

71- Raha ny fahamarinana nifanaraka tamin'ny sitrapon'izy ireo, dia ho simba tokoa ireo lanitra sy ny tany ary izay ao aminy. Tsy izany anefa, fa efa nomenay azy ireo ny fampatsiahivana. Nefa nitodi-damosina tamin'ny fampatsiahivana izy ireo.

72- Sa mangataka tambiny amin'izy ireo ve ianao? Fa ny tambiny avy amin'ny Tomponao no mendrika indrindra. Ary Izy no Ilay Mpanome anjara fivelomana tsara indrindra.

73- Ary ianao no tena miantso azy ireo amin'ny làlana mahitsy.

74- Nefa ny marina, dia ireo izay tsy mino ny any an-koatra no tena mihataka io làlana io.

75- Raha namindrafo tamin'izy ireo Izahay sy nanala ny ratsy taminy, dia tena mbola nijanona ihany tao anatin'ny fandikan-dalàna izy ireo, sy mandeha anjambany ary misalasala.

76- Ary efa tena noraisinay tamin'ny famaizana izy ireo, nefa mbola tsy nankato ny Tompon'izy ireo ihany, ary tsy mitalaho mihitsy.

77- Mandra-pahatongan'ny andro izay hanokafanay ny varavaran'ny famaizana mafy, dia indro fa diso kivy tanteraka izy ireo.

78- Ary Izy no nahary ho anareo ny fandrenesana, ireo fahitana sy ireo fo. Nefa zara fa mankasitraka ianareo.

79- Ary Izy no nampiely anareo eny ambonin'ny tany, ary any Aminy no hanangonana anareo.

80- Ary Izy no manome ny aina sy manome ny fahafatesana; ary miankina Aminy ny fifandimbiasan'ny alina sy ny antoandro. Moa ve tsy mba misaina ianareo?
81- Nefa dia ny teny mitovy amin'izany no notenenin'ireo olona talohan' izy ireo.

82- Niteny izy ireo hoe: "Raha maty izahay, ka lasa vovoka sy taolana. Moa hatsangana amin'ny maty tokoa ve izahay?"

83- Efa nampanantenaina izany izahay, ary koa ireo razambenay taloha; tsy inona akory izany afa-tsy anganon'ireo Ntaolo fahiny".

84- Teneno hoe: "An'iza ny tany sy izay rehetra ao aminy, raha toa ka mahalala ianareo?"

85- Hiteny izy ireo hoe: "An'i Allah". Teneno hoe: "Moa tsy tsaroanareo ve izany?"

86- Ka teneno hoe: "Iza no Tompon'ireo lanitra fito, ary iza no Tompon'ny Seza fiandrianana lehibe?"

87- Hiteny izy ireo hoe: "An'i Allah". Teneno hoe: "Moa tsy matahotra ve ianareo?"

88- Teneno hoe: "Eo am-pelatanan'iza ny fanjakana fara-tampon'ny zava-drehetra, ary iza no miaro fa tsy mila fiarovana, raha fantatrareo (izany)?

89- Hiteny izy ireo hoe: "Ho an'i Allah". Teneno hoe: "Ahoana àry ianareo no mbola hanjakan'ny mosavy,(ka nahatonga anareo tsy hino Azy)?"

90- Nefa nentinay tamin'izy ireo ny fahamarinana, ary tena marina fa mpandainga izy ireo.

91- Tsy manan-janaka velively Allah, ary tsy misy zanahary hafa miaraka Aminy. Raha tsy izany dia samy handeha hiaraka amin'izay nohariany avy ny zanahary tsirairay. Ary ny sasany amin'izy ireo dia ho lasa ambonimbony nohon'ny hafa. Ho an'i Allah anie ny voninahitra sy ny fahadiovana! Izy no ambony indrindra amin'izay faritan'izy ireo.

92- (Izy no) Mpahalala ny zava-miafina sy ny hita-maso! Ary Izy dia ambony lavitra noho izay ankamban'izy ireo Aminy!

93- Teneno hoe: "Tompo ô! Raha sanatria ka asehonao ahy izay ampanantenainao azy ireo.

94- Tompo ô! Azaatao ho ao anatin'ireo vahoaka mpanao ny tsy rariny aho!"

95- Ary afaka tokoa hampiseho anao izay nampanantenainay azy ireo Izahay.

96- Atoseho amin'ny alalan'izay tena tsara ny ratsy. Izahay no tena mahalala izay faritan'izy ireo.

97- Ary teneno hoe: "Tompo ô! Mangataka fiarovana Aminao aho, mba hanoherana ireo fanangolen'ireo satana.

98- Ary mangataka fiarovana Aminao ihany koa aho ry Tompo, mba tsy hanatonan'izy ireo ahy".

99- Ka rehefa tonga amin'ny anankiray amin'izy ireo ny fahafatesana, dia hiteny izy hoe" Ry Tompoko! avereno indray (eny ambonin'ny tany) aho.

100- Mba hanaovako ny tsara tamin'izay navelako". Tsia! Izany dia teny lazaina fotsiny ihany. Ary aorian'izy ireo anefa dia misy sakana (barzakh) hatramin'ny andro izay hananganana azy ireo amin'ny maty".

101- Ary raha hotsofina ny Trompetra (Anjomara) dia tsy hisy intsony ny fihavanana amin'izy ireo amin'izany andro izany, ary tsy hifanontany izy ireo.

102- Ka izay mavesatra ny mizànany, dia izy ireny no olon-tsambatra.

103- Fa ireo izay maivana kosa ny mizànany, dia izy ireo no matiantoka ny tenany, ka hitoetra ao anatin'ny afobe (Jahannam) mandrakizay izy ireo.

104- Handoro ny tavan'izy ireo ny afo, ary hikainkona ny molotr'izy ireo amin'izany.

105- "Moa ve tsy novakiana taminareo ireo fanambarako, nefa nolazainareo fa lainga izy ireny".

106- Niteny izy ireo hoe: "Tomponay ô! Resin'ny fahorianay izahay, ary olona very làlana izahay".

107- Tomponay ô! Avoahy amin'izao (afobe) izahay! Ka raha mamerina indray izahay dia mpanao ny tsy rariny tokoa".

108- Niteny Izy ka namaly hoe: "Mijanona ao ianareo(afa-baraka), ary aza miteny Amiko intsony".

109- Misy andiany tamin'ireo mpanompoko izay miteny hoe: "Tomponay ô! Mino izahay, ka avelao ny helokay ary hamindrao fo izahay, fa Ianao no Mendrika indrindra amin'ireo mpamindra-fo"

110- Ka nanesoeso azy ireny ianareo, hany ka adinonareo tanteraka ny fahatsiarovana Ahy, ary nataonareo fihomezana izy ireo.

111- Tena marina fa Izaho indrindra no hanome valisoa azy ireo anio, nohoizy ireo naharitra, ary izy ireo tokoa no mpandresy.

112- Niteny Izy nanao hoe: "Firy taona no nipetrahanareo teny ambonin'ny tany?"

113- Niteny izy ireo, ka namaly hoe: "Nipetraka andro iray izahay teny, na tapak'andro (ampahan'ny andro), koa anontanio àry ireo mpanisa".

114- Niteny Izy hoe: “Tsy nipetraka raha tsy fotoana vitsy monja ianareo raha mba fantatrareo tokoa izany”.

115- Moa ve mihevitra ianareo, fa noharianay tsy amin’ny antony, ary tsy haverina aty aminay ianareo?

116- Fiderana avo indrindra ho an’i Allah, Ilay Mpanjaka tena marina. Tsy misy zanahary afa-tsy Izy. Tompon’ny Seza fiandrianana be voninahitra.

117- Ary na iza na iza miantso zanahary hafa miaraka amin’i Allah, ka tsy manana porofo mazava amin’izany izy, dia eo anatrehan’ny Tompony. ny fitsarana azy. Tena marina fa tsy hahita fahombiazana ireo tsy mpino.

118- Ary teneno hoe: “Tompo ô! Mamelà sy mamindrà fo, fa Ianao no Mendrika indrindra amin’ireo mpamindra-fo.

**TOKO:24**
**SORATRA: NY FAHAZAVANA**
**(AN-NOUR)**
**ANDININY:64**
**NIDINA TAO MADINAH**

Amin'ny anaran'i Allah,Ilay be fiantrana,Ilay be Indrafo

1- Indro soratra (antokon-tsoratra) iray, izay nampidininay, sy izay nodidianay, ary nampidininay tao anatin'izany ireo famantarana maro miharihary, angamba hahatsiaro tena ianareo.

2- Ny vehivavy mpijangajanga sy ny lehilahy mpijangajanga dia kapohinareo in-jato tsirairay avy izy roa amin'ny karavasy. Aoka tsy ho raisin'ny fangorahana ianareo amin'ny fanatanterahana ny didin'i Allah amin'izy roa, raha mino an'i Allah sy ny Andro farany ianareo, ary aoka hisy hiatrika ny famaizana azy ireo ny andian'ireo mpino.

3- Ny lehilahy mpijangajanga dia tsy hanambady afa-tsy vehivavy mpijangajanga, na vehivavy mpanompo sampy, ary ny vehivavy mpijangajanga dia tsy hanambady azy afa-tsy lehilahy mpijangajanga, na lehilahy mpanompo sampy, ary izany dia voarara ho an'ireo mpino.

4- Ary ireo izay manendrikendrika ireo vehivavy madio fitondrantena ka tsy mitondra vavolombelona efatra, dia kapoinareo im-balopolo izy ireo amin'ny karavasy, ary aza ekena mihitsy ny fijoroan'izy ireovavolombelona. Ary izy ireny no tena mpanao ratsy.

5- Afa-tsy ireo izay nibebaka taorian'izany sy nanova ny fitodrantena. Tena marina fa i Allah dia Mpamela heloka sy be Indrafo.

6- Ary ireo izay manendrikendrika ny vadiny nefa tsy manana vavolombelona afa-tsy ny tenany ihany, dia ny fijoroan'ny iray amin'izy ireo vavolombelona dia mitovy fijoroana vavolombelona in'efatra eo anatrehan'i Allah. Tena marina fa izy dia anisan'ireo mpilaza ny marina.

7- Ary ny fahadimy (amin'ny fijoroana vavolombelona) dia mianjera aminy (lehilahy) tokoa ny ozon'i Allah raha anisan'ireo mpandainga izy.

8- Ary tsy hampiharina aminy (vehivavy) ny famaizana raha toa ka mijoro vavolombelona in'efatra eo anatrehan'i Allah izy, fa tena marina izy (vadiny) dia anisan'ireo mpandainga.

9- Ary ny fahadimy (amin'ny fijoroana vavolombelona)dia mianjera aminy (vehivavy) ny fahatezeran'i Allah, raha anisan'ireo mpilaza ny marina izy (lehilahy vadiny).

10- Ary raha tsy ny fahasoavan'i Allah sy ny Indrafony aminareo (dia nofaiziny avy hatrany ianareo), ary marina fa i Allah dia Mpandray fibebahana sy be Fahendrena.

11- Marina fa ireo izay tonga niaraka tamin'ny fanendrikendrehana dia andian'olona avy taminareo ihany. Aza mihevitra fa ratsy ho anareo izany, nefa tsara ho anareo kosa. Ny tsirairay amin'izy ireo dia samy tompon'andraikitra amin'ny fahotana vitany. Ary izay nandray anjara lehibe indrindra tamin'izy ireo dia hahazo famaizana goavana indrindra.

12- Nahoana àry rehefa henonareo izany (fanendrikendrehana), mba nieritreritra ny mpino lahy sy mpino vavy eritreritra tsara ho an'ny tenan'izy ireo ihany, ary niteny izy ireo hoe: "Izany dia fanendrikendrehana miharihary".

13- Nahoana koa izy ireo no tsy nitondra vavolombelona efatra. Koa raha tsy nitondra ireo vavolombelona izy ireo, dia izy ireny no mpandainga eo anatrehan'i Allah.
14- Ary raha tsy noho ny fahasoavan'i Allah aminareo sy ny famindram-pony eto an-tany sy any an-koatra, dia famaizana goavana no nihatra taminareo noho izay (fanendrikendrehana) naelinareo izay.

15- Raha nampiely tsaho avy amin'ny lelanareo ianareo, sy niteny tamin'ny vavanareo izay tsy ananareo fahalalana momba azy. Ary nihevitra ianareo fa maivana izany, nefa goavana tokoa eo anatrehan'i Allah.

16- Ary nahoana àry rehefa henonareo izany no tsy niteny ianareo hoe: "Tsy mendrika anay ny hilaza izany. Voninahitra ho Anao (Allah), tena fanendrikendrehana goavana izany.

17- Mananatra anareo i Allah mba tsy hiverenanareo amin'ny zavatra toy izany intsony, raha tena mpino tokoa ianareo.

18- Ary manazava aminareo ireo fanambarany i Allah. Ary i Allah dia Mahalala ny zava-drehetra sy be Fahendrena.

19- Marina fa ireo izay tia manaparitaka ny fahavetavetana amin'ireo izay nino, ho an'izy ireo ny famaizana mangirifiry eto an-tany sy any an-koatra. I Allah dia mahafantatra fa ianareo tsy mahafantatra.

20- Ary raha tsy noho ny fahasoavan'i Allah aminareo sy ny famindram-pony…Ary marina fa i Allah dia be Fangoraham-po sy be Indrafo.

21- Ô ianareo izay mino! Aza manaraka ireo dian'ny satana ianareo. Ary n'iza n'iza manaraka ireo dian'nysatana, (fantaro fa) izy tokoa no mibaiko ho amin'ny fahavetavetana sy ny faharatsiana. Ary raha tsy noho ny fahasoavan'i Allah teo aminareo sy ny famindram-pòny, dia tsy nisy nadio na dia iray aza taminareo. Kanefa Allah no manadio izay sitrany. Ary Allah dia tena Maheno sy tena Mahalala.

22- Ary aoka ireo manan-karena sy manan-katao eo aminareo mba tsy hianiana ny tsy hanao fanomezana intsony amin'ny havana akaiky, amin'ireo mahantra, sy amin'ireo mpifindra-monina amin'ny làlan'i Allah. Ary aoka izy ireo hamela heloka sy handefitra! Moa ve tsy tianareo ny hamelan'i Allah ny helokareo? Ary Allah no tena Mpamela heloka sy be Famindram-pò.

23- Tena marina fa, ireo izay manendrikendrika ireo vehivavy tsara fitondrantena, maotina (tsy manana eritreritra hanao fijangajangana) ary mpino, dia voaozona izy ireo eto an-tany sy any an-koatra. Ary ho azy ireo ny famaizana goavana.

24- Amin'ny andro izay ny lelan'izy ireo sy ny tànan'izy ireo,ary ny tongotr'izy ireo no hijoro vavolombelona hiampanga azy ireo ny amin'izay nataon'izy ireo.

25- Amin'izany andro izany, Allah dia hanome azy ireofeno ny valin-kasasarany marina; ary ho fantatr'izy ireo fa Allah no Ilay tena Marina miharihary.

26- Ireo vehivavy ratsy fitondrantena dia ho an'ireo lehilahy ratsy fitondrantena, ary ireo lehilahy ratsy fitondrantena dia ho an'ireo vehivavy ratsy fitondrantena. Ary ireo vehivavy tsara fitondrantena dia ho an'ireo lehilahy tsara fitondrantena, ary ireo lehilahy tsara fitondrantena dia ho an'ireo vehivavy tsara fitondrantena. Izy ireny dia tsy manan-tsiny amin'izay tenenin'ny sasany. Ho azy ireo ny famelan-keloka sy ny anjaram-pahasoavana mendrika.

27- Ô ianareo izay mino! Aza miditra amin'ny trano ankoatra ireo tranonareo ianareo, raha tsy efa nangataka alàlana,ary miarahaba ireo monina ao. Izany dia tsara ho anareo. Angamba hahatsiarotena ianareo.

28- Fa raha tsy mahita olona ao ianareo, dia aza miditra ao mandra-pahazoanareo alàlana. Ary raha tenenina ianareo hoe: "Miverena ianareo! Diaaoka hiverina ianareo. Izany no tena madio(mendrika) ho anareo. Ary Allah dia tena mahalala izay rehetra ataonareo.

29- Tsy voakiana kosaianareo raha miditra ao amin'ireo trano tsy misymipetraka ka misy zava-tsoa ho anareo ao. Ary Allah dia mahalala izay abaribarinareo sy izay afeninareo.

30- Ary teneno amin'ireo lehilahy mpino mba hampiondrika ny fijerin'izy ireo sy hitahiry ny ny fahadiovam-pitondrantenany, fa izany no madio kokoa ho azy ireo. Marina fa Allah dia mahalàla tanteraka izay rehetra ataon'izy ireo.

31- Ary teneno amin'ireo vehivavy mpino mba hampiondrika ny fijerin'izy ireo sy hitahiry ny fahadiovam-pitondrantenany, ary tsy haneho ny haingony afa-tsy izay miseho amin'izany, ary aoka izy ireo hampidina ny lamba fisalorany eo amin'ny tratrany. Ary tsy haneho ny haingon'izy ireo afa-tsy amin'ny vadin'izy ireo, na amin'ny rain'izy ireo, na amin'ireo rafozan-dahin'izy ireo, na amin'ny zanak'izy ireo, na amin'ny zana-badin'izy ireo, na amin'ny anadahin'izy ireo, na amin'ny zanak'anadahin'izy ireo, na amin'ny zana-drahavavin'izy ireo, na amin'ireo vehivavy mpino nyIslamo, na amin'ireo mpanompo eo am-pelatànan'izy ireo, na amin'ireo mpiasa lahy ao an-trano, tsy manana hery (hanao firaisana), na amin'ireo zazalahy (tsy ampy taona) mbola tsy mahafantatra ny henatry ny vehivavy. Ary aoka izy ireo tsy hanakapoka ny tongony amim-pamindràna ka ahafantarana izay afeniny amin'ireo haingony, ary mibebaha ianareo rehetra eo anatrehan'i Allah ry Mpino! Angamba hahazo fahombiazana ianareo.

32- Ary ampanambadio ireo tsy manambady aminareo, sy ireomendrika amin'ireo andevonareo,lahy sy vavy. Raha mahantra izy ireo, dia Allah no hampanankarena azy ireo nohony fahasoavany. Ary Allah dia Manerana sy tena Mahalala.

33- Ary aoka hijanona amin'ny fahadiovam-pitondrantenany ireo izay tsy misy nyho enti-manana hanambadiany, mandra-panomezan'i Allah azy ireo ny fahasoavany. Ary ireo izay mangataka fifanekem-panafahana, amin'ireo andevonareo, dia manaova fifanarahana amin'izy ireo ianareo, raha fantatrareo fa misy hatsarana amin'izy ireo. Ary hanomezanareoazy ireo amin'nyharenan'i Allah izay nomeny anareo. Ary aoka ianareo tsy hanery ireo andevovavinareo amin'ny fijangajangana, raha toa ka mila fitondrantena madio izy ireo, mba hitadiavanareo tombontsoa amin'ny fiainanaeto an-tany. Ary na iza na iza manery azy ireo, tena marina fa Allah,taorian'ny fanerena azy ireo, dia be Famelan-keloka sy be Indrafo.

34- Ary tena efa nampidininay taminareo ireo famantarana mazava, sy ny fanoharana momba ireo teo alohanareo,ary fananarana ho an'ireo manam-patahorana.

35- Allah no fahazavan'ireo lanitra sy ny tany. Ny fahazavany dia mitovy amin'ny lavaka amin'ny vatan-drindrina izay misy jiro, ny jiro dia ao anatin'ny fitaratra, ary ny fitaratra dia tahaka ny kintana tena mamirapiratra mirehitra avy amin'ny hazo feno fahasoavana: hazon'oliva, sady tsy avy any atsinanana no tsy avy any andrefana, ka ny menaka avy aminy dia toamanazava, na dia tsy nokasihan'ny afo aza. Hazavana ambonin'ny hazavana. Allah dia mitari-dàlana izay sitrany mankany amin'ny hazavany. I Allah dia manome ireo fanoharana ho an'ny olombelona. Ary Mahalala ny zava-drehetra i Allah.

36- Ao anatin'ireo trano (Masjid) izay nanomezan'ny Tompo Allah alàlana mba hajoro avo dia avo sy hotsarovina ao anatiny ny Anarany.Mankalaza ny voninahiny aomaraina sy hariva,

37- Ireo lehilahy izay tsy mahavariana azy ireo, na ny varotra na ny fifanakalozana, ny amin'ny fahatsiarovana an'i Allah sy ny fananganana ny Soalat (vavaka), ary ny fanomezana ny Zakat (harena fiantrana). Matahotra izy ireo ny amin'ny andro iray izay hivadibadihan'ny fò sy ny fijery.

38- Mba hanomezan'i Allah azy ireo ny valisoa mendrika indrindra amin'izay (asa tsara) nataon'izy ireo, ary hampitomboany amin'izy ireo ny fahasoavany. Ary i Allah dia manome anjaram-pahasoavana (riziky) tsy tambo isaina ho an'izay sitrany.

39- Ary ireo izay tsy mino kosa, ny asan'izy ireo dia tahaka ny rendrirendry (mamita-maso) amin'ny tany karakaina izay heverin'ny olona mangetaheta ho rano, kanefa raha tonga eo izy dia tsy mahita na inona na inona, fa Allah kosa no eo anatrehany,izayhanome azy tanteraka ny valin'asany, ary Allah dia haingam-panisa.

40- Na koa tahaka ny aizim-be ao anatin'ny ranomasina lalina, mandrakotra azy ny onja maro, izay miavovona eo amboniny ny onja (hafa), izay rakotry ny rahona eo amboniny. Aizina mifanongoa, ny sasany ambonin'ny sasany, raha havoakany ny tànany dia mila tsy ho tazany izany. Ary izay tsy nomen'i Allah hazavana dia tsy hanana hazavana mihitsy.

41- Moa ve tsy hitanao fa mankalaza an'i Allah izay rehetra eny amin'ireo lanitra sy ny ety an-tany, ary koa ireo vorona mikopak'elatra? Ny tsirairay dia efa mahafantatra ny fomba fivavahany Aminy sy ny fiderany Azy. Ary i Allah dia tena Mahalala izay rehetra ataon'izy ireo**.**

42- Ary ho an'i Allah ny fanjakan'ireo lanitra sy ny tany, ary any amin'i Allah ny fiverenana farany.

43- Moa ve tsy hitanao fa i Allah tokoa no manosika ireo rahona? Avy eo avondrony izy ireo, ary ataony ho vondron-draho-mainty mitatao, ka hitanao ny orana mivoaka eo anelanelany. Ary Izy no mampidina avy amin'ny lanitra ny avandra, avy amin'ny vondron-drahona mitovy amin'ny tendrombohitra, ka arotsany amin'izay tiany izany ary halaviriny amin'izay tiany koa, mila hanala mihitsy ny fahitana ny fahazavan'ny tsela-barany.

44- Mampifandimby ny alina sy ny andro i Allah. Tena marina fa amin'izany dia misy ny fisintoman-tsaina handinika ho an'ireo izay manam-pahiratana.

45- Ary i Allah dia nahary ny biby rehetra avy amin'ny rano, ka misy amin'izy ireny no mikisaka amin'ny kibony, ny hafa dia mandeha amin'ny tongotra roa, ary misy ihany koa mandeha amin'ny tongotra efatra. Ary i Allah dia nahary izay sitrany, ary marina fa i Allah dia mahefa ny zava-drehetra.

46- Efa nampidininay tokoa ireo fanambarana mazava, ary i Allah dia mitari-dàlana izay sitrany mankany amin'ny làlana mahitsy.

47- Ary niteny izy ireo hoe: “Mino an'i Allah sy ny Irany izahay, ary mankato Azy”. Ary taorian'izany, nisy andiany iray tamin'izy ireo nitodi-damosina (nivadika), izy ireny dia tsy mba mpino mihitsy.

48- Ary raha antsoina mankany amin'i Allah sy ny Irany izy ireo mba hitsarany azy ireo, dia indro misy andiany tamin'izy ireo manohitra izany tanteraka.

49- Nefa raha nanana ny fahamarinana izy ireo, dia tonga teo aminy izy ireo amimpanetrentena.

50- Moa ve misy aretina ao am-pon'izy ireo? Na miahiahy izy ireo, ka matahotra sao hitongilana amin'izy ireo (ny fitsaran)' i Allah sy ny Irany? Tsia! Fa izy ireny no mpanao ny tsy rariny.

51- Ny teny tokan'ireo mpino, raha antsoina mankany amin'i Allah sy ny Irany, mba hitsarany azy ireo dia ny hoe: "Henonay sy ankatoavinay", izy ireny no hahazo fahombiazana.

52- Ary na iza na izamankato an'i Allah sy ny Irany, ary manetry tena amin'i Allah sy matahotra, dia izy ireny no hahazo fahasambarana.

53- Ary mianiana amin'i Allah izy ireo amin'ny fianianana manetriketrika, fa raha mandidy azy ireo ianao, dia hivoaka tokoa izy ireo (amin'ny ady), dia teneno hoe: "Koa aza mianiana àry ianareo, (efa fantatray tsara) ny fankatoavanareo (am-bava), fa tena mahalala tsara izay ataonareo i Allah".

54- Teneno hoe: "Ankatoavinareo i Allah, ary ankatoavinareo koa ny Irany, raha mitodidamosina izy ireo, dia tsy tompon'andraikitra izyafa-tsy izay nankinina taminy, ary ianareo dia tsy tompon'andraikitra afa-tsy izay nankinina taminareo. Ary raha mankato azy ianareo, dia voatarika (tsara) ianareo". Tsy inona akory ny (andraikitra) ny Iraka afatsy ny fampielezana tena mazava tsara (ny hafatra).

55- Ary i Allah dia nampanantena ireo izay nino aminareo sy nanao ireo asa soa, fa homeny azy ireo ny fifandimbiasana eto ambonin'ny tany, tahaka ny nanomezany izany an'ireo talohan'izy ireo, homeny hery sy fahamboniana ny finoan'izy ireo izay nankasitrahiny ho azy ireo. Ary tena hosoloany ho azy ireo ny fatahorany teo taloha ho fitoniana, manompo Ahy izy ireo ary tsy manankambana Ahy amin'ny zavatra hafa, ary izay tsy mino aorian'izany, izy ireny no tena mpanao ratsy.

56- Tanterahonareo ny soalat (vavaka), omeonareo ny zakat (harena fiantrana), ary ankatoavinareo ny Iraka. Angamba ianareo hahazo ny famindram-po.

57- Aza mihevitra ianao fa ireo izay tsy mino dia afaka hanohitra ny fahefan'i Allah eto antany, ny toeram-pialofan'izy ireo dia ny afobe, fiafarana ratsy tokoa Izany.

58- Ôianareo izay nino! Aoka hangataka alalana alohany hidirany aminareo, ireo andevo izay anareo, ary koa ireo mbola tsy ampy taona aminareo amin'ny fotoana telo: alohan'ny vavaka maraina (soalat fadjr), amin'ny antoandro mitatao vovonana raha manala ny fitafinareo ianareo (soalat dhohr), ary aorian'ny vavaka amin'ny alina(soalat Incha);vanim-potoana telo mba hialanareo fitafiana, tsy misy tsiny na ho anareo na ho azy ireo aorian'ireo fotoana Ireo, afaka mifanerasera ny andaniny sy ny ankilany aminareo. Toy izany no amelabelaran'i Allah aminareo ireo fanambarany. Fa i Allah dia mahalala ny zava-drehetra sy be Fahendrena.

59- Ary raha ampy taona ireo ankizy aminareo, dia aoka izy ireo hangataka alalana mialohan'ny hidirany, tahaka ny nangatahan'ireo izay talohany alalana. Toy izany no amelabelaran'i Allah mazava tsara aminareo ireo fanambarany. Fa i [illegible] 207 ahalala ny zava-drehetra sy be Fahendrena.

60- Ho an'ireo vehivavy izay tsy afaka miteraka Intsony, ka tsy manantena fanambadiana dia tsy misy tsiny ho azy ireo ny mametraka ireo fitafiany (fitondra ivelany), nefa tsy mampiseho kosa ny haingony, raha mitady fahamaotinana izy ireo dia tsara kokoa ho azy ireo izany. Ary Allah dia maheno sy mahalala ny zava-drehetra.

61- Tsy misy tsiny ho an'ny jamba, na ho an'ny kilemaina, ho an'ny marary, ary koa ho an'ny tenanareo ny mihinana ao an-tranonareo, na ao an-tranon'ireo rainareo na ao an-tranon'ireo reninareo, na ao an-tranon'ireo rahalahinareo, na ao an-tranon'ny anabavinareo, na ao an-tranon'ireo rahalahin-drainareo na ao an-tranon'ireo anabavin-drainareo, na ao an-tranon'ny anadahin-dreninareo, na ao an-tranon'ny rahavavin-dreninareo, na amin'izay anananareo fanalahidy, na amin'ireo sakaizanareo. Tsy misy tsiny ho anareo ihany koa ny miara-mihinana na misaratsaraka. Koa raha miditra an-trano ianareo, dia aoka hifampiarahaba amin'ny fiarahabana avy amin'i Allah feno hasoavana sy tsara, toy izany no amelabelaran'i Allah mazava tsara aminareo ireo fanambarany, angamba hisaina ianareo.

62- Ireo tena mpino marina dia izay mino an'i Allah sy ny Irany, ary rehefa miaraka aminy amin'ny raharaha hahazoana tombontsoa iombonana izy ireo, dia tsy mba mandeha mihitsy izy ireo raha tsy mangata-dalana aminy, marina fa ireo izay mangataka alalana aminao, dia izy ireny no mino an'i Allah sy ny Irany, ka raha mangataka alalana aminao izy ireo ho an'nyraharahan'izy ireo manokana, dia omeo alalana ho an'izay sitrakao amin'izy ireo, ary mangataha famelan-keloka amin'i Allah ho an'izy ireo ianao. Marina fa i Allah dia be famelan-keloka sy be Indrafo.

63- Aza ataonareo ny fiantsoana ilay Iraka eo aminareo, ho tahaka ny fiantsoana izay ataonareo samy ianareo. Tena fantatr'i Allah ireo izay mitsoaka an-daharana miafina aminareo. Ary aoka hitandrina ireo izay manohitra ny Baikony, sao ho voan'ny fitsapana izy ireo, na hiharan'ny famaizana mangirifiry.

64- Tena marina fa an'i Allah izay rehetra any amin'ireo lanitra sy eto an-tany. Mahalala tanteraka ny momba anareo Izy, ary amin'ny andro hamerenana azy ireo any Aminy, dia ampahafantariny azy ireo izay rehetra nataony, ary Allah dia tena mahalala ny zava-drehetra

**TOKO:25**
**SORATRA: NY FANAVAHANA**
**(AL-FORKAN)**
**ANDININY:77**
**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin'ny anaran'i Allah,Ilay be Indrafo,Ilay be Fiantrana

1-Ankalazaina anie ny halehiben'Ilay nampidina ny Bokin'ny Fanavahana (Kor'any, izay manavaka ny tsara sy ny ratsy) tamin'ny mpanompony mba ho mpampitandrina an'izao tontolo izao izy.

2-Ilay Tompon'ny fanjakan'ireo lanitra sy ny tany, izay tsy manan-janaka velively, sady tsy misy mpiara-miombon'antoka Aminy eo amin'ny Fanjakana ary Izy no nahary ny zava-drehetra ka nandahatra azy araka ny tokony ho izy.

3-Ary nandray zanahary hafa ankoatra Azy izy ireo, izay tsy mahary na inona na inona, fa nohariana izy ireo, sy tsy manana fahefana hanao na ny ratsy na ny tsara ho an'ny tenany izy ireo; ary tsy tompon'ny fahafatesana, na ny fahavelomana na ny fitsanganana amin'ny maty ihany koa izy ireo.

4-Ary niteny ireo izay tsy nino hoe: "Tsy inona akory ity afa-tsy lainga noforonony (Mohammad) ary nanampy azy tamin'izany ireo vahoaka hafa". Nefa izy ireo no nahavita ny tsy rariny sy ny lainga.

5-Ary niteny izy ireo hoe: "Anganon'ireo Ntaolo fahiny izay nampanoratiny izany! Ka tononina aminy maraina sy hariva".

6-Teneno hoe: "Nampidina izany Ilay Mahalala ireo zava-miafina ao amin'ireo lanitra sy ny tany. Ary Izy dia be Famelan-keloka sy be Indrafo".

7-Ary niteny izy ireo hoe: "Fa inona àry ity iraka ity izay mihinana sakafo, sy mandehandeha eny amin'ireo tsena?Nahoana àry no tsy mba nisy Anjely iray nampidinina taminy mba ho mpampitandrina miaraka aminy?"

8-Na koa nisy harena sarobidy natoraka teo aminy na manana zaridaina ho azy izy, ka amin'izany no hihinanany? Ary niteny ireo mpanao ny tsy rariny hoe: "Ianareo dia tsy manaraka afa-tsy lehilahy voan'ny mosavy!"

9-Jereo! Tahaka ny ahoana ireo fanoharana ataon'izy ireo momba anao, very izy ireo.Tsy afa-mahita làlana mihitsy izy ireo.

10-Ankalazaina anie ny halehibeny, Ilay, raha sitrany, mbola hanome anao tsara kokoa noho izany dia: Ireo zaridaina, misy ireo renirano mikoriana eo ambaniny ary hanome lapa maro ho anao Izy.

11-Nefa nolazain'izy ireo ho lainga ilay Ora, ary Izahay dia efa nanomana afo mandoro ho an'izay nilaza ilay Ora ho lainga.

12-Rehefa mahatazana azy ireo avy amin’ny toerana lavitra izy (afo), dia maheno ny fahatezerany sy ny firefodrefony izy ireo.

13-Ary raha atoraka ao aminy izy ireo, amin’ny toerana tery, ary ny tànany roa mifatotra aorian’ny vozony, dia mangataka ny fanapotehana tanteraka ny tenany izy ireo.

14-Aoka tsy hangataka fanapotehana indray mandeha fotsiny ianareo androany, fa mangataha kosa fanapotehana im-betsaka.

15-Teneno hoe: “Moa ve izao no tsara, sa ny Paradisa mandrakizay izay nampanantenaina ireo izay manam-patahorana ho valisoa sy toeram-piafarana?”

16-Hahazo izay rehetra hiriny ao izy ireo, sy hitoetra ao mandrakizay. Izany no fampanantenana izay andraikitry nyTomponao ny manatanteraka azy.

17-Ary ny Andro izay hanangonany azy ireo, sy izay tompoin’izy ireo ankoatra an’i Allah dia hiteny Izy hoe: “Moa ve ianareo no nanary ireo mpanompoko ireo, sa izy ireo ihany no very làlana?”

18-Hiteny izy ireo hoe: “Voninahitra anie ho Anao! Tsy mendrika ho anay ny haka mpiahy hafa ankoatra Anao, nefa nomenao fahafinaretana kosa izy ireo sy ireo razambeny, ka nahatonga azy ireo nanadino ny Fampahatsiarovana. Ary izy ireo dia vahoaka very”.

19-Ary efa nilaza anareo ho mpandainga izy ireo amin’izay noteneninareo. Ka tsy afaka hahita fandosirana na fanavotana ianareo. Ary na iza 209 aminareo manao ny tsy rariny, dia hapanandramanay azy ny famaizana le

20-Tsy nandefa ireo iraka talohanao Izahay afa-tsy ireo iraka izay mihinana sakafo sy mandehandeha eny an-tsena, Ary nataonay ny sasany aminareo ho fitsapana ho an’ny sasany hafa, moa ve haharitra ianareo? Ary ny Tomponao dia mahita ny zava-drehetra.

21- Ary niteny ireo izay tsy manantena ny fihaonana Aminayhoe: “Raha mba nampidinina taminay ireo Anjely, na mba mahita ny Tomponay izahay!”. Tena efa nanambony ny tenany izy ireo, ary nihoa-pefy mihitsy tamin’ny fiavonavonana.

22- Ny Andro izay hahitan’izy ireo, ireo Anjely, dia tsy hisy vaovao mahafaly amin’izany andro izany, ho an’ireo mpanao heloka bevava, ary hiteny izy ireo (Anjely) hoe: “Voasakana, tena tsy azonareo hidirana tanteraka!”.

23- Ary tonga nijery ny asa izay nataon’izy ireo Izahay, ka nataonay ho vovoka miparitaka izany.

24- Ireo olon’ny paradisa, amin’izany andro izany, dia eo amin’ny toerana mendrika indrindra, sy amin’ny toeram-pialan-tsasatra tsara indrindra.

25- Ary ny Andro izay hampitresaka ny lanitra amin’ny alalan’ireo rahona, sy hampidinana tokoa ireo Anjely.

26- Amin'izany andro izany, ny tena fanjakana marina dia an'Ilay be Fiantrana, ary tena ho andro sarotra ho an'ireo tsy mpino.

27- Ny andro izay hanaikeran'ny mpanao ny tsy rariny ny tànany roa, ka hiteny izy hoe: "Indrisy! Raha mba niara-dàlana tamin'ilay Iraka mantsy aho!".

28- Loza ho ahy! Indrisy! Raha tsy mba naka an-dranona ho sakaiza mantsy aho!

29- Tena marina fa nanary ahy lavitry ny fampatsiahivana izy, taorian'ny nahatongavan'izany (fampatsiahivana) tamiko. Ary satana dia mpamadika ny olombelona.

30-Ary niteny ilay Iraka hoe: "Tompo ô! Marina fa ny vahoakako dia nandray ity Kor'any ity ho zavatra tsinontsinona."

31- Ary tahaka izany no nanaovanay ho an'ireo mpaminany tsirairay avy, fahavalo avy amin'ireo mpanao heloka bevava. Ary ampy ho Mpanitsy sy Mpanavotra ny Tomponao.

32- Ary niteny ireo izay tsy nino hoe: "Nahoana no tsy nampidinina taminy indray mandeha monja ny Kor'any?" Tahaka izany (no nampidininay tsikelikely ny Kor'any) mba hanamafisanay amin'ny alalan' izany, ny fonao, ary novakianay amim-pikaliana izany.

33- Ary tsy mitondra fanoharana aminao izy ireo, ka tsy tonga miaraka amin'ny fahamarinana aminao Izahay, sy fanazavana izay tsara indrindra.

34- Ireo izay hotarihina eo amin'ny tavany ho any amin'ny afobe (Jahannama), izy ireny no ratsy toerana indrindra, sy tena very làlana.

35- Ary efa natolotray an'i Mosa ny Boky, ary nataonay ny rahalahiny, Harona, ho mpanohana azy.

36- Dia noteneninay (izy roalahy) hoe: "Mandehana ianareo roa any amin' ireo vahoaka izay nilaza fa lainga ireo fanambaranay", avy eo dia nopotehinay tanteraka izy ireo.

37- Ary ny vahoakan'i Noa, rehefa nilaza ireo Irakaho mpandainga izy ireo, dia narendrikay sy nataonay ho famantarana (fampitandremana) ho an'ny olombelona. Ary nanomana famaizana mangirifiry Izahay ho an'ireo mpanao ny tsy rariny.

38- Ary ny vahoaka 'Aady sy Tamody, ary ireo olon'i Rass, sy ireo taranaka nifandimby teo anelanelan'izany!

39- Hoan'izy rehetra, dia samy nanaovanay fanoharana avy, ary naringanay daholo tamin'ny fomba mahery vaika izy ireo.

40- Ary tena efa nandalo teo amin'ny tanàna (tanànan'ny Mpaminany Lota) izay nandrotsahana oram-pahoriana izy ireo. Ka moa ve tsy hitan'izy ireo izany? Nefa izy ireo dia tsy mba nanantena ny fitsanganana amin'ny maty.

41- Ary raha mahita anao (Mohammad)izy ireo, dia tsy mandray anao afa-tsy amin'ny vazivazy: "Moa ve io ilay nalefan'i Allah ho Iraka?

42- Saika hamily làlana anay hiala amin'ireo zanaharinay Izy, raha tsy mba naharitra izahay tamin'izany!". Ary ho fantatr'izy ireo, rehefa mahita ny famaizana izy ireo, iza no tena very làlana!

43- Moa ve hitanao izay nanao ny sitrapòny ho zanahariny? Ka moa ve ho mpiantoka azy Ianao?

44- Na koa mihevitra ve ianao fa ny ankamaroan'izy ireo dia maheno tokoa na misaina? Tsy misy mitovy amin'izy ireo afa-tsy ireo biby,na raha ny marina, izy ireo no tena very làlanakokoa.

45- Moa ve tsy hitanao, ahoana nonamelaran'ny Tomponao ny aloka? Ary raha sitrany dia nataony ho tsy nihetsika izany. Avy eo dia nataonay ny masoandro, ho mpamaritra azy.

46-Avy eo dia noraisinay an-kamoràna mankatý aminay izany (rivotra).

47- Ary Izy no nanao ny alina ho fitafy ho anareo, sy ny torimaso ho fialan-tsasatra, ary nanao ny andro ho fiverenana amin'ny asaaman-draharaha.

48- Ary Izy nonandefa ireo rivotra, mba ho filazana mialoha ny Indrafòny. Ary nampidininay avy eny an-danitra ny rano madio sy manadio.

49- Mba hamelomanay amin'ny alàlan'izany ny tànana efa maty, syhampisotroanay ireo izay noharianay, dia ireo biby (fiompy) syolombelona maro.

50- Ary efa notsinjarainay teo amin'izy ireo izany (rano) mba hahatsiarovan'izy ireo (Anay), nefany ankamaroan'ny olona dia nandà, (ary tsy nanao)afa-tsy ny fikomiana ihany.

51- Raha sitrakay dia nandefasanay Mpampitandrina isaka ny tanàna tsirairay.

52- Ka aoka ianao tsy hankatò ireo tsy mpino, ary miadia mafy ianao amin'izy ireo amin'ny alàlan'ity (Kor'any ity).

53- Ary Izy no nampikoriana ireo ranomasina roa, ny anankiray dia mamy manala hetaheta, ny iray hafa kosa dia masina sy mangidy. Ary nasiany elanelana eo amin'izy roa,sy sakana tsy azo dinganina.

54- Ary Izy no nahary avy amin'ny rano ny olombelona, ka nataony mifandray izy ireo amin'ny alàlan'ny rohim-pihavanana sy rohim-panambadiana. Aryny Tomponao dia manam-pahefana (amin'ny zava-drehetra).

55- Ary izy ireo dia manompo ankoatra an'i Allah, izay tsy manome tombontsoa azy ireo sy tsy manome fahoriana. Ary ny tsy mpino dia manampy lalandava ny fahavalo amin'ny fanoherana ny Tompony.

56- Ary tsy nandefanao Izahay afa-tsy ho mpitondra vaovao mahafaly sy mpampitandrina (ho an'ny zanak'olombelona).

57- Teneno hoe: "Tsy mangataka tambiny aminareo aho amin'ny izany, afa-tsy izay mila hanaraka ny làlana mankany amin'ny Tompony (dia malalaka izy hanao izany).

58- Ary ankino ny fitokisanao amin'Ilay Velona Izay tsy mba maty mihitsy. Ary Ankalazao ny fahadiovany sy ny voninahiny amin'ny alàlan'ny fiderana Azy. Ary Ampy tanteraka Izy hahafantatra ny fahotan'ireo mpanompony,

59- Izay nahary ireo lanitra sy ny tany sy izay rehetra eo anelanelan'izy roa, nandritra ny enina andro. Avy eo nitoetra[98] amin'ny Seza fiandrianana Izy, Ilay be Fiantrana, ka anontanio ny momba Azy amin'izay manam-pahalalana.

60- Ary rehefa tenenina Izy Ireo hoe: "Miankohofa amin'ilay be Fiantrana ianareo", dia miteny izy ireo hoe: "Ary iza moa izany be Fiantrana izany? Moa hiankohoka eo anatrehan'izay andidianao anay ve izahay?" Ary vao mainl 211 ombo ny fankahalan'izy ireo izany.

61- Ankalazaina anie Ilay nametraka ireo antokon-kintana eny amin'ny lanitra, ary nametraka jiro (masoandro) eo aminy sy volana mpanazava.

62- Ary Izy no nanao ny alina sy ny antoandro hifandimbidimby, ho an'izay te-hahatsiaro (Azy) na koa te-haneho fankasitrahana.

63- Ary ireo mpanompon'Ilay be Fiantrana, dia ireo izay mandeha am-panetrentena eny ambonin'ny tany, ary rehefa miresaka amin'izy ireo, ireo tsy manam-pahalalàna dia miteny izy ireo hoe: "Fandriampahalemana."

64- Ary ireo izay mandany ny alina am-piankohofana sy am-pitsanganana eo anatrehan'nyTompon'izy ireo;

65- Aryireo izay miteny hoe: "Tomponay ô! Alaviro anay ny famaizan'ny afobe (jahannama)",tena marina fa ny famaizany dia mitohy lalandava.

66-Tena marina fa izany dia ratsy tokoa ho trano fonenana, sy toerana hipetrahana!

67- Ary ireo izay, rehefa manao fandaniana, dia tsy mandanindany foana ary tsy mahihitra; fa manao ny antonony eo anelanelan'izany.

68- Ary ireo izay tsy miantso zanahary hafa miaraka amin'i Allah, sy tsy mamono aina izay voararan'i Allah raha tsy amin'ny fahamarinana, ary tsy mijangajanga; koa na iza na iza manao izany dia hahazosazy.

69- Ampitomboina roa avo heny ny famaizana ho azy amin'ny andro fitsanganana amin'ny maty, ary hitoetra ao mandrakizay izy amim-pahambaniana.

---

[98]Nitoetra: araka ny fomba mendrika ny hajany sy ny voninahiny, fa tsy azo oharina amin'ny zava-boahary izany.

70- Afa-tsy izay mibebaka sy mino ary manao asa soa;izy ireny, diahovain'i Allahho asa tsara ny asa ratsiny, ary Allah dia be Famelan-keloka sy be Indrafo.

71-Ary naiza naiza mibebaka sy manao asa soa, tena marina fa mibebaka amin'i Allah amin'ny fibebahana marinaizy.

72- Ary ireo izay tsy manao vavolombelona amin'ny lainga, ary rehefa mandalo eo anilan'ny zava-poanaizy ireo dia mandalo amim-pahamendrehana.

73- Ary ireo izay rehefa ampahatsiahivina azy ireo, ireo fanambaran'ny Tompony dia tsy mba mody marenina sy jamba izy ireo amin'izany.

74- Ary ireo izay miteny hoe: "Tomponay ô! Omeo anay avy amin'ireo vadinay sy ireo taranakay ny fahafinaretan'ny maso, ary ataovy mpitarika hoan'ireo manam-patahoranaizahay.

75- Izy ireny dia homena ny toerana avo (ao amin'ny Paradisa) hovalisoa, noho izy ireo naharitra, ary horaisina ao, amin'ny fiarahabana ombam-piadananaizy ireo.

76- Hitoetra ao mandrakizay izy ireo. Tsara tokoa ho trano fonenana sy toerana hipetrahana izany!

77- Teneno hoe: "Tsy miraharaha anareo ny Tompoko raha tsy noho ny fitalahoanareo, satria efa nilaza azy (Mpaminany) ho mpandaingaianareo, dia tsy maintsy hihatra aminareo tsy an-kijanona(ny famaizana)".

**TOKO:26**
**SORATRA:IREO MPANAO TONONKALO**
**(AS-SHO'ARA)**
**ANDININY:227**
**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin'ny anaran'i Allah,Ilay be Indrafo,Ilay be Fiantrana

1- Twa,Sin,Mim.

2- Indro ireo Andinin'ilay Boky mazava.

3- Angamba handreraka ny tenanao amin'ny alahelo ianao noho izy ireo tsy mino.

4- Raha sitrakay dia honampidininay tamin'izy ireo avy eny an-danitra ny famantarana iray, ka ho tavela hiondrika amin'izany ny hatok'izy ireo.

5- Ary tsy misy fampahatsiahivana vaovao avy amin'Ilay be Fiantrana tonga amin'izy ireo, ka tsy mitodi-damosina amin'izany izy ireo.

6- Efa nilaza izy ireo fa lainga (izay rehetra avy amin'ny Tompony), ka ho tonga amin'izy ireo tsy ho ela ireo vaovao mahakasika izay nataon'izy ireo vazivazy.

7- Moa ve tsy hitan'izy ireo ny tany, firifiry no nampitsirianay teo aminy, amin'ireo karazana zavatra tsiroaroa mahasoa rehetra.

8- Marina fa tena misy famantarana amin'izany, nefa ny ankamaroan'izy ireo dia tsy mino.

9- Ary tena marina fa ny Tomponao, Izy noIlay Tsitoha, Ilay be Indrafo.

10- Ary rehefa niantso an'i Mosa ny Tomponao hoe: "Aoka ianao ho tonga any amin'ireo vahoaka mpanao ny tsirariny.

11- (Any) amin'ny vahoakan'i Faraona"; moa tsy mba hanam-patahorana (Azy) ve izy ireo?

12- Niteny izy hoe: "Tompoko ô! Tena matahotra aho sao ataon'izy ireo ho mpandainga;

13- Sy hihatery ny tratrako, ary hiraikitra ny lelako, ka mba andefaso hafatra any amin'i Harona".

14- Ary misy heloka bevavahanenjehan'izy ireo ahy, ka matahotra aho sao dia hovonoin'izy ireo.

15- Niteny Izy (Allah) hoe:"Tsy izany! Mandehana ianareo roa miaraka amin'ny fahagagana avy Aminay. Tena marina fa Izahay dia miaraka aminareo sy mihaino.

16- Aoka ianareo roa ho tonga any amin'i Faraona, ka mitenena hoe: "Izahay dia iraky ny Tompon'izao tontolo izao.

17- Mba handefasanao ireo zanak'Israelyhiaraka aminay"

18- Niteny izy (Faraona) hoe: "Moa ve tsy nobeazinay teto aminay fony mbola kely ianao? Ary tsy nipetraka teto aminay nandritra ny taona maromaro tamin'ny fiainanao ve ianao?

19- Avy eo dia nanao ny asa ratsy izay nataonao ianao, ary isan'ireo tsy mpankasitraka ianao".

20- Niteny izy (Mosa) hoe: "Nataoko tokoa izany, fony aho mbola anisan'ireo very làlana.
21- Ka nandositra niala rehefa natahotra anareoaho, avy eo dia nomen'ny Tompoko fahendrena aho, ary nataony ho anisan'ireo Iraka.

22- Ary izany ve no fahasoavana izay ahindrahindranao amiko, nefa ianao nanandevo ireo zanak'Israely?"

23- Niteny i Faraona hoe: "Fa iza no Tompon'izao tontolo izao?"

24- Niteny izy (Mosa) hoe: "Ilay Tompon'ireo lanitra sy ny tany ary izay eo anelanelan'izy ireo, raha toa ka manana fitokisana marina ianareo".

25- Niteny izy (Faraona) tamin'ireo manodidina azy hoe: "Moa ve tsy henonareo (izany)?"

26- Niteny izy (Mosa) hoe: "Ilay Tomponareo sy Tompon'ireo razambenareo tany aloha".

27- Niteny izy (Faraona) hoe: "Marina fa ny iraka izay nalefa eo aminareo dia tena adala tokoa".

28- Niteny izy (Mosa) hoe: "Ilay Tompon'ny atsinanana sy ny andrefana sy izay manelanelana azy ireo, raha mba misaina ianareo!".

29- Niteny izy (Faraona) hoe: "Raha mandray zanahary hafa ankoatra ahy ianao, dia tenahataoko ho anisan'ireo voafonja".

30- Dia niteny izy (Mosa) hoe: "Ary na dia hitondràko zavatra (porofo) miharihary ve ianao?".

31- Niteny izy (Faraona) hoe: "Ento àry izany raha toa ka anisan'ireo olona marina ianao".

32- Koa dia natsipiny ny tehiny, ka indro fa lasa bibilava be miharihary izany.

33- Ary navoakany ny tànany, ka indro fa lasa mamirapiratra ho an'ireo mpijery izany.

34- Niteny izy (Faraona) tamin'ireo loholona nanodidina azy hoe: "Izany tokoa no mpanao majika mahay".

35- Mila hamoaka anareo hiala amin'ny tanànanareo amin'ny alàlan'ny majikany izy, ka inona no hevitra homenareo ahy?"

36- Niteny izy ireo hoe: "Ampiandraso izy sy ny rahalahiny, ary andefaso iraka mankany amin'ireo tanàna mba hamory olona,
37- Ka ho tonga eo aminao izy ireo miaraka amin'ireo mpanao majika avo lenta tena mahay".

38- Ka dia navory ireo mpanao majika, ho amin'ny fotoana, amin'ilay andro voatondro.

39- Ary notenenina ireo olona hoe: "Moa ve hivory ianareo?"

40- Angamba hanaraka ireo mpanao majika isika raha izy ireo no mivoaka mpandresy.

41- Ka rehefa tonga ireo mpanao majika dia niteny izy ireo tamin'i Faraona hoe: "Moa ve tena hisy valisoa marina ho anay, raha izahay no mivoaka ho mpandresy?"

42- Niteny izy (Faraona) hoe: “Eny! Ary tena ho isan’ireo akaiky ahy ianareo”.

43- Niteny tamin’izy ireo Mosa hoe: “Atsipazo izay hatsipinareo”.
44- Ka natsipin’izy ireo, ireo tadiny sy ireo tehiny; ary niteny izy ireo hoe: “Amin’ny alalan’ny fahefan’i Faraona!Izahay no tena hivoaka mpandresy!”.

45- Avy eo dia natsipin’i Mosa ny tehiny, dia indro izy fa mitsaingoka izay rehetra noforonin’izy ireo.

46- Tamin’izay dia niantoraka niankohokaireo mpanao majika.

47- Niteny izy ireo hoe: “Mino an’ny Tompon’izao tontolo izao izahay.

48- Ilay Tompon’i Mosa sy Harona”.

49- Niteny izy(Faraona) hoe: “Nino azy ve ianareo, alohan’ny hanomezako alàlana anareo? Tena marina fa izy no lehibenareo izay nampianatra anareo ny majika; ka ho fantatrareo tsy ho ela! Tena ho tapahiko ny tànanareo sy ny tongotrareo mifanohitra amin’ny andaniny avy, ary ho fantsihiko amin’ny hazo ianareo rehetra”.

50- Niteny izy ireo hoe: “Tsy misy maharatsy an’izany! Marina fa any amin’ny Tomponay no hiverenanay.

51- Tena marina fa mainiry mafy izahay mba havelan’ny Tomponay ny fahadisoanay, noho izahay voalohany tamin’ireo mpino”.

52- Ary nandefasanay fanambarana i Mosa hoe: “Mandehana amin’ny alina miaraka amin’ireo mpanompoko ianao, fa hisy mpanenjikaianareo”.

53- Ka nandefa mpamory any amin’ireo tànana i Faraona (hilaza hoe):

54- “Tena marina fa andian’olona vitsivitsy ihanyizy ireny”.

55- Nefa izy ireo dia mahatezitra anay.

56- Ary isika rehetra kosa dia fatra mpitandrina.

57- Ka navoakanay izy ireo avy tamin’ireo zaridaina sy ireo loharano,

58- Ary ireo harena sarobidy sy ny toerana mendrika,

59- Tahaka izany! Ary dia nampandovainay ireo zanak’Israelyizany (rehetra izany).

60- Nanenjika azy ireo izy ireo rehefa niposaka ny masoandro.

61- Avy eo, rehefa nifampitazana ny andiany roa, dia niteny ireo olon’i Mosa hoe: “Marina fa efa akaiky ho tratra tokoa isika”.

62- Niteny izy (Mosa) hoe: “Tsia! Tena miaraka amiko ny Tompoko, ka hitari-dàlana ahy Izy”.

63- Ka nandefa fanambarana tamin’i Mosa Izahay hoe: “Kapohy amin’ny tehinao ny ranomasina”. Dia nizara roa izany, ka toy ny tendrombohitra lehibe avy, ny andaniny sy ny ankilany.

64- Ary nampanatoninay ny sasany (Faraona sy ny vahoakany);

65- Fa navotanay i Mosa sy ireo izay niaraka taminy rehetra.

66- Avy eo dia narendrikay ireo sasany.

67- Marina fa amin'izany dia misy fahagagana tokoa, nefa ny ankamaroan'izy ireo dia tsy mpino.

68- Ary tena marina fa ny Tomponao, Izy no Ilay Tsitoha, Ilay be Indrafo.

69- Ary vakio amin'izy ireo ny vaovaon'i(tantaran'i) Ibrahim.

70- Rehefa niteny izy tamin'ny rainy sy ny vahoakany hoe: "Inona no tompoinareo?"

71- Niteny izy ireo hoe: "Manompo sampy izahay, ary tsy hitsahatra hiraiki-pòamin'izy ireo".

72- Niteny izy (Ibrahim) hoe: "Moa ve mandre anareo izy ireo rehefa miantso (azy ireo) ianareo?

73- Na koa manome tombontsoa anareo? Na hanisy ratsy anareo?"

74- Niteny izy ireo hoe: "Tsia! Fa izahay nahita ireo razambenay, dia tahaka izany no nataony".

75- Niteny izy (Ibrahim) hoe: "Moa ve hitanareo izay notompoinareo,

76- Ianareo sy ireo razambenareo taloha?

77- Tena marina fa izy ireo dia fahavaloko daholo, afa-tsy ny Tompon'izao tontolo izao,

78- Izay nahary ahy,fa Izy no mitari-dàlana ahy;

79- Ary Izy no nampihinana ahy sy nampisotro ahy.

80- Ary raha marary aho, dia Izy no manasitrana ahy,

81- Ary Izy no hamono ahy, avy eo hanome aina ahy indray,

82- Ary izy ilay irìko hamela ireo fahadisoako, amin'ny andro fanomezana ny valin'asa.

83- Tompo ô! Omeo fahendrena aho, ary ataovy miaraka amin'ireo olo-mendrika;

84- Omeo laza tsara aho amin'ireo taranaka amam-para any aoriana;

85- Ary ataovy an'isan'ireo mpandova ny Paradisan'ny «Na'ìm» (fahafinaretana) aho;

86- Ary mamelà ny heloky nyraiko, satria izy dia tena anisan'ireo very làlana,

87- Ary aza alaina baraka aho amin'ny andro hampitsanganana ireo maty,

88- Amin'ny andro izay tsy hitera-bokatsoa, na ny harena na ny zanaka,

89- Afa-tsy izay tonga eo anatrehan'i Allah miaraka amin'ny fo madio".

90- Ary hampanatonina ny Paradisa, ho an'ireo nanam-patahorana,

91- Ary haseho ny afo-be «Djahìm», hoan'ireo very làlana,

92- Ary hotenenina amin'izy ireo hoe: "Aiza ireo izay notompoinareo,

93- Ankoatra an'i Allah? Moa ve manavotra anareo izy ireo? Sa afaka manavotra ny tenany veizy ireo?"

94- Ary hatsipy hifangaro ao izy ireo, sy ireo very làlana.

95- Toy izany koa ireo miramilan'i Iblisa rehetra,

96- Hiteny izy ireo ao, sady mifanditra:

97- "Mianiana amin'i Allah izahay fa tena ao anatin'ny fahaverezana miharihary tokoa,

98- Raha nampitovy anareo tamin'ny Tompon'izao Tontolo izao izahay!

99- Ary tsy nisy namery làlana anay afa-tsy ireo mpanao heloka bevava!

100- Ary tsy manana mpanelanelana izahay,

101- Na sakaiza mafana fò!

102- Raha nanana fahafahanamiverina izahay,dia ho an'isan'ireo mpino!"

103- Tena misy famantarana tokoa amin'izany, nefa ny ankamaroan'izy ireo dia tsy mino.

104- Ary marina fa ny Tomponao, Izy no Ilay Tsitoha, Ilay be Indrafo.

105- Nilaza ireo Iraka ho mpandainga ny vahoakan'i Noa.

106- Rehefa niteny tamin'izy ireo i Noa, rahalahin'izy ireo, hoe: "Tsy matahotra (an'i Allah) ve ianareo?

107- Izaho dia Iraka mendri-pitokisana ho anareo!

108- Matahora an'i Allah àry ianareo, ary mankatoava ahy.

109- Ary tsy mangataka tambiny aminareo aho momba izany, tsy misy karama aho afa-tsy avy amin'ny Tompon'izao Tontolo izao.

110- Ka matahora an'i Allahàry ianareo, ary mankatoava ahy".

111- Niteny izy ireo hoe: "Moa ve hino anao izahay, nefa ireny olona ambany saranga indrindra ireny no manaraka anao?"

112- Niteny izy hoe: "Tsy manana fahalalànaamin'izay zavatra ataon'izy ireo aho.

113- Tsy misy fitsarana azy ireo afa-tsy any amin'ny Tompoko, raha mba tsapanareo izany.

114- Ary tsyizahomihitsy no handroaka ireo mpino.

115- Tsy iza akory aho afa-tsy mpananatra miharihary ihany".

116- Niteny izy ireo hoe: "Raha tsy mitsahatra ianao ry Noa dia tena ho anisan'ireo voatora-bato tokoa".

117- Niteny izy (Noa) hoe: "Tompo ô! Tena nilaza ahy ho mpandainga ny vahoakako!

118- Ka tsarao amin'ny fitsarana mazava àry ny amiko sy ny amin'izy ireo; ary avoty aho sy ireo mpino miaraka amiko".

119- Dia navotanay izy sy ireo izay niaraka taminy, tao anatin'ny sambofiara feno tanteraka.

120- Avy eo dia narendrikay taorian'izany ireo sisa tavela.

121- Tena marina fa amin'izany dia misy famantarana tokoa, nefa ny ankamaroan'izy ireo dia tsy mino.

122- Ary marina fa ny Tomponao,Izy noIlay Tsitoha, Ilay be Indrafo.

123- Nilaza ireo Iraka ho mpandainga,ireo 'Aad (vahoakan'ny Mpaminany Hod).

124- Raha niteny tamin'izy ireo ny rahalahin'izy ireo, Hod, hoe: "Tsy manam-patahorana ve ianareo?"

125- Tena marina fa izaho dia Iraka mendri-pitokisana ho anareo.

126- Matahora an'i Allah àry ianareo, ary mankatoava ahy.

127- Ary tsy mangataka tambiny aminareo aho momba izany, tsy misy karama aho afa-tsy avy amin'ny Tompon'izao Tontolo izao.

128- Moa ve manorina tsangam-bato isaky ny havoana ianareo mba hanaovanareo rendrarendra?

129- Ary moa vemanangana lapa ianareo tahaka ny hitoeranareo mandrakizay?

130- Ary rehefa manasazy ianareo, dia manasazy tsy misy fiantràna?

131- Ary matahora an'i Allah àry ianareo, ary mankatoava ahy.

132- Ary matahora ianareo an'izay nanome anareo zavatra (tsara rehetra) izay efa fantatrareo.

133- Izay nanome anareo ireo biby fiompy sy ireo zanaka.

134- Ary ireo zaridaina sy ireo loharano.

135- Marina fa izaho dia matahotra ny famaizana ho anareo, amin'ny Andro lehibe".

136- Niteny izy ireo hoe: "Mitovy ihany aminay izany, na mananatra ianao na tsy anisan'ireo mpananatra!

137- Tsy inona izany fafomba fiainan'ireo teo aloha ihany.

138- Ary tsy hofaizina velively izahay".

139- Ka nilaza azy ho mpandainga izy ireo. Ary naringanay izy ireo.Tena marina fa amin'izany dia misy famantarana tokoa! Nefa ny ankamaroan'izy ireo dia tsy mino.

140- Ary marina fa ny Tomponao, Izy no Ilay Tsitoha, Ilay be Indrafo.

141- Nilaza ireo iraka ho mpandainga, ireo Tamody

142- Raha niteny tamin'izy ireo, ny rahalahin'izy ireo Soalihy hoe: "Tsy manam-patahorana ve ianareo?"

143- Marina fa izaho dia iraka mendri-pitokisana ho anareo.

144- Matahora an'i Allah ianareo, ary mankatoava ahy.

145- Ary tsy mangataka tambiny aminareo ahomomba izany, tsy misy karama aho afa-tsy avy amin'ny Tompon'izao tontolo izao.

146- Moa ve avela am-pilaminana amin'izao toe-javatra misy anareo izao ianareo?

147- Ao anatin'ireo zaridaina sy ireo loharano.

148- Ary ireo voly sy ireo hazo palma izay mora levonina ny voan-kazony".

149- Ary lavahinareo amin-pahakingana ireo tendrombohitra ho trano.

150- Ka matahora an'i Allah àry ianareo, ary mankatoava ahy.

151- Ary aza mankatòny baikon'ireo mpanao ny tafahoatra ianareo.

152- Ireo izay manao ny asa fanimbana eto an-tany, ary tsy manao mihitsy ny asa fanamboarana.

153- Niteny izy ireo hoe: "Ianao dia tena anisan'ireo olona voan'ny mosavy.

154- Tsy iza akory ianao afa-tsy olombelona tahaka anay ihany. ka ento aty aminay àry ny fahagagana, raha anisan'ireo mpilaza ny marina ianao".

155- Niteny izy hoe: “Indro ny rameva vavy, ho azy ny anjara fisotroana amin’ny andro voatondro, ary ho anareo koa ny anjara fisotroana amin’ny andro hafa voatondro.

156- Ary aza manao ratsy aminy na dia kely aza ianareo, raha tsy izany dia hiharan’ny famaizanaianareo amin’ny andro lehibe”.

157- Nefa mbola novonoin’izy ireo ihany izy (ny rameva vavy),noho izany dia nanenina izy ireo!

158- Koa niharan’ny famaizana izy ireo. Marina fa misy famantarana ao anatin’izany. Nefa ny ankamaroan’izy ireo dia tsy mino.

159- Ary marina fa ny Tomponao, Izy Ilay Tsitoha, Ilay be Indrafo.

160- Nilaza ireo iraka ho mpandaingany vahoakan’i Lota.

161- Raha niteny tamin’izy ireo ny rahalahin’izy ireo Lota hoe: “Tsy manam-patahorana ve ianareo?

162- Marina fa izaho dia iraka mendri-pitokisana ho anareo.

163- Matahora an’i Allah ianareo, arymankatoava ahy.

164- Ary tsy mangataka tambiny aminareo ahomomba izany, tsy misy karama aho afa-tsy avy amin’ny Tompon’izao tontolo izao.

165- Moa ve manao firaisana ara-nofo amin’ny lehilahin’izao tontolo izao ianareo?

166- Ary avelanareo ireo vehivavy vadinareo izay noharian’ny Tomponareo ho anareo?Ary ianareo dia tena vahoaka mpandika lalàna.

167- Niteny izy ireo hoe: “Raha tsy mitsahatra ianao ry Lota, dia tena ho anisan’ireo atao sesi-tany.

168- Niteny izy (Lota) hoe: “Marina fa izaho dia anisan’ireo mankahala ny asa izay ataonareo.

169- Tompo o! Avoty aho sy ny fianakaviako amin’izay ataon’izy ireo”.

170- Ka navotanay àry izy sy ny fianakaviany rehetra.

171- Afa-tsy vehivavy antitra iray anisan’ireo naringana.

172- Avy eo dia nopotehinay koa ny sasany.

173- Ary narotsakay tamin’izy ireo ny orana (oran-bato). Tena ratsy tokoa izany orana izany ho an’ireo izay nampitandremana.

174- Marina fa amin’izany dia misy famantarana tokoa. Nefa ny ankamaroan’izy ireo dia tsy mino.

175- Ary marina fa ny Tomponao,Izy no Ilay Tsitoha, Ilay be Indrafo.

176- Nilaza ireo iraka ho mpandainga ireo olon’ny Al-Aikaty.

177- Rehefa niteny tamin’izy ireo i Soaimbo hoe: “Tsy manam-patahorana ve ianareo?”

178- Marina fa Izaho dia iraka mendri-pitokisana ho anareo.

179- Matahora an’i Allah àry ianareo ary mankatoava ahy.

180- Ary tsy mangataka tambiny aminareo aho momba izany, tsy misy karama aho afa-tsy avy amin'ny Tompon'izao tontolo izao.

181- Fenoinareo tsara ny fatra ary aoka ianareo tsy ho anisan'ireo mpamono antoka.

182- Ary mandanjà amin'ny fandanjana marina ianareo.

183- Ary aza manome ny olona izay latsaky ny tokony ho azy ianareo; ary aza manao fanakorontanana sy asa fanimbana eto an-tany ianareo.

184- Ary matahora an'Ilay Nahary anareo sy ireo taranaka taloha ianareo.

185- Niteny izy ireo hoe: "Tena marina fa ianao dia anisan'ireo izay voan'ny mosavy.

186- Tsy iza ianao afa-tsy olombelona tahaka anay ihany;ary izahay dia mihevitra tokoa fa tena anisan'ireo mpandainga ianao.

187- Noho izany dia andatsaho ny tapaky ny lanitra izahay raha toa ka milaza ny marina ianao!"

188- Niteny izy hoe: "Ny Tompoko no tena mahalala izay ataonareo".

189- Nefa nolazain'izy ireo fa mpandainga izy. Ka niharan'ny famaizan'ny andron'ny aloka izy ireo. Ary izany dia tena famaizan'ny Andro lehibe.

190- Tena marina fa amin'izany dia misy famantarana tokoa! Nefa ny ankamaroan'izy ireo dia tsy mino.

191- Ary tena marina fa ny Tomponao, Izy no Ilay Tsitoha, Ilay be Indrafo.

192- Izy io (ny Kor'any) dia ny Tompon'izao tontolo izao no nampidina azy.

193- Ary nidina niaraka taminy ilay Fanahy mendri-pitokisana (Anjely Gabriely).

194- (Hametraka azy) ao amin'ny fonao, mba ho anisan'ireo mpampitandrina ianao.

195- Amin'ny fiteny arabo mazava tsara.

196- Ary izy io dia efa voarakitra mazava tsara ao anatin'ny soratra masin'ireo teo aloha.

197- Moa ve tsy famantarana ho azy ireo izany,fa ireo manam-pahaizan'ny zanak' Israely dia mahafantatra tsara an'izany?

198- Ary raha nampidinaan'izany tamin'ny olon-kafa tsy arabo Izahay.

199- Ary novakiany tamin'ny izy ireo izany, dia tsy nino an'izany ihany izy ireo.

200- Tahaka izany no nampidiranay azy (ny ahiahy) tao amin'ny fon'ireo mpanao heloka bevava.

201- Ka tsy hino an'izany (Kor'any izany) izy ireo alohan'ny hahitan'izy ireo ny famaizana mangirifiry.

202- Izay ho tonga tampoka amin'izy ireo, ary tsy hahatsapa izany mihitsy izy ireo.

203- Dia hiteny izy ireo hoe: "Moa ve hahazo fe-potoana izahay?"

204- Ny famaizana avy aminay ve no tadiavin'izy ireo hafainganina?

205- Hitanao ve raha omenay fahafinaretana izy ireo mandritra ny taona maro,

206- Avy eo dia ho tonga amin'izy ireo izay nampitahorina azy ireo.

207- Tsy nahavita na inona na inona amin'izy ireo, ireo fahafinaretana izay nomena azy ireo.

208- Ary tsy mandringana tànana Izahay raha tsy efanisy ireompampitandrina ao aminy.

209- Ho fampahatsiahivana ity, ary Izahay dia tsy mba mpanao ny tsy rariny.

210- Ary tsy mbaireo satana no nidina niaraka tamin'ity (Kor'any ity).

211- Ary tsy mendrika ho azy ireo izany, no sady tsy manam-pahefana (amin'izany) izy ireo.

212- Satria izy ireo dia tena nohalavirina amin'ny fihainoana (ny hafatra masina).

213- Ka aoka ianao tsy hiantso zanahary hafa miaraka amin'i Allah, raha tsy izany dia ho anisan'ireo hofaizina ianao.

214- Ary ampitandremo (ry Mohammad) ireo havanao akaiky.

215- Ampidino ny elatrao (aoka ianao halemy fanahy) amin'ireo mpino izay manaraka anao.

216- Ary raha tsy mankatò anao izy ireo, dia teneno hoe: "Izaho dia mitsipaka izay ataonareo".

217- Ary ankino amin'Ilay Tsitoha,Ilay be Indrafo, ny fitokisanao

218- Izay mahita anao rehefa mitsangana ianao (manao soalat),

219- Sy ny fihetsikao eo anivon'ireo mpiankohoka.

220- Izy no Ilay tena Maheno sy Mahalala (ny zava-drehetra).

221- Hambarako anareo ve, amin'iza no midina ireosatana?

222- Midina izy ireo amin'izay rehetra be famoronan-dainga sy be fahotana.

223- Mampandry sofina izy ireo...Nefa ny ankamaroan'izy ireo dia mpandainga avokoa.

224- Fa ireo mpanao tononkalo kosa, dia manaraka azy ireo avy, ireo izay very làlana.

225- Moa ve tsy hitanao fa izy ireo dia mirediredy isaka ny lohasaha.

226- Ary izy ireo dia miteny izay tsy ataony.

227- Afa-tsy ireo izay mino sy manao ireo asa soa, arymahatsiaro matetika an'i Allah symiaro tena (amin'ny alàlan'ny tononkalo) amin'ny tsy rarinyizay natao azy ireo. Ary hofantatr'ireo izay nanao ny tsy rariny fa fiverenana toy inona no hiverenan'izy ireo!

**TOKO:27**
**SORATRA: IREO VITSIKA**
**(AN-NAML)**
**ANDININY:93**
**NIDINA TAO MAKKA**

Amin'ny anaran'i Allah,Ilay be fiantrana,Ilay be indrafo

1- **Twa, Sin**. Indro ireo andinin'ny Kor'any, sy ny Boky mazava,

2- Tari-dàlana, sy vaovao tsara ho an'ireo mpino,

3- Dia ireo izay manatanteraka ny vavaka fanompoana (soalat), sy manome ny harena fiantrana (zakat), ary mino amim-pitokisana tanteraka amin'ny any ankoatra.

4- Hamafisina,fa ireo izay tsy mino ny any ankoatra kosa, dia hatsarainay (eo imason'izy ireo) ny asany, ka ho sahiran-tsaina sy hisalasala izy ireo,

5- Izy ireo dia hahazo ny sazy ratsy indrindra, ary izy ireo ihany koa no ho matiantoka indrindra any ankoatra.

6- Hamafisina,fa ianao no mandray ny Kor'any avy amin'Ilay be Fahendrena indrinra, Ilay Mahalala ny zavatra rehetra.

7- (Tsarovy) raha niteny tamin'ny fianakaviany i Mosesy (Mosa) hoe: "Nahatazana afo aho,ka hitondrako vaovao avy amin'izany ianareo, na koa hitondrako tapa-porohana mirehitra mba hangalanareo hafanana".

8- Nony tonga teny izy, dia nantsoina: "Masina anie, ilay ao anatin'ny afo, sy izay manodidina azy, ary voninahitra ho an'i Allah, Tompon'izao tontolo izao".

9- "Ry Mosesy! Izaho no Tompo Zanahary, Ilay Tsitoha, Ilay be Fahendrena,

10- Ary atsipazo ny tehinao". Raha nahita azy mihetsika toy ny bibilava izy, dia nitodi-damosina tsy hiverina intsony (handositra). "Ry Mosesy! Aza matahotra ianao, fa tsy matahotra velively ireo Iraka eto anatrehako,

11- Afa-tsy izay nanao ny tsy rariny, sy nanakalo ny tsara amin'ny ratsy. Fa Mpamela heloka sy be Indrafo Aho".

12- "Ary ampidiro ao anatin'ny paosinao (ambony) ny tànanao. Hivoaka fotsy izany tsy misy zavatra ratsy,izay anankiray amin'ireo fahagagana sivy, ho an'i Faraona sy ny vahoakany izany, fa olona ratsy fanahy tokoa izy ireo".

13- Ary nony tonga tamin'izy ireo ny fahagagana avy taminay, izay mazava miharihay tokoa, dia hoy izy ireo hoe: "Majika miharihary tokoa io".

14- Ary nolavin'izy ireo tsy amim-pahamarinana,sy amim-piavonavonana izany,na dia nino tanteraka aza ny tao anatin'izy ireo. Jereo ary ny fiafaran'ireo mpanao asa fanimbana.

15- Ary nomenay fahalalana tokoa i Davida (Daoud) sy i salomona (Solaymana),ary niteny izy ireo hoe; dera ho an'i Allah izay nampisongadina anay manokana amin'ireo mpanompony maro izay mpino.

16- Ary nandova an'i Davida i Salomona,ka niteny izy hoe; Oh ry Olombelona! Nampianarina anay ny fitenin'ireo vorona; ary nomena anjara izahay amin'ny zava-drehetra. Hamafisina, fa izany no tena fahasoavana miharihary tokoa.

17- Ary navory ho an'i Salomona ireo miaramilany,avy amin'ireo jiny,sy olombelona ,ary ireo vorona ,ka nampilaharina izy ireo.

18-Ary rehefa tonga tao amin’ny lohasahan’ireo vitsika izy ireo,dia nisy vitsika (anankiray) niteny hoe;oh ry vitsika! Midira ao amin’ny fonenanareo ianareo,mba tsy hitsahin’i Salomona sy ireo miaramilany ianareo,nefa tsy hatsapa izany akory izy ireo.

19-Nitsiky izy (Salomona), (faly) tamin’ny teniny ; ary niteny hoe: mamela ahy ianao ry Tompo! Mba hankasitraka ny fahasoavanao izay nomenao ahy sy ireo ray aman-dReniko; ary mba hanao asa soa izay ankasitrahinao; ka ampidiro amin’ny alalan’ny famindram-ponao ahy,ho isan’ireo mpanomponao mendrika.

20-Avy eo dia nitsikera (nisafo/nitady) an’ilay vorona izy,ka niteny hoe; nahoana no tsy mba hitako i Hodihody (vorona izay misy sanga) ,anisan’ireo tsy tonga ve izy?

21-Tena ho faiziko mafy tokoa izy na koa tena ho tapahiko mihitsy ny vozony! Na izy hitondra porofo mazava tsara amiko.

22-Nefa tsy niandry ela akory izy afa-tsy fotoana vitsivitsy fotsiny (dia tonga),ary niteny hoe: mahafantatra izay mbola tsy fantatrao aho! Ary nitondrako vaovao tena marina ianao avy any Saba (Hoy i Hodihody tamin’i Salomona).

23-Hamafisiko (hoy Hodihody), fa izaho dia nahita vehivavy izay tompon’ny fanjakana amin’izy ireo,ary nomena azy daholo ny zava-drehetra ,ary manana seza fiandrianana lehibe izy.

24-Hitako izy , sy ny vahoakany,izay samy niankohoka eo anoloan’ny masoandro fa tsy amin’i Allah. Ary nohatsarain’ny satana ny asan’izy ireo ,sady naviliny lalana izy ireo tsy ho amin’ny lalalana mahitsy,ary tsy nahazo tari-dalana ihany koa izy ireo.

25-Nahoana izy ireo no tsy niankohoka eo anoloan’i Allah izay mamoaka ny (zavatra) miafina eny amin’ireo lanitra sy ny tany,sy ilay mahafantatra izay afeninareo,ary koa izay asehonareo?

26-Allah! Tsy misy zanahary hafa afa-tsy Izy ihany,Ilay Tompon’ny seza fiandrianana lehibe!

27-Niteny izy (Salomona) hoe: ho jerentsika raha (milaza) ny marina tokoa ianao,na koa anisan’ireo mpandainga.

28-Mandehana,ka ento ity taratasiko ity. Avy eo dia atsipazo eo amin’izy ireo izany,ary manaraka izany ,dia misintaha kely amin’izy reo ianao ,ka jereo ny valintenin’izy ireo.

29-Niteny ilay Andriambavy (Mpanjaka vavy) hoe: Oh ry loholona! Misy taratasy mihaja anankiray izay natoraka teo amiko.

30-Tena marina fa avy amin’i Salomona ilay izy. Ary tena misoratra hoe;Amin’i anaran’i Allah,ilay be fiantrana,Ilay be indrafo.

31-Aza manambony tena amiko ianareo,koa avia aty amiko amim-panetrentena tanteraka ianareo.

32-Niteny ilay Andriambavy (Mpanjaka vavy) hoe; Oh ry loholona ! omeo toro-hevitra aho amin’ity raharaha ity,satria tsy hanapa-kevitra mihitsy aho raha tsy eo anatrehanareo.

33-Niteny izy ireo (loholona) hoe : manana hery sy tanjaka tsy refesy mandidy izahay. Fa ny fanapahana kosa dia avy aminao (ry Mpanjaka) ,koa jereo ary izay baiko tianao hatao (ny fanapahan-kevitra tianao ho raisina).

34- Niteny izy (Ilay Andriambavy/Mpanjaka vavy) hoe; tena marina,fa raha miditra ny Tanana iray ireo mpanjaka ,dia manao asa fanimbana foana,ary hataony afa-

baraka ireo mponina manankaja ao aminy. Ary dia toy izany mihitsy no fanaon'izy ireo.

35- Ary tena handefa fanomezana ho an'izy ireo aho,ka ho hitako eo izay ho entin'ireo iraka miverina.

36- Avy eo, rehefa tonga teto anatrehan'i Salomona (ny iraka), dia niteny izy hoe: moa ve hanampy ahy amin'ny alalan'ny harena ianareo? Nefa izay nomen'i Allah ahy dia tsara kokoa noho izay nomenareo. Kanefa ianareo dia mifaly amin'ny fanomezanareo.

37- Miverena any amin'izy ireo ianao. Fa hamafisinay,fa hitondranay miaramila izay tsy ho vitan'izy ireo ny hiatrika an'izany (hanafika azy ireo izahay),ary hataonay sesitany tokoa izy ireo,ho afabaraka sady ho voaeso (hahatsiaro-tena ho ambany).

38- Niteny izy (Salomona) hoe: Oh ry loholona! Iza aminareo no hitondra ny seza fiandrianany aty amiko,alohan'ny hahatongavan'izy ireo aty amiko,ho mpankato (ilay Mpanjaka vavy sy ny vahoakany) ?

39- Niteny ny jiny iray izay tena matanjaka hoe; izaho no hitondra azy eo aminao alohan'ny hitsangananao avy eo amin'ny toeranao,ary tena marina fa izaho dia matanjaka sy mendri-pitokisana amin'izany.

40- Ary niteny ilay (olona) anankiray manana fahalalana momba ny Boky hoe; izaho no hitondra izany aminao alohan'ny hanaovanao ny indray mipi-maso. Ary rehefa hitany fa nipetraka teo akaikiny ilay seza fiandrianana,dia niteny izy (Salomona) hoe; fahasoavana avy amin'ny Tompoko tokoa izao,mba hitsapany ahy,na hankasitraka aho na tsy hankasitraka. Ary na iza na iza mankasitraka dia manao izany ho tombotsoan'ny tenany ihany. Ary na iza na iza tsy mankasitraka,dia tena marina fa ny tompoko dia manana ny ampy sady tena malala-tanana tokoa .

41- Dia niteny izy (Salomona) hoe: ovainareo amin'ny endrika tsy fantany ilay seza fiandrianany, ka ho hitantsika ary raha voatari-dalana izy, na ho anisan'ireo tsy hahazo tari-dalana.

42- Ary rehefa tonga izy (ilay mpanjaka vavy) dia notenenina taminy hoe: moa ve toy izao ny seza fiandriananao? Namaly izy hoe: toa izy ihany io. Ka niteny ( i Salomona) hoe; ary efa nomena anay ny fahalalana talohany,ary izahay dia efa nankato an'i Allah.

43- Nefa izay notompoiny ankoatra an'i Allah dia nisakana azy , satria izy dia anisan'ny vahoaka tsy mpino.

44- Notenenina taminy hoe: midira ao an-dapa ianao,avy eo ,raha nahita izany izy (ny hatsaran'ny lapa), dia noheveriny fa rano lalina izany, ka nasehony ny ranjony roa,ka niteny izy (Salomona) hoe: io dia lapa vita avy amin'ny gorodona kristaly. Niteny izy (ilay mpanjaka vavy) : Tompo oh! Izaho dia tena nanambaka ny tenako tokoa,ka manetry tena aho miaraka amin'i Salomona ho an'i Allah Tompon'izao tontolo izao.

45- Ary efa nalefanay tamin'i Samody ny rahalahin'izy ireo Soalihy izay niteny tamin'izy ireo hoe: Tompoinareo i Allah! Koa indro izy ireo fa nizara andiany roa izay mifanditra.

46- Dia niteny izy hoe: ry vahoakako! Nahoana no mitady hanafaingana ny ratsy alohan'ny tsara ianareo? Raha mba mangataka famelankeloka amin'i Allah ianareo? Angamba mba hahazo famindram-po ianareo.

47- Niteny izy ireo hoe: izahay dia mahita anao sy ireo izay miaraka aminao,ho mpitondra loza. Niteny izy hoe: ny anjaranareo dia miankina amin'i Allah. Nefa ianareo dia vahoaka mandalo fitsapana tokoa.

48- Ary nisy andian'olona sivy (9) tao antanana , izay mpanao asa fanimbana teto an-tany,ary tsy mba manao asa fanatsarana mihitsy.
49- Niteny izy ireo hoe: mianiana amin'i Allah izahay,fa tena hanafika azy sy ny fianakaviany amin'ny alina. Avy eo,dia hiteny tokoa izahay amin'izay homena andraikitra ny hamalifaty azy hoe: izahay dia tsy nahita ny famonoana ny fianakaviany, ary izahay dia olona mpilaza ny marina .
50- Nanao tetik'ady izy ireo,dia nanao tetik'ady ihany koa izahay,nefa izy ireo dia tsy mahatsapa izany.
51- Koa jereo ary ahoana no fiafaran'ny tetik'adin'izy ireo: naringanay avokoa izy ireo sy ny vahoakany rehetra.
52- Indro ary fa ny tranon'izy ireo dia foana noho ny fanaovan'izy ireo ny tsy rariny. Marina fa amin'izany dia tena misy famantarana ho an'ny vahoaka izay mahafantatra.
53- Ary navotanay ireo izay nino sy nanam-pahatahorana .
54- Ary ampahatsiahivo azy ireo momba an'i Lota, raha niteny tamin'ny vahoakany izy hoe: nirona amin'ny asa vetaveta ve ianareo,nefa ianareo dia mahita izany mazava tsara ?
55- Ianareo dia tena mandeha amin'ireny lehilahy ireny mba hakanareo fahafinaretana ankoatran'ireo vehivavy,ianareo dia vahoaka tena anatin'ny habadoana tokoa.
56- Tsy inona no valin-tenin'ny vahoakany afa-tsy ny niteny hoe : "Roahy hiala amin'ny tanànanareo ny fianakavian'i Lota! Satria izy ireo dia olona tia manadio tena".

57- Dia navotanay izy sy ny fianakaviany, afa-tsy ny vadiny izay efa nalahatray ho anisan'ireo voaringana.

58- Ary narotsakay tamin'izy ireo ny orana (oram-bato). Tena ratsy tokoa ny orana nahazo an'ireo izay nampitandremana!

59- Teneno (ry Mohammad) hoe: "Dera anie ho an'i Allah, ary fiadanana anie ho amin'ireo mpanompony izay nosafidiany!" Moa ve i Allah no Mendrika indrindra sa ireo izay akamban'izy ireo Aminy?
60- Moa ve tsy Izy no nahary ireo lanitra sy ny tany, ary nampidina ny rano avy any an-danitra ho anareo, ka nampitsirianay avy amin'ny alàlan'izany ireo zaridaina maro mahafinaritra. Tsy nanana fahefana mihitsy ianareo hampitsiry ireo hazony. Ka moa ve misy zanahary hafa miaraka amin'i Allah? Tsia, nefa izy ireo dia vahoaka mampitovy Azy amin'ny hafa.

61- Moa ve tsy Izy no nanao ny tany ho toeram-ponenana, sy nametraka renirano maro eo anelanelan'izany, nampihisy tendrombohitra mafy (mafy orina) maro eo aminy, ary nametraka fefy eo anelanelan'ny ranomasina roa, moa ve misy zanahary hafa miaraka amin'i Allah? Tsia!… Nefa ny ankamaroan'izy ireo dia tsy mahalala mihitsy!

62- Moa ve tsy Izy no mamaly ny tra-pahasahiranana raha miantso Azy, sy manala ny ratsy, ary manao anareo ho taranaka mifandimby eto an-tany, moa ve misy

zanahary hafa miaraka amin'i Allah? Zara fa mahatsiaro ianareo! (kely dia kely no ahatsiarovanareo/vitsy dia vitsy no mahatsiaro aminareo)

63- Moa ve tsy Izy no mitari-dàlana anareo ao amin'ny haizin'ny tany sy ny ranomasina, ary iza no mandefa ireo rivotra, ho vaovao mahafaly mialohan'ny Famindram-pony (ranon'orana). Moa ve misy zanahary hafa miaraka amin'i Allah? Ambony Lavitra i Allah manoloana izay akamban'izy ireo Aminy.

64- Moa ve tsy Izy no manomboka ny fahariana (fanamboarana), avy eo dia mamerina izany indray, ary iza no manome anareo anjaram-pivelomana avy any an-danitra sy eto an-tany. Moa ve misy zanahary hafa miaraka amin'i Allah? Teneno hoe: "Omeo ny porofonareo raha marina ny anareo ?"

65- Teneno hoe: "Tsy misy mahalala ny miafina, izay rehetra any amin'ireo lanitra sy ny eto an-tany, afa-tsy Allah". Ary tsy fantatry izy ireo raha oviana no hananganana azy ireo (amin'ny maty).

66- Nefa feno tanteraka ny fahalalan'izy ireo momba ny fiainana any Ankoatra, kanefa izy ireo dia mbola miahiahy ihany ny amin'izany . Na mbola jamba amin'izany izy ireo.

67- Ary niteny ireo izay tsy nino hoe : "Moa ve rehefa lasa vovoka izahay sy ireo razambenay, dia mbola havoaka indray mandeha (avy ao am-pasana)?

68- Na dia izany aza, efa nampanantenaina izany izahay sy ireo razambenay teo aloha. Tsy inona ary izany fa anganon'ireo ntaolo.

69- Teneno (ry Mohammad): Mandehana mitety ny tany ianareo ka jerenareo fa ahoana ny fiafaran'ireo mpanao heloka bevava.
70- Ary aoka ianao tsy halahelo amin'izay ataon'izy ireo, ary aoka ihany koa ianao tsy hitebiteby noho ny tetika izay ataon'izy ireo.

71- Ary niteny izy ireo hoe: "Raha oviana izany fampanantenana izany raha mpilaza ny marina tokoa ianareo?"

72- Teneno hoe: "Raha ny ampahany amin'izay tadiavinareo ho hafainganina,dia tonga dia tsy maintsy hanaraka anareo".

73- Marina fa ny Tomponao no tompom-pahasoavana amin'olombelona, kanefa ny ankamaroan'izy ireo dia tsy mahalala mankasitraka.

74- Ary marina fa ny Tomponao,dia tena mahalala izay afenin'ny tratran'izy ireo sy izay ahariharin'izy ireo.
75- Ary tsy misy zava-miafina any an-danitra sy eto an-tany ka tsy voarakitra ao anatin'ny Boky mazava.
76- Marina,fa ity Kor'any ity dia mitantara mahakasika ireo zanak'Israely amin'ny ankamaroan'ireo zavatra izay mampifanolana azy ireo.
77- Ary hamafisina,fa izany dia tari-dàlana sy famindram-po ho an'ireo mpino.

78- Marina fa ny Tomponao dia hitsara eo amin'izy ireo araka ny lalànany, ary Izy ilay Mahery sy ilay Mahalala ny zava-drehetra.

79- Ary ankino amin'i Allah ny fitokisanao, satria ianao tokoa dia ao anatin'ny fahamarinana miharihary.
80- Ary hamafisina,fa ianao dia tena tsy afaka hampandre ireo maty ary tsy afaka ihany koa hampandre ireo marenina raha mitodi-damosina izy ireo (mandositra).
81- Ary tsy afaka mihitsy hitari-dàlana ireo jamba amin'ny fahaverezany ianao. Ary tsy afaka hampandre ianao afa-tsy ireo izay mino an'ireo fanambaranay sady manolo-tena tanteraka ho amin'izany (manaiky tanteraka).
82- Ary rehefa mihatra amin'izy ireo ny teny, dia havoakanay hiteny amin'izy ireo ny biby iray lehibe avy amin'ny tany,ka hanao hoe:"Marina fa ny olombelona dia tsy mahatoky tanteraka ireo fanambarananay".
83- Ary amin'ny andro izay hamorianay avy amin'ny vahoaka, ireo andian'olona izay nilaza fa ho lainga ny fanambaranay ,dia halahatra tokoa izy ireo.

84- Avy eo, rehefa tonga izy ireo dia hiteny (i Allah) hoe: "Moa ve nilaza ireo fanambarako ho lainga ianareo, nefa tsy nanana fahalalana momba izany akory ianareo? Na koa, inona àry no nataonareo?"
85- Ary hihatra amin'izy ireo ny Teny (sazy) noho ny tsy rariny izay nataon'izy ireo. Ka tsy afaka hiteny na inona na inona intsony izy ireo.
86- Moa ve tsy hitan'izy ireo tokoa fa Izahay no nanao ny alina mba hahazoan'izy ireo fialan-tsasatra, ary ny andro mba hahafahana mijery? Tena marina,fa ao anatin'izany dia misy porofo maro ho an'ireo vahoaka izay mino.

87- Ary amin'ny andro izay hitsofana ny Trompetra (Anjomara), dia hatahotra daholo izay rehetra any amin'ireo lanitra sy ny eto an-tany afa-tsy ireo izay sitrak'i Allah! Ary ny rehetra dia ho tonga eo Aminy amim-panetren-tena.
88- Ary hahita ireo tendrombohitra ianao, heverinao fa tsy mihetsika izy ireo nefa dia mandeha tahaka ny fandehanan'ny rahona izy ireo. Asan'i Allah no nanao ny zava-drehetra amin'ny endrika tonga lafatra izany. Marina tokoa fa Izy Ilay Mahalala tanteraka izay rehetra ataonareo!
89- Na iza na iza no tonga miaraka amin'ny asa soa, dia hahazo tsaratsara kokoa noho izany izy, ary amin'izany andro izany, dia ho voaro amin'ny tahotra izy ireo.

90- Ary na iza na iza no tonga miaraka amin’ny asa ratsy… dia ho aondrika (avadika) ao anatin’ny afo ny tarehin’izy ireo, Moa ve tsy ho valiana ianareo afa-tsy amin’ny asa izay nataonareo ihany?

91- “Tsy nodidiana aho afa-tsy hanompo Ilay Tompon’ity Tanàna ity (Makkah) izay nohamasininy; ary Azy (Allah) ny zava-drehetra, ary nodidiana aho mba ho anisan’ireo mpanolo-tena (ho an’i Allah /ho mpino Silamo).

92- Ary ny hamakiako ny Kor’any”, Ka na iza na iza mizotra amin’ny làlana mahitsy dia nanitsy ny tenany ihany. Ary na iza na iza no nanary ny tenany kosa,dia teneno hoe:” Izaho dia tsy inona,fa anisan’ireo mpampitandrina ihany”.

93- Ary mitenena ianao ( ry Mohammad) hoe:”Dera enga anie ho an’i Allah! Fa hampahitany ireo famatarany ianareo, ka ho fantatrareo tokoa izany”. Ary ny Tomponao dia tsy mba variana akory amin’izay ataonareo.

## TOKO:28
## SORATRA: IREO TANTARA
## (AL-KASWASY)
## ANDININY:88
## NIDINA TAO MAKKAH

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be Indrafo,Ilay be Fiantrana

1- **Twa,Sin, Mim.**

2- Indroireo andian-tenin'ilay Boky mazava.

3- Hovakinay aminao amim-pahamarinana, ny ampahan'ny tantaran'i Mosa sy i Faraona, ho an'ireo vahoaka izay mino.

4- Tena marina fa i Faraona dia nanambony tena teto an-tany; ary nozarazarainy ny mponina tao aminy, mba hahafahany manararaotra ny fahalemen'ny ampahany iray amin'izy ireo; tapahiny ny vozon'ny zanakalahin'izy ireo, ary avelany ho velona kosa ireo vehivavin'izy ireo. Marina fa izy dia anisan'ireo mpanao asa fanimbàna.

5- Nefa izahay dia mila hanome tombony ho an'ireo izay nohalemena teto an-tany, ka hataonay ho mpitarika izy ireo, sy hataonay ho mpandova.

6- Ary ho manam-pahefana izy ireo eto an-tany, ary hasehonay amin'i Faraona, amin'i Hamàna ary amin'ny miaramilan'izy roa, amin'ny alalan'izy ireo (zanak'Israely), izay natahoran'izy ireo.

7- Ary nandefasanay hafatra ny renin'i Mosa hoe: "Ampinonoy izy. Ary raha matahotra ny aminy ianao, dia alatsaho anatin'ny renirano izy. Ary aza matahotra ary aza malahelo ianao; tena marina fa Izahay dia hamerina azy eo aminao, ary hanao azy ho anisan'ireo Iraka".

8- Ary noraisin'ireo fianakavian'i Faraona izy, mba ho lasa fahavalo sy (ho loharanon'ny) alahelo ho azy ireo! Marina fa i Faraona, Hamàna ary ireo miaramilany dia nanam-pahadisoana.

9- Ary niteny ny vadin'ny Faraona hoe: "(Ity zaza ity) dia fahafinaretan'ny masoko sy ny anao! Aza vonoinareo izy. Angamba hitondra vokatsoa ho antsika na ho raisintsika ho zanaka izy". Ary tsy nahatsapa na inona na inona izy ireo.

10- Lasa babangoana ny fòn'ny renin'i Mosa, saika hahariharininy avokoa ny momba azy, raha tsy nohamafisinay ny fòny, mba ho anisan'ireo mpino izy.

11- Ary niteny tamin'ny anabavin'(i Mosa) izy (renin'i Mosa) hoe: "Araho izy"; ka tazany avy lavitra izy, nefa izy ireo dia tsy mahatsapa akory.

12- Ary noraranay taminy hatreto (ny nonon') ireo mpampinono. Dia niteny izy (anabavin'i Mosa) hoe: "Moa ve sitrakareo ny hanoroako anareo ny fianakavian'ny trano iray, izay afaka hiandraikitra azy ho anareo sady hanoro hevitra tsara ho azy?"

13- Ary dia naverinay tany amin'ny reniny izy, mba hamalifaly ny masony, sy tsy hampalahelo azy, ary mba hahafantarany fa ny fampanantenan'i Allah dia marina tokoa. Nefa ny ankamaron'izy ireo dia tsy mahafantatra.

14- Ary rehefa tonga tamin'ny fahamatoran-tsainy sy nahatratra ny fahafenoana ara-batana izy, dia nomenay fahafahana mitsara sy fahalalàna izy. Ary tahaka izany no hanomezanay valisoa ireo mpanao tsara.

15- Ary niditra tao amin'ny tanàna izy tamin'ny fotoana nahavariana ny mponina tao aminy, ka nahita lehilahy roa izay niady tao izy, ny iray dia avy amin'ny andaniny mpomba azy, ary ny iray faharoa dia avy amin'ireo fahavalony. Niantso vonjy taminy ilay lehilahy avy amin'ny andaniny mpomba azy mba hanohitra ilay avy amin'ny fahavalony. Ka nomen'i Mosa totohondry izay nahafaty azy izy. Niteny izy (Mosa) hoe: "Izany dia asan'ny satana. Tena marina fa izy dia fahavalo, mpanary miharihary".

16- Niteny izy hoe: "Tompo ô! Tena marina fa izaho dia nanao hadisoana tamin'ny tenako ihany; ka mamelà ahy Ianao". Dia namela azy Izy. Tena marina fa izy no Ilay be Famelan-keloka, ilay be Indrafo.

17- Niteny izy hoe: "Tompo ô! Noho ny fahasoavana natobakao tamiko, dia tsy hanohana ireo mpanao heloka be vava intsony aho".

18- Ny ampitso maraina, dia lasa natahotra izy tao an-tanàna sy mijerijery ny manodidina azy. Ka indro indray ilay nangataka vonjy taminy omaly, nikiakiaka niantso azy. Niteny taminy i Mosa hoe: "Marina fa ianao dia tena very tokoa".

223

19- Ary rehefa mila hamely ilay fahavalo iombonan'izy roa lahy izy, dia niteny izy hoe: "Ô ry Mosa! Mitady hamono ahy ve ianao tahaka ny namonoanao olona tamin'ny omaly? Tsy mitady afa-tsy ho mpanao herisetra eto an-tany ianao, ary tsy mitady ho anisan'ireo mpanatsara".

20- Ary (tamin'izany) dia indro tonga am-pihazakazahana ny lehilahy anankiray avy amin'ny faran'ny tanàna, ka niteny hoe: "Ô ry Mosa! Ireoloholona dia eo am-pikaonan-doha mifandinika momba ny hamonoan'izy ireo anao. Ka mivoàha (miala ny tanàna) ianao! Izaho dia anisan'ireo mpanoro hevitra anao".

21- Ka nivoaka niala tao izy, amim-patahorana, sady mijerijery ny manodidina azy. Niteny izy hoe: "Tompo ô! Vonjeo aho amin'ny vahoaka mpanao ny tsy rariny".

22- Ary rehefa nizotra nankany Madiàna izy, dia niteny hoe: "Angamba ny Tompoko hitari-dàlana ahy amin'ny làlana mahitsy".

23- Ary rehefa tonga teo amin'ny toerana misy rano tao Madiàna izy, dia nahit 213 ona izay mampisotro rano (ny biby fiompin'izy ireo), ary nahita koa izy, vehivavy anankiroa somary mihataka lavidavitra kely, izay mitazona (ireo biby fiompiny). Niteny izy (Mosa) hoe: "Inona no tadiavinareo?". Niteny izy roa namaly hoe: "Tsy hampisotro rano mihitsy izahay raha tsy efa lasa daholo ireo mpiandry ondry; ary ny rainay dia tena efa antitra".

24- Nampisotroiny (ireo biby fiompin') izy roa, avy eo dia niverina nankany amin'ny aloka izy sady niteny hoe: "Tompo ô! Tena ilaiko tokoa ny fahasoavana izay hampidininao amiko".

25- Avy eo dia tonga taminy ny iray tamin'ireo vehivavy anankiroa, mamindra amim-pahamaotinana, ka niteny taminy hoe: "Tena miantso anao ny raiko mba hanomezany anao valisoa tamin'ny fampisotroanao anay (ho an'ireo biby fiompinay)". Ary rehefa tonga

teo anatrehany izy; ka notantarainy taminy ny tantara, dia niteny izy (ilay anti-dahy) hoe: “Aza matahotra fa avotra tamin’ireo vahoaka mpanao ny tsy rariny ianao”.

26- Niteny ny anankiray tamin’izy roa (vavy) hoe: “Ry dada ô! Ampiasao handray karama izy, satria ny tena tsara amin’izay hampiasainao ho karamaina dia ilay matanjaka sy mendri-pitokisana”.

27- Niteny izy (ilay anti-dahy) hoe: “Izaho dia te-hampanambady anao ny iray amin’ireo zanako vavy roa ireo, raha toa ka vonona ianao hiasa amiko mandritra ny valo taona. Raha fenoinao folo (taona) kosa izany dia miankina aminao ihany, na dia izany aza dia tsy mitady izay hampanahirana anao aho. Ka ho hitanao aho, raha sitrak’i Allah, fa anisan’ireo olona tsara.”

28- Niteny izy (Mosa) hoe: “Izany dia (fifanarahana) eo amiko sy ianao. Ka na inona na inona tanterahiko amin’ireo fe-potoana anankiroa ireo, dia tsy misy fanerena azo atao amiko. Ary Allah no Mpiantoka amin’izay rehetra tenenintsika”.

29- Koa rehefa nahatanteraka ny fe-potoana nifanarahana i Mosa, ary lasa nandeha niaraka tamin’ny fianakaviany izy, dia nahatazana afo izy tamin’ny sisin’ilay tendrombohitra. Niteny izy tamin’ny fianakaviany hoe: “Mipetraha eto ianareo. Izaho dia nahita afo. Angamba hitondra vaovao ho anareo aho avy amin’izany, na tapa-porohan’afo mba hahafahanareo manafana tena”.

30- Ka rehefa tonga teny aminy izy, dia voaantso izy, avy eo amin’ny sisin’ny lohasaha havanana, amin’ilay toerana feno fahasoavana, tamin’ilay hazo hoe: “Ô ry Mosa! Tena marina fa Izaho no Allah, Tompon’izao tontolo izao.

31- Ary atsipazo ny tehinao”; ary rehefa hitany nihetsiketsika toy ny biby lava izany, dia nitodi-damosina (nandositra) izy sady tsy nitoditodika. “Ôry Mosa! Manatòna ianao ary aza matahotra, fa ianao dia tena anisan’ny voaaro”.

32- “Ampidiro amin’ny vakin’ny lambanao avy eo amin’ny tratra ny tànanao: hivoaka ho fotsy tsy misy aretina izany. Ary fihino mafy amin’ny tenanao ny tànanao mba tsy hatahotra ianao. Izy roa ireo dia porofo avy amin’ny Tomponao ho (entina) any amin’i Faraona sy ireo loholony. Marina fa izy ireo dia vahoaka mpanao asa ratsy”.

33- Niteny izy (Mosa) hoe: “Tompo ô! Izaho dia namono olona iray tamin’izy ireo, koa matahotra sao dia vonoin’Izy ireo aho.

224

34- Fa i Harona rahalahiko dia mahay mandaha-teny kokoa noho izaho. Koa alefaso izy miaraka amiko ho mpanampy, hanamarina ny teniko, tena matahotra tokoa aho sao hataon’izy ireo ho mpandainga”.

35- Niteny Izy (Allah) hoe: “Hamafisinay àry ny sandrinao amin’ny alàlan’ny rahalahinao, ary omenay fahefana ianareo roa, ka tsy hahakasika anareo izy ireo. Noho ny famantarana (fahagagana) avy aminay, dia ianareo roa sy izay manaraka anareo no ho mpandresy”.

36- Rehefa tonga tamin’izy ireo i Mosa niaraka tamin’ireo famantaranay mazava, dia niteny izy ireo hoe: “Tsy inona ity afa-tsy majika noforonina. Ary tsy mbola naheno an’izao izahay tamin’ireo razambenay teo aloha”.

37- Ary niteny i Mosa hoe: “Ny Tompoko no tena mahalala izay tonga miaraka amin’ny tari-dàlana avy Aminy, ary ho an’iza ny fonenana farany. Marina fa tsy hahita fahombiazana ireo mpanao ny tsy rariny”.

38- Ary niteny Faraona hoe: “Ôry Ioholona! Tsy mahafantatra zanahary hafa ho anareo ankoatra ny tenako aho. Ô ry Hamana! Hamelomy afo ambonin’ny tany manga aho, avy eo dia hanoreno tilikambo aho, angamba hiakatra aho hatrany amin’ny Zanaharin’i Mosa, ary tena mihevitra aho fa izy dia anisan’ireo mpandainga”.

39- Ary nanambony tena izy sy ny miaramilany teto ambonin’ny tany, tsy amim-pahamarinana. Ary nihevitra tokoa izy ireo fa tsy haverina aty aminay.

40- Ka noraisinay izy sy ny miaramilany, ary natsipinay tao anatin’ny ranomasina. Jereo àry fa ahoana no fiafaran’ireo mpanao ny tsy rariny.

41- Ary nataonay ho mpitarika miantso mankany amin’ny Afobe izy ireo. Ary amin’ny andron’ny fitsanganana (amin’ny maty) dia tsy havotana izy ireo.

42- Ary nampanarahanay azy ireo, ny ozona eto an-tany. Ary amin’ny andron’ny fitsanganana (amin’ny maty), izy ireo dia ho anisan’ny ratsy indrindra.

43- Ary efa nomenay an’i Mosa ny boky, taorian’ny nandringananay ireo taranaka taloha, ho porofo hita maso ho an’ireo olona, sy ho tari-dàlana ary ho famindram-pò. Angamba hahatsiaro izy ireo.

44- Tsy teo amin’ny ilany andrefan’ (ny tendrombohitra Sinay) ianao (ry Mohammad), rehefa namoaka ny didy tamin’i Mosa Izahay, ary tsy anisan’ireo vavolombelona ianao.

45- Kanefa, tena marina fa nahary taranaka maro Izahay, izay nihalava tamin’izy ireo ny taona niainany (tsy misy Iraka). Ary ianao dia tsy anisan’ireo niara-monina tamin’ny vahoakan’i Madiàna ka namaky ny fanambaranay tamin’izy ireo; nefa Izahay no nandefa ireo Iraka.

46- Ary ianao dia tsy teo amin’ny ilan’ny tendrombohitra (Toro) raha niantso izahay. Fa (tonga ianao) ho famindram-pò avy amin’ny Tomponao, mba hampitandrina ny vahoaka izay tsy nisy Mpampitandrina talohanao tonga tamin’ny izy ireo, angamba hahatsiaro izy ireo.

47- Fa raha misy fahoriana manjò azy ireo noho ny vokatr’izay nataon’ny tànany dia hiteny izy ireo hoe: “Tomponay ô! Nahoana no tsy mba nandefa Iraka taminay Ianao? Mba ho nanarahanay ireo Fanambaranao, ka ho anisan’ireo mpino izahay”.

48- Ary rehefa tonga tamin’izy ireo ny fahamarinana avy Aminay, dia niteny izy ireo hoe: “Raha mba nomena mitovy amin’izay nomena an’i Mosa izy…” Moa tsy nitsipaka izay nomena an’i Mosa teo aloha ve izy ireo? Niteny izy ireo hoe: “Majika anankiroa (Thorà sy Kor’àny) no nifanohana!”. Ary niteny izy ireo hoe: “Izahay dia tsy mino na dia iray aza amin’izy ireo”.

49- Teneno hoe: “Mitondrà ianareo boky iray avy amin’i Allah izay tari-dàlana mendrika kokoa noho izy roa ireo, ka hanaraka izany aho raha marina ny anareo”.

50- Fa raha tsy mamaly anao izy ireo, dia fantaro àry fa ny sitrapon’izy ireo ihany no arahin’izy ireo. Ary iza koa no very làlana mihoatra izay manaraka ny sitrapòny nefa tsy misy tari-dàlana avy amin’i Allah? Marina fa Allah dia tsy mitari-dàlana ny vahoaka mpanao ny tsy rariny.

51- Ary efa novelabelarinay tamin’izy ireo ny teny (Kor’àny), angamba izy ireo h 225

52- Ireo izay nomenay ny Boky, talohan’ny (Kor’àny), izy ireo dia mino azy.

53- Ary raha vakiana amin'izy ireo ny (Kor'àny), dia miteny izy ireo hoe: "Mino an'izany tanteraka izahay, tena marina fa izy io dia avy amin'ny Tomponay, ary izahay talohan'ny nahatongavany dia efa nanaiky (an'i Allah)".

54- Izy ireny dia hotolorana ny valisoany in-droa miantoana noho ny faharetan'izy ireo, ary mamaly ny ratsy amin'ny alalan'ny tsara izy ireo, ary manao ny asa fandaniana amin'izay nomenay azy, izy ireo.

55- Ary rehefa maheno ny zava-tsinontsinona izy ireo, dia mitodi-damosina, ka miteny hoe: "Ho anay ny asanay, ary ho anareo ny asanareo. Fiadanana anie ho anareo! Ary tsy mitady ireo bado izahay".

56- Tena marina fa ianao (ry Mohammad) dia tsy afaka hitari-dàlana izay tianao, fa Allah kosa no mitari-dàlana izay sitrany, ary Izy no tena mahafantatra ireo izay (ho) voatari-dàlana.

57- Ary niteny izy ireo hoe: "Raha manaraka ny tari-dàlana tsara miaraka aminao izahay, dia ho esorina amin'ny taninay". Moa tsy napetrakay tamin'ny tany masina, azo antoka ve izy ireo, izay hitondràna ny vokatra isan-karazany ho anjara fanomezana avy aty Aminay? Fa ny ankamaroan'izy ireo dia tsy mahafantatra.

58- Ary firifiry moa ny tanàna narendrikay izay tsy nahay nankasitraka tamin'ny fiainany (nefa ny mponina tao aminy dia niaina tamin'ny fahampiana), fa indro ny toeram-ponenan'izy ireo, tsy nisy nipetraka[99] afa-tsy vitsy kely ihany taorian'izy ireo, ary Izahay tokoa no tena Mpandova.

59- Ary ny Tomponao dia tsy mandringana ireo tanàna mandra-pandefasany Iraka ao amin'ny renivohiny, mba hitory ireo fanambaranay amin'izy ireo. Ary Izahay dia tsy mandringana ireo tanàna raha tsy ny vahoaka ao aminy no mpanao ny tsy rariny.

60- Ary izay zavatra nomena anareo dia fahafinaretana eto amin'ny fiainana an- tany (mandalo) ihany sy haingony, fa izay eo amin'i Allah kosa no mendrika indrindra no sady maharitra! Moa ve tsy misaina ianareo?

61- Moa ve izay nomenay fampanantenana tsara ka hahita ny fahatanterahan'izany, dia mitovy amin'izay nomenay fahafinaretana amin'ny fiainana eto an-tany? Avy eo amin'ny Andro Fitsanganana,dia ho anisan'ireo izay hiseho fitsarana izy?

62- Ary amin'ny andro izay hiantsoany (Allah) azy ireo, ka hiteny Izy hoe: "Aiza ireo mpiara-miombon'antoka Amiko (izay noheverinareohanavotra sy hanelanelana ho anareo)?"

63- Niteny ireo izay niharan'ny fitenenana hoe: "Tomponay ô! Ireny (ny vahoaka) izay noverezinay, noverezinay izy ireo tahaka ny nahavery anay ihany koa. Mitsipaka (azy ireo) eo anatrehanao izahay. Tsy izahay no notompoin'izy ireo".

64- Ary hotenenina (izy ireo) hoe: "Antsoy ireo mpiara-miombon'antoka taminareo!" Ka hiantso azy ireo, izy ireo, nefa tsy hamaly azy ireo, izy ireo. Rehefa hahita ny sazy izy ireo, dia ho naniry ny nanaraka ny tari-dàlana (tamin'ny fiainana an-tany) izy ireo!

65- Ary amin'ny andro izay hiantsoany azy ireo, ka hiteny Izy (Allah) hoe: "Inona no navalinareo ireo Iraka?"

---

[99]"tsy nisy nipetraka": na koa hoe: "tsy misy azo nipetrahana".

66- Ka hifamahofaho amin'izy ireo ny vaovao (porofo) amin'izany andro izany, ka tsy hifampanontany intsony izy ireo.

67- Nefa ireo izay nibebaka sy nino ary nanao ny tsara, dia angamba ho anisan'ireo hahazo fahombiazana.

68- Ary ny Tomponao dia mahary izay sitrany sy misafidy; fa tsy anjaran'izy ireo mihitsy no misafidy. Voninahitra anie ho an'i Allah! Ary Ambony lavitra noho izay atambatr'izy ireo Aminy Izy!

69- Ary ny Tomponao dia mahafantatra izay afenin'ny tratran'izy ireo sy izay abaribariny.

70- Ary Izy no Allah! Tsy misy zanahary hafa afa-tsy Izy ihany. Azy ny fideràna ety an-tany sy any an-koatra. Azy ny fitsarana ary any Aminy no hamerenana anareo.

226

71- Teneno hoe: "Hitanareo ve raha nataon'i Allah maharitra aminareo ny alina hatramin'ny Andro Fitsanganana, iza no zanahary ankoatra an'i Allah afaka hitondra hazavana ho anareo? Moa ve tsy maheno ianareo?

72- Teneno hoe: "Hitanareo ve raha nataon'i Allah maharitra aminareo ny andro hatramin'ny Andro Fitsanganana, iza no zanahary ankoatra an'i Allah afaka hitondra ho anareo ny alina izay mba hialanareo sasatra? Moa ve tsy mahita ianareo?

73- Ary noho ny famindram-pòny dia nataony ho anareo ny alina sy ny andro mba hialanareo sasatra sy hitadiavanareo ny fahasoavany, ary angamba hankasitraka ianareo.

74- Ary amin'ny andro izay hiantsoany (Allah) azy ireo, ka hiteny Izy hoe: "Aiza ireo mpiara-miombon'antoka Amiko (izay noheverinareo hanavotra sy hanelanelana ho anareo)?"

75- Ary hamoaka vavolombelona isaka ny vahoaka izahay, ka hiteny izahay hoe: "Ento atỳ ny porofonareo!". Ka ho fantatr'izy ireo fa ny fahamarinana dia an'i Allah; ary handao azy ireo, izay noforonin'izy ireo.

76- Tena marina fa i Karona dia isan'ny vahoakan'i Mosa, nefa nihoa-pefy tamin'izy ireo izy. Ary nomenay harena sarobidy izy, ka ireo fanalahidin'izany dia tena mavesatra amin'ireo andian'olona matanjaka. Niteny taminy ny vahoakany hoe: "Aza mifaly mihitsy ianao. Tena marina fa Allah dia tsy tia ireo mientanentan-kafaliana.

77- Ary tadiavo amin'ny alalan'izay nomen'i Allah anao, ny fonenana any an-koatra. Ary aoka ianao tsy hanadino ny anjaranao eto an-tany. Ary manaova ny tsara ianao tahaka ny nanaovan'i Allah ny tsara teo aminao. Ary aza mitady hanao fanimbàna ety ambonin'ny tany ianao. Tena marina fa Allah dia tsy tia ireo mpanao asa fanimbàna".

78- Niteny izy hoe: "Tena marina fa nomena ahy izao, noho ny fahalalàna izay ananako". Moa ve tsy fantany fa Allah dia efa nandringana taranaka maro teo alohany, izay matanjaka mihoatra azy amin'ny herim-batana sy manana mihoatra azy amin'ny harena? Ary tsy hanontaniana ireo mpanao heloka be vava momba ny fahotan'izy ireo.

79- Ka nivoaka teo anatrehan'ny vahoakany izy miaraka amin'ny haingony rehetra. Niteny ireo izay tia ny fiainana eto an-tany hoe: "Indrisy! Raha mba nanana mitovy amin'izay nomena an'i Karona izahay. Izy dia tena nanana harena nampitolagaga".

80- Ary niteny ireo izay nomena fahalalana hoe: "Loza ho anareo! Ny valisoan'i Allah no tena mendrika ho an'izay mino sy manao asa soa". Nefa tsy hahazo an'izany afa-tsy ireo manam-paharetana.

81- Ka nataonay nitelina azy àry ny tany, izy sy ny tranony. Ary tsy nisy vondron'olona na dia iray aza, ankoatra an'i Allah, no afaka nanavotra azy, ary tsy anisan'ireo afaka nanavotra ny tenany izy.

82- Ka ireo izay naniry ny toerany (Karona) omaly dia lasa niteny hoe: "Ha! Tena marina fa Allah dia nanome an-kalalahana ny anjara amin'izay sitrany amin'ireo mpanompony, sy mametra (izany). Raha tsy Allah no efa nanao soa anay, dia ho nalentiny tokoa izahay. Ha! Marina tokoa fa tsy mba mahazo fahombiazana ireo tsy mpino.

83- Ny fiainana any an-koatra, dia nataonay ho an'ireo izay tsy mitady fahamboniana eto an-tany, sy tsy manao asa fanimbana. Ary ny fiafarana sambatra dia ho an'ireo izay manam-patahorana.

84- Na iza na iza tonga miaraka amin'ny asa soa, dia hahazo tsara kokoa mihoatra izany izy; ary na iza na iza kosa tonga miaraka amin'ny asa ratsy, dia tsy hahazo valiny afa-tsy araka izay nataon'izy ireo ihany.

85- Tena marina fa Ilay nandidy taminao ny Kor'àny dia tena hamerina anao amin'ny toerana (izay irinao) hiverenana[100]. Teneno hoe: "Ny Tompoko no tena mahalala izay tonga miaraka amin'ny tari-dàlana sy izay ao anatin'ny fahaverezana mibaribary".

227

86- Ary tsy nanantena mihitsy ianao fa ny Boky (Kor'any) dia halefa aminao; raha tsy noho ny famindram-pò avy amin'ny Tomponao. Ka aoka àry ianao tsy ho mpanohana mihitsy ho an'ireo tsy mpino.

87- Ary aoka tsy hanakana anao izy ireo amin'ireo fanambaran'i Allah rehefa nampidinina taminao izany. Ary miantsoa (ny vahoaka) mankany amin'ny Tomponao ianao, ary aoka ianao tsy ho anisan'ireo mpanompo sampy mihitsy.

88- Ary aza miantso zanahary hafa miaraka amin'i Allah mihitsy ianao.Tsy misy zanahary hafa afa-tsy Izy ihany. Ny zava-drehetra dia ho ringana afa-tsy ny Tavany (Tavan'i Allah) ihany. Azy ny fitsaràna, ary any Aminy no hamerenana ianareo.

[100] Hiverenana: ao Makka, na koa any amin'ny Paradisa.

**TOKO:29**
**SORATRA: NY HALA**
**(AL-ANKABOTY)**
**ANDININY:69**

**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin'ny anaran'i Allah,Ilay be indrafo,Ilay be fiantrana

1- Alif, Lam,Mìm.

2- Moa ve mihevitra ny olombelona fa havela fotsiny izy ireo hiteny hoe: "Mino izahay!", nefa tsy hotsapaina izy ireo?

3- Ary efa notsapainay tokoa ireo izay talohan'izy ireo; ka tena fantatr' i Allah ireo izay milaza ny marina, ary tena fantany ihany koa ireo mpandainga.

4- Na koa mihevitra ve ireo izay manao ny asa ratsy,fa afaka handositra Anay?Ratsy tokoa ny fitsaràn'izy ireo!

5- Na iza na izamanantena ny fihaonana amin'i Allah,dia ho tonga tokoany fe-potoana izay notondroin'i Allah. Ary Izy no Ilay Maheno sy Mahalala ny zava-drehetra.

6- Ary na iza na izamanao fiezahana (Jihady), dia tena marina famanao fiezahana ho an'ny tenany ihany izy. Satria Allah dia ampy ho an'ny Tenany, ka tsy misy ilàny azy izao tontolo izao.

7- Fa ireo izay mino sy manao ireo asa soa kosa, dia ho fafànay ny asa ratsin'izy ireo, ary tenahomenay valisoa mendrika kokoa noho izay nataon'izy ireo.

8- Ary nandidyny olombelona mba hanao ny tsara amin'ireo ray aman-dreniny Izahay, fa raha manery anaoizy ireo hampitambatra Ahy amin'ny hafa, izay tsy anananao fahalalàna mihitsy ny momba izany, dia aza mankatò azy ireo ianao. Ary mankatỳ Amiko no fiverenanareo, ka holazaiko aminareo izay nataonareo.

9- Fa ireo izay mino sy manao ireo asa soa,diatena hampidirinay ho isan'ireo olon-kendry izy ireo.

10- Misy amin'ireo olona no miteny hoe: "Mino an'i Allah izahay"; avy eo, raha ampijaliana noho ny anton'i Allah izy; diamihevitra ny fitsapana ataon'ny olombelona ho toy nyfamaizan'i Allahizy. Ary raha misy famonjena avy amin'ny Tomponao, dia tena hiteny izy ireo hoe: "Tena marina fa izahay dia miaraka aminareo!" Moa ve tsy Allah no tena mahafantatra indrindra izay rehetra ao am-pòn'izao tontolo izao?

11- AryAllah dia tena mahafantatra tokoa ireo izay mino,ary tena mahafantatra koa ireo mpihatsaravelatsihy.

12- Ary miteny ireo izay tsy mino amin'ireo izay mino hoe: "Arahonareo ny làlanay,fatena hitondra ny vesatry ny fahadisoanareoizahay". Nefa tsy hitondra ny vesatry ny fahadisoan'izy ireoakoryizy ireo na dia kely aza. Tena marina fa izy ireo dia tena mpandainga.

13- Ary tena hitondra ireo vesatry ny asany sy ny vesatra hafa izy ireo miaraka amin'ny vesatry ny asany manokana, ary tena hanontaniana tokoa izy ireo amin'ny Andro Fitsanganana, momba izay norofonon'izy ireo.

14- Ary efa nalefanay tamin’ny vahoakany tokoai Noa. Ka nipetraka teo amin’izy ireoizy mandritra ny arivo taona, latsaka dimampolo taona. Avy eo dia niharan’ny safo-drano izy ireo, fa mpanao ny tsy rariny.

15- Avy eo dia navotanay izy, sy ireo olon’ny sambofiara; ka nataonay izanyho lesona fampitandremana an’izao tontolo izao.

16- AryIbrahimo (Abrahama), raha niteny tamin’ny vahoakany izy hoe: “Tompoinareo Allah ary atahorinareo Izy; izany no tena mendrika ho anareo raha fantatrareo”.

17- Tsy manompo afa-tsy ireo sampy ankoatran’i Allahianareo, ary mamoron-dainga ianareo. Marina fa ireo izay tompoinareo ankoatran’i Allah dia tsy manana fahefana hanomeanareo anjara fivelomana; ka mitadiava ianareo ny anjara fivelomana eo anatrehan’i Allah, ary manompoa Azy sy mankasitràha Azy ianareo. Fa any Aminy no hamerenana anareo.

18- Ary raha mampandainga (ny mpaminany) ianareo, dia efa nampandainga(ireo mpaminaniny) koa ny vahoaka maro talohanareo. Ary tsy manana adidy [illegible] 229 afa-tsy ny fampitana mazava.

19- Moa ve tsy hitan’izy ireo fa ahoana no nanombohan’i Allah ny fahariana, avy eo diamamerina izanyindray Izy?Tena marina fa mora amin’i Allahizany.

20- Teneno hoe: “Mandehàna mitety ny tany ianareo, ka jereonareo, ahoana no nanombohan’i Allah ny fahariana. Avyeo, ny fomba haharian’i Allahny taranaka farany. Marina fa Allah dia Mahefa ny zava-drehetra”.

21- Manafay izay sitrany izy,ary mamindra fòamin’izay sitrany; ary any Aminy no hamerenana anareo.

22- Ary tsy afaka hanohitra ny heriny ianareo, na eto an-tany na any an-danitra, ary ianareo dia tsy hanana ankoatran’i Allah, na mpiahy na mpanavotra.

23- Aryireo izay tsy mino ireo fanambaran’i Allah sy ny fihaonana Aminy, izy ireny no diso fanantenana amin’ny famindram-pòko. Ary izy ireny dia hahazo ny famaizana mangirifiry.

24- Ka tsy nanana valin-teny hafa ny vahoakany afa-tsyniteny hoe: “Vonoinareo izy, na doroinareo”. Nefa navotan’i Allah avy tamin’ilay afo izy. Tena marina fa amin’izany dia misy famantarana maro tokoa ho an’ny vahoaka izaymino.

25- Ary niteny izy (Ibrahimo) hoe: “Tena marina fa nandray ireosampy ianareo, ankoatran’i Allah, ho fanamafisana ny fifankatiavana eo aminareo amin’ny fiainana eto an-tany. Avy eo, amin’ny Andro Fitsanganana, dia hifampitsipaka ny andaniny aminareo sy ny ankilany, ary hifanozona koany andaniny sy ny ankilany, ka ny Afobe anefano ho fonenanareo, ary tsy hanana mpanavotra ianareo.

26- Koa dia nino azy i Lota, ka niteny izy (Ibrahimo) hoe: “Marina fa izaho dia hifindra monina any amin’ny Tompoko, fa izy Ilay Tsitoha, Ilay be Fahendrena”.

27- Nomenay azy Isaka sy Jakoba, ary napetrakay tamin’ny taranany ny faminaniana sy ny Boky. Ary natolotray ho azy ny valisoany eto an-tany, fa nyany an-koatra kosa, dia ho anisan’ireo olon-kendry izy.

28- Ary i Lota, raha niteny tamin'ny vahoakany izy hoe: "Tena marina fa, ianareo dia tena manao ny asa vetaveta izay tsy nisy na dia iray aza nialoha anareo tamin'izany teto amin'izao tontolo izao.

29- Manao fahafinaretana ara-nofo amin'ny lahy samy lahy veianareo? Ary jiolahy (manao tontakely) ve ianareo? Manao asa ratsy amin'ny toeram-pivorianareo veianareo?" Ka tsy nanana valin-teny hafa ny vahoakany afa-tsy niteny hoe: "Ataovy tonga aty aminay ny famaizan'i Allah, raha isan'ireo mpilaza ny marina ianao".

30- Niteny izy (Lota) hoe: "Tompo ô! Omeo fandresena aho amin'ny vahoaka mpanao asa fanimbàna!"

31- Ary rehefa tonga tao amin'i Ibrahimo ireo irakay niaraka tamin'ny vaovao mahafaly, dia niteny izy ireo hoe: "Izahay dia handringana ireo mponin'io tanàna io (tànanan'i Lota), satria ny mponina ao aminy dia tena mpanao ny tsy rariny.

32- Niteny izy (Ibrahimo): Nefa i Lota ange ao e!". Niteny izy ireo hoe: "Fantatray tsara izay monina ao.Tena havotanay izy sy ny fianakaviany, afa-tsy ny vadiny izay anisan'ireo ho ripaka".

33- Ary rehefa tonga tamin'i Lota ireo irakay (Anjely) dia nalahelo azy ireo izy, ary nahatsapa fa tsy afa-miaro azy ireo. Niteny taminy izy ireo hoe: "Aza matahotra ianao, ary aza malahelo...! Marina fa hanavotra anao sy ny fianakavianao izahay, afa-tsy ny vadinao izay anisan'ireo ho ripaka.

34- Halatsakay avy any an-danitra amin'ny mponin'ity tànana ity ny famaizana noho ny asa ratsy izay nataon'izy ireo".

35- Ary tena marina, fa namela famantarana mazava tao Izahay ho an'ireo vahoaka izay misaina (faharavan'ny Tànana).

36- Toy izany koa ny amin'ireo Madiana; (nalefanay) ny rahalahin'izy ireo Shoaimbo izay niteny tamin'izy ireo hoe: "Ô ry vahoakako! Tompoinareo i Allah ary manantenà ny Andro farany,fa aza miely eto ambonin-tany ianareo amin'ny fanaovana ny asa fanimbana".

37- Nefa noraisin'izy ireo ho mpandainga izy. Dia tonga namely azy ireo [illegible]on-tany mahery vaika, nony maraina, dia nitsirara tsy aman'aina tao ami[illegible]any izy ireo.

38- Torak'izany koa (naringanay) ireo vahoakan'i Ady sy Tamody. Hitanareo mihariharyizany toeram-ponenan'izy ireo izany. Ny satana anefa dia nanatsara ireo asan'izy ireo, ka nanakana azy ireo tamin'ny làlana mahitsy; kanefa izy ireo dia tao anatin'ny fahiratan-tsaina.

39- Toy izany ihany koa (no nandravanay an') iKarona sy Faraona, ary Hamana. Nefa i Mosa dia nitondra porofo tamin'izy ireo, dia mbola nanambony tena ihany izy ireo teto an-tany ka tsy afa-bela taminay.

40- Noraisinay ny tsirairay araka ny fahotany, nisy tamin'izy ireo izay nandefasanay rivo-doza mahery vaika, tao izay azon'ny kiaka, nisy koa izay nasainay natelin'ny tany; ary tao ihany koa izay narendrikay. Kanefa tsy Allah velively no nanao ny tsy rariny tamin'izy ireo; fa ny tenany ihany kosa no nanaovany ny tsy rariny.

41- Ireo izay nandray mpiaro hafa ivelan'i Allah,dia mitovy amin'ny hala izay miantehitra amin'ny tranony. Marina fa ny trano tena marefo indrindra dia ny tranon-kala, raha toa ka mba fantatr'izy ireo (izany)!

42- Tena marina fa Allah dia mahalala ny zava-drehetra hafa ivelany izay antsoin'izy ireo. Fa Izy Ilay Tsitoha, Ilay be Fahendrena.

43- Toy izany ireo fanoharana izay nasehonay tamin'ny olona; kanefa tsy misy afaka nisaintsaina izany afa-tsy ireo manam-pahaizana.

44- Nahary ireo lanitra sy tany tamim-pahamarinana i Allah. Marina fa ao anatin'izany dia misy porofo ho an'ireo mpino.

45- Tanisao izay nambara taminao avy amin'ny Boky, ary tanteraho ny vavaka(soalat). Tena marina fa ny vavaka (soalat)dia manakana amin'ny asa vetaveta sy ny asa ratsy. Fa ny fahatsiarovana an'i Allah no tena lehibe indrindra. Ary Allah dia mahafantatra izay ataonareo.

46- Ary aza miady hevitra amin'ireo olon'ny Boky ianareo, raha tsy amin'ny fomba mendrika indrindra, afa-tsy izay manao ny tsy rariny amin'izy ireo, ary teneno hoe: "Izahay dia mino izay nampidinina taminay sy izay nampidinina taminareo, ary ny Zanaharinay sy ny Zanaharinareo dia iray ihany. Ary izahay dia manetritena eo Aminy".

47- Ary toy izany no nampidinanay taminao ny Boky Kor'any. Fa ireo izay nomenay ny Boky dia mino izany. Ary misy amin'izy ireny (arabo…) ihany koa no mino izany. Fa tsy misy mandà ireo fanambarànay afa-tsy ireo izay tsy mpino.

48- Ary ianao dia tsy mba namaky na boky iray aza talohan'izany, ary tsy mba nanoratra izany koa tamin'ny tànanao havanana. Raha tsy izany, dia nanana fisalasalana ireo izay mitsipaka ny fahamarinana.

49- Mifototra amin'ny andian-teny mazava anefa izany (Kor'any), izay ao anatin'ny fon'ireo nomena fahalalana. Fa tsy misy mandà ireo fanambarànay afa-tsy ireo izay mpanao ny tsy rariny.

50- Ary miteny izy ireo hoe: "Nahoana no tsy nampidinina taminy ny fahagagana maro izay avy amin'ny Tompony?" Teneno hoe: "Ireo fahagagana dia eo anatrehan'i Allah. Ary tsy inona aho afa-tsy mpampitandrina miharihary".

51- Moa tsy ampy azy ireo ve, fa nampidina taminao ny Boky Izahay izay novakiana tamin'izy ireo? Tena marina fa amin'izany dia misy famindram-pò sy fampahatsiahivana ho an'ny vahoaka izay mino.

52- Teneno hoe: "Fa Allah dia ampy ho vavolombelona manelanelana ahy sy ianareo". Mahafantatra izay ao amin'ireo lanitra sy ety an-tany Izy. Ary ireo izay mino ny diso sady tsy mino an'i Allah, izy ireny no ho matiantoka.

53- Ary mangataka aminao izy ireo ny hanafainganana ny (fahatongavan'ny) famaizana! Raha tsy efa nisy fe-potoana voafetra, dia efa tonga tamin'izy ireo ny famaizana. Ary tena ho tonga tampoka amin'izy ireo izany, ka tsy hotsapan'izy ireo akory.

54- Mangataka aminao izy ireo ny hanafainganana ny (fahatongavan'ny) famaizana! Kanefa ny tena marina, dia ny Afobe no mihodidina amin'ireo tsy mpino.

55- Amin'ny andro izay handrakofan'ny famaizana azy ireo, avy eny ambonin'izy ireo sy eny ambanin'ny tongotr'izy ireo, dia hiteny Izy (Allah) hoe: "Andramonareo izay nataonareo".

56- Ô ry Mpanompoko izay nino! Tena marina fa ny taniko dia midadasika. Ka aoka Izaho irery ihany no ho tompoinareo!
57- Ny manan'aina rehetra dia samy hanandrana ny fahafatesana. Avy eo, dia atỳ Aminay no hamerenana anareo.

58- Ka ireo izay mino sy manao ny asa soa, dia tena hapetrakay eo ambony rihana ao amin'ny Paradisa izy ireo, izay misy renirano maro mikoriana eo ambaniny, ka hitoetra ao mandrakizay izy ireo. Tena valisoa tsara tokoa ny an'ireo mpanao ny asa tsara,

59- Ireo izay maharitra, sy mametraka ny fitokisany amin'ny Tompon'izy ireo!

60- Firifiry moa ireo biby izay tsy miandraikitra akory ny anjara sakafony! Fa Allah no manome anjara sakafo ho azy ireo, ary ho anareo koa. Ary Izy, Ilay Maheno, Ilay Mahalala ny zava-drehetra.

61- Ary raha manontany azy ireo ianao hoe: "Iza no nahary ireo lanitra sy ny tany, mandrindra ny masoandro sy ny volana?". Dia tena hiteny izy ireo hoe: "Allah". Ka nahoana àry no mivily làlana izy ireo?

62- Allah no manome an-kalalahana ny anjara amin'izay sitrany amin'ireo mpanompony, sy mametra izany koa eo aminy. Tena marina fa Allah dia Mahalala ny zava-drehetra.

63- Ary raha manontany azy ireo ianao hoe: "Iza no nampidina ny rano avy eny an-danitra, ka namelona avy amin'ny alalan'izany ny tany taorian'ny fahafatesany?". Dia tena hiteny izy ireo hoe: "Allah". Teneno hoe: "Dera anie ho an'i Allah". Kanefa ny ankamaroan'izy ireo dia tsy misaina.

64- Ary tsy inona ity fiainana eto an-tany ity, afa-tsy fialam-boly sy kilalao fotsiny ihany. Fa ny tena marina dia, ny fonenana any an-koatra no tena fiainana. Raha mba mahafantatra izy ireo!

65- Rehefa nitaingina tao anatin'ny sambo izy ireo, dia nangataka tamin'i Allah ampanokanana tanteraka ny fivavahana madio ho Azy. Koa rehefa navotany izy ireo, ka tody soamantsara teny an-tanety, dia indro izy ireo fa manakambana Azy amin'ny zavatra hafa.

66- Mba tsy hankasitraka amin'izay nomenay azy izy ireo, koa aoka hifaly izy ireo (amin'ny hasoavana eto an-tany)! Ka ho fantatr' izy ireo tsy ho ela izany.

67- Tsy hitan'izy ireo ve, fa nanao toerana masina sy azo azo antoka izahay (Makka), nefa esorina ireo olona manodidina azy ireo? Moa ve ny hadisoana no hinoan'izy ireo ka ny hasoavan'i Allah no lavin'izy ireo?

68- Ary iza no tena manao ny tsy rariny mihoatra izay mamorona lainga momba an'i Allah, na koa milaza fa lainga ny fahamarinana rehefa tonga aminy? Moa ve tsy any amin'ny Afobe no fonenan'ireo tsy mpino?

69- Ary ho an'ireo izay nanao Jihad (fiezahana) momba anay dia hotarihinay izy ireo amin'ny làlanay, ary marina fa Allah dia tena miaraka amin'ireo mpanao asampanasoavana.

**TOKO:30**

# SORATRA: ROMA

**(Ar-ROM)**

**ANDININY: 60**

**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin'ny anaran'i Allah,Ilay be Indrafo,Ilay be fiantrana

1. Alif, Lam,Mim.
2. Resy ireo Rômanina
3. Tao amin'ireo tany nifanakaiky aminy, ary aorian'ny fahareseny, dia handresy izy ireo,
4. Ao anatin'ny taona vitsivitsy. An'i Allah ny didy, hatramin'ny voalohany sy hatramin'ny farany, ary amin'izany andro izany dia hifaly ireo mpino
5. Noho ny fanavotan'i Allah.Manavotra izay sitrany Izy, ary Izy Ilay Tsitoha, Ilay be Indrafo.
6. Izany no fampanantenan'i Allah. Tsy mivadika amin'ny fampanantenany mihitsy Allah, nefa ny ankamaroan'ireo olona dia tsy mahafantatra.
7. Mahalala ny endrika ivelan'ny fiainana eto an-tany izy ireo, fa variana kosa izy ireo mikasika ny fiainana any an-koatra.
8. Moa tsy nandinika tamin'ny tenany ve izy ireo? I Allah dia tsy nahary ireo lanitra sy ny tany ary izay manelanelana azy ireo, raha tsy noho ny fahamarinana, ary ho amin'ny fe-potoana voafetra.Tena maro anefa ireo olona, no tsy mino ny fihaonana amin'ny Tompon'izy ireo.
9. Moa ve tsy nandeha nitety tany izy ireo, mba hijereny izay niafaran'ireo niaina teo alohany? Izy ireny dia natanjaka lavitra tamin'ny herim-batana, niasa ny tany, ary nameno izany mihoatra lavitra noho izay nataon'izy ireo. Ary tonga tamin'izy ireo, ireo Irany niaraka tamin'ny porofo mazava.Tsy i Allah mihitsy no nanao ny tsy rariny tamin'izy ireo, fa izy ireo ihany no nanao ny tsy rariny tamin'ny tenany.
10. Rehefa avy eo, dia ratsy tokoa ny fiafaran'ireo mpanao ratsy, izay nilaza fa lainga ireo fanambaran'i Allah sy nanesoeso izany.
11. Allah no nanomboka ny fahariana; avy eo izy ihany no mamerina azy indray; ary any Aminy no hamerenana anareo.
12. Ary amin'ny andro izay hahatongavan'ilay Ora, dia hanenina ireo mpanao heloka be vava.
13. Ary tsy hanana mpanelanelana izy ireny avy amin'ireo izay nataony ho mpiara-miombon'antoka Aminy (Allah), ary izy ireo dia hitsipaka ireny mpiara-miombon'antoka nataony ireny.
14. Ary amin'ny andro izay hahatongavan'ilay Ora, amin'izany andro izany dia hisaratsaraka izy ireo.
15. Fa ireo izay nino sy nanao ireo asa soa, dia hahita ny fahafinaretana ao anatin'ny zaridaina;

16. Fa ireo izay tsy nino kosa sy nilaza fa lainga ireo fanambaranay ary ny fihaonana any ankoatra, izy ireny no havory ao amin'ny famaizana.

17. Voninahitra anie ho an'i Allah, rehefa tratry ny hariva ianareo, ary koa rehefa tratry ny maraina.
18. Ary Azy ny dera rehetra any amin'ireo lanitra sy ny tany, ary amin'ny tolakandro sy amin'ny mitataovovonana.

19. Mamoaka ny velona avy amin'ny maty Izy, sy mamoaka ny maty avy amin'ny velona. Ary mamelona ny tany aorian'ny fahafatesany. Ka tahaka izany no hamoahana anareo (amin'ny fitsanganana).

20. Ary anisan'ireo famantarana avy Aminy, ny nahariany anareo avy amin'ny vovoka, avy eo, indro ianareo fa lasa olombelona maro izay miely (maneran-tany).

21. Ary anisan'ireo famantarana avy Aminy, ny nahariany vady ho anareo, avy amin'ny tenanareo, mba hiainanareo am-pilaminana miaraka amin'izy ireo, ary nataony nisy fifankatiavana sy fiantrana eo aminareo. Tena marina fa, amin'izany dia misy porofo maro tokoa ho an'ny vahoaka mandinika.

22. Ary anisan'ireo famantarana avy Aminy ny fahariana ireo lanitra sy ny tany, ary ny fahasamihafan'ireo fiteninareo sy ireo fihodiranareo. Tena marina fa, amin'izany dia misy porofo maro tokoa ho an'ny vahoaka manam-pahaizana.

23. Ary anisan'ireo famantarana avy Aminy ny torimasonareo amin'ny alina, sy amin'ny antoandro, ary koa ny fitadiavanareo ny fahasoavany. Tena marina fa, amin'izany dia misy porofo maro tokoa ho an'ny vahoaka izay mihaino.

24. Ary anisan'ireo famantarana avy Aminy, ny fanehoany aminareo ny tselatra miaraka amin'ny fatahorana (ny varatra) sy ny fanantenana (ny orana), ary mampidina ny rano Izy avy any an-danitra mba hamelomany indray amin'ny alalan'izany ny tany aorian'ny fahafatesany. Tena marina fa, amin'izany dia misy porofo maro tokoa ho an'ny vahoaka misaina.

25. Ary anisan'ireo famantarana avy Aminy, ny fijadonan'ny lanitra sy ny tany, amin'ny alalan'ny didiny, avy eo rehefa miantso anareo Izy, avy amin'ny tany, amin'ny antso iray, dia indro fa hipoitra ianareo.

26. Ary Azy izay rehetra amin'ireo lanitra sy ny tany; samy mankatò Azy tanteraka izao rehetra izao.

27. Ary Izy no nanomboka ilay fahariana, avy eo mamerina izany indray; ary izany dia mora kokoa Aminy. Azy ny fahamboniana avo indrindra ao amin'ireo lanitra sy ny tany. Ary Izy Ilay Tsitoha, Ilay be Fahendrena.

28. Nanome fanoharana ho anareo Izy, avy amin'ny tenanareo ihany: moa ataonareo mpiara-miombon'antoka aminareo ve ireo andevonareo, amin'ny fananana izay nomenay anareo, ka ianareo amin'izany dia mitovy (amin'ny fananana), ary hatahotra azy ireo tahaka ny fatahoranareo ny tenanareo? Toy izany no hamelabelaranay ireo fanambarana ho an'ny vahoaka misaina.

29. Nefa ireo izay nanao ny tsy rariny dia nanaraka ny hetahetam-pon'izy ireo, tsy amim-pahalalana. Fa iza àry no hitari-dàlana izay noverezin'i Allah? Ary tsy manana mpanavotra izy ireo.

30. Koa atsangano ny tavanao amin'ny finoana madio (ho an'i Allah), fa izany no toetra voajanahary izay nomen'i Allah ny olombelona. Tsy misy fiovana amin'ny faharian'i Allah. Izany no finoana mahitsy, saingy ny ankamaroan'ny olombelona dia tsy mahafantatra.

31. Miverena amim-pibebahana Aminy ianareo; ary matahora Azy, manantanteràha ny vavaka (soalat) ianareo, ary aoka ianareo tsy ho anisan'ireo mpanompo sampy.

32. Amin'ireo izay nizarazara ny finoany ka lasa antokom-pinoana maro, isaka ny antoko dia faly amin'izay ananany.

33. Ary raha misy loza mihatra amin'ireo olona, dia mitalaho amin'ny Tompony izy ireo sady miverina Aminy, amim-pibebahana. Avy eo, raha ampanandramany ny famindram-pò avy Aminy izy ireo, dia indro fa misy andiany amin'izy ireo manompo sampy.

34. Hany ka lasa tsy mahay mankasitraka izy ireo amin'izay nomenay azy ireo. "Koa mifalia àry ianareo. Ho fantatrareo tsy ho ela izany."

35. Moa ve nampidina tamin'izy ireo ny fahefana (boky na porofo) iza 234 miteny amin'izy ireo ny amin'izay atambatr'izy ireo Aminy?

36. Ary rehefa nampanandramanay ny famindram-po ireo olona, dia faly amin'izany izy ireo. Nefa raha tra-doza kosa izy ireo noho izay nataon'ny tànany ihany, dia indro fa feno hakiviana izy ireo.

37. Moa ve tsy hitan'izy ireo fa Allah dia mizara an-kalalahana ny fanomezany amin'izay sitrany, sy mametra izany? Tena marina fa amin'izany dia misy porofo maro ho an' ny vahoaka izay mino.

38. Koa omeo ny havana akaiky, sy ny mahantra, ary ny mpandeha sahirana àry ny zony. Izany no mendrika indrindra ho an'ireo izay mitady ny tavan'i Allah; ary izy ireny no mahazo fahombiazana.

39. Izay rehetra nomenareo ka hakana zana-bola mba hampitombo ny fanananareo, amin'ny alalan'ny fananan'ny olona dia tsy mitombo izany eo anatrehan'i Allah, fa izay homenareo ho Zakat (harena fiantrana) kosa, ka hitadiavana ny tavan'i Allah…Izy ireny no hitombo avo heny (valisoa)

40. Fa Allah no nahary anareo, avy eo, Izy no nanome anareo anjaram-pivelomana, manaraka izany dia hovonoiny ianareo, ary hovelominy indray. Moa ve misy amin'ireo izay nataonareo mpiara-miombon'antoka Aminy, nahavita zavatra tahaka izany? Voninahitra anie ho Azy! Mihoatra ambony lavitra amin'izay akambana Aminy Izy.

41. Niseho ny asa fanimbana eto an-tany sy any an-dranomasina, noho izay nataon'ny tànan'ny olombelona ihany, mba hampanandramany (Allah) ny ampahany amin'izay nataon'izy ireo. Angamba hiverina(amin'i Allah) izy ireo.

42. Teneno hoe: "Mandehana mitety ny tany ianareo, ka jereonareo izay niafaran'ireo niaina taloha. Ny ankamaroan'izy ireo dia mpanompo sampy".

43. Koa atsangano àry ny tavanao amin'ny finoana marina, mialoha ny hahatongavan'ny Andro avy amin'i Allah izay tsy azo hidivirana. Amin'izany andro izany dia hizarazara izy ireo.

44. zay tsy nino dia hihatra aminy ny tsy finoany. Ary na iza na iza manao asa soa, dia ho an’ny tenan’izy ireo ihany no hanomanany izany.

45. Mba hanomezany valisoa, avy amin’ny fahasoavany, ireo izay mino sy manao asa soa. Tena marina fa, Izy dia tsy tia ireo tsy mpino.

46. Ary anisan’ireo famantarana avy Aminy, ny fandefasany ireo rivotra ho mpanambara vaovao mahafaly, ary mba hampanandramany azy ireo ny ampahany amin’ny famindram-pony, sy mba hampisosa ny sambo, avy amin’ny baikony, ary mba hitadiavanareo ny fahasoavany. Ary angamba hankasitraka ianareo.

47. Ary tena efa nandefa Iraka maro talohanao Izahay, tamin’ny vahoakan’izy ireo, ka nitondra ireo porofo mazava. Ary novalianay sazy ireo izay nanao heloka be vava; ary adidinay tokoa ny mamonjy ireo mpino.

48. Allah, Izy no mandefa ireo rivotra izay mampiakatra ireo rahona, avy eo, manaparitaka izany eny amin’ny lanitra araka izay sitrany Izy; ary nataony mitsitokotoko izany. Ka hitanao ny ranon’orana fa mivoaka avy amin’ny hatevin’izy ireo. Ary rehefa narotsany tamin’izay tiany izany, dia indro fa feno haravoana izy ireo.

49. Na dia efa very fanantenana aza izy ireo, talohan’ny nampidinana izany tamin’izy ireo.

50. Jereo àry ireo vokatry ny famindram-pon’i Allah, ahoana no hamelomany ny tany aorian’ny fahafatesany. Tena marina fa Izy no hamelona ireo maty, ary izy tokoa no Mahefa ny zava-drehetra.

51. Ary raha mandefa ny rivotra Izahay, ka hitan’izy ireo fa mihamavo (ireo 235 ry), dia mbola mijanona ho tsy mino ihany izy ireo aorian’izany.

52. Tena marina fa tsy afaka hampaheno ireo maty ianao; ary tsy afaka ihany koa hampaheno ny antso amin’ireo marenina, raha mandeha mitodi-damosina izy ireo.

53. Tsy ianao no hitari-dàlana ireo jamba amin’ny fahaverezan’izy ireo. Tsy afaka hampaheno ianao afa-tsy izay mino ireo fanambaranay; fa izy ireo dia manaiky tanteraka.

54. Allah, Izy no nahary anareo avy amin’ny (zavatra) malemy; avy eo, taorian’ny fahalemena, dia nomeny hery ianareo; ary taorian’ny hery, dia ny fahalemena sy ny fahanterana. Ary mahary izay sitrany Izy. Fa Izy no Ilay Mahalala, Ilay Mahefa ny zava-drehetra.

55. Ary amin’ny andro izay hahatongavan’ilay Ora, dia hianiana ireo mpanao heloka be vava, fa tsy nipetraka afa-tsy adiny iray monja izy ireo. Toy izany no nampivily làlana azy ireo.

56. Ary hiteny ireo izay nomena ny fahalalana sy ny finoana hoe: “Ianareo dia tena nipetraka araka ny didin’i Allah, mandra-pahatongan’ny Andro Fitsanganana, ka indro àry ilay Andro Fitsanganana. Nefa ianareo dia tsy nahafantatra na inona na inona.”

57. Amin’izany andro izany, ny fialan-tsinin’ireo nanao ny tsy rariny dia tsy hahitan’izy ireo vokany, ary tsy angatahina amin’izy ireoizay hahafinaritra an’i Allah.

58. Ary tena efa nomenay ireo olombelona ato amin’ity Kor’any ity, ny karazana ohatra maro. Ary raha mitondra fahagagana amin’izy ireo ianao, dia mbola hiteny tokoa ireo izay tsy mino hoe: “Tsy inona ianareo afa-tsy mpanao hadisoana.”

59. Tahaka izany no nanidian’i Allah ny fon’ireo izay tsy te-hahafantatra.

60. Mahareta àry ianao, tena marina fa, ny fampanatenan'i Allah dia marina. Ary aoka tsy hanozongozona anao ireo izay tsy manana fitokisana.

**TOKO:31**
**SORATRA: LOKMAN**
**ANDININY: 34**
## NIDINA TAO MAKKAH

Amin'ny anaran'i Allah,Ilay be indrafo,Ilay be fiantrana

1. Alif,Lam,Mìm.
2. Indro ireo andinin'ilay Boky feno fahendrena.
3. Tari-dàlana sy famindram-pò ho an'izay mpanao soa.
4. Ireo izay manatanteraka ny vavaka (soalat), sy manome ny harena fiantrana (zakat), ary izy ireo mino tanteraka ny any an-koatra.
5. Izy ireny no amin'ny làlana mahitsin'ny Tompony; izy ireny no sambatra.
6. Ary misy amin'ireo olona, tsy manam-pahalalana, manao kabary tsy misy vidiny,mba hampivily ny sasany tsy ho amin'ny lalan'i Allah sy mandray izany ho vazivazy. Izy ireny no iharan'ny famaizana mahafabaraka.
7. Ary rehefa tanisaina aminy ireo fanambaranay, dia mitodi-damosina amim-piavonavonana izy, toy ny tsy mbola naheno izany mihitsy, toy ny misy vesatra ao anatin'ireo sofiny. Koa ambarao aminy àry ny famaizana mangirifiry.
8. Ireo izay mino sy manao ireo asa soa, dia ho azy ireny ireo Zaridainan'ny Fahasambarana.
9. Hitoetra ao mandrakizay izy ireo. Ny fampanantenan'i Allah dia marina! Izy Ilay Tsitoha, Ilay be Fahendrena.
10. Izy no nahary ireo lanitra izay tsy misy andry fototra hitan'ny masonareo, ary nanorina mafy amin'ny tany ireo tendrombohitra mba tsy hanozongozona anareo; ary naeliny teo aminy ireo karazam-biby samihafa, ary nampidininay avy any an-danitra ny rano, ka nentinay nampitsiry avy amin'izany ho tsiroaroa ireo karazan-java-maniry mahasoa isan-karazany.
11. "Izany no fahariana nataon'i Allah. Koa asehoinareo Ahy àry izay noharian'ireo ankoatra Azy?" Nefa ireo mpanao ny tsy rariny dia ao anatin'ny fahaverezana miharihary.
12. Efa nomenay an'i Lokomany tokoa ny fahendrena: "Aoka ianao hahay hankasitraka an'i Allah, fa na iza na iza mankasitraka dia marina fa mankasitraka ny tenany ihany, ary izay tsy mahavaly fitia kosa, Allah dia manana ny ampy, sy mendri-piderana".
13. Ary rehefa niteny tamin'ny zanany lahy i Lokomany ka nananatra azy nanao hoe: "Ry zanako, aza mampikambana an'i Allah amin'ny zavatra hafa ianao, fa ny fanompoan-tsampy dia marina tokoa fa tsy rariny tafahoatra".
14. Nandidy ny olombelona Izahay momba ny ray aman-dreniny; fa ny reniny dia nitondra azy tao am-bohoka sy niharitra fahasahiranana ambonin'ny fahasahiranana; ny

fampisarahana nono azy dia roa taona: “koa mankasitraha Ahy sy ireo ray aman-dreninao ianao. Fa aty Amiko ny fiafarana.

15. Fa raha manery anao izy roa (Ray aman-dreny) hanakambana Ahy amin’izay tsy anananao fahalalàna, dia aoka ianao tsy hankatò azy ireo; kanefa miaraha amin’izy roa am-pahamendrehana eto an-tany ianao. Ary manaraha ny làlan’izay miverina aty Amiko. Fa aty Amiko no fiverenanareo, ka ho ambarako anareo izay rehetra nataonareo”.
16. Ô ry anaka! Na dia mitovy lanja amin’ny voatsinampy iray aza (ny fahotana), izay ao anatin’ny karaobato, na any amin’ireo lanitra na eto an-tany,dia ataon’i Allah ho tonga izany.Marina fa Allah dia be Fangorahana sy Mahalala tanteraka ny zava-drehetra.

17. Ô ry anaka! Tanteraho ny vavaka (soalat), mandidia amin’ny tsara sy mandrarà ny ratsy ary mahareta amin’izay manjò anao.Izany no fanapahan-kevitra tsara indrindra amin’ny raharaha rehetra.

18. Ary aza ahodina hiala olona ny tavanao[101], ary aza manitsaka ny tany amim-piavonavonana ianao. Marina faAllah dia tsy tia izay rehetra miavonavona sy feno fireharehana.

19. Ary aoka ho maotina ianao amin’ny fomba famindranao, ary alefaho ny feonao, fa ny feo tena ratsy indrindra dia ny feon’ny ampondra.

20. Moa ve tsy hitanareo fa Allah dia nanao ho eo ambany fahefanareo izay rehetra eny amin’ireo lanitra sy ny ety an-tany? Ary natobany eo aminareo ireo fahasoavany, na ny hita maso izany, na ny tsy hita. Ary misy amin’ireo olombelona no miady hevitra momba an’i Allah, tsy amim-pahalalàna,na tari-dàlana, na koa boky mazava.

21. Ary raha tenenina izy ireo hoe: “Arahonareo izay nampidinin’i Allah”, miteny izy ireo hoe: “Manaraka izay hitanay tamin’ny razambenay izahay”.Fa na dia ny satana aza ve no miantso azy ireo ho amin’ny famaizana mandoro mamaivay?

22. Ary na iza na iza manetry tena eo amin’i Allah sady mpanao asa soa, dia efanifikitra tanteraka amin’ny tahon-javatra mafy tokoa, fa any amin’i Allah no fiafaran-javatra rehetra.

23. Fa ireo izaytsy mino kosa, aoka tsy hampalahelo anao ny tsy finoany, aty Aminay no hiverenan’izy ireo, ka hambaranay azy ireo, izay nataony rehetra. Marina fa Allah dia tena mahafantatra izay raiketin’ny fò.

24. Omenay fahafinaretana kely izy ireo, avy eo, dia terenay izy ireo mankany amin’ny famaizana mahery vaika.

25. Raha manontany azy ireo ianao hoe: “Iza no nahary ireo lanitra sy ny tany?”. Hiteny izy ireo hoe: “Allah!”. Teneno hoe: “Dera anie ho an’i Allah!”. Nefa ny ankamaroan’izy ireo dia tsy mahafantatra.

26. An’i Allah izay rehetra any amin’ireo lanitra sy ny eto an-tany.Marina fa i Allah Ilay manana ny ampy, Ilay mendri-piderana!

27. Ary rahany hazo rehetra eto an-tany havadika ho penina, ary koa ho lasa ranomainty ny ranomasina,ka mbola miampy ranomasina fito hafa indray taorian’izany dia tsy ho tapitra ireo tenin’i Allah. SatriaAllah no Ilay Tsitoha sy be Fahendrena.

[101] Aza ahodina hiala olona ny tavanao: aza atao odian-tsy hita amin’ny alàlan’ny fiavonavonana ny olona.

28. Tsy inona ny fahariana anareo sy ny fitsangananareo amin'ny maty afa-tsy toy ny fanahy iray ihany. Marina fa  Allah no Ilay Maheno sy Ilay Mahita ny zava-drehetra.

29. Moa ve tsy hitanao fa Allah dia mampiditra ny alina amin'ny andro, sy mampiditra ny andro amin'ny alina, ary nandrindra ny masoandrosy ny volana? Ary i Allah no mahalala tanteraka izay rehetra ataonareo.
30. Izany dia satria, Allah, Izy Ilay Marina, ary izay angatahin'izy ireo ankoatrany dia ilay diso. Ary Allah tokoa, Ilay Avo dia Avo, Ilay Lehibe indrindra.

31. Moa ve tsy hitanao fa ny sambo dia misosa eny an-dranomasina noho ny fahasoavan'i Allah, mba hampisehoany aminareo ny sasany amin'ireo famantarany? Tena marina fa amin'izany dia misy famantarana maro tokoa ho an'izay rehetra be faharetana sy mankasitraka.

32. Ary rehefa misy onja tahaka ny aloka mandrakotra azy ireo, dia nangataka tamin'i Allah am-panokanana tanteraka ny fivavahana madio ho Azy izy ireo.Koa rehefa navotany izy ireo, ka tody soamantsara teny an-tanety, dia mbolamisy amin'izy ireo no tsy feno fankasitrahana.Ary tsy misy mitsipaka ireo famantaranay, afa-tsy izay rehetra be famadihana sy be fikomiana.

33. Ô ry olombelona! Aoka hatahotra ny Tomponareo ianareo, ary matahora ny andro iray izay tsy hamalian'ny ray na inona na inona ho an'ny zanany, na koa ny zanaka tsy hamaly na inona na inona ho an'ny rainy. Ny fampanantenan'i Allah dia marina tokoa.Aoka tsy hamitaka anareo àry ny fiainana eto an-tany, ka tsy hamitaka anareo eo anatrehan'i Allah ilay mpamitaka (satana)!

34. Marina fa Allah, Izy no manam- pahalalana momba ilay Ora; ary Izy no mampidina ny ranon'orana; ary mahalala ihany koa izay ao am-bohoka Izy.Tsy misy mahafantatra izay hanjoazy rahampitso, ary tsy misy mahafantatra, aiza ny tany hahafatesany. Marina fa Allah IlayMahalala, Ilay Mahafantatra tanteraka ny zava-drehetra.

**TOKO:32**
**SORATRA: NY FIANKOHOFANA**
**(As-SAJDAH)**
**ANDININY:30**
**Nidina TAO Makkah**

Amin'ny anaran'i Allah,Ilay be indrafo,Ilay be Fiantrana

1. Alif, Lam,Mim.

2. Ny fidinan'ny boky, dia tsy misy fisalasalana ny ao anatiny, avy amin'ny Tompon'izao tontolo izao.

3. Hilaza ve izy ireo fa noforoniny (Mohammad) izany? Nefa tsy izany akory, fa izy ity kosa dia Fahamarinana avy amin'ny Tomponao mba ho fampitandremana ny vahoaka izay tsy mbola nisy mpampitandrina teo alohanao tonga teo amin'izy ireo, angamba ho voatari-dàlana izy ireo.

4. Allah izay nahary ireo lanitra sy ny tany ary izay manelanelana azy ireo, tao anatin'ny enina andro. Avy eo dia nitoetra teo amin'ny seza fiandrianany Izy. Ary tsy manana mpiahy, na mpanelanelana ankoatra Azy ianareo. Tsy tsaroanareo ve izany?

5. Tantanany avokoa ny raharaha rehetra any an-danitra sy ety an-tany, avy eo dia miakatra any Aminy (ny raharaha rehetra) ao anatin'ny andro iray, ka ny faharetan'izany dia mitovy amin'ny arivo taona amin'ny fanisanareo.

6. Izy Ilay Mahalala (izao tontolo izao) ny miafina sy ny hitamaso, Ilay Tsitoha, Ilay be Indrafo,

7. Izay nandavorary ny rehetra nohariany. Ary nanomboka ny fahariana ny olombelona Izy avy amin'ny vovoky ny tany.

8. Avy eo dia nataony avy tamin'ny tete-drano malemy (tsirinaina) ny taranany.

9. Avy eo dia nomeny vatana tsara endrika izy, ka notsofiny tao aminy ny fofon'aina avy Aminy. Ary nataony eo aminareo ny fandrenesana, ireo maso sy ny fò. Zara fa mankasitraka ianareo!

10. Ary niteny izy ireo hoe: "Rehefa very ao anatin'ny tany (ho lasa vovoka) izahay, dia hiverina amin'ny fahariana vaovao indray ve? Raha ny marina, dia tsy mino ny fihaonana amin'ny Tompony izy ireo.

11. Teneno hoe: "Haka ny fofonainareo ilay Anjely mpaka aina, izay miahy anareo. Avy eo dia haverina any amin'ny Tomponareo ianareo".

12. Raha hitanao ireo mpanao heloka bevava, mitanondri-doha eo anoloan'ny Tompony izy ireo! "Tomponay ô! Nahita sy nandre izahay, koa avereno àry izahay mba hanao ny tsara; tena marina fa mino tanteraka izahay (ankehitriny)".

13. Raha sitrakay, dia nomenay ny tari-dàlany avy ny fanahy tsirairay. Kanefa tsy maintsy tanterahina ny teny avy aty Amiko: "Tena ho fenoiko ireo jiny sy ireo olombelona mitambatra ny Afobe".

14. Andramonareo àry! Noho ny nanadinoanareo ny fihaonana amin'ity andronareo ity. Tena marina fa nanadino anareo koa izahay. Andramonareo ny famaizana mandrakizay noho izay nataonareo".

15. Ny tena mino ireo fanambaranay dia ireo izay, rehefa ampahatsiahivana azy ireo izany, dia miantoraka miankohoka izy ireo, ka mankalaza sy midera ny voninahitry ny Tompony, ary tsy feno fiavonavonana izy ireo.
16. Miarina miala ny fandriana izy ireo, mba hitalaho amin'ny Tompony, amim-patahorana sy amim-panantenàna; ary manao asa fanomezana izy ireo, amin'izay nomenay azy.

17. Tsy misy mahafantatra izay nomanina ho azy ireo, ny amin'ny fahafinaretan'ireo maso, ho valin'izay nataon'izy ireo.

18. Moa ve mitovy ny mpino sy ny mpanao asa ratsy? (Tsia!) Tsy mitovy velively izy ireo!

19. Fa ireo izay mino sy manao ireo asa soa, dia ho azy ireo ny fonenana ao amin'ireo zaridainan'ny fialofana, ho valisoan'ny asa nataon'izy ireo.

20. Fa ho an'ireo izay manao ny asa ratsy kosa, ny fialofan'izy ireo dia ny Afobe. Isaka ny maniry ny hiala ao izy ireo, dia averina ao, ary hotenenina izy ireo hoe: "Andramonareo ny famaizan'ny Afobe izay nolazainareo fa lainga".

21. Tena hampanandramanay ny famaizana eto an-tany izy ireo, alohan'ny famaizana lehibe (any an-koatra), angamba hiverina izy ireo (amin'ny làlana mahitsy)!

22. Ary iza no tena mpanao ny tsy rariny mihoatra amin'izay nampahatsiahivana ny fanambaràn'ny Tompony, avy eo, dia mitodi-damosina amin'izany? Tena marina fa Izahay dia hamaly ireo mpanao heloka be vava.

23. Ary tena efa nomenay an'i Mosa ny Boky, koa aoka ianao tsy hanana fisalasalana amin'ny fihaonana aminy (Mosa), ary nataonay ho mpitari-dàlana ireo zanak'Israely izy.
24. Ary nanendry mpitarika maro avy tamin'izy ireo Izahay, izay nitari-dàlana (ny vahoaka) araka ny didinay, noho izy ireo nanana faharetana sy tena nino ireo fanambaranay.

25. Tena marina fa ny Tomponao, Izy no hanapaka amin'izy ireo, amin'ny Andro Fitsanganana, izay tsy nampitovy hevitra azy ireo.

26. Moa ve tsy manoro làlana azy ireo izy, fa firifiry no naringanay talohan'izy ireo, tamin'ireo taranaka, tao amin'ireo trano izay diavin'izy ireo? Tena marina fa, amin'izany dia misy porofo maro tokoa! Moa ve tsy mihaino izy ireo?

27. Moa ve tsy hitan'izy ireo fa Izahay dia manosika ny rano mankany amin'ny tany karankaina, manarak'izany dia avoakanay (nampanirianay) ny voly mba hohanin'ny biby fiompiny, sy izy ireo ihany koa. Moa tsy mba hitan'izy ireo?

28. Ary miteny izy ireo hoe: "Rahoviana izany fandresena izany, raha marina ny anareo?"

29. Teneno hoe: "Amin'ny andro Fandresena, dia tsy misy fiantraikany amin'ireo tsy mpino intsony ny finoany! Ary tsy misy fe-potoana homena azy ireo intsony."

30. Alavironao izy ireo, ka miandrasa, ary izy ireo koa dia eo am-piandrasana.

**TOKO:33**
**SORATRA: IREO VONDRONA MITAMBATRA**
**(AL-AHZAB)**
**ANDININY:73**
**NIDINAH TAO MADINAH**

Amin'ny anaran'i Allah,Ilay be indrafo,Ilay be fiantrana

1. Ô Ry Mpaminany! Matahora an'i Allah ary aza mankatò ireo tsy mpino sy ireo mpihatsaravelatsihy ianao. Marina fa Allah dia Mahalala ny zava-drehetra sy be Fahendrena.

2. Ary araho ny fanambarana izay nalefa taminao avy amin'ny Tomponao. Marina fa Allah dia mahafantatra tanteraka izay ataonareo.

3. Ary mametraha fitokisana amin'i Allah ianao, ary Allah dia ampy ho mpiantoka.

4. Allah dia tsy nanao fo anankiroa ho an'ny olona iray ao anatin'ny tratrany. Ary tsy nataony ireo vadinareo izay nanaovanareo zihar[102] ho tahaka ny reninareo, ary tsy nataony ireo zaza natsanganareo, ho tahaka ny zanaka naterakareo. Izany dia teninareo, avy amin'ny vavanareo. Fa Allah no milaza ny marina, ary Izy no mitarika amin'ny làlana mahitsy.

5. Antsoinareo izy ireo amin'ny anaran'ny rainy, izany no tena marina eo anatrehan'i Allah. Raha tsy fantatrareo ny rain'izy ireo, dia raisonareo ho rahalahinareo ara-pinoana na koa namanareo izy ireo. Ary tsy hanananareo tsiny ny fahadisoana, izay nataonareo tamin'izany, fa izay ninian'ny fonareo natao kosa (no hahazoanareo tsiny). Ary Allah dia be Famelan-keloka sy be Fiantrana.

6. Ny mpaminany no manana zo ambony kokoa amin'ireo mpino mihoatra amin'ny tenan'izy ireo; ary ireo vadiny dia renin'izy ireo, ireo rohim-pihavanana mamatotra ny andaniny sy ny ankilany dia manana zo kokoa araka ny Bokin'i Allah, noho ny rohy mampitambatra ireo mpino (avy ao Madina) sy ireo mpino mpifindra-monina (avy ao Makka), afa tsy hoe nanao didim-pananana manokana (sadakat) ianareo ho an'ireo rahalahinareo (amin'ny finoana). Izany dia voarakitra ao anatin'ny Boky.

7. Ary rehefa nandray fifanekena avy tamin'ireo mpaminany izahay, ny avy taminao koa, avy tamin'i Noa, Ibrahimo, Mosa ary Issa (Jesoa) zanak'i Mariamo (Maria); dia nandray avy tamin'izy ireo ny fifanekena entitra izahay,

8. Mba hanontany ireo mpilaza ny marina Izy amin'ny fahamarinan'izy ireo. Ary nanomana famaizana mangirifiry ho an'ireo tsy mpino Izy.

9. Ô ianareo izay mino! Tsarovinareo ny fahasoavan'i Allah taminareo, raha nisy miaramila maro tonga taminareo, dia nandefasanay rivotra sy ireo miaramila (Anjely) izay tsy hitanareo maso (hanohitra azy ireo). Ary i Allah dia Mahita mazava izay rehetra ataonareo.

10. Rehefa tonga teo aminareo izy ireo, avy erỳ ambony sy avy any ambaninareo, nitsimbadimbadika ny fijery sy niakatra an-tenda ny fò (an-tenda ny aina); ka nisaina ny momba an'i Allah ianareo tamin'ny fiheverana maro samihafa.

---

[102]**Zihar**: filazan'ny lehilahy iray amin'ny vadiny hoe: "mitovy amin'ny lamosin'ny reniko ianao amiko; izay fady tanteraka amiko". Tsy azo atao izany amin'ny lalàna Islamo

11. Tamin'izany dia voatsapa sy voahozongozona tamin'ny fihozongozonana mafy ireo mpino.

12. Ary rehefa niteny ireo mpihatsaravelatsihy sy ireo izay manana aretina ao am-pòny hoe: "Tsy nampanantena anay Allah sy ny Irany afa-tsy fitaka".

13. Tahaka izany koa, ny andiany iray tamin'izy ireo dia niteny hoe: "Ry olon'i Iasrib! Aza mijanona eto ianareo. Miverena ianareo (any aminareo)". Ary ny andiany iray hafa tamin'izy ireo, dia nangataka fahazoan-dàlana tamin'ny Mpaminany tamim-pitenenana hoe: "Tena marina fa ireo tranonay dia tsy misy fiarovana", nefa tsy hoe tsy misy fiarovana izany, fa tsy mitady afa-tsy ny handositra izy ireo.

14. Ary raha nidirana tao amin'izy ireo avy tamin'ny ilan'ny tanàna; avy eo nanontaniana azy ireo ny fitsapana (fialana amin'ny finoana), dia notanterahin'izy ireo tokoa izany, ary tsy nisy afa-tsy fotoana kely ihany no nandrasan'izy ireo tamin'izany.

15. Ary efa tena nanao fifanekena tamin'i Allah izy ireo teo aloha, fa tsy hitodi-damosina. Ary ny fifanekena rehetra natao tamin'i Allah dia ho hanontaniana.

16. Teneno (ry Mohammad) hoe: "Tsy hisy tombony ho anareo mihitsy ny fandosirana, raha ny fahafatesana (tsy hisy ady) na ny famonoana amin'ny ady no andosiranareo. Noho izany dia tsy hanana fahafinaretana afa-tsy kely ihany ianareo.

17. Teneno (ry Mohammad) hoe: "Iza ary no afaka hiaro anareo amin'i Allah raha sitrany ho anareo ny ratsy, na sitrany ho anareo ny famindram-pò?" Ary tsy hahita izy ireo ivelan'i Allah, ho mpiaro na mpanavotra.

18. Tena fantatr'i Allah ireo mpametraka sakana sy ireo izay mpiteny amin'ny rahalahin'izy ireo hoe: "Avia aty aminay ianareo", nefa zara raha tonga miatrika ady izy ireo.

19. Kahihitra izy ireo eo anatrehanareo. Ary raha tonga amin'izy ireo ny tahotra, dia hitanao izy ireo mijery anao amin'ny maso mivadibadika tahaka ny olona torana noho ny tahotra ny fahafatesana. Ary rehefa miala ny tahotra, dia mampiaka-peo aminareo amin'ny fiteny henjana izy ireo, nefa kahihitra amin'ny tsara. Izy ireny no tsy nino. Fa nataon'i Allah foana ny asan'izy ireo. Izany dia mora amin'i Allah.

20. Mihevitra izy ireo fa tsy nandeha ireo antoko (mpiara-dia). Nefa raha tonga ireo antoko (mpiara-dia), dia maniry raha mba ho arabo tambanivohitra izy ireo sy manontany ireo vaovao momba anareo. Ary raha niaraka taminareo izy ireo, dia tsy mba niady afa tsy vitsy an'isa ihany.

21. Tena manana ohatra fakan-tahaka tsara arahina indrindra ianareo amin'ny Irak'i Allah, ho an'izay manantena an'i Allah sy ny Andro farany, ary mahatsiaro an'i Allah hatrany.

22. Ary raha nahita ireo antoko (mpiara-dia) ireo mpino, dia niteny izy ireo hoe: "Indro izay nampanantenain'i Allah sy ny Irany anay, ary nilaza ny marina Allah sy ny Irany". Ary tsy nampitombo afa-tsy ny finoana sy ny fanoloran-tena tamin'izy ireo izany.

23. Misy amin'ireo mpino, lehilahy tokoa izay mijoro amin'ny marina tamin'ny fifanekena tamin'i Allah. Misy amin'izy ireo no nahatanteraka ny tanjony (maritiora), ary misy amin'izy ireo kosa no mbola miandry; ka tsy mba niovaova mihitsy izy ireo (tamin'ny fifanekena);

24. Mba hanomezan'i Allah ny valisoan'ireo mpanao ny marina noho ny fahamarinan'izy ireo, sy hanafaizany ireo mpihatsaravelatsihy, raha sitrany, na hamelàny heloka azy ireo. Tena marina fa Allah dia Mpamela heloka sy be Indrafo.

25. Ary naverin'i Allah ireo tsy mpino miaraka amin'ny haromotany, ka tsy mba nahazo ny tsara mihitsy izy ireo, ary nafahan'i Allah tamin'ny ady ireo mpino, fa Allah dia Matanjaka sy Tsitoha.

26. Ary dia nampidininy avy eny amin'ny mandany ireo ampahan'ny olon'ny Boky izay nanampy azy ireo, ka natsipiny tao anatin' ny fòn'izy ireo ny tahotra; ny andiany tamin'izy ireo dia novonoinareo, ary ny andiany hafa kosa dia nataonareo babo.

27. Ary nampandovainy anareo ny tanin'izy ireo, ny fonenan'izy ireo, ny fananan'izy ireo, ary koa ny tany izay mbola tsy nodiavinareo mihitsy. Ary Allah dia Mahefa ny zava-drehetra.

28. Ô ry Mpaminany! Teneno amin'ireo vadinao hoe: "Raha toa ka ny fiainana eto an-tany, sy ny rendrarendrany no irìnareo, dia tongava ianareo! Ka homeko izay hafalianareo, ary halefako (amin'ny fisarahana) tsy misy arakaraka.

29. Fa raha Allah sy ny Irany kosa ary ny Fonenana any an-koatra no tianareo, tena marina fa Allah dia nanomana ho an'ireo mpanao asa tsara ny valisoa lehibe indrindra.

30. Ô ry vadin'ny Mpaminany! Izay manao asa vetaveta aminareo ka voaporofo izany, dia hampitomboina avo roa heny ny famaizana azy! Ary mora amin'i Allah izany.

31. Ary izay manaiky tanteraka an'i Allah sy ny Irany, aminareo, ka manao ny tsara, dia homenay valisoa avo roa heny izy, sy hanomananay anjara, omena an-kalalahana.

32. Ry vadin'ny Mpaminany! Tsy mitovy amin'ny vehivavy hafa rehetra ianareo. Raha tena manam-patahorana ianareo, dia aoka tsy hiangoty loatra amin'ny fomba fiteny, mba tsy hampitsiriritra izay manana fo marary. Fa manaova fiteny maotina.

33. Mijanòna ianareo ao an-tokantranonareo; fa aza misehoseho tena tahaka ireo vehivavy tamin' ny andron'ny tsy fahalalana (talohan'ny finoana Islamo). Ary tanterahonareo ny Soalat (vavaka), omenareo ny Zakat (harena fiantrana), ary ankatoavinareo Allah sy ny Irany. Allah dia tsy mitady afa-tsy ny hanala ny fahalotoana aminareo ry fianakavian'ny Mpaminany, sy ny hanadio anareo tanteraka.

34. Ary tsarovinareo izay novakiana tamin'ireo fanambaran'i Allah sy ny fahendrena (avy amin'ny Mpaminany) tao an-tranonareo. Allah dia be Fangorahana sy Mahalala tanteraka ny zava-drehetra.

35. Ireo mpankatò an' Allah lahy sy vavy, ireo mpino lahy sy vavy, ireo mpanolo-tena lahy sy vavy, ireo olo-marina lahy sy vavy, ireo manam-paharetana lahy sy vavy, ireo mpanetri-tena lahy sy vavy, ireo tia miantra olona, lahy sy vavy, ireo mpifehy tena lahy sy vavy, ireo mpiaro ny fahadiovan-tenany lahy sy vavy, ireo mpahatsiaro an'i Allah mandrakariva lahy sy vavy; Allah dia nanomana famelan-keloka sy valisoa lehibe ho azy ireo.

36. Tsy anjaran'ny mpino lahy na mpino vavy, rehefa misy zavatra voatapak'i Allah sy ny Irany, no hisafidy araka izay fomba tiany amin'ny raharahan'izy ireo. Ary na iza na iza no tsy mankatò an'i Allah sy ny Irany, dia tena very amin'ny fahaverezana miharihary.

37. Raha niteny tamin'ilay nofenoin'i Allah fahasoavana ianao sy nofenoinao fahasoavana ihany koa, hoe: "Tazòny ho anao ny vadinao ary matahora an'i Allah ianao". Ka nafeninao tao aminao izay hasehon'i Allah an-karihary. Ary natahotra ireo olona ianao,

nefa Allah no mendrika atahoranao indrindra. Ary raha nitsahatra tsy nifandray taminy intsony (nisara-panambadiana) i Zayd, dia nasainay nalainao ho vady izy, mba tsy hisian'ny sakana ho an'ireo mpino amin'ny fanambadiany ireo vehivavy vadin'ireo zaza natsangany, rehefa nitsahatra tanteraka ny fifandraisana nisy tamin'izy ireo. Fa ny baikon'i Allah dia tsy maintsy tanteraka.

38. Tsy misy fanakianana ny Mpaminany, ny amin'izay nandidian'i Allah azy, izany no sori-dàlan'i Allah tamin'ireo izay niaina teo aloha; fa ny didin'i Allah dia lalàna efa voalahatra.

39. Ireo izay mampita ireo hafatr'i Allah, sy matahotra Azy ka tsy matahotra na iza na iza afa-tsy Allah. Ary Allah dia ampy hitsara (ny rehetra).

40. Mohammad dia tsy mba rain'ny iray amin'ireo lehilahinareo velively, fa Irak'i Allah, ary farany amin'ireo Mpaminany izy. Ary Allah dia Mahafantatra ny zava-drehetra.

41. Ô ianareo izay mino! Tsarovinareo Allah amin'ny fahatsiarovana mandrakariva.

42. Deraonareo ny Voninahiny maraina sy hariva.

43. Izy izay mitahy[103]anareo, ary ireo Anjeliny ihany koa[104], mba hamoahany anareo avy amin'ireo aizina ho amin'ny hazavana. Ary Izy dia be Indrafo amin'ireo mpino.

44. Ny fiarahaban'izy ireo amin'ny andro izay hihaonan'izy ireo Aminy dia ny hoe: "SALAM" (fiadanana), ary nanomana valisoa an-kalalahana ho azy ireo Izy.

45. Ry Mpaminany (Mohammad)! Izahay dia nandefa anao ho vavolombelona, sy mpilaza vaovao mahafaly, ary mpampitandrina.

46. Ary ho mpiantso ho any amin'i Allah avy amin'ny alalany; ary toy ny jiro mpanazava.

47. Ary ilazao vaovao mahafaly ireo mpino fa tena hahazo fahasoavana lehibe avy amin'i Allah izy ireo.

48. Ary aoka ianao tsy hankatò ireo tsy mpino sy ireo mpihatsaravelatsihy, avelao ny fanelingelenana ataon'izy ireo, ary ankino amin'i Allah ny fitokisanao. Fa Allah dia ampy ho Mpiantoka.

49. Ô Ianareo izay mino! Raha manambady ireo vehivavy mpino ianareo, avy eo nisarahanareo alohan'ny niraisanareo tamin'izy ireny, dia tsy manana fe-potoana fiandrasana ianareo. Omenareo anjara fananana izy ireny, ary alefaso (amin'ny fisarahana) tsy misy arakaraka izy ireo.

50. Ry Mpaminany! Nataonay tsy voarara taminao ireo vadinao izay nomenao ny mahariny (vodiondry), sy ireo azonao ara-dalàna tamin'ireo babo an'ady ( Andevo vavy) nomen'i Allah anao, ireo zanaka vavin'ny rahalahin-drainao, ireo zanaka vavin'ny anabavin-drainao, ireo zanaka vavin'ny anadahin-dreninao, sy ireo zanaka vavin'ny rahavavin-dreninao, ary ireo izay nanao fifindra-monina niaraka taminao, ny vehivavy mpino raha nanolotra ny tenany ho an'ny Mpaminany; raha te-hanambady azy ny Mpaminany, izany

[103]Ny fitahian'i Allah ireo mpanompony, dia ny fampidinany ireo famindram-pony sy fahasoavany;
[104]Ny fitahian'ireo Anjely ireo olona mpanompon'i Allah, dia fitalahoana ho azy ireo sy fangatahana famelan-keloka amin'i Allah.

dia natokana ho anao irery ihany ankoatra ireo mpino. Efa tena fantatray izay nodidinay tamin’izy ireo, momba ny vadin’izy ireo sy ireo andevo (vavy) izay ananany mba tsy hisian’ny fanakianana momba anao. Ary Allah dia be Famelan-keloka sy be Indrafo.

51. Azonao atao ny mampiandry izay tianao ampiandrasina amin’izy ireo, ary azonao atao ny mampiantrano izay tianao ampiantranoina. Avy eo dia tsy misy fanakianana ho anao raha manasa ho ao an-tranonao ny iray amin’ireo izay nisintahanao. Izany no fomba madio kokoa mahafaly azy ireo, ka tsy ananan’izy ireo alahelo sy ankasitrahan’izy ireo izay nomenao azy rehetra. Fa Allah dia Mahafantatra izay rehetra ao am-ponareo, ary Allah dia Mahalala ny zava-drehetra sy Malemy fanahy.

52. Tsy azonao atao intsony ny maka vehivavy hafa aorian’izany, na manolo vady na dia mahafinaritra anao aza ny fahatsaran’izy ireo, afa-tsy ireo andevo vavy izay ananao, ary Allah dia manara-maso ny zava-drehetra.

53. Ô ianareo izay mino! Aoka ianareo tsy hiditra amin’ireo tranon’ny Mpaminany, raha tsy hoe nahazo fanasana hisakafo ianareo, kanefa tsy hijanona ao, hiandry ny fanomanana azy. Nefa raha antsoina ianareo dia midira. Ary rehefa avy nisakafo ianareo, dia mandehana miparitaka, aza mitady hiseho ho olona mifankazatra ka hitari-dresaka. Fa izany dia manahirana ny Mpaminany satria menatra anareo izy, Allah dia tsy menatra (miteny) ny marina. Ary raha mangataka zavatra amin’izy ireo (vadin’ny Mpaminany) ianareo dia mangataha avy ao ambadiky ny lamba manelanelana, izany dia tena madio ho an’ny fonareo sy ny fon’izy ireo; tsy tokony ataonareo ny manelingelina ny Irak’i Allah na sanatria manambady ireo vadiny aoriany; satria izany dia tena fahotana lehibe eo anatrehan’i Allah.

54. Raha maneho zavatra ianareo na koa manafina izany, Allah no tena Mahalala ny zava-drehetra.

55. Tsy misy fanakianana ho azy ireo (ny miseho tsy mirakotra) eo anatrehan’ireo rain’izy ireo, na ireo zanakalahin’izy ireo, na ireo anadahin’izy ireo, na ireo zanakalahin’ny anadahin’izy ireo, na ireo zanakalahin’ny rahavavin’izy ireo, na ireo vehivavin’izy ireo, na ireo andevo izay ananan’izy ireo. Aoka hatahotra an’i Allah ianareo. Tena marina fa Allah dia vavolombelon’ny zava-drehetra.

56. Tena marina fa Allah sy ireo Anjeliny dia mitahy an’ny Mpaminany; ô ianareo izay mino! Mangataha fitahiana ho azy, ary mangataha fiadanana ho azy ianareo.

57. Tena marina fa ireo izay manafintohina an’ i Allah sy ny Irany, dia manozona azy ireo Allah, ety an-tany sy any an-koatra, ary manomana ho azy ireo ny famaizana manalabaraka.

58. Ary ireo izay manafintohina an’ireo mpino lahy sy ireo mpino vavy, tsy amin’ny hadisoana izay mendrika hanenjehana azy ireo, dia efa mizaka lainga be vava sy fahotana miharihary izy ireo.

59. Ô ry Mpaminany! Teneno amin’ireo vadinao sy ireo zanakao vavy, ary ireo vadin’ireo mpino, mba hampidina ny lamba fisaronan’izy ireo (voalin’izy ireo) amin’ny tenany; izany no haingana kokoa hamantarana azy ireo ka tsy ho voaelingelina, ary Allah dia be Famelan-keloka sy be Indrafo.

60. Raha tena tsy mitsahatra ireo mpihatsaravelatsihy, sy ireo izay misy aretina amin’ny fòny, ary koa ireo mpanakorontana ao Madinah, dia tena hamporisika anao Izahay

hanohitra azy ireo, ka tsy hipetraka maharitra eo akaikinao izy ireo afa-tsy fotoana fohy ihany.

61. Voahozona izy ireo. Ka na aiza na aiza ny toerana ahitana azy ireo, dia horaisina sy hovonoina tsy misy indrafò izy ireo.

62. Toy izany no sori-dàlan'i Allah manoloana ireo izay niaina teo aloha, ary tsy hahita fiovana velively amin'ny sori-dàlan'i Allah ianao.

63. Manontany anao ireo olona momba ny Ora. Teneno hoe: "Ny fahalalana momba izany dia an'i Allah irery ihany". Ary inona no ahafantaranao izany? Fa angamba ny Ora dia mety efa akaiky.

64. Tena marina fa Allah dia nanozona ireo tsy mpino, ary nanomana ho azy ireo ny Afobe mamaivay

65. Haharitra ao mandrakizay izy ireo, ka tsy hahita mpiahy na mpamonjy.

66. Amin'ny andro izay hamadibadihana ny tarehin'izy ireo ao anatin'ny afo, dia hiteny izy ireo hoe: "Indrisy! Raha mba nankatò an'i Allah sy nankatò ny Iraka Izahay!"

67. Ary hiteny izy ireo hoe: "Tomponay ô! Marina fa nankatò ireo filohanay sy ireo lehibenay izahay. Ka namery làlana anay izy ireo.

68. Tomponay ô! Omeo azy ireo ny sazy avo roa heny, ary ozòny amin'ny fanozonana lehibe izy ireo.

69. Ô ianareo izay mino! Aza manao tahaka ireo izay nanafintohina an'i Mosa (Mosesy) ianareo. Nodiovin'i Allah tamin'izay niampangan'izy ireo azy izy, ary iz 246 dri-kaja teo anatrehan'i Allah.

70. Ô ianareo izay mino! Matahora an'i Allah ianareo, ary mitenena teny marina ianareo

71. Mba hanatsarany ny asanareo sy hamelany ny helokareo. Fa na iza na iza mankatò an'i Allah sy ny Irany dia tena nahazo fahombiazana lehibe.

72. Marina fa natolotray an'ireo lanitra sy ny tany, ary ireo tendrombohitra ny andraikitra. Nefa nandà ny hitondra izany izy ireo sady natahotra, fa ny olombelona kosa no nitondra izany; kanefa izy dia tena mpanao ny tsy rariny sy tena tsy mahalala.

73. Mba hamaizan'i Allah an'ireo mpihatsaravelatsihy lahy sy vavy, sy ireo lahy sy vavy mpanompo sampy, ary mba haneken'i Allah ny fibebahan'ireo mpino lahy sy mpino vavy. Allah dia be Famelan-keloka sy be Indrafo.

## TOKO FAHA 34

## SORATRA: SABA

## ANDININY:54

## NIDINA TAO MAKKAH

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be indrafo,Ilay be fiantrana

1. Dera ho an' i Allah Tompon'izay rehetra amin'ireo lanitra sy izay rehetra etỳ an-tany. Ary Azy ny fiderana any an-koatra. Ary Izy Ilay Hendry, Ilay tena Mahalala.

2. Izy dia mahafantatra izay miditra ao anatin'ny tany sy izay mivoaka avy ao, ary izay midina avy any an-danitra sy izay miakatra mankany. Ary Izy Ilay be Indrafo, Ilay be Famelan-keloka.

3. Ary miteny ireo izay tsy mino hoe: "Tsy ho tonga aty aminay ny Ora". Teneno hoe: "Tsia! Mianiana amin'ny Tompoko aho! Tsy maintsy ho tonga aminareo izany, (ny Tompoko) Ilay Mahalala ny miafina. Tsy misy very Aminy na dia lanjan'ny atôma (tsy hita maso) iray aza ao amin'ireo lanitra sy ny tany. Ary tsy misy na dia izay farany kely indrindra mihoatra izany aza, na izay lehibe indrindra, afa-tsy hoe voarakitra ao anatin'ny Boky mazava.

4. Mba hanomezany valisoa ireo izay mino sy manao ireo asa soa. Izy ireny dia hahazo famelan-keloka sy anjara omena an-kalalahana.

5. Ary ireo izay miezaka manafoana (manao tsinontsinona) ireo fanambaranay, izy ireny no hahazo ny famaizan'ny fampijaliana mangirifiry.

6. Ary ireo izay nomena ny fahalalana dia mahita fa izay nampidinina taminao avy amin'ny Tomponao no marina, ary mitarika mankany amin'ny làlan'Ilay Mahery sy Mendri-piderana.

7. Ary miteny ireo izay tsy mino hoe: "Moa ve hatoronay anareo ny lehilahy izay hanambara aminareo rehefa voapotipotika tanteraka ianareo, fa tena hiseho amin'ny fahariana vaovao indray?"
8. Moa ve mamorona lainga momba an'i Allah izy? Sa adala ve izy? Tsia! Fa ireo izay tsy mino ny fiainana any an-koatra dia ho amin'ny famaizana sy ny fahaverezana lavitra.

9. Moa ve tsy hitan'izy ireo izay eo alohan'izy ireo sy izay aorian'izy ireo, toy ny lanitra sy ny tany? Raha sitrakay dia nataonay nalentiky ny tany izy ireo, na koa nandatsahanay singan'ny lanitra amin'izy ireo. Tena marina fa, amin'izany dia misy famantarana tokoa ho an'ny mpanompo rehetra izay mpibebaka.

10. Ary efa tena nomenay fahasoavana i Daodo (Davida), avy aty aminay. Ô ry Tendrombohitra sy ireo vorona, avereno miaraka aminy (ny fiderana an'i Allah). Ary nataonay malemy eo aminy ny vy,

11. (Amin'ny fitenenana aminy hoe): "Manamboara akanjo vy ianao, refeso tsara ny masombỳ". Ary manaova ny tsara ianareo. Izaho dia mahita mazava izay zava-drehetra ataonareo.

12. Ho an'i Solaimana (Nataonay eo ambany fahefany) ny rivotra, ka ny halaviran-dalana vitany amin'ny maraina mitovy amin'ny làlana iray volana (dian-tongotra), ary

halaviran-dalana vitany amin’ny hariva mitovy amin’ny làlana iray volana ihany koa. Ary nataonay mikoriana ho azy (Solaimana) ny loharanom-barahina. Ary misy amin’ireo Jiny izay miasa eo ambany fahefany, avy amin’ny alàlan’ny Tompony. Ary na iza na iza mivily làlana amin’izy ireo ka tsy manaraka ny baikonay dia ampanandramanay azy ny famaizan’ny afo mandoro.

13. Izy ireo dia niasa ho azy (Solaimana) araka izay sitrany: ireo toeram-pivavahana, ireo sary vongana, ireo lovia lehibe tahaka ny dobon-drano, ary ireo vilany tsy afa-mihetsika. “Ô ry fianakavian’i Daodo! Miasa ianareo mba ho fisaorana”, ary vitsy amin’ireo mpanompoko no mahalala mankasitraka.

14. Rehefa nodidinay taminy ny fahafatesana, tsy nisy nampahafantatra azy ireo ny fahafatesany afa-tsy “bibin’ny tany” izay nihinana ny tehiny. Ka rehefa nianjera izy, dia nazava tamin’ireo Jiny fa raha nahafantatra ny miafina izy ireo, dia tsy nijanona tao anatin’ny famaizana manala-baraka.

15. Tena nisy famantarana tokoa ho an’ny foko Saba tamin’ny fonenan’izy ireo; Zaridaina anankiroa, ny iray ankavanana ary ny iray ankavia. “Mihinàna ianareo amin’ny anjara fanomezana avy amin’ny Tomponareo, ary mahaiza mankasitraka Azy: tanàna mahafinaritra izany, ary ny Tompo dia Mpamela heloka”.

16. Nefa nitodi-damosina izy ireo. Ka nalefanay tamin’izy ireo ny tondra-drano, ary navadikay ny zaridainan’izy ireo ho zaridaina roa misy (tsy manome afa-tsy) kirihitr’ala, voankazo mangidy sy hazon-tsinefy vitsivitsy.

17. Izany no namalianay azy ireo noho ny tsy finoan’izy ireo. Moa ve 249 nasazy afa tsy izay tena tsy mpino ihany?

18. Ary nataonay eo anelanelan’izy ireo (Saba) sy ireo tanàna izay notsofinay rano, ny tanàna maro hafa misongadina, ka notombananay ireo dingan’ny fandehanana manelanelana azy ireo. “Mandehana ianareo eo anelanelan’izy ireo mandritra ny alina maro sy ny andro maro amim-pilaminana”.

19. Ary niteny izy ireo hoe: “Tomponay ô! Halavao ireo dingana manelanelana ny dianay”, ary nanao ny tsy rariny tamin’ny tenany ihany izy ireo. Ka nataonay tantara mipetraka ny momba azy ireo, ary nataonay potika tanteraka izy ireo. Tena marina fa, amin’izany dia misy famantarana maro tokoa ho an’izay tena maharitra sy tena mpankasitraka.

20. Ary Iblisy (satana) dia tena nanamarina ny eritreriny tamin’izy ireo. Narahin’izy ireo àry izy, afa-tsy ny andiany iray tamin’ireo mpino.

21. Nefa tsy nanana fahefana tamin’izy ireo izy, afa-tsy ny mba hahafantaranay izay mino ny fiainana any an-koatra sy izay misalasala amin’izany. Ary ny Tomponao, dia Miantoka ny fiarovana ny zava-drehetra.

22. Teneno (ry Mohammad) hoe: “Antsoy ireo izay noheverinareo ho zanahary ankoatra an’i Allah! Tsy manana na dia vesatry ny atôma izy ireo, na eny amin’ireo lanitra, na ety an-tany. Ary tsy manana fiombonana mihitsy izy ireo amin’ny fahariana (ireo lanitra sy ny tany); ary tsy manana mpanampy avy amin’izy ireo Izy”.

23. Tsy misy tombontsoa ny fanelanelanana eo anatrehany, afa-tsy izay nahazo alàlana avy Aminy. Rehefa nanalavitra ny fon’izy ireo ny tahotra, dia hiteny izy ireo hoe: “Inona no tenin’ny Tomponareo?”. Hiteny izy ireo hoe: “Ny marina. Izy Ilay Avo dia Avo, Ilay Lehibe”.

24. Teneno hoe: “Iza no manome anareo ny anjara-pivelomana avy amin’ireo lanitra sy eto an-tany?”. Teneno hoe: “Allah! Ary na izahay na ianareo, no amin’ny làlana mahitsy, na anatin’ny fahaverezana miharihary”.

25. Teneno hoe: “Tsy hanotaniana ianareo amin’ny heloka be vava izay nataonay, ary izahay tsy hanontaniana amin’izay ataonareo”.

26. Teneno hoe: “Hamory antsika ny Tompontsika, avy eo hitsara antsika amin’ny fahamarinana Izy, satria Izy Ilay Mpitsara Lehibe, Ilay Mahalala ny zava-drehetra”.

27. Teneno hoe: “Asehoinareo Ahy ireo izay nomenareo ho mpiara-miombon’antoka Aminy. Tsia nefa! Izy no Allah Ilay Mahery, Ilay Hendry.

28. Ary tsy nandefa anao izahay raha tsy ho mpitondra vaovao mahafaly sy mpampitandrina ho an’ny olombelona rehetra. Nefa ny ankamaroan’ny olombelona dia tsy mahafantatra izany.

29. Ary miteny izy ireo hoe: “Oviana izany fampanantenana izany, raha mpilaza ny marina ianareo?”

30. Teneno hoe: “Ianareo dia manana fotoana amin’ny andro iray izay tsy azonareo hahemotra na haroso na dia adiny iray aza!”

31. Ary niteny ireo izay tsy nino hoe: “Tsy hino velively an’io Kor’any io izahay na izay teo alohany”. Ary, rehefa hitanao ireo mpanao ny tsy rariny, ka hitsangana eo anatrehan’ny Tompon’izy ireo, hifamaly teny ny andaliny sy ny ankilany! Niteny ireo osa (na malemy) amin’ireo izay manambony tena hoe: “Raha tsy ianareo, dia tena lasa mpino izahay”.

32. Niteny ireo izay nanambony tena tamin’ireo izay osa hoe: “Moa ve izahay no nanakana anareo tamin’ny tari-dàlana taorian’ny nahatongavany taminareo? Sa ianareo no efa mpanao heloka be vava?”

33. Ary niteny ireo izay osa tamin’ireo nanambony tena hoe: “Efa tetika (nataonareo) andro amin’alina ny mibaiko anay mba tsy hino an’i Allah sy mandray zavatra hafa nampitoviana Taminy”. Ary nafenin’izy ireo ny fanenenana raha hitan’izy ireo ny famaizana. Ary hataonay eo ambozon’ireo izay tsy nino ireo rojo vy: “Moa ve homena valiny izy ireo, afa-tsy ny asa izay nataon’izy ireo ihany?”

34. Ary tsy nandefa mpampitandrina Izahay tamin’ny tànana iray raha-tsy niteny ireo manan-katao hoe: “Izahay dia tsy mino ny hafatra izay nandefasana anareo”.

35. Ary niteny izy ireo hoe: “Izahay dia manan-karena sy manan-janaka maro, ary tsy hosaziana mihitsy izahay”.

36. Teneno hoe: “Marina fa ny Tompoko no manome an-kalalahana ny anjaram-pivelomana ho an’izay sitrany, na mametra izany. Nefa ny ankamaroan’ny olombelona dia tsy mahafantatra izany”.

37. Na ireo harenanareo, na ireo zanakareo, dia tsy hampanakaiky anareo Aminay. Afa-tsy izay mino sy izay manao asa soa. Izy ireo no hahazo valisoa avo roa heny noho ny asa izay nataon’izy ireo, ary hahita filaminan-tsaina izy ireo, ao amin’ireo rihana ambony (Paradisa).

38. Raha ny amin’ireo izay miezaka manafoana (manao tsinontsinona) ireo fanambarana. Izy ireny no terena hiatrika ny famaizana.

39. Teneno hoe: “Marina, fa ny Tompoko no manome an-kalalahana ny anjaram-pivelomana ho an’izay sitrany amin’ireo mpanompony, na mametra izany ho azy. Ary izay fandaniana ataonareo (amin’ny tsara) dia ho soloiny izany; fa Izy no Mendrika indrindra amin’ireo Mpanome”.

40. Ary amin’ny andro izay hanangonany azy rehetra. Avy eo dia hiteny amin’ireo Anjely Izy hoe: “Moa ve ianareo no notompoin’izy ireo?”

41. Hiteny izy ireo hoe: “Voninahitra anie ho Anao! Ianao irery no Mpiahy anay ivelan’izy ireo. Fa izy ireo dia nanompo ireo Jiny, ka ny ankamaroan’izy ireo dia nino azy ireny.

42. Androany àry (ny Andro Fitsanganana), dia tsy manana fahefana hanao soa na ratsy ny sasany ianareo ho an’ny sasany, ary hiteny izahay ho an’ireo izay nanao ny tsy rariny hoe: “Andramonareo ny famaizan’ny afobe izay nolazainareo fa lainga”.

43. Ary rehefa novakiana tamin’izy ireo ny andian-teninay mazava, dia niteny izy ireo hoe: “Tsy inona io lehilahy io, fa mila hanakana anareo amin’izay notompoin’ireo razambenareo”. Ary niteny koa izy ireo hoe: “Tsy inona io (Kor’any) afa-tsy lainga noforonina”. Ary niteny ireo izay tsy nino momba ny marina rehefa tonga tamin’izy ireo hoe: “Tsy inona io afa-tsy majika miharihary”.

44. Ary tsy nanome boky izahay hianaran’izy ireo. Ary tsy nandefa mpampitandrina ho azy ireo talohanao izahay.

45. Ary nilaza ireo talohan’izy ireo fa lainga (ireo Irany). (Ireo olon’i Makka) dia tsy nahatratra ny ampahafolon’izay nomenay azy ireo (amin’ny hery sy ny harena). Nilaza izy ireo fa mpandainga ireo Irako. Fa ahoana ny fanakianako!

46. Teneno hoe: “Tena marina fa mananatra anareo amin’ny zavatra anankiray ihany aho: mijoroa ianareo ho an’i Allah tsiroaroa na tsirairay, avy eo dia mandiniha ianareo. Tsy adala akory ny namanareo (Mohammad): tsy inona izy afa-tsy mpampitandrina ihany ho anareo izay manambara ny famaizana mahery vaika”.

47. Teneno hoe: “Ny karama izay angatahiko aminareo, dia ho anareo ihany. Satria ny karamako dia tsy misy afa-tsy avy amin’i Allah ihany. Ary Izy dia Vavolombelon’ny zava-drehetra”

48. Teneno hoe: “Marina fa ny Tompoko dia mandefa ny fahamarinana (amin’ireo Irany). Izy Ilay tena Mahalala ny zava-mafina”.

49. Teneno hoe: “Tonga ny marina (Islamo). Fa ny diso (ny tsy finoana) dia tsy afaka manohy intsony na mamerina indray”.

50. Teneno hoe: “Raha very làlana aho dia ny tenako ihany no ho very; fa raha voatari-dàlana kosa aho, dia noho ny fanambarana izay nalefan’ny Tompoko tamiko. Marina fa Izy dia Maheno ny zava-drehetra; sady Akaiky”.

51. Ary raha hitanao fa azon’ny tahotra izy ireo, ka tsy afa-mandositra, dia horaisina eo amin’ny toerana akaiky izy ireo.

52. Ary niteny izy ireo hoe: “Mino Azy izahay”. Fa ahoana no hahazoan’izy ireo ny finoana avy any amin’ny toerana lavitra dia lavitra?

53. Nefa izy ireo teo aloha, dia tsy nino an’izany, ary nitsipaka ny miafina rehetra avy any amin’ny toerana lavitra dia lavitra izy ireo.

54. Ary nametrahana sakana teo anelanelan’izy ireo sy izay tsiriritin’izy ireo, tahaka izay natao tamin’ireo izay nitovy taminy teo aloha, satria izy ireo dia tena tao anatin’ny fisalasalana lalina.

## TOKO: 35
## SORATRA: ILAY MPAHARY
## (FATWIR)
## ANDININY:45
## NIDINA TAO MAKKAH

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be IndrafoIlay be fiantrana

1 - Dera ho an'i Allah, Mpahary ny lanitra sy ny tany, Izay nanao ireo Anjely ho Iraka manana elatra roa, na telo, na efatra. Ampiany araka izay tiany ny zava-boahary, fa Mahefa ny zavatra rehetra Izy.

2- Izay omen'i Allah ny olona noho ny Famindram-pony, dia tsy misy manana fahefana hisakana izany. Fa raha misakana izany kosa Izy, dia tsy misy afaka mamotsotra izany aoriany. Fa Izy no Ilay Tsitoha, Ilay be Fahendrena.

3 –Ô ry olombelona! Tsarovy ny soa nataon'i Allah taminareo, misy ve ankoatra an'i Allah, mpahary manome anjaram-pivelomana ho anareo, avy any an-danitra sy ety an-tany? Tsy misy zanahary hafa, afa-tsy Izy! Ka nahoana àry ianareo no mivily amin'izany (fahamarinana)?

4 - Ary raha lazain'izy ireo ho mpandainga ianao, dia efa nolazaina ho mpandainga ihany koa ireo Iraka talohanao. Fa any amin'i Allah ihany anefa no hamerenana ny raharaha rehetra.

5 - Ry olombelona! Marina ny fampanantenan'i Allah. Ka aza avela hamitaka anareo ny fiainana an-tany, ary aoka tsy hahavoafitaka anareo ihany koa ilay mpamitaka mikasika an'i Allah.

6 –Fahavalonareo tokoa ny devoly, koa raiso ho fahavalo tanteraka izy. Tsy manao afa-tsy ny miantso ireo mpanaraka azy izy, mba ho lasa olon'ny afo mamaivay

7 - Hahazo famaizana henjana ireo izay tsy nino, fa ireo izay nino sy nanao asa soa kosa, dia hahazo famelan-keloka sy valisoa lehibe.

8 - Dia ahoana! Izay nohatsaraina teo imasony ny asa ratsy nataony, ka noheveriny ho tsara? Nefa mamery làlana izay tiany ho amin'izany i Allah, ary mitari-dàlana izay tiany ho tarihina ihany koa. Aokaàry tsy hanenina noho ny amin'izy ireo ny tenanao. Fa Mahafantatra tsara izay ataon'izy ireo i Allah.

9 - Ary i Allah no mandefa ny rivotra hanainga ny rahona, izay atosikay ho any amin'ny tany karankaina avy eo; ka omenay aina indray ny tany efa maty. Toy izany ny fitsanganana amin'ny maty!

10 - Izay mitady ny hery (amam-boninahitra), dia an'i Allah ny hery rehetra, any Aminy no miakatra ny teny tsara, ary hansandrany ambony ny asa soa. Fa izay miray tsikombakomba amin'ny asa ratsy kosa, dia hahazo famaizana henjana. Nefa tsy hahomby ny teti-dratsin'izy ireo.

11 –Allah no nahary anareo avy amin'ny tany, avy eo, avy amin'ny tsirinaina indray mitete, ary rehefa izany, dia nataony ho mpivady tsiroaroa. Tsy misy vavy mitondra vohoka, na miteraka ka tsy fantany. Ary tsy misy fahavelomana maharitra nafohy, ka tsy voasoratra ao amin'ny Boky. Fa mora amin'i Allah tokoa izany.

12 - Tsy mitovy ireo ranomasina roa: ny ranon'ny andaniny azo sotroina, mamy sy mora atelina, ary ny ranon'ny ankilany kosa masira sy mangidy. Nefa dia samy akanareo nofo tsara fihinana izy ireo, ary akanareo haingo itafianareo. Hitanao ny sambo mirondrona mamakivaky ny rano, mba hitadiavanareo ny ampaham-pahasoavany, ka hankasitrahanareo.

13 - Ataony misososka amin'ny andro ny alina, ary ny andro ataony misososka amin'ny alina. Nofeheziny ny masoandro sy ny volana, samy mandeha amin'ny tanjony voafaritra avy izy ireo. Izany Allah Ilay Tomponareo, Azy ny fanjakana, fa ireo izay antsoinareo ankoatrany kosa, dia tsy tompon'ny voan'antrendry iray akory.

14 - Raha antsoinareo izy ireo, dia tsy handre ny antsonareo akory; ary na mandre aza, dia tsy afaka hamaly anareo. Amin'ny andro fitsanganana, dia ho lavin'izy ireo ny fampitambaranareo azy (amin'i Allah). Tsy misy afaka manome vaovao anao mitovy amin'izay mahafantatra tsara.

15 - Ry olombelona! Mahantra mila an'i Allah ianareo, fa Allah kosa, Izy no Tompon'ny harena, Ilay mendri-piderana.

16 - Raha sitrany, dia ho naringany ianareo, ka namboatra zava-boahary vaovao indray Izy.

17 - Ary tsy sarotra ho an'i Allah velively izany.

18 - Tsy hisy anefa hizaka ny enta-mavesatry ny hafa. Ary raha misy olona vesaram-pahotana mangataka fanampiana, dia tsy misy olon-kafa hitondra ny fahotany mihitsy, na dia ny havana akaiky aza. Ireo matahotra ny Tompony ihany no ampitandremanao, na dia tsy mahita Azy aza izy ireo, symanatanteraka ny vavaka soalat. Ary izay midio, dia midio ho an'ny tenany ihany, fa any amin'i Allah no fiafarana.

19 - Tsy mitovy ny jamba sy ny mahiratra,

20 - na ny aizina sy ny hazavana,

21 - na ny aloka sy ny hafanana migaingaina.

22 - Tahaka izany koa, tsy mitovy ny velona sy ny maty. Azon'i Allah ampandrenesina izay tiany hampandrenesina, fa ianao kosa tsy afaka hampandre ny any am-pasana.

23 - Mpampitandrina ihany ianao.

24 - Nalefanay niaraka tamin'ny Fahamarinana ianao, ho mpilaza sy mpampitandrina. Tsy nisy vahoaka na iray aza, ka tsy efa nanana mpampitandrina.

25 - Ary raha lazain'izy ireo ho mpandainga ianao, dia efa nilaza ireo Iraka ho mpandainga ihany koa ireo talohan'izy ireo, nefa dia nitondra porofo taminy ireo Irany, ary rakitsoratra sy Boky mpanazava.

26 - Avy eodia nofaiziko ireo tsy nino,ka nanao ahoana ny Fanakianako (famaizana)!

27 - Tsy hitanao ve, fa ampidinin'i Allah avy eny an-danitra ny rano? Ka avoakanay avy amin'izany ireo voankazo miloko isan-karazany. Ary eny an-tendrombohitra, misy faritra fotsy sy mena, ary loko samihafa, sy faritra tena mainty.

28 - Manana fihodirana samihafa ny olombelona, ny biby isan-karazany sy ireo biby fiompy dia manana loko samihafa ihany koa. Ireo manam-pahaizana no tena matahotra an'i Allah amin'ireo mpanompony.Fa Tsitoha sy Mpamela heloka Allah.

29 - Ireo izay mamaky ny Bokin'i Allah, sy manatanteraka ny vavaka soalat,ary manao fandaniana miafina na an-karihary amin'izay nomenay azy ireo, dia manantena hanao fifanakalozana tsy ho rava mandrakizay,

30 - mba hanomezan'i Allah azy ireo valisoa feno, sy hanampiany azy ireo amin'ny Fahasoavany. Fa Mpamela heloka Izy, ary Mpankasitraka.

31 - Ny Fahamarinana tokoa no nambaranay anao tamin'ny Boky, manamafy izay teo alohany. Fa Mahafantatra tsara ireo mpanompony Allah, ary Mahita azy ireo.

32 - Dia nataonay mpandova ny Boky ireo izay nofidinay tamin'ny mpanomponay. Misy amin'izy ireo no manao ny tsy rariny amin'ny tenany, ao koa ireo izay manao ny antonony, ary ny sasany kosa, noho ny alalana avy amin'i Allah, dia mihoatra (ny hafa) noho ny asa soa ataony, izany no fahasoavan-dehibe.

33 - Ireo zaridainan'i Edena no hidiran'izy ireo, miravaka haba fehin-tànana volamena sy vatosoa; ary lamba lasoa no fitafin'izy ireo any.

34 - Ary hiteny izy ireo hoe: "Dera ho an'i Allah, izay nampisinda ny alahelonay. Fa Mpamela heloka sy Mpankasitraka tokoa ny Tomponay.

35 - Izay nametraka anay ao amin'ny fonenana maharitra noho ny Fahasoavany, ka tsy hahitanay havizanana na harerahana".

36 - Fa ireo tsy mpino, dia hahazo ny afon'ny helo izy ireo ary tsy vonoina ho faty, sady tsy hamaivanina mihitsy ny fijaliany. Toy izany no hamalianay ireo mpihizingizina amin'ny tsy finoana.

37 - Ary dia hiantsoantso izy ireo hoe: "Tomponay ô! Avoahy izahay, hanao ny tsara, fa tsy tahaka izay nataonay teo aloha". Tsy efa nomenay fiainana lava moa ianareo mba hieritreretan'izay mieritreritra? Ary tonga teo aminareo ihany koa ny mpampitandrina. Dia andramo àry (ny sazinareo), fa tsy misy famonjena ho an'ireo mpanao ny tsy rariny.

38 - Fantatr'i Allah ny zava-miafin'ny lanitra sy ny tany, ary fantany izay raiketin'ny fo.

39 - Izy no nanao anareo ho mpandimby eto an-tany. Izay tsy mino, dia izy no iharan'ny tsy finoany. Tsy manampy ny tsy mpino ny tsy finoany, raha tsy fahafaham-baraka ihany. Ary tsy mampitombo afa-tsy fatiantoka ho an'ireo tsy mpino ny tsy finoany.

40 - Dia lazao hoe: "Hitanareo ve ireo nataonareo ho mpitambatra amin'i Allah izay antsoinareo ankoatra Azy? Asehoy ahy izay namboariny teto an-tany. Nandray anjara ve izy ireo tamin'ny fahariana ny lanitra? Sa nomenay Boky misy porofo?" Tsia! Fa fitaka ihany no fampanantenana ifanaovan'ireo mpanao ny tsy rariny.

41 - Mihazona ny lanitra sy ny tany ho eo mandrakariva Allah. Ary raha miala teo izany, dia tsy misy afaka hihazona azy ireo ankoatra Azy. Fa Izy no be fangorahana, sy Mpamela heloka.

42 - Ary nianiana tamin'i Allah tamim-pianianana hentitra izy ireo, fa raha misy mpampitandrina tonga amin'izy ireo, dia ho voatari-dàlana tsara noho ireo vahoaka hafa izy ireo. Nefa rehefa tonga tamin'izy ireo ny mpampitandrina (Mpaminany), dia vao mainka nampitombo ny fankahalan'izy ireo izany,

43 - noho ny fireharehana teto an-tany, sy ny tetika maloto. Nefa dia izay manao izany ihany no voasaron'ny teti-dratsy ataony. Miandry anjara hafa noho ny an'ireo teo aloha àry ve izy ireo? Nefa dia tsy hahita fanovana amin'ny lalàn'i Allah velively ianao, eny! Tsy hahita fiovana amin'ny lalàn'i Allah mandrakizay.

44 - Tsy mbola nandeha nitety ny tany ve izy ireo, ka tsy nahita izay nahazo ireo niaina talohany, izay natanjaka tokoa noho izy ireo? Ary tsy misy afaka hampihena ny fahefan'i Allah, na any an-danitra na ety an-tany. Fa Mahefa sy Mahalala ny zavatra rehetra Izy.

45 - Fa raha mamaly ny olona amin’izay ataon’izy ireo i Allah, dia tsy hisy zava-manan’aina havelany ho velona mihitsy eto an-tany. Nefa omeny fe-potoana voafaritra izy ireo. Ka rehefa tonga ny fetran’izy ireo (dia hihatra ny famaizana) satria Mahita ireo mpanompony i Allah.

## TOKO:36

## SORATRA: YASINI

## ANDININY:83

## NIDINA TAO MAKKAH

Amin'ny anaran'i Allah,Ilay be indrafo,Ilay be fiantrana

1- Yasin,

2- Mianiana amin'ilay Kor'any feno fahendrena Aho,

3- Hamafisina, fa isan'ireo Iraka tokoa ianao (Mohammad),

4- Anatin'ny làlana mahitsy.

5- Fanambarana avy amin' Ilay Tsitoha sy be indrafo,

6- Mba hampitandremanao vahoaka iray, izay mbola tsy nahazo fampitandremana hatramin'ny razamben'izy ireo, ka dia tsy miraharaha izany izy ireo.

7- Tanteraka tokoa ny teny [sazy famaizana] natao tamin'ny ankamaroan'izy ireo, fa tsy hino izany mihitsy izy ireo.

8- Hasianay gadra-vy eo amin'ny hatony, ka hatreo amin'ny saokany, ary indreny handeha hilanja loha izy ireo.

9- Ary hasianay fefy eo anoloan'izy ireo, ary fefy ihany koa any aoriany, ary hosaronanay izy ireo ka tsy hahita mihitsy.

10- Ary mitovy ihany amin'izy ireo, na hampitandrina azy ireo ianao, na tsy hampitandrina, dia tsy hino mihitsy izy ireo.

11- Tsy mampitandrina ianao afa-tsy izay manaraka ny fampahatsiahivana sy matahotra Ilay be fiantrana na dia tsy hita maso aza. Lazao vaovao mahafaly amin'ny famelan-keloka sy valisoa sesehena ho azony izy ireo.

12- Hamafisina, fa Izahay tokoa no manangana ireo maty, ary manoratra izay nataon'izy ireo amin'ny fiainany any an-koatra, sy ny vokatr'izany. Ary noraiketinay an-tsoratra ny zava-drehetra.

13- Omeo fanoharana ho azy ireo ny mponin'ny tanàna iray, rehefa tonga teo aminy ireo Iraka.

14- Rehefa nandefasanay Iraka roa tamin'izy ireo, dia nilaza izy ireo fa mpandainga izy roa ireo, ary nohamafisinay tamin'ny Iraka fahatelony, ka nilaza izy ireo hoe: "Hamafisina, fa izahay dia Iraka nalefa ho aminareo tokoa".

15- Nefa hoy izy ireo hoe: "Olombelona tahaka anay ihany ianareo. Ary tsy nampidina na inona na inona Ilay be fiantrana, fa ianareo dia olona mandainga fotsiny".

16- Nilaza ireo Iraka hoe: "Ny Tomponay dia mahalala, fa nalefa ho anareo tokoa izahay".

17- “Ary ny hany anjaranay, dia ny fampitàna mazava tsara ny hafatra fotsiny”.

18- Nilaza izy ireo hoe: “milaza loza ny fahitanay anareo. Raha tsy mitsahatra amin’izany ianareo, dia ho torahanay vato tokoa, ary hahazo famaizana mamirifiry avy Aminay tokoa ianareo”.

19- Namaly izy ireo hoe: “avy aminareo ihany ny lozanareo. Tahak’izany ve no ataonareo rehefa ampahatsiahivina? Tena vahoaka mpihoa-pefy tokoa ianareo”.

20- Ary nisy lehilahy iray avy amin’ny faran’ny tanàna tonga, ka niteny hoe: “Ry vahoakako! Aoka ianareo hanaraka ireo Iraka,

21- Manaraha izay tsy mangataka tambiny aminareo ianareo, sady ao anatin’ny làlana mahitsy.

22- Ary inona moa no handrara ahy tsy hanompoako Ilay nahary ahy? Nefa any Aminy no tsy maintsy hamerenana anareo.

23- Moa haka zanahary hafa ankoatra Azy ve aho? Raha te-hanao ratsy ahy Ilay be fiantrana, dia tsy hahasoa ahy ny fanelanelanan’izy ireo, sady tsy afaka hanavotra ahy izy ireo.

24- Raha izany, dia tena ao anatin’ny fahaverezana miharihary tokoa aho.

25- Mino ny Tomponareo aho, koa mba henoinareo àry aho”.

26- Dia nolazaina taminy hoe: “Midira ao amin’ny Paradisa ianao”, ka nilaza izy hoe: “Raha mba fantatry ny vahoakako mantsy!

27- Ka namela ahy noho izany ny Tompoko, ary nataony ho isan’ireo manamboninahitra.

28- Ary taoriany, dia tsy nampidina miaramila avy tany an-danitra mihitsy Izahay, ary tsy nampidina na inona na inona tamin'ny vahoakany intsony.

29- Hiaka tokana fotsiny, dia indro fa maty daholo izy ireo.

30- Indrisy ho an'ireo mpanompo! Tsy nisy Iraka tonga tamin'izy ireo ka tsy novazivaziany.

31- Moa tsy hitan'izy ireo ve, fa firifiry ny taranaka talohan'izy ireo no naringanay, izay tsy hiverina intsony eo amin'izy ireo mandrakizay?

32- Ary ny rehetra, dia tsy maintsy hiseho avokoa eo anatrehanay, tsy misy ankanavaka.

33- Ary porofo iray ho azy ireo, dia ny tany izay efa maty omenay aina indray, ka hampitsirianay ny voa izay hohanin'izy ireo.

34- Nasianay zaridaina avy amin'ny hazona antrendry sy voaloboka ao, ary nasianay loharano miboiboika,

35- Mba hihinanan'izy ireo ny voankazony, sy izay vokatry ny asan-tánany. Moa tsy hahay hankasitraka ve izy ireo?

36- Voninahitra ho an'Ilay nahary ny zava-boahary rehetra tsiroaroa avy, izay nampanirian'ny tány, sy avy amin'ny tenan'izy ireo koa, ary avy amin'izay tsy fantatr'izy ireo!

37- Ary porofo iray ho azy ireo ny alina, esorinay avy aminy ny andro, ka indro izy ireo ao anatin'ny haizina tanteraka,

38- Ary ny masoandro dia misosa mankany amin'ny toerana izay natokana ho azy, toy izany no fandaharana nataon'Ilay Tsitoha, Ilay mahalala tanteraka ny zava-drehetra.

39- Ary ny volana, dia noferanay ny fiovaovany, mandra-piverenany tahaka ny rantsan-kazona antrendry antitra.

40- Tsy afaka hahatratra ny volana ny masoandro, na handeha hialoha ny andro ny alina, fa samy misosa amin'ny faritra misy azy avy ny tsirairay.

41- Ary ny famantarana iray ho azy ireo ihany koa, dia ny nitondranay ny taranak'izy ireo tamin'ny sambofiara feno,

42- Ary dia noharianay mitovy amin'izany izy ireo ka niakatra taminy [tao anatin'ilay sambofiara].

43- Ary raha sitrakay, dia narendrikay izy ireo, ka tsy hisy mpamonjy intsony, ary tsy ho voavonjy mihitsy izy ireo.

44- Raha tsy noho ny famindram-po avy Aminay, sy ho fahafinaretana mandritra ny fotoana voafetra.

45- Ary raha ilazana izy ireo hoe: "Aoaka ianareo hatahotra izay eo anoloanareo, sy izay aorianareo, mba hahazoanareo famindram-po".

46- Nefa dia tsy nisy porofo tonga teo amin'izy ireo, tamin'ireo porofo avy tamin'ny Tompony, ka tsy nomen'izy ireo lamosina

47- Ary raha tenenina izy ireo hoe: “Manaova fandaniana ianareo amin'ny anjara izay nomen'i Allah anareo”. Dia hilaza amin'ny mpino ireo izay tsy mpino hoe: “Moa ve izahay no hampihinana olona izay azon'i Allah hampihinanina, raha sitrany izany? Tena anatin'ny fahaverezana miharihary tokoa ianareo”.

48- Ary hoy izy ireo hoe: “Rahoviana izany fampanantenana izany, raha mpilaza ny marina tokoa ianareo?”

49- Tsy miandry raha tsy hiaka tokana ihany izy ireo, izay ho tonga amin'izy ireo, nefa izy ireo dia mbola anatin'ny fifandirana tanteraka.

50- Tsy afaka hanao didim-pananana intsony izy ireo, na koa hiverina any amin'ny fianakaviany.

51- Ary ho tsofina ny trompetra, ka indro fa hivoaka avy ao am-pasana izy ireo, ka ho any amin'ny Tompony,

52- Sady hiteny izy ireo hoe: “Loza ho anay! Iza no nampitsangana anay avy tao amin'ny toerana fatorianay?”. Izany dia fampanantenan'Ilay be fiantrana, ary marina izay voalazan'ireo Iraka.

53- Tsy hisy raha tsy hiaka tokana ihany, dia indro fa hiseho eo anatrehanay izy rehetra.

54- Amin'izany andro izany, dia tsy hisy ho voambaka mihitsy. Ary tsy hisy valin-kasasarana ho anareo raha tsy araka ny asa izay nataonareo ihany.

55- Amin'izany andro izany, dia ho variana amin'ny fahasambarana azon'izy ireo ny olon'ny Paradisa.

56- Eo ambany alokaloka izy ireo sy ny vadiny, mitehin-kiho eo ambony seza lava.

57- Hahazo voankazo izy ireo ao, ary hahazo izay rehetra tadiaviny.

58- Fandriampahalemana! (Salam) no teny avy amin'ny Tompo be Indrafo.

59- Ary miataha lavitra ianareo amin'izany andro izany! Ry Mpanao heloka be vava!

60- Moa tsy efa nifanaiky taminareo ve Aho, ry taranak'i Adama, mba tsy hanompo ny devoly? Satria fahavalo miharihary ho anareo tokoa izy.

61- Fa hanompo Ahy ianareo? Izany no làlana mahitsy.

62- Ary efa namery andiany maro taminareo tokoa izy. Ka moa tsy misaina ve ianareo?

63- Indro ny afobe izay nampanantenaina anareo.

64- Midira ao ianareo androany, noho ny tsy finoanareo.

65- Amin'izany andro izany, dia hidianay ny vavan'izy ireo, fa ny tànan'izy ireo no hiresaka Aminay, ary ny tongotr'izy ireo no hijoro vavolombelona amin'izay nataony.

66- Ary raha sitrakay, dia nokosehinay tokoa ny mason'izy ireo, ka hihazakazaka teny amin'ny làlana izy ireo. Fa ahoana àry no fomba hahiratan'izy ireo?

67- Ary raha sitrakay, dia novainay ny endrika aman-toetran'izy ireo eo amin'ny toeran'izy ireo, ka tsy afaka handroso na hihemotra intsony izy ireo.

68- Ary izay omenay andro lava hiainana, dia hataonay miha osa izy. Moa tsy misaina ve izy ireo?

69- Ary tsy nampianarinay tononkalo izy [Mohammad], sady tsy mendrika azy mihitsy izany. Tsy inona izy ity, fa fampahatsiahivana sy vakiteny mazava (**Kor'ány**).

70- Mba hampitandremany izay velona, ary ho tanteraka amin'ireo tsy mpino ny teny [Famaizana].

71- Moa tsy hitan'izy ireo ve, fa Izahay no nahary ho azy ireo, avy tamin'izay nataon'ny Tànanay, ny biby fiompy maro, ka lasa fananan'izy ireo izany.

72- Ary dia nataonay eo ambany fiadidian'izy ireo izany, ka misy amin'izy ireo no fitaingenany, ary misy koa amin'izy ireo natao fihinana.

73- Ary mbola manana tombontsoa hafa ihany koa izy ireo amin'izany, sy hataony zava-pisotro. Ka moa tsy mba mahay mankasitraka ve izy ireo?

74- Nefa dia naka zanahary hafa ankoatra an'i Allah izy ireo, mba hanantena famonjena

75- Izy ireny anefa dia tsy afaka hanavotra azy ireo, fa hamorona miaramila hanohitra azy ireo aza.

76- Koa aoka áry tsy hampalahelo anao ny tenin'izy ireo! Satria hamafisina, fa fantatray izay afeniny sy izay ahariharin y.

77- Moa tsy hitan'ny olombelona ve, fa Izahay tokoa no nahary azy, avy tamin'ny tsirinaina indray mitete? Kanefa indro izy no lasa mpanohitra miharihary.

78- Ary nanome fanoharana iray taminay izy, kanefa hadinony ny nahariana azy, ka hoy izy hoe: "Iza no hanome aina indray ireo taolana rehefa lasa vovoka?"

79- Lazao hoe: "Ilay Nahary azy ireo tamin'ny voalohany, no hanome azy ireo aina indray, ary fantany avokoa ny zava-boahary rehetra".

80- Ilay nanao ny afo ho anareo avy amin'ny hazo maitso, ka indro fa mandrehitra afo avy amin'izany ianareo.

81- Moa tsy afaka hahary mitovy amin'izy ireo ve, Ilay nahary ny lanitra sy ny tany? Mifanohitra amin'izany tokoa, fa Izy no Ilay Mpahary tonga lafatra, Ilay mahalala ny zavatra rehetra.

82- Raha milaza zavatra iray Izy, dia mibaiko amin'ny teny manao hoe: "Misia",dia misy tokoa izany.

83- Koa Voninahitra anie ho an'Ilay mitána ny fanjakan'ny zava-drehetra eo ampelan-tánany! Ary any Aminy no hamerenana anareo.

**TOKO :37**
**SORATRA: IREO NALAHATRA**
**(As-SWAFFATI)**
**ANDININY:182**
**NIDINA TAO MAKKA**

Amin'ny anaran'i Allah,Ilay be indrafoIlay be fiantrana

1- Mianiana amin'ireo izay nalahatra amin'ny laharana Aho,
2- Sy amin'ireo izay manosika mafy (ireo rahona),
3- Ary amin'ireo izay mamaky ho fampahatsiahivana (Kor'ány):
4- "Hamafisina, fa tokana ny Zanaharinareo,
5- Ilay Tompon'ny lanitra sy ny tany, sy izay eo anelanelany, ary Tompon'ireo fiposahan'ny masoandro".
6- Hamafisina, fa Izahay no nampihaingo ny lanitra akaiky indrindra amin'ny ravak'ireo kintana,
7- Mba ho fiarovana amin'ny satana mpikomy rehetra,
8- Tsy afaka hihaino ireo manan-kaja ambony intsony izy ireo, satria ho torahana izy ireo avy amin'ny lafim-pitodihana rehetra,
9- Sady ho voatosika. Ary hahazo famaizana tsy manam-pahataperana izy ireo.
10- Afa-tsy izay mihaino an-tsokosoko, dia hanenjika azy ny potika kintana mandoaka.
11- Anontanio àry izy ireo, moa ve izy ireo no tena sarotra amboarina indrindra noho izay noharianay? Fa fotaka madity no noharianay azy ireo.
12- Nefa gaga ianao, ary maneso izy ireo.
13- Ary rehefa ampahatsiahivina (ny Kor'ány) izy ireo, dia tsy mandray izany.
14- Ary rehefa mahita famantarana izy ireo, dia manao izay hanesoana izany.
15- Ary miteny izy ireo hoe: "Majika miharihary ihany izany".
16- Rehefa maty izahay, ary lasa vovoka sy taolana, dia mbola hovelomina indray ve?
17- Toy izany koa ve ireo razambenay teo aloha?
18- Dia lazao hoe: "Eny! Ary ho ambany tokoa ianareo".
19- Tsy hisy afa-tsy hiaka tokana ihany, dia indro izy ireo fa hijery.
20- Ka hiteny izy ireo hoe: "Loza ho anay! Tonga ny andro hanomezana ny valin-kasasarana".
21- "Izany no andro fitsarana, izay nolazainareo fa lainga".
22- "Angoninareo ireo izay nanao ny tsy rariny sy ny vadin'izy ireo, ary izay rehetra notompoiny,
23- Ankoatra an'i Allah. Dia tarihinareo mankany amin'ny làlan'ny afobe mivaivay izy ireo.
24- Ary ajanony izy ireo, fa tsy maintsy hanontaniana".
25- "Nahoana àry ianareo no tsy mifamonjy?"

26- Nefa amin’izany andro izany, dia hanaiky tanteraka izy ireo,

27- Ary hifampitodika, ka hifanontany izy ireo,

28- Hiteny izy ireo hoe: “Tonga taminay tamin’ny fanehoana ny tsara ianareo”.

29- Dia hoy izy ireo hoe: “ianareo koa aza tsy nino”.

30- Ary izahay dia tsy nanana fahefana taminareo. Fa ianareo kosa dia efa vahoaka mpihoa-pefy.

31- Ka dia tanteraka aminay àry izao ny tenin’ny Tomponay, ka hanandrana (famaizana) tokoa izahay

32- Nofitahinay tokoa ianareo, fa raha ny marina, dia izahay mihitsy no efa very lálana.

33- Ary amin’izany andro izany, dia hitambatra ao anatin’ny famaizana izy rehetra.

34- Tahaka izany tokoa no hanaovanay ireo mpanao heloka bevava.

35- Rehefa tenenina amin’izy ireo hoe: “Tsy misy Zanahary hafa afa-tsy Allah”, dia nanambony tena izy ireo”.

36- Ary niteny hoe: “Moa ve izahay no hamela ireo zanaharinay noho ny mpanao tononkalo adala?”

37- Nefa tonga niaraka tamin’ny fahamarinana izy, ary nanamarina ireo Iraka (taloha).

38- Marina tokoa fa ianareo dia tena hanandrana ny famaizana mangirifiry.

39- Ary tsy homena valin’asa ianareo raha tsy araka ny asa nataonareo ihany, 261

40- Afa-tsy ireo mpanompon’i Allah izay voafidy.

41- Ho azy ireny ny valin-kasasarana tena efa fantatra;

42- Voankazo maro, ary homen-kaja izy ireo,

43- Ao amin’ireo zaridainan’ny fahasambarana.

44- Eo ambonin’ireo farafara, mifanatrika.

45- Entina mitety azy ireo ny kaopy feno rano avy amin’ny loharano.

46- Fotsy, ankafizin’ireo mpisotro azy.

47- Tsy misy hahavery (ny sainan’izy ireo) ao, ary tsy hahamamo azy ireo izany.

48- Ary izy ireo dia hanana vehivavy tsara manana fijery maotina baribary maso.

49- Izy ireo dia tahaka ny atody voatahiry tsara.
50- Ary avy eo, ny sasany amin’izy ireo dia hitodika amin’ny ankilany, hifanontany.

51- Hiteny ny iray amin’izy ireo hoe: “Izaho dia nanana namana,

52- Izay niteny hoe: “moa ve ianao tena anisan’ireo mpino?”

53- “Moa ve raha maty isika ary lasa vovoka sy taolana, dia mbola ho tsaraina?”

54- Hiteny izy hoe: “Moa ve ianareo mba te-hitazana avy aty ambony?”

55- Dia nijery avy eny ambony izy, ka nahatazana azy teo afovoan’ny afobe,

56- Ary hiteny izy hoe: “Mianiana amin’i Allah aho! Fa saika noverezinao aho!”

57- Ary raha tsy noho ny fahasoavan’ny Tompoko, dia tena anisan’ireo tao (anatin’ny afobe) koa aho.

58- Moa ve marina fa tsy ho faty isika,

59- Afa-tsy ny fahafatesantsika tamin’ny voalohany, ary tsy ho faizina isika?”

60- Marina fa izany tokoa ilay fahombiazana lehibe.

61- Ho an’ny zavatra toy izany no tokony hiasan’ireo izay miasa.

62- Moa ve tsy izany no mendrika kokoa ho fonenana, sa ny hazon’ny Zakkom[105]

63- Marina fa Izahay dia nanao izany ho fitsapana ho an’ireo mpanao ny tsy rariny.

64- Izany dia hazo izay mivoaka avy any amin’ny farany ambany amin’ny afobe.

65- Ireo voany dia tahaka ny lohan’ireo satana.

66- Tsy maintsy mihinana amin’izany izy ireo, ary hameno ny kibony.

67- Manaraka izany, dia hisy avy eny ambony ny fifangaroan-drano ratsy mangotraka, ho an’izy ireo.

68- Avy eo ny fiverenan’izy ireo dia mankany amin’ny afobe (Djahim)

69- Izy ireo dia nahita ireo razambeny tao anatin’ny fahaverezana,

70- Koa indro izy ireo mihazakazaka manaraka ny dian’izy ireo.

71- Ary izany no tena nahavery ny ankamaroan’ireo efa tranainy, talohan’izy ireo.

72- Ary efa nalefanay tokoa tamin’izy ireo ny mpampitandrina maro.

73- Ka jereo àry, fa nanao ahoana ny fiafaran’ireo izay nahazo fampitandremana!

74- Afa-tsy ireo mpanompon’i Allah izay voafidy.

75- Ary efa niantso anay tokoa i Noa, fa izahay no mpamaly ny antso tsara indrindra.
76- Ary navotanay, izy sy ny fianakaviany, tamin’ny tebiteby lehibe.

77- Ary nataonay ny taranany no hany sisa tavela.

78- Ary nataonay ho mandrakizay eo amin’ny taranaka amam-para ny fahatsiarovana azy.

79- Fiadanana ho an’i Noa eo amin’ izao tontolo izao!

---

[105]Zakkom: Hazo any anatin’ny afo-be, manana voa izay mangidy sy mamparikoriko.

80- Tahaka izany no hanomezanay valisoa ireo mpanao ny tsara.

81- Tena marina fa izy, dia isan'ireo mpanomponay mpino.

82- Manaraka izany dia narendrikay ireo sasany.

83- Ary anisany mpiray finoana aminy tokoa i Ibrahim (Abrahama)

84- Raha tonga tamin'ny Tompony izy amin'ny fò madio.

85- Rehefa niteny izy tamin'ny rainy sy ny vahoakany hoe: "Inona no tompoinareo?

86- Mitady zanahary maro hafa ivelan'i Allah ve ianareo?

87- Inona àry ny hevitrareo momba ny Tompon'izao tontolo izao?"

88- Avy eo, dia nanopy maso izy ka nijery ireo kintana,

89- Sady niteny izy hoe: "Marina tokoa fa marary aho"

90- Nitodi-damosina azy izy ireo dia nandeha (ireo mpanompo sampy).

91- Dia nizotra moramora nankany amin'ny sampin'izy ireo izy, ary niteny hoe: "Moa ve tsy mihinana ianareo?

92- Fa inona no tsy mampiteny anareo?"

93- Avy eo, nokapohiny antsokosoko izy ireo, tamin'ny tànany havanana.

94- Tamin'izany dia nanatona azy am-pihazakazahana ireo olona.

95- Niteny (tamin'izy ireo) izy hoe: "Moa ve ianareo dia manompo izay (sary) nosokirinareo ihany,

96- Nefa i Allah no nahary anareo sy izay ataonareo?"

97- Niteny izy ireo hoe: "Hanamboary fata-mihiboka (lafaoro) ho azy ka atsipazo ao anatin'ny afo mamaivay izy.

98- Nila nanao teti-dratsy taminy izy ireo; ka nataonay latsaka ambany indrindra izy ireo.

99- Ary niteny izy hoe: "Izaho, dia handeha any amin'ny Tompoko ary hitari-dàlana ahy Izy.

100- Tompo ô! Omeo taranaka mba ho anisan'ireo mpanao soa aho"

101- Nolazainay vaovao mahafaly izy fa hahazo zazalahy be fangoraham-po.

102- Ary rehefa nahatratra ny taona ahafahany mandeha miaraka aminy izy, dia niteny (Ibrahimo) hoe: "Anaka, izaho dia nahita tamin'ny nofy fa nanao sorona anao. Ka jereo àry ahoana ny fahitanao izany". Niteny (Ismaely) hoe: "Ry dada ô! Ataovy izay nandidiana anao, fa ho hitanao aho, raha sitrak'i Allah, fa anisan'ireo manam-paharetana.

103- Avy eo rehefa nanaiky (ny didin'i Allah) izy roa dia nahohony izy,

104- Ka indro Izahay niantso azy hoe: “Ô ry Ibrahimo!

105- Tena notanterahinao tokoa ny nofy. Tahaka izany no hanomezanay valisoa ireo mpanao asa soa.

106- Izany tokoa no fitsapana tena miharihary.

107- Ary noneranay izy (Ismaely) tamin’ny alalan’ny fanatitra lehibe.

108- Ary nataonay ho mandrakizay eo amin’ny taranaka amam-para ny fahatsiarovana azy.

109- “Fiadanana anie ho amin’i Ibrahimo”.

110- Tahaka izany no hanomezanay valisoa ireo mpanao asa soa;

111- Satria izy dia anisan’ireo mpanomponay mpino.

112- Ary nolazainay azy ny vaovao mahafaly momba an’i Isaka (Ishaka), izay ho mpaminany anisan’ireo olo-mendrika.

113- Ary nohasoavinay izy sy Isaka. Ary misy amin’ny taranak’izy ireo ny mpanao asa tsara sy ny mpanao ny tsy rariny miharihary amin’ny tenany.

114- Ary efa nomenay tombontsoa i Mosa (Mosesy) sy Harona,

115- Ary navotanay izy roa sy ny vahoakany, tamin’ny tebiteby lehibe.

116- Ary novonjenay izy ireo. Ka dia izy ireo no mpandresy.

117- Ary nomenay azy roa ny Boky mazava.

118- Ary notarihinay amin’ny làlana mahitsy izy roa,
119- Ary nataonay ho mandrakizay eo amin’ny taranaka amam-para ny fahatsiarovana azy roa.

120- “Fiadanana anie ho amin’i Mosa sy Harona”.

121- Tahaka izany no hanomezanay valisoa ireo mpanao asa soa

122- Tena marina fa, izy roa dia anisan’ireo mpanomponay mpino.

123- Ary marina fa, Ilyasa (Elia) dia anisan’ireo Iraka.

124- Rehefa niteny tamin’ny vahoakany izy hoe: “Moa ve tsy matahotra ianareo?”
125- Mitalaho amin’i Baal ve ianareo? Ary avelanareo Ilay Tsara indrindra amin’ireo mpahary,

126- I Allah no Tomponareo sy Tompon’ireo razambenareo taloha.

127- Ka nolazain’izy ireo ho mpandainga izy, tena marina fa izy ireo dia ho ao (anatin’ny afobe).

128- Afa-tsy ireo mpanompon’i Allah izay voafidy.

129- Ary nataonay ho mandrakizay eo amin'ny taranaka amam-para ny fahatsiarovana azy.

130- "Fiadanana anie ho amin'i Ilyasa sy ireo mpanaraka azy".

131- Tahaka izany no hanomezanay valisoa ireo mpanao asa soa

132- Tena marina fa izy dia anisan'ireo Mpanomponay mpino.

133- Ary tena marina fa i Lota dia anisan'ireo iraka.

134- Rehefa navotanay izy sy ny fianakaviany manontolo,

135- Afa-tsy anti-bavy iray (vadin'i Lota) izay tavela miaraka amin'ireo ho ringana,

136- Avy eo dia nopotehinay ireo sasany.

137- Ary marina fa ianareo dia tena mandalo eo amin'izy ireo amin'ny maraina,

138- Sy amin'ny alina. Moa ve tsy mba misaina ianareo?

139- Ary marina fa i Yonosa (Jonasy) dia anisan'ireo iraka.

140- Rehefa nandositra tamin'ilay sambo feno izy,

141- Dia nandray anjara tamin'ny antsapaka, ka voatendry ho isan'ny atsipy (anatin'ny ranomasina) izy.

142- Ka natelin'ny trondro izy, fa mendrika omena tsiny.

143- Raha tsy anisan'ireo mpidera ny voninahitr'i Allah izy,

144- Dia tokony ho tavela tao anatin'ny kibony (trondro) mandra-pahatonga ny andro hananganana azy ireo amin'ny maty.

145- Natsipinay teny an-tanety izy, ary izy dia tsy salama.

146- Ary dia nampanirianay voatavo ny teo amboniny.

147- Ary nalefanay izy (ho mpaminany) tany amin'ny vahoaka iray hetsy na mihoatra.

148- Koa nino izy ireo, ary nomenay azy ireo ny fahafinaretana mandritra ny fotoana voafetra.

149- Hametraho fanontaniana àry izy ireo: "Moa ve ho an'ny Tomponao ireo zaza vavy, ary ho azy ireo ny zaza lahy?

150- Na noharianay ho vavy ireo Anjely, ary izy ireo ve no vavolombelona?"

151- Marina fa izy ireo dia niteny tamin'ny lainga nataon'izy ireo hoe:

152- "Nanan-janaka i Allah"; ary marina fa izy ireo dia tena mpandainga!

153- Moa ve tsy nisafidy ireo zaza vavy Izy noho ireo zaza lahy?

154- Nahoana àry ianareo no mitsara toy izany?

155- Moa tsy mieritreritra ve ianareo?

156- Sa manana porofo mazava ianareo?

157- Ento àry ny Bokinareo raha toa ka marina ny anareo.

158- Ary nataon'izy ireo misy rohim-pihavanana eo Aminy sy ireo Djiny; nefa efa fantatr'ireo Djiny fa izy ireo dia tena ho ao (amin'ny afobe).

159- Voninahitra anie ho an'i Allah, noho izay hamaritan'izy ireo Azy,

160- Afa-tsy ireo mpanompon'i Allah izay voafidy.

161- Marina fa ianareo sy izay tompoinareo,

162- Dia tsy afaka maka fanahy (na iza na iza) ianareo amin'izany,

163- Afa-tsy izay hiditra ao anatin'ny afobe (Djahim).

164- Tsy misy na dia iray aza aminay, ka tsy manana toerana efa fantatr

165- Ary izahay (Anjely) dia tena milahatra araka ny laharana

166- Ary izahay no tena mpidera ny voninahitr'i Allah

167- Ary izy ireo dia tena manana fahazarana miteny hoe:

168- "Raha nanana fampahatsiahivana avy tamin'ny razambenay izahay,

169- Dia tena efa lasa mpanompo voafidin'i Allah izahay!"

170- Tsy nino izany izy ireo, ka dia ho fantatr'izy ireo tsy ho ela izany.

171- Ary efa nomenay ireo Iraka Mpanomponay ny Teninay,

172- Fa izy ireo no tena hahazo ny fanavotana,

173- Ary ny miaramilanay no tena ho mpandresy.

174- Ary miataha azy ireo ianao (ry Mohammad), mandra-pahatongan'ny fotoana vitsivitsy;

175- Ary araho maso izy ireo, fa tsy ho ela dia hahita izy ireo!

176- Moa ve ny famaizanay no tadiavin'izy ireo ho hafainganina?

177- Fa raha ho latsaka amin'ny toeran'izy ireo izany, dia ho ratsy tokoa ny marainan'ireo izay nampitandremina!

178- Ary miataha azy ireo ianao (ry Mohammad), mandra-pahatongan'ny fotoana vitsivitsy;

179- Ary araho maso; fa tsy ho ela dia hahita izy ireo!

180- Voninahitra anie ho an'ny Tomponao, Ilay Tompon'ny Hery, noho izay hamaritan'izy ireo Azy.

181- Ka fiadanana anie ho amin'ireo Iraka,

182- Ary Dera ho an'i Allah, Tompon'izao tontolo izao!

**TOKO FAHA:38**
**SORATRA:SWAD**
**ANDININY:88**
**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Swád, Mianiana amin'ny Kor'ány, izay manana laza amam-boninahitra Aho!

2- Raha ny tena marina,dia ireo izay tsy nino dia ao anatin'ny fiavonavonana sy fizarazarana tanteraka.

3- Firifiry tamin'ny taranaka talohan'izy ireo no naringanay, ka nihiaka mafy izy ireo, tamin'ny fotoana efa tsy azo nandosirana intsony?

4- Ary gaga izy ireo (ireo mponin'i Makka) fa misy mpampitandrina avy tao amin'izy ireo ihany no tonga tamin'izy ireo, ary niteny ireo tsy mpino hoe: "Io dia mpanao majika, tena mpandainga.

5- Moa ve hataony ho zanahary tokana ireo zanahary? Tena marina fa izany dia zavatra mahagaga tokoa".

6- Ary lasa ireo loholona tamin'izy ireo sady niteny hoe: "Mandehana ianareo, ary mahareta amin'ireo zanaharinareo, satria izany tokoa no zavatra tena irina.

7- Tsy mbola naheno izany izahay tamin'ny finoana teo aloha (Kristianisma), tsy inona izany fa zavatra noforonina fotsiny.

8- Izy ve no nampidinana ny fampahatsiahivana teo amintsika?" Raha ny tena marina, dia ao anatin'ny ahiahy izy ireo momba ny fampahatsiahivako. Raha ny tena marina, dia mbola tsy nanandrana ny famaizana avy Amiko izy ireo!

9- Sa izy ireo ve no mitazona ireo tahiry sarobidin'ny Famindram-pòn'ny Tomponao, Ilay Mahery, Ilay Mpanome Mendrika indrindra?

10- Sa azy ireo ve ny fanjakan'ireo lanitra sy ny tany sy izay eo anelanelan'izy ireo? Aoka àry hiakatra any izy ireo, amin'ny fomba izay azony atao rehetra!

11- (Izy ireo dia) tafika avy amin'ny antoko maro mitambatra, izay mbola eto an-toerana ihany dia efa resy!

12- Efa nampandainga talohan'izy ireo, ny vahoakan'i Noa, ireo Aad, sy i Faraona izay nanana fanjakana matanjaka.

13- Ary ireo Tamody, sy ny vahoakan'i Lota, ary ireo olon'ny Aïkat. Izy ireny no antoko maro mitambatra.

14- Tsy nisy na dia iray aza tamin'izy ireo, afa-tsy nampandainga ireo Iraka, ka tanteraka tamin'izy ireo ny sazy avy Amiko.

15- Ary tsy miandry izy ireo afa-tsy hiaka tokana ihany, tsy misy fiverimberenana.

16- Ary niteny izy ireo hoe: "Tomponay ô! Hafaingano aminay ny anjaranay, alohan'ny andro Fitsarana".

17- Mahareta ianao amin'izay tenenin'izy ireo; ary tsarovy ny mpanomponay, Daoda (Davida) izay nanana fahatanjahana (tamin'ny fanompoana), tena marina fa izy dia tena mpibebaka (amin'i Allah).
18- Izahay dia nanery ireo tendrombohitra hidera ny voninahitr'i Allah, amin'ny hariva sy ny maraina, miaraka aminy, toy izany koa ireo voro-manidina mitangorona, ny rehetra dia maneho ny fankatoavana Azy (Allah).
19- Toy izany ihany koa ireo voromanidina mitangorona,izay samy manaiky Azy (Allah/Zanahary) avokoa.

20- Ary nohamafisinay ny fanjakany, nomenay azy ny fahendrena sy ny fahaizana mitsara.

21- Moa ve tonga aminao ny vaovaon'ireo mpifamaly, rehefa niakatra ny rindrin'ny toeram-pivavahana?

22- Rehefa niditra tao amin'i Daoda izy ireo, dia natahotra azy ireo izy. Niteny izy ireo hoe: "Aza matahotra ianao! Izahay roa dia mpifamaly; ny iray aminay dia nanao fahadisoana tamin'ny anankiray. Ka mba tsarao àry izahay amin'ny fahamarinana, ary aoka ianao tsy hitongilana, ary tariho amin'ny làlana mahitsy izahay.

23- Tena marina fa ity dia rahalahiko, manana ondry vavy sivy amby sivifolo izy, fa izaho kosa dia tsy manana afa-tsy ondry vavy anankiray. Niteny izy tamiko hoe: "Ankino amiko ny fikarakarana azy"; ary nanizingizina tamiko izy, tamin'ny resaka natao".

24- Niteny izy (Daoda): "Tena nanao ny tsy rariny taminao izy tamin'ny fangatahany ilay ondry vavinao ho fanampin'ireo ondriny". Maro amin'ireo olona no mandika ny zon'ny mpiara-miombon'antoka aminy, afa-tsy ireo izay mino sy manao ireo asa soa, kanefa vitsy an'isa ihany izy ireo. Ary i Daoda dia nihevitra fa nitsapa azy Izahay, ka nangataka famelan-keloka tamin'ny Tompony sy niantoraka niankohoka ary nibebaka izy.

25- Namela heloka azy Izahay. Ary tena marina fa hahazo toerana akaiky Anay sy toeram-pialofana mahafinaritra tokoa izy.

26- "Oh ry Daoda, tena marina fa Izahay dia nanao anao ho mpanjaka (Khalifa) eto an-tany. Mitsarà ireo olona àry ianao, araka ny rariny sy ny hitsiny, ary aza manaraka ny hetahetam-pò, fa hampanalavitra anao amin'ny làlan'i Allah izany". Marina fa ireo izay miala amin'ny làlan'i Allah dia hahazo famaizana mahery vaika noho izy ireo nanadino ny Andron'ny Fitsarana.

27- Ary tsy nahary ny lanitra sy ny tany ary izay eo anelanelan'izy ireo ho tsy misy antony Izahay. Izany no eritreritr'ireo izay tsy nino. Loza ho an'ireo izay tsy nino momba ny afo (izay miandry azy ireo).

28- Moa ve hataonay ireo izay nino sy nanao ireo asa soa ho toy ireo mpanao ny asa fanimbana eto an-tany? Na koa hataonay ireo manam-patahorana ho tahaka ireo mpanao asa ratsy?

29- [Indro ny] Boky iray feno tso-drano izay nampidininay taminao, mba handinika izy ireo, amin'ireo andian-teniny, ary mba hieritreritra ireo manana saina matsilo.

30- Ary nomenay an'i Daoda i Solaimana (Salômôna), mpanompo tsara tokoa izy! Marina fa izy dia tena mpibebaka!

31- Rehefa naseho taminy, indray tolakandro, ireo soavaly mpihazakazaka tsara tarehy,

32- Niteny izy hoe: “Tena marina fa nitia ny zava-tsara (eto ambonin’ny tany) aho ka saika nanadino ny fahatsiarovana ny Tompoko hatramin’ny filentehan’ny masoandro.

33- Averenonareo aty amiko izy ireo”. Dia notapahiny ireo tongony sy ireo vozony.

34- Ary efa notsapainay tokoa i Solaimana, ka natsipinay tamin’ny sezany ny vatana[106] iray, avy eo dia nibebaka izy.

35- Niteny izy hoe: “Tompo ô! Mamelà ahy Ianao, ary omeo fanjakana aho, izay tsy misy na dia iray aza mendrika hahazo izany any aoriako. Marina fa Ianao Ilay be fanomezana”.

36- Nataonay teo ambany fahefany ny rivotra izay mitsioka malefaka araka ny baikony, mankany amin’ny toerana rehetra izay tiany.

37- Ary koa ireo satana izay mpanorina trano sy mpilentika an-drano isan-karazany.



38- Ary ny sasany hafa, izay voafatotra tsiroaroa amin’ny rojo.

39- “Izany no fanomezana avy Aminay; zarao, na koa tazòny, tsy hisy tatitra hataonao ny amin’izany”.

40- Ary marina fa hahazo toerana akaiky izy eo Aminay, sy toeram-pialofana mahafinaritra ihany koa.

41- Ary tsarovy ny mpanomponay Ayoba (Joba), rehefa niantso ny Tompony izy, dia nanao hoe: “Nofaizin’ny satana aho tamin’ny fahorianana sy fijaliana”.

42- Kapohy amin’ny tongotrao (ny tany) dia indro rano mangatsiaka hisasanao, sy ho sotroinao.

43- Ary natolotray azy indray ny fianakaviany, ka tahaka izany koa no niaraka tamin’izy ireo, noho ny famindram-po avy Aminay sy fampatsiahivana ho an’ireo izay manan-tsaina.

44- “Mandraisa rantsan’ny hazo palma iray fehezana amin’ny tànanao ianao, avy eo kapohy amin’ny alàlan’izany izy (ny vadinao), ary aza mivadika amin’ny fianiananao”. Marina fa Izahay dia nahita azy naharitra. Endrey fa mpanompo mendrika tokoa izy! Mibebaka lalandava izy.

45- Ary tsarovinao ireo mpanomponay Ibrahimo, Isaka, Jakoba izay natanjaka tamin’ny fanompoana sy nahiratra.

46- Tena marina fa nataonay nanana fiavahana manokana izy ireo, ny fampahatsiahivana ny any an-koatra.

47- Ary tena marina fa, izy ireo eo akaikinay, dia anisan’ireo olom-boafidy mendrika indrindra.

48- Ary tsarovy Ismaela, i Elize (Al-Yassa) sy i Zol-Kifl, ny tsirairay amin’izy ireo dia samy anisan’ireo mendrika indrindra.

49- Izany dia fampahatsiahivana. Ary marina fa ho an’ireo manam-patahorana ny toeram-pialan-tsasatra mendrika indrindra:

50- Ireo zaridainan’i Edena, misokatra ho azy ireo ny varavarana maro,

---

[106]Vatana: zaza sembana.

51- Ka mitehin-kiho izy ireo ao, no sady mangataka voankazo maro sy zava-pisotro isan-karazany.
52- Ary eo akaikin'izy ireo dia hisy ireo vehivavy tsara tarehy manana fijery maotina, mitovy taona avokoa izy rehetra.

53- Izany no hampanantenaina anareo ho amin'ny Andron'ny Fitsarana.

54- Izany tokoa no anjara fanomezana avy Aminay, tsy manam-pahataperana.

55- Indro àry! Ary tena marina fa ho an'ireo mpihoa-pefy ny toeram-pialan-tsasatra ratsy indrindra:

56- Ny Afobe (Jahannama) izay handoro azy ireo. Endrey izany haratsian'ny fandriana!

57- Indro àry! Fa aoka hanandrana ny rano mangotraka sy maimbo ao izy ireo,

58- Sy karazana sazy hafa mitovy amin'izany.

59- Indro fa misy andiany iray izay miditra amim-pirotorotoana miaraka aminareo, tsy misy fiarahabana tongasoa ho azy ireo. Fa hodorana ao anatin'ny Afobe izy ireo.

60- Niteny izy ireo hoe: "Raha ny tena marina dia tsy misy fiarahabana tongasoa ho anareo. Ianareo no nanomana izany ho anay", endrey izany haratsian' ny toeram-pijanonana!

61- Hiteny izy ireo hoe: "Ry Tomponay ô! Izay nanomana izany ho anay dia ampitomboy aminy ho avo roa heny ny famaizana ao anatin'ny Afobe".

62- Hiteny izy ireo hoe: "Nahoana izahay no tsy mahita ireo olona izay noheverinay ho anisan'ireo olon-dratsy?"

63- Moa ve Izahay no namazivazy azy ireo (amim-pahadisoana), sa tsy tazanay maso izy ireo?"

64- Izany tokoa no tena marina amin'ny fifandiran'ireo olon'ny Afobe.

65- Teneno hoe: "Tsy inona aho fa Mpampitandrina ihany. Ary tsy misy zanahary hafa ivelan'i Allah, Ilay Tokana, Ilay Tompom-pahefana,

66- Tompon'ireo lanitra sy ny tany ary izay eo anelanelan'izy ireo, Ilay Mahery, Ilay be Fandeferana".

67- Teneno hoe: "Ity (Kor'any ity) dia vaovao lehibe,

68- Nefa ianareo dia mitodi-damosina aminy.

69- Izaho dia tsy manana fahalalana momba ireo manamboninahitra ambony indrindra raha niady hevitra izy ireo.

70- Ny hany nambara tamiko dia ny hoe mpampitandrina miharihary aho".

71- Rehefa niteny ny Tomponao tamin'ireo Anjely hoe: "Izaho dia hamorona olombelona avy amin'ny tany manga,

72- Ary raha vao vitako amin'ny fomba tonga lafatra izany ka notsofiko taminy ny fofon'aina avy Amiko, miantoraha ka miankohofa eo aminy ianareo".

73- Dia niara-niankohoka avokoa ireo Anjely rehetra,
74- Afa-tsy Iblisa (satana) izay nanambony tena ka lasa anisan'ireo mpikomy izy.

75- Niteny Izy (Allah) hoe: Ô ry Iblisa! Inona no nisakana anao tsy niankohoka teo anatrehan'izay noforoniko tamin'ny tanako roa? Miavonavona ve ianao, sa ianao dia anisan'ireo ambony toerana?"

76- Niteny (Iblisa) hoe: "Izaho no mendrika kokoa noho izy, noforoninao avy tamin'ny afo aho, fa izy kosa dia noforoninao avy tamin'ny tany manga".

77- Niteny Izy (Allah) hoe: "Mivoaha tao ianao, fa ianao dia tena voaozona",

78- Ary hihatra aminao tokoa ny ozona avy Amiko mandra-pahatongan'ny Andro hitsinjarana ny valin'asa".

79- Niteny izy (Iblisa) hoe: "Tompo ô! Mba omeo fotoana aho mandra-pahatongan'ny Andro hananganana azy ireo amin'ny maty".

80- Niteny izy (Allah) hoe: "Anisan'ireo izay omena fe-potoana tokoa ianao,

81- Mandra-pahatongan'ny Andro, izay fotoana efa fantatra.

82- Niteny izy (Iblisa) hoe: "Mianiana amin'ny fahefanao aho! Fa tena hanangoly azy rehetra aho,

83- Afa-tsy izay voafidy amin'ireo mpanomponao".

84- Niteny izy (Allah) hoe: "Tena marina, fa ny marina no teneniko,

85- Tena ho fenoiko anao ny Afobe (Djahannama) sy izay rehetra hanaraka anao amin'izy ireo".

86- Teneno: "Tsy mangataka tambiny aminareo amin'izany aho; ary tsy anisan'ireo mpisandoka.

87- Tsy inona ity (Kor'any) ity,afa-tsy fampahatsiahivana ho an'izao tontolo izao.

88- Ary tena ho fantatrareo tsy ho ela ny vaovao momba izany".

**TOKO:39**
**SORATRA:IREO VONDRONA**
**(Az-ZOMAR)**
**ANDININY : 75**
**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin’ny anaran’i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Ny fampidinana ny Boky dia avy tamin’i Allah, Ilay Tsitoha, Ilay be fahendrena.

2- Hamafisina, fa Izahay no nampidina tamim-pahamarinana ny Boky taminao. Koa tompoy áry i Allah, ary atokano irery ho Azy ny finoana.

3- An’i Allah ny finoana madio, fa ireo izay maka mpiahy hafa ankoatr’Azy kosa, dia milaza hoe: “ny hampanakaiky anay kokoa amin’i Allah no anompoanay azy ireo”. Hamafisina, fa hitsara azy ireo amin’izay mampifanditra azy ireo i Allah. Tsy mitari-dàlana izay mpandainga sy tsy mahay mankasitraka tokoa i Allah.

4- Raha maniry te-hanan-janaka i Allah, dia afaka nisafidy tamin’izay namboariny Izy. Voninahitra anie ho Azy! Fa Izy no Allah, Ilay Tokana, Ilay Mpifehy faratampony.

5- Fa tamim-pahamarinana no nahariany ny lanitra sy ny tány. Mampifandimby ny alina amin’ny andro Izy, ary mampifandimby ny andro amin’ny alina, ary nofeheziny ny masoandro sy ny volana ho samy manohy ny diany tsirairay avy amin’ny tanjona voafetra. Fa Izy no Ilay Tsitoha, Ilay fatra mpamela heloka.

6- Nahary anareo avy tamin’ny vatana tokana Izy, avy eo notsoahiny avy tamin’izany ny vadiny. Ary nampidina biby fiompy valo ho anareo Izy. Nahary anareo tao an-kibon’ny reninareo Izy, fahariana taorian’ny fahariana, tao anatiny haizin’ny fonom-pananahana telo, izany no Allah Tomponareo! Azy ny fanjakana rehetra. Tsy misy Zanahary hafa afa-tsy Izy ihany, ka ahoana àry no iatahanareo Aminy?

7- Raha tsy mino ianareo, dia tsy mila anareo mihitsy i Allah. Tsy mankasitraka ny fikomiana amin’ny mpanompony Izy. Ary raha mahay mankasitraka kosa ianareo, dia mankasitraka anareo koa Izy. Tsy hisy hibaby ny fahotan’ny hafa. Avy eo, dia any amin’ny Tomponareo no hiverenanareo, ka dia hambarany aminareo izay nataonareo, satria Izy no mahafantatra izay raiketin’ny fo.

8- Ary raha misy loza mahazo ny olombelona, dia miantso ny Tompony amim-pibebahana izy. Avy eo, rehefa omeny fahasoavana avy Aminy izy, dia hadinony ny antony niantsoany Azy teo aloha, ka ampitoviany amin’ny hafa i Allah, mba tsy hizoran’ny olona amin’ny làlany. Lazao hoe: “Mifalia amin’ny tsy finoanao mandritra ny fotoana fohy ianao, fa ianao dia anisan’ny olon’ny Afobe”.

9- Izay mifantoka amin’ny fivavahana, mandritra ny alina, miankohaka sy mitsangana, mitandrina ny any an-koatra, ary manantena ny famindram-pon’ny Tompony. Lazao hoe: “Moa mitovy ve ireo izay mahalala sy tsy mahalala?”. Hamafisina, fa ireo manan-tsaina mahiratra ihany no mahatsiaro izany.

10- Lazao hoe: “Ô ry mpanompoko izay mino! Aoka ianareo hatahotra ny Tomponareo”. Izay manao fahatsarana eto an-tany dia hahazo valisoa tsara. Midadasika ny tanin’i Allah, ary hamafisina, fa homena valisoa tsy voatanisa ireo manam-paharetana.

11- Ka lazao hoe: “Voadidy hanompo an’i Allah tokoa aho, ka hivavaka Aminy irery ihany,

12- Ary nodidiana mba ho voalohany amin’ireo mpankato aho”.

13- Lazao hoe: “hamafisina, fa matahotra ny famaizana amin’ny andro mahatsiravina aho, raha tsy mankato ny Tompoko”.

14- Lazao hoe: “Allah no Tompoko, ary Izy irery ihay no hivavahako

15- Tompoy àry izay sitrakareo ho tompoina ankoatra Azy”. Lazao hoe: “ny tena matiantoka, dia ireo izay nanao izay hahavery ny tenany sy ny fianakaviany, amin’ny andro fitsanganana”. Moa tsy izany ve no tena fatiantoka miharihary?

16- Hisy afo matevina eo ambonin’izy ireo sy eo ambaniny. Izany no hampitahoran’i Allah ireo mpanompony. Ry mpanompoko! Matahora Ahy ianareo!

17- Ary izay mihataka ny fanompoan-tsampy, tsy hanompoany azy, ka niverina amin’i Allah, dia ho azy ireo ny vaovao mahafaly! Koa lazao amin’ireo mpanompoko izany,

18- Ireo izay mihaino ny teny, ka manaraka izay tsara indrindra amin’izany, dia izy ireny no hitsian’i Allah làlana, ary izy ireny no matsilo saina tokoa.

19- Moa izay iharan’ny didy famaizana! Ary mbola afaka hanavotra izay ao anaty afo ve ianao?

20- Fa ireo izay matahotra ny Tompony kosa, dia ho any amin’ny rihana ao amin’ny Paradisa, izay misy rihana hafa ao amboniny, ary renirano mikoriana ao ambaniny. Izany dia fampanantenana avy amin’i Allah. Satria tsy mivadika amin’ny fampanantenany i Allah.

21- Moa tsy hitanao ve, fa mampidina rano avy any an-danitra tokoa i Allah, ka alefany amin’ny loharano ao anatin’ny tany izany, avy eo, amin’ny alálan’izany no hampaniriany ny zava-maniry maro, samihafa loko, izay mihamalazo avy eo, ka ho hitanao mihamavo, ary hataony ho potipotika izany. Hamafisina, fa izany dia misy fampahatsiahivana ho an’izay manan-tsaina.

22- Izay nosokafan’i Allah ny fony ho amin’ny fanolorantena ho Azy (miditra Islamo), dia ao anatin’ny hazavana avy amin’ny Tompony izy. Loza ho an’izay mafy fo amin’ny fahatsiarovana an’i Allah. Izy ireny no ho ao anatin’ny fahaverezana tanteraka.

23- Nampidinin’i Allah ny tantara tsara indrindra, dia ilay Boky misy andininy mitovitovy sy miverimberina. Mihoron-koditra amin’izany ireo izay matahotra ny Tompony, avy eo, dia tony ny hodiny sy ny fony amin’ny fahatsiarovana an’i Allah. Izany no tari-dálana avy amin’i Allah, hitarihany izay tiany hotarihana lálana. Fa izay verezin’i Allah kosa, dia tsy hanana mpitarika intsony.

24- Moa izay miaro ny tarehiny amin’ny haratsian’ny famaizana amin’ny andro fitsanganana ve, dia hitovy amin’ireo any amin’ny Paradisa? Ary ho lazaina amin’ireo mpanao ny tsy rariny hoe: “andramo ny vokatr’izay nataonareo”.

25- Nilaza ireo Iraka ho mpandainga ireo talohan’izy ireo, ka tonga taminy tamin’ny tsy nampoiziny ny famaizana.

26- Nampanandraman’i Allah azy ireo ny fahafaham-baraka, tamin’ny fiainana eto an-tány. Mbola lehibe noho izany anefa ny famaizana any an-koatra, raha mba fantatr’izy ireo anefa!

27- Nitanisa fanoharana isan-karazany ho an’ny olombelona Izahay ao amin’ity Kor’ány ity, mba hahatsiarovan’izy ireo.

28- Kor’ány amin’ny fiteny arabo, tsy misy olakolaka, mba hahatonga azy ireo hanam-pahatahorana an’i Allah!

29- Nanome fanoharana i Allah amin’ny lehilahy iray izay an’ny mpiara-miombon’antoka maro tsy mifanaraka, ka mifamaly momba azy izy ireo, sy lehilahy iray an’olona tokana ihany, moa mitovy ve ireo fanoharana roa ireo? Dera ho an’i Allah! Kanefa dia tsy mahafantatra izany ny ankamaroan’izy ireo.

30- Hamafisina, fa ho faty tokoa ianao (Mohammad), ary ho faty ihany koa izy ireo,

31- Avy eo, dia hifanditra eo anatrehan'ny Tomponareo ianareo, amin'ny andro fitsanganana.

32- Iza no mpanao ny tsy rariny indrindra mihoatra izay mamoron-dainga momba an'i Allah, ary milaza fa lainga ny fahamarinana rehefa tonga aminy! Moa tsy any amin'ny Afobe ve no misy toeram-pialofana ho an'ireo tsy mpino?

33- Fa izay tonga miaraka amin'ny fahamarinana kosa, ary nanaiky izany, dia izy ireny no manam-pahatahorana.

34- Hahazo izay rehetra tadiaviny eo anatrehan'ny Tompony izy ireo, izany no valisoan'ireo mpanao asa soa,

35- Mba hamafan'i Allah ny ratsy indrindra nataony, sy hamaliany soa azy ireo, araka izay tsara indrindra nataony.

36- Tsy ampy ho an'ny mpanompony ve i Allah? Kahampitahorin'izy ireo amin'izay ankoatra Azy ianao, fa izay verezin'i Allah làlana, dia tsy hanana mpitarika.

37- Izay tarihin'i Allah làlana, dia tsy misy na iza na iza afaka hamily lálana azy. Moa tsy i Allah no Tsitoha, sy Tompon'ny famalian-keloka?

38- Raha anontanianao izy ireo hoe: "Iza no nahary ny lanitra sy ny tány?". Dia hiteny tokoa izy ireo hoe: "Allah". Lazao hoe: "Moa hitanareo ve izay italahoanareo ivelan'i Allah, raha te-hanisy ratsy ahy i Allah, moa afaka hampitsahatra izany ve izy ireo? Na te-hamindrafo amiko Izy, moa afaka hitazona izany famindram-po izany ve izy ireo?". Lazao hoe: "Ampy ahy i Allah, Aminy no hanakinan' ireo mpiantehatra ny fianteherany".

39- Dia lazao hoe: "Ry vahoakako! Manaova ianareo araka ny fomba fiasanareo, fa izaho koa dia hiasa araka ny fomba fiasako. Tsy ho ela dia ho fantatrareo izany,

40- Amin'iza no hiharan'ny famaizana mahafa-baraka, ary iza no mendrika ny famaizana maharitra?

41- Hamafisina, fa Izahay no nampidina taminao ny Boky, ho an'ny olombelona tamim-pahamarinana. Izay mizotra amin'ny lálana mahitsy, dia ho an'ny tenany ihany, ary izay mivily lálana kosa, dia manao izay hahavery ny tenany ihany koa. Ary tsy tompon'andraikitra velively amin'izy ireo ianao.

42- Allah no mandray ny fanahy amin'ny fotoana hahafatesany (olona), toy izany koa ireo izay mbola tsy maty nandritra ny torimasony. Ary tazoniny izay voadidy ho faty amin'izy ireo, fa haveriny kosa ny hafa hatramin'ny fotoana efa voafetra. Hamafisina, fa misy porofo ho an'ireo olona mieritreritra tokoa amin'izany.

43- Moa nandray mpanelanelana ankoatra an'i Allah ve izy ireo? Dia valio hoe: "Na izy ireo aza tsy manana na inona na inona, no sady tsy misaina akory!"

44- Dia lazao hoe: "An'i Allah ny fanelanelanana rehetra. Azy ny fanjakan'ny lanitra sy ny tány. Ary any Aminy no hamerenana anareo".

45- Ary rehefa ampahatsiahivina ny maha tokana an'i Allah (tsy misy tompo hafa afa-tsy Izy), dia sorena mafy ny fon'ireo izay tsy mino ny fiainana any an-koatra, fa rehefa ampahatsiahivina kosa ireo izay ankoatra Azy, dia indro fa feno hafaliana izy ireo.

46- Lazao hoe: "Ô Allah, Ilay Mpahary ny lanitra sy ny tany, Mpahalala ny miafina sy ny hita-maso, Ianao no hitsara ireo mpanomponao, amin'izay tsy nampitovy hevitra azy ireo".

47- Raha an'ireo mpanao ny tsy rariny izay rehetra misy eto ambonin'ny tany, ary mbola hampiana mitovy amin'izany, dia mba natolony ho takalo hialana amin'ny famaizana ratsy indrindra amin'ny andro fitsanganana izany, ary hiseho amin'izy ireo avy amin'i Allah, izay tsy mbola noeritreretin'izy ireo mihitsy.

48- Ary haseho amin'izy ireo ny ratsy nataony, ka hanarona azy ireo izay noesoiny.

49- Rehefa tra-doza ny zanak'olombelona, dia mitalaho Aminay izy. Avy eo, raha omenay tombontsoa manokana avy Aminay izy, dia hiteny izy hoe: "Avy amin'ny fahaizako ihany izany". Kanefa fitsapana ihany izany, saingy ny ankamaroan'izy ireo dia tsy mahafantatra izany.

50- Toy izany no nolazain'izay talohan'izy ireo. Nefa tsy nitera-bokatsoa ho azy ireo izay zavatra nangoniny.

51- Koa nianjady tamin'izy ireo ny voka-dratsin'izay nangoniny. Izay nanao ny tsy rariny tamin'izy ireo, dia hihatra amin'izy ireo ny voka-dratsin'izay nangoniny, fa tsy afaka hanohitra velively ny herin'i Allah izy ireo.

52- Moa tsy fantatr'izy ireo ve, fa mizara an-kalalahana ny fanomezany (Anjaramasoandro) amin'izay sitrany i Allah, na mametra izany? Ary hamafisina, fa misy porofo tokoa ho an'ireo vahoaka izay mpino.

53- Lazao hoe: "Ô ianareo mpanompoko, izay nanao ny tafahoatra (fahotana lehibe) tamin'ny tenany, aza very fanantenana amin'ny famindram-pon'i Allah ianareo. Satria hamafisina, fa i Allah no mamela ny fahotana rehetra. Eny, Izy no Ilay Mpamela heloka, Ilay be indrafo.

54- Koa miverena amim-panenenana amin'ny Tomponareo ianareo, ary mankatoava Azy, mialohan'ny hiavian'ny famaizana, ka tsy hahazoanareo famonjena intsony.

55- Ary araho ilay fanambarana mendrika indrindra avy amin'ny Tomponareo, mialohan'ny hahatongavan'ny famaizana tampoka aminareo, amin'ny fotoana izay tsy hampoizinareo akory,

56- Alohany hitenenan'ny olona iray hoe: "Loza ho ahy, noho ny tsirambina nataoko tamin'i Allah. Fa tena anisan'ireo mpaneso aho",

57- Na hitenenany hoe: "Raha mba notarihan'i Allah tamin'ny lálana mahitsy aho, dia ho anisan'ireo nanam-pahatahorana tokoa",

58- Na hiteny tokoa izy, rehefa mahita famaizana hoe: "indrisy! Raha mba afaka miverina mantsy aho! Dia ho anisan'ireo mpanao asa soa".

59- Tena izany tokoa! Tonga teo aminao ireo andininy avy Amiko, saingy nataonao ho lainga izy ireny, ary niavonavonanao, fa anisan'ireo olona tsy mpino ianao.

60- Ary amin'ny andro fitsanganana, dia ho hitanao maloka ny tarehin'ireo izay namorondainga momba an'i Allah. Moa tsy any amin'ny Afobe tokoa ve no hisy ny fitoeran'ireo mpanambony tena?

61- Fa havotan'i Allah ireo izay manam-pahatahorana, ka hataony mpandresy. Tsy misy ratsy mihitsy hahazo azy ireo, ary tsy hanana alahelo ihany koa.

62- Mpahary ny zava-drehetra i Allah, ary izy no mpiantoka azy ireo.

63- Izy no mitazona ny fanalahidin'ny lanitra sy ny tany, fa izay tsy mino ireo famantarana avy amin'i Allah kosa, dia izy ireny no ho matiantoka.

64- Lazao hoe: "Ho didinareo hanompo ny hafa ivelan'i Allah ve aho, ry tsy manampahalalana?"

65- Satria, nambara taminao sy tamin'ireo izay talohanao hoe: "Raha mampikambana an'i Allah amin'ny zavatra hafa ianao, dia ho very maina tokoa ny asanao, ka tsy maintsy ho anisan'ireo matiantoka ianao".

66- Fa ny mifanohitra amin'izany, Allah irery ihany no tompoy, ary aoka ho anisan'ireo mpankasitraka ianao.

67- Tsy nanome haja an'i Allah izy ireo, araka ny tokony ho izy, kanefa dia ho raisiny ampelatànany ny tany manontolo amin'ny andro fitsanganana. Ary hiforitra eo amin'ny tánany havanana ny lanitra. Voninahitra anie ho Azy! Izy no tena Ambonin'izay atambatr'izy ireo Aminy.

68- Ary ho tsofina ny Anjomara, ka rava izay any an-danitra sy ety an-tány, afa-tsy izay sitrak'i Allah. Avy eo dia ho tsofina fanindroany, ka indreo hitsangana hijery izy ireo .

69- Ary hamirapiratry ny hazavan'ny Tompony ny tány, napetraka ny Boky dia hantsoina ireo Mpaminany, sy ireo vavolombelona, ary amim-pahamarinana no hanapahana ny amin'izy ireo, ka tsy hisy hiangarana mihitsy izy ireo.

70- Ary homena ny tsirairay ny valin-kasasarana feno tanteraka, araka ny asa izay nataony. Ary Izy (Allah) no mahalala tanteraka izay rehetra nataon'izy ireo.

71- Ary hotarihina isaka ny andiany ireo tsy mpino, ho any amin'ny Afobe. Ka rehefa tonga eo anoloany izy ireo, dia hosokafina ny varavarany, ary ireo mpiambina kosa dia hilaza amin'izy ireo hoe: "Moa tsy tonga taminareo ve ireo Iraka avy taminareo, izay namaky ho anareo ireo andininy avy tamin'ny Tomponareo, sady nampitandrina anareo amin'ny fihaonanareo amin'izao andro izao?". Ka hamaly izy ireo hoe: "Eny! Nefa natao mendrika ho an'ireo tsy mpino ny didin'ny famaizana".

72- Ho lazaina izy ireo hoe: "Midira ao amin'ny varavaran'ny Afobe ianareo, ary mitoera ao mandrakizay". Tena ratsy tokoa izany toeram-ponenan'ireo mpanambony tena izany!

73- Ary ho tarihina amin'ny andiany ihany koa ireo nanam-pahatahorana ny Tompony, ka ho any amin'ny Paradisa. Rehefa tonga eo anoloany izy ireo, dia hisokatra ny varavarany, ka hiteny amin'izy ireo ny mpiambina izany hoe: "Fandriampahalemana ho anareo! Olomendrika tokoa ianareo, ka midira, ary mitoera ao mandrakizay ianareo".

74- Ary hilaza izy ireo hoe: "Dera sy voninahitra ho an'i Allah, izay nanatanteraka taminay ny fampanantenany, ary nampandova anay ny tany! Hitoetra ao amin'ny Paradisa amin'ny toerana izay tianay izahay. Hamafisina, fa tsara tokoa ny valisoan'ireo mpanao asa soa!"

75- Ary ho hitanao ireo Anjely, izay manao faribolana manodidina ny Seza fiandrianana, ka midera ny voninahitry ny Tompony. Ary ho tsaraina amim-pahamarinana izy ireo, ary ho lazaina hoe: "Dera sy voninahitra ho an'i Allah, Tompon'izao tontolo izao!"

**TOKO : 40**
**SORATRA:ILAY MPAMELA-HELOKA**
**(GHAFIR)**
**ANDININY:85**
**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Hamím,

2- Ny Fidinan'ny boky, dia avy amin'i Allah, Ilay Tsitoha, Ilay mahafantatra ny zava-drehetra.

3- Ilay Mpamela ny fahotana, Ilay Mpandray ny fibebahana, Ilay Mafy amin'ny fanasaziana, Ilay fatra Mpangoraka. Tsy misy Zanahary afa-tsy Izy ihany, ary any Aminy no fiafarana.

4- Izay tsy mino ihany no miady hevitra amin'ireo andininy avy amin'i Allah, aoka tsy hamitaka anao izay ataon'izy ireo amin'ny firenena.

5- Niampanga ho mpandainga an'ireo Iraka ny vahoakan'i Noa, toy izany ihany koa ireo antoko nitambatra taorian'izy ireo, ary samy nanana fikasana ny hisambotra ny Iraka tao aminy ny vahoaka tsirairay, ka niady hevitra tamin'ny hevi-diso izy ireo, mba hitsipahana ny marina. Ka nosaziako izy ireo, ary nanao ahoana ny fandehan'ny saziko!

6- Ary izany dia manamarina ny tenin'ny Tomponao, izay hihatra amin'ireo tsy mpino, fa izy ireo dia ho olon'ny afo.

7- Ireo Anjely izay mitondra ny Seza fiandrianana, sy ireo izay manodidina izany, dia mankalaza ny voninahitry ny Tompony, mino Azy izy ireo, ary mangataka famelan-keloka ho an'izay mino hoe: "Tomponay ô! Manenika ny zava-drehetra Ianao amin'ny indrafo sy Fahalalana. Koa mamela heloka izay mibebaka sy manaraka ny làlanao, ary arovy amin'ny sazin'ny Afobe izy ireo".

8- "Tomponay ô! Ampidiro amin'ny Zaridainan'i Edena izy ireo, izay nampanantenainao azy, toy izany ihany koa ireo izay tsara fitondran-tena tamin'ireo razambeny, ny vadiny sy ny taranak'izy ireo. Marina fa Ianao no Ilay Tsitoha, Ilay be fahendrena".

9- "Ary arovy amin'ny asa ratsy izy ireo. Satria izay arovanao amin'ny asa ratsy, dia homenao famindram-po amin'io andro io. Izany no fahombiazana lehibe tokoa".

10- Hamafisina, fa toy izao no hambara an'ireo tsy mino: "lehibe kokoa ny fankahalan'i Allah anareo, noho ny fankahalanareo ny tenanareo, rehefa nantsoina ho any amin'ny finoana ianareo, kanefa nifikitra tamin'ny tsy finoana ianareo".

11- Hiteny izy ireo hoe: "Tomponay ô! Nataonao indroa maty izahay, ary novelominao indroa ihany koa, ka miaiky ny fahotanay izahay. Moa misy làlana mety hivoahana amin'izany ve?"

12- Izany no izy, satria rehefa nantsoina irery i Allah, dia tsy mino ianareo, fa rehefa akambana amin'ny zavatra hafa Izy, dia nino ianareo. An'i Allah ny Fitsarana! Ilay avo indrindra, Ilay lehibe tokoa.

13- Izy no mampiseho aminareo ireo porofony avy Aminy, sy mampidina ny anjaram-pivelomana ho anareo avy any an-danitra. Ary tsy misy mahatsiaro, afa-tsy izay miverina amin'i Allah ihany.

14- Koa mitalahoa amin'i Allah ianareo, ary atokano ho Azy irery ny fivavahanareo, na dia halan'ireo tsy mpino aza izany.

15- Izy no Ilay manandratra amin'ny ambaratonga avo indrindra, Tompon'ny Seza fiandrianana. Izy no mibaiko ny Fanahy ho amin'izay sitrany amin'ireo mpanompony, mba hampitandremany ny amin'ilay andro fihaonana,

16- Amin'ny andro izay hisehoan'izy ireo, ka tsy hisy hiafenan'izay nataon'izy ireo amin'i Allah amin'izany. An'iza ny fanjakana androany? An'i Allah, Ilay Tokana, Ilay Mpifehy faratampony.

17- Amin'izany andro izany, dia homena valin-kasasarana araka ny asa izay nataony ny olona tsirairay avy. Ka tsy hisy fiangarana amin'izany andro izany, satria haingam-pitsarana tokoa i Allah.

18- Ary ampitandremo azy ireo ilay andro efa manakaiky, rehefa mihoatra any an-tenda ny fo (ny fanahy), mitebiteby. Dia tsy hanana namana mafana fo, na mpanelanelana hankatoavina ireo mpanao ny tsy rariny.

19- Mahafantatra ny fitaky ny maso Izy (Allah), sy izay afenin'ny tratra (fo).

20- Ary mitsara amim-pahamarinana i Allah, nefa ireo izay antsoin'izy ireo ankoatra Azy kosa, dia tsy mitsara na inona na inona. Hamafisina, fa mandre sy mahita ny zava-drehetra i Allah.

21- Moa tsy mitety ny tany ve izy ireo, mba hahita izay nahazo ireo talohan'izy ireo? Natanjaka noho izy ireo anefa izy ireny, sady namela zavatra maromaro kokoa. Nosazian'i Allah noho ny fahotany izy ireny, ka tsy nanana mpiaro teo anatrehany mihitsy.

22- Toy izany, satria nitondran'ireo Iraka porofo izy ireo, nefa nikomy. Ka nosazian'i Allah izy ireny, satria matanjaka sady mafy amin'ny fanasaziana Izy.

23- Ary hamafisina, fa nalefanay tokoa i Mosesy (Moussa), niaraka tamin'ireo famantarana avy Aminay, sy ireo porofo miharihary,

24- Tamin'i Faraona, Hamana ary Karona. Nefa niteny izy ireo hoe: "mpanao majika, fatra mpandainga!"

25- Ary rehefa nitondra ny fahamarinana avy Aminay teo amin'izy ireo izy, dia hoy izy ireo hoe: "Vonoy ireo zanaka lahin'ireo mpino miaraka aminy, fa avelao ho velom-poana kosa ireo vehivaviny". Fa very maina ihany ny tetik'adin'ireo tsy mpino.

26- Hoy i Faraona hoe: "Avelaonareo aho hamono an'i Mosesy. Ary aoka izy hiantso ny Tompony! Matahotra aho, sao hamadika ny finoanareo, na hanaparitaka asa fanimbana eto an-tany izy.

27- Fa hoy i Mosesy hoe: "Mitady fiarovana amin'ny Tompoko sy Tomponareo aho, mba hanoherana ireo mpirehareha rehetra izay tsy mino ny andro fitsarana".

28- Fa hoy ny lehilahy mpino iray avy amin'ny fianakavian'i Faraona, izay nanafina ny finoany nilaza hoe: "hamono olona ve ianareo, satria izy nilaza hoe: Allah no Tompoko? Kanefa dia tonga teo aminareo niaraka amin'ny porofo mazava izy, avy any amin'ny Tomponareo. Raha mpandainga izy, dia ho azy ny laingany, fa raha nilaza ny marina kosa izy, dia hihatra aminareo ny ampahany amin'izay nampitandremany anareo". Hamafisina, fa tsy mitari-dàlana izay mihoa-pefy sy fatra mpandainga i Allah.

29- Ô ry vahoakako! Ho anareo ny fanjakana androany, fa ho mpandresy eto an-tany ianareo. Nefa, iza no hanavotra antsika amin'ny hatezeran'i Allah raha tonga amintsika izany? Dia hoy i Faraona hoe: "Tsy manoro anareo afa-tsy izay heveriko ho tsara aho, ary tsy mitari-dàlana anareo aho raha tsy amin'ny làlana mahitsy".

30- Ary hoy ilay mpino hoe: "Ô ry vahoakako, hatahorako aminareo ilay andro iray mitovy amin'ny an'ireo antokon'olona nitambatra,

31- Anjara mitovy amin'ny an'ireo vahoakan'i Noa (Nouh), ireo Ády, ireo Tamody, ary ireo niaina taorian'izy ireo. Fa tsy te-hampihatra ny tsy rariny amin'ireo mpanompony velively i Allah.

32- Ô ry vahoakako, hatahorako aminareo ny andro hifampiantsoanareo vonjy,

33- Amin'ny andro izay handosiranareo, ka tsy hanananareo mpiaro eo anatrehan'i Allah. Ary izay noverezin'i Allah lálana, dia tsy hanana mpitari-dàlana velively.

34- Ary hamafisina, fa teo aloha, dia tonga teo aminareo niaraka tamin'ny porofo mazava tokoa i Josefa (Yousouf), saingy tsy nitsahatra nisalasala hatrany tamin'izay nentiny taminareo ianareo. Fa rehefa maty izy, dia hoy ianareo hoe: "tsy handefa Iraka aoriany intsony i Allah". Toy izany no hamerezan'i Allah lálana ireo mpihoa-pefy sy mpisalasala.

35- Izay miady hevitra momba ireo fahagagana avy amin'i Allah, nefa tsy misy porofo tonga teo aminy, dia tsy hankasitrahana tokoa eo anatrehan'i Allah sy ireo mpino izy. Toy izany no hanidian'i Allah ny fon'izay rehetra mpirehareha sy mpanjakazaka.

36- Ary hoy i Faraona hoe: "Ô ry Hamana ano! Anoreno tilikambo aho, mba hahatakatra ireo làlana.

37- Ireo làlan'ny lanitra, ka hitazanako ny Tompon'i Mosesy, satria heveriko, fa mpandainga izy". Ary tahaka izany no nampihaingoana tamin'i Faraona ny asa ratsy izay nataony ho tsara, ary dia nihataka ny làlana mahitsy izy, ka natao ho rava ihany ny tetik'adin'i Faraona.

38- Ary hoy ilay mpino hoe: "ry vahoakako! Manaraha ahy ianareo, fa ho tarihiko amin'ny làlan'ny fahitsiana ianareo".

39- "Ry vahoakako! Hamafisina, fa fahafinaretana mandalo ihany ity fiainana eto an-tany ity, fa ny any an-koatra kosa no fonenana maharitra".

40- Izay manao asa ratsy, dia tsy ho valiana afa-tsy mitovy amin'izany ihany, fa izay lehilahy na vehivavy manao asa soa kosa, sady mpino, dia izy ireny no hiditra amin'ny Paradisa, ka hahazo ny anjaram-pivelomany tsy hisy fetrany izy ireo.

41- Ô ry vahoakako! Inona no mahatonga ahy hiantso anareo ho any amin'ny famonjena, nefa ianareo miantso ahy ho any amin'ny afo?

42- Tarihinareo tsy hino an'i Allah aho, ka hampitambatra Azy amin'ny hafa izay tsy ananako fahalalana, nefa ianareo dia antsoiko ho any amin'Ilay Tsitoha, Ilay fatra mpamela heloka.

43- Tsy hisalasalana, fa ireo izay iantsoanareo ahy, dia tsy afaka hamaly antso, na ety an-tany na any an-koatra. Ary hamafisina, fa any amin'i Allah ny fiverenantsika, fa ireo mpihoa-pefy kosa, dia izy ireo no olon'ny afo.

44- Tsy ho ela dia ho tsaroanareo izay ambarako anareo, ary dia ankiniko amin'i Allah ny momba ahy. Fa mahita ireo mpanompony tokoa i Allah.

45- Dia narovan'i Allah izy tamin'ny teti-dratsin'izy ireo, efa nanodidina ireo olon'i Faraona kosa ny famaizana ratsy indrindra.

46- Ny afo no handoro azy ireo marain-tsy hariva. Ary amin'ny andro hahatongavan'ilay ora (hilazan'ireo Anjely) hoe: "ampidiro ireo olon'i Faraona amin'ny famaizana mafy indrindra".

47- Ary rehefa hifanditra ao anaty afo izy ireo, dia hiteny amin'ireo mpirehareha ireo osa hoe: "nanaraka anareo izahay, ka moa afaka hiaro anay amin'ny ampahan'ny afo ve ianareo?"

48- Dia hiteny ireo mpanambony tena hoe: "hamafisina, fa isika rehetra dia samy ato anatiny daholo". Efa namoaka didim-pitsarana ho an'ireo mpanompony i Allah.

49- Ka hiteny amin'ireo mpiambina ny afobe ireo izay ao anatin'ny afobe hoe: "Angataho ny Tomponareo, mba hanalefaka aminay ny famaizana indray andro fotsiny".

50- Hiteny izy ireo hoe: "Moa tsy efa nitondra porofo mazava taminareo ve ireo Iraka nalefa taminareo?". Dia hamaly izy ireo hoe: "Eny!". Hiteny ireo mpiambina hoe: "raha izany áry, dia mangataha ianareo. Fa ny fangatahan'ireo tsy mpino dia ho zava-poana".

51- Hamafisina, fa manavotra ireo Irakay sy ireo izay mino Izahay amin'ny fiainana eto an-tany sy amin'ny andro izay hitsanganan'ireo vavolombelona,

52- Amin'ny andro izay tsy hahasoa an'ireo mpanao ny tsy rariny ny fialantsininy, ka ho azy ireo ny ozona sy ny fonenana ratsy indrindra.

53- Ary efa nomenay an'i Mosesy tokoa ny tari-dálana, ary nampandovainay an'ny zanak'Israely ny boky,

54- Izay ho tari-dálana sy fampahatsiarovana ho an'ireo olona manan-tsaina.

55- Koa mahareta áry, fa ny fampanantenan'i Allah, dia marina, ary mangataha famelan-keloka ho an'ny fahotanao, ary ankalazao ny voninahitry ny Tomponao amin'ny hariva sy maraina.

56- Ireo izay miady hevitra momba an'ireo andininy avy amin'i Allah, nefa tsisy porofo tonga tamin'izy ireo akory, dia tsy misy afa-tsy fireharehana ny ao am-pony. Tsy hahatratra ny tanjony izy ireo. Ka mangataha áry fiarovana avy amin'i Allah, satria Izy Ilay mandre sy mahita ny zava-drehetra.

57- Lehibe kokoa noho ny fahariana ny olombelona ny fahariana ny lanitra sy ny tany. Nefa tsy mahafantatra izany ny ankamaroan'ny olombelona.

58- Tsy mitovy velively ny jamba sy ny mahiratra, ary tsy afaka hampitahaina amin'ny mpanao ratsy ireo izay mino sy manao asa soa. Nefa zara raha misy mahatsiaro ianareo!
59- Hamafisina, fa ho avy tokoa ilay ora, tsy misy hisalasalana ny amin'izany, nefa ny ankamaroan'ny olona dia tsy mino izany.

60- Ary hoy ny Tomponareo hoe: "Mangataha amiko, fa hamaly anareo aho. Fa ireo izay manambony tena tsy hanompo Ahy, dia hiditra any amin'ny afobe tsy ho ela, feno fahafahambaraka.

61- Allah no nanao ny alina ho anareo mba hialanareo sasatra mandritra izany, ary ny andro mba hahitanareo mazava tsara. Allah no tompom-pahasoavana ho an'ny olombelona, saingy ny ankamaroan'ny olona, dia tsy mahay mankasitraka.

62- Toy izany i Allah Tomponareo, Ilay mpahary ny zava-drehetra. Tsy misy zanahary hafa ankoatra Azy. Ka nahoana áry ianareo no miala amin'ny làlana mahitsy?

63- Toy izany no nampivily lálana an'ireo nandá ny famantarana avy amin'i Allah.

64- Fa i Allah no nanome anareo ny tany ho toeram-ponenana, ary ny lanitra ho tafo, nanome endrika anareo Izy, ary akory moa ny hatsaram-bika nomeny anareo! Nanome anjaram-pivelomana tsara ho anareo ihany koa Izy. Izany no Allah Tomponareo, ka voninahitra anie ho Azy, Tompon'izao tontolo izao.

65- Izy no Ilay velona. Tsy misy zanahary afa-tsy Izy ihany. Mangataha Aminy áry ianareo, ary atokany ho Azy irery ihany ny finoana. Dera ho an'i Allah, Tompon'izao tontolo izao!

66- Lazao hoe: "Efa nandrarána ahy, hatramin'ny nahatongavan'ireo porofo avy tamin'ny Tompoko, ny hanompo izay italahoanareo ankoatra an'i Allah, ary nodidiana hankato ny Tompon'izao tontolo izao aho".

67- Izy no nahary anareo avy tamin'ny tany, avy eo, dia avy tamin'ny tsirin'aina, ary avy eo, dia avy tamin'ny vongan-drá, ary manaraka izany dia avoakany ho zazakely ianareo, mba hahatraranareo ny fahamatorana, avy eo ny fahanterana. Ary ny sasany aminareo dia maty mialoha, mba hahatraranareo ny fe-potoana voafetra, ka mba hisainanareo.

68- Izy no manome ny fahavelomana sy ny fahafatesana. Ary rehefa mandidy amin'ny zavatra iray Izy, dia izao ihany ny teniny: "Misia", dia misy tokoa izany.

69- Tsy hitanao ve ny nampivily lálana ireo izay miady hevitra momba ireo andininy avy amin'i Allah?

70- Ireo izay miampanga ny Boky (Kor'ány) ho lainga, sy izay nampiarahinay tamin'ireo Irakay, dia hahafantatra tsy ho ela izy ireo,

71- Rehefa ho taritarihina, miaraka amin'ny gadra-vy eny ambozonana sy rojo izy ireo,

72- Ao anatin'ny rano mangotraka, ary avy eo dia ho dorana anaty afo izy ireo.

73- Ary avy eo, dia hilazàna izy ireo hoe: "Aiza ireo natambatrareo,

74- Tamin'i Allah?". Dia hoy izy ireo hoe: "Niala taminay izy ireo. Nefa tsy nangataka na tamin'iza na iza izahay taloha". Toy izany no amerezan'i Allah ireo tsy mpino.

75- Izany no valin'ny fifalianareo tamin'ny tsy rariny teto an-tany, ary koa ny haravoanareo tafahoatra.

76- Midira amin'ireo varavaran'ny afobe ianareo, mba hitoetra ao mandrakiza 273
tokoa ny toeran'ireo mpanambony tena!

77- Koa mahareta, fa marina ny fampanantenan'i Allah. Na asehonay anao ny ampahany amin'izay nampitandremanay azy ireo, na esorinay ny ainao [na ho vonoinay alohan'ny fotoana ianao], dia any Aminay ihany no hamerenana azy ireo.

78- Nandefa ireo Iraka tokoa talohanao Izahay. Misy tamin'izy ireny no efa notantarainay taminao ny momba azy, fa misy kosa no mbola tsy notantarainay taminao. Ary tsy anjaran'ny Iraka ny mitonda porofo famantarana, raha tsy amin'ny alálana avy amin'i Allah. Rehefa tonga ny didin'i Allah, dia ho tsaraina amim-pahamarinana avokoa ny rehetra, ary dia ho matiantoka tokoa ireo milaza lainga.

79- Fa i Allah no nanao ireo biby, mba ho fitainginareo sy ho fihinanareo,

80- Ary misy tombontsoa ho anareo amin'izany, mba hahazoanareo avy amin'izany ny zavatra izay irin'ny fonareo. Eo ambonin'izy ireo sy eo ambony sambo no hitondrana anareo.

81- Dia hasehony anareo ny famantarana avy any Aminy. Koa inona ary no famatarana avy amin'i Allah ho lavinareo?

82- Moa tsy mitety ny tany ve izy ireo, mba hahitany ny niafaran'ireo izay niaina talohany? Fa maro sady matanjaka kokoa izy ireo, ary nametraka zavatra betsaka teto an-tany. Nefa tsy nisy nilan'izy ireo izay azony akory.

83- Rehefa nitondra porofo mazava taminy ireo Iraka, dia nifaly tamin'ny fahalalana nananany izy ireo, ka dia voasaron'izay noesony izy ireo.

84- Ary rehefa nahita ny loza avy taty aminay izy ireo, dia niteny hoe: "Mino an'i Allah tokana izahay, ary mandá izay natambatray taminy".

85- Nefa tsy nitera-boka-tsoa ho azy ireo intsony ny finoany, rehefa nahita ny loza avy taty aminay izy ireo, ka izany no didin'i Allah momba ireo mpanompony tany aloha. Ary amin'izany indrindra no maha fatiantoka ireo tsy mpino.

**TOKO:41**
**SORATRA: ANDININY VOAFAKAFAKA @ ANTSIPIRIHANY**
**(FOs-SWILATI)**
**ANDININY:54**
**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin’ny anaran’i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Hāmím,

2- Fanambarana nidina avy tamin’Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo.

3- Boky misy andininy izay voalaza amin’ny antsipirihany, Kor’ány amin’ny fiteny arabo, ho an’ireo vahoaka mahafantatra izany,

4- Mpilaza vaovao mahafaly sy mpampitandrina. Nefa ny ankamaroan’izy ireo, dia nihataka izany, ka tsy mandre izy ireo.

5- Ary hoy izy ireo hoe: “takona amin’izay hiantsoanao anay ny fonay, ary marenina ny sofinay. Misy sakana manelanelana anay sy ianao. Ka ataovy áry izay ataonao, fa izahay kosa dia hanao izay hataonay.

6- Lazao hoe: “tsy inona izaho, fa olombelona tahaka anareo ihany. Nambara tamiko, fa tokana ny Zanaharinareo. Koa tadiavo ny làlana mahitsy mankany Aminy, ary mangataha famelan-keloka Aminy ianareo”. Fa loza ho an’izay mampikambana Azy amin’ny hafa,

7- Izay tsy manome ny harena fiantrana, ary tsy mino ny fiainana any an-koatra.

8- Hamafisina, fa ireo izay mino sy manatanteraka asa soa kosa, dia ho azy ireo ny valisoa tsy hanana fahataperana.

9- Lazao hoe: “Ho lavinareo ve Ilay nahary ny tany tao anatin’ny roa andro, ka hampitovianareo amin’ny hafa ve Izy? Izany no Ilay Tompon’izao Tontolo izao,

10- Ary Izy no nampitoetra ireo tendrombohitra eo amboniny (tany), sy nitsodrano azy, ka nametraka vokatra ara-tsakafo nandritra ny efatra andro katroka, mamaly ny filan’ireo rehetra izay mangataka.

11- Avy eo dia niroso tamin’ny fihariana ny lanitra Izy izay mbola setroka fotsiny tamin’izany, ka niteny taminy sy tamin’ny tany hoe: “Avia avokoa ianareo roa, na tianareo, na tsy tianareo!”. Dia samy niteny izy roa hoe: “Tonga amim-panekena izahay”.

12- Ka nanapa-kevitra Izy, fa hamboatra lanitra fito ao anatin’ny roa andro, sady nanambara ny anjara asan’ny lanitra tsirairay avy. Ary noravahinay jiro maro ny lanitra izay akaiky indrindra, ary narovanay. Izany no rafitra napetrak’Ilay Tsitoha, Ilay mahalala ny zava-drehetra.

13- Fa raha tsy miraharaha izany izy ireo, dia teneno hoe: “Mampitandrina anareo aho amin’ny varatra mitovy amin’izay nahavoa ireo Ády sy ireo Tamody”.

14- Rehefa tonga tamin’izy ireo ny Iraka, teo alohany sy taoriany, izay niteny hoe: “Aza manompo afa-tsy i Allah ihany ianareo”. Dia hoy izy ireo hoe: “Raha sitraky ny

Tomponay, dia hamafisina, fa ireo Anjely mihitsy no nampidininy. Noho izany dia tsy mino izay nanirahana anareo Izahay".

15- Ka ireo Ády, dia nirehareha tamin'ny tsy rariny teto an-tany, ary niteny izy ireo hoe: "Iza no matanjaka indrindra mihoatra anay?". Moa tsy hitan'izy ireo ve, fa raha ny marina dia matanjaka lavitra noho izy ireo i Allah, Ilay nahary azy ireo? Fa nolavin'izy ireo ny famantarana avy Aminay.

16- Ary nalefanay tamin'izy ireo ny rivo-mahery sy mamirifiry, izay nisafotofoto tamin'izy ireo nandritra ny andro ratsy, mba hampanandramanay azy ireo ny famaizana fahafahambaraka amin'ny fiainana eto an-tany. Mbola mahamenatra noho izany anefa ny famaizana any an-koatra, ary tsy ho vonjena izy ireo.

17- Fa ireo Tamody kosa, dia nitari-dàlana azy ireo Izahay, nefa naleony nisafidy ny fahajambana toy izay ny tari-dàlana. Ka dia niharan'ny varatry ny fampijaliana izy ireo, noho izay nataony.

18- Ary navotanay ireo izay nino, sy nanam-patahorana.

19- Ary amin'ny andro izay hanangonana ireo fahavalon'i Allah ho any amin'ny afo dia hatosika izy ireo.

20- Ary rehefa tonga ao izy ireo, dia samy ho vavolombelona amin'izay nataony avokoa, ny fandrenesany, sy ny masony, ary ny hodiny.

21- Ary hiteny amin'ny hodiny izy ireo hoe: "Nahoana ianareo no mijoro vavolombelona manohitra anay?". Dia hamaly ny hoditra hoe: "i Allah no nampiteny anay, izay nampiteny ny zava-drehetra. Ary Izy no nahary anareo voalohany, ary any Aminy no hamerenana anareo".

22- Tsy afaka niafina ianareo, mba tsy hanaovan'ny fandrenesanareo, na ny masonareo, na ny hoditrareo, vavolombelona hanohitra anareo. Saingy noheverinareo kosa, fa tsy mahafantatra firy amin'izay nataonareo i Allah.

23- Ary izany fomba fieritreretanareo mahakasika ny Tomponareo izany, no nanimba anareo ka nahatonga anareo ho isan'ireo matiantoka.

24- Raha maharitra amin'izany izy ireo, dia ny afo no toeram-ponenany, ary raha mialatsiny izy ireo, dia tsy ho isan'ireo hahazo fialan-tsiny velively.

25- Ary nanokananay namana (devoly) tsy misaraka aminy izy ireo, izay nampihaingo ny teo aloha sy ny taorian'izy ireo. Ary nihatra ara-drariny tamin'izy ireo ny lalána, tahaka ny niharan'izany tamin'ny vahoaka maro izay efa nandao talohan'izy ireo, amin'ireo Jiny sy olombelona izay niaina talohan'izy ireo. Fa matiantoka tokoa izy ireo.

26- Ary hoy ireo tsy mpino hoe: "Aza mihaino io Kor'ány io ianareo, fa miresaha mafy mba handresenareo izany".

27- Hamafisina, fa hampanandramanay famaizana mafy tokoa ireo izay tsy nino, ary ny valin-kasasarana homenay azy ireo dia ho ratsy kokoa noho izay nataony.

28- Izany no valin'asan'ireo fahavalon'i Allah, dia ny afo no toeram-ponenan'izy ireo mandrakizay, vokatry ny fandavany ireo andininy avy Aminay.

29- Ary hilaza ireo tsy mpino hoe: "Tomponay ô! Asehoy anay ireo Jiny sy olombelona izay namery lálana anay, mba hataonay ao ambany tongotray avokoa izy rehetra, ka ho isan'ireo ambany indrindra.

30- Hamafisina, fa ireo izay niteny hoe: “Allah no Tomponay”, ary mifikitra amin’ny làlana mahitsy, dia hidina eo amin’izy ireo ny Anjely. “Aza matahotra ianareo, ary aza malahelo, fa aoka ianareo hifaly amin’ny Paradisa izay nampanantenaina anareo”.

31- Izahay no Mpiahy anareo amin’ny fiainana eto an-tany sy any an-koatra, ary ho azonareo any izay irinareo sy izay tadiavinareo.

32- Toeram-pandraisana avy amin’Ilay be famelan-keloka, Ilay be indrafo.

33- Ary iza no manana teny tsara indrindra noho izay miantso mankany amin’i Allah, manao asa soa ary miteny hoe: “Isan’ireo mpankato tokoa aho”.

34- Tsy mitovy ny asa soa sy ny asa ratsy. Koa tohero amin’ny tsara kokoa ny ratsy, ka indro fa ho lasa namanareo mahafatrapo ilay nifankahala taminao fahiny.

35- Saingy tsy homena afa-tsy ho an’izay manam-paharetana izany, sy ho an’izay manam-pahasoavana sesehena.

36- Ary raha mandrisika anao ny devoly, dia mangataha fiarovana amin’i Allah, satria mandre sy mahalala ny zava-drehetra Izy,

37- Fa anisan’ireo fahagagana avy any Aminy ny alina sy ny andro, ny masoandro sy ny volana, koa aoka ianareo tsy hiankohoka, na amin’ny masoandro, na amin’ny volana, fa miankohofa kosa ianareo amin’i Allah izay nahary azy ireo, raha Izy tokoa no tompoinareo.

38- Fa raha manambony tena izy ireo, dia midera Azy ireo izay eo akaikin’ny Tomponao amin’ny alina sy atoandro, ary tsy misy fitsaharana mihitsy.

39- Ary anisan’ireo famantarana avy Aminy, ny fahitanao tokoa fa ny tany dia ngazana (matahotra). Ka raha vao nampidinanay rano teo aminy, dia indro izy fa nahazo aina sy lasa lonaka. Hamafisina, fa Ilay namelona azy, no hamelona indray ny maty, satria Izy tokoa no mahefa ny zava-drehetra.

40- Ireo izay mamadika ireo andininy avy Aminay (Kor’ány), dia tsy miafina aminay akory izy ireo. Moa izay hatsipy any amin’ny afobe ve no tsara kokoa, sa izay tonga am-pahatoniana tanteraka amin’ny andro fitsanganana farany? Ataovy izay ataonareo, fa mahita tsara izay ataonareo Izy.

41- Hamafisina, fa rehefa tonga tamin’izy ireo ny teny fampahatsiahivana, dia tsy nino izany izy ireo (Kor’ány), nefa dia Boky manan-kery tokoa izany.

42- Tsy hahitana hadisoana izany, na tany alohany na taty aoriany, satria fanambarana avy amin’Ilay be fahendrena, sy mendri-piderana izany.

43- Tsy misy teny izay lazaina aminao afa-tsy izay efa voalaza tamin’ireo Iraka talohanao ihany. Marina fa ny Tomponao dia Tompon’ny famelan-keloka sy famaizana mamirifiry.

44- Raha nataonay tamin’ny fiteny hafa ankoatra ny teny arabo ny Kor’ány, dia mbola hiteny toy izao izy ireo: “Nahoana no tsy natao mazava tsara ireo andininy? Kor’ány tsy amin’ny fiteny arabo, nefa ny Iraka kosa dia arabo? Lazao hoe: “Izy io dia tari-dàlana sy fanasitranana ho an’ireo izay mino”. Fa ho an’ireo izay tsy mino kosa, dia marenina izy ireo ary jamba ny masony manoloana izany, antsoina avy amin’ny toerana lavitra izy ireo.

45- Ary nomenay an'i Mosesy tokoa ilay Boky. Nefa nisy ny tsy fitovian-kevitra momba izany. Ary raha tsy noho ny teny izay efa napetraky ny Tomponao, dia efa notapahina ny amin'izy ireo. Ary tena tao anatin'ny fisalasalana tanteraka tokoa izy ireo momba izany.

46- Fa izay manao asa soa, dia manao izany ho an'ny tenany ihany, fa izay manao ny asa ratsy kosa, dia fahavoazana ho azy irery ihany izany, ary ny Tomponao dia tsy miangatra velively amin'ny mpanompony.

47- Any Aminy ny fahafantarana momba ilay Ora. Tsy misy voa mivoaka avy amin'ny akorany, na vavy izay mitondra vohoka na miteraka ka tsy fantany. Ary amin'ny andro hiantsoany azy ireo hoe: "Aiza ireo izay natambatra tamiko?". Dia hiteny izy ireo hoe: "Lazainay aminao, fa tsy misy vavolombelona amin'izany mihitsy aminay".

48- Ary handao azy ireo izay nitalahoan'izy ireo teo aloha, ka hahatsapa izy ireo, fa tsy misy fomba azo handosirana intsony.

49- Tsy reraka ny mitalaho soa ny olombelona. Nefa raha miajady aminy kosa ny ratsy, dia indro izy fa kivy tanteraka, very fanantenana.

50- Ka rehefa omenay famindram-po avy Aminay izy, taorian'ny fahoriana nihatra taminy, dia hiteny tokoa izy hoe: "Efa anjarako izany! Ary noheveriko, fa tsy ho avy ilay Ora. Ary raha haverina any amin'ny Tompoko aho, dia hahazo anjara tsara tokoa eo anatrehany aho. Holazainay amin'ireo tsy mpino izay nataony, ary tsy maintsy hampanandramanay famaizana mafy izy ireo.

51- Ary rehefa omenay fahasambarana feno ny olombelona, dia mandositra ka manalavitra. Fa raha iharan'ny loza kosa izy, dia indro izy fa mitalaho maharitra.

52- Lazao hoe: "Moa hitanareo ve, raha avy tamin' i Allah izy ity (Kor'ány), nefa dia maniratsira izany ianareo avy eo, ka iza no very lálana indrindra, raha tsy izay manalavitra ny tenany tanteraka (amin'ny finoana)?

53- Hasehonay azy ireo ny famantarana avy Aminay manerana izao rehetra izao, sy eo amin'ny tenan'izy ireo, mandra-pahitan'izy ireo mazava, fa izany tokoa no fahamarinana (Kor'ány). Moa tsy ampy ny Tomponao ve, fa Izy tokoa no Vavolombelona amin'ny zava-drehetra?

54- Tsy ao anatin'ny fisalasalana intsony ve izy ireo mikasika ny fihaonana amin'ny Tompony? Moa tsy Izy tokoa ve no mahafehy ny zava-drehetra.

**TOKO:42**
**SORATRA: NY FILAN-KEVITRA**
**(As-SHORAH)**
**ANDININY: 53**
**NIDINA TAO MAKKAH**

1- Hàmím,

2- Aîn, Sin, Qáf,

3- Toy izany no nandefasan'i Allah, Ilay Tsitoha, Ilay be fahendrena, ny fanambarana taminao, tahaka izay nataony tamin'ireo talohanao.

4- Azy izay any an-dánitra sy ety an-tany. Fa Izy no Ilay Avo indrindra, Ilay lehibe indrindra.

5- Saika hitriatra ny lanitra avy eny an-tampony, rehefa midera ny voninahitry ny Tompony ireo Anjely, ary mangataka famelan-keloka ho an'ireo ety an-tány. Hamafisina, fa i Allah no Ilay be famelan-keloka, Ilay be indrafo.

6- Fa ireo izay maka mpiahy ankoatra Azy, dia manara-maso izay ataon'izy ireo i Allah. Ary tsy mpiantoka azy ireo ianao.

7- Toy izany no nanambaranay taminao ny Kor'ány tamin'ny fiteny arabo, mba hampitandremanao ilay renivohitra (Makkah), sy ireo tanána manodidina azy, ary mba hampitandremanao ny amin'ilay andro famoriana, izay tsisy fisalasalana ny momba izany. Hisy andiany ho any amin'ny Paradisa, ary ny andiany hafa kosa dia ho any amin'ny afo miredareda.

8- Ary raha sitrak'i Allah, dia nataony vahoaka iray ihany izy ireo. Saingy hampidiriny amin'ny famindram-pony kosa izay tiany, tsy hanana mpiahy ireo mpanao ny tsy rariny.

9- Naka mpiahy ankoatra Azy ve izy ireo? Fa i Allah irery ihany no Mpiahy, ary izy no mamelona indray ny maty, eny! Mahefa ny zava-drehetra Izy.

10- Amin'ny tsy fitovian-kevitra eo aminareo, dia Azy ny fitsarana. Izy Allah no Zanahary Tompoko, Izy no ianteherako, satria any Aminy no hiverenako amin'ny fibebahana,

11- Ilay Mpahary ny lanitra sy ny tany. Nomeny vady ianareo avy amin'ny tenanareo, ary nataony mpivady ihany koa ireo biby, ka avy amin'izany no ampitomboany anareo. Tsy misy mitovy Aminy, ary Izy no Ilay mandre sy mahita ny zava-drehetra.

12- Manana ireo fanalahidin'ny lanitra sy ny tany Izy. Mizara an-kalalahana ny anjaram-pivelomana amin'izay sitrany Izy, na mampihena izany. Hamafisina, fa mahalala ny zava-drehetra Izy.

13- Nametraka lalána ho anareo Izy momba ny finoana, izay nandidiany an'i Noa, sy izay nambaranay taminao, ka nandidianay an'i Abrahama, Mosesy, ary i Jesoa: "Ajoroy ny finoana, ary aza mizarazara ianareo amin'izany". Toa hitan'ireo mpanompo sampy ho sarotra izay iantsoanao azy ireo. Mifidy izay sitrany ho any Aminy i Allah, ary mitari-dálana izay mibebaka ho any Aminy ihany koa Izy.

14- Ary tsy nizarazara izy ireo raha tsy efa taorian'ny fahatongavan'ny fahalalana taminy, ary izany dia noho ny fifandrafiana teo aminy ihany. Raha tsy ny teny mialoha

nataon'ny Tomponao momba ny fe-potoana efa voafetra, dia efa notsaraina izy ireo. Ary hamafisina, fa tao anatin'ny fisalasalana tanteraka tokoa ireo izay nampandovaina ny boky taorian'izy ireo (Olon'ny boky: ny Jiosy&ny Kristianina).

15- Koa antsoy amin'izany ary izy ireo, ary mahitsia tahaka izay nandidiana anao, fa aza manaraka ny hetahetam-pon'izy ireo ianao, ary lazao hoe: "mino ny boky izay rehetra nampidinin'i Allah aho, ary Izy no nandidy ahy hampihatra ny rariny eo aminareo . i Allah no Tomponay sy Tomponareo. Ho anay ny asanay ary ho anareo ny asanareo. Tsy misy hevitra azo tapahina eo aminay sy aminareo. Fa havorin'i Allah daholo isika rehetra, ary any Aminy ny fiafarana".

16- Ary izay miady hevitra momba an'i Allah, rehefa avy novaliana ny antsony, dia tsy hisy lanjany intsony ny tenin'izy ireo eo anatrehan'i Allah. Hihatra amin'izy ireo ny fahatezerana, ka hahazo famaizana mafy izy ireo.

17- Allah no nampidina ny Boky tamim-pahamarinana, ary toy izany ihany koa ny mizana. Koa inona no fantatrao ny amin'izany? Angamba efa akaiky ilay Ora?

18- Mitady hanafaingana izany ireo tsy mino, fa matahotra kosa ireo mino an'izany, ary mahafantatra fa fahamarinana tokoa izany. Hamafisina, fa ireo izay miady hevitra momba ilay Ora, dia anatin'ny fahaverezana lavitra.

19- i Allah dia be fangorahana amin'ireo mpanompony. Omeny anjaram-pivelomana izay sitrany. Fa Izy no Ilay Matanjaka, Ilay Tsitoha.

20- Izay maniry hitrandraka amin'ny fiainana any an-koatra, dia hampitomboinay ho azy ny fitrandrahany. Ary izay maniry hitrandraka amin'ny fiainana eto an-tany kosa, dia homenay azy izany, fa saingy tsy hanana anjara intsony izy amin'ny fiainana any an-koatra.

21- Sa mánana mpiara-miombon'antoka amin'i Allah ve izy ireo, izay nametraka lalàna ara-pinoana tsy nahazoana alálana avy tamin'i Allah? Raha tsy efa noraisina ny fetra farany, dia ho notapahina tokoa ny amin'izy ireo. Hamafisina, fa hahazo famaizana mamirifiry ireo mpanao ny tsy rariny.

22- Ho hitanao, fa hangovitra noho izay nataony ireo mpanao ny tsy rariny, ary dia hihatra amin'izy ireo ny famaizana. Fa ireo izay mino sy manao asa soa kosa, dia ho ao anatin'ny zaridainan'ny Paradisa, ka hahazo izay sitrany eo anatrehan'ny Tompony izy ireo, izany no fahasoavana lehibe.

23- Izany no vaovao mahafaly lazain'i Allah amin'ireo izay mino, sy manao asa soa amin'ireo mpanompony. Lazao hoe: "Tsy mangataka tambiny aminareo amin'izany aho, afa-tsy ny fitiavana ireo Havana akaiky. Ary izay manatanteraka asa soa, dia hampitomboinay tsara kokoa noho izany. Hamafisina, fa i Allah no Mpamela heloka sy be fankasitrahana.

24- Na hiteny koa izy ireo hoe: "Mamoron-dainga amin'i Allah izy ireo, nefa raha sitrak'i Allah, dia nohidiany mafy ny fonao. Ary ho fafan'i Allah amin'ny alálan'ny Teniny anefa ny diso, fa ho hamafisiny kosa ny marina. Fa fantany tanteraka izay rehetra raketin'ny fo.

25- Ary Izy no mandray ny fibebahana avy amin'ireo mpanompony, mamela ny ratsy, ary mahafantatra izay ataonareo.

26- Ary mamaly ny fangatahan'ireo izay mino sy manao asa soa Izy, ka mampitombo ny fahasoavany amin'izy ireo. Fa ireo tsy mpino kosa, dia hahazo famaizana mahery vaika.

27- Fa raha manome ny anjaram-pivelomana an-kahalalahana an'ireo mpanompony i Allah, dia hihoa-pefy eto an-tany tokoa izy ireo. Nefa ampidininy amin'ny antonony araka izay tiany izany. Hamafisina, fa mahafantatra sy mahita tanteraka ireo mpanompony Izy.

28- Ary Izy no mampidina ny ranon'orana taorian'ny fahakivian'olona, ary mampiely ny famindram-pony. Fa Izy no Ilay Mpiahy, Ilay mendri-piderana.

29- Ary anisan'ireo famantarana avy Aminy, ny fahariana ny lanitra sy ny tany, ary ireo zava-manan'aina izay naparitany tao. Manana fahefana hanangona azy ireo araka izay tiany Izy.

30- Ny loza rehetra manjo anareo, dia avy amin'izay nataonareo tamin'ny tánanareo ihany. Ary mamela heloka ny maro Izy.

31- Tsy afa-miala amin'ny fahefan'i Allah eto an-tany ianareo, ary tsy manana mpiahy na mpiaro ankoatra an'i Allah ianareo.

32- Ary anisan'ireo famantarana avy Aminy, ireo sambo mamakivaky ny ranomasina, mitovy amin'ireo tendrombohitra.

33- Raha sitrany, dia ampitoniany ny rivotra, ka indro fa tsy mihetsika izy ireo eo amboniny. Hamafisina, fa misy porofo tokoa amin'izany ho an'izay manam-paharetana sy mahay mankasitraka.

34- Na koa, hopotehiny izany ho sazin'izay nataon'izy ireo. Nefa mamela heloka amin'ny maro Izy.

35- Ary fantatr'ireo izay miady hevitra momba ny famantarana avy Aminay tsara, fa tsy manana toerana handosirana izy ireo.

36- Izay rehetra nomena anareo, dia fahafinaretana amin'ny fiainana eto an-tany ihany, saingy tsara sy maharitra kokoa izay eo anatrehan'i Allah, ho an'ireo izay nino sy niantehatra tanteraka tamin'ny Tompon'izy ireo,

37- Ary ireo izay manalavitra ny fahotana lehibe sy ny fahavetavetana, ary ireo mamela heloka taorian'ny fahatezerany,

38- Ireo izay mamaly ny antson'ny Tompony, sady manatanteraka ny vavaka Soalat, mifampidinika izy ireo mikasika ny zavatra izay ataon'izy ireo, ary manao fandaniana amin'ny anjaram-pivelomana izay nomenay azy ireo.

39- Ary ireo izay niharan'ny tsy rariny, ka mifanampy izy ireo manohitra izany.

40- Ratsy mitovy amin'izany ihany no valin'ny asa ratsy. Fa izay mamela heloka ka manova toetra, dia any amin'i Allah ny valisoany. Ary hamafisina, fa tsy tia ireo mpanao ny tsy rariny Izy.

41- Fa ho an'ireo nanohitra kosa taorian'ny tsy rariny izay nanjo azy ireo, dia tsy hisy làlana hafa hanoherana azy ireny intsony,

42- Afa-tsy ireo izay manao ny tsy rariny amin'ny olona, sy mihoa-pefy, ka manohitra ny fahamarinana eto an-tany, dia hahazo famaizana mamirifiry tokoa izy ireo.

43- Fa izay manam-paharetana sy mamela heloka, dia izany no tsara indrindra amin'ny raharaha rehetra.

44- Ary izay noverezin'i Allah, dia tsy hanana mpiahy intsony aoriany, nefa dia ho hitanao ireo mpanao ny tsy rariny, hiteny eo am-pahitana ny famaizana hoe: "moa misy làlana ahafahana hiverenana ve?"

45- Ary dia ho hitanao eo anoloan'ny afobe izy ireo, mitaintaina ao anatin'ny henatra, sady mijery amim-pahatahorana, fa ireo nino kosa dia hiteny hoe: "ny tena matiantoka dia ireo izay nanomana ny fahaverezany sy ny fianakaviany, amin'ny andro fitsanganana". Hamafisina, fa ireo mpanao ny tsy rariny, dia hiharan'ny famaizana maharitra tokoa.

46- Tsy hanana mpiahy ankoatra an'i Allah izy ireo mba hanavotra azy, ary izay verezin'i Allah, dia tsy hahita làlana intsony.

47- Valio ny antson'ny Tomponareo, mialohan'ny hahatongavan'ilay andro (andro farany), izay tsy hahemotr'i Allah intsony. Amin'izany andro izany, dia tsy hanana fialofana intsony ianareo, ka tsy ho azonareo lavina mihitsy izany.

48- Koa raha mivily lálana izy ireo, dia tsy hiantoka famonjena azy ireo no nandefasanay anao, fa ny mampita ihany no andraikitrao. Ary rehefa omenay famindram-po avy Aminay ny olombelona, dia mifaly, fa raha tra-doza kosa izy ireo noho izay nataon'ny tànany ihany, dia hamafisina fa tsy mahay mankasitraka tokoa ny olombelona.

49- An'i Allah ny fanjakan'ny lanitra sy ny tány, mahary araka izay sitrany Izy. Manome zazavavy ho an'izay sitrany homena izany Izy, ary manome zazalahy ihany koa Izy ho an'izay sitrany.

50- Na koa sady manome zazalahy sy zazavavy, ary ataony momba (vehivavy tsy miteraka) izay tiany ho amin'izany. Hamafisina, fa mahalala sy mahefa ny zava-drehetra Izy.

51- Tsy natao hiresahan'i Allah ny olombelona raha tsy amin'ny alálan'ny fanambarana, na ambadiky ny rakotra, na mandefa Iraka (Anjely) izay nahazo alálana avy Aminy (Allah), hitondra ny fanambarana, araka izay sitrany. Avo indrindra Izy sady be fahendrena.

52- Ary tahaka izany no nanambaranay taminao ny fanahy (Kor'ány) avy amin'ny alálan'ny baiko avy Aminay. Tsy nanana fahalalana momba ny Boky sy ny finoana ianao, nefa nataonay fahazavana hitarihanay izay tianay amin'ireo mpanomponay izany. Ary hamafisina, fa mitari-dàlana mankany amin'ny làlana mahitsy ianao.

53- Ny làlan'i Allah, Ilay Tompon'izay any an-dánitra sy eto an-tany. Eny! Ho any amin'i Allah avokoa ny fiafaran'ny zava-drehetra.

**TOKO:43**
**SORATRA: NY HAINGO**
**(Az-ZOKHROF)**
**ANDININY: 89**
**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Hàmím,

2- Mianiana amin'ilay Boky mazava Aho.

3- Nataonay Kor'ány amin'ny fiteny arabo izany, mba hisainanareo.

4- Izay aty Aminay ao anatin'ny takelaka fototra, avo indrindra, sady feno fahendrena.

5- Moa tsy nomenay fampahatsiahivana ve ianareo, nefa ianareo dia tsy niraharaha izany, satria vahoaka mpanao ny tafahoatra tokoa ianareo?

6- Ary firifiry moa ny Mpaminany izay nalefanay tamin'ireo vahoaka taloha!

7- Nefa mbola tsy nisy Mpaminany iray tonga tamin'izy ireo, ka tsy noesoiny.

8- Efa nandringana olona matanjaka kokoa noho izy ireo Izahay! Ary efa nandalo ny ohatra mahakasika ireo teo aloha.

9- Ary raha manontany azy ireo ianao hoe: "Iza no nahary ny lanitra sy ny tany?". Dia hilaza tokoa izy ireo hoe: "Ilay Tsitoha, Ilay mahalala ny zava-drehetra no nahary azy ireo".

10- Izay nanome anareo ny tány ho fandriana (hitoerana), ary namaritra ireo làlana tao anatiny, mba hahatonga anareo hizotra amin'ny làlana mahitsy,

11- Ary Ilay mampidina ny rano avy eny an-danitra amin'ny antonony, mba hamelomanay indray amin'ny alálan'izany ny tanàna efa maty. Toy izany no hananganana anareo amin'ny maty.

12- Ilay nahary ny zava-drehetra tsiroaroa, ary nanao ny sambo sy ny biby ho fitaingenanareo,

13- Mba hipetrahanareo eo an-damosiny. Ary manaraka izany, dia aoka ianareo hahatsiaro ny fahasoavan'ny Tomponareo rehefa tafapetraka eo amboniny ianareo, ary hitenenanareo hoe: "Voninahitra ho an'ilay namboatra izao rehetra izao ho anay, nefa tsy manam-pahefana hifehy izany izahay".

14- Ary hamafisina, fa any amin'ny Tomponay tokoa no hiverenanay.

15- Ary dia nataon'izy ireo ho tahaka ny singa (ampahany) avy Aminy ny sasany tamin'ireo mpanompony. Hamafisina, fa tsy mahay mankasitraka tokoa ny olombelona.

16- Sa nandray ireo zazavavy tamin'izay noforoniny ho zanaka ve Izy, ka nanome anareo ny zazalahy araka ny safidiny?

17- Nefa raha ilazana ny iray amin'izy ireo, ka mitovy amin'izay lazainy ho an'Ilay be fiantrana, dia ho maloka amin'ny alahelo lalina tokoa ny endriny.

18- Sa ilay zazavavy nobeazina teo anivon'ny haingo, izay tsy afaka miaro-tena amin'ny alálan'ny hevitra mazava eo anatrehan'ny fifandirana ve?

19- Ary nolazain'izy ireo ho vavy ireo Anjely izay mpanompon'Ilay be fiantrana! Moa vavolombelona tamin'ny nahariana izany ve izy ireo? Hosoratana ny fijoroana vavolombelona nataon'izy ireo, ary dia hanontaniana ny amin'izany izy ireo.

20- Ary hilaza izy ireo: "Raha sitrak'Ilay be fiantrana, dia tsy ho nanompo azy ireo izahay". Tsy manana fahalalàna momba izany mihitsy izy ireo, afa-tsy tombatombana fotsiny ihany.

21- Sa nomenay Boky iray talohany Kor'ány kosa ve izy ireo, ka mifikitra tanteraka amin'izany izy ireo?

22- Nefa hamafisina, fa izao kosa no lazain'izy ireo hoe: "Nahita ireo razambenay tamin'ny fivavahana iray izahay, ka nanaraka ny dian'izy ireo".

23- Ary toy izany koa, tsy nandefa mpampitandrina talohanao tamin'ny tanàna iray Izahay, ka tsy notenenin'ireo manan-katao hoe: "Izahay dia efa nahita ny razambenay tamin'ny fivavahana iray, ka nanaraka ny dian'izy ireo izahay".

24- Nilaza izy hoe: "Raha hitondrako tari-dàlana tsara kokoa noho izay hitanareo teo amin'ny razambenareo ve aza ianareo? Namaly izy ireo hoe: "Izahay dia tsy hino ny hafatra izay nanirahana anareo".

25- Hamaly azy ireo Izahay. Ary jereo, ahoana no fiafaran'ireo mpilaza ho lainga.

26- Ary rehefa niteny tamin'ny vahoakany sy ny rainy i Abrahama hoe: "Izaho dia mandà tanteraka izay tompoinareo,

27- Afa-tsy Ilay Nahary ahy, satria marina fa Izy no hitari-dàlana ahy".

28- Ary nataony ho teny maharitra eo amin'ny taranany izany, mba hiverenan'izy ireo?

29- Nefa nomeko fahafinaretana izy ireo, ary koa ny razambeny, mandra-pahatongan'ny marina (Kor'ány) sy ny Iraka mazava.

30- Ary rehefa tonga tamin'izy ireo ny fahamarinana, dia niteny izy ireo hoe: "Majika tokoa izao, ka tsy hino an'io izahay".

31- Ary niteny izy ireo hoe: "Nahoana no tsy nampidinina io Kor'ány io tamin'ny olona manam-boninahitra, tamin'iray amin'ireo tanàna roa ireo [Makkah&Twaíf]?".

32- Moa izy ireo ve no mizara ny famindram-pon'ny Tomponao? Fa izahay no nizara tamin'izy ireo ny anjaram-pivelomany amin'ny fiainana eto an-tany, ary nanandra-boninahitra ny sasany amin'izy ireo ho ambonin'ny hafa, mba hifehezan'ny sasany ny hafa. Tsara kokoa noho izay angonin'izy ireo anefa ny famindram-pon'ny Tomponao.

33- Raha tsy natao ho vahoaka iray ny olombelona, dia mba nomenay tokoa trano mitafo volafotsy sy tohatra miakatra amin'izany ireo tsy mino an'Ilay be fiantrana.

34- Ary misy varavarana maro sy seza lava hiankinany ny tranon'izy ireo,
35- Ary koa haingo maro. Ary izany rehetra izany, dia fahafinaretana mandalo eto amin'ny fiainana an-tany ihany, fa ny any an-koatra kosa, izay any amin'ny Tomponao, dia ho an'ireo vontompinoana.

36- Ary izay minia tsy mahita ny fampahatsiarovan'Ilay be fiantrana, dia hanendrenay devoly ho namana tsy misaraka aminy.

37- Mamily ny olombelona tsy ho amin'ny lálana mahitsy tokoa ny devoly, kanefa dia mihevitra, fa ho voatari-dàlana tsara tokoa izy ireo.

38- Rehefa ho avy eo aminay izany olona izany, dia hilaza amin'ny devoly izy hoe: "indrisy! Ahoana àry no tsy nisy elanelana tahaka ny elanelan'ny atsinanana sy andrefana teo amintsika!". Tena namana ratsy tokoa izany!

39- Fa tsy hahasoa anareo na oviana na oviana izy amin'izany andro izany, satria nanao ny tsy rariny tokoa ianareo, ary anatin'ny famaizana miaraka ianareo.

40- Moa ianao ve no mampandre ny marenina na mitari-dàlana ny jamba, sy izay efa anatin'ny fahaverezana miharihary?

41- Raha alainay tokoa ianao (maty), dia hanasazy azy ireo Izahay,

42- Na hataonay hitanao izay nampanantenainay azy ireo, satria manana fahefana tanteraka amin'izy ireo Izahay.

43- Mifikira mafy amin'izay nolazaina taminao ianao, fa amin'ny làlana mahitsy tokoa ianao.

44- Tena fampahatsiahivana ho anao sy ny vahoakanao izany (Kor'ány), ary hanontaniana mikasika izany ianareo.

45- Ary anontanio ireo Iraka nalefanay talohanao, raha mba nametraka Zanahary maro hotompoina ankoatra Ilay be fiantrana Izahay?

46- Nalefanay niaraka tamin'ny fahagagana avy taminay tokoa i Mosesy, ho any amin'i Faraona sy ireo loholony. Ka hoy izy hoe: "Izaho dia Iraky ny Tompon'izao tontolo izao".

47- Fa rehefa tonga tamin'izy ireo niaraka tamin'ny fahagagana izy, dia nihomehezan'izy ireo.

48- Isaka ny fahagagana nasehonay tamin'izy ireo, dia vao maika nandresy lahatra azy ireo izany, noho izay teo alohany. Ka nofaizinay izy ireo, mba hiverenany.

49- Dia hoy izy ireo hoe: "Ô ry mpanao majika! Mangataha ho anay amin'ny Tomponao, amin'ny alàlan'ny fifanekena nifanaovany taminao. Fa hanaraka ny làlana mahitsy tokoa izahay".

50- Koa rehefa nahatakay tamin'izy ireo ny famaizana, dia indro fa nitsipaka ny fifanekena izy ireo.

51- Ary dia nanao fanambarana tamin'ny vahoakany i Faraona ka nilaza hoe: "Ô ry vahoakako! Tsy izaho ve no tompon'ny fanjakan'i Ejypta, sy ireo lakan-drano mikoriana eo amin'ny tongotro? Moa tsy mahita izany ve ianareo?

52- Tsy mendrika kokoa noho io mahantra zara raha afaka miteny io ve aho?

53- Nahoana no tsy nanipazana haba fehin-tànana volamena izy? Na tsy mba niaraka taminy ireo Anjely?”

54- Toy izany no nataony mba hahafanina ny vahoakany, ary dia nankatoavin’izy ireo izy, satria olon’ny faharatsiana izy ireo.

55- Ary rehefa nahatezitra Anay izy ireo, dia namaly azy ireo Izahay, ka narendrikay avokoa izy rehetra.

56- Nataonay ho tsiahy sy fanoharana ho an’ny taranaka izy ireo.

57- Ary rehefa atao fanoharana ny zanak’i Maria, dia tsy miraharaha izany ny vahoakanao,

58- Ka hiteny izy ireo hoe: “ny zanaharinay ve no mendrika kokoa sa izy?”. Hifandirana fotsiny ihany no nanomezan’izy ireo izany ohatra izany taminao. Fa tena olona fatra mpifanditra tokoa izy ireo.

59- Mpanompo nofenoinay fahasoavana avy aminay ihany izy (Jesoa), ary nataonay ohatra tamin’ireo zanak’Israely.

60- Raha sitrakay, dia nataonay ho Anjely ny ampahany taminareo, izay ho mpandimby anareo eny ambonin’ny tany.

61- Ary izy dia ho famantarana mahakasika ilay Ora, ka aza miahiahy mihitsy ianareo amin’izany. Koa manaraha ahy ianareo, satria izany no làlana mahitsy.

62- Aoka tsy hampivily làlana anareo mihitsy ny devoly! Satria fahavalo miharihary ho anareo tokoa izy.

63- Ary rehefa nitondra ny porofo i Jesoa (Issa), dia niteny izy hoe: “tonga eto aminareo miaraka amin’ny fahendrena aho, sady hanazava aminareo ireo zavatra sasany izay tsy nampitovy hevitra anareo. Koa matahora an’i Allah ianareo ary ankatoavinareo aho”.

64- “Hamafisina, fa Tompoko sy Tomponao tokoa i Allah, koa aoka ianareo hanompo Azy, fa izany no làlana mahitsy”.

65- Nefa tsy nitovy hevitra ny andaniny sy ny ankilany tamin’ny vondron’olona tamin’izy ireo. Koa loza ho an’ireo mpanao ny tsy rariny, amin’ny famaizana amin’ilay andro mamirifiry.

66- Tsy miandry afa-tsy ny hahatongavan’ilay Ora tampoka ve izy ireo, amin’ny fotoana tsy hampoiziny akory?

67- Amin’izany andro izany, dia ho mpifahavalo ireo mpinamana, afa-tsy ireo vontompinoana.

68- Ô ianareo mpanompoko! Tsy hanana tahotra ianareo androany, ary tsy halahelo ihany koa.

69- Ireo izay nino ny famatarana avy Aminay, sy mpanolo-tena

70- Aoka ianareo sy ny vadinareo hiditra ao amin’ny Paradisa, fa hanaovana lanonana ianareo any.

71- Hampandalovina eo amin'izy ireo ny lovia volamena sy ireo kaopy, fa hisy izay rehetra irin'ny vatana sy mahafaly ny maso ao, ka hitoetra ao mandrakizay ianareo.

72- Izany no Paradisa holovainareo noho ny nataonareo.

73- Ao amin'izany dia hisy voankazo maro ho anareo, ka hihinana amin'izany ianareo.

74- Fa ireo meloka kosa, dia hitoetra mandrakizay ao amin'ny famaizan'ny afobe,

75- Izay tsy hitsahatra mandrakizay ho azy ireo, ka hahavery fanantenana azy.

76- Tsy nanao ratsy tamin'izy ireo Izahay, fa izy ireo mihitsy no mpanao ny tsy rariny.

77- Ary dia hiantso izy ireo hoe: "Ô ry Maliky [Anjelin'ny afobe]! Aoka hamono anay ho faty ny Tomponao!". Ka hamaly izy hoe: "Raha ny marina, dia natao hitoetra ao mandrakizay ianareo".

78- "Hamafisina, fa nentinay taminareo tokoa ny fahamarinana, nefa nankaha 290
ny ankamaroanareo".

79- Moa naka fanapahan-kevitra ve izy samy izy ireo? Satria Izahay no manapa-kevitra.

80- Sa mihevitra ve izy ireo, fa tsy henonay ny tsiambaratelony, na ny resaka miafina izay ataon'izy ireo? Eny! Mandray an-tsoratra izany ireo Anjely Irakay izay akaiky azy ireo.

81- Lazao hoe: "Raha nanan-janaka Ilay be fiantrana, dia Izaho no nanompo Azy voalohany".

82- Voninahitra ho an'ilay Tompon'ny lanitra sy ny tany, Izay Tompon'ny seza fiandrianana, ambony lavitra noho izay noforonin'izy ireo tokoa Izy.

83- Avelao àry izy ireo hilentika amin'ny fahadisoany, ary handany andro mandra-pahitany ilay andro izay nampanantenaina azy ireo.

84- Izy no Ilay Zanahary any an-danitra sy ety an-tany, ary Izy Ilay be fahendrena, Ilay mahalala ny zava-drehetra.

85- Hohamasinina anie Ilay Tompon'ny fanjakan'ny lanitra sy ny tany, sy izay eo anelanelan'izy ireo. Izy no manana ny fahalalana momba ny Ora. Ary any Aminy no hamerenana anareo.

86- Ary tsy manana fahefana hanelanelana izay antsoin'izy ireo ankoatra Azy, afa-tsy izay mijoro vavolombelona amim-pahamarinana, sy amin'ny fahafantarana tanteraka.

87- Fa raha hanontanianao izy ireo hoe: "Iza no nahary azy ireo?", dia hamaly tokoa izy ireo hoe: "Allah". Nefa nahoana àry izy ireo no mihataka Azy?

88- Ka hoy ny teniny (Mpaminany amin'i Allah): "Tompo ô! Olona tsy mino tokoa izy ireo".

89- Raha izany, dia miataha amin'izy ireo ianao, ary lazao hoe: Fandriampahalemana [Salama]! Fa ho fantatr'izy ireo tokoa izany tsy ho ela.

**TOKO:44**
**SORATRA: NY SETROKA**
**(Ad-DOKHANI)**
**ANDININY: 59**
**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin'ny anaran'i Allah,Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Hàmím.
2- Mianiana amin'Ilay Boky [Kor'ány] mazava Aho!
3- Eny,nampidininay tamin'ny alina masina tokoa izany,satria Izahay dia mpampitandrina,
4- Nandritra izany no namoahana ny didy rehetra feno fahendrena,
5- Izany dia didy avy taminay. Fa Izahay no mandefa ireo Iraka,
6- Ho famindram-po avy amin'ny Tomponao, marina fa Izy no Ilay mandre,Ilay mahafantatra ny zava-drehetra,
7- Tompon'ny lanitra sy ny tany,ary izay rehetra eo anelanelan'izany!
Raha manam-pitokisana amin'izany tokoa ianareo.
8- Tsy misy Zanahary hafa afa-tsy Izy ihany (Allah). Ilay mamelona sy mamono,ary Izy no Tomponareo syTompon'ny razambenareo taloha.
9- Nefa Izy ireo,dia mivazivazy ao anatin'ny fisalasalana.
10- Raha izany,dia andraso ilay andro hitondran'ny lanitra setroka miharihary hitamaso.
11- Izay handrakotra ny olombelona. Ho famaizana mamirifiry tokoa izany.
12- Tomponay ô! Alaviro anay ny famaizana. Satria mino tokoa izahay.
13- Avy taiza no nahazoan'izy ireo izany fahatsiarovan-tena izany,nefa dia efa tonga tamin'izy ireo ankarihary ny Iraka,
14- Avy eo,dia nisintaka taminy izy ireo,sady nilaza hoe: "Olona avara-pianarana izy io,izay nidiran'ny devoly".
15- Ho foananay amin'ny fotoana fohy tokoa ny famaizana,satria mbola hamerina koa ianareo.
16- Amin'ny andro izay hampiasanay ny famaizana mafy indrindra sy hanaovanay famalian-keloka [valifaty].
17- Efa nosedrainay talohan'izy ireo ny vahoakan'i Faraona,rehefa tonga tamin'izy ireo ilay Iraka mendri-kaja,
18- Izay nilaza hoe: "Atolory ahy ireo mpanompon'i Allah! Fa izaho dia Iraka mendri-pitokisana ho anareo tokoa.
19- Ary aoka tsy hanambony tena eo anatrehan'i Allah ianareo,satria mitondra porofo mazava ho anareo aho.
20- Ary mitady fiarovana avy amin'ny Tompoko syTomponareo aho,mba tsy ho torahanareo.
21- Ary raha tsy te-hino ahy ianareo,dia miataha lavitra ahy".
22- Dia nitalaho tamin'i Tompony izy: "Eny, vahoaka mpanao heloka bevava tokoa izy ireo".
23- "Mandehana amin'ny alina miaraka amin'ireo mpanompoko ianao,fa hisy hanaraka ianareo.
24- Avelao hitony araka izao ny ranomasina,fa tafika ho rendrika an-drano izy ireo".
25- Firifiry ny zaridaina sy loharano no navelan'izy ireo,
26- Sy ireo tanim-boly sy fonenana mahafinaritra,
27- Ary ny fahafinaretana izay nahafalifaly azy ireo.
28- Toy izany no niseho,ka nampandovainay vahoaka hafa izany.

29- Tsy nisy nitomany azy ireo,na ny lanitra,na ny tany,sady tsy nahazo fanemoram-potoana intsony izy ireo.
30- Ary navotanay tamin'ny famaizana mahafabaraka tokoa ireo zanak'Israely,
31- Tamin'i Faraona izay mpanambony tena,izay isan'ireo mpihoa-pefy.
32- Ary efa nofidinay teo anivon'izao tontolo izao izy ireo tamim-pahalalàna tanteraka,
33- Ka nitondranay fahagagana izy ireo,izay misy fitsapana miharihary ho azy ireo.
34- Milaza tokoa izy ireny (vahoakan'i Makkah) hoe:
35- "Tsy misy afa-tsy fahafatesana voalohany ihany no ho anay. Ary tsy hatsangana amin'ny maty intsony izahay.
36- Avereno àry ireo razambenay,raha mpilaza ny marina tokoa ianareo".
37- Moa izy ireo ve no mendrika indrindra sa ny vahoakan'i Tobbaí,sy ireo talohan'izy ireo? Naringanay avokoa izy ireo,satria olona mpanao heloka be-vava tokoa.
38- Tsy ho kilalao no naharianay ny lanitra sy ny tany,ary izay eo anelanelan'izany.
39- Fa tamim-pahamarinana tokoa no naharianay azy ireny. Kanefa ny ankamaroan'izy ireo dia tsy mahafantatra izany.
40- Hamafisina,fa ny andron'ny fitsarana farany no fotoana hihaonan'izy rehetra,
41- Amin'ny andro izay tsy hilan'olona ny namany intsony,ary tsy ho voavonjy mihitsy izy ireo,
42- Afa-tsy izay niantran'i Allah. Satria Izy no IlayTsitoha,Ilay be indrafo.
43- Hamafisina,fa ny hazon'ny Zakkoum [Hazo mangidin'ny afobe],
44- Dia ho sakafon'ireo mpanao fahotana lehibe.
45- Tahaka ny vy mitsonika mangotraka ao an-kibo,
46- Tahaka ny fangotrahan'ny rano mahamay tafahoatra.
47- Raisinareo izy,ka ento any afovoan'ny afobe mamaivay,
48- Ary avy eo,tondrahanareo rano mangotraka eo ambony lohany mba ho famaizana.
49- Andramo! Fa ianao ilay nihevi-tena ho tsitoha,ilay manan-kaja.
50- Izany mantsy ilay nampiahiahy anareo.
51- Fa ireo vontompinoana kosa,dia ho ao amin'ny fonenana azo antoka tanteraka,
52- Ao anatin'ireo zaridaina sy loharano,
53- Akanjo mangirana sy lambalasoa no hitafiany,ary hipetraka mifanatrika izy ireo.
54- Tahak'izany! Ary tovovavy baribary maso no homenay ho vadin'izy ireo.
55- Hangataka karazam-boankazo amim-piadanana tanteraka izy ireo ao.
56- Tsy hanandrana fahafatesana intsony izy ireo ao,afa-tsy ilay fahafatesana voalohany ihany. Ary harovana amin'ny famaizan'ny afobe mamaivay izy ireo,
57- Izany,dia fahasoavana avy amin'ny Tomponao. Ary izany no fahombiazana lehibe indrindra.
58- Nataonay ho mora tamin'ny lelanao izany [Kor'any],mba hahatsiaro-tena izy ireo.
59- Koa miambesa àry ianao,fa hiambina ihany koa izy ireo.

**TOKO:45**
**SORATRA: ILAY MANDOHALIKA**
**(AL-JASIYAH)**
**ANDININY: 37**
**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Hámím.
2- Ny fampidinana ny Boky, dia avy amin'i Allah, Ilay Tsitoha, Ilay be fahendrena.
3- Misy porofo ho an'ireo mpino tokoa eny an-danitra sy ety an-tany.
4- Ary amin'ny fahariana anareo sy amin'ireo biby naparitany, dia misy famantarana maro ho an'ireo vahoaka tena mino.
5- Tahaka izany ihany koa amin'ny fifandimbiasan'ny alina sy ny andro, ary izay ampidinin'i Allah avy any an-dánitra, anjaram-pivelomana, izay amelomany ny tany taorian'ny fahafatesany, ary ny fitsinjarana rivotra, dia misy porofo mafonja ho an'ireo vahoaka misaina tokoa izany.
6- Izany no fanambarana avy amin'i Allah izay vakianay aminao amim-pahamarinana. Ka teny manao ahoana àry no hinoan'izy ireo aorian'ny tenin'i Allah, sy ireo porofo avy Aminy?
7- Loza hoan'izay rehetra mpandainga mpanota!
8- Maheno ireo fanambarana avy amin'i Allah izay vakiana aminy izy, avy eo dia mifikitra amin'ny fiavonavonana tahaka ny mbola tsy naheno izany velively izy. Koa ambarao azy ny famaizana mamirifiry.
9- Raha mahafantatra ampahany vitsivitsy amin'ireny andininy avy Aminay izy, dia hataony izay hanaratsiana azy ireny. Izy ireny dia hahazo famaizana mahafabaraka.
10- Aorian'izy ireo ny afobe. Tsy hisy ny hilan'izy ireo izay nangoniny mihitsy, na izay noraisiny ho mpiaro ankoatra an'i Allah. Fa hahazo famaizana lehibe tokoa izy ireo.
11- Tari-dàlana izy ity [Kor'ány]. Fa izay mitsipaka ireo fanambarana avy amin'ny Tompony, dia hahazo famaizana mamirifiry.
12- Tompo Allah, Izy no nametraka ny ranomasina teo ambany fifehezanareo, mba handehanan'ireo sambo avy amin'ny baikony, ka hitadiavanareo ny fahasoavany, mba hahaizanareo hankasitraka.
13- Ary napetrany ho eo ambany fifehezanareo izay eny an-danitra sy ety an-tany, ary ny rehetra dia avy Aminy. Misy famantarana tokoa amin'izany ho an'ireo vahoaka mandinika.
14- Lazao amin'ireo mpino, mba hamela ny hadisoan'ireo izay tsy manantena ireo andron'i Allah, ka hanomezany valisoa ho an'ireo vahoaka araka izay nataony.
15- Na iza na iza manao ny tsara, dia manao izany ho an'ny tenany ihany, ary na iza na iza manao ny ratsy, dia manao izany ho an'ny tenany ihany koa. Avy eo, dia any amin'ny Tomponareo no hamerenana anareo.
16- Efa nomenay ireo zanak'Israely ny Boky, ny fahendrena, faminaniana, ary nomenay anjaram-pahasoavana tsara ihany koa izy ireo, sady nasandratray teo anatrehan'izao tontolo izao.
17- Ary nomenay porofo mazava izy ireo mikasika ny didy. Rehefa tonga tamin'izy ireo ny fahalalana, vao tsy nitovy hevitra izy ireo, noho ny fifankahalana tamin'izy ireo. Hamafisina, fa ny Tomponao dia hitsara azy ireo, amin'ny andro fitsanganana, momba izay nampifanditra azy ireo.

18- Avy eo, dia napetrakay hampihatra ny lalàna amin'ny raharaha ianao. Koa araho àry izany, fa aza manaraka ny sitrapon'ireo izay tsy mahafantatra.
19- Tsy misy hilanao azy ireo mihitsy eo anatrehan'i Allah. Ary mpinamana tokoa ireo mpanao ny tsy rariny, fa i Allah kosa no Mpiaro ireo vontompinoana.
20- Loharanom-pahazavana ho an'ny olombelona izy ity [Kor'ány], ary tari-dàlana sy famindram-po ho an'ireo vahoaka izay mino tanteraka.
21- Mihevitra ve ireo mpanao asa ratsy, fa hataonay mitovy amin'izay mino sy manao asa soa izy ireo, amin'ny fahavelomany sy amin'ny fahafatesany? Tena ratsy tokoa ny fitsaran'izy ireo?
22- Fa tamim-pahamarinana tokoa no naharian'i Allah ny lanitra sy ny tany, ka hovaliana araka izay nataony ny olona tsirairay avy, ary tsy hiangarana izy ireo.
23- Hitanao ve ilay manao ny sitrapony ho zanahariny? Ary dia ninian'i Allah noverezina izy noho ny fahalalany, ka nohidiny ny fandrenesany sy ny fony, ary nasiany takona ny masony. Iza àry no hitari-dàlana azy aorian'i Allah? Tsy tsaroanareo ve izany?
24- Ary hoy izy ireo hoe: "Tsy manana afa-tsy ny fiainana eto an-tany ihany izahay, ho faty izahay ary ho velona, fa ny fotoana ihany no hahafaty anay". Izy ireo dia tsy manam-pahalalana mahakasika izany, fa manombatombana fotsiny ihany.
25- Ary raha vakiana amin'izy ireo ny andininy mazava tsara avy Aminay, dia izao ihany ny fanohan-kevitra teneniny: "Avereno àry ireo razambenay, raha mpilaza ny marina tokoa ianareo".
26- Lazao hoe: "Allah no manome fahavelomana anareo, avy eo, dia hampisedra fahafatesana anareo. Manaraka izany, dia havoriny ianareo amin'ny andro fitsanganana, izay tsy hisalasalana ny amin'izany, kanefa tsy mahafantatra ny ankamaroan'ny olona.
27- Ary an'i Allah ny fanjakan'ny lanitra sy ny tany, ary amin'ny andro izay hiavian'ilay Ora, dia ho matiantoka tokoa ireo olon-dratsy.
28- Ary ho hitanao, fa handohalika avokoa ny vahoaka tsirairay, ka ho antsoina mankany amin'ny bokiny avokoa ny vahoaka. Androany dia homena valiny amin'izay nataonareo ianareo.
29- Indro ny Bokinay. Miresaka anareo amim-pahamarinana, satria nosoratanay izay rehetra nataonareo.
30- Fa ireo izay nino sy nanao asa soa, dia hampidirin'ny Tompony amin'ny famindram-pony. Izany dia fahombiazana miharihary tokoa.
31- Fa ireo izay tsy mino kosa [holazaina amin'izy ireo hoe]: "Tsy novakiana taminareo ve ireo andininy avy aty Amiko? Saingy nampiseho fireharehana ianareo, sady vahoaka mpanao heloka be vava".
32- Fa rehefa nolazaina hoe: "marina ny fampanantenan'i Allah, ary tsy hisalasalana ny amin'ilay Ora", nefa nilaza ianareo hoe: "Tsy fantatray izany Ora izany, ary vinavina ihany no ataonay mahakasika izany, sady tsy resy lahatra velively amin'izany izahay".
33- Ary hiseho amin'izy ireo ny faharatsian'ny asany, ka hamatotra azy ireo izay noesoiny.
34- Ary hilazana izy ireo hoe: "hadinoinay ianareo androany, tahaka ny nanadinoanareo ny fihaonana aminareo androany izao. Ny afo no fialofanareo, ary tsy hanana mpanavotra velively ianareo.
35- Noho ny fanesoanareo ireo andininy avy amin'i Allah no anton'izany, sy noho ny fitaka nataon'ny fiainana teny ambonin'ny tany anareo. Amin'izany andro izany, dia tsy havoaka ao izy ireo, ary tsy ho afa-tsiny ihany koa.

36- Dera ho an'i Allah, Tompon'ny lanitra sy Tompon'ny tany, ary Tompon'izao tontolo izao.
37- Fa Azy ny fahamboniana any an-dánitra sy ety an-tany. Ary Izy no Ilay Tsitoha, Ilay be fahendrena.

**TOKO-46**
**SORATRA:AHKAF**
**(AL-AHKAF)**
**ANDININY: 35**
**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Hámim,
2- Ny fampidinana ny Boky, dia avy amin'i Allah, Ilay Tsitoha, Ilay be fahendrena.
3- Tsy noharianay ny lanitra sy ny tany, ary izay eo anelanelan'izy ireo raha tsy tamim-pahamarinana, ary ho amin'ny fe-potoana voafetra. Ary tsy miraharaha amin'izay nampitandremana azy ireo tsy mpino.
4- Teneno hoe: "Mba ahoana no fiheveranareo ireo izay italahoanareo ivelan'i Allah? Asehoy Ahy àry izay noforonin'izy ireo avy amin'ny tany! Sa misy fiombonan'izy ireo avy amin'i Allah ve any an-danitra? Itondrao Boky talohan'ity (Kor'any) Aho, na izay sisa amin'ny fahalalana, raha mpilaza ny marina tokoa ianareo".
5- Fa iza no tena very làlana, noho izay mitalaho ivelan'i Allah, izay tsy afaka hamaly azy ireo akory hatramin'ny andro fitsanganana? sady variana [rendrika] izy ireo amin'ny fangatahana izay ataony?
6- Ary rehefa havory ny olona (amin'ny andro farany), dia hitsangana ho fahavalony izy ireo [sampy], ary hitsipaka ny fanompoana azy.
7- Ary raha vakiana amin'izy ireo ny andininy mazava tsara avy Aminay, dia hiteny ireo tsy mino mikasika ny fahamarinana rehefa tonga aminy izany, hoe: "Tena majika miharihary tokoa izao".
8- Na koa hiteny izy ireo hoe: "Noforoniny izany!". Teneno hoe: "Raha namorona izany aho, dia tsy afaka hanao na inona na inona amiko ianareo eo anatrehan'ny fanasazian'i Allah. Satria mahafantatra tanteraka izay aelinareo Izy. Fa ampy ho vavolombelona manelanelana ahy sy ianareo i Allah. Ary Izy no Mpamela heloka, Ilay be indrafo".
9- Lazao hoe: "Tsy fanavaozana ireo Iraka aho, ary tsy fantatro izay hanaovana ahy, na ianareo. Tsy manao afa-tsy manaraka izay nambara tamiko aho. Ary tsy iza akory aho, fa mpampitandrina mazava ihany".
10- Lazao hoe: "Ambarao raha avy amin'i Allah izany (Kor'any), nefa tsy inoanareo, ka nisy tamin'ireo zanak'Israely no nijoro vavolombelona nanamarina sy nino izany, fa ianareo kosa dia nanohitra izany amim-piavonavonana. Hamafisina, fa i Allah dia tsy mitari-dàlana ny vahoaka mpanao ny tsy rariny.
11- Ary niteny ireo tsy nino tamin'ireo mpino hoe: "Raha tsara io (Kor'any) dia tsy nialoha làlana anay izy ireo amin'izany". Ary satria tsy voatari-dálana tamin'izany izy ireo, dia hiteny hoe: "Tsy inona afa-tsy lainga taloha ihany izany".
12- Ary nisy ny Bokin'i Mosesy teo alohany, ho tari-dàlana sy ho famindram-po. Ary ity Boky ity (Kor'any), dia mpanamarina izany amin'ny fiteny arabo, mba hampitandrina ireo izay manao ny tsy rariny, sy ho vaovao mahafaly ho an'ireo mpanao soa.
13- Hamafisina, fa ireo izay miteny hoe: "Ny Tomponay, dia i Allah", ary manaraka ny làla-mahitsy, dia tsy hisy hatahoran'izy ireo na hampalahelo azy intsony.
14- Izy ireny no olon'ny Paradisa, ka hitoetra ao mandrakizay izy ireo, ho valin'izay nataony.

15- Ary nandidy ny olombelona Izahay mba hanao ny tsara amin'ireo ray aman-dreniny, mafy ny nitondran-dreniny sy ny niterahany azy, ary ny fitondrana azy tao am-bohoka sy ny fampisaraha-nono azy, dia maharitra telopolo volana, ka rehefa tonga eo amin'ny fahamatorany tanteraka izy, ka mahatratra efapolo taona, dia hiteny izy hoe: "Tompo ô! Omeo aingam-panahy aho mba hisaotra Anao noho ny fahasoavanao izay nomenao ahy sy ireo ray aman-dreniko, ary mba hanaovako asa soa izay ankasitrahanao. Ary ataovy mendrika ny taranako, mibebaka Aminao aho, ary izaho dia isan'ireo mpankato".

16- Ireny no ekenay amin'izay asa soa tena mendrika nataony, ary havelanay kosa ireo ratsy vitany, ho anisan'ireo olon'ny Paradisa izy ireo, araka ny fampanantenana marina izay natao tamin'izy ireo.

17- Fa izay miteny amin'ny ray aman-dreniny kosa hoe: "Eisy! Mampanantena ahy ve ianareo, fa havoaka avy ao amin'ny tany aho, nefa maro ireo taranaka efa lasa any talohako? Ary izy roa dia mangataka vonjy amin'i Allah hoe: "Loza ho anao! Ary aoka hino ianao, fa ny fampanantenan'i Allah dia marina". Nefa hamaly izy ireo hoe: "Tsy inona izany, fa anganon'ireo taloha ihany".

18- Izy ireny no mendrika ny fanamelohana, miaraka amin'ireo vahoaka efa lasa talohan'izy ireo, amin'ny jiny sy ny olombelona. Tena matiantoka tokoa izy ireo.

19- Ary misy laharam-pahamendrehana maro ho an'ny tsirairay, araka izay nataony, mba hanomezan'i Allah ny valisoa feno ho azy ireo noho ny asany, ary tsy hiangarana mihitsy izy ireo.

20- Ary amin'ny andro hahatongavan'ireo tsy mpino eo anatrehan'ny afo (izay hiteny amin'izy ireo): "Notaperinareo daholo ireo zava-tsoanareo nandritra ny fahavelomanareo teny ambonin'ny tany, ka fahafinaretana no nataonareo tao anatin'izany. Androany dia hovaliana amin'ny famaizana mahafabaraka ianareo, noho ny fiavonavonanareo tamin'ny tsy rariny teny an-tany, sy noho ny faharatsianareo.

21- Ary tsarovinao ny rahalahin'ireo Ády, rehefa nampitandrina ireo vahoakany izy tao Al-Ahqáf, nefa talohany sy taoriany dia efa nisy mpampitandrina maro nandalo, ka aoka tsy hanompo afa-tsy i Allah ianareo. Matahotra ho anareo aho amin'ny famaizan'ny andro mahatsiravana.

22- Niteny izy ireo hoe: "Tonga aty aminay ve ianao mba hampiala anay amin'ireo zanaharinay? Ary raha izany, dia ento aty aminay izay ampanantenainao anay raha isan'ireo mpilaza ny marina ianao".

23- Nilaza izy hoe: "ny fahalalana dia any amin'i Allah ihany. Izaho dia mampita aminareo ny hafatra izay nanirahana ahy. Saingy hitako, fa olona tsy mahafantatra ianareo".

24- Avy eo, rehefa nahita rahona nankeny an-tsahany izy ireo, dia niteny hoe: "Indro ny rahona izay mitondra orana ho anay". Tsia! Fa iny indrindra ilay notadiavinareo ho hafainganina, rivotra izay mitondra famaizana mamirifiry,

25- Handrava ny zava-drehetra, araka ny didin'ny Tompony. Ary ny ampitson'iny, dia tsy nahitana afa-tsy ny toeram- ponenan'izy ireo ihany. Tahaka izany no hamalianay ireo vahoaka mpanao heloka be vava.

26- Nomenay fahefana izy ireo, izay tsy nomenay anareo. Ary nomenay fandrenesana, fahitana sy fo, saingy na ny fandrenesan'izy ireo, na ny mason'izy ireo, na ny fon'izy ireo, dia tsy nitera-bokatsoa ho azy ireo, na tamin'inona na tamin'inona izany, satria nitsipaka ireo famantarana avy tamin'i Allah izy ireo, ka dia voafatotr'izay noesoiny.

27- Efa nopotehinay tokoa ireo tanàna manodidina anareo, ary nataonay isan-karazany ireo famantarana mba hiverenan'izy ireo amin'i Allah.

28- Nahoana àry no tsy manavotra azy ireo izay noraisiny ivelan'i Allah, ho zanahary hanakaikezan'izy ireo Azy? Tsy izany anefa fa nandao azy ireo izy ireny, izany no famitahana ataon'izy ireo sy lainga foroniny.

29- Tsarovy rehefa nalefanay teo aminao ireo andiana jiny mba hihaino ny Kor'any. Rehefa tonga teo izy ireo, dia niteny hoe: "Aoka ianareo hihaino tsara". Ary rehefa tapitra izany, dia niverina teo amin'ny vahoakany ho mpampitandrina izy ireo.

30- Nilaza izy ireo hoe: "Ry vahoakanay! Avy nandre Boky iray nampidinina taorian'i Mosesy izahay, izay manamarina ny teo alohany. Mitarika ho amin'ny fahamarinana sy ho amin'ny làla-mihitsy izany.

31- Ô ry vahoakanay! Valionareo ny antson'ilay mpitondra tenin'i Allah, ary aoka hino azy ianareo. Allah dia hamela ny ampahany amin'ny helokareo, ary hiaro anareo amin'ny famaizana mamirifiry.

32- Ary na iza na iza ka tsy mamaly ny antson'ilay mpitondra tenin'i Allah, dia tsy ho afaka handositra amin'ny fahefany eto an-tany izy. Ary tsy hanana mpiahy ankoatra Azy izy. Izy ireny dia ao anatin'ny fahaverezana tanteraka.

33- Tsy hitan'izy ireo ve, fa i Allah no nahary ny lanitra sy ny tany, ary tsy mba reraka tamin'ny fahariana izany Izy, ary afaka mamelona indray ny ain'ireo efa maty? Eny tokoa! Marina fa Mahefa ny zava-drehetra Izy.

34- Ary amin'ny andro izay hanolorana amin'ny afobe ireo tsy mpino, dia holazaina amin'izy ireo hoe: "Tsy io ve ny fahamarinana?". Hiteny izy ireo hoe: "Eny, izany tokoa! Marina amin'ny Tomponay". Hiteny Izy hoe: "Raha izany, dia andramo àry ny famaizana vokatry ny tsy finoanareo".

35- Mahareta áry ianao (ry Mohammad), tahaka ny niharetan'ireo Iraka manam-piniavana, ary aoka ianao tsy hiseho ho maika loatra hahita azy ireo hiharan'ny famaizana. Ny andro hahitan'izy ireo izay nampanantenaina azy ireo, dia ho tsaroan'izy ireo ho toy ny ora iray monja amin'ny andro iray (eto ambonin'ny tany), no nijanonan'izy ireo. Fampandrenesana izany! Ka iza àry no ho potika raha tsy ireo vahoaka mpanao ny tsy rariny ihany!

# TOKO-47
# SORATRA: MOHAMMAD
# ANDININY:38
# NIDINA TAO MADINAH

Amin'nyanaran'iAllah,Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Ireoizaytsyninokanisakananylàlan'i Allah,dianataony ho very mainanyasan'izyireo.
2- Fa ireoizayninosynanaoasasoakosa,aryninoizaynampidininatamin'I Mohammad,faizany no fahamarinanaavyamin'nytompon'izyireo,diahofafanynyasaratsin'izyireoaryhohatsarain ynyfiainan'izyireo.
3- Nyanton'izany,diasatriaireotsyninodiananarakanydiso,fananarakany marina avyamin'nyTompon'izyireokosaireompino.Toy izany nohanehoan'I Allahamin'nyolombelonaireofanoharanaazyireo.
4- Rehefamifanandrinaamin'ireotsympinoianareo,diakapohyamin'nyhatonyizyireo. Karehefalavonareoizyireo,diafatorymafy. Avyeo,naafahanatsotraizao,namangatahatakalony,hatramin'nyfitsaharan'nyvesatryny ady.Toy izany,satriarahasitrak'i Allah, diaizymihitsy no hamalyazyireo, nefanataoizanymbahifampitsapanareo.Fa izaymatyamin'nylàlan'IAllah,diatsy ho very mainamihitsynyasan'izyireo.
5- Hotarihinylàlanaizyireo,aryho hatsaraina nyfiainan'izyireo.
6- Kahampidirinyamin'nyParadisaizyireo,izayhampahafantarinyazyireo.
7- Ô ianareoMpino! Rahaampandresenareoizaymikasikaan'i Allah, diahataonympandresyianareo, aryhohamafisinynydianareo.
8- Fa ho an'ireoizaytsyminokosa, diahisyloza ho azyireo,kahataony very mainanyasan'izyireo.
9- Toy izany,satrianankahalanaizaynampidinin'i Allah, kanataony ho very mainanyasan'izyireo.
10- Tsynitetynytanyveizyireo, mbahahitaizayniafaran'ireotalohany?Nopotehin'I Allah izyireny.Tahakaizanykoa no fiafaranaizaynatokana ho an'ireotsympino.
11- Hamafisina,fai Allah no mpiahyireompino, fa ireotsympinokosadiatsy manana mpiahyizyireo.
12- Ireoizayminokamanaoasasoa, diahampidirin'i Allah amin'nyParadisaizaymisyreniranomikorianaaoambaniny.Aryireoizaytsyminokosa,diam itadyfahafinaretanasymihinanatahakaireobibyfiompymihinan-kanina.Fa nyafono hotoeram-ponenan'izyireo.
13- Aryfirifiryireotanànanopotehinay, izaymatanjakakokoanohonytanànanandroakaanao, fa tsymisympanavotramihitsyizyireo.
14- Moa izaymifikitraamin'nyporofomazavaavyamin'nyTomponyve,diahitovyamin'izaynohatsar ainateoimasonynyasaratsiny,kananarakanysitrapony?
15- Toy izaonyParadisaizaynampanantena anireo mana-pahatahorana;misyreniranotsymba ho ratsyfofona, aryreniranoamin'nyrononokatsymiovanytsirony,syreniranoamin'nydivay, matsiro ho an'izaymisotroazy, aryreniranoamin'nytantelymadio. Arymisyvoankazoisan-karazany ho azyireoao,arykoafamelan-kelokaavyamin'nyTompony. Moa

hitovyamin'ireoizayhitoetraaoanatin'nyafomandrakizayveizyireo,izayhampisotroinaran omangotrakahandrovitranytsinainy?

16- Arymisyamin'izyireo no mihainoanao. Karahavaonivoakataoaminaoizyireo,dianitenytamin'ireonahazofahalalana hoe: "Inona no nambaranyteo?". Izyireny no nohidin'i Allah nyfony,arynanarakanysitrapony.

17- Fa ireoizaynanarakanylàla-mahitsykosa,dianampitomboinynyfahitsin'izyireo,ary nataony ho vontompinoan'izyireo.

18- Nyhahatongavan'ilay Oratampokave noandrasan'izyireo?Nefaefatongatokoaireofamataranamikasikaizanymialoha. Aryahoana no ahafahan'izyireohahatsiarorahatongatampokaizany?

19- Fantaroàry,fatsymisytompoankoatraan'I Allah,arymangatahafamelana ho an'nyfahotanaosy ho an'ireompino,lahysyvavy. Ary I Allah mahalalanyasaataonareosynytoeranafialanareosasatra.

20- Nitenyireompino hoe: "rahambanisyantokon-tsoratranidinamantsy!"Nefarahavaomidinanyantokon-tsoratramazavaanankiray,kanotsiahivinaaoanatin'izanynyresakaady,dia ho hitanaoireoizay manana aretinaaoam-pony, fa hijeryanao toy nyfijerin'olona ho toranaeoanoloan'nyfahafatesana. Mendrikakokoa ho azyireo,

21- Nyfankatoavanasynytenymendrika.Aryrehefaraikitranyraharaha,diatsara ho azyireotokoanymampisehonyfahatsoram-poeoanatrehan'i Allah.

22- Fa rahamitsipakakosaianareo,diatsyahianahampielyasafanimbanaeto an-tany, syhanapakafihavananaamin'ireompiraytampoaminareoveianareo?

23- Izyireny no voaozon'I Allah,kanataonymareninasynataonyjambaihanykoanyfahitany.

24- Moa tsymandinikanyKor'anyveizyireo,samisyhidinynyfon'izyireo?

25- Ireoizayniverin-dàlana, rehefaavynasehomazavataminynylàlanamahitsy,dianobaboin'nydevolynyfonyarynofit ahiny.

26- Satrianotenenin'izyireotamin'ireomankahalaizaynampidinin'i Allah hoe: "hankatoanareoizahayamin'nyzavatrasasantsasany". Fantatr'i Allahanefaizayafenin'izyireo.

27- InonanohahazoazyireorahahamonoazynyAnjely, kahikapokaazyireoavyeoamin'nytarehinysyavyao an-damosiny?

28- Satriananarakaizaynahatezitraan'i Allah izyireo, sadynankahalanyfankasitrahany, kanataony very mainanyasan'izyireo.

29- Sa mihevitraireoolona manana aretinaao am-pony, fa tsyhahayhampibaribarynyfankahalan'izyireomihitsyi Allah?

30- Nefarahatianay,dianampisehoinaytaminaoizany. Fantatraotamin'nyendrinytokoaizyireo,arytsymaintsyfantatraotamin'nyfombafiteninyiha nykoaizyireo. Arymahafantatratsaraizayataonareoi Allah.

31- Aryhotsapainaytokoaianareombahanavahanayireoizaymiadysymiharitraaminareo (nohonyanton'i Allah),aryhampiharihariananynyvaovaomahakasikaanareo.

32- Ireoizaytsyninosynisakananylàlan'i Allah, arynanohitranyIraka,taorian'nyfanazavanatamin'izyireonylàlanamahitsy,diatsyafakaha naoratsyan'i Allah velivelyizyireo. Aryhataon'I Allah ho very mainanyasan'izyireo.

33- Ô ianareompino! Aokahankatoavinareo I Allah,aryaokahankatoavinareoihanykoanyIraka, fa azaataoho very mainanyasanareo.

34- Ireoizaytsyninosynisakananylàlan'iAllah,avyeomatytaoanatin'nytsyfinoana,diatsyham elahelokaazyireovelivelyi Allah.

35- Aza ketrakaàryianareo,aryazamiantso ho amin’nyfifampiraharahana,faianareo no ambonyindrindra, arydiamiarakaaminareohatrany I Allah,katsyhanarynyvokatrynyasanareonaoviananaovianaIzy.

36- Nyfiainanaeto an-tany,diakilalaosyfialam-bolyihany, nefarahaminosymatahotraan’i Allah ianareo,diahomenyny valise anareo,arytsyhangatakanyfanananareoIzy.

37- Rahanangatahanyizanyianareo,kanoterenydia ho lasanahihitraianareo,aryhasehonynyfankahalanareo.

38- Indro fa voaantsohanaofandanianaamin’nylàlan’i Allah ianareo,diahisehomahihitranysasanyaminareo. Izaymahihitraanefa, diamahihitra hoan’nytenanyihany. Satria manana nyampytanteraka I Allah,faianareokosa nomahantra.
Aryrahamivilylàlanaianareo,diahosoloinyvahoakahafa,izaytsyhitovyaminareovelively.

**TOKO:48**
**SORATRA: NY FANDRESENA**
**(Al-FAT-HI)**
**ANDININY: 29**
**NIDINA TAO MADINAH**

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be Indrafo, Ilay be Fiantrana

1- Tena marina fa nomenay fandresena mampitolagaga ianao,

2- mba hamelan' Allah ireo helokao, taloha sy ny ho avy, ary hameno ny fahasoavany aminao anie Izy, ka hitari-dàlana anao amin'ny làlana mahitsy;

3- ary mba hanome anao ny famonjena matanjaka Allah.

4- Izy no nampidina ny fiadanana tao am-pòn'ireo mpino, mba hampitombo finoana amin'izay efa ananan'izy ireo. Fa an'i Allah ny tafikin'ireo lanitra sy ny tany; fa Allah dia Mahalala ny zava-drehetra sy be Fahendrena.

5- Mba hampidirany ireo mpino lahy sy vavy ao amin'ireo zaridaina izay misy renirano maro mikoriana eo ambaniny, ka hitoetra ao mandrakizay izy ireo, ary mba hamafany ny asa ratsin'izy ireo. Ary izany dia fahombiazana lehibe eo anatrehan'i Allah.

6- Ary mba hanafaizany ireo mpihatsaravelatsihy lahy sy vavy, sy ireo mpampikambana an'i Allah amin'ny hafa lahy sy vavy, izay mieritreri-dratsy amin'i Allah. Hanjo azy ireo anie ny anjara ratsy! Tezitra tamin'izy ireo i Allah, ka nanozona azy ireo, ary nanomana ny Afobe ho azy ireo. Fiafarana ratsy tokoa izany!

7-An'i Allah ny tafikin'ireo lanitra sy ny tany; ary Allah dia Ilay Mahery sy Ilay be Fahendrena.

8-Marina fa nandefa anao Izahay mba ho vavolombelona sy mpilaza vaovao mahafaly ary mpampitandrina,

9- Mba hino an'i Allah sy ny irany ianareo, ary hanampy Azy ka hanaiky ny fahamendrehany ,ary hanome voninahitra Azy marain-tsy hariva.

10-Ireo izay manao tokimpanoavana aminao dia manao izany amin'i Allah koa: ny tànan'i Allah dia eo ambonin'ny tànan'izy ireo .Na iza na iza mivadika amin'ny tokimpanoavana, dia tsy mivadika afa-tsy amin'ny tenany ihany; Ary na iza na iza manatanteraka ny fifanekena nataony tamin'i Allah, dia homeny azy ny valisoa lehibe.

11-Ireo sasantsasany amin'ireo mpifindrafindra-monina arabo izay navela tany aoriana, dia hiteny aminao hoe: "Ny fanananay sy ny fianakavianay no nahavoatazona anay; ka mamelà anay". Miteny izany amin'ny lelany izy ireo fa tsy avy amin'ny fòny. Teneno hoe: "Iza àry no manana fahefana na dia kely aza aminareo, eo anatrehan'i Allah, raha te-hanao ratsy na te-hanao tsara aminareo Izy? Nefa, tena marina fa mahalala tanteraka izay ataonareo i Allah.

12- Nihevitra tokoa ianareo fa tsy hiverina mandrakizay any amin'ny fianakaviany intsony ny Iraka sy ireo Mpino. Nohatsaraina tao am-ponareo izany, ary nanana fomba fihevitra ratsy tokoa ianareo,ka lasa vahoaka matiantoka tanteraka ianareo noho izany.

13-Na iza na iza tsy mino an'i Allah sy ny Irany! ... Marina fa Izahay dia nanomana afo mivaivay hoan'ireo tsy mpino.

14-Ary an'i Allah ny fanjakan'ireo lanitra sy ny tany, Izy dia mamela heloka amin'izay sitrany ary manasazy izay sitrany. Ary Allah dia be Famelan-keloka sy be Indrafo.

15-Hiteny ireo tavela tany aoriana, rehefa andeha ho any amin'ny fananana azo babo ianareo mba haka izany, hoe: "Avelao izahay hanaraka anareo". Te-hovana ny tenin'i Allah izy ireo. Teneno hoe: "Tsy mahazo manaraka anay intsony ianareo: izany no efa

nambaran'i Allah mialoha". Nefa hilaza izy ireo hoe: "Mialoha anay ianareo". Tsy izany akory fa izy ireo dia tsy mahazo teny (fahalalana) afa-tsy vitsy monja.

16-Teneno ireo sasan-tsasany amin'ireo mpifindrafindra-monina arabo izay tavela tany aoriana hoe: "Ho antsoina hifanandrina amin'ireo vahoaka manan-kery tsy azo toherina ianareo. ka hiady amin'izy ireo ianareo na hanolo-tena izy ireo. Raha mankatò ianareo, dia hanome valisoa tsara ho anareo i Allah, fa raha mitodi- damosina kosa ianareo tahaka izay efa nataonareo teo aloha, dia hosaziana amin'ny famaizana mangirififiry ianareo.

17-Tsy misy tsiny ho an'ny jamba na ho an'ny kilemaina, na ho an' ny mararary. Fa na iza na iza mankatò an'i Allah sy ny irany dia hampidiriny ao amin'ireo zaridaina maro izay misy renirano mikoriana eo ambaniny. Fa na iza na iza mitodi-damosina kosa, dia hosaziany amin'ny famaizana mangirifiry.

18-Efa nankasitrahan'i Allah tokoa ireo mpino izay nanao tokim-panoavana teo ambanin'ilay hazo. Ary efa fantany izay ao anatin'ny fon'izy ireo, koa nampidininy tamin'izy ireo ny fitoniana (ny fiadanam-po) sy novaliany tamin'ny fandresena haingana dia haingana izy ireo,

19-Sy ny fahazahoan'izy ireo fananana maro azo babo. Ary Allah dia Ilay Mahery, Ilay be Fahendrena.

20- Allah dia nampanatena anareo fananana maro azo babo ka handray izany ianareo, dia nohafainganiny ho anareo izany (fananana azo babo tamin'ny ady tao khaibar) ary nosakanany ho aminareo, ireo tanan'olona, mba ho famantarana ho an'ireo mpino sy hitarihany anareo amin'ny làlana mahitsy.

21- Nampanantena zavatra hafa ankoatr'izany koa Izy (fananana azo babo) izay tsy nety azonareo mihitsy kanefa nofehezin'i Allah tamin'ny heriny izany, satria Allah Ilay Mahefa ny zava –drehetra

22- Ary raha miady aminareo, ireo izay tsy nino, dia tsy maintsy hitsoaka izy ireo, ary tsy hanana mpiahy na mpanavotra izy ireo.

23-Izany no fitsipika napetrak'i Allah izay nampiharina tamin'ireo taranaka teo aloha, ary tsy hahita fiovaovana eo amin'ny fitsipik'i Allah mihitsy ianao.

24- Ary Izy no nisakana ny tanan'izy ireo ho aminareo sy nisakana ny tànanareo ho amin'izy ireo, tao amin'ny lohasahan'ny Makka taorian'ny fanafihana nataonareo azy ireo. Ary Allah dia mahita izay rehetra ataonareo.

25- Izy ireo no tsy nino sy nanakana anareo tsy ho any amin'ny Al-Masdjid Al-Haram ary (nisakana) ihany koa ny tsy hahatongavan'ny sorona efa voafatotra ho eo amin'ny toerana fanaovana izany. Ary raha tsy nisy ireo lehilahy mpino sy ireo vehivavy mpino izay tsy fantatrareo (tao Makka), ka saika voahitsakareo (novonoinareo) noho ny tsy fahafantarana azy ireo, ary hahatonga anareo ho meloka tamin'izany… Izany dia mba ny hampidiran' Allah izay sitrany ao amin'ny Famindram-pony. Raha niavaka tsara ireo mpino dia tena nosazianay tamin'ny famaizana mangirifiry ireo izay tsy nino tamin'izy ireo (mponin'ny Makka).

26- Rehefa nataon'ireo tsy mpino tao am-pon'izy ireo ny fahatezerana, fahatezerana noho ny tsy fahafantarana…. Avy eo dia nampidin'i Allah tamin'ny Irany kosa ny fahatoniana sy tamin'ireo mpino ihany koa, ary nodidiany tamin'izy ireo ny teny feno fatahorana, izy ireo no tena mendrika an'izany sy tena akaiky izany. Ary Allah dia Mahalala ny zava-drehetra.

27- Notanterahin'i Allah ny fahitan'ny Irany tamim-pahamarinana: hiditra ao amin'ny Al-Masdjid Al-Haram ianareo raha sitrak'i Allah, amim-pilaminana, voaharatra ny lohanareo na mitapa-bolo, tsy misy fatahorana. Nahafantatra izay tsy fantatrareo izy. Ary napetrany haingana dia haingana eny rehetra eny ny fandresena

28- Izy no nandefa ny Irany miaraka amin'ny tari-dàlana sy ny finoana marina (Islamo), mba hasongadiny eo anatrehan'ny finoana hafa rehetra. Ampy ho vavolombelona Allah.

29- Mohammad dia Irakan'i Allah. Ary ireo mpiara-dia aminy dia hentitra eo anatrehan'ireo tsy mpino, fa mifamindrafò kosa amin'ny samy izy ireo. Hitanao fa miondrika, miankohaka izy ireo, am-pitadiavana fahasoavana avy amin'i Allah sy Fankasitrahana. Ny famantarana azy ireo dia eo amin'ny tavan'izy ireo, noho ny mariky ny fiankohofana. Izany no endrik'izy ireo (voasoratra) ao anatin'ny Thorà. Ary ny endrika nomena azy ireo ao anatin'ny Evanjely kosa dia mitovy amin'ny voa nafafy vao mitsimoka, avy eo mihamafy, mihabe ary mitsangana amin'ny tahony, izay nampitolagaga ireo mpamafy. Mba hampahatezeran'i Allah ireo tsy mpino amin' ireo mpino. Allah dia nampanantena ireo izay mino sy manao asa soa ny famelan-keloka sy valisoa tsy manam-pahataperana.

**TOKO-49**
**SORATRA: IREO EFITRANO**
**(AL-HOJORATY)**
**ANDININY:18**
**NIDINA TAO MADINAH**

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Oh ianareo Mpino! Aza mialoha làlana an'i Allah sy ny Irany ianareo. Ary aoka ianareo hatahotra an'i Allah. Satria Mandre sy Mahalala ny zava-drehetra i Allah.
2- Ô ianareo Mpino! Aza atao avo noho ny feon'ny Mpaminany ny feonareo, ary aza mampiaka-peo ianareo rehefa miresaka aminy, tahaka ny fifampiresahanareo samy ianareo, raha tsy izany, dia ho very maina ny asanareo izay tsy ho tsapanareo akory.
3- Fa ireo izay manalefaka ny feony eo anatrehan'ny Irak'i Allah, dia izy ireny no efa nosedrain'i Allah ny fony mba hanam-pahatahorana. Hahazo famelan-keloka sy valisoa lehibe izy ireo.
4- Hamafisina, fa ireo izay miantso mafy anao avy ao ambadiky ny efitrano, dia tsy mandinika ny ankamaroan'izy ireo.
5- Ary raha maharitra izy ireo mandra-pivoahanao eo aminy, dia izany no tsara kokoa ho azy ireo. Fa Mpamela heloka sy be indrafo i Allah.
6- Ô ianareo Mpino! Raha misy olona ratsy tonga mitondra vaovao aminareo, dia hamarino tsara izany mba tsy hanaovanareo ratsy amin'ny vahoaka noho ny tsy fahafantarana, ka hanenenanareo amin'izay ataonareo avy eo.
7- Ary fantaro, fa miaraka aminareo ny Irak'i Allah. Raha nankato anareo tamin'ny zavatra maro izy, dia ho tao anatin'ny fahasahiranana tokoa ianareo. Nefa nataon'i Allah nitia ny finoana ianareo, sady nohatsarainy tao am-ponareo izany, ary nataony nankahala ny tsy finoana ianareo, ny haratsiam-panahy sy ny tsy fankatoavana. Izy ireny tokoa no voatari-dàlana tanteraka,
8- Fa izany dia vokatry ny fahasoavan'i Allah sy ny fitahiany. Fa i Allah dia mahalala ny zava-drehetra sy be fahendrena.
9- Fa raha miady ny andiany roa amin'ireo mpino, dia aoka ianareo hampihavana azy ireo. Fa raha mikomy ny andaniny amin'izy ireo hanohitra ny ankilany, dia aoka ianareo hiady amin'ilay mikomy mba hanarahany ny didin'i Allah. Fa raha manatanteraka izany izy, dia ampihavano amim-pahamarinana izy ireo, ary aoka ianareo hanao ny rariny, satria tia ireo mpanao ny rariny i Allah.
10- Mpirahalahy tokoa ireo mpino. Ka aoka hanatsara ny fifandraisana eo amin'ny rahalahinareo ianareo, ary matahora an'i Allah ianareo, mba hahazoanareo famindram-po.
11- Ô ianareo Mpino! Aoka ny andian'ny vahoaka amin'ny andaniny aminareo mba tsy haneso ny ankilany, satria mety ho mendrika kokoa izy ireny noho izy ireo. Ary aoka ireo vehivavy tsy haneso ireo vehivavy hafa, fa mety ho mendrika kokoa izy ireny noho izy ireo. Ary aza mifanambany ianareo, ary aza mifanome anaram-bositra. Tena ratsy tokoa ny anarana maloto, raha efa manam-pinoana ianareo. Ary na iza na iza tsy mibebaka, dia izy ireny no olona mpanao ny tsy rariny.
12- Ô ianareo Mpino! Alaviro ny ahiahy tafahoatra, satria ny ampahany amin'izany ahiahy izany dia fahotana. Ary aza mifampitsikilo ianareo, na hifampifosa ianareo samy ianareo. Moa misy te-hihinana ny nofon'ny rahalahiny efa maty ve aminareo? Hamparikoriko

anareo izany. Koa matahora an'i Allah ianareo. Satria i Allah dia fatra mpandray ny fibebahana sy be indrafo.

13- Ô ry olombelona! Noharianay ianareo avy amin'ny lahy sy vavy, ka nataonay ho vahoaka sy foko ianareo, mba hifankahalalanareo. Fa ny tena mendrika indrindra aminareo eo anatrehan'i Allah dia izay vontompinoana indrindra. Satria hamafisina, fa i Allah dia Mahalala sy Mahafantatra ny zava-drehetra.

14- Niteny ireo mpifindrafindra monina arabo hoe: "Mino izahay". Teneno hoe: "Tsy mbola manam-pinoana ianareo". Fa teneno kosa hoe: "Mankato fotsiny ihany izahay", satria ny finoana dia mbola tsy tafiditra ao am-ponareo. Fa raha mankato an'i Allah sy Irany ianareo, dia hataony tsy misy very ny asanareo. Mpamela heloka sy be indrafo i Allah.

15- Ireo tena mpino, dia ireo izay mino an'i Allah sy ny Irany, ka tsy misalasala mihitsy aty aoriana, ary miezaka izy ireo amin'ny làlan'i Allah amin'ny alàlan'ireo fananany sy ny tenany. Izy ireny no tena olona marina.

16- Lazao hoe: "Moa ve ianareo no hampianatra an'i Allah ny finoanareo, nefa i Allah dia mahafantatra izay rehetra any an-danitra sy ety an-tany? Ary i Allah dia Mahalala ny zava-drehetra.

17- Mampahatsiahy anao ny fidiran'izy ireo amin'ny finoana Islamo (an'i Allah tokana) izy ireo, izay tahaka ny tombontsoa manokana avy amin'izy ireo ho anao izany. Lazao hoe:"Aoka ianareo tsy hampahatsiahy ahy amin'ny fidiranareo amin'ny finoana Islamo ho toy ny tombontsoa manokana. Mifanohitra amin'izany anefa, tombontsoa manokana ho anareo avy amin'i Allah no nitarihany anareo amin'ny finoana, raha tena olona marina tokoa ianareo".

18- Hamafisina, fa i Allah dia mahalala ny zava-miafina any an-danitra sy ety an-tany, ary mahita tsara izay ataonareo i Allah.

**TOKO:50**
**SORATRA: KAF**
**ANDININY: 45**
**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin'ny anaran'i Allah Ilay be Indrafo ,Ilay be Fiantrana

1- Kaf. Mianiana amin'ilay koro'any be voninahitra Aho*!*
2- Nefa gaga izy ireo raha ny iray avy tamin'izy ireo dia tonga ho Mpampitandrina teo aminy ; ka niteny ireo tsy mpino hoe :"Ity zavatra ity dia mahagaga !
3- Moa ve rehefa maty izahay sy ho lasa vovoka?... Fiverenana tena lavitra tokoa izany!
4- Marina fa efa fantatray izay ho levon'ny tany amin'izy ireo (ireo vatany) ; ary manana Boky izay mitahiry ny zava- drehetra Izahay.
5- Nolazain'izy ireo fa lainga ny fahamarinana nony tonga teo amin'izy ireo; ka indro àry izy ireo fa ao anatin'ny raharaha misafotofoto.
6- Tsy mba hitan'izy ireo ve ny lanitra eo amboniny, fomba ahoana no nanamboaranay azy sy nampihaingoanay azy; ary tsy misy triatra?
7- Ary ny tany, novelarinay izy, ka natsatokay mafy teo aminy ny tendrombohitra maro, ary nampitsirianay teo amboniny, ny isan-karazan- javatra tsiroaroa mahafinaritra.
8- Mba ho fisitoman-tsaina sy fampatsiahivana ho an'ny mpanompo tsirairay mpibebaka.
9- Nampidininay avy eny an-danitra ny rano feno fahasoavana, avy aminy no nampitsirianay ireo zaridaina sy ny voa hojinjaina,
10- Ary koa ireo hazo palma avo misy salohy mifanongoa,
11- 1Sakafo ho an'ireo mpanompo. Ary avy aminy (ny rano) no namelomanay indray ny tany efa maty. Tahaka izany ny fitsanganana amin'ny maty.
12- Talohan'izy ireo, ny vahoakan'i Noa, ireo vahoakan'i Arrasy sy ireo Samody dia nilaza fa (ny fahamarinana) lainga
13- Sy ireo Aad, Faraona, ireo rahalahin'i Lota,
14- Ary ireo vahoakan'i Al-aikaty, vahoakan'i Tobba dia niampanga ireo iraka ho mpandainga avokoa izy rehetra. ka dia tanteraka ny fampitandremako.
15- Moa ve vizaky ny famoronana voalohany Izahay? Tsy izany anefa! Fa ao anatin'ny fisavorovoroana mikasika ny famoronana vaovao izy ireo.
16- Marina fa Izahay no nahary ny olombelona sy mahafantatra izay bitsibitsihin'ny fanahiny, ary Izahay dia akaiky azy kokoa noho ny lalan-drà lehibe amin'ny tendany.
17- Raha mandray an-tsoratra ireo mpitan-tsoratra roa, izay mipetraka: ny iray eo an-kavanana, ny iray eo an-kavia.
18- Tsy mamoaka teny na dia iray aza izy raha tsy efa eo akaikiny ny mpanara-maso azy, vonona hanoratra .
19- Ny hangirifirin'ny fialan'aina dia mampiseho ny marina : "Izany ilay tadiavinao handosirana.
20- Ary ho tsofina ny trompetra (Anjomara):" Indro ilay Andron'ny fampitandremana .
21- Dia ho tonga ny olona tsirairay miaraka amin'ny mpitarika iray sy vavolombelona iray.
22- Tsy taitra akory ianao tamin'izany. Arak'izany dia esorinay ny rakotra taminao; tena mahiratra tsara ny masonao androany.
23- Ary hiteny ilay mpiaraka aminy hoe: "Ity ilay tena akaiky amiko indrindra.

24- “Ianareo roa! atsipazonareo ao amin’ny Afobe ny tsy mpino rehetra mafy fo sy mpikomy,
25- Nikiry mafy tamin’ny fisakanana ny tsara, mpandika làlana, mpisalasala.
26- Ilay nametraka zanahary hafa miaraka (ankilany) amin’i Allah. Koa atsipazo àry izy any amin’ny famaizana mafy.”
27- Hiteny àry ny namany (Satana) hoe: “Tomponay o! Tsy izaho no nampandika làlana azy; fa efa tao anatin’ny fahaverezana lalina izy”.
28- Ka hiteny Allah hoe: “Aza mifamaly eto anatrehako ianareo! Satria efa nomeko fampitandremana mialoha ianareo.
29- Tsy miova ny teny avy amiko; ary tsy mba manindritsindry ireo mpanompo mihitsy Aho”.
30- Amin’ny andro izay hilazanay amin’ny Afobe hoe: “Efa feno va ianao?” Ka hiteny izy hoe: “Mbola misy fanampiny va?”
31- Hampanatonina akaik’ireo manam-patahorana ny Paradisa.
32- “Indro ilay nampanantenaina anareo, (ary koa) ho an’ny olona tsirairay feno fanenenana sy fanajana,
33- Izay matahotra Ilay be Indrafo na dia tsy hita maso aza, ary tonga (manatona Azy) amin’ny fò feno fankatoavana.
34- Midira ao am-piadanana ianareo”. Izany no andron’ny mandrakizay!
35- Ary ho azy ireo izay rehetra ilain’izy ireo ao. Ary mbola misy bebe kokoa ho fanampin’izany eo Aminay.
36- Firifiry no efa naringanay tamin’ireo taranaka talohan’izy ireo, izay matanjaka kokoa noho izy ireo. Nitety tanana maro izy ireo sy nitady fialofany, nahita izany va izy ireo?
37- Marina fa misy fampatsiahivana tokoa amin’izany ho an’izay manana fo, na manongilan-tsofina, ka mijoro vavolombelona.
38- Ary efa nahary ireo lanitra sy ny tany Izahay sy izay ao anelanelan’izy ireo tao anatin’ny enina andro, ary tsy misy faharerahana mihitsy niatra taminay.
39- Mahareta àry amin’izay lazain’izy ireo ary ankalazao ny voninahitrin’ny Tomponao alohan’ny hiposahan’ny masoandro sy alohan’ny hilentehany;
40- Ary ankalazao ny Voninahiny amin’ny ampahan’ny alina sy aorian’ny fiankohofana.
41- Henoy! Amin’ny andro izay hiantson’ny mpiantso avy amin’ny toerana akaiky,
42- Amin’ny andro izay handrenesan’izy ireo amim-pahamarinana ilay hiaka. Izany ilay Andro Fitsanganana.
43- Izahay no mamelona sy manala ny aina, ary any Aminay no fiafarana.
44- -Amin’ny andro izay hampitresaka ny tany, ka hamoaka azy ireo haingana. Ny fanangonana izany dia ho mora Aminay.
45- Izahay no tena mahafantatra kokoa izay tenenin’izy ireo. Tsy natao hanery azy ireo no nanirahana anao. Ampatsiahivo àry amin’ny alalan’ny koro’any, izay matahotra ny fampitandremako.

## TOKO-51
## SORATRA:ILAY MANAPARITAKA
## (Az-ZARIYATI)
## ANDININY:60
## NIDINA TAO MAKKAH

Amin'ny anaran'i Allah,Ilay be fiantrana,Ilay be indrafo

1- Mianiana amin'ny rivotra izay manaparitaka Aho,
2- Amin'ny rahona mpitondra havesarana,
3- Amin'ny sambo mikorisa amim-pahamorana,
4- Amin'ireo Anjely mpizara araka ny didy,
5- Fa marina avokoa izay ampanantenaina anareo.
6- Ary ho tonga tsy azo sakanana ny fitsarana.
7- Mianiana amin'ny lanitra izay misy làlana voafaritra tsara Aho,
8- Fa mifanohitra tokoa ny teny izay lazainareo.
9- Ary mihataka aminy (Kor'ány na Mpaminany) izay mihataka amin'ny finoana.
10- Voaozona ireo mpandainga,
11- Izay nilatsaka tao anatin'ny tsy firaharahana.
12- Manontany izy ireo hoe: Rahoviana ny andro fitsarana?
13- Amin'ny andro izay hisedrana azy ireo ao amin'ny Afo,
14- Andramo ny fisedrana anareo, fa indro ilay notadiavinareo ho hafainganina.
15- Ho ao amin'ny zaridaina sy loharano ireo vontom-pinoana,
16- Handray izay nomen'ny Tompony izy ireo. Satria mpanao asa soa izy ireo taloha,
17- Fotoana kely monja no atorian'izy ireo mandritra ny alina,
18- Ary amin'ny ora farany amin'ny alina, dia mangataka famelan-keloka amin'i Allah izy ireo,
19- Ary misy anjaran'ny mpangataka sy ny tsy manana amin'ny fananan'izy ireo.
20- Misy porofo maro eto an-tany ho an'ireo izay tena mino,
21- Ary toy izany ihany koa eo amin'ny tenanareo. Tsy mba mandinika izany ve ianareo?
22- Ary any an-danitra no misy ny fivelomanareo, sy izay nampanantenaina anareo.
23- Mianiana amin'ny Tompon'ny lanitra sy ny tany Aho! Izany dia tena marina tahaka izay lazainareo.
24- Tonga taminao ve ny tantaran'ny vahiny manan-kajan'i Abrahama?
25- Rehefa niditra tao aminy izy ireo, dia niteny hoe: "Fiadanana!" Ka namaly izy ireo hoe: "Fiadanana, ry vahoaka tsy fantatra".
26- Avy eo, dia nandeha mangingina tany amin'ny fianakaviany izy, ka nitondra zanak'ondry matavy.
27- Manaraka izany dia nentiny nanatona azy ireo izany, ka niteny izy hoe: "Moa tsy hihinana ve ianareo?"
28- Nahatsiaro natahotra teo anatrehan'izy ireo izy. Ka niteny izy ireo hoe: "Aza matahotra ianao". Dia nambaran'izy ireo taminy ny fahaterahan'ilay zaza lahy feno fahalalana.
29- Tamin'izany dia nandroso ny vadiny sady nihiaka, nikapoka ny tarehiny, ary niteny hoe: "Vehivavy antitra efa momba izao…"
30- Hoy izy ireo hoe: "Izany no tenin'ny Tomponao. Izy tokoa Ilay be fahendrena, Ilay Mahalala ny zava-drehetra".

31- Dia hoy izy (Abrahama) hoe: “Inona àry no nanirahana anareo, ry Iraka?”
32- Namaly izy ireo hoe: “Nalefa ho an’ireo vahoaka mpanao ratsy izahay,
33- Mba hitoraka vato tanimanga azy ireo,
34- Izay voamarika any amin’ny Tomponao, ho an’ireo mpihoa-pefy”.
35- Dia navoakanay avy tao izay mpino,
36- saingy tsy nahita afa-tsy trano iray ihany an’ireo olona mpankato Izahay.
37- Ka namela famantarana tao izahay, ho an’ireo izay matahotra ny famaizana mamirifiry,
38- Ary tamin’i Mosesy, rehefa nandefa azy Izahay, tany amin’i Faraona niaraka tamin’ny porofo mazava.
39- Saingy nanome lamosina izy, noho ny fahatokisany ny heriny, ka niteny izy hoe: “Mpanao majika, na azon’ny devoly!”
40- Nofaizinay izy sy ireo miaramilany, ka natsipinay tany anaty onja, noho ny haratsian-toetrany.
41- Toy izany koa tamin’ireo Áady, rehefa nalefanay tamin’izy ireo ny rivotra mpandrava,
42- Izay tsy mamela na inona na inona amin’izay andalovany, raha tsy lasa vovoka.
43- Toy izany ihany koa tamin’ireo Tamody, rehefa nolazaina izy ireo hoe: “Mifalia mandritra ny fotoana fohy ianareo”.
44- Sahy nanohitra ny didin’ny Tompony izy ireo, ka nandringana azy ireo, teo imasony ny varatra.
45- Sady tsy afaka nitsangana izy ireo no tsy afaka nanavo-tena.
46- Tahaka izany ihany koa tamin’ireo vahoakan’i Noa taloha. Fa vahoaka ratsy fitondran-tena tokoa izy ireo.
47- Ary ny lanitra, namboarinay avy amin’ny Herinay, ary novelarinay amina velarana tsy taka-maso.
48- Ary ny tany, dia novelarinay, ary tamin’ny fomba mendrika tokoa no nampitovianay tantana tanteraka azy!
49- Ary noharinay tsiroaroa avy ny zava-drehetra mba hisainanareo?
50- Aoka ianareo hirodorodo hankany amin’i Allah, fa izaho, dia ho Mpampitandrina miharihary ho anareo, avy any Aminy.
51- Aza maka tompo hafa miaraka amin’i Allah ianareo,fa izaho dia ho Mpampitandrina miharihary ho anareo,avy any Aminy.
52- Toy izany, tsy nisy iraka tonga tamin’ireo talohan’izy ireo, ka tsy noteneniny hoe: “ Mpanao majika na azon’ny devoly”.
53- Nifampitan’izy ireo ve izany hafatra izany? Fa vahoaka mpandika lalána tokoa izy ireo.
54- Mihataha amin’izy ireo ianao, fa tsy hahazo tsiny.
55- Ary aoka ianao hampahatsiahy, fa ny fampahatsiahivana dia hitera-bokatsoa ho an’ireo mpino.
56- Ary tsy nohariako ny jiny sy ny olombelona, afa-tsy hanompo Ahy ihany.
57- Tsy mila foto-pivelomana avy amin’izy ireo Aho, ary Izaho dia tsy mila azy ireo hampihinana Ahy.
58- hamafisina, fa i Allah no Mpamatsy anjaram-pivelomana sesehena, Tompon’ny Hery, Ilay tsy voahozongozona.
59- Ireo izay manao ny tsy rariny, dia hahazo anjara mitovy amin’izay azon’ireo namany, ka aoka izy ireo tsy ho maika loatra.
60- Loza tokoa ho an’izay tsy nino, noho ilay andro izay efa nampitandremana azy ireo.

**TOKO-52**
**SORATRA: NY TENDROMBOHITRA TORY**
**(At-TORY)**
**ANDININY:49**
**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin' ny anaran'i Allah,Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Mianiana amin'ny tendrombohitra Tory (ao Sinay) Aho,
2- Ary amin'ny Boky voasoratra,
3- Amin'ny taratasy mivelatra,
4- Ary amin'ilay Trano feno,
5- Ary amin'ny lanitra ambony,
6- Ary amin'ny ranomasina nampangotrahina (amin'ny andro farany),
7- Hamafisina, fa tsy maintsy hisy ny famaizan'ny Tomponao.
8- Tsy misy afaka hanakana izany.
9- Amin'ny andro izay hampikorontana tanteraka ny lanitra,
10- Ary hampihisaka ireo tendrombohitra.
11- Loza ho an'ireo izay milaza, fa lainga izany andro izany,
12- Ireo izay mandany andro amin'ny resaka tsy misy antony,
13- Amin'ny andro izay hanosehana azy ireo an- keriny, any amin'ny afobe.
14- Indro ny afo, izay lazainareo fa lainga.
15- Moa ve majika izany? Sa ianareo no tsy mahita tsara?
16- Midira ao ianareo! Na hiaritra ianareo na tsy hiaritra, dia hitovy ihany izany ho anareo. Tsy misy afa-tsy izay nataonareo ihany no hamaliana anareo.
17- Hamafisina, fa ireo manam-patahorana dia ho ao amin'ny zaridaina sy fahasambarana,
18- Hifaly amin'izay nomen'ny Tompony ho azy ireo, ary harovan'ny Tompony izy ireo amin'ny famaizan'ny afo.
19- Koa mihinàna sy misotroa amim-pilaminana ianareo, ho valisoa tamin'izay nataonareo.
20- Mitehin-kiho eo ambony farafara tsara lamina, ary hampanambadianay vehivavy baribarimaso izy ireo.
21- Ary ireo izay nino, ka narahin'ny taranany tamin'ny finoana, dia hataonay izay hihaonan'ny taranany amin'izy ireo. Ary tsy hahenanay velively ny fahamendrehan'ny asa izay nataony, fa samy tompon'andraikitra amin'izay nataony avy ny tsirairay.
22- Ho vatsianay voankazo sy hena maro izay tadiaviny izy ireo.
23- Hifanolotra kaopy izy ireo ao, ka tsy hiteraka fihamboana na fifanomezan-tsiny izany.
24- Dia hisy zazalahy ao amin'izy ireo, hiasa ho azy ireo, toy ireny vatosoa tsara tahiry.
25- Ary ny sasany amin'izy ireo hifampitodika ka hifanontany,
26- Ka hiteny izy ireo hoe: "Niaina tao anatin'ny tahotra isika taloha teo amin'ny fianakaviantsika,
27- Ka nomen'i Allah tombontsoa manokana isika, ary narovany tamin'ny famaizan'ny fifofofofon'ny afo.
28- Izy no nantsointsika taloha, ka hamafisina fa Izy no Mpiantra, Ilay be indrafo.
29- Ampahatsiahivo àry, amin'ny alálan'ny fahasoavan'ny Tomponao, fa tsy mpisikidy ianao na adála".
30- Na koa hiteny izy ireo hoe: "Mpanao tononkalo! Aoka handrasantsika ho azy ny kapoky ny fahafatesana".
31- Ka lazao hoe: "Miandrasa ianareo! Fa izaho koa dia anisan'ny miandry tahaka anareo".

32- Moa ny sain'izy ireo ve no mibaiko izany? Sa vahoaka mpihoa-pefy izy ireo?

33- Na koa hiteny izy ireo hoe: "Izy ihany no namorona izany". Saingy tsy mino izy ireo.

34- Raha izany, dia aoka izy ireo hampiseho lahateny mitovy amin'izany ( Ity Kor'ány ity), raha mpilaza ny marina tokoa izy ireo.

35- Moa nohariana avy tamin'ny tsy misy ve izy ireo, sa izy ireo mihitsy no mpahary?

36- Sa izy ireo ve no nahary ny lanitra sy ny tany? Saingy toa tsy mino mihitsy izy ireo.

37- Sa manana ireo tahiry sarobidin'ny Tomponao ve izy ireo? Sa izy ireo no tompo tsy refesimandidy amin'izany?

38- Sa manana tohatra enti-mihaino ve izy ireo? Koa aoka izay mihaino amin'izy ireo mba hitondra porofo mazava!

39- Sa manan-janaka vavy ve Izy, fa ny anareo kosa zanaka lahy?

40- Sa mangataka tambiny amin'izy ireo ve ianao, ka vesaran-trosa maro izy ireo?

41- Sa mahafantatra zava-miafina ve izy ireo, ka manao izany an-tsoratra?

42- Sa mitady hanao tetika ve izy ireo? Saingy ireo tsy mino ihany no ho voan'ny tetika izay ataony.

43- Sa manana tompo hafa ankoatra an'i Allah ve izy ireo? Voninahitra anie ho an'i Allah, ary feno fahadiovana amin'izay atambatr'izy ireo Aminy Izy!

44- Ary raha mahita sombin-danitra milatsaka izy ireo, dia hiteny hoe: "Rahona mifanongoa izany".

45- Avelao àry izy ireo, mandra-pifanojoany amin'ny andro izay hilatsahan'ny varatra amin'izy ireo,

46- Amin'ny andro izay tsy hilan'izy ireo ny hafetseny, sady tsy ho voavonjy intsony izy ireo.

47- Ary hamafisina, fa hahazo famaizana mialoha ireo mpanao ny tsy rariny, saingy tsy mahafantatra ny ankamaroan'izy ireo.

48- Koa zakao amim-paharetana ny didin'ny Tomponao, satria eo ambany masonay tokoa ianao. Ary ankalazao ny voninahitry ny Tomponao rehefa mitsangana ianao.

49- Ary omeo voninahitra Izy amin'ny ampahany amin'ny alina, sy rehefa hilentika ny kintana.

**TOKO -53**
**SORATRA: NY KINTANA**
**(An-NAJMI)**
**ANDININY: 62**
**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Mianiana amin'ny kintana rehefa hilentika Aho!
2- Fa tsy very làlana ny namanareo (Mohammad-saw), ary tsy tafiditra anatin'ny fahadisoana.
3- Ary tsy miteny vokatry ny hetahetam-pony izy,
4- Fa izany dia tsy inona, fa faminaniana tonga taminy,
5- Nampianatra azy Ilay hery lehibe,
6- Manan-tsaina, ary niseho tamin'ny endrika maha-izy azy,
7- Raha teo amin'ny faravodilanitra ambony izy.
8- Avy eo, dia nanatona sy nidina ambanimbany kokoa izy,
9- Hatreo amin'izay tratran'ny zana-tsipika indroa, na akaiky kokoa noho izany.
10- Ka nambarany tamin'ny mpanompony (Mohammad), izay tiany hambara.
11- Tsy nandainga tamin'izay hitany ny fo.
12- Moa hifanditra aminy ve ianareo amin'izay hitany?
13- Efa hitany tamin'ny fidinana hafa koa anefa izy,
14- Teo akaikin'ny Sidratol-montahà[107],
15- Eo akaikiny no misy ilay zaridainan'ny fialofana (mandrakizay),
16-Tamin'ny fotoana izay naharakotra ny Sidrat (Mokonazy) tamin'izay naharakotra azy.
17- Tsy nivily ny fahitany na nihoatra amin'izay tokony ho izy.
18- Efa hitany tokoa ny sasany tamin'ireo fahagagana lehibe avy tamin'ny Tompony.
19- Ka ahoana àry ny fahitanareo ny (sampy) Lata sy Ozzà,
20- Ary koa Manata, ilay fahatelo hafa?
21- Moa ho anareo ve ny zazalahy, fa ho Azy (Allah) kosa ny zazavavy?
22- Fizarana vilana tokoa izany!
23- Tsy inona izany, fa anarana noforoninareo ihany, ianareo sy ny razambenareo, fa tsy nampidina porofo mahakasika izany Allah. Tsy manaraka afa-tsy ny fiheverany sy ny sitra-pony ihany izy ireo, nefa efa tonga tamin'izy ireo ny tari-dàlana avy tamin'ny Tompony.
24- Sa efa nahazo izay rehetra niriny ny olombelona?
25- An'i Allah ny fiainana any ankoatra sy ny fiainana eto an-tany.
26- Ary firifiry moa ireo Anjely any an-danitra, izay tsy hitera-bokatsoa mihitsy ny fanelanelanan'izy ireo, raha tsy aorian'ny hanomezan'i Allah alàlana, ho an'izay tiany sy ankasitrahany.
27- Ireo izay tsy mino ny any ankoatra, dia manome anaram-behivavy ho an'ireo Anjely,
28- Nefa tsy manana fahalalana amin'izany izy ireo, fa izay fiheverany ihany no arahiny, nefa tsy misy hilana ny fiheverana eo anatrehan'ny fahamarinana.

---

[107]Hazo izay any amin'ny lanitra faha-7 izay tsy azon'ny AnjelyJibril (Gabriely) atao ny mihoatra izany.

29- Koa miataha àry ianao, amin’izay tsy miraharaha ny fampatsiahivana avy Aminay, izay tsy mitady afa-tsy ny fiainana eto an-tany ihany.
30- Izany ihany no takatry ny fahalalany. Fantatry ny Tomponao tokoa izay mihataka amin’ny làlany, ary fantany tanteraka ihany koa izay manaraka ny tari-dàlana.
31- Ary an’i Allah izay rehetra any an-danitra sy ety an-tany, mba hamaliany ireo izay nanao ny ratsy, tamin’ny asan’izy ireo, fa hamaliany soa kosa izay nanao ny tsara amin’ny valisoa mendrika indrindra.
32- Ireo izay manalavitra ny fahotana lehibe, sy ny fahavetavetana, ka tsy manao afa-tsy ny fahotana madinika, dia hamafisina, fa lehibe tokoa ny famelan-keloky ny Tomponao. Izy no tena mahalala anareo, satria nahary anareo avy tamin’ny tany Izy, ary koa fony ianareo mbola ranonaina tao ankibon-dreninareo. Aza manadio-tena ianareo, fa Izy no tena mahalala izay vontom-pinoana.
33- Moa hitanao ve ilay nanome lamosina?
34- Ary nanome kely, avy eo, dia nitsahatra tsy nanome intsony?
35- Manana fahalalana amin’ny zava-miafina ve izy, ka hitany izany?
36- Tsy nambara taminy ve izay tao amin’ny Takelak’i Mosesy,
37- Sy an’i Abrahama, izay nitazona fatratra ?
38- Fa tsy hisy olona hibaby ny vesatry ny hafa,
39- Ary raha ny marina, dia araka izay fiezahan’ny olombelona ihany no ho azony,
40- Ary hamafisina, fa ny ezaka izay ataony dia haseho azy.
41- Avy eo, dia homena valisoa tanteraka izy,
42- Ary hamafisina, fa any amin’ny Tomponao avokoa ny fiafarana,
43- Fa Izy no mampihomehy sy mampitomany,
44- Ary Izy ihany koa no manome ny fahafatesana sy ny fahavelomana,
45- Izy no nahary ny mpivady tsirairay, lahy sy vavy,
46- Avy amin’ny tsirinaina rehefa mivoaka,
47- Fa andraikiny ny fahariana faharoa,
48- Ary Izy no mampanankarena, sy miantoka izay ilainy,
49- Izy no Tompon’ny kintana (Sirius),
50- Ary izy no nandringana ireo Áady taloha,
51- Ary toy izany ihany koa ireo Tamody, ka nataony tsy nisy tavela,
52- Sy ny vahoakan’i Noa taloha, tena olon’ny tsy fahamarinana sy mpihoa-pefy tokoa izy ireo.
53- Ary ireo tanàna nivadika, dia naringanay ihany koa,
54- Ka nosaronany tamin’izay nanaronany azy.
55- Inona amin’ireo fahasoavan’ny Tomponao àry no mampisalasala anao?
56- Indro mpampitandrina mitovy amin’ireo mpampitandrina taloha.
57- Miha-manatona ilay efa hatomotra (Ora farany),
58- Tsy misy ankoatra an’i Allah afaka hanambara izany.
59- Moa mahagaga anareo ve izany resaka izany “Kor’ány”?
60- Ka mihomehy amin’izany ianareo, fa tsy mba mitomany akory?
61- Ary dia variana tanteraka amin’ny fahafinaretana ianareo?
62- Koa miankohofa amin’i Allah àry ianareo, ary tompoy Izy.

**TOKO-54**
**SORATRA: NY VOLANA**
**(Al-KAMAR)**
**ANDININY:55**
**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Manakaiky ny Ora, ka hitresaka ny volana.
2- Ary raha mahita fahagagana izy ireo, dia mitsipaka izany, ka miteny hoe: "Majika maharitra avokoa izany!"
3- Ary nolazain'izy ireo fa lainga izany, ka manaraka ny sitrapony izy ireo, nefa ho avy amin'ny fotoanany ny zava-drehetra tsirairay.
4- Ary efa tonga tamin'izy ireo ny vaovao izay feno fampitandremana,
5- Feno fahendrena lalina izany. Saingy tsy mitondra vokatsoa ho azy ireo ny fampitandremana.
6- Omeo lamosina izy ireo. Ny andro izay hiantsoan'ny mpiantso azy ho any amin'ny zavatra mahatsiravina,
7- Hivoaka avy ao am-pasana izy ireo, hiondri-pijery, toy ny valala miparitaka,
8- Hihazakazaka, hanalava-tenda mankany amin'ilay mpiantso, ka hiteny ireo tsy mpino hoe: "Andro sarotra tokoa ity".
9- Talohan'izy ireo, dia efa nilaza izany ho lainga ny vahoakan'i Noah. Ka nolazain'izy ireo fa mpandainga ny mpanomponay, ary nilaza hoe: "Adala izy io !", ka dia natosika izy.
10- Dia niantso ny Tompony izy hoe: "Resy aho, ka ataovy mpandresy!"
11- Dia nosokafanay ireo varavaran'ny lanitra ho amin'ny oram-baratra,
12- Ary napoitranay avy amin'ny tany ireo loharano, ka nifanena ireo rano ireo araka ny fandaharana izay efa voadidy,
13- Ary dia nentinay izy (Noa) tamin'ny zavatra vita amin'ny hazo sy fantsika (sambo fiara),
14- Misosa eo ambany masonay, valisoa ho an'izay (Noa) nolavina.
15- Ary tena marina fa efa napetrakay izany, ho toy ny famantarana (fampitandremana). Moa misy iray mba mahatsiaro (misaina) izany?
16- Ahoana àry ny Famaizako sy ireo Fampitandremako?
17- Ary efa nataonay ho mora dinihina tokoa ny Koro'any. Ka moa ve misy iray mba mahatsiaro?
18- Nilaza (ny Iraka) ho mpandainga ireo Aady. Ahoana àry ny Famaizako sy ireo Fampitandremako?
19- Nandefasanay rivo-mahery sady mamirifiry izy ireo, anatin'ny andro ratsy tanteraka (mahafaty);
20- Nongotany ireo olona tahaka ny vodi-hazon'antrendry miongotra miaraka amin'ny fotony,

21- Ahoana àry ny Famaizako sy ireo Fampitandremako!
22- Ary efa nataonay ho mora dinihina tokoa ny Koro'any. Ka moa ve misy iray mba mahatsiaro?
23- Nataon'ireo Tamody ho lainga ireo fampitandremana.
24- Niteny izy ireo hoe: "Moa ve isika hanaraka olona iray izay avy amintsika ihany? Dia ho any amin'ny fahaverezana sy ny fahadalana tokoa isika.
25- Moa ve izy irery ihany no nandefasana ny hafatra, fa tsy isika rehetra? Tena mpandainga hikoizana, (olona) matikambo sy miavonavona."
26- Ho fantatr'izy ireo rahampitso, izay mpandainga hikoizana, matikambo sy miavonavona.
27- Nalefanay tamin'izy ireo ny rameva vavy, ho fitsapana. Araho maso àry izy ireo, ary mahareta.
28- Ambarao amin'izy ireo, fa hozaraina amin'izy ireo (sy amin'ny rameva vavy) ny rano; ka samy hisotro araka ny filaharany avy.
29- Avy eo, nantsoin'izy ireo ilay namany izay nandray (sabatra) sy namono azy (rameva vavy).
30- Ahoana àry ny Famaizako sy ireo Fampitandremako?
31- Nandefa Hiaka tokana tamin'izy ireo tokoa izahay, ka indro izy ireo toy ny mololo anaty vala.
32- Ary efa nataonay ho mora dinihina tokoa ny Koro'any. Ka moa ve misy iray mba mahatsiaro?
33- Nataon'ny vahoakan'i Lota ho lainga ireo fampitandremana.
34- Nandefa tafiodrivo-mahery tamin'izy ireo tokoa Izahay, afa tsy tamin'ny fianakavian'i Lota, izay navotanay tamin'ny maraina vao mangiran-dratsy,
35- Noho ny fahasoavana avy Aminay, tahaka izany no hamalianay izay mankasitraka.
36- Ary efa nampitandrina azy ireo ny amin'ny famaizana avy aty Aminay izy. Kanefa noraisin'izy ireo tamin'ny fisalasalana ireo fampitandremana.
37- Koa satria, nitady hanangoly ireo vahininy izy ireo, dia nataonay jamba ny mason'izy ireo. Andramonareo àry ny Famaizako sy ireo Fampitandremako".
38- Ary nony vao maraina, dia nihatra tamin'izy ireo ny famaizana mahery vaika.
39- Andramonareo àry ny Famaizako sy ireo Fampitandremako.
40- Ary efa nataonay ho mora dinihina tokoa ny Koro'any. Ka moa ve misy iray mba mahatsiaro?
41- Ary efa tonga tamin'ireo vahoakan'i Faraona tokoa ireo fampitandremana.
42- Nataon'izy ireo ho lainga avokoa ireo famantarana rehetra avy Aminay. Ka dia noraisinay àry izy ireo, tamin'ny fandraisan'ny Mahery, Mahefa ny zava-drehetra.
43- Moa ve ireo tsy mpinonareo no mendrika kokoa noho izy ireny? Sa misy zò manokana ho anareo ao anatin'ireo raki-tsoratra?
44- Na koa hiteny izy ireo hoe: "Mitambatra ho andiany iray (matanjaka) isika, ka handresy".
45- Ho resy tsy ho ela ny fitambaran'izy ireo ka handositra.
46- Fa ny Ora kosa no ifamotoanan'izy ireo, ka ny Ora dia ho lasa tena hahatsiravina sy hangidy.
47- Tena marina fa ireo mpanao heloka be vava dia ao anatin'ny fahaverezana tanteraka sy fahadalàna.
48- Ny andro izay hitaritarihana azy ireo ho ao amin'ny Afo, amin'ny tarehin'izy ireo (dia ho tenenina izy ireo hoe): "Andramonareo ny fifampikasohana amin'ny Afo «Sakar (ny hafanana mamaivain'ny Afobe)».

49- Tena marina fa nahary ny zava-drehetra Izahay araka ny famerana.
50- Ary tokana ihany ny didinay, toy ny indray mipi-maso.
51- Ary tena efa nandringana ireo vahoaka mitovy aminareo izahay. Ka moa ve misy iray mba mahatsiaro?
52- Ary izay rehetra nataon'izy ireo dia voasoratra ao anatin'ireo raki-tsoratra avokoa.
53- Ary ny zava-drehetra, na kely na lehibe, dia voatahiry avokoa.
54- Tena marina fa, ireo manam-patahorana dia ho ao anatin'ny zaridaina ary misy renirano,
55- Ao amin'ny toeram-pialan-tsasatra marina, eo anatrehan'ny Tompom-pahefana Mahefa ny zava-drehetra.

**TOKO-55**
**SORATRA: ILAY BE FIANTRANA**
**(Ar-RAHMAN)**
**ANDININY: 78**
**NIDINA TAO MADINAH**

Amin'ny anaran'i Allah,Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Ilay be Fiantrana.
2- Nampianatra ny Kor'ány Izy.
3- Nahary ny olombelona Izy.
4- Nampianatra azy niteny mazava Izy.
5- Mihodina araka ny kajy ny masoandro sy ny volana.
6- Ary miankohoka ny kintana sy ny hazo maniry.
7- Fa ny lanitra kosa, dia nakáriny avo tokoa. Ary napetrany ny mizana (fandanjana).
8- Mba tsy handikanareo lalàna amin'ny fandanjana.
9- Aoka hametraka mandrakariva ny lanja marina ianareo, ary aza disoina ny fandanjana.
10- Fa ny tany indray kosa, dia novelariny ho an'ireo zava-manan'aina,
11- Misy voankazo ao, ary koa ny hazon'antrendry misy voa voarakotra,
12- Toy ireo voa amin'ny akorany, sy ireo zava-maniry manitra.
13- Fa inona amin'ireo soa avy amin'ny Tomponareo áry no lavinareo (olombelona sy jiny)?
14- Nohariany avy tamin'ny tany manga maneno toy ny vilanitany ny olombelona,
15- Nahary ny jiny avy tamin'ny lelafo tsy misy setroka Izy.
16- Fa inona amin'ireo soa avy amin'ny Tomponareo àry no lavinareo?
17- Tompon'ireo fiposahana roa ary Tompon'ny filentehana roa.
18- Fa inona amin'ireo soa avy amin'ny Tomponareo áry no lavinareo?
19- Nomeny falalahana ireo ranomasina roa mba hifanojo,
20- Misy fefy tsy azon'izy roa hihoarana eo anelanelan'izy ireo.
21- Fa inona amin'ireo soa avy amin'ny Tomponareo áry no lavinareo?
22- Avy amin'izy roa ireo (ranomasina roa) no mivoaka ny voahangy (Perla) sy ny akoran-dranomasina.
23- Fa inona amin'ireo soa avy amin'ny Tomponareo áry no lavinareo?
24- Ary ho Azy (Allah) ireo sambo avo toy ny tendrombohitra eny ambony ranomasina.
25- Fa inona amin'ireo soa avy amin'ny Tomponareo áry no lavinareo?
26- Tsy maintsy ho rava avokoa izay rehetra ambonin'ny tány.
27- Afa-tsy ny tavan'ny Tomponao izay feno Hasina sy fiandrianana no sisa hijanona.
28- Fa inona amin'ireo soa avy amin'ny Tomponareo áry no lavinareo?
29- Samy mitalaho Aminy avokoa izay rehetra any an-danitra sy ety an-tany, isan'andro dia manao zavatra vaovao Izy.
30- Fa inona amin'ny soa avy amin'ny Tomponareo áry no lavinareo?
31- Tsy ho ela, dia hanome fotoana amin'ny fitsarana anareo Izahay, ry olombelona sy jiny.
32- Fa inona amin'ny soa avy amin'ny Tomponareo áry no lavinareo?

33- Ry fianakavian'ny Jiny sy olombelona! Raha afaka mivoaka ivelan'ny faritry ny lanitra sy ny tany ianareo, dia ataovy izany. Fa tsy afaka hanao izany ianareo raha tsy avy amin'ny fahefana tsy manam-petra.
34- Fa inona amin'ireo soa avy amin'ny Tomponareo áry no lavinareo?
35- Hatsipy aminareo ny lelafo sy ny setroka ka tsy hisy mpamonjy ianareo.
36- Fa inona amin'ireo soa avy amin'ny Tomponareo áry no lavinareo?
37- Ary rehefa hitriatra ny lanitra, dia hivaivay tahaka ny hoditra mena.
38- Fa inona amin'ireo soa avy amin'ny Tomponareo áry no lavinareo?
39- Amin'izany andro izany, dia tsy hametrahana fanontaniana mikasika ny fahotany intsony na ny olombelona na ny Jiny.
40- Fa inona amin'ireo soa avy amin'ny Tomponareo áry no lavinareo?
41- Ho fantatra amin'ny endriny ireo mpanao heloka be vava, ary ho raisina amin'ny volon-dohany sy ny tongony izy ireo.
42- Fa inona amin'ireo soa avy amin'ny Tomponareo áry no lavinareo?
43- Indro ilay afobe, izay nolazain'ireo mpanao heloka be vava fa lainga.
44- Hihodinkodina eo anelanelan'ny afobe, sy rano mangotraka tena mahamay izy ireo.
45- Fa inona amin'ireo soa avy amin'ny Tomponareo áry no lavinareo?
46- Ary ho an'izay matahotra ny hiseho eo anatrehan'ny Tompony, dia hisy zaridaina roa ho azy.
47- Fa inona amin'ireo soa avy amin'ny Tomponareo áry no lavinareo?
48- Izay misy ratsan-kazo maro midoroboka.
49- Fa inona amin'ireo soa avy amin'ny Tomponareo áry no lavinareo?
50- Hisy loharano anankiroa mikoriana ao.
51- Fa inona amin'ireo soa avy amin'ny Tomponareo áry no lavinareo?
52- Misy karazany roa isaka ny voankazo ao.
53- Fa inona amin'ireo soa avy amin'ny Tomponareo áry no lavinareo?
54- Hitehin-kiho eo ambony lamaka misy lamba lasoa kotofoham-bolamena izy ireo, ary ho azony takarina ireo voankazo ao amin'ireo zaridaina roa.
55- Fa inona amin'ireo soa avy amin'ny Tomponareo áry no lavinareo?
56- Hahita tovovavin'ny Paradisa izay manana fijery madio, izay mbola tsy niray ara-nofo na tamin'olombelona na tamin'ny Jiny.
57- Fa inona amin'ireo soa avy amin'ny Tomponareo áry no lavinareo?
58- Ho tahaka ny vatosoa sy akoran-dranomasina izy ireo.
59- Fa inona amin'ireo soa avy amin'ny Tomponareo áry no lavinareo?
60- Moa misy valisoa tsara hafa ho an'ny tsara ve ankoatra ny tsara?
61- Fa inona amin'ireo soa avy amin'ny Tomponareo áry no lavinareo?
62- Ankoatra ireo zaridaina roa ireo, dia misy zaridaina roa hafa.
63- Fa inona amin'ireo soa avy amin'ny Tomponareo áry no lavinareo?
64- Maitso antitra izy ireo.
65- Fa inona amin'ireo soa avy amin'ny Tomponareo áry no lavinareo?
66- Ka hisy loharano roa miboiboika ao anatiny.
67- Fa inona amin'ireo soa avy amin'ny Tomponareo áry no lavinareo?
68- Ao anatin'izany, dia misy voankazo, hazon'antrendry sy ampongabendanitra.
69- Fa inona amin'ireo soa avy amin'ny Tomponareo áry no lavinareo?
70- Hisy (vehivavy) tsara fitondran-tena sy tsara tarehy ao anatiny.
71- Fa inona amin'ireo soa avy amin'ny Tomponareo áry no lavinareo?
72- Tovovavin'ny Paradisa mitoka-monina ao anatin'ny trano lay,
73- Fa inona amin'ireo soa avy amin'ny Tomponareo áry no lavinareo?

74- Izy ireo dia mbola tsy niray ara-nofo tamin'olombelona, na Jiny talohan'izy ireo.
75- Fa inona amin'ireo soa avy amin'ny Tomponareo áry no lavinareo?
76- Hitehin-kiho eo amin'ny ondan-tseza maitso sy karipetra matevina sady tsara izy ireo.
77- Fa inona amin'ireo soa avy amin'ny Tomponareo áry no lavinareo?
78- Masina sy feno fahasoavana tokoany anaran'ny Tomponao, izay feno fahamboniana sy fahamendrehana!

**TOKO-56**
**SORATRA: NY ZAVA-HISEHO**
**(Al-WAKI'AH)**
**ANDININY: 96**
**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin'ny anaran'i Allah,Ilay, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Rehefa ho tonga tokoa ny fisehoan-javatra,
2- Dia tsy hisy hiampanga ny fiaviany ho lainga.
3- Hampidina ny sasany Izy,ka hampiakatra ny hafa.
4- Hampidina ny sasany Izy, fa hanandratra ny hafa.
5- Rehefa hihorohoro mafy dia mafy tokoa ny tany,
6- Ary ho potipotika ireo tendrombohitra,
7- Ka ho lasa vovoka miparitaka,
8- Ary amin'izany,dia hisokajy telo inareo:
9- Ireo olon'ny ankavanana. Iza moa ireo olon'ny ankavanana?
10- Ary ireo olon'ny ankavia. Iza moa ireo olon'ny ankavia?
11- Ireo voalohany, dia izy ireo no ho voalohany.
12- Izy ireny no akaiky indrindra an'i Allah.
13- Ao amin'ny zaridainam-pahasambarana,
14- Maro ireo voafidy tamin'ireo taranaka voalohany,
15- Fa vitsy kosa amin'ireo taranaka farany,
16- Eo ambonin'ny farafara voaravaka,
17- Mitehin-kiho izy ireo eo amin'izany, sady mifanatrika.
18- Hivezivezy eo amin'izy ireo, ireo zaza lahy tanora mandrakizay,
19- Miaraka amin'ireo kaopy,sy tavoara, ary vera feno zava-pisotron-doharano,
20- Izay tsy hamparary an-doha na hahafanina azy ireo,
21- Ary voankazo araka ny safidin'izy ireo,
22- Sy henam- borona araka izay ankafizin'izy ireo,
23- Ary hahazo tovovavin'ny Paradisa baribary maso sady tsara izy ireo,
24- Toy ireny vatosoa tsara tahiry,
25- Ho valisoa amin'izay nataon'izy ireo.
26- Tsy haheno teniteny foana, na faniratsirana izy ireo,
27- Afa-tsy ny teny hoe: Fiadanana,Fiadanana! (Salama, salama!).
28- Ary ireo olon'ny ankavanana. Iza moa ireo olon'ny ankavanana?
29- Ho eo amin'ny hazona mokonazy tsy misy tsilo izy ireo,
30- Ary ho eo amin'ireo fototr'akondro misy lafiny vaventy,
31- Ao anaty aloka midadasika,
32- Eo amin'ny rano mikorianalalandava,
33- Sy voankazo sesehena,
34- Izay tsy misy fahataperany na koa voarara,
35- Eo ambonin'ny farafara avo.
36- Izahay no nahary ireo tovovavin'ny Paradisa ho tonga lafatra,
37- Ka nataonay ho virijiny izy ireo,
38- Mahatehotia, mitovy taona avokoa,
39- Ho an'ireo olon'ny ankavanana,
40- Maro ireo voafidy tamin'ny taranaka voalohany,

41- Ary maro ihany koa ireo voafidy tamin'ny taranaka farany.
42- Ary ireo olon'ny ankavia. Iza moa ireo olon'ny ankavia?
43- Ho ao afovoan'ny rivotra mahamay,sy rano mangotraka izy ireo,
44- Eo amin'ny aloky ny setroka mainty,
45- Sady tsy mangatsiaka no tsy malefaka.
46- Hamafisina,fa niaina tao anatin'ny firentirentena izy ireo taloha,
47- Ary niziriziry tao anatin'ny fahotana lehibe izy ireo
48- Ka niteny izy ireo hoe: "Rehefa maty ka ho vovoka sy ho taolana ve izahay,dia mbola hitsangana indray?
49- Na koa ireo razambenay taloha?"
50- Dia lazao hoe: "hamafisina,fa ireo voalohany sy ireo farany,
51- Dia havory avokoa amin'ny andro efa fantatra".
52- Ary ianareo very làlana, izay nilaza izany fa lainga (ny fitsanganana amin'ny maty),
53- Dia tsy maintsy hihinana amin'ny hazon'ny zakkom (hazo mangidin'ny afobe) ianareo,
54- Ka hameno kibo amin'izany ianareo,
55- Sady hisotro rano mangotraka ianareo,
56- Ary hisotro amin'izany tahaka ny fisotroan'ny rameva mangetaheta ianareo.
57- Izany no ho azy ireo, amin'ny andro famaliana.
58- Fa Izahay no nahary anareo. Ka nahoana àry ianareo no tsy hino?
59- Mba hitanareo ve ny tsirinaina izay avoakanareo,
60- Ianareo ve no namboatra azy sa Izahay no Mpahary?
61- Efa noferanay ny fahafatesana eo aminareo, fa tsy ho voasakana mihitsy Izahay.
62- Hanolo anareo amin'izay mitovy aminareo, ary hamelona anareo indray amin'izay tsy fantatrareo.
63- Nahalala ny famoronana voalohany ve ianareo. Ka moa tsy tsaroanareo ve izany?
64- Mba hitanareo àry ve ny asa-tány izay ataonareo?
65- Ianareo ve no mamboly izany? Sa Izahay no Mpamboly?
66- Raha sitrakay dia hopotehinay izany. Ka tsy hijanona ny fahagaganareo:
67- Indro izahay fa vesaran-trosa (matiantoka),
68- Na tena azon'ny tsy fisiana.
69- Hitanareo ve ny rano izay sotroinareo?
70- Ianareo ve no nampidina azy avy eny amin'ny rahona? Sa Izahay kosa no Mpampidina?
71- Raha sitrakay dia nataonay masira izany. Koa nahoana àry ianareo no tsy mahalala mankasitraka?
72- Mba hitanareo ve ny afo izay arehitrareo?
73- Ianareo ve no nahary ny hazony, sa Izahay no Mpahary?
74- Nataonay izany rehetra izany mba ho fampahatsiahivana, sy fitaovana ilain'izay mila azy.
75- Koa ankalazao àry ny anaran'ny Tomponao,Ilay Lehibe indrindra!
76- Tsia! Mianiana amin'ny fipetrak'ireo kintana eny amin'ny habakabaka Aho,
77- Ary fianianana manetriketrika tokoa izany,raha mba fantatrareo mantsy!
78- Hamafisina, fa Kor'ány manan-kaja tokoa izany,
79- Ao anaty Boky voaaro tsara,
80- Ka izay madio ihany no afaka mikasika izany,
81- Izany dia fanambarana avy amin'ny Tompon'izao Tontolo izao.
82- Moa izany lahateny izany ve no lazainareo fa lainga?
83- Moa ve ny filazanareo, fa lainga (Kor'ány) no solon'ny fisaorana amin'ny anjaram-pivelomana nomena anareo?

84- Rehefa miakatra eo an-tenda ny aina,
85- Ary amin’izany fotoana izany,dia hijery azy ianareo,
86- Dia Izahay no akaiky azy kokoa noho ianareo, saingy tsy mahita-maso izany ianareo.
87- Ahoana àry raha mahatoky, fa tsy hotsaraina ianareo,
88- No tsy haverinareo izy (fahafatesana),raha mpilaza ny marina tokoa ianareo?
89- Fa raha isan’ireo mpanakaiky an’i Allah izy,
90- Dia hahazo fialan-tsasatra,sy hanitra, ary zaridainam- pahasambarana izy ireo.
91- Ary raha anisan’ireo olon’ny ankavanana izy,
92- [Dia hilazana hoe]: “Fiadanana anie ho anao, avy amin’ireo olon’ny ankavanana”.
93- Nefa raha anisan’ireo nilaza, fa lainga kosa izy, sady very làlana,
94- Dia hapetraka ao anaty rano mangotraka,
95- Ka ho may ao anaty afo mamaivay.
96- Izany no fahamarinana azo antoka tanteraka. Derao àry ny anaran’ny Tomponao, Ilay Lehibe indrindra!

**TOKO-57**
**SORATRA: NY VY**
**(Al-HADID)**
**ANDININY: 29**
**NIDINA TAO MADINAH**

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Manome voninahitra an'i Allah izay rehetra any an-danitra sy ety an-tany. Ary Izy Ilay Tsitoha, Ilay be fahendrena.
2- Azy ny fanjakan'ny lanitra sy ny tany. Izy no Mamelona sy Mamono, ary Izy no Mahefa ny zava-drehetra.
3- Izy Ilay Voalohany sy Ilay Farany, Ilay Miseho sy Ilay Miafina, ary Ilay Mahafantatra ny zava-drehetra.
4- Izy no nahary ny lanitra sy ny tany tao anatin'ny enina andro, rehefa avy eo dia nandray ny Seza Fiandrianany Izy, Mahafantatra izay miditra ao anatin'ny tany sy izay mivoaka avy ao aminy Izy, ary izay midina avy any an-danitra sy izay miakatra mankany, ary miaraka aminareo Izy na aiza na aiza no misy anareo. Ary i Allah dia mahita tsara izay ataonareo.
5- Azy ny fanjakan'ny lanitra sy ny tany. Fa any amin'i Allah no hiverenan'ny zava-drehetra.
6- Ampidiriny amin'ny alina ny andro, ary ampidiriny amin'ny andro ny alina, ary mahafantatra tanteraka izay raiketin'ny fo Izy.
7- Aoka ianareo hino an'i Allah sy ny Irany, ary manaova fandaniana amin'izay nomeny hotantaninareo ianareo. Fa izay mino aminareo, sy manao asa fandaniana dia hahazo valisoa lehibe.
8- Ary nahoana ianareo no tsy mino an'i Allah, nefa ny Iraka dia miantso anareo hino ny Tomponareo? Eny, efa noraisin'i Allah ny fanekenareo raha mino tokoa ianareo.
9- Izy no mampidina ireo famantarana mazava amin'ilay mpanompony, mba hamoahany anareo, avy ao amin'ny haizina ho amin'ny hazavana, ary hamafisina fa be fangorahana aminareo i Allah sady be indrafo.
10- Fa nahoana no tsy manao asa fandaniana amin'ny làlan'i Allah ianareo, nefa an'i Allah ny fandovàna ny lanitra sy ny tany? Tsy azo ampitahaina velively anefa izay nanome ny fananany sy izay niady taminareo talohan'ny fandresena (an'i Makkah), izy ireny no ambony toerana kokoa noho ireo izay nanao asa fandaniana sy niatrik'ady taoriana. Na dia izany aza, nampanantena valisoa ho an'ny tsirairay i Allah, fa mahalala izay ataonareo tokoa i Allah.
11- Izay mampindrana amin-kitsim-po an'i Allah, dia hampitomboin'i Allah ho azy izany, ka hahazo valisoa sesehena izy.
12- Ny andro izay hahitanao ireo mpino, lahy sy vavy, mihazakazaka eo anoloan'izy ireo sy eo ankavanany ny hazavany (dia ho lazaina amin'izy ireo hoe) : "Indro ny vaovao mahafaly ho anareo androany, zaridaina misy renirano mikoriana eo ambaniny, ka hitoetra ao mandrakizay ianareo. Izany no fahombiazana lehibe.
13- Fa amin'ny andro izay hitenenan'ireo mpihatsaravelatsihy, lahy sy vavy, amin'ireo mpino hoe: "Andraso mba hindrana ny ampahan'ny hazavanareo izahay". Dia ho lazaina (amin'izy ireo) hoe: "Miverena any aoriana ka mitadiava hazavana ianareo. Amin'izany, dia hasiana tamboho manelanelana azy ireo, izay misy varavarana, ka ao anatiny no misy ny famindram-po, fa ho an'izay miseho manatrika avy aty ivelany kosa ny famaizana.
14- "Moa tsy niaraka taminareo ve izahay?", hoy ny antson'izy ireo "Eny!", hoy ny navaliny, nefa mety nalaim-panahy ianareo, sy nanao tsikombakomba, sady nisalasala, ka namitaka anareo ny fanantenana poakaty, hatramin'ny

fahatongavan'ny didin'i Allah. Ka namitaka anareo momba an'i Allah ilay mpamitaka lehibe (devoly).

15- Ankehitriny àry dia tsy ekena intsony ny takalon'aina, na avy aminareo na avy amin'izay tsy nino. Ny afo no fialofanareo, izy no namana tsy mahasaraka anareo. Fa fiafarana ratsy tokoa izany!

16- Moa tsy tonga kosa ve ny fotoana ho an'ireo mpino, izay nampilefitra ny fon'izy ireo amin'ny fahatsiarovana an'i Allah, sy teo anatrehan'ny marina izay nampidinina? Ary tsy hitovy amin'ireo olon'ny Boky talohan'izy ireo mihitsy. Toa hitan'izy ireo lava loatra ny fotoana, ka nihamafy ny fon'izy ireo, ary ny ankamaroan'izy ireo dia ratsy fitondran-tena.

17- Fantaronareo, fa i Allah no manome aina ny tany efa maty, novelabelarinay mazava taminareo ireo porofo ho dinihinareo.

18- Hamafisina, fa izay lehilahy na vehivavy, ka nanao fampindramana amin-kitsim-po tamin'i Allah, dia hampitomboina avo heny ho azy ireo izany, ka hahazo valisoa sesehena izy ireo.

19- Ireo izay nino an'i Allah sy ireo Irany, dia izy ireny no tena olo- marina, sady vavolombelona eo anatrehan'i Allah. Hahazo ny valisoany, sy ny hazavany izy ireo, fa ireo izay tsy nino kosa, ka nilaza ho lainga ireo famantarana avy Aminay, dia izy ireny no olon'ny afo mamaivay.

20- Fantaronareo, fa kilalao fotsiny ny fiainana eto an-tany, fialam-boly sy rendrarendra, hazakazaka ho amin'ny fireharehana eo amin'ny samy ianareo, ary fifaninanana amin'ny fitadiavan-karena sy zanaka. Izany dia toy ny orana izay mahafinaritra ny mpamboly ny zava-maniry avy aminy, ary avy eo dia mihamalazo ka hitanao fa mihamavo izany, dia lasa potipotika. Ary any ankoatra kosa, dia misy famaizana mafy tokoa, sy famelan-keloka amam-pankasitrahana avy amin'i Allah. Fa ny fiainana eto an-tany dia tsy inona afa-tsy fahafinaretana mamitaka ihany.

21- Faingàna àry ianareo mankany amin'ny famelan-keloka avy amin'ny Tomponareo, sy amin'ny Paradisa, izay malalaka mitovy amin'ny lanitra sy ny tany, voahomana ho an'ireo izay mino an'i Allah sy ireo Irany. Izany no fahasoavan'i Allah omeny izay sitrany. Fa i Allah no Tompon'ilay fahasoavana lehibe.

22- Tsy misy loza mitranga amin'ny tany na amin'ny tenanareo, ka tsy voasoratra tao amin'ny Boky alohan'ny nanaovanay azy, fa mora amin'i Allah tokoa izany,

23- Mba tsy hahaketraka anareo mikasika an'izay tsy azonareo, na hifalianareo amin'izay omeny anareo. Fa i Allah dia tsy tia izay mpihambo feno fireharehana.

24- Ireo izay kahihitra sy manery ny olona ho amin'ny fahihirana. Ary na iza na iza mitsipaka, dia hamafisina, fa Tompon'ny harena i Allah, ary Mendri-piderana Izy.

25- Hamafisina, fa nandefa ireo Irakay niaraka tamin'ireo porofo mazava tokoa Izahay, ary nampidina ny Boky sy ny mizana fandanjana niaraka tamin'izy ireo, mba hahafahan'ny olona hampijoro ny fahamarinana. Ary nampidininay ny vy, izay misy hery mafy ao aminy, sady misy tombontsoa ihany koa, ary hahafantaran'i Allah izay olombelona hiaro ny foto-keviny sy ny an'ireo Irany na dia tsy mahita-maso Azy aza. Fa Matanjaka sy Tsitoha i Allah.

26- Nandefa an'i Noa sy Abrahama ho iraka tokoa Izahay, ary nomenay ny taranak'izy roa ireo ny faminaniana sy ny Boky. Ny sasany tamin'izy ireo, dia voatari-dàlana tsara, fa ny ankamaroany kosa dia ratsy fitondra-tena.

27- Ary avy eo, nampanarahinay ny dian'izy ireo ny Irakay sasany, ary nampanarahinay azy ireo i Jesoa zanak'i Maria, izay nampitondrainay ny Evanjely, ka nametrahanay tao amin'ny fon'ireo izay nanaraka azy ny hamoram-po sy halemem-panahy. Ny fanokanantena izay noforonin'izy ireo, dia tsy nandidinay azy ireo, afa-tsy ny fitadiavana ny fankasitrahan'i Allah ihany. Nefa tsy narahin'izy ireo araka ny tokony ho izy izany. Nomenay ny valisoany izay nino tamin'izy ireo. Nefa ny ankamaroany tamin'izy ireo kosa, dia ratsy fitondra-tena.

28- Ianareo Mpino! Aoka ianareo hatahotra an'i Allah, sy hino ny Irany, mba hanomezany anareo anjara roa amin'ny famindram-pony, ary hanomezany anareo

koa ny hazavana entinareo mandeha, sy hamelany ny helokareo, fa i Allah dia Mpamela heloka sy be indrafo.

29- Izany dia mba hahafantaran'ireo olon'ny Boky, fa tsy afaka manana ny fahasoavan'i Allah mihitsy izy ireo, ary eo am-pelantanan'i Allah ny fahasoavana. Omeny izay sitrany homena izany, satria Tompon'ny fahasoavana lehibe i Allah.

## TOKO-58
## SORATRA: ILAY VEHIVAVY MPITARAINA
## (Al-MOJADILAH)
## ANDININY: 22
## NIDINA TAO MADINAH

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Henon'i Allah tokoa, ny tenin'ilay vehivavy niady hevitra taminao momba ny vadiny, izay nitaraina tamin'i Allah. Ary Allah dia naheno ny resakareo, satria hamafisina, fa i Allah dia Mandre sy Mahita ny zavatra rehetra.

2- Izay misao-bady aminareo, ka milaza fa tahaka ny lamosin'ny reniny izy ireo. Kanefa tsy renin'izy ireo mihitsy izy ireny, fa izay niteraka azy ireo ihany no reniny. Fa ratsy tokoa ny zavatra tenenin'izy ireny, sady feno lainga. Nefa i Allah dia Mpiantra sy Mpamela heloka.

3- Ireo izay mampitaha ny vadin'izy ireo amin'ny lamosin-dreniny, ka miverina amin'ny teniny avy eo, dia tsy maintsy mamotsotra andevo anankiray, alohan'ny hiraisan'izy ireo. Anatra ho anareo izany. Satria Mahafantatra tanteraka izay ataonareo i Allah.

4- Fa izay tsy afaka manao izany kosa, dia tsy maintsy manatanteraka fifehezana mandritra ny roa volana mifanesy, alohan'ny hiraisan'izy ireo. Fa raha tsy afaka manao izany kosa izy, dia aoka izy hanome sakafo mahantra enimpolo. Izany dia mba hinoanareo an'i Allah sy ny Irany, izay lalàna famaizana napetrak'i Allah. Fa ireo tsy mpino kosa, dia hahazo famaizana mamirifiry.

5- Hamafisina, fa izay manohitra an'i Allah sy ny Irany, dia hazera tahaka ny nanjerana ireo talohany. Efa nampidina porofo mazava Izahay, ka hahazo famaizana mahafabaraka ireo tsy mpino izany,

6- Ny andro izay hananganan'i Allah azy rehetra amin'ny maty, ka hambarany azy ireo izay nataon'izy ireo. Nisain'i Allah izany saingy hadinon'izy ireo. Fa vavolombelona amin'ny zavatra rehetra i Allah.

7- Moa tsy hitanao ve, fa fantatr'i Allah izay any an-danitra sy ety an-tany? Tsy misy resaka miafina ataon'olona telo, ka tsy ho fahefatra amin'izy ireo Izy, na amina dimy ka tsy ho fahenina amin'izy ireo Izy, na latsaka noho izany, na ambonin'izany, dia ho eo amin'izy ireo Izy, amin'izay misy azy ireo. Ary avy eo, dia hambarany azy ireo izay nataony amin'ny andro fitsanganana, satria i Allah dia Mahalala ny zava-drehetra.

8- Moa tsy hitanao ve ireo izay norarana tsy hanao resaka miafina? Nefa avy eo, dia miverina amin'izay nandrarana azy izy ireo, izay mifandinika mangina hanao fahotana, handika lalàna sady tsy hankato ny Iraka. Fa rehefa tonga aminao izy ireo, dia miarahaba anao tsy tahaka izay niarahaban'i Allah anao, ka miteny amin'ny tenany ihany izy ireo hoe : "Nahoana àry no tsy faizin'i Allah Izahay noho ny teny nataonay?". Ampy ho azy ireo ny afobe, izay handoro azy ireo. Fa izany no fiafarana ratsy indrindra!

9- Ianareo mpino! Rehefa manao resaka miafina ianareo, dia aoka tsy hifanoro hevitra hanao fahotana, sy handika lalàna, ary tsy hankato ny Iraka, fa mifandiniha kosa,

amin’ny hatsarana sy amin’ny fitandremana. Ary matahora an’i Allah ianareo, satria any Aminy no hamoriana anareo.

10- Hamafisina, fa ny resaka miafina, dia asan’ny Satana, mba hampalahelo ireo izay mino. Nefa tsy afaka hanao ratsy azy ireo izany, raha tsy mahazo alálana avy amin’i Allah. Fa amin’i Allah no tokony hianteheran’ireo mpino.

11- Ianareo Mpino! raha tenenina ianareo hoe: Manomeza toerana ho an’ny hafa amin’ny fivoriana ianareo”, dia aoka hanome toerana. Fa i Allah dia hanome anareo toerana koa (any amin’ny Paradisa). Ary raha asaina mitsangana ianareo, dia aoka hitsangana. Fa hasandratr’i Allah izay mino aminareo, sy ireo nahazo fahalalana. Mahafantatra tanteraka izay rehetra ataonareo i Allah.

12- Ianareo Mpino! Raha misy resaka miafina ataonareo miaraka amin’i Iraka, dia manolora fanomezana mialohan’ny resakareo, tsara kokoa ho anareo izany sady madio. Nefa raha tsy mahita fomba hanaovana izany ianareo, dia hamafisina, fa i Allah dia Mpamela heloka sy be indrafo.

13- Atahoranareo ve raha hanao fanomezana mialohan’ny dinika? Nefa raha tsy manao izany ianareo, ka nandray ny fibebahanareo i Allah, dia tanterahinareo ny fivavahana (Soalat), omeo ny harena fiantrana (zakat), ary ankatoavinareo i Allah sy ny Irany. Fa i Allah dia Mahafantatra tanteraka izay rehetra ataonareo.

14- Moa ve tsy hitanao ireo nandray olona ho namana, izay efa nahatezitra an’i Allah? Sady tsy avy aminareo izy ireny, no tsy avy amin’izy ireo ihany koa, fa mianiana ao anatin’ny lainga izy ireo, nefa Mahafantatra tsara izany.

15- Nanomana famaizana mafy ho azy ireo i Allah. Hamafisina, fa ratsy tokoa izay nataon’izy ireo.

16- Nataon’izy ireo fiarovana ho toy ny ampinga ny fianianany, ary nisakana ny làlan’i Allah izy ireo. Noho izany, dia famaizana mahafabaraka no ho azy ireo.

17- Tsy hisy ny hilan’izy ireo ny fananany, na ny zanany eo anatrehan’i Allah. Olon’ny afo izy ireny, izay hitoerany mandrakizay.

18- Amin’ny andro izay hananganan’i Allah azy rehetra amin’ny maty, ka hianiana Aminy izy ireo, tahaka azy ireo mianiana aminareo, satria mihevitra fa miankina amin’ny zavatra matanjaka izy ireo. Eny, moa ve tsy izy ireny no mpandainga!

19- Nofehezin’ny Satana izy ireo, ka nataony nanadino ny fahatsiarovana an’i Allah. Izy ireny no antokon’ny Satana, fa tsy maintsy matiantoka tokoa ny antokon’ny Satana.

20- Hamafisina, fa ireo izay manohitra an’i Allah sy ny Irany, dia ho isan’ny ho afa-baraka.

21- Nandidy i Allah hoe: “Handresy tokoa Aho, Izaho sy ireo Irako”. Satria Matanjaka sy Tsitoha i Allah.

22- Tsy hahita amin’ireo olona izay mino an’i Allah, sy ny andro farany ianao, ka haka ho namana ireo izay manohitra an’i Allah sy ny Irany, na dia ny rain’izy ireo, na ny zanany, na ny rahalahiny aza izany, na ny fokon’izy ireo. Noraiketiny lalina ao am-pon’izy ireo ny Finoana, ary nampiany tamin’ny famonjeny izy ireo tamin’ny alálan’ny Fanahy avy taminy. Ary hampidiriny any amin’ny zaridaina izay misy renirano mikorina eo ambaniny izy ireo, ka hitoetra ao mandrakizay. Mankasitraka azy ireo i Allah, ary mankasitraka an’i Allah ihany koa izy ireo. Izy ireny no mpiandany amin’i Allah. Moa tsy ny mpiandany amin’i Allah ve no tafita.

**TOKO-59**
**SORATRA: NY FAMORIANA**
**(Al-HASHRI)**
**ANDININY: 24**
**NIDINA TAO MADINAH**

Amin’ny anaran’i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Manome voninahitra an’i Allah avokoa izay rehetra any an-danitra sy ety an-tany, ary Izy Ilay Tsitoha, Ilay be Fahendrena.
2- Izy no namoaka, ireo izay tsy nino tamin’ireo olon’ny Boky avy tao an-tranon’izy ireo, tamin’ny famoriana voalohany. Tsy noheverinareo mihitsy, fa handeha izy ireo, ary nihevitra izy ireo, fa hiaro azy ireo amin’i Allah tokoa ny toeram-pialofany. Nefa tonga teo amin’izy ireo tamin’ny fotoana tsy nampoizin’izy ireo ny didin’i Allah, ka nampiditra tahotra tao am-pony. Ny tánan’izy ireo ihany sy ny tànan’ireo mpino no nandrodana ny tranony. Makà lesona amin’izany ianareo, ry manan-tsaina mahiratra.
3- Fa raha tsy efa nodidin’i Allah mialoha ny fialan’izy ireo tamin’ny taniny, dia nosaziany teto an-tany tokoa izy ireo, ary hahazo ny famaizan’ny afo any ankoatra.
4- Izany no izy, satria nanohitra an’i Allah sy ny Irany izy ireo. Ary na iza na iza manohitra an’i Allah, dia hamafisina fa mafy tokoa ny fanasazian’i Allah.
5- Izay hazon’antrendry notapahinareo, na navelanareo mitsangana amin’ny fotony, dia alálana avy amin’i Allah izany, ary mba hanalany baraka ireo ratsy fitondran-tena.
6- Ireo harena nobaboana avy tamin’izy ireo, ka natolotr’i Allah ny Irany tsy nisy ady, dia tsy nampiasainareo soavaly sy rameva, fa Allah kosa no nanome ireo Irany ny hery amin’izay sitrany. Ary Allah no Mahefa ny zava-drehetra.
7- Ireo harena nobaboana avy tamin’ireo mponina tao an-tanàna, izay natotr’i Allah ny Irany, tsy nisy ady, dia ho an’i Allah, sy ny Irany, ary ireo havany akaiky, ireo kamboty, ireo mahantra sy ireo mpandeha tra-pahasahiranana, mba tsy hihodinkodinan’izany amin’ireo mpanan-karena aminareo. Ary izay omen’Ilay Iraka ho anareo dia raiso, fa izay andraràny anareo kosa dia avelaonareo, ary aoka hatahotra an’i Allah ianareo, satria hamafisina fa mafy tokoa ny fanasazian’i Allah.
8- Ho an’ireo mahantra mpifindra-monina sahirana izay voaroaka tamin’ny fonenany sy ny harenany (mahazo anjara amin’izany ihany koa), adidin’izy ireo anefa ny mitady fahasoavana sy ny fankasitrahana avy amin’i Allah, ary mitondra famonjena izay momba an’i Allah sy ny Irany. Izy ireny no olona marina.
9- Ary ho an’ireo izay nipetraka tao amin’ny tanána (faritra Madinah) talohan’izy ireo, sady tao amin’ny finoana, ary mitia ireo mpifindra-monina ao aminy izy ireo, ka tsy misy ao am-pon’izy ireo ny fitsiriritana amin’izay nomena azy ireo, fa tia azy ireo mihoatra ny tenany, na dia tsy manana mihitsy aza izy ireo. Ary na iza na iza miaro ny tenany amin’ny fahihirana, diaizy ireny no mahita fahombiazana.
10- Ary koa ho an’ireo izay tonga taorian’izy ireo, ka miteny hoe: "Tomponay ô! Mamelà ny helokay, sy ny an’ireo rahalahinay talohanay tamin’ny finoana, ary aoka ny fonay tsy hisy lolom-pò amin’ireo izay nino. Tomponay ô! be fangorahana sy be indrafo tokoa ianao.
11- Moa tsy hitanao ve ireo mpihatsaravelatsihy izay miteny amin’ireo rahalahiny tsy mino amin’ireo olon’ny Boky hoe: “Raha voaroaka ianareo, dia hiaraka aminareo tokoa izahay, ary tsy hankato olona mifanohitra aminareo mihitsy, ary raha misy manafika

anareo, dia hanampy anareo tokoa izahay. Manamarina anefa i Allah, fa mpandainga tokoa izy ireo.

12- Raha voaroaka izy ireo, dia tsy hiaraka aminy velively izy ireny, ary raha misy manafika izy ireo, dia tsy hanampy azy ireo akory izy ireny, fa na hanampy aza, dia azo antoka fa hitodi-damosina izy ireo, ka tsy ho voavonjy mihitsy izy ireo.

13- Hamafisina, fa ianareo no atahoran'izy ireo kokoa mihoatra an'i Allah, ao am-pon'izy ireo. Izany dia satria vahoaka tsy mahalala tokoa izy ireny.

14- Tsy hifarimbona hiady aminareo avokoa izy ireo, afa-tsy ao an-tanána nohamafisina ihany, na avy any aorian'ny tamboho. Satria mafy tokoa ny fifankahalana eo amin'izy ireo. Heverinao fa miray hina izy ireo, nefa mizarazara ny fony. Satria izy ireo dia vahoaka tsy misaina.

15- Mitovy amin'ireo talohan'izy ireo kely, izay nanandrana ny vokatry ny fitondra-tenany, ka hahazo famaizana mamirifiry.

16- Mitovy amin'ny Satana, raha miteny amin'ny olombelona izy hoe: "Mikomia ianao! Ka rehefa mikomy izy (ilay olona), dia hoy izy (Satana) hoe: "izaho dia mitsipaka anao tanteraka, satria matahotra an'i Allah tokoa aho, Tompon'izao tontolo izao".

17- Nefa any anatin'ny afo no fiafaran'izy roa tonta, ka hitoetra ao mandrakizay izy roa. Izany no hamaliana ireo mpanao ny tsy rariny.

18- Ô ianareo mpino! Matahora an'i Allah ianareo. Ary aoka ny tsirairay samy hijery izay hatolony amin'ny rahampitso. Ary matahora an'i Allah ianareo, fa mahafantatra tanteraka izay rehetra ataonareo i Allah.

19- Ary aza manao tahaka ireo izay nanadino an'i Allah, ka nampanadinoany ny tenany izy ireo. Izy ireny no ratsy fitondran-tena.

20- Tsy hitovy ireo olon'ny afobe, sy ireo olon'ny Paradisa. Fa ireo olon'ny Paradisa no mpandresy.

21- Raha nampidininay teo amin'ny tendrombohitra ity Kor'ány ity, dia hitanao fa nanetry tena izy, ka nitresaka noho ny fahatahorana an'i Allah. Fa izany fanoharana izany, dia ambaranay amin'ny olombelona mba hieritreretany.

22- Izy no Allah. Izay tsy misy Zanahary afa-tsy Izy ihany, Ilay mahafantatra ny miafina sy ny miharihary, Izy Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo.

23- Izy no Allah. Izay tsy misy Zanahary afa-tsy Izy ihany, Ilay Mpahary, Ilay Mpanjaka, Ilay Masina, Ilay Mampitony, Ilay Mampatoky, Ilay Mahery indrindra, Ilay Tsitoha, Ilay Mpifehy, Ilay Ambony indrindra. Voninahitra anie ho an'i Allah! Ambonin'izay rehetra hakamban'izy ireo Aminy Izy.

24- Izy no Allah, Ilay Mpahary, Ilay Manome ny fiandohana amin'ny zava-drehetra, Ilay Mpamolavola. Azy avokoa ireo anarana mendrika indrindra. Manome voninahitra Azy avokoa izay rehetra any an-danitra sy ety an-tany. Ary Izy Ilay Tsitoha, Ilay be fahendrena.

**TOKO-60**
**SORATRA: ILAY VOASEDRA**
**(Al-MOMTAHANAH)**
**ANDININY: 13**
**NIDINA TAO MADINAH**

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Ô ianareo Mpino! Aza alaina namana ny fahavaloko sy ny fahavalonareo, ka hanome azy ireo fitiavana, kanefa tsy ninoan'izy ireo ny fahamarinana izay tonga teo aminareo. Noroahin'izy ireo ilay Iraka, ary koa ianareo, satria mino an'i Allah Ilay Tomponareo ianareo. Raha hivoaka hiatrika ady amin'ny lálako ianareo, ka hitady ny fankasitrahako, dia haneho fitiavana mangina ho azy ireo ve ianareo, nefa Izaho dia mahafantatra tanteraka izay afeninareo sy izay ahariharinareo? Fa na iza na iza manao izany aminareo, dia mihataka ny làlana mahitsy izy.
2- Raha mahafehy anareo izy ireo, dia ho fahavalonareo, ka hanisy ratsy anareo amin'ny tanàny, sy ny lelany, ary tian'izy ireo ho lasa tsy mpino ianareo.
3- Tsy hitondra vokatsoa mandrakizay ho anareo mihitsy na ny havanareo na ny zanakareo amin'ny andro fitsanganana, Izy (Allah) no manapa-kevitra aminareo, fa Mahita izay rehetra ataonareo i Allah.
4- Hamafisina, fa nanana ohatra tsara tokoa ianareo tamin'i Abrahama sy ireo niaraka taminy, raha niteny tamin'ny vahoakany izy ireo hoe: “Mitsipaka marin-drano anareo izahay, sy izay tompoinareo ankoatra an'i Allah. Mandá anareo izahay. Teraka teo aminay sy teo aminareo ny fifampifahavaloana sy ny fifankahalana tanteraka, mandra-pinoanareo an'i Allah tokana. Afa-tsy ny tenin'i Abrahama tamin'ny rainy hoe: “Mangataka famelan-keloka ho anao aho, na dia tsy afaka hanao na inona na inona ho anao eo anatrehan'i Allah aza aho. Tomponay ô! Ianao no ianteheranay, ary any Aminao no hiverenanay, ary any Aminao ny fiafarana”.
5- “Tomponay ô! Aoka tsy ho fakam-panahy ho an'ireo tsy mpino izahay; Ary mamelà ny helokay,Tomponay ô! ianao no Ilay Tsitoha, Ilay be Fahendrena”.
6- Efa nahazo ohatra tsara tokoa ianareo tamin'izy ireo, ho an'izay manantena an'i Allah, sy ny andro farany, fa izay mivily kosa, dia hamafisina fa i Allah, Izy Ilay Tompon'ny harena, Ilay mendri-piderana.
7- Angamba hampisy fifankatiavana eo aminareo, sy izay fahavalonareo teo aloha i Allah, satria Mahefa ny zava-drehetra i Allah, ary Mpamela heloka sy be indrafo Izy.
8- Tsy mandrara anareo hanao ny tsara i Allah, sy hanao ny marina amin'izay tsy niady taminareo noho ny finoana, sady tsy nandroaka anareo tamin'ny fonenanareo. Satria hamafisina, fa tia ireo mpanao ny rariny i Allah.
9- Fa andraran'i Allah anareo kosa, ny maka ho namana ireo izay niady taminareo noho ny finoana, sy nandroaka anareo tamin'ny fonenanareo, ary nanampy tamin'ny fandroahana anareo, ka nandray azy ireo ho mpiahy. Fa izay mandray azy ireo ho namana, dia izy ireny no mpanao ny tsy rariny.
10- Ô ianareo Mpino! raha tonga eo aminareo ireo vehivavy mpino mpifindra-monina, dia sedraonareo izy ireo, fa i Allah no mahafantatra tsara ny finoan'izy ireo. Raha tsapanareo fa mpino izy ireo, dia aza averinareo any amin'ireo tsy mpino intsony. Satria fady azy ireo ny ho vadin'izy ireny, ary izy ireny ihany koa dia fady ho vadin'izy ireo. Ary ianareo hamerina amin'izy ireo izay nomeny ho vodiondry.Tsy misy tsiny ho anareo ny

manambady azy ireny, rehefa natolotrareo azy ireo ny vodiondry, ary aoka ianareo tsy hitazona ny vonam-panambadiana amin'ireo vehivavy tsy mpino. Takionareo izay laninareo taminy, ary aoka hitaky izay laniny koa izy ireo, izany no fitsaran'i Allah. Ary Izy no hitsara eo aminareo samy ianareo. Fa i Allah dia Mahafantatra ny zava-drehetra sy be fahendrena.

11- Fa raha nisy mandositra any amin'ireo tsy mpino ny vadinareo, ka nosazinareo izy ireo, dia averenonareo amin'izay very vady ny mitovy amin'izay laniny. Matahora an'i Allah Izay inoanareo ianareo.

12- Ô ry Mpaminany! Raha tonga eo aminao ireo mpino vavy hanao velirano, sady mianiana izy ireo, fa tsy hampikambana an'i Allah amin'ny hafa velively, ary tsy hangalatra, tsy hijangajanga, tsy hamono ny zanany, tsy hanosi-potaka na avy amin'ny tànany, na avy amin'ny alálan'ny tongony, ary tsy hitsipaka ny fankatovana anao amin'ny tsara, dia raiso ny velirano izay ataon'izy ireo, ary mangataha famelan-keloka amin'i Allah ho azy ireo ianao. Hamafisina, fa Mpamela heloka sy be indrafo tokoa i Allah.

13- Oh ianareo Mpino! Aoka ianareo tsy handray namana ho mpiahy ireo vahoaka izay nahatezitra an'i Allah, sady tsy manantena ny any ankoatra izy ireo, tahaka ny tsy hanantenan'ireo tsy mpino intsony an'ireo mponina ao am-pasana.

**TOKO-61**
**SORATRA: NY FILAHARANA**
**(As-SWAFF)**
**ANDININY: 14**
**NIDINA TAO MADINAH**

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Manome voninahitra an'i Allah izay rehetra any an-danitra sy ety an-tany. Fa Izy no Ilay Tsitoha, Ilay be fahendrena.

2- Oh ianareo Mpino! Nahoana ianareo no milaza izay tsy ataonareo?

3- Zavatra mamoafady indrindra eo anatrehan'i Allah tokoa ny fitenenanareo izay tsy ataonareo.

4- Hamafisina, fa tian'i Allah ireo izay miady amin'ny lálany, milahatra mifanery tahaka ny manda mifanety mafiorina.

5- Ary rehefa niteny tamin'ny vahoakany i Mosesy hoe: "Ry vahoakako! Nahoana no manao ratsy ahy ianareo, kanefa fantatrareo, fa irak'i Allah ho eo aminareo aho?". Ka rehefa nivily làlana izy ireo, dia navilin'i Allah koa ny fon'izy ireo, satria tsy mitari-dálana ireo vahoaka ratsy fitondrantena i Allah.

6- Fa rehefa niteny i Jesoa zanak'i Maria hoe:"Ry zanak'Israely! Hamafisina, fa Irak'i Allah ho aminareo tokoa aho, manamafy izay teo alohako ao amin'ny Taoraty (Baiboly), sady mpilaza mialoha ny vaovao momba ilay Iraka ho avy aoriako, izay antsoina amin'ny anarana hoe: "Ahmad". Ka rehefa tonga eo amin'izy ireo izy, miaraka amin'ny porofo mazava, dia niteny izy ireo hoe: "Izany no majika miharihary tokoa".

7-Ary iza moa no tena mpanao ny tsy rariny indrindra, mihoatra izay mamoron-dainga hanoherana an'i Allah, nefa izy dia nantsoina ho amin'ny finoana Islamo (Fanoloran-tena) ? Ary Allah dia tsy mitari-dàlana ny vahoaka mpanao ny tsy rariny.

8- Te-hamono ny hazavan'i Allah amin'ny alálan'ny vavany izy ireo, nefa vao mainka mampiseho ny fahazavany i Allah na dia mankahala izany aza ireo tsy mpino.

9-Izy no nandefa ny Irany niaraka tamin'ny tari-dàlana mazava sy ny finoan'ny fahamarinana, mba hametrahany azy ho ambonin'ny finoana hafa rehetra, na dia mankahala izany aza ireo mpanompo sampy.

10- Oh ianareo Mpino! Hambarako anareo ve ny varotra izay hanavotra anareo amin'ny famaizana mamirifiry?

11-Mino an'i Allah sy ny Irany ianareo, ary manao tolona miaraka amin'ny fanananareo sy ny tenanareo amin'ny làlan'i Allah, satria izany no tsara ho anareo, raha mba fantatrareo mantsy!

12-Hamela ny fahotanareo Izy, ary hampiditra anareo ao amin'ny zaridaina izay misy renirano mikoriana eo ambaniny, sy fonenana mahafinaritra ao amin'ny zaridainan'i Edena. Izany no fahombiazana lehibe tokoa.

13- Ary zavatra hafa izay tianareo ihany koa, dia ny famonjena avy amin'i Allah sy fandresena tsy ho ela. Ka lazao amin'ireo mpino ny vaovao mahafaly.

14-Oh ianareo Mpino! Aoka ianareo ho mpiandany amin'i Allah, tahaka ny tenin'i Jesoa zanak'i Maria tamin'ireo apôsitôliny hoe: "Iza no mpiandany amin'i Allah miaraka amiko?". Hoy ireo apôsitôliny namaly hoe: "Mpiandany amin'i Allah izahay". Ka nino izany ny andiany tamin'ireo zanak'Israely,fa ny andiany hafa kosa dia nandà. Ary nampianay ireo nino ka nahazo fandresena tamin'ny fiatrehana ny fahavalon' izy ireo.

**TOKO-62**
**SORATRA: NY ANDRO ZOMA**
**(Al-JOM'AH)**
**ANDININY:11**
**NIDINA TAO MADINAH**

Amin'ny anaran'i Allah,Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Manome voninahitra an'i Allah avokoa izay rehetra any an-danitra sy ety an-tany, Izy Ilay Mpanjaka, Ilay Masina, Ilay Tsitoha, Ilay be fahendrena.
2- Izy Ilay nandefa Iraka, tamin'ireo vahoaka tsy mahay taratasy, izay avy amin'izy ireo ihany, mba hamaky amin'izy ireo ny andininy avy any Aminy, ary hanadio sy hampianatra azy ireo ny Boky sy ny fahendrena, na dia tao anatin'ny fahaverezana miharihary aza izy ireo taloha.
3- Toy izany koa, tamin'ireo vahoaka hafa avy amin'izy ireo, izay tsy mbola nanaraka azy ireo. Ary Izy Ilay Tsitoha, Ilay be fahendrena.
4- Izany no fahasoavan'i Allah, omeny izay sitrany izany. Ary i Allah no Tompon'ny fahasoavana lehibe.
5- Mitovy amin'ny ampondra mitondra boky ireo mitondra ny Taoraty, nefa tsy nampihatra izany. Tena fanoharana ratsy tokoa no omena izay miampanga ny andininy avy amin'i Allah ho lainga, ary Allah dia tsy mitari-dálana ny vahoaka mpanao ny tsy rariny.
6- Lazao hoe: "Ô ianareo izay manaraka ny finoana Jodaisma! Raha mihambo ho sakaizan'i Allah ankoatra ny olombelona rehetra ianareo, dia aoka áry ianareo haniry ny fahafatesana, raha mpilaza ny marina tokoa ianareo".
7- Nefa dia tsy haniry izany mihitsy izy ireo, noho izay efa nataon'ny tanan'izy ireo ihany. Ary i Allah dia Mahafantatra tanteraka ireo mpanao ny tsy rariny.
8- Lazao hoe: "hamafisina, fa ny fahafatesana izay andosiranareo, dia hifanojo aminareo tokoa. Avy eo, dia haverina any amin'Ilay Mpahalala ny zava-miafina sy ny miharihary ianareo, ka hambara anareo izay rehetra nataonareo.
9- Ô ianareo Mpino! Rehefa tonga ny fiantsoana ho amin'ny fivavahana (soalat) amin'ny andro zoma, dia mihazakazaha ho amin'ny fahatsiarovana an'i Allah ianareo, ary avelanareo avokoa ny fandraharahana rehetra. Satria tsara ho anareo tokoa izany, raha toa ka fantatrareo.
10- Ary rehefa vita ny fivavahana (soalat), dia miparitaha ianareo manerana ny tany, ka tadiavo ny fahasoavan'i Allah, ary tsarovinareo hatrany i Allah, mba hahombiazanareo.
11- Ary rehefa mahatazana varotra na fialamboly izy ireo, dia miparitaka mankany amin'izany, ka havelan'izy ireo hitsangana irery ianao. Lazao hoe: "Izay eo anatrehan'i Allah dia tsara lavitra noho ny fialamboly sy ny varotra, ary Mendrika indrindra amin'ireo mpanome anjara i Allah.

**TOKO-63**
**SORATRA: IREO MPIHATSARAVELATSIHY**
**(Al-MONAFIKONA)**
**ANDININY: 11**
**NIDINA TAO MADINAH**

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Rehefa tonga eo aminao ireo mpihatsaravelatsihy, dia hiteny izy ireo hoe: "Mijoro vavolombelona izahay, fa Irak'i Allah tokoa ianao, ary fantatr'i Allah fa Irany tanteraka ianao, mijoro vavolombelona i Allah, fa tena mpandainga tokoa ireo mpihatsaravelatsihy.
2- Nataon'izy ireo fiarovana toy ny ampinga ny fianianany, ka misakana ny làlan'i Allah izy ireo. Hamafisina, fa tena ratsy izay nataon'izy ireo.
3- Izany, dia satria nino izy ireo, avy eo nitsipaka indray ny finoana, ka voahidy ny fon'izy ireo, ary tsy afaka mahalala na inona na inona intsony izy ireo.
4- Fa rehefa mahita azy ireo ianao, dia ho sodokan'ny vatan'izy ireo, ary raha miteny izy ireo, dia hihaino ny teniny ianao. Izy ireo dia tahaka ny hazo miankina, ka mihevitra izy ireo, fa ho famelezana azy avokoa ny hiaka rehetra. Izy ireo no fahavalo, koa mitandrema àry ianao amin'izy ireo. Handringana azy ireo avokoa anie Allah! Fa indro fa mivily làlana izy ireo.
5- Ary rehefa hilazana izy ireo hoe: "Tongava ianareo, mba hangatahan'ny Irak'i Allah famelàna ho anareo", ahodin'izy ireo anefa ny lohany, ka ho hitanao fa mihataka izy ireo, sady mirehareha.
6- Mitovy ihany na mangataka famelàna ho azy ireo ianao, na tsy manao izany, dia tsy hamela heloka azy ireo mihitsy i Allah, satria hamafisina, fa tsy mitari-dàlana ireo vahoaka mpanao ratsy i Allah.
7- Izy ireo ihany no miteny hoe: "Aza manao fandaniana ho an'ireo manodidina ny Irak'i Allah mihitsy ianareo, mba hiparitahan'izy ireo. Nefa an'i Allah ireo tahiry sarobidin'ny lanitra sy ny tány, fa saingy tsy fantatr'ireo mpihatsaravelatsihy izany.
8- Miteny izy ireo hoe: "Raha miverina any Madinah izahay, dia tsy maintsy havoakan'ireo matanjaka avy ao ireo osa. Nefa an'i Allah sy ny irany ary ireo mpino ny hery. Fa saingy tsy fantatr'ireo mpihatsaravelatsihy izany.
9- Ô ianareo Mpino! Aoka tsy hanelingelina anareo amin'ny fahatsirovana an'i Allah ny fanananareo na ny zanakareo. Ary izay manao izany, dia izy ireny no maty antoka.
10- Ary manaova asa fandaniana ianareo amin'izay natolotray anareo, mialohan'ny hahatongavan'ny fahafatesana amin'iray aminareo, ka hiteny izy hoe: "Tompoko ô! Raha mba nomenao fe-potoana kely mantsy aho, dia ho nanao fanomezana, ary ho isan'ireo mpanao asa soa".
11- Ary i Allah dia tsy hanome fe-potoana mihitsy ho an'izay olona efa tapitra ny fetr'androny. Satria mahafantatra tanteraka izay ataonareo i Allah.

**TOKO-64**
**SORATRA: NY FATIANTOKA LEHIBE**
**(At-TAGHABONY)**
**ANDININY: 18**
**NIDINA TAO MADINAH**

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Manome voninahitra an'i Allah avokoa izay rehetra any an-danitra sy ety an-tany. Azy ny fanjakana, ary Azy ny fiderana. Fa Izy no Mahefa ny zava-drehetra.
2- Izy no nahary anareo, misy aminareo ny tsy mpino, ary misy aminareo ihany koa ny mpino. Fa hitan'i Allah tokoa izay ataonareo.
3- Nahary ny lanitra sy ny tany tamim-pahamarinana tokoa Izy, ka nanome endrika anareo, ary endrika tsara tokoa no nomeny anareo! Fa any aminy no fiafarana.
4- Mahafantatra izay any an-danitra sy ny ety an-tany Izy, ary mahafantatra izay afeninareo ihany koa Izy, sy izay asehonareo. Ary i Allah dia Mahalala tsara izay raiketin'ny fo.
5- Moa tsy tonga taminareo ve, ny vaovao momba ireo izay tsy nino taloha, ka nanandrana ny voka-dratsin'izay nataony, ary mbola hahazo famaizana mamiririfiry izy ireo.
6- Toy izany no niseho, satria tonga niaraka tamin'ny porofo mazava ireo Iraka, ka niteny izy ireo hoe: "Olombelona ve no hitari-dàlana anay?". Tsy nino izy ireo, ka nivily lálana. Ary tsy niraharaha azy ireo i Allah, satria Tompon'ny harena sy mendri-piderana Izy.
7- Milaza ireo tsy mpino, fa tsy hitsangana amin'ny maty mihitsy izy ireo. Koa valio hoe: "Eny! Mianiana amin'ny anaran'ny Tompoko aho! Fa tsy maintsy hatsangana amin'ny maty tokoa ianareo, ary avy eo dia ho lazaina aminareo izay nataonareo. Fa mora amin'i Allah izany.
8- Minoa an'i Allah sy ny Irany àry ianareo, ary koa ny fahazavana izay nampidininay. Satria Mahafantatra tanteraka izay ataonareo i Allah.
9- Ny andro izay hamoriany anareo amin'ilay andro famoriana, dia izany no andron'ny fantiantoka lehibe. Fa izay mino an' i Allah sady manao asa soa, dia ho foanany ny asa ratsiny, ka ho ampidiriny ao amin'ireo ny zaridaina misy renirano mikorina eo ambaniny izy ireo, izay hitoeran'izy ireo mandrakizay doria. Izany no fahombiazana lehibe indrindra.
10- Fa ireo izay tsy nino kosa, ka nilaza fa lainga ireo andininy avy aminay, dia izy ireny no olon'ny afobe, izay hitoetra ao mandrakizay. Tena fiafarana ratsy tokoa izany!
11- Tsy misy loza mahazo ny olombelona, raha tsy alálana avy amin'i Allah. Fa izay mino an'i Allah, dia hitari-dálana ny fony Izy. Allah dia mahafantatra ny zava-drehetra.
12- Ary ankatoavinareo i Allah sy ny Iraka, fa raha mitodi-damosina ianareo, dia tsy inona no andraikitry ny Irakay afa-tsy ny fampitana mazava ny hafatra.
13- Allah, izay tsy misy Zanahary hafa, afa-tsy Izy ihany! Ary amin'i Allah no tokony hianteheran'ireo mpino.
14- Ô ianareo Mpino! Hamafisina fa misy amin'ireo vadinareo, sy ny zanakareo no fahavalonareo. Koa mitandrema áry ianareo amin'izy ireo. Fa raha leferinareo ny tsinin'izy ireo, hadinoinareo ny hadisoany, ary havelanareo ny helony, dia fantaronareo tsara fa Allah dia Mpamela heloka sy be indrafo.

15- Hamafisina, fa fitsapana sy fakam-panahy fotsiny ny fanananareo sy ny zanakareo, fa any amin' Allah no misy valisoa lehibe.
16- Ka matahora an'i Allah ianareo araka ny fahafahanareo, henoinareo Izy, ankatoavy, ary manaova fanomezana an-kalalahana ianareo, fa tsara ho anareo izany. Ary na iza na iza miaro ny tenany amin'ny fahihirana, dia izy ireny no mahita fahombiazana.
17- Raha manao fampindramana an-kitsim-po amin'i Allah ianareo, dia hampitomboiny ho anareo izany, ary ho avelany ny helokareo. Fa Mpankasitraka sy be fangorahana tokoa i Allah.
18- Izy Ilay Mahalala ny zava-miafina sy ny miharihary, ary Izy no Ilay Tsitoha, Ilay be fahendrena.

**TOKO-65**
**SORATRA: NY FISARAHAM-PANAMBADIANA**
**(At-TWALAK)**
**ANDININY:12**
**NIDINA TAO MADINAH**

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Ô ry Mpaminany! Rehefa sarahinareo ireo vehivavy, dia saraho amin'ny fe-potoana fiandrasana efa voafetra izy ireo, ary aoka ianareo hanisa tsara ny fe-potoana fiandrasana, ka noho izany dia matahora an'i Allah Tomponareo ianareo. Aza roahina amin'ny tranony izy ireny, ary aoka tsy hivoaka tao ihany koa, raha tsy efa nanao fitondran-tena maloto voaporofo. Fa izany no didin'i Allah. Ary izay mandika ny didin'i Allah, dia manao ny tsy rariny amin'ny tenany ihany. Tsy fantatrao, raha hampiseho zavatra hafa aorian'izany i Allah.
2- Ary rehefa mahatratra ny fe-potoana voafetra izy ireo, dia tazony amim-pahamendrehana, na saraho amim-pahamendrehana ihany koa izy ireo, ary dia makà vavolombelona anankiroa, lehilahy marina eo aminareo ianareo. Ka tanteraho eo anatrehan'i Allah ny fijoroana ho vavolombelona. Izany no ananarana izay mino an'i Allah sy ny andro farany. Fa na iza na iza matahotra an'i Allah, dia homeny vahaolana hivoahana amin'ny fasahiranana.
3- Sy homeny anjaram-pivelomana amin'ny fomba tsy ampoiziny akory. Ary izay miantehatra amin'i Allah, dia ampy ho azy Izy, hamafisina fa manantanteraka ny baikony i Allah, ary efa nataon'i Allah voafetra avokoa ny zava-drehetra.
4- Raha misalasala ianareo, mikasika ny vadinareo izay tsy manantena fadim-bolana intsony, dia telo volana ny fe-potoana fiandrasana ho azy ireo. Tahaka izany ihany koa ho an'ireo izay mbola tsy mandeha fadim-bolana. Fa ho an'ireo bevohoka kosa, dia amin'ny fiterahany ny fe-potoana fiandrasana. Ary ho an'izay matahotra an'i Allah kosa, dia hamorainy avokoa izany.
5- Izany no didin'i Allah izay nampidininy ho anareo. Fa ho an'izay matahotra an'i Allah anefa, dia foanany avokoa ny hadisoany, ary homeny valisoa lehibe izy ireo.
6- Ary avelao hitoetra amin'ny toerana izay hipetrahanareo ireny vehivavy ireny (vehivavy nisara-panambadiana), araka izay fahefanareo. Fa aza mitady hanisy ratsy azy ireny ianareo, amin'ny fanerena azy ireny hipetraka amin'ny fahaterena. Ary raha bevohoka izy, dia raiso andraikitra ny fandaniana mandra-piterahany. Fa raha mampinono ny zanakareo kosa izy, dia omeo azy ny karamany. Ary mifampidiniha amim-pahendrena mikasika izany ianareo. Raha toa ka sendra misy olana eo aminareo, dia vehivavy hafa no mampinono ny zaza.
7- Aoka izay manana ny ampy mba hanao fandaniana araka ny fahefany, fa izay manana ny kely kosa, aoka hanao fandaniana araka izay nomen'i Allah azy. Tsy manery na iza na iza hanao mihoatra izay nomeny azy i Allah, ary hataon'i Allah manaraka ny fahasahiranana ny fahamorana.
8- Firifiry ireo tanána no naniratsira ny didin'i Allah sy ireo Irany. Dia nangatahanay fitsarana hentitra izy ireo, ary nofaizinay tamin'ny famaizana izay tsy manam-paharoa.
9- Dia nanandrana ny vokatry ny fitondran-tenany izy ireo. Fa fahaverezana no niafarany tamin'izay nataony.

10- Nanomana famaizana mahery vaika ho azy ireo i Allah. Ka matahora an'i Allah àry ianareo, ô ry manan-tsaina, izay manam-pinoana. Hamafisina, fa nampidina fampahatsiarovana taminareo tokoa i Allah.
11- Iraka izay nilaza ireo andininy avy amin'i Allah, ho porofo mazava, mba hamoahany ireo izay nino sy nanao asa soa, avy amin'ny haizina, ho amin'ny hazavana. Fa na iza na iza mino an'i Allah sy manao asa soa, dia hampidiriny ao amin'ny zaridaina izay misy renirano mikoriana ao ambaniny, ka hitoetra ao mandrakizay doria izy ireo. Anjaram-pahasoavana tsara tokoa no hatolotr'i Allah azy ireo.
12- Allah no nahary ny lanitra fito sy ny tany mitovy amin'izany. Midina eo anelanelan'izy ireo ny didiny, mba hahafantaranareo tokoa fa Mahefa ny zava-drehetra tokoa i Allah, ary mahenika ny zava-drehetra ny fahalalany.

**TOKO-66**
**SORATRA: NY FANDRARANA**
**(At-TAHRIM)**
**ANDININY: 12**
**NIDINA TAO MADINAH**

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo.

1- Oh ry Mpaminany, nahoana no nifady izay efa nataon'i Allah ara-dalàna ho anao ianao, ho fitadiavanao ny fankasitrahan'ireo vadinao? Fa Mpamela heloka sy be indrafo i Allah.
2- Hamafisina, fa nandidy anareo tokoa i Allah, mba hiala amin'ny fianiananareo. Allah no Tomponareo, ary Izy Ilay Mahalala ny zava-drehetra, be fahendrena.
3- Rehefa nilaza tsiambaratelo tamin'iray amin'ireo vadiny ny Mpaminany, ka naparitany izany, dia nasehon'i Allah ny Mpaminany izany, ka nampahafantariny azy ny ampahany, fa navelany kosa ny ampahany hafa. Ary avy eo, rehefa nolazainy izany ny vadiny, dia niteny hoe : "Iza no nanambara izany taminao?". Niteny izy hoe: "Ilay Mahalala ny zava-drehetra, Ilay Mahafantatra tanteraka no nilaza izany tamiko".
4- Raha mibebaka amin'i Allah ianareo roa, dia efa malefaka ny fonareo. Nefa raha mifanampy hanohitra ny Mpaminany kosa ianareo, dia hamafisina fa i Allah no Mpiahy azy, sy ny Anjely Gabriely ary ireo mendrika amin'ireo mpino, ary mampitombo isa amin'izany ihany koa ireo Anjely rehetra.
5- Raha misaraka aminareo izy, dia homen'ny Tompony vady tsaratsara kokoa noho ianareo, vehivavy mpanaraka ny finoana Islamo, mpino, mpankato, mpibebaka, mpanompo, mpifehy, ary koa ireo vehivavy efa nanambady na virijiny.
6- Ô ianareo Mpino! Arovy amin'ny afobe ny tenanareo sy ny fianakavianareo, satria ny olona sy ny vato no fandrehitra ao, izay ambenan'ireo Anjely hentitra sy masiaka, tsy manohitra an'i Allah mihitsy amin'izay andidiany azy, ary tena hentitra tokoa amin'ny fanatanterahana izay ampanaovina azy izy ireo.
7- Ô ianareo tsy mpino! Aza miala tsiny ianareo androany. Tsy ho valiana afa-tsy araka izay nataonareo ihany ianareo.
8- Ô ianareo Mpino! Mibebaha am-pahamarinana amin'i Allah ianareo. Ho fafan'ny Tomponareo ny hadisoanareo, ka hampidiriny any amin'ny zaridaina misy renirano maro mikoriana eo ambaniny ianareo, amin'ny andro izay tsy hanalan'i Allah baraka ny Mpaminany sy ireo mpino miaraka aminy. Hihazakazaka eo anoloan'izy ireo sy eo ankavanany ihany koa ny hazavan'izy ireo, ka hiteny izy ireo hoe: "Tomponay ô! Fenoy tanteraka ny hazavanay, ary avelao ny helokay. Hamafisina, fa ianao no Mahefa ny zava-drehetra".
9- Ô ry Mpaminany! Tohero ireo tsy mpino sy ireo mpihatsaravelatsihy, ary aoka ianao ho henjana eo anatrehan'izy ireo. Ary ny afobe no fialofana ho azy ireo, ratsy tokoa izany fiafarana izany.
10- Nataon'i Allah ho fanoharana ho an'ireo tsy mpino, ny vadin'i Noa sy vadin'i Lota. Teo ambany fahefan'ireo mpanomponay roa lahy tena tsara fitondràn-tena tokoa izy ireo. Ka samy namitaka azy ireo avokoa izy roa, ary tsy nahavita na inona na inona ho azy roa vavy izy ireo teo anatrehan'i Allah. Ary dia hambara azy ireo hoe: "midira ao anaty afobe ianareo roa (vavy), miaraka amin'ireo izay hiditra ao"

11- Ary nataon'i Allah ho fanoharana ho an'ireo Mpino ny vadin'i Faraona, rehefa niteny izy hoe: "Tompoko ô! Anaovy trano eo akaikinao aho, ao am-paradisa, ka avoty aho amin'i Faraona sy ny asany; ary avoty koa amin'ireo olona mpanao ny tsy rariny.

12- Toy izany ihany koa, i Mariamo (Maria) zanakavavin'i Imràna, izay nitandrina ny maha virijiny azy, ka notsofinay tao aminy ny Fanahy avy Aminay. Izy dia nanaiky tanteraka ireo fanambaran'ny Tompony sy ireo Bokiny, ary anisan'ireo mpankato izy.

**TOKO-67**
**SORATRA: NY FANJAKANA**
**(Al-MOLK)**
**ANDININY: 30**
**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin'nyanaran'I Allah,Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Ho HamasininaanieIlay manana nyfanjakanaeo am-pelatánany,satriaIzy no Mahefanyzava-drehetra.
2- Ilaynaharynyfahafatesanasynyfiainanambahitsapanyanareo,izaaminareo no manaoasamendrikaindrindra,satriaIzyilayTsitoha,IlayMpamelaheloka.
3- Ilaynaharynylanitrafitomifanongoa,ka tsyhahitanaofikorontananaamin'izaynoharian'Ilay be fiantrana. Ka atopazoamin'izanyàrynyfijery. Moa hahitahirikakelyamin'izanyveianao?
4- Avyeo,diaatodihoindroanymasonao,ka hiverinaaminaonyfijerinao,fenofahamenaranasyharerahana.
5- Aryhamafisina,faefanohaingonaytokoanylanitraakaikyindrindra,tamin'nyalálan'ireojiro (kintana),izaynataonay ho fitorahanaireodevoly,aryefananomanafamaizanamamaivayho azyireoizahay.
6- Fa izaytsyninonyTomponykosa, diahahazonyfamaizan'nyafo-be izyireo. Fiafaranaratsytokoaizany!
7- Rehefaatsipyaoizyireo,diahandrefeomanakoakoavyao,arydiahangotrakotrakaizany.
8- Efasaikahipoakamihitsyizanynohonyhatezerana,ka isakanymisyandianyatsipyao,diamanontanyazyireonympiambinamanaohoe: "Moa tsynisympampitandrinavetongataminareo?"
9- Hitenyizyireohoe: "Eny,hamafisina,nisympampitandrinatongataminay,nefanolazainay ho mpandaingaizany",arynambaranay: "tsynampidinanainonanainonai Allah,ka very làlanatanterakaianareo".
10- Ka hoyizyireo hoe: "Rahambanihainonanisainaizahay,diatsy ho isan'ireoolon'nyafobemamaivay".
11- Niaikynyfahotanyizyireo. Ka ho levonamandrakizayireoolon'nyafobemamaivay.
12- Ka hamafisina,fa ireoizaymanam-pahatahorananyTompon'izyireonadiatsymahita-masoAzyaza,diahahazofamelan-kelokasy valisoalehibe.
13- Na hafeninareonahasehonareoankarihary,diahamafisina fafantanytsaraizayraiketin'nyfo.
14- Moa tsyfantanyveizaynohariany,nefaIzyIlayfenohamoram-po,sadytenaMahalala.
15- Izy no nanamboatranytany ho anareo, koatetezoárynyfivelarany,arymihinànaamin'izayanjara-masoandroomenyanareo,fa any Aminynyfitsangananaamin'ny maty.
16- Mandryfahalemanaveianareofallayanyan-danitradiatsyhandetikaanareoamin'nytany? Rehefamihovitrovitraizany!
17- Sa mandryfahalemanaihanykoaianareo,faIlayanyan-danitradiatsyhandefatafio-batoaminareo?Ary ho fantatrareotsara,ahoananyfampitandremanaavyatyAmiko.
18- Fa ireoizaytalohan'izyireo,dianilaza fa laingaizany.Ka nanaoahoanaárynyfamaizako?
19- Moa tsyhitan'izyireoveireovoromanidinaeoamboniny,izaymamelatrasymanakombonanyela

ny? Tsymisymitazonaazyirenyafa-tsyIlaybe fiantranaihany,satriamahitanyzava-drehetraIzy.

20- Izaáry no hananganatafika ho anareo,hamonjyanareoankoatraIlay be fiantrana? Hamafisina,fa ireotsympinodiaanatin'nyfahadisoam-pahitanatanateraka.

21- Saiza no hanomeanareoanjaram-pivelomana,rahatoakamitsahatratsyhanomeizanyIzy? Nefambolanifikitraamin'nyfanambonian-tenasyfikomianatanterakaizyireo.

22- Izaary no tenavotari-dálana,izaymandehamiondrikaamin'nytanyve,saizaymandehamitrakaamin'nylàla-mahitsy?

23- Lazao hoe: "Izy no naharyanareo,kananomeanareonyfandrenesana,nyfahitanasynyfo". Nefazararahamahaymankasitrakaizanyianareo!

24- Arylazaokoa hoe: "Izy no nampielyanareoteto an-tany,ary any Aminy no hamorianaanareo".

25- Nefanilazaizyireo hoe: "Rahovianaizanyfampanantenanaizanyrahampilazany marina tokoaianareo?"

26- Lazao hoe: "an'i Allah irerynyfahalalanamombaizany. Fa hamafisina, izahodiampampitandrinaankariharyfotsiny".

27- Fa rehefahahitaakaikynyfamaizanaizyireo,dia ho malok'endrikaireotsynino. Arydiaholazainaamin'izyireo hoe: "Indro izaynotadiavinareo".

28- Dialazao hoe:"inona no hambaranareoraha (sanatria)potehin'i Allah ahosyireomiarakaamiko,nakoahamindra-foaminayIzy?Fa izakosaanefano hiaroireoizaytsympinoamin'nyfamaizanamanaintaina?".

29- Ka lazao hoe: "IzyIlay be fiantrana,izayninoanay,aryIzy no ianteherahanay. Ka ho fantatrareotsy ho elaizay ho any amin'nyfahaverezanatanteraka".

30- Lazao hoe: "Inonanohambaranareo,rahamilentikatanterakaamin'nyfaranylalinaamin'nytanynyrano nareo,ka izaáry no hitondraloharano ho anareo?

**TOKO-68**
**SORATRA: NY PENINA**
**(Al-KALAM)**
**ANDININY:52**
**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin'nyanaran'i Allah,Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Nony.Mianianaamin'nyPeninasyizaynosoratan'izyireoAho!
2- Fa tsyolonaadálaakoryianao (Mohammad),nohonyfahasoavan'nyTomponao.
3- Aryhamafisina,fa hananavalisoatsyhisyfahataperanamihitsyianao.
4- Hamafisina,fa manana toetraambonymendrikatokoaianao.
5- Ho hitanao,sadyho hitan'izyireoihanykoa,
6- Fa izaaminareomoa no very saina.
7- Ny Tomponao notenamahalalakokoaizay very làlana,arymahalalatsaraihanykoaizaymandehaamin'nylàla-mahitsy.
8- Aokaianaosyhankatoireompilazalainga.
9- Maniryizyireorahamandefitraaminyianao,mbahandeferan'izyireoaminao.
10- Koa aza mankato ireofatrampiozonaianao,ireoizaymendrikahotebahina.
11- Fatrampanala-baraka sympanendrikendrika,
12- Izaympanakananytsara,sadympandikalalánasympanota,
13- Mafyfo,aryankoatraizany,diazazatsymanan-dray.
14- Na dia manana harenasyzazamaroazaizy,
15- RehefavakianaaminyireoandininyavyatyAminay,diahitenyizy hoe: "Anganon'ireotalohaizany".
16- Hasianayfamantaranaeoamin'nyvavany.
17- Nosedranayizyireo,tahakanynisedranayireotompon'nyzaridaina,izayniozona fa hanaofiotazananymaraina,
18- Saingytsynitenymihitsyizyireo hoe: "rahasitrapon'i Allah izany".
19- Kanisylozaavyamin'nyTomponaonilatsakanandritranytorimason'izyireo,
20- Arynonymaraina, diatahakanokakasanaavokoanyzavatrarehetra.
21- Ny ampitsomarainadianifampiantsoizyireo:
22- "Mandehanavaomarainaanyan-tanimbolyianareorahate-hiotynyvokatra".
23- Lasa aryizyireo,sadyniresakamoramora hoe:
24- "Aza avelanareohidiran'nymahantramihitsyaoandroany".
25- Dianandehavaomarainatokoaizyireo,ka tapa-kevitrahahihitra,sadynatoky fa fahefan'izyireotokoaizany.
26- Ka rehefahitan'izyireoizany,dianitenyizyireo hoe: "very làlanatokoaisika".
27- "NefatenaVoafitakatokoaisika".
28- Fa hoyilay marina indrindratamin'izyireo hoe: "Tsyefanambarakotaminareove,rahambananomevoninahitraan'i Allah mantsyianareo!"
29- Nitenyizyireo hoe: "Voninahitra hoan'nyTomponay! Eny,fa mpanaonytsyrarinytokoaizahay".
30- Avyeo,dianifampitodikaizyireo,ka nifanometsiny.
31- Ka hoyizyireo hoe: "loza ho anay! Nikomytokoaizahay.

32- Maniryizahaynymbahanoloan’nyTomponayizany,amin’nyzavatrahafatsaratsarakokoa. SatrianyhanatonanyTomponay no fanirianay”.
33- Toy izanynyfamaizana, fa nyfamaizana any ankoatradiambolalehibekokoa,rahambafantatr’izyireomantsyizany!
34- Hamafisina,fa ireomanampahatahorana,diahahazoireozaridainam-pahasambaranaeoakaikin’nyTompony.
35- Moa ataonay toy ireompanaoheloka be vavave,ireompanolo-tena?
36- Inonano mahazoanareo? Fa ahoananyfombafitsaranareo?
37- Sa manana bokyhianaranakosaveianareo?
38- Ka ho azonareoamin’izanytokoaizayirinareo?
39- Sanahazofanomezan-tokyavyatyaminayveianareo,hatramin’nyAndrofarany,ka hanomezanayarakaizayfanapahan-kevitrareo?
40- Anontanioazyireo,faizaamin’izyireo no mpiantoka?
41- Na koa,manana mpiara-miombonantokaveizyireo? Ka aoka hoentin’izyireoizany,rahatenampilazany marina tokoaizyireo!
42- Amin’nyAndroizayhiatrehan’izyireonyzavatramampatahotra,ka hantsoinaizyireohiankohoka,nefatsyafakahanaoizanyintsonyizyireo.
43- Diahiondrikanymason’izyireo,ka hanaronaazyireonyfahafaham-baraka. Nefadianantsoina ho amin’nyfiankohofanaizyireotamin’nyfotoananahasalamatsaraazyireo.
44- Avelaoàryahohiarakaamin’izaymiampangaan’itylahatenyity ho lainga,fa hoentinaymiandálana anyamin’izaytsyfantanyizyireo.
45- Kaomekofe-potoanaizyireo,satria azo antokatsaranytetiko!
46- Sa mangatakasandanyamin’izyireoveianao, ka mahatongaazyireohovesaran’nytrosa?
47- Sa fantatr’izyireovenyzava-miafina, ka avyamin’izany no hanoratanyireolaingany?
48- Zakaoamim-paharetananydidin’nyTomponao,aryaokatsyhanaotahakailayolon’nytrondro (Jonah),izayniantsoan’i Allah taoanatin’nytebiteby.
49- Rahatsytongataminynyfitahianaavyamin’nyTompony,dia ho voatsipy ka afa-barakatenyamin’nytanytsymisyolonaizy.
50- Avyeodianofidin’nyTomponyizy,ka nataony ho isan’ireoolonamendrika.
51- Kelyfotsiny no tsyhandratran’ireotsympinoanaoamin’nyfijerin’izyireo, rehefanahenonyfampahatsiahivanaizyireo, ka miteny hoe: “tenaadalatokoaizy”.
52- Tsyinonaáryizany,afa-tsyfampahatsiahivanaho an’izaotontoloizaoihany!

**TOKO:69**
**SORATRA: NY FISEHOAN'NY MARINA**
**(Al-HAKKAH)**
**ANDININY:52**
**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin'nyanaran'i Allah,Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Ilaytsy azo ialana(oraizayisehoan'ny marina)
2- Koa inonaàryilaytsy azo ialana?
3- Aryiza no hitenyaminaoamin'ilaytsy azo ialana?
4- IreoTamodsyireoAad, dianilaza fa ho lainganyvoinalehibe
5- Rahaan'ireoTamod; diaravanohonyhiakatenamafyizyireo
6- Fa ireoAadindraydiaravan'nyrivotranifofofofosadynitrena no enti-kasosorana
7- Ka nataon'i Allah nisafotofotonandritranyfitoalinasyvaloandromifanesisesyizyireo,diahitanao fa nianjeratamin'nytanyireoolonatahakanyvatan'nypalmaniongotratamin'nyfakany, tsynisynainonanainona.
8- Mbolanahitasombisombinysisa tavela veianao?
9- I Faraona sy ireo niara-niaina teo alohany, ary koa ireo tanànanoravanadiasamynanotaavokoa
10- TsynankatonyIrakynyTomponyizyireo, ka nosazianytamin'nyfombatsyahafahanamanohitra
11- Izahay no nampiditraanareotaoanatysambofiara,rehefatondrakanyrano
12- Mbahataonay ho fampahatsiahivana ho anareo,ka ho voatahirin'ireosofinamandretsara
13- Rehefaavyeo,ka hotsofinaindraymandehanytrompetra (anjomara)
14- Diavoahaingasyhazeraindraymandehamonjanytanysyireotendrombohitra ka ho lasavovoka
15- Amin'izanyAndroizanydiatanterakailayfisehon-javatra
16- Arynylanitrahitriatrasy ho mora vakyamin'izanyAndroizany
17- FanysisinyrehetrakosadiahisyireoAnjelyhijoroafa-tsynyvaloamin'izyireo, izayhilanjanysezafiandrianan'nyTomponaoamin'ioAndroio
18- Haseho an-kariharyianareoamin'izanyAndroizany,arytsyhisynymiafina
19- Failaynomenanybokinyamin'nytànany an-kavanana, diahitenyizy hoe: "indro!Vakionareonybokiko"
20- "Azokoantoka fa ho hitakoaonymombaahy"
21- Hiainaaoamin'nyfiainanamahafapoizy
22- Aoamin'nyzaridainaambonytoerana
23- Izaymisyireovoankazo azo takarinaamin'nytànana
24- "Mihinànasymisotroa am-piadananaianareoho tambin'izaynataonareoteo aloha"
25- Fa ilayhandraynybokinyamin'nytànanyan-kaviakosadiahitenyizy hoe: "Loza ho ahy!Tahakaizaytsynaverinatamikoilaybokiko"
26- "Diatsynahalalakonytatitramombaahy!"
27- "Indrisy!Naleokoihanynifaranatamin'nyfahafatesanavoalohany"
28- "Tsynisynilakonyharenako"
29- "Ny fahefakorava,arynandaoahy"

30- Raisonareoizy, ka asiogadravy
31- Manarakaizanydoroinareoaoanatyafomivaivay
32- Avyeo, diafatorinareoamin'nyrojomifehyfitopolohakiho
33- Satria, tsyminoan'i Allah,Ilaytenalehibeizy
34- Arytsymampirisikahanomesakafonymahantra
35- Tsymisynamana ho azymihitsyetoandroany
36- Tsymisysakafohafa, afatsy nana
37- Ireompanaohelokaihany no hihinanaizany
38- Tsia !...miananaAhoamin'izayhitanareo
39- Syamin'izaytsyhitanareo
40- Fa (nyKor'any) tenin'nyIrakamendrikatokoaizany
41- Fatsytenin'nympanaotonon-kaloakory,miambahambanyfinoanareotsyfenotoky
42- Na tenin'nyombiasy, saingyzararahamahatsiaroianareo
43- Fanambaranaavyamin'nyTompon'izaotontoloizaoizany
44- Koa rahanamoronatenyhafaizyhitenenanyanay
45- Dianoraisinaytamin'nytànanahavananaizy
46- Manarakaizany, dianotapahanaynylalan-dràlehibe(mifandrayamin'nyfo)taminy
47- Ka tsynisynairaytaminareoazaafakananohitraazy
48- Tena marina fa fampahatsiahivana ho an'izaymanam-pahatahoranaizany
49- Arytenafantatray fa misyaminareonomiampangaazy ho mpandainga
50- Fa hanenenan'ireotsympinotokoaizany
51- Izany notena marina sy azo antoka
52- Omeovoninahitranyanaran'nyTomponao,Ilaylehibeindrindra

## TOKO:70
## SORATRA: NY LALAN'NY FIAKARANA (ANDANITRA)
## (Al-MA'ARIJ)
## ANDININY: 44
## NIDINA TAO MAKKAH

Amin'ny anaran'i Allah,Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Nisy mpanontany iray nanontany ny famaizana izay hihatra,
2- Amin'ireo tsy mpino, ka tsisy afaka hanohitra izany.
3- Izay avy amin'i Allah, Ilay Tompon'ny làlan'ny fiakarana.
4- Miakatra any Aminy ireo Anjely sy ilay Fanahy (Anjely Gabriely), indray andro izay mitovy faharetana amin'ny dimy alina taona (raha ampitahana amin'ny fanisana eto an-tany).
5- Koa manána faharetana tsara.
6- Mahita izy ireo,fa lavitra izany (ny sazy amin'ny Andro farany),
7- Nefa Izahay dia mahita izany akaiky.
8- Ny andro izay hahatonga ny lanitra, ho toy ny vy miempo,
9- Ary ireo tendrombohitra ho toy ny volon'ondry,
10- Amin'izany dia tsy hisy namana akaiky hanontany ny namany,
11- Na dia mifankahita aza izy ireo amin'izany andro izany, dia te-hanakalo ny famaizana azy ireo amin'ny fanomezana ireo zanany ny mpanao heloka,
12- Ny vadiny sy ny rahalahiny,
13- Eny, na dia ireo mpiara-monina aminy aza,
14- Sy izay rehetra eto an-tany, afaka hamonjy azy.
15- Tsia! Saingy tsy hisy izany! Fa ny afo mamaivay,
16- No hanala an-keriny ny hodi-doha (sy ny hoditra rehetra).
17- Antsoiny izay nitodi-damosina sy nitsipaka (ny didin'i Allah),
18- Ary nanangona sy nitahiry.
19- Eny, ny olombelona dia nohariana tsy ho manam-paharetana,
20- Raha misy loza mihatra aminy, dia kivy izy,
21- Fa rehefa misy tsara tonga aminy kosa, dia fatra kahihitra izy.
22- Afa tsy ireo mpanatanteraka ny vavaka (Soalat),
23- Ireo izay manatanteraka mandrakariva izany vavaka izany,
24- Ary ireo izay manatanteraka ny adidy voafaritra tsara amin'ny fananany (ampahan-karena),
25- Ho an'ireo mpangataka sy ny tsy manana,
26- Ary ireo izay mino tanteraka ny Andro famaliana (fanolorana ny valin-kasasarana),
27- Sy izay matahotra fatratra ny famaizan'ny Tompon'izy ireo,
28- Satria hamafisina, fa tsy misy manana fahatoniana manoloana ny famaizan'ny Tompon'izy ireo,
29- Ary ireo izay mitandrina ny fahadiovam-pitondran-tenany,
30- Ka tsy manao firasana ara-nofo afa-tsy amin'ny vadiny, na amin'ireo mpanompo vaviny izy ireo, ka tsy azo omen-tsiny amin'izany izy ireo.
31- Fa izay mitady fahafinaretana ankoatra izany kosa, dia izy ireo tokoa no mpandika lalàna.

32- Ireo izay mitandrina ny fananana nankinina taminy sy manaja tanteraka ny fifanekena,
33- Ary mijoro vavolombelona amim-pahamarinana,
34- Sy ireo izay mandala ny fanatanterahana ny vavaka (Soalat).
35- Dia izy ireny no homem-boninahitra ao amin'ireo zaridaina.
36- Fa maninona àry ireo izay tsy nino, no mihazakazaka manatona anao, manalava tenda,
37- Tonga ny andiany avy an-kavanana sy avy an-kavia?
38- Moa samy mitsiriritra ny ho ampidirina ao amin'ny zaridainam-pahasambarana ve izy ireo?
39- Tsia! Izahay no nahary azy ireo avy tamin'izay efa fantany.
40- Tsia! Mianiana amin'ny Tompon'ireo fiposahana sy ny filentehana Aho, fa Izahay dia manana fahefana tokoa,
41- Hanolo azy ireo amin'ny tsaratsara kokoa, ary tsy misy afaka hanakana Anay amin'izany.
42- Avelao àry izy ireo ho tafa-latsaka lalina (amin'ny tsy finoana) sy ho variana mandra-pihaonan'izy ireo amin'ny Andro izay nampitandremana azy ireo.
43- Amin'ny Andro izay hivoahan'izy ireo haingana avy ao am-pasana, toy ny mihazakazaka ho any amin'ny vatolahy,
44- Ka hiondrika ny mason'izy ireo, ary hanarona azy ny fahafaham-baraka. Izany dia ilay andro nampitandremana azy ireo.

**TOKO:71**
**SORATRA: NOAH**
**(NOUH)**
**ANDININY:28**
**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin'nyanaran'i Allah,Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Hamafisina,fa izahay no nandefaan'i Noatamin'nyvahoakany,ka lazaonyvahoakanaomialohan'nyhahatongavan'nyfamaizanamamirifiryamin'izyireo,
2- Nitenyizy hoe: "Ry vahoakako!Mpampitandrinamazava ho anareotokoaaho".
3- Koaaokaianareohanompoan'i Allah,matahoraAzy, arymankatoavaahy.
4- Mbahamelanynyfahotanareo,sadyhanomezanyfanemoram-potoana ho anareo, hatramin'nyfotoanavoafetra.Nefarehefatonganyfotoananoferan'i Allah,diatsyho azo ahemotraintsonyizany,rahambafantatrareomantsy!
5- Dia hoyizy hoe: "Tompoô! Niantsonyvahoakakoandroaman'alinaaho.
6- Saingytsynampitomboafa-tsynyfandosiran'izyireonyantsoko.
7- Aryisakanymiantsoazyireoaho,mbahamelanaonyhelony,dianataon'izyireoteoamin'nys ofinynyrantsan-tànany,arynisaronatamin'nyakanjonyizyireo,be di-dohasadyfenofiavonanaizyireo.
8- Avyeo,dianantsoiko an-kariharyizyireo,
9- Kananaovakofanambaranaampahibemaso(izyireo), sybitsikamiafina.
10- Ka hoy aho hoe:"Mangatahafamelan-kelokaamin'nyTomponareoianareo,fa MpamelahelokatokoaIzy".
11- Mbahandefasanyranon'oranasesehena ho anareoavyanyan-danitra,
12- Sy hampitomboinynyharenasyireotaranaka ho anareo, ary hanomezana anareozaridainasyrenirano.
13- Koa inona notsyhanajanareoan'i Allah arakanytokony ho izy,
14- Nefadianoharianyianareotamin'nydinganaisan'ambaratongany?
15- Moatsyhitanareovenynaharian'i Allah ireolanitrafitomifanongoa?
16- Sy nanaovanynyvolanaho hazavana,arynymasoandro ho fanilo?
17- Fai Allah no nampitomboanareoavyamin'nytanytahakaireozava-maniry,
18- Avyeo,diahaverinyaoianareo,aryhavoakanyavytaoihanykoa.
19- Fa i Allah no nanaonytany ho anareo ho lamakamidadasika,
20- Mbahizoranareoamin'nylàlanamalalaka.
21- Nilazai Noa hoe: "Tompoô! Tsynankatoahyizyireo,fa nanarakailaymampitombofatiantokaamin'nyharenasyfananan-janaka ho azyireo.
22- Nanomanatetikagoavanaizyireo,
23- Arynitenyizyireo hoe: "Aza mialaamin'ireozanaharinareoireomihitsyianareo,aryazamialaamin'ny(sampy)waddah,s oan,yagota,yaokaarynasra,naoviananaoviana.
24- Hamafisina,fa efanahaveryolonamaroizyireo (sampy),arytsynampitomboafa-tsynyfahaverezan'ireompanaonytsyrariny.

25- Ka rendrikaizyireonohonyhadisoany, avyeodianampidirinataoanatin’nyafo,ka tsynahitampanavotraankoatraan’i Allah anefaizyireo.
26- Ka hoy i Noa hoe: “Tompoô! Aza avelanaohisyolonatsympinonairayazaeto an-tany”.
27- “Satriarahaavelanaoizyireo,diahamerylàlanaireompanomponao,ka tsyhiterakaafa-tsympanotasadytsympino”.
28- “Tompoô! Mamelànyhelokosyireo Ray aman-dReniko,aryizaympinomiditraao an-tranoko,arykoaireompinolahysyvavy,fa nyfahaverezanaihany no hampitomboy ho an’ireompanaonytsyrariny”.

**TOKO-72**
**SORATRA: NY JINY**
**(Al-JINN)**
**ANDININY: 28**
**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin'nyanaran'i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Lazao hoe: "Nambaratamiko, fa nisyandianajinynanongilan-tsofina, ka niteny hoe: NandreKor'ánymahafinaritratokoaizahay,
2- Izaymitarika ho any amin'nylàla-mahitsy. Nino izanyizahay,ka tsyhampikambananyTomponayamin'nyhafamihitsy.
3- Hamafisina,fa nyTomponay,hankalazainaanienyfahamboniany;Izaytsynananavadynazanaka!
4- Aryilay very sainataminay (Iblisa/Satana),dianilazazavatratafahoatratokoamombaan'I Allah.
5- Aryheverinay, fa naireoolombelonanaireojiny,diatsyhilazalaingamikasikaan'i Allah mihitsy.
6- Kanefanisyireolehilahytamin'nyolombelona,nitadyfiarovanatamin'ireojinylahy,nefadiavaomainkanampitombonyfahorian'izyireoizany.
7- Arynihevitratahakanyfiheveranareoizyireo,fatsyhananganaolonaamin'ny maty naovianananaovianai Allah.
8- Nahakasikanylanitraizahay,ka nahitampiambinamatanjakamarosytain-kintanamitselatselatra.
9- Nandraytoeranaizahay ka nihaino. Fa naizanaizamanongilan-tsofinaankehitriny, diahifanehitraamin'nytain-kintanaizayhamelytampokaazy.
10- Tsyfantatray, natianahasian-dratsynymponin'nytanynatian'nyTompony ho amin'nylàlanamahitsyizyireo.
11- Misyaminay no tsarafanahy,fa misykosanysasanytsy toy izany,ka nizarazara ho antokosamihafaizahay.
12- Fantatraytokoa,fa tsyafakanytsyhampanan-keryan'i Allah enyambonin'nytanyizahay,arytsyafakanytsyhampanan-keryAzyihanykoaamin'nyfandosirana.
13- Fa rehefanandrenytari-dálanaizahay,dianinoizany,ka izayminonyTompony,diatsymatahotraakorynanyfihenan'nyvalisoa,nanyfanaporetana.
14- Misyaminayireompankato, arymisykoaireompanaonytsyrariny,fa ireoizayniditratamin'nyfankatoavana,diaizyireny no nitadynyfahitsiana.
15- Fa ireompanaonytsyrarinykosa,dia ho lasafandrehitrynyafobeizyireo.
16- Aryrahanijanonatamin'nylàla-marina izyireo, dianampisotroinayranobetsakatokoa.
17- Ho fitsapanaazyireoao,syizaytsymiraharahanyfampahatsiahivanaavyamin'nyTompony,diahotarihiny any amin'nyfamaizanamihamafyhatrany.
18- Fa an'i Allah ireotoeranafiankohofana(Masajid),ka aokaàrytsyhiantsonaizanaizaankoatraan'i Allah ianareo.
19- AryrehefahitsanganahiantsoAzynympanompon'i Allah, diasaikahanaotambabetaminyizyireo.

20- Dialazao hoe: “tsymiantsoafa-tsynyTompokoaho, arytsymampikambanaAzyamin’nyhafa”.
21- Lazao hoe:“tsyafakahanaoratsyanareoaho, nahametrakaanareoamin’nylàlanamahitsy”.
22- Teneno hoe:“hamafisina,fa tsymisyafakahiaroahyamin’i Allah tokoa, arytsyhahitafialofananaovinanaovinaaho, afatsyeoAminy”.
23- Fa izahodiampilazanyhafatraavyamin’i Allah fotsiny.Fa izaytsymankatoan’i Allah synyIrany,dia ho azynyafobe,izayhitoeranymandrakizay.
24- Ka rehefamahitaizaynampitandremanaazyizyireo (sazy),dia ho fantatr’izyireoizay manana mpanavotrasyvitsyindrindra.
25- Lazao hoe: “Tsyfantatroizaynampitandremanaanareo,naefaakaikynaasian’nyTompokofanemoram-potoana”.
26- Fa izy no Mahalalanyzava-miafina,tsyasehonynaamin’izanaamin’izaizany,
27- Afa-tsyamin’izayankasitrahany ho Iraka, ka ampialohavanysyampanarahinympiambinamailo.
28- Mbahahafantaranyrahanampitanyhafatraavytamin’nyTomponyizyireo. Satria voafehiny (amin’nyfahalalana) izaymiarakaamin’izyireo,aryvoaisanytanterakaavokoanyzavatrarehetra.

**TOKO:73**
**SORATRA: ILAY MISARON-DAMBA**
**(Al-MOZZAMMIL)**
**ANDININY: 20**
**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin’nyanaran’I Allah,Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Ohianao,ilaymisaron-damba!
2- Mitsanganaianao (hivavaka) mandritranyalina,afa-tsynyampahanykelyihany,
3- Ny antsasany,naalatsahokelynohoizany,
4- Na ampitomboykely,aryvakiomiadanasadymazavanyKor’ány.
5- Fa hanambaraireotenymavesa-danjaaminaoIzahay.
6- Tsarakokoanyvavakamandritranyalina,sadymifanarakaamin’nyvaki-teny.
7- Fa manana andraikitramaharitraianao,mandritranyandro.
8- Koa tsarovynyanaran’nyTomponao,arymanokànatenatanterakaAminy,
9- IlayTompon’nyfiposahanasyfilentehana,tsymisyZanaharyhafa,afa-tsyIzyihany. Koa ataovy ho mpiaroanaoàryIzy.
10- Ka iaretoizaytenenin’izyireo,arymiatahaamin’izyireoamim-pahendrenaianao.
11- Koa avelaoahohiarakaamin’ireompiampangalainga,izaymiainaaoanatin’nyfiadanana,aryo meofe-potoanafohyizyireo.
12- Hamafisina,fa manana rojo-vymavesatrasyafobeho azyireoIzahay,
13- Arysakafomahasempotra,syfamaizanamamirifiry,
14- Amin’nyandroizayhampihorohoronytanysynytendrombohitra,ka hiparitakanytendrombohitraho lasa toy nyfasika.
15- NandefaIrakataminareotokoaIzahay,mba ho vavolombelonahanohitraanareo,tahakanynandefasanayIrakatamin’I Faraona.
16- NefatsynankatonyIraka I Faraona,ka nosazianaymafytokoaizy.
17- Ahoanano hiarovanareotena,rahatsyminoianareo,amin’ilayandrohahatonganyzaza ho tahakanylahyantitrafotsyvolo,
18- Sy hampitresakanylanitra? Tsyhisalasalana fa ho tanaterakanyfampanantenany.
19- Fampahatsiahivanaity. Koa aokahandehaamin’nylàlanamankanyamin’nyTomponyizaytiaizany.
20- Hamafisina,fa fantatrynyTomponaotokoa,fa mitsanganamandritranyroaampahatelon’nyalinaianao,nanyantsasany,nanyampahatelony. Toy izanykoanyampahanyamin’ireoizaymiarakaaminao. Aryi Allah no mametranyandrosynyalina,fantany fa tsyafakahandanynyalinamanontoloamin’nyfivavahanaianareo.MamelaanareoIzy. Vakioàryizayvitanareoamin’nyKor’àny.Fantany,fa misyhararyaminareo,

misynysasanykoahandehahivahinyhitadynyfahasoavan’i
Allah,arynysasanykoahandeha heady amin’nylàlan’i Allah. Vakioáryizayvitanareovakiana(amin’nyKor’ány).
Arytanterahinareonyvavakasoalat,aryomenareonyampahan-karena
(zakat),arymampindrama an-kitsim-po amin’i Allahianareo.Fa izaytsararehetranomaninareo ho an’nytenanareo,dia ho hitanareo any amin’I Allahizany. Izany no tsarasylehibeindrindraho valisoa ho anareo.Arymangatahafamelan-kelokaamin’i Allah ianareo,satriahamafisina fa Mpamelahelokasy be indrafotokoai Allah.

**TOKO-74**
**SORATRA: ILAY MIRAKOTRA**
**(Al-MODDAs-SIR)**
**ANDININY: 56**
**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Oh ianao (Mohammad), Ilay mirakotra lamba !
2- Mitsangàna ianao, ary mampitandrema.
3- Ankalazao ny halehibeazan'ny Tomponao.
4- Ary diovy ny fitafinao.
5- Ary halaviro ireo fahotana rehetra.
6- Aza midera-tena amin'ny soa vitanao, mba hahazoanao betsaka kokoa.
7- Fa mahareta ianao, ho an'ny Tomponao.
8- Ka rehefa hotsofina ny anjomara,
9- Dia ho sarotra tokoa izany andro izany, amin'izany fotoana izany,
10- Tsy ho mora ho an'ireo tsy mpino izany,
11- Avelao irery Aho, hiaraka amin'izay namboariko,
12- Ka nomeko harena midadasika,
13- Sy zanaka maro izay miaraka aminy hatrany,
14- Nohamoraiko taminy ny zava-drehetra.
15- Nefa dia mbola maniry homeko maro kokoa izy.
16- Tsia! satria mandà mafy ireo fanambaranay (ny Kor'ány) izy.
17- Ho tereko hiaka-piakarana izy.
18- Hamafisina, fa nieritreritra mafy izy, ary nanapa-kevitra!
19- Aoka ho faty izy! Araka ny fanapahan-keviny!
20- Avy eo indray, aoka ho faty izy! araka ny fanapahan-keviny!

21- Avy eo, dia nijery izy!
22- Nikentrona izy, sady nihamaloka ny endriny.
23- Avy eo, dia nitodi-damosina izy sady nanambony tena.
24- Ka hoy izy niteny hoe: "hamafisina, fa tsy inona izy io (Kor'ány) afa-tsy majika nolovaina".
25- Tenin'olombelona ihany ity.
26- Hodorako ao anaty afo mahamay izy (afo sakar).
27- Fa iza no hilaza aminao inona izany "afo sakar" izany?
28- Tsy mamela na inona na inona izy, ary tsy mitsitsy mihitsy,
29- Fa hanamainty ny hoditra tokoa izy,
30- Misy mpiambina sivy ambin'ny folo (ireo Anjely) ny ao aminy.
31- Tsy mandray afa-tsy ireo Anjely ihany Izahay hatao mpiambina ny afobe, tsy nataonay ireo isa ireo afa-tsy hisedranay ireo izay tsy mino, mba ho resy lahatra tanteraka ireo olon'ny Boky, ka hampitombo tanteraka ny finoan'ireo izay efa mino, ary tsy hisalasala intsony ireo olon'ny Boky sy ireo mpino, ka hitenenan'ireo izay misy aretina ao am-pony, sy ireo tsy mpino hoe: "Inona àry no tian'i Allah hambara momba izany fanoharana izany?". Tahaka izany no hamerezan'i Allah làlana ireo izay sitrany, sy hitarihany làlana izay sitrany. Ary tsy misy mahalala ireo tafiky ny

Tomponao, afa-tsy Izy irery ihany. Ary tsy inona izany afa-tsy fampahatsiahivana ho an'ny olombelona.

32- Tsia! Mianiana amin'ny volana Aho!
33- Sy amin'ny alina rehefa ho lasa!
34- Ary amin'ny mangiran-dratsy rehefa hiseho!
35- Hamafisina, fa isan'ny iray amin'ireo loza lehibe indrindra izany afo izany (afo sakar),
36- Fampitandremana ho an'ny olombelona izany.
37- Dia ho an'ireo izay te-handroso, na te hihemotra aminareo.
38- Ny fanahy tsirairay, dia ho takalon'aina amin'ny asa izay nataony,
39- Afa-tsy ireo olon'ny an-kavanana,
40- Izay ao amin'ny zaridaina, ka hifampanontany izy ireo,
41- Mikasika ireo mpanao heloka be vava:
42- "Inona no nandefasana anareo ao amin'ny afo sakar (afobe)?
43- Hiteny izy ireo hoe: "Izahay dia tsy mba anisan'ireo nanantanteraka ny vavaka Soalat,
44- sady tsy nanome sakafo ireo mahantra,
45- Fa niaraka tamin'ireo nanao resaka tsy misy antony izahay,
46- Ary nilaza izahay, fa lainga ilay andro Famaliana,
47- Hatramin'ny nahatongavan'ny tena fahamarinana taminay (fahafatesana).
48- Tsy hitera-bokatsoa ho azy ireo intsony ny fanelanelanana hataon'ireo mpanelanelana.
49- Inona àry no nahatonga azy ireo nitodi-damosina tamin'ny fampahatsiahivana?
50- Hamafisina, fa tahaka ny ampondra-dia izy ireo,
51- Izay mandositra eo anoloan'ny liona.
52- Satrin'ny olona tsirairay amin'izy ireo ny hitondra ireo taratasy efa mivelatra.
53- Tsia! Satria tsy matahotra ny any an-koatra izy ireo.
54- Tsia! Fa fampahatsiahivana tokoa ity.
55- Na iza na iza mankasitraka izany, dia aoka izy hahatsiaro izany.
56- Kanefa tsy hahatsiaro izany izy ireo, raha tsy sitrak'i Allah. Satria Izy no mendrika indrindra hatahorana, ary Izy no Tompon'ny famelan-keloka.

**TOKO-75**
**SORATRA: NY FITSANGANANA @ MATY**
**(Al-KIYAMAH)**
**ANDININY: 40**
**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Tsia! Mianiana amin'ny andro fitsanganana amin'ny maty Aho!
2- Tsia! Mianiana amin'ny fanahy izay fatra mpanome tsiny Aho.
3- Moa mihevitra ve ny olombelona, fa tsy hatambatray mihitsy ny taolany?
4- Eny! Afaka mamerina ireo lohan-drantsan-tànany amin'ny toerany Izahay.
5- Nefa, te-hanohy ny fiainany amin'ny filibàna ny olombelona.
6- Manontany izy hoe: "Rahoviana ny andro fitsanganana amin'ny maty?"
7- Rehefa ho jamban'ny hazavana ny maso,
8- Ka ho takona ny volana,
9- Ary hitambatra ny masoandro sy ny volana,
10- Hiteny ny olombelona amin'izany andro izany hoe: "Aiza no handosirana?"
11- Tsia! Tsy misy fialofana intsony!
12- Fa any amin'ny Tomponao, no hiverenana amin'izany andro izany,
13- Dia holazaina amin'ny olombelona, amin'izany andro izany, izay nataony taloha, sy taty aoriana.
14- Ary ny olombelona, dia ho vavolombelon'ny tenany ihany.
15- Na dia hametraka ny fialantsininy aza izy.
16- Aza ahetsikao ny lelanao, mba hanafainganananao ny famakiana azy (Kor'ány);
17- Ny fanangonana, sy ny famakiana azy (Kor'ány), dia anjaranay.
18- Koa rehefa mamaky azy àry Izahay, dia araho tsara ny vakiteny.
19- Fa andraikitray avy eo ny manazava izany.
20- Tsia! Saingy tianareo kokoa ny fiainana mandalo,
21- Ka tsy miraharaha ny any an-koatra intsony ianareo.
22- Amin'izany andro izany, dia hisy endrika mamirapiratra,
23- Izay hijery ny Tompony,
24- Ary hisy endrika maloka, amin'izany andro izany,
25- Izay mieritreritra ny loza hihatra.
26- Tsia! Rehefa tonga amin'ireo taolam-panavy ny fanahy,
27- Ka hotenenina hoe: "Iza no afaka hanasitrana?"
28- Ary resy lahatra izy, fa tonga ny fisarahana (ny fahafatesana),
29- Ka hifamatotra ny ranjo amin'ny ranjo anankiray.
30- Any amin'ny Tomponao, no hitondrana anao amin'izany andro izany.
31- Nefa sady tsy nino izy no tsy nanantanteraka ny vavaka Soalat,
32- Fa nilaza izany ho lainga izy, sady nitodi-damosina,
33- Avy eo, dia nankany amin'ny fianakaviany izy, ka nandeha amim-piavonavonana.
34- Loza ho anao, ary loza tokoa!
35- Vao mainka loza ho anao, ary loza tokoa!
36- Mihevitra ve ny olombelona, fa ho avela amin'izao fotsiny, ka tsy manana adidy hiandraiketana?
37- Tsy avy tamin'ny tsirinaina mitete izay mivoaka ve izy?

38- Avy eo, dia vaingan-drà, ary nohariany sy namboariny tsara,
39- Ka nataony avy tamin'izany ny mpivady, lahy sy vavy?
40- Moa ve tsy afaka hamelona indray izay efa maty Izy?

**TOKO-76**
**SORATRA: NY OLOMBELONA**
**(Al-INSAN)**
**ANDININY:31**
**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Moa ve tsy efa nisy ampaham-potoana, nandalo tamin'ny zanak'olombelona izay tsy mbola nisiany?
2- Hamafisina, fa noharianay avy tamin'ny tsirinaina mifangaro ny zanak'olombelona, mba hisedranay azy. Ary dia nataonay mandre sy mahiratra izy.
3- Ary hamafisina ihany koa, fa notarihinay tamin'ny làla-mahitsy izy, ka na hahalala hankasitraka izy, na haniratsira.
4- Efa nanomana rojo-vy tokoa izahay ho an'ireo tsy mpino, sy gadra-vy, ary afobe mamaivay.
5- Fa ireo olon-tsara kosa, dia hisotro amin'ny kaopy izay mifangaro amin'ny hanitra feno kamifaoro,
6- Avy amin'ny loharano izay hisotroan'ireo mpanompon'i Allah, ka haboiboikan'izy ireo maro izany, araka izay tiany.
7- Manatanteraka ny voadiny izy ireo, ary matahotra ny andro izay hiparitahan'ny ratsy.
8- Ary manome sakafo ny mahantra izy ireo, ny kamboty, ary ny voababo, na dia eo aza ny fitiavan'izy ireo izany,
9- [Sady miteny izy ireo hoe]: "Noho ny voninahitr'i Allah no hanomezanay anareo sakafo, tsy mitady valisoa na fankasitrahana avy aminareo izahay.
10- Satria hamafisina, fa matahotra ilay andro mampihorohoro sy feno loza avy amin'ny Tomponay izahay.
11- Koa harovan'i Allah amin'ny haratsin'izany andro izany izy ireo, ary hampifanojoany amin'ny hatsarana sy hafaliana izy ireo,
12- Ka hamaliany ny niharetan'izy ireo, amin'ny fanomezana ho azy ireo ny Paradisa sy ny akanjo lasoa.
13- Hitehin-kiho eo amin'ny seza lava izy ireo, tsy hahita ny hafanan'ny masoandro, na hatsiaka mamirifiry.
14- Hanarona azy ireo akaiky ny aloky ny hazony (ny Paradisa), ary hiraviravy ambany ireo voankazony (izay mora tratry ny tànana).
15- Dia havezivezy eo amin'izy ireo, ny siny volafotsy, sy ireo kapoaka mangirana,
16- Dia kapoaka mamirapiratra vita avy amin'ny volafotsy, izay noferan'izy ireo tsara ny fisotro ao anatiny.
17- Ary hampisotroina rano amin'ny kaopy izay mifangaro amin'ny sakamalaho izy ireo ao (amin'ny Paradisa),
18- Notovozina avy tamin'ny loharano antsoina hoe: "Salsabila".
19- Ary hisy tovolahy tanora mandrakizay, hivezivezy eo amin' izy ireo. Raha mahita azy ireo ianao, dia hihevitra ianao fa toy ny vatosoa miparitaka izy ireo.
20- Ary rehefa mijery any (amin'nyParadisa) ianao, dia hahita fahafinaretana tsy manam-petra sy fanjakana midadasika.

21- Hiakanjo lamba maitso parasily, sy lamba lasoa matevina rakotry ny lokom-bolamena izy ireo, ary hiravaka haba fehin-tànana volafotsy. Ary hampisotroin'ny Tompony zava-pisotro madio tanteraka izy ireo.
22- Hamafisina, fa valisoa ho anareo izany, ary mendri-pankasitrahana ny ezaka nataonareo.
23- Hamafisina, fa Izahay no nampidina tsikelikely ny Kor'ány teo aminao.
24- Koa zakao amim-paharetana ny didy napetraky ny Tomponao, fa aza mankato ny mpanota, na ny tsy mpino amin'izy ireo ianao.
25- Ary tsarovy ny anaran'nyTomponao, ny maraina sy ny hariva.
26- Koa miankohofa eo anatrehany ianao ny ampahany amin'ny alina, ary omeo voninahitra Izy mandritra ny fotoana maharitra amin'ny alina.
27- Hamafisina, fa tia ny fiainana mandalo izy ireny, fa mamela aoriany ny andro tena mavesatra tokoa.
28- Izahay no nahary sy nampatanjaka ny toe-batan'izy ireny. Raha sitrakay anefa, dia nosoloinay hafa mitovy aminy izy ireo.
29- Hamafisina, fa fampahatsiahivana ity. Koa aoka àry ho any amin'ny lálan'ny Tompony izay tia izany!
30- Ianareo anefa, dia tsy hankasitraka izany, raha tsy sitrak'i Allah. Fa Mahalala ny zava-drehetra sy be fahendrena Allah.
31- Hampidiriny ao amin'ny famindram-pony izay tiany. Ary dia efa nanomanany famaizana mamirifiry ireo mpanao ny tsy rariny.

**TOKO-77**
**SORATRA: IREO IRAKA**
**(Al-MORSALATY)**
**ANDININY: 50**
**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin'ny anaran'i Allah,Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Miniana amin'ireo izay nalefa nifanesisesy Aho!
2- Izay mifofofofo mafy!
3- Ary izay miparitaka tanteraka ny fiparitahany (amin'ny toerana rehetra).
4- Mianiana amin'ireo mpanasaraka mazava (ny tsara sy ny ratsy) Aho,
5- Izay mandefa fampahatsiahivana,
6- Ho fialan-tsiny, na ho fampitandremana!
7- Fa izay nampanantenaina anareo dia tsy maintsy ho tanteraka,
8- Rehefa voafafa tsy hisy hazavana intsony ireo kintana,
9- Rehefa hitriatra ny lanitra,
10- Rehefa levona ireo tendrombohitra,
11- Ary rehefa voafaritra ny fotoanan'ireo Iraka (famoriana azy ireo amin'ny andro farany)
12- Ka amin'ny andro inona áry no nanemorana izany?
13- Amin'ny andron'ny fanapahan-kevitra (andron'ny fitsarana)!
14- Fa iza no hampahafantatra anao ny andron'ny fanapahan-kevitra?
15- Loza ho an'ireo mpilaza lainga, amin'izany andro izany.
16- Moa tsy efa naringanay ve ireo voalohany?
17- Avy eo, moa tsy efa nampanarahinay azy ireo ve ireo farany?
18- Toy izany no ataonay amin'ireo mpanao heloka be vava.
19- Loza ho an'ireo mpilaza lainga, amin'izany andro izany.
20- Moa tsy noharianay avy tamin'ny tsiranoka madikidiky ve ianareo,
21- Izay napetrakay tamin'ny toerana voaaro,
22- Mandritra ny fotoana efa fantatra?
23- Toy izany no nandaharanay azy, fa Mpandahatra tonga lafatra tokoa Izahay.
24- Loza ho an'ireo mpilaza lainga, amin'izany andro izany.
25- Tsy nataonay toerana hipetrahana ve ny tany?
26- Ho an'ireo velona sy ireo maty?
27- Ary tsy nataonay mafy orina tsara ve ireo tendrombohitra avo eo aminy? Ary tsy nampisotroinay rano (rano mamy) madio fisotro ve ianareo?
28- Loza ho an'ireo mpilaza lainga, amin'izany andro izany.
29- Mandehana àry any amin'izay nolazainareo, fa lainga ianareo!
30- Mandehana any amin'ny aloka misy rantsana telo ianareo,
31- Izay sady tsy manaloka no tsy miaro amin'ny lelan'afo,
32- Satria hatsipy tokoa ny pitik'afo lehibe tahaka ny lapa,
33- Ka ho toy ireo rameva mavo izany.
34- Loza ho an'ireo mpilaza lainga, amin'izany andro izany.
35- Ilay ndro izay tsy hahafahan'izy ireo hiteny.
36- Ary tsy hahazoan'izy ireo alálana hiala-tsiny.
37- Loza ho an'ireo mpilaza lainga, amin'izany andro izany.
38- Io no andron'ny fanapahan-kevitra, izay hamorianay anareo sy ireo talohanareo.

39- Raha manana hafetsena ianareo, dia manaova hafetsena Amiko áry ianareo.
40- Loza ho an'ireo mpilaza lainga, amin'izany andro izany.
41- Hamafisina, fa ho amin'ny aloka sy loharano tokoa ireo vontom-pinoana.
42- Ao ihany koa ireo voankazo araka izay irin'izy ireo rehetra.
43- "Mihinàna sy misotroa am-piadanana ianareo noho ny asa izay nataonareo".
44- Toy izany tokoa no hamalianay ireo mpanao asa soa.
45- Loza ho an'ireo mpilaza lainga, amin'izany andro izany.
46- "Mihinàna ary mifalia kely ianareo, satria hamafisina, fa mpanao heloka be vava ianareo".
47- Loza ho an'ireo mpilaza lainga, amin'izany andro izany.
48- Ka rehefa lazaina izy ireo hoe: "Miondreha ianareo", dia tsy hiondrika izy ireo.
49- Loza ho an'ireo mpilaza lainga, amin'izany andro izany.
50- Fa inona àry no teny hinoan'izy ireo aorian'izany [Kor'ány]?

**Toko faha-78**
**SORATRA: NY VAOVAO LEHIBE**
**(An-NABA)**
**ANDININY: 40**
**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Momba ny inona no ifanontanian'izy ireo?
2- Momba ilay vaovao lehibe
3- Izay tsy mampifanaraka azy ireo ny amin'izany
4- Tsia, mbola ho fantatr'izy ireo
5- Tsia, tena mbola ho fantatr'izy ireo
6- Moa ve tsy nataonay toy ny fandriana ny tany?
7- Ary ireo tendrombohitra toy ny andry fiankinana?
8- Ary noharianay ho lahy sy vavy ianareo
9- Ary nataonay ho fialan-tsasatra ny torimasonareo?
10- Ary nataonay ho firakotra ny alina?
11- Ary nataonay ho fitadiavam-pivelomana ny antoandro
12- Ary nanorenanay (lanitra) mafy orina fito eo amboninareo
13- Ary nasianay jiro (masoandro) mazava be sady tena mafana
14- Ary nandrotsahanay rano be dia be (orana) avy amin'ny rahona
15- Mba hampitsirianay avy amin'izany ireo voa sy zava-maniry maro samihafa
16- Sy ireo zaridaina mahafinaritra!
17- Eny, ny andron'ny fisarahana dia efa voatondro
18- Ny Andro hitsofana ny anjomara ka ho tonga hirodorodo amin'ny andiany maro ianareo.
19- Ary hisokatra ny lanitra ka hisy varavarana maro be
20- Hihetsika ireo tendrombohitra, ka ho lasa fandrendrirendry
21- Eny, ny afobe dia efa eo am-piandrasana
22- Toerana fialofan'ireo mpikomy
23- Hitoetra maharitra be ao izy ireo
24- Tsy hanandrana velively na hatsiaka na zava-pisotro ao izy ireo
25- Afa-tsy ny rano mangotraka, sy rano maimbo (nana)
26- Izany no valin-kasasarana ara-drariny
27- Eny, tena tsy nanantena ny mbola ho tsaraina mihitsy izy ireo
28- Nolazain'izy ireo ho lainga tokoa ny fanambaranay
29- Ary ny zava-drehetra dia efa novoaboasanay an-tsoratra
30- Ka dia andramo àry ! Fa tsy hanampy ho anareo izahay afa-tsy ny famaizana ihany
31- Fahombiazana tokoa ho an'ireo vontom-pinoana
32- Ireo zaridaina sy ireo karazam-boaloboka maro isan-karazany
33- Ary ireo tovovavy (tsara tarehy) marobe mitovy hatanorana
34- Sy ireo zinga feno hatreny am-bavany
35- Tsy handre teny ratsy ao na lainga izy ireo
36- Ho solon'ny valin-kasasarana avy amin'ny Tomponao sy ho fanomezana sesehena izany

37- Tompon'ireo lanitra sy ny tany, ary izay rehetra eo anelanelany, Ilay be fiantrana, tsy hanam-pahefana hiloa-bava Aminy mihitsy izy ireo.

38- Amin'ny andro izay hilaharan'ny Fanahy sy ireo Anjely, dia tsy hahazo hiteny izy ireo afa-tsy izay nahazo alàlana avy amin'Ilay be fiantrana ihany, ka hilaza ny marina

39- Izany no tena andron'ny Fahamarinana, ka izay mila dia aoka izy hitady fialofana avy amin'ny Tompony.

40- Hamafisina, fa efa nampitandrina anareo Izahay fa efa akaiky tokoa ny famaizana, amin'ny andro izay hahitan'ny olona ny vokatry ny asan-tànany roa, koa hilaza ireo tsy mpino amin'izany hoe: "Indrisy! Raha mba nijanona ho vovoka mantsy aho".

**TOKO:79**
**SORATRA: IREO ANJELY MPAKA NY FOFON'AINA**
**(An-NAZI'ATI)**
**ANDININY: 46**
**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Mianiana amin'ireo mpanala ankeriny ny fofon'aina Aho!
2- Sy amin'ireo Anjely mpaka amim-pilaminana ny fofon'aina Aho!
3- Mianiana amin'ireo Anjely, izay mihofahofa am-pahalalahana Aho,
4- Izay haingam-pandeha tokoa
5- Ary ireo mpandrindra ny zava-drehetra
6- Amin'ny andro mampihorohoro ny tany (noho ny fitsofana ny anjomara voalohany)
7- Arahin'ny faharoa vetivety fotsiny (ny fitsofana ny anjomara faharoa)
8- Amin'io andro io dia ho feno tebiteby tokoa ny fo.
9- Ny fijerin'izy ireo dia hitanondrika
10- Hiteny izy ireo hoe: "haverina amin'ny fiainanay tany amboalohany ve izahay ?"
11- Na dia taolana efa potika ve izahay?
12- Hiteny izy ireo hoe: "izany no fiverenana mahafatiantoka tokoa"
13- Nefa, tsy hisy afa-tsy ny antso tokana ihany izany
14- Dia indro fa hifoha izy ireo
15- Moa ve tonga taminao ny tantaran'i Mosesy?
16- Rehefa niantso azy ny Tompony tao amin'ny lohasaha masin'i Touwá
17- Mandehana any amin'i Faraona ianao, satria nikomy tokoa izy!
18- Ambarao azy hoe: "Moa te-hanadio ny fanahinao ve ianao?
19- Ary hotarihiko amin'ny Tomponao ianao, mba hanana fahatahorana Azy"
20- Dia nasehony taminy ny fahagagana tena lehibe
21- Nihevitra izany ho lainga anefa izy ka dia tsy nankato
22- Ary dia nitodi-damosina izy, ka nandeha haingana tokoa
23- Namory an'ireo olony izy ary nanao fanambarana
24- Dia nilaza izy hoe: "Izaho no tomponareo ilay avo indrindra"
25- Ka nofaizin'i Allah tamin'ny alàlan'ny famaizana any an-koatra sy eto an-tany izy ireo.
26- Izany dia natao anatra ho an'izay matahotra an'i Allah
27- Moa ve ny fahariana anareo no nananosarotra kokoa noho ny lanitra izay namboariny?
28- Izay nasandrany ambony ny tafony, ary nampitoviany tantana izany
29- Nataony ho maizina ny alina ary naposany ny hazavana mibaliaka
30- Ary nataony mivelatra tsara ny tany taorian'izany

31- Ary navoakany avy tamin'izany ny rano sy ny ahitra
32- Ary ireo tendrombohitra dia nataony andry hiankinana
33- Mba ho fahafinaretana ho anareo sy ho an'ireo biby fiompinareo
34- Koa rehefa tonga ilay loza lehibe!
35- Andro hahatsiarovan'ny olombelona izay nataony
36- Ary dia hibaribary ny afobe, ho an'izay hahita azy
37- Fa ho an'izay nihoa-pefy kosa,
38- Sy nankafy ny fiainana teto an-tany
39- Dia ny afobe no ho fialofany
40- Fa izay natahotra ny fihaonana amin'ny Tompony kosa, ka namehy ny tenany (fanahiny) tsy ho voasariky ny filan-dratsy,
41- Dia ny Paradisa no ho fialofany
42- Hanontany anao izy ireo mahakasika ilay Ora (ny andro farany) hoe: "rahoviana izany no higadona?"
43- Iza moa ianao no hilaza amin'izy ireo momba an'izany?
44- Ho an'ny Tomponao irery ihany ny fahafantarana momba izany
45- Hamafisina, fa mpampitandrina izay olona matahotra izany fotsiny ianao.
46- Toy ny indray hariva, na indray maraina ihany no fahitan'izy ireo ny fijanonany (teto an-tany), amin'ny andro hahitan'izy ireo izany.

**TOKO:80**
**SORATRA: NIKETRONA IZY**
**(‘ABASA)**
**ANDININY: 42**
**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin’ny anaran’i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Niketrona izy, ary nitodi-damosina (niamboho izy)
2- Rehefa tonga teo aminy ilay jamba.
3- Nefa, tsy fantatrao sao dia mba tia hanadio ny fanahiny (tenany) izy.
4- Na koa hahatsapa tena izy, ka hitondra soa ho azy tokoa ny fampahatsiarovana.
5- Fa ho an’izay mpanankarena kosa,
6- Dia hihazakazahanao maika ny hihaona aminy (hiatrika azy).
7- Nefa tsy misy tsiny ho anao, raha toa ka tsy tia hanadio ny fanahiny (tenany) izy.
8- Fa izay mihazakazaka manatona anao kosa,
9- Sady feno fatahorana an’i Allah,
10- Dia tsy noraharahainao
11- Tsia! Aza atao intsony izany, satria fampahatsiarovana tokoa izao.
12- Koa izay mila dia aoka izy hahatsiaro izany.
13- Ao anaty takelaka mendri-kaja no misy izany.
14- Amin’ny toerana avo sy madio.
15- Eo am-pelatanan’ireo mpandika soratra (Anjely).
16- Mendrika sady mpankato.
17- Ho ringana ny olombelona, noho ny tsy finoany izany.
18- Avy amin’inona moa no namboarany azy?
19- Avy amin’ny ranon’aina no nahariany azy, ary voarindra tsara.
20- Avy eo dia nohamorainy ho azy ny làlan-kizorany.
21- Ary manaraka izany, dia hampandaloviny amin’ny fahafatesana izy, ary halevina.
22- Avy eo, raha sitrany dia hatsangany amin’ny maty indray izy.
23- Nefa indrisy! Mbola tsy nahantanteraka izay nandidiana azy izy.
24- Aoka ny olombelona mba hijery ny sakafony
25- Satria Izahay ihany no nandrotsaka ny ranon’orana sesehena.
26- Avy eo, dia nampitriatra ny tany Izahay
27- Ka nampitsirianay voa teo aminy
28- Ary voaloboka, sy anana amam-bozaka
29- Ary ny oliva, sy ireo antrendry
30- Sy ireo zaridaina rakotr’ala
31- Ireo voankazo sy vilona.
32- Izany dia mba ho fahasoavana ho anareo sy ireo biby fiompinareo.
33- Koa rehefa tonga ny fanairana mitratrevatreva
34- Andro izay handosiran’ny olona ny rahalahiny,
35- Ny Reniny, sy ny Rainy,
36- Sy ny vady aman-janany.
37- Satria samy amin’ny raharaha manahirana azy ny olona tsirairay amin’izany andro izany.
38- Hamirapiratra ny tarehin’ny maro sasany amin’izany andro izany
39- Feno tsiky tanteraka sy miramirana izy ireo.

40- Nefa maro ihany koa ireo tarehy ho feno vovoka amin'izany andro izany
41- Izay ho rakotry ny haizina tokoa.
42- Izy ireny dia olona tsy mpino sady mpanao ratsy.

**TOKO:81**
**SORATRA; NY HAIZINA**
**(At-TAKWIR)**
**ANDININY: 29**
**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Rehefa ho maizina ny masoandro,
2- Rehefa miha malefaka ny kintana.
3- Rehefa hihetsika hiala amin'ny toerany ireo tendrombohitra.
4- Rehefa tsy raharahaina intsony ireo rameva akaiky hiteraka.
5- Rehefa havory daholo ireo bibidia masiaka.
6- Rehefa hirehitra ny ranomasina.
7- Rehefa hatambatra araka ny sokajiny avy ny fanahy,
8- Ary rehefa hanontaniana ireo zazavavy nalevim-belona hoe:
9- "Mba inona loatra ny fahotana vitany ka namonoana azy?"
10- Ary rehefa havelatra ireo takelaka (izay mirakitra ny asa vita),
11- Rehefa ho endahina ny saron'ny lanitra,
12- Rehefa haredareda ny afobe,
13- Rehefa hampanatonina ny Paradisa,
14- Dia ho fantatry ny tsirairay ny zava-bitany.
15- Tsia! Mianiana amin'ireo andian-kintana mihodinkodina Aho.
16- Izay mihodinkodina amin'ny fizotrany.
17- Rehefa mihanaka ny alina.
18- Ary rehefa mibaliaka ny maraina.
19- Ka hamafisina, fa tenin'Ilay Iraka mendri-kaja tokoa izy ity.
20- Izay manan-kery eo anatrehan'ny Tompon'ny seza fiandrianana
21- Eken'ny rehetra sy mendri-pitokiana
22- Tsy adala akory ny namanareo
23- Ary efa nahita maso azy (Anjely Gabriely) teny amin'ny fara-vodilanitra mazava izy
24- Tsy nokoboniny ho azy samirery ny fanambarana (tsy kahihitra amin'ny fizarana vaovao avy any an-danitra Izy-saw).
25- Ary tsy tenin'ny devoly voahozona akory izany,
26- Koa ho aiza àry ianareo?
27- Tsy inona akory izany, fa fampahatsiahivana ho an'izao tontolo izao,
28- Dia ho an'izay te-hanaraka ny làla-mahitsy aminareo izany.
29- Tsy ho tanteraka ny sitraponareo raha tsy izay sitrak'i Allah Tompon'izao tontolo izao ihany.

**TOK:82**
**SORATRA: NY FITRESAHANA**
**(AI-INFITWAR)**
**ANDININY: 19**
**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Rehefa hitresaka ny lanitra,
2- Rehefa hiparitaka ireo kintana,
3- Rehefa ho tondraka ireo ranomasina,
4- Rehefa hokorontanina ireo fasana,
5- Dia ho fantatry ny tsirairay avy ny zava-bitany taloha sy tato aoriana.
6- Ô ry olombelona! Inona no nahavoafitaka anao momba ny Tomponao, Ilay Malàlatànana (be fitiavana)?
7- Izay nahary anao, ka namolavola sy nandrafitra anao amin'ny endrika tsara indrindra.
8- Namboariny amin'ny endrika izay tiany ianao.
9- Tsia! Nefa nolazainareo, fa lainga ny andro fitsarana farany.
10- Hamafisina, fa misy mpiambina tokoa ianareo.
11- Dia ireo mpitan-tsoratra mendrika.
12- Mahafantatra ny asa rehetra izay ataonareo.
13- Hamafisina, fa hitoetra ao amin'ny saham-pahasambarana ireo olon-tsara.
14- Fa ireo mpanao ratsy kosa, dia tena hitoetra ao anatin'ny afobe
15- Hodorana ao izy ireo amin'ny andron'ny fitsarana.
16- Tsy ho afaka handositra amin'izany izy ireo.
17- Mba fantatrao ve inona izany andron'ny fitsarana izany?
18- Moa fantatrao tokoa ve izany andron'ny fitsarana izany?
19- Amin'ny andro izay tsy hananan'ny fanahy fahefana hamonjy ny fanahy hafa, satria an'i Allah ny fahefana feno amin'izany andro izany.

**TOKO:83**
**SORATRA: IREO MPAMITAKA**
**(Al-MTWAFFIFINA)**
**ANDININY: 36**
**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Loza ho an'ireo mpamitaka
2- Ireo izay mitaky fahamarinam-pamarana rehefa mampamatra ho an'ny tenany avy amin'olona izy ireo,
3- Fa rehefa mamàtra na mandanja ho an'ny olon-kafa kosa izy ireo, dia mangalatra.
4- Moa ve tsy mihevitra izy ireo fa mbola hatsangana amin'ny maty?
5- Amin'ny andro lehibe
6- Andro izay hitsanganan'ny olona rehetra eo anatrehan'ny Tompon'izao tontolo izao.
7- Tsia! Fa ny rakitsoratra mitahiry ny asan'ireo mpanao ratsy, dia tsy maintsy ho hita ao anatin'ny takelaky ny asa ratsy.
8- Mba fantatrao moa izany takelaky ny asa ratsy izany?
9- Boky efa voasoratra izany.
10- Loza ho an'ireo mpilaza lainga amin'izany andro izany.
11- Ireo milaza, fa lainga ny fisian'ny andron'ny fitsarana
12- Nefa tsy misy milaza izany ho lainga afa-tsy ireo mpihoa-pefy sy mpanota ihany.
13- Koa rehefa toriana aminy ny fanambaranay, dia milaza izy hoe: "tantaran'ny fahagola izany".
14- Tsia! Rakotr'ireo asa ratsy nataony ihany ny fon'izy ireo.
15- Tsia! Fa hisy takona izay hanakona azy ireo avy amin'ny Tompony amin'izany andro izany.
16- Rehefa avy eo, dia tsy maintsy hiditra ao anatin'ny afo be izy ireo.
17- Ka hilazana izy ireo amin'izany hoe: "izao ilay nolazainareo ho lainga iny"
18- Tsia! Fa ny rakitsoratra izay mitahiry ny asan'ireo olo-mendrika, dia tsy maintsy ho hita ao anatin'ny takelaky ny asa soa.
19- Ary mba fantatrao ve inona moa izany takelaky ny asa soa izany?
20- Boky izay efa voasoratra izany.
21- Ho vavolombelon'izany ireo (Anjely) akaiky (an'i Allah).
22- Hitoetra ao amin'ny sahan'ny fahasambarana ireo olo-mendrika.
23- Eny ambony seza lava izy ireo no hitazatazana
24- Ho hitanao soritra amin'ny endriny ny tara-pahasambarana.
25- Hatolotra ho azy ireo ny zava-pisotro tsara indrindra tsy mbola nisy nisantatra.
26- Ny fofony manitra, dia misk. Koa aoka hifaninana ireo maniry izany.
27- Izany dia zava-pisotro mifangaro amin'ny loharanon'i Tasnima.
28- Loharano fisotron'ireo akaiky an'i Allah.
29- Ireo mpanao ratsy (asa mamoa-fady), dia nihomehy tokoa ireo mpino.
30- Ary raha sendra mandalo eo anoloan'ireo mpino izy ireo, dia mifampipika ny mason'izy ireo.
31- Ary rehefa miverina amin'ny fianakaviany izy ireo, dia mivazivazy (an'ireo mpino).
32- Ary rehefa mahita an'ireo mpino izy ireo dia hiteny hoe: "Tena very làlana izy ireny".
33- Nefa izy ireny dia tsy nalefa hiambina azy ireo!

34- Fa ny androany kosa dia ny mpino no hihomehy an'ireo tsy mpino.
35- Eo ambony seza lava izy ireo no hitazatazana.
36- Moa ve nahazo valisoa tamin'ny asa izay nataony ireo tsy mpino?

**TOKO:84**
**SORATRA: NY FITRIARANA**
**(AI-INSHIKAK)**
**ANDININY: 25**
**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin’ny anaran’i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Rehefa hitriatra ny lanitra,
2- Dia hankato ny Tompony izy, ka hanatanteraka izany,
3- Ary rehefa hitovy tantana ny tany,
4- Ka hamoaka ireo zavatra rehetra ao anatiny izy, ary ho foana tanteraka izany.
5- Dia hankato ny Tompony izy, ka hanatanteraka izany.
6- Ô ry olombelona! Hamafisina, fa ianao izay miezaka manatona hatrany ny Tomponao, dia tsy maintsy hihaona Aminy tokoa ianao.
7- Ka izay tolorana ny bokiny amin’ny tànany an-kavanana,
8- Dia hotsaraina amin’ny fomba mora.
9- Sady hiverina hiaina amim-pifaliana any amin’ny fianakaviany izy.
10- Fa ho an’izay tolorana ny bokiny, avy ao an-damosiny kosa,
11- Dia hiantsoantso loza ho an’ny tenany,
12- Ary hiditra ao anatin’ny afobe izy.
13- Hamafisina, fa niaina tamim-pifaliana teo anivon’ny fianakaviany izy teo aloha.
14- Nihevitra izy, fa tsy hiverina mandrakizay any amin’ny Tompony intsony.
15- Kanefa kosa dia tsy izany, satria tena marina, nahita azy tsara ny Tompony.
16- Tsia! Mianiana amin’ny faravodilanitra mena Aho,
17- Ary amin’ny alina sy izay fonosiny.
18- Ary amin’ny volana rehefa fenomanana.
19- Fa tsy maintsy mizotra amin’ny ambaratongam-piainana maro samihafa ianareo.
20- Koa inona moa ny antony tsy mampino azy ireo?
21- Ary rehefa vakiana amin’izy ireo ny Kor’ány, dia tsy miankohoka izy ireo.
22- Kanefa ireo tsy mpino, dia milaza izany ho lainga.
23- Nefa i Allah no mahafantatra tsara izay afenin’izy ireo.
24- Fa lazao azy ireo ny vaovaon’ny famaizana mamirifiry.
25- Afa-tsy ireo izay mino sy manao asa soa, fa hahazo valisoa tsy hisy fetrany izy ireo.

**TOKO: 85**

**SORATRA: IREO ANDIAN-KINTANA**

**(AI-BOROJY)**

**ANDININY:22**

**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Mianiana amin'ny lanitra feno ireo antokon-kintana Aho!
2- Sy amin'ilay andro nampanantenaina (andro farany)
3- Ary amin'ny vavolombelona, sy amin'izay hijoroana vavolombelona,
4- Fa ringana ireo olon'ny hantsana (lavaka feno miredareda),
5- Amin'ny afo miredareda feno fandrehetana,
6- Ary mipetraka manodidina izany izy ireo,
7- Ary izy ireo ihany koa, dia vavolombelona amin'ny fampijaliana nataony tamin'ireo mpino,
8- Tsy nankahala ireo mpino izy ireo, afa-tsy noho ny finoany an'i Allah, Ilay Tsitoha, Ilay Mendri-piderana.
9- Ilay Tompon'ny fanjakan'ny lanitra sy ny tany, ary i Allah no vavolombelona amin'ny zava-drehetra,
10- Hamafisina, fa ireo nampisedra loza an'ireo mpino lahy sy vavy, nefa tsy nibebaka, dia hahazo ny famaizan'ny afobe izy ireo, ary sazin'ny fandorana.
11- Fa ireo izay mino sy manao asa soa kosa, dia hahazo ny zaridaina, izay ikorianan'ny renirano eo ambaniny. Izany no fahombiazana lehibe.
12- Hamafisina, fa mahery vaika ny famaizana avy amin'ny Tomponao.
13- Izy tokoa no nahary tany am-piandohana, ary mbola hamerina izany indray.
14- Ary Izy Ilay Mpamela heloka sy be fitiavana.
15- Ilay Tompon'ny sezam-boninahitra.
16- Mpanatanteraka izay sitrany.
17- Moa efa tonga taminao ve ny tantaran'ireo miaramila?
18- Tafik'i Faraona sy Tamody
19- Fa ireo izay tsy mino kosa, dia miziriziry amin'ny lainga.
20- Ary i Allah dia mamehy azy ireo avy ao aoriany.
21- Izany no Kor'ány Be voninahitra.
22- Izay voatahiry ao anaty takelaka masina.

**TOKO:86**

**SORATRA: NY KINTANA FITARIK'ANDRO**

**(At-TARIK)**

**ANDININY:17**

**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Mianiana amin'ny lanitra, sy amin'ny kintana fitarik'andro (mpanazava amin'ny alina) Aho.
2- Moa mba fantatrao ve izany kintana fitarik'andro izany?
3- Izany dia kintana feno famirapiratana (mahery hazavana).
4- Ny Fanahy tsirairay dia tsy maintsy misy mpiambina.
5- Koa aoka ny olombelona mba handinika, avy amin'inona no nahariana azy.
6- Nohariana avy amin'ny rano miporitsitra izy (ranon'aina).
7- Izay mivoaka avy eo anelanelan'ny taolan-damosina sy ny valahana.
8- Ary afaka hamerina azy indray mandeha Izy (avy amin'ny maty).
9- Amin'ny andro izay hampisehoana ireo zava-miafina rehetra.
10- Ka tsy hanana hery sy mpamonjy tokoa izy.
11- Ary mianiana amin'ny lanitra izay mandatsak'orana lalandava Aho.
12- Sy amin'ny tany izay vakin'ny voa mitsimoka.
13- Fa teny fanavahana tokoa izany (manavaka ny marina sy ny diso).
14- Ary tsy vazivazy akory izany.
15- Hamafisina, fa mampiasa ny hafetsen-dratsiny izy ireo (ireo tsy mpino).
16- Ary izaho kosa dia hamaly izany hafetsena izany.
17- Ka omeo fe-potoana kely ireo tsy mpino, dia fe-potoana kely monja tokoa.

**TOKO:87**
**SORATRA: ILAY AVO INDRINDRA**
**(AL-A'LA)**
**ANDININY : 19**
**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Derao ny anaran'ny Tomponao, Ilay Avo indrindra,
2- Izay nahary sy nandavorary,
3- Izay nametra ny anjara sy nitari-dàlana,
4- Izay nampitsiry ny ahi-maitso,
5- Ka nanao izany ho malazo sy maina,
6- Hampamakianay anao (ny Kor'ány) mba tsy hadinonao,
7- Afa-tsy izay sitrak' i Allah ho hadinonao. Fa Mahalala ny miharihary sy miafina tokoa Izy.
8- Ary hamorainay amin'ny faran'izay mora indrindra ho anao ny làlana.
9- Koa aoka ianao hampahatsiahy, raha mbola mety hitera-bokatsoa ny fampahatsiahivana.
10- Fa hahatsiaro tena amin'izany izay manam-pahatahorana.
11- Ary hanalavitra izany kosa ireo olon'ny fijaliana.
12- Izay hiditra ao anatin'ny afobe.
13- Avy eo, dia sady tsy ho faty izy ao no tsy ho velona.
14- Hamafisina, fa nahazo fahombiazana izay nanadio ny tenany (fanahiny).
15- Sy nahatsiaro ny anaran'ny Tompony ka nanatanteraka ny vavaka (Soalat).
16- Nefa indrisy! Ankafizinareo loatra ny fiainana mandalo eto an-tany.
17- Ny fiainana any ankoatra anefa, no tsara indrindra sy maharitra.
18- Eny, efa voalaza ao anatin'ireo Takelaka masina teo aloha tokoa izany.
19- Dia ny Raki-tsoratr'i Abrahama sy Mosesy.

**TOKO:88**
**SORATRA: MPANDRAKOTRA**
**(Al-GHASHIYAH)**
**ANDININY: 26**
**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Moa tonga taminao ve ny tantaran'ilay mpandrakotra?
2- Hisy endrika hampitahotra amin'izany andro izany,
3- Ho sahirana sy reraka,
4- Ka hiditra ao anatin'ny afobe miredareda izy ireo,
5- Hampisotroina avy amin'ny loharano tena mangotraka,
6- Tsy hanan-kohanina izy ireo afa-tsy ny ravin-tsilo,
7- Sady tsy hampatavy azy ireo izany no tsy hahafaka hanoanana,
8- Hisy ihany koa ny endrika mirana amin'izany andro izany,
9- Afa-po tamin'ny ezaka vitany,
10- Ary hitoetra ao amin'ny Paradisa avo indrindra,
11- Ka tsy haheno teny maloto ianao ao,
12- Misy loharano mikoriana ao amin'izany,
13- Sy seza fandriana voasandratra,
14- Ary kaopy voahomana.
15- Ary misy ondan-dava voalahatra,
16- Sy lamaka mivelatra.
17- Tsy mba mijery ny rameva ve izy ireo, ahoana ny fomba nohariana azy?
18- Na ny lanitra, ahoana ny fomba nanandratana avo azy?
19- Na ny tendrombohitra, ahoana ny fomba nametrahana azy?
20- Na ny tany, ahoana ny fomba nampitoviana tantana azy?
21- Koa mampahatsiahiva azy ireo ianao! Satria tsy inona fa mpampatsiahy ihany ianao.
22- Fa tsy natao ho mpifehy azy ireo akory ianao.
23- Afa-tsy izay niamboho sady tsy nino.
24- Koa hofaizin'i Allah amin'ny famaizana lehibe indrindra izy ireo.
25- Fa aty Aminay ihany no tsy maintsy hiverenan'izy ireo.
26- Ka anjaranay avy eo, no mitsara azy ireo.

**TOKO:89**
**SORATRA: NY VAOMANGIRAN-DRATSY**
**(Al-FAJR)**
**ANDININY: 30**
**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin’ny anaran’i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Mianiana amin’ilay vao maraina Aho,
2- Sy amin’ireo alina folo,
3- Ary amin’ny ankasa sy ny tsy ankasa,
4- Sy amin’ny alina rehefa madiva hifarana,
5- Moa tsy fianianana ho an’izay manan-tsaina ve izany?
6- Moa tsy hitanao ve ahoana no nanaovan’ny Tomponao ny vahoakan’i Ády?
7- Tamin’ireo Irama, izay nanana andry mafy mijoalajoala,
8- Ka tsy mbola nisy tanàna voamboatra tahaka izany,
9- Ary tamin’ny vahoakan’i Tamody izay nandrantsana vatobe tao an-dohasaha?
10- Sy tamin’i Faraona, izay nanana miaramila marobe miaraka amin’ny tsatokazo marani-doha,
11- Ireo izay nihoa-pefy tao an-tanàna,
12- Ka nampitombo ny haratsiana tao,
13- Dia nandefasan’ny Tomponao kapoka famaizana izy ireo,
14- Satria hamafisina, fa fatra mpanara-maso ny Tomponao,
15- Fa ny olombelona kosa rehefa tsapain’ny Tompony, ka omeny voninahitra sy fahasoavana sesehena, dia hoy izy hoe: “Nomen’ny Tompoko voninahitra aho!”
16- Nefa raha tsapainy kosa izy, ka noferany ny anjaram-pahasoavany, dia hoy izy hoe: “Nanalabaraka ahy ny Tompoko”,
17- Tsia! Ianareo aza tsy mba miantra ny zaza kamboty,
18- Ary tsy mifampirisika amin’ny fanomezan-tsakafo ny mahantra ianareo,
19- Ary nanara-po tamin’ny fandaniana ireo lova ianareo,
20- Ary fatra mpitia harena tokoa ianareo,
21- Tsia! Fa rehefa hihovitra izay tsy izy ny tany,
22- Ka ho avy hitandahatra avokoa ny Tomponao sy ireo Anjely.
23- Amin’izany andro izany, dia haseho koa ny afobe, andro izay hahatsiarovan’olombelona tena (izay nataony). Nefa inona intsony moa no tombontsoan’ny fahatsiarovany?
24- Hilaza izy manao hoe: “raha mba nanao tsara ho an’ny hoavin’ny fiainako aho!”
25- Amin’izany andro izany dia tsy hisy hanafay mitovy amin’ny famaizany.
26- Ary tsy hisy hamatotra mitovy amin’ny famatorany.
27- Ô ry fanahy feno fahatoniana!
28- Miverena amin’ny Tomponao amin-kafaliana sy amim-pankasitrahana tanteraka ianao,
29- Mandrosoa ho anisan’ireo Mpanompoko,
30- Ary mandrosoa ao amin’ny Paradisako.

**TOKO:90**
**SORATRA: NY TANANA**
**(AI-BALAD)**
**ANDININY: 20**
**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Tsia! Mianiana amin'ity tanàna ity aho,
2- Sy aminao izay anisan'ny mponina mitoetra amin'ity tanána ity,
3- Ary amin'ny Ray niteraka sy izay naterany,
4- Fa noharianay hitolona amin'ny fiainana sarotra tokoa ny olombelona.
5- Fa mihevitra ve izy, fa tsy hisy na dia iray aza afaka hanohitra azy?
6- Hilaza izy hoe: "Nandanilany foana ny harena tsy amin'ny antony aho",
7- Mihevitra ve izy, fa tsy misy mahita azy na dia iray aza?
8- Moa tsy nomenay maso roa ve izy?
9- Ary lela iray sy molotra roa?
10- Ary natoronay azy ny làlana roa.
11- Nefa tsy niroso hiaka-piakarana mananosarotra izy.
12- Moa mba fantatrao ve, inona izany fiakarana mananosarotra izany?
13- Famotsorana andevo izany,
14- Na mampihinana sakafo amin'ny andron'ny mosary,
15- Zaza kamboty ao anatin'ny fianakaviana,
16- Na ny mahantra fadiranovana,
17- Avy eo dia mba ho isan'ireo mpino mifampitaona amin'ny faharetana sy amin'ny fifamindram-po.
18- Izy ireny no olon'ny an-kavanana.
19- Fa ireo izay tsy nino ny fanambaranay, dia izy ireny no olon'ny an-kavia.
20- Ho tototry ny afobe izy ireo.

**TOKO:91**
**SORATRA: NY MASOANDRO**
**(As-SHAMS)**
**ANDININY: 15**
**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin'ny anaran'i Allah, Ilaybe fiantrana, Ilay be indrafo

1- Mianiana amin'ny masoandro sy ny hazavany miakatra Aho,
2- Sy amin'ny volana rehefa mandimby azy,
3- Ary amin'ny andro rehefa mampiseho ny hazavany,
4- Sy amin'ny alina rehefa mandrakotra azy,
5- Ary amin'ny lanitra sy Ilay nanorina azy,
6- Amin'ny tany sy Ilay namelatra azy midadasika,
7- Ary amin'ny fanahy sy Ilay namolavola azy,
8- Izay nampahafantatra azy ny haratsiam-panahiny sy ny fahatahorany,
9- Fa ho sambatra tokoa izay nanadio ny fanahiny,
10- Ary ho matiantoka tokoa izay manimba izany,
11- Nandá tamin'ny fihoaram-pefy ireo Tamody,
12- Raha nitsangana ilay fadiranovana indrindra tamin'izy ireo,
13- Ka nilaza tamin'izy ireo ny Irak'i Allah nanao hoe: "Tandremo, fa ramevan'i Allah io, ka avelao izy hisotro rano".
14- Nefa dia noraisin'izy ireo ho mpandainga izy, ary novonoin'izy ireo ilay rameva. Ka naringan'ny Tompony izy ireo noho ny fahotany, ary nihatra tamin'ny rehetra ny sazy.
15- Ary tsy matahotra amin'zay ho vokatr'izany Izy (Allah).

**TOKO:92**
**SORATRA: NY ALINA**
**(Al-LAYLI)**
**ANDININY: 21**
**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Mianiana amin'ny alina Aho rehefa mandrakotra (maizina),
2- Sy amin'ny andro rehefa miposaka mazava,
3- Ary amin'izay namboariny lahy sy vavy,
4- Fa samihafa ny ezaka izay nataonareo,
5- Fa ho an'izay manome ka manam-pahatahorana,
6- Ary manaiky marina ny valin-pahasoavana,
7- Dia hamorainay aminy tokoa ny làlana mankany amin'ny fahasambarana lehibe,
8- Fa izay mahihitra sy miseho ho mahavita tena kosa,
9- Ary milaza ho lainga ny valim-pahasoavana
10- Dia hamorainay ho azy tokoa ny làlana mankany amin'ny fahasarotana lehibe,
11- Tsy hanavotra azy velively ny harenany rehefa hatsipy anaty afo izy.
12- Fa anjaranay tokoa ny manoro làlana mankany amin'ny fahamarinana.
13- Ary anay tanteraka ny any an-koatra sy ny eto an-tany.
14- Efa nampitandremako anareo ny afobe miredareda.
15- Tsy ho voadoro ao afa-tsy ireo tena ratsy fanahy.
16- Izay nampandainga sy niamboho izany.
17- Ary ho halavirina amin'izany ireo tena vontompinoana.
18- Izay nanolotra ny harenany mba hanadiovany ny tenany.
19- Nefa tsy misy na dia iray aza hahazo valim-pahasoavana eo anatrehany.
20- Afa-tsy izay mitady ny tavan'ny Tompony Ilay avo indrindra.
21- Ary ho afa-po tokoa izy.

**TOKO:93**
**SORATRA: NY MISANDRATR'ANDRO**
**(Ad-DHOHA)**
**ANDININY: 11**
**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Mianiana amin'ny fisandratan'ny andro Aho,
2- Sy amin'ny alina rehefa miha mandrakotra izao rehetra izao,
3- Fa tsy nandao na nankahala anao ny Tomponao.
4- Eny ! Ny fiainana any an-koatra, dia tsara ho anao noho ny eto an-tany.
5- Ary mbola hanome anao ny Tomponao, ka ho afa-po ianao.
6- Moa tsy kamboty ve ianao no hitany ka noraisiny?
7- Moa tsy hitany tao anatin'ny fahaverezana ve ianao ka nahitsiny?
8- Ary moa tsy hitany nahantra ve ianao ka nomeny harena ampy?
9- Aoka kosa ianao tsy hitrerona ny zaza kamboty,
10- Ary aza ahilikilika koa ny mpangataka.
11- Fa aoka ianao hitantara ny fahasoavan'ny Tomponao.

**TOKO:94**
**SORATRA: FISOKAFANA**
**(Al-INSHIRÁH)**
**ANDININY: 8**
**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Moa tsy efa nosokafanay ho anao ve ny tratranao (fonao)?
2- Ary efa noesorinay taminao ny enta-mavesatra,
3- Izay nandreraka ny lamosinao?
4- Ary nasandratray avo ny voninahitrao?
5- Ao anatin'ny fahasarotana tokoa no misy ny fahamorana,
6- Eny, fa ao anatin'ny fahasarotana tokoa no misy ny fahamorana.
7- Koa rehefa malalaka ianao dia mitsangàna,
8- ary irio ny fanatonana ny Tomponao.

## TOKO:95
## SORATRA: NY AVIAVY
## (AT-TINI)
## ANDININY: 8
## NIDINA TAO MAKKAH

Amin’ny anaran’i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Mianiana amin’ny aviavy sy ny hazona oliva Aho,
2- Sy amin’ny tendrombohitr’i Sinay,
3- Ary amin’ity tanàna feno fandriam-pahalemanana ity,
4- Fa noharianay tamin’ny endrika lavorary tokoa ny olombelona,
5- Avy eo, dia naverinay any amin’ny farany ambany indrindra izy ireo.
6- Afa-tsy ireo izay nino sy nanao asa soa, dia ho azy ireo ny valisoa tsy manam-petra.
7- Koa inona no mahatonga anao aorian’izany hilaza, fa lainga izany andro fitsarana izany?
8- Moa tsy i Allah ve no Mpitsara mendrika indrindra (tena mahitsy)?

## TOKO:96
## SORATRA: NY VAINGAN-DRÁ
## (Al-ALAK)
## ANDININY: 19
## NIDINA TAO MAKKAH

Amin’ny anaran’i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Vakio amin’ny anaran’ny Tomponao Ilay Nahary,
2- Izay Nahary ny olombelona avy amin’ny vaingan-drà,
3- Vakio, fa ny Tomponao no fatra mpitsimbina tokoa,
4- Izay nampianatra avy tamin’ny alàlan’ny penina.
5- Ka nampianatra ny olombelona ny zavatra tsy fantany.
6- Tsia! Lasa mpikomy ny olombelona.
7- Rehefa mahita ny tenany, fa mahavita tena izy.
8- Nefa tsy maintsy any amin’ny Tomponao tokoa ny fiverenana.
9- Moa mba hitanao ve ilay mandrara,
10- Ny mpanompo tsy hivavaka (vavaka soalat)?
11- Hitanao ve raha toa ka amin’ny làla-mahitsy izy,
12- Na koa mandidy amin’ny fahatahorana izy?
13- Moa efa hitanao nandainga na nitsipaka ve izy?
14- Moa tsy fantany ve fa i Allah dia mahita azy?
15- Tsia! Raha tsy mitsahatra amin’izany izy, dia ho sintoninay amin’ny sangany,
16- Dia ny sangan’ny mpandainga sy mpanota.
17- Aoka izy hiantso ireo mpiandany aminy.
18- Fa izahay kosa, dia hiantso ireo mpiambina ny afobe.
19- Tsia! Aza mankato azy ianao, fa miankohofa ianao ary manatona ny Tomponao.

**TOKO:97**
**SORATRA: NY LAHATRA**
**(AI-KADR)**
**ANDININY: 5**
**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Hamafisina, fa Izahay no nampidina azy (Ny Kor'ány) tamin'ny alin'ny lahatra.
2- Moa mba fantatrao ve inona izany alin'ny lahatra izany?
3- Ny alin'ny lahatra, dia tsara kokoa noho ny arivo volana.
4- Hidina ireo Anjely sy ny Fanahy mandritra izany, amin'ny alàlan'ny fahazoan-dàlana avy amin'ny Tompon'izy ireo, ho fanatanterahana ny baiko rehetra.
5- Fandriampahalemana no ho entiny hatramin'ny fiandohan'ny maraina vao mangiran-dratsy.

**TOKO:98**
**SORATRA: NY PORONA**
**(AL-BAYYNAH)**
**ANDININY: 8**
**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Ireo tsy nino tamin'ireo olon'ny Boky sy ireo mpanompo sampy, dia tsy nisaratsaraka raha tsy efa tonga tamin'izy ireo ny porofo mazava.
2- Dia Ilay Iraka avy amin'i Allah, izay mitory amin'izy ireo ny takelaka voadio,
3- Izay mirakitra ireo boky tonga lafatra.
4- Ary tsy nisara-bazana ireo olon'ny Boky raha tsy taorian'ny fahatongavan'ny porofo mazava tamin'izy ireo.
5- Tsy nodidiana izy ireo afa-tsy hanompo an'i Allah tokana ihany; fanompoana Azy amim-pahadiovam-po tsy afangaro amin'ny zavatra hafa, sy ny fanatanterahan'izy ireo ny vavaka (Soalat), ary hanome ny harena fiantrana (Zakat). Izany no finoana tonga lafatra tokoa.
6- Hamafisina, fa ireo izay tsy mino amin'ireo olon'ny Boky, sy ireo mpanompo sampy, dia hitoetra ao anatin'ny afobe mandrakizay. Izy ireny no ratsy indrindra amin'ny zava-boahary.
7- Fa ireo izay nino sy nanao asa soa kosa, dia izy ireny no tsara indrindra amin'ny zava-boahary.
8- Ny valin-kasasarana ho azy ireo avy amin'ny Tompony, dia ilay sahan'ny Paradisa Edena, izay misy renirano mikoriana ao ambaniny. Ka hitoetra ao mandrakizay doria izy ireo. Afa-po amin'izy ireo i Allah, ary izy ireo koa dia ho afa-po Aminy. Izany no anjaran'izay manam-pahatahorana ny Tompony.

**TOKO:99**
**SORATRA: NY HOROHORON-TANY**
**(AZ-ZILZÁL)**
**ANDININY:8**
**NIDINA TAO MADINAH**

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Rehefa mihorohoro mafy izay tsy izy ny tany,
2- Ka hamoaka ireo vesatra tao aminy izy,
3- Dia hiteny ny olombelona manao hoe: "Fa inona no manjo azy ity (tany)?"
4- Amin'izany andro izany, dia hilaza ny vaovaony izy.
5- Satria ny Tomponao no hibaiko azy amin'izany.
6- Fa amin'izany andro izany, dia hivoaka ny fasana misaratsaraka ny olombelona, ka haseho azy ireo ny asa vitany.
7- Ka izay manao asa soa, na dia bitika indrindra mitovy amin'ny lanjan'ny atôma aza, dia ho hitany izany.
8- Ary izay manao asa ratsy, na dia bitika indrindra mitovy amin'ny lanjan'ny atôma aza dia hahita izany ihany koa.

**TOKO:100**
**SORATRA: IREO SOAVALY HAINGAM-PANDEHA**
**(AI-ÁDIYÁTI)**
**ANDININY: 11**
**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Mianiana amin'ireo soavaly haingam-pandeha misefosefo Aho,
2- Izay mamoaka pitik'afo marobe (noho ny fidoboky ny kitrony),
3- Izay manafika amin'ny maraina vao mangiran-dratsy,
4- Ka mampitora-jofo ny vovoka,
5- Ary mitsofoka ao afovoan'ny tafiky ny fahavalo,
6- Hamafisina, fa ny olombelona dia tena tsy mahay mankasitraka ny Tompony,
7- Nefa vavolombelona amin'izany tokoa izy.
8- Fa fatra mpitia harena tokoa izy (olombelona).
9- Moa tsy fantany ve, fa rehefa hifongatra ny ao am-pasana,
10- Ary haseho izay rehetra ao am-po.
11- Dia hamafisina, fa efa fantatry ny Tompon'izy ireo tanteraka ny momba azy amin'izany andro izany.

**TOKO:101**

**SORATRA: ILAY MIREFOTRA**

**(AI-KÁRI'ÁH)**
**ILAY MIREFOTRA**
**ANDININY:11**
**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Ilay mirefotra,
2- Inona moa ilay mirefotra?
3- Moa mba fantatrao ve, inona ilay mirefotra?
4- Andro izay hahatonga ny olona tahaka ny lolo miparitaka,
5- Sy ireo tendrombohitra ho tahaka ny volon'ondry voasaratsaraka.
6- Ka izay manana asa soa mavesatra amin'ny mizanany,
7- Dia ho ao anatin'ny fiainana feno fahasambarana izy,
8- Fa izay maivan-danja kosa ny asa vitany,
9- Dia ny hantsana lalina tokoa no fialofany.
10- Ary ahoana no hahafantaranao izany hantsana tena lalina izany?
11- Afobe mamaivay izany.

**TOKO:102**
**SORATRA: NY FANANGONAN-KARENA**
**(At-TAKÁSOR)**
**ANDININY: 8**
**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Mahafinaritra anareo tokoa ny fihazakazahana amin'ny fanangonan-karena,
2- Mandra-pahatongan'ny fotoana hidiranareo ny fasana.
3- Tsia! Ho fantatrareo tsy ho ela izany,
4- Eny, tena ho fantatrareo tsy ho ela tokoa izany.
5- Tsia! Raha mba fantatrareo amin'ny fahalalàna marina izany,
6- Dia ho hitanareo tokoa ny afobe,
7- Rehefa avy eo, dia ho hitanareo maso amim-pitokiana tokoa izany.
8- Eny, tsy maintsy hanontaniana ianareo amin'izany andro izany momba ny anjaram-pahasoavana.

**TOKO:103**
**SORATRA: NY FOTOANA FOLAK'ANDRO**
**(Al-'ASR)**
**ANDININY: 3**
**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Mianiana amin'ny fotoana Aho,
2- Fa anatin'ny fahaverezana tokoa ny olombelona,
3- Afa-tsy ireo izay nino sy nanao asa soa, ary nifampitaona amin'ny fahamarinana, sy nifampitaona amin'ny faharetana.

**TOKO:104**
**SORATRA: ILAY MPANENDRIKENDRIKA**
**(Al-HOMAZAH)**
**ANDININY: 9**
**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Loza ho an'ireo mpanendrikendrika mpanalabaraka,
2- Izay nanangon-karena sy fatra mpanisa izany,
3- Mihevitra izy fa ny harenany dia hampaharitra azy mandrakizay.
4- Tsia! Havarina ao anatin'ny afobe mamotika tokoa izy.
5- Moa mba fantatrao ve, inona moa izany afobe mamotika izany?
6- Afon'i Allah miredareda.
7- Izay mipaka hatrany am-po,
8- Ka handrakotra azy ireo izany,
9- Izay milelalela anatin'ny tsatoka avo mivelatra.

**TOKO:105**
**SORATRA: NY ELEFANTA**
**(Al-FIL)**
**ANDININY: 5**
**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Moa tsy hitanao ve, nanao ahoana ny fomba nanaovan'ny Tomponao ireo olon'ny elefanta?
2- Fa tsy nataony zava-poana fotsiny ve ny teti-dratsin'izy ireo?
3- Ka nandefasany andiam-borona maro mifanesy izy ireo,
4- Izay nitoraka azy ireo tamin'ny tanimanga avy amin'ny afobe,
5- Ka nataony mitovy amin'ny mololo voatsako izy ireo.

## TOKO:106
## SORATRA: IREO KORAISY
## (KORAYSH)
## ANDININY:4
## NIDINA TAO MAKKAH

**Amin'ny anaran'i Allah, ilay be fiantrana, Ilay be indrafo**

1- Noho ny fifanekena tamin'ireo (fokon'ny) Koraîsy,
2- Fifanekena nataon'izy ireo momba ny fandehanana mandritra ny ririnina sy amin'ny fahavaratra.
3- Ka aoka izy ireo hanompo ny Tompon'ity trano ity,
4- Izay nampihinana azy ireo tao anatin'ny hanoanana, ary nampitony azy ireo avy tamin'ny tahotra.

## TOKO:107
## SORATRA: NY FANAMPIANA
## (Al-MÁONA)
## ANDININY: 7
## NIDINA TAO MAKKAH

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1 - Mba hitanao ve ilay milaza, fa lainga ny fitsarana farany?
2 - Ilay manosi-bohon-tànana (tsy niraharaha) ny zaza kamboty,
3 - Sady tsy mampirisika amin'ny fampisakafoanana ny mahantra.
4 - Ka loza ho an'ireo mpanatanteraka ny vavaka (soalat),
5 - Ireo izay manao an-tsirambina ny vavaka fanompoan'izy ireo (mampihemotra Soalat),
6 - Ireo fatra mpisehoseho amin'ny asany,
7 - Ary mandrara ny fananpiana (ho an'ny hafa).

## TOKO:108
## SORATRA: NY RENI-RANO Al-KAOSAR
## (Al-KAO-SAR)
## ANDININY: 3
## NIDINA TAO MAKKAH

Amin'ny anaran'Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1 - Efa nomenay anao tokoa ny Al-kaosar,
2- Koa mivavaha ho an'ny Tomponao ianao, ary manaova sorona,
3- Hamafisina, fa izay mankahala anao ihany, no tsy hanan-taranaka.

**TOKO:109**

**SORATRA: IREO TSY MPINO**

**AI-KÁFIRONA**
**ANDININY: 6**
**NIDINA TAO MAKKAH**

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Lazao hoe: "Ô ianareo tsy mpino!
2- Tsy hanompo izay tompoinareo aho,
3- Ary ianareo koa, dia tsy mpanompo an'izay tompoiko,
4- Ary izaho koa, dia tsy mpanompo an'izay tompoinareo,
5- Ary ianareo koa, dia tsy mpanompo an'izay tompoiko.
6- Ka ho anareo ny finoanareo, ary ho ahy kosa ny Finoako.

**TOKO: 110**
**SORATRA: NY FAMONJENA**
**(AN-NASR)**
**ANDININY: 3**
**NIDNA TAO MADINAH**

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Rehefa tonga ny famonjen'i Allah sy ny fanafahana,
2- Ka hahita andian'olona maro hiditra amin'ny Finoan'i Allah ianao,
3- Dia derao ny voninahitry ny Tomponao, ary mangataha famelan-keloka Aminy, satria fatra Mpandray fibebahana tokoa Izy.

**TOKO:111**
**SORATRA: NY TADY VOARANDRANA**
**(Al-MASAD)**
**ANDININY: 5**
**NIDINA TAO MAKKAH**

**Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo**

1- Ho levona anie ny tànan-droan'i Abo-Lahab, ary ho levona koa ny tenany.
2- Tsy hahasoa azy akory, na ny harenany na izay azony,
3- Fa hiditra ao amin'ny afobe miredareda izy,
4- Toy izany koa ny vadiny, ilay mpitondra kitay feno tsilo.
5- Misy tady voarandrana eo amin'ny vozony.

## TOKO:112

## NY FAHADIOVAM-PO
## (Al-IKHLAS)
## ANDININY: 4
## NIDINA TAO MAKKAH

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Lazao hoe: "Izy Allah dia Tokana.
2- Allah dia Mahaleo tena ka tsy misy ianteherany.
3- Tsy niteraka Izy, ary tsy nateraka
4- Ary tsy misy na iray aza mitovy Aminy.

## TOKO:113
## SORATRA: NY MARAINA VAO MANGIRAN-DRATSY
## (Al-FALAK)
## ANDININY: 5
## NIDINA TAO MAKKAH

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Lazao hoe: "Mitady fiarovana avy amin'ny Tompon'ny maraina vao mangiran-dratsy aho,
2- Manoloana ny haratsian'izay nohariany,
3- Sy ny haratsian'ny haizin'ny alina rehefa manenika tanteraka ny andro,
4- Ary ny haratsian'ireo mpitsoka (mpamosavy) amin'ny vona,
5- Sy ny haratsian'ny mpialona rehefa mialona izy

## TOKO: 114
## SORATRA:NY OLOMBELONA
## (An-NAS)
## ANDININY:6
## NIDINA TAO MAKKAH

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

1- Lazao hoe: "Mitady fiarovana avy amin'ny Tompon'ny olombelona Aho,
2- Ilay Mpanjakan'ny olombelona ,
3- Tompo Zanaharin'ny olombelona,
4- Manoloana ny haratsian'ireo mpibitsika antsokosoko,
5- Izay mibitsibitsika ao ampon'olombelona,
6- Avy amin'ny Jiny izany sy avy amin'ny olombelona.

**FANOROAM-PEJY**


AL-FÁTIHAH (NY FANOKAFANA) .......................................................... 1

AL-BAKARAH (Ny Omby vavy) …………………………………………………… 2

AL- IMRAN (Ny Fianakavian'i Imran)……………………………………………. 28

AN-NISÀ: (Ireo vehivavy)………………………………………………………….. 45

AL –MÀ'IDAH: Ny latabatra voahomana………………………………………….. 63

AL-AN'ÃM (Ireo biby fiompy)…………………………………………………….. 76

AL-A'RÃF (Ny toerana ampovoany…………………………………………………89

AL-ANFAL (Ny harena azo tamin'ny ady masina)…………………………… 96

YONOSSA (JONASY)………………………………………………………….. 112

HODY.............................................................................................................. 131

Yosofa (Josefa)……………………………………………………………………… 141

Ar-RA'AD (Ny varatra)…………………………………………………………… 150

IBRAHIM (Abrahama)….………………………………………………………. 154

AL-HIJRI…………………………………………………………………………… 158

AN-NAHL (Ny renitantely)……………………………………………………….. 163

Al-isrâ' (Ny dia lavitra amin'ny alina)……………………………………………. 172

AL-KAHF (Ny lava-bato)…………………………………………………………. 180

MARIAMO (Maria)…………………………………………………………………… 188

Twã-Hã…………………………………………………………………………….. 194

Al-Ambià (Ireo Mpaminany)………………………………………………………… 202

Al-Hajj (Ny fivahinianana masina)…………………………………………………. 209

Al- Mo'minona (Ireo Mpino)……………………………………………………….. 215

An-nor (Ny Fahazavana)………………………………………………………... 223

Al- Forkan (Ny fanavahana)……………………………………………………….. 229

AS-SHO'ARA (Ireo mpanao tononkalo)……………………………………… 235

AN-NAML (IREO VITSIKA)………………………………………………………… 244

AL- KASASY (Ireo tantara)………………………………………………………… 248
AL-ANKABOTY (NY HALA)……………………………………………………... 255
LOKMAN……………………………………………………………………….. 260
AS-SAJ-DAH (Ny Fiankohofana)……………………………………………….. 267
AL-AHZAB (IREO VONDRONA MITAMBATRA)………………………………. 269
SABA…………………………………………………………………………….. 275
FATWIR (ILAY MPAHARY)………………………………………………………… 279
YÁSIN ………..……………………………………………………………….. 282
AS-SWÁFFÁTI [IREO NALAHATRA] ….……………………………………… 287
SWÁD ……………………………………………………………………………… 294
AZ-ZOUMAR (IREO ANDIANY) ………………………………………………. 299
GHÁFIR (ILAY MPAMELA- HELOKA) …..…………………………………… 304
FOUSSWILATI (IREO ANDININY AMIN'NY ANTSIPIRIHANY) …. ……. 310
AS-SHOURAH (NY FILAN-KEVITRA) ………………………………………. 314
AZ-ZOUKHROUF (NY HAINGO) ………..………………………………………. 318
AD-DOUKHÁNI (NY SETROKA)…………………………………………………… 323
AL-JÁSIYAH (ILAY MANDOHALIKA) …..…………………………………….. 325
AL-AHKAÁF ……………………………………………………………………………. 327
MOHAMMAD …………………………………………………………………. 330
Al-Fat-Hi (Ny fandresena lehibe) ………………………………………… 333
AL-HOJORATI (IREO EFI-TRANO) …..………………………………………… 336
KAAF ……………………………………………………………………………………… 338
AZ-ZÁRIYÁTI (ILAY MANAPARITAKA)…………………………………………… 340
At-TORY (NY TENDROMBOHITRA TORY) …………………………………….. 342
AL-QAMAR (NY VOLANA)……………………………………………………………... 344
Ar-RAHMÁN (ILAY BE FIANTRANA)…………………………………………….. 348
AL-WÁQI'AH (NY ZAVA-MISEHO)………………………………………………. 350
AL-MOJÁDILAH (ILAY MPITARAINA)………………………………………… 353
AL-HASHRI (NY FAMORIANA)…………………………………………………. 357

AL-MOMTAHANAH (ILAY VOASEDRA)……………………………………….. 359
AS-SWAFF ………………………………………………………………………… 361
AL-JOM'AH (NY ANDRO ZOMA)……………………………………………….. 362
AL-MONÁFIKONA (IREO MPIHATSARAVELATSIHY) ……………………… 363
At-TAGHÁBONY (NY FATIANTOKA LEHIBE)…………………………….. 364
At-TWALÁQ (NY FISARAHAM-PANAMBADIANA)…………………………… 366
At-TAHRIM (NY FANDRARANA)……………………………………………….. 368
AL-MOLK (NY FANJAKANA)…………………………………………………….. 369
Al-QALAM (NY PENINA)………………………………………………………… 371
Al-HÁAKKAH (NY FISEHOAN'NY MARINA)……………………………………. 373
NOUH (NOAH) …………………………………………………………………… 375
Al-MOZ-ZAMMIL (ILAY MISARON-DAMBA)…………………………………… 378
Al-MODDAs-SIR (ILAY MIRAKOTRA)…………………………………………… 381
Al-KIYÁMAH (NY FITSANGANANA AMIN'NY MATY)……………………… 383
Al-INSÁN (NY OLOMBELONA)………………………………………………… 384
Al-MORSALATY (IREO IRAKA)………………………………………………….. 386
AN-NABA (NY VAOVAO LEHIBE)……………………………………………….. 388
AN-NÁZI-ÁT (IREO ANJELY MPAKA NY FOFON'AINA)…………………… 390
ABASA (ILAY NIKENTRONA )…………………………………………………… 392
At-TAKWIR (NY FAHAMAIZANA)………………………………………………. 393
Al-INFITWAR (NY FITRESAHANA)……………………………………………… 394
Al-MOTWAFFIFINA (IREO MPAMITAKA NA MPISOLOKY)………………... 395
Al-INSHIKAK (NY FITRIARANA)………………………………………………. 396
Al-BOROJY (IREO ANTOKON-KINTANA)…………………………………….. 397
At-TWARIQ ……………………………………………………………………….. 398
Al-A'LA (ILAY AVO INDRINDRA)……………………………………………… 399
Al-GHASHIYAH (ILAY MPANDRAKOTRA)……………………………………… 400
Al-FAJR (NY VAO MARAINA)…………………………………………………. 401
Al-BALADY (NY TANANA)………………………………………………………… 402

ASH-SHAMS (NY MASOANDRO)……………………………………………… 403

Al-LAYL (NY ALINA)……………………………………………………….. 404

Ad-DOHÁ NY MISANDRATR'ANDRO………………………………………… 405

Al-INSHIRÁH (NY FAMAHANA)……………………………………………….. 405

At-TINI (NY AVIAVY)………………………………………………………….. 406

Al-ALAK (NY VAINGAN-DRÁ)…………………………………………… 406

Al-KADRI (NY LAHATRA)……………………………………………………. 407

Al-BAYYNAH (NY POROFO) ……………………………………………….. 407

Az-ZILZÁL (NY HOROHORON-TÁNY)……………………………………… 408

Al-ÁDIYÁTI (IREO SOAVALY HAINGAM-PANDEHA)……………………………. .408

Al-KÁRI'ÁH ( ILAY MIREFOTRA) ……………………… 409

At-TAKÁSOR (NY FANANGONAN-KARENA)………………………………… 409

Al-A'SRI (NY FOTOANA FOLAK'ANDRO)……………………………………….. 410

Al-HOMAZAH (NY MPANENDRIKENDRIKA)………………………………….. 410

Al-FIL (NY ELEFANTA)…………………………………………………… 410

KORAYSH (NY FOKO KORAISY)………………………………………………….. 411

Al-MÁONA (NY FANAMPIANA AMIN'NY ZAVATRA KELY INDRINDRA)…….. 411

Al-KAO-SAR (NY RENIRANO KAOSAR)……………………………………….. 411

Al-KÁFIRONA (IREO TSY MPINO)……………………………………………… 412

An-NASRI (NY FAMONJENA)………………………………………………….. 412

Al-MASADY (NY TADY VOARANDRANA)……………………………………….. 412

Al-IKHLÁSY (NY FAHADIOVAM-PO)……………………………………………… 413

Al-FALAK (NY MARAINA VAO MANGIRAN-DRATSY)………………………… 413

An-NASY (NY OLOMBELONA) ………………………... 413

www.islamic-invitation.com

mæləˈgæsi (Malagasy)

إِنَّا نَحْنُ نَزَّلْنَا الذِّكْرَ وَإِنَّا لَهُ لَحَافِظُونَ